

Betsileo: Bible for 1 Samuel, Amos, Deuteronomy, Habakkuk, Haggai, Leviticus,
Malachi, Nahum, Numbers, Obadiah, Psalms, Zechariah, Zephaniah
Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.

Under the following conditions:

Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>."

Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.

ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Leviticus

Chapter 1

¹ Nangaika an'i Mosesy i Yaveh sady nangaika anazy hatagny amin'ny tragno-lay fihiaognana, nanao hoe: ² "Mitarogna amin'ny vahoakan'Israely ko lazao amin-dreo hoe: 'Lehe misy ona aminareo mitondra fagnatitsa ho an'i Yaveh, de mitondrà raika amin'ny bibinareo hatao fagnatitsareo, na hatamin'ny ondry na hatamin'ny osy. ³ Lehe fagnatitsa doroana avy hatamin'ny ômby ny fagnatiny, de tsy maintsy lahy tsa misy kilema ro atolony. Hanolotsa anizay eo amin'ny fidirana amin'ny tragno-lay fihiaognana i, mba ho akasitrahana eo agnatrehana'i Yaveh zay. ⁴ Hametraka ny tagnany eo an-dohany fagnatitsa doroana i, de ho akasitrahana any amizay mba ho fagnavotana ho anazy. ⁵ De aoka i hamono ny ômbilahy eo alohan'i Yaveh. Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hanolotsa rà sady hamafy anizay eo amin'ny alitara eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny lay fihiaognana. ⁶ De aoka i handotsa ny fagnatitsa doroana sady hanetika anizay. ⁷ De handrehitsa afo eo amin'ny alitara de hagnisy kitay ko hapirehitsa ny afo ny zanak'i Arona. ⁸ Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hametraka ny tetika, ny lohany sy ny saborany, hitandahatsa eo amboniny kitay ze efa mirehitsa eo amboniny alitra. ⁹ Fa ny tôvany sy ny feny de tsy maintsy sasany amin'ny rano. De handoro ny raha aby eo amin'ny alitara ho fagnatitsa doroana ho an'i pisorogna. Hiteraka hagnitsa malefaka ho an'Ahy zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho anahy zay. ¹⁰ Lehe avy amin'ny ondry aman'osy ny fagnatiny ho amin'ny fagnatitsa doroana, de ny raika amin'ny ondry na ny raika amin'ny osy, de tsy maintsy lahy tsa misy kilema ro hatolony. ¹¹ Aoka hamono anizay eo amin'ny lafy avaratsy ny alitara eo agnatrehana'i Yaveh i. Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hamafy ny rànzay amin'ny lafin'ny alitara aby. ¹² De aoka i hanetika anizay, miaraka amin'ny lohany sy ny saborany, de ny pisorogna handahatsa anireo eo amin'ny kitay efa mirehitsa, ze eo ambonin'ny alitara, ¹³ nefa aoka ho sasàny amin'ny rano ny taovany sy ny feny. De hanolotsa anazy manotolo ny pisorogna, sady handoro anizay eo amin'ny alitara. Izay ro fagnatitsa doroana, de hiteraka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho Anazy zay. ¹⁴ Lehe fagnatitsa doroana vorogna ny fagnatiny ho an'i Yaveh, de tsy maintsy mitondra domoina na zana-borimahilala hatao fagnatiny i. ¹⁵ Tsy maintsy mitondra anizay eo amin'ny alitara ny pisorogna, mariny ny lohany, sady mandoro anizay eo amin'ny alitara. de araraka eo amin'ny alitara ny rànzay. ¹⁶ Tsy maintsy halainy ny takorobabon'izay sy ny raha ao agnatiny, de hariany agnilany alitara eo atsinaninany zay, eeo amin'ny toerany lavelogna. ¹⁷ Tsy maintsy hamoha anizay hateo amin'ny elany i, nefa tsa azo zarainy roa zay. De handoro anizay eo amin'ny alitara ny pisorogna, eo amin'ny kitay efa mirehitsa. Ho fagnatitsa doroana zay, sady hiteraka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay, ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'Azy zay.

Chapter 2

¹ Lehe misy fagnatitsa voa ho an'i Yaveh, de aoka ho koba soa toto ny fagnatiny, de handraraka diloilo eo amin'izay sy hametraka ditikazo magnitsa eo amin'izay i. ² Hitondra ny fagnatitsa eo amin'ny pisorogna zazak'i Arona i, de hangalaka koba soa toto eran'ny tagnana miaraka amin'ny diloilo sy ditikazo magnitsa eo amizay ny pisorogna. De handoro ny fagnatitsa eo amin'ny alitara ho fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna. Hamoka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'Azy. ³ Ze aby tavela amin'ny fagnatitsa de ho an'i Arona sy ny zanany lahy. Masina tokoa avy amin'ny fagnatitsa ho an'i Yaveh natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh zay. ⁴ ehe manolotsa fagnatitsa voa tsa misy lalivay zay nandrahoana tamin'ny lafaoro agnao, de aoka ho mofo malemy vita tamin'ny koba soa toto mifangaro diloilo zay, na mofo mafy tsa misy lalivay, ze voahositsa diloilo. Lehe nandrahoana tamin'ny lasitra vy ⁵ fisaka ny fagnatitsa voa, de aoka ho avy amin'ny koba soa toto tsa misy lalivay ze mifangaro diloilo zay. ⁶ Hozarainao zay sady nandrahoanao diloilo eo aminazy. Izay ro fagnatitsa doroana. ⁷ Lehe nandrahoana tamin'ny lasitra vy ny voa nao, de aoka hatao amin'ny koba soa toto sy diloilo zay. ⁸ Aoka hitondra voa natao tamin'ny raha ho an'i Yaveh agnao, sady zay de hatolotsa eo amin'ny pisorogna, ze hitondra anizay eo amin'ny alitara. ⁹ Avy eo de hangalaka ny sasany amin'ny fagnatitsa voa ho fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna, de handoro anizay eo amin'ny alitara i. Ho fagnatitsa natao tamin'ny afo zay, de hahatonga hagnitsa akasitrahana ho an'i Yaveh. ¹⁰ Ze ambin'ny amin'ny fagnatitsa hoanina de ho an'i Arona sy ny zanany lahy. Masina de masina hatamin'ny fagnatitsa atao amin'ny afo ho an'i Yaveh zay. ¹¹ Tsa hisy voa ho atolotsa ho an'i Yaveh ko hisy lalivay, satria tsa tokony handoro masirasira, na tantely, ho ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh agnao. ¹² Hanolotsa fagnatitsa voaloham-bokatsa ho an'i Yaveh agnao, kanefa tsa hapiasaina hamohana hagnitsa malefaka eo amin'ny alitara reo. ¹³ Aoka hagnome tsiro tsiraidraika amin'ny fagnatitsa voa amin'ny sira agnao. Aoka tsa hoadigno mihitsy amin'ny fagnatitsa voa ny siran'ny fagniken'Andriamagnitsao. Monolotsa sira amin'ny fagnatitsao aby. ¹⁴ Lehe manolotsa fagnatitsa voalohambokatsa ho an'i Yaveh agnao, de manolara voa vaovao ze natono tamin'ny afo sy nopotehina hatao sakafo sy avy eo. ¹⁵ De aoka hagnisy ditikazo magnitsa ao amizay agnao. Zay ro fagnatitsa voa. ¹⁶ Sady handoro ny ampahan'ny voa voatoto sy diloilo de ditikazo magnitsa hatao fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna. Zay ro fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.

Chapter 3

¹ Lehe misy ona malotsa sorogna, ze fagnati-pihavagnana amin'ny raika amireo biby avy amin'ny andian'ômby, na lahy

na vavy, de aoka i hagnome biby tsa misy kilema eo alohan'i Yaveh. ² Hametraka ny tagnany eo an-dohan'ny fagnatiny i sady hamono anizay eo ambaravaran'ny lay fihaognana. De ny zanaka lahin'i Arona hamafy ny rànizay amin'ny lafin'ny alitara. ³ Hanolotsa soron'ny fagnati-pihavagnana amin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Ny sabora ze mandrakotsa na mifandray amin'ny taovany, ⁴ ny voa roa sy ny sabora ze eo amin-dreo amin'ny alalan'ny valahin'ny, sady ilainy ny atiny, miaraka amin'ny voan'ny__de halainy aby zay. ⁵ Ny zanaka lahin'i Arona de handoro anizay eo ambonin'ny alitara miaraka amin'ny fagnatitsa doroana, ze eo ambonin'ny kitay efa mirehitsa. Hamoaka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay; ho fagnatitsa doroana natao ho an'Azy amin'ny alalan'ny afo zay. ⁶ Lehe ohatra ko avy amin'ny ondry aman'osy ny soron'ny fagnati-pihavagnany lihilahy ho an'i Yaveh; na lahy na vavy, de tsy maintsy manolotsa sorogna tsa misy kilema i, ⁷ Lehe manolotsa zanak'ondry hataoko sorogna i, de tsy maintsy atolony eo alohan'i Yaveh zay. ⁸ Hametraka ny tagnany eo andohan'ny sorony sy hamono anizay eo alohan'ny lay fihaognana i. De hamafy ny rànny amin'ny sisiny alitara ny zanaka lahin'ny Arona. ⁹ Hanolotsa ny soron'ny fagnati-pihavagnana ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Ny sabora, ny rambo matavy abiaby de ho tapahina mandriny ny taolan-damigna, de ny sabora ze mandrakotsa ny taovany sy ny sabora aby ze mariny ny taovany, ¹⁰ de ny voa roa sy ny sabora ze ao agnatiny, ze ao agnatiny valahin'ny, de ny ila-atiny, miaraka amin'ny voa__de halainy zay aby zay. ¹¹ De handoro anizay aby zay eo amin'ny alitara hatao fagnatitsa doroana hohanina ho an'i Yaveh ny pisorogna. ¹² Lehe ohatra ka osilahy ro fagnatitsa ilay lihilahy, de hanolotsa anizay eo alohan'i Yaveh i. ¹³ Aoka i hametraka ny tagnany eo an-dohan'ny osilahy de hamono anizay mandriny ny lay fihaognana. De hamafy ny rànizay amin'ny lafin'ny alitara ny zanaka lahin'i Arona. ¹⁴ Hanolotsa ny sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Hanaisotra ny sabora ze mandrakotsa ny faritsa agnaty i, de ny sabora aby mandriny ny faritsa agnaty. ¹⁵ Hagnala ny voa roa sy ny sabora ze miaraka amin'ny i, ze mariny ny valahina, de ny ila-atiny miaraka amin'ny voa. ¹⁶ Handoro ze aby zay eo ambony alitara hatao fagnatitsa hohanina natao tamin'ny afo ny pisorogna, mba hamoaka hagnitsa malefaka. An'i Yaveh ny sabora aby. ¹⁷ Ho lalàna mandrakizay eo amin'ny taranakareo fara mandimby amizay toerana aby honegnanareo zay, de aoka tsa hihinana sabora na rà agnareo."

Chapter 4

¹ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ² "Lazao ny vahoakan'Israely hoe: 'Lehe misy ona manota nefa tsa nagniry ny hanota, nanao ny raha aby ze nandidian'i Yaveh mba tsa hatao, de lehe manao raha ze voarara i, de tsy maintsy atao anireto magnaraka reto. ³ Lehe ohatra ka ny pisorogna be ro manota ko mitondra fagnamelohana eo amin'ny vahoaka, de aoka i hanolotsa vatots'ombilahy lahy tsa misy kilema ho an'i Yaveh hatao fagnatitsa tratsan'ny ota. ⁴ Aoka i hitondra ombilahy eo amin'ny fidiran'ny tragno ao amin'ny lay fihaognana eo agnatrehan'i Yaveh, hametraka ny tagnany eo amin'ny lohany, sady hamono ny ôkbilahy eo agnatrehan'i Yaveh. ⁵ Ny pisorogna voahosotsa de hangalaka sombiny amin'ny ràn'ny ombilahy de hitondra anizay ho ao amin'ny lay fihaognana. ⁶ Nagnatsoboka ny tagnany tamy rà ny mpisorogna ko namafy im-pito azy teo imason'i Yaveh, eo alohan'ny lamba fitoerana masina indrindra. ⁷ Sy avy eo ny pisorogna de hangalaka amin'ny rà ho eo amin'ny tandroky ny alitaran'ny ditik-kazo magnitsa eo agnatrehan'i Yaveh, ze eo amin'ny lay fihaognana, de handraraka ny sisa ambiny ny rà ny ômbilahy agny amin'ny fagnambaniny alitara i hatao fagnatitsa doroana, ze eo amin'ny fidiran'ny lay fihaognana. ⁸ Halainy aby ny sabora eo amin'ny omby hatao fagnatitsa nohon'ny ota; ny sabora ze mandrakotsa ny agnatiny, ny sabora aby ze mandrakotsa ny agnatiny, ⁹ ny voa roa sy ny sabora ze eo aminazy, ze agnilany valahigna, de ny ila atiny miaraka amin'ny voa__hagnala anizay aby zay I. ¹⁰ Hoalainy aby zay aby zay, tahaka ny nagnalany anizay aby zay tamin'ny ômby natao fagnati-pihavagnana. Sy avy ny pisorogna de handoro ny apahany eo amin'ny alitara ho fagnatitsa doroana. ¹¹ Ny hoditsy ny omby sy ze hena tavela, miaraka amin'ny lohany sy ny tongony de ny tao agnatiny sy ny zezika ny, ¹² ny ambin'ny vatany omby aby__ho ferina ivelany toby aby reo apahany reo ho agny amin'ny toerana ze efa nofidian-dreo ho Anahy, ze nandraran-dreo lavelogna; handoro ny apahany eo ambonin'ny kitay reo. Aoka ny apahany reo ho doroan-dreo eo amin'ny nandraran-dreo lavelogna. ¹³ Lehe manota tsy nahy ny fiangonan'Israely aby, sady tsa nahafatatsa ny fiangonana fa nanota reo sady nanao anize nandraran'i Yaveh tsa hatao, sady lehe meloka reo, ¹⁴ de sy efa fantatsa ny ota nataon-dreo, de aoka ny fiangonana hanolotsa vatots'omby hatao fagnatitsa nohon'ny ota sady hitondra anizay eo alohan'ny tragno-lay fihaognana. ¹⁵ Ny loholon'ny fiangonana de hametraka ny tagnany eo ambony lohany omby alohan'i Yaveh, de ho vonoana eo alohan'i Yaveh ny omby lahy. ¹⁶ Ny pisorogna voahosotsa de hitondra sombiny amin'ny rà ny ômby hatao agny amin'ny tragno lay fihaognana, ¹⁷ de hagnatsoboka ny tagnany ao amin'ny rà de hagnamafy anizay impito eo alohan'i Yaveh, eo alohan'ny lamba. ¹⁸ Hagnosotsa sombiny amin'ny rà eo amin'ny tandroky ny alitara ze eo alohan'i Yaveh i, ze ao amin'ny tragno lay fihaognana, de handraraka ny rà aby eo amin'ny fagnambaniny alitara hatao fagnatitsa doroana, ze eo amin'ny fidirana eo amin'ny tragno lay fihaognana. ¹⁹ Hagnala ny sabora ze eo amin'ny alitara. ²⁰ Izay ro aoka hataony amin'ny ômby. Tahaka ny efa natao tamin'ny omby natao fagnatitsanohon'ny ota, ro hataony aminio omby io, de ny pisorogna de hanao fagnavotana ho an'ny vahoaka, ko ho voavela reo. ²¹ Ho feriny agny ivelany toby ny omby sady handoro anizay tahaka ny nandoroany ny omby voalohany i. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota ho an'ny fiangonana. ²² Sy efa nanota tsy nahy ny panapaka, amin'ny fanaovana ny raika aminy raha aby ze nandidian'i Yaveh mba tsa hatao, ko meloka i, ²³ de hapafantarina anazy ny ota ze nataony, aoka i hitondra osy, osilahy tsa misy kilema hatao sorony. ²⁴ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohany ny osy i sady hamono anizay eo amin'ny toerana ze namonoan-dreo ny fagnatitsa doroana eo alohan'i Yaveh. fagnatitsa nohon'ny ota zay. ²⁵ Ny pisorogna de hangalaka ny rànny fagnatitsa nohon'ny ota amin'ny tagnany sady

hametraka nizay eo amin'ny tandroky ny alitara hatao fagnatitsa doroana, de handraraka ny rà'nizay eo amin'ny fagnambanin'ny alitaran'ny fagnatitsa doroana i.²⁶ Ho doroan'ny eo amin'ny alitarany aby ny sabora, tahaka ny sabora tamin'ny soron'ny fagnati-pihavagnana. Ny pisorogna de hanao fagnavotana ho an'ny panapaka mahakasika ny otany, de ho voavela ny panapaka.²⁷ Lehe misy amireo sarambambem-bahoaka manota tsa nahy, amin'ny fanaovana ny raha aby nandidian'i Yaveh an-dreo tsa hatao, de sy efa fantany ny helony,²⁸ de ho apafantarina anazy ny ota ze nataony, sady hitondra osy raika, osivavy tsa misy kilema ho sorony, ho an'ny ota ze nataony.²⁹ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohan'ny fagnatitsa nohon'ny ota i sady hamono ny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny toeran'ny fagnatitsa doroana.³⁰ Ny pisorogna de handray sombiny amin'ny rà amin'ny tagnany de hametraka anizay eo amin'ny tandroky ny alitara ho fagnatitsa doroana. Handraraka ny ambin'ny rà aby eo amin'ny fagnambanin'ny alitara i.³¹ Hagnala ny sabora aby i, tahaka ny nagnalany ny sabora tamin'ny fagnati-pihavagnana. Ho doroan'i pisorogna eo amin'ny alitara zay mba hamoaka fofogna magnitsa ho an'i Yaveh. Hanao fagnavotana ho an'ny ona ny pisorogna, de ho voavela i.³² Lehe mitondra zank'ondry ho ataony sorogna hatao fagnatitsa nohon'ny ota ny lihilahy, de hitondra ondry vavy tsa misy kilema i.³³ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohan'ny fagnatitsa nohon'ny ota i sady hamono anizay ho fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny toerana ze hamonoan-dreo ny fagnatitsa doroana.³⁴ Ny pisorogna de hangalaka sombiny amin'ny ràny fagnatitsa nohon'ny ota amin'ny ratsa-tagnany de hametraka anizay eo amin'ny tandroky ny alitara hatao fagnatitsa doroana, de ho ararany eo amin'ny fagnambanin'ny alitara aby ny rà'nizay.³⁵ Hagnala ny sabora aby i, tahaka ny nagnalany ny saboran'ny zanak'ondry tamin'ny sorony fagnati-pihavagnana, de hodoroan'ny pisorogna eo amin'ny alitara eo ambonin'ny fagnatita'i Yaveh natao tamin'ny afo zay. Hanao fagnavotana ho an'azy ny pisorogna nohon'ny ota ze nataony, de ho voavele ny lihilahy.

Chapter 5

¹ Lehe misy ona manota satria tsa nijoro i tamin'ny raha ze nilàna ny fijoroany vavolombelogna, nako efa nahita anizay i na nahare ny momban'izay, de ho topon'andraikitsa i.² Na lehe misy ona mikasika ny raha efa natokan'Andriamagnitsa ho maloto, na ny fatiny bibidia maloto zay na ny fatim-biby fiompy ze efa maty, na biby mandady, nako de tsa nihievitsa ny hikasika anizay aza ny ona, de maloto sy meloka i.³ Na lehe mikasika ny fahalotoan'ny ona raika, na ina na ina ze fahalotoany, sady lehe tsa mahafantatsa anizay i, de ho meloka i sy efa mahalala ny momba anizay.⁴ Na lehe misy ona mianiana mafy amin'ny molony hanao ratsy, na hanao ny soa, na ina na ina ianiagnan'izay lihilahy zay mafy amin'ny fianagnana, nako de tsa mahafantatsa anizay aza i, sy efa mahalala ny momba anizay i, de ho meloka, amin'ny aby reo.⁵ Lehe meloka anizay ny ona raika, de tsy maintsy miaiky ze heloka aby nataony i.⁶ De aoka i hitondra fagnatitsa noho ny heloka amin'ny Yaveh nohon'ny fahotana ze efa vitany, Biby vavy raika avy amin'ny ondry aman'osiny, na zanak'ondry na osy, ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, de ny pisorogna hanao fagnavotana ho anazy mahakasika ny fahotany.⁷ Lehe tsa mahavita mividy zanak'ondry i, de mahazo mitondra domoina roa ana vorimahilala vatony roa ho an'i Yaveh i hatao fagnatitsa nohon'ny heloka nohon'ny fahotany, raika fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika hafa hatao fagnatitsa doroana.⁸ Aoka i hitondra ny amin'ny pisorogna, ze hanolotsa ny raika aloha ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota__hagnolagna ny lohan'izay i nefa tsa hagnala anizay tanteraka amin'ny vatany.⁹ Sy avy eo de hamafy ny apahan'ny amin'ny rà'n'ny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny ilan'ny alitara i, de handraraka ny sisan'ny rà eo amin'ny fagnambanin'ny alitara i. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota.¹⁰ Magnaraka anizay de aoka i hanolotsa ny vorogna faharoa hatao fagnatitsa doroana, araka ny voafarititsa tao amin'ny torolalagna, de hanao fagnavotana ho anazy nohon'ny ota ze efa vitan'ny pisorogna, ko de ho voavela ny heloky ny ona.¹¹ Kanefa lehe ohatra ka tsa mahatakatra domoigna roa na vorimahilala roa i, hatao sorogna noho ny fahotany de aoaka i hitondra apahafolon'ny efaha amin'ny koba soa toto ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota. Aoka i tsa hagnisy diloilo na ditin-kazo magnitsa amin'izay, satria fagnatitsa nohon'ny ota zay.¹² Aoka i hitondra anizay agny amin'ny pisorogna, de hangalaka raitagnana anizay ny pisorogna hatao fagnatitsa ho fagnati-pahatsiarovana de sy avy eo handoro anizay eo amin'ny alitara, eo an-tapon'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota.¹³ Hanao fagnoregnana ho an'izay fahotana vitan'ny ona ny ona zay. Reo sisa avy amin'ny fagnatitsa de ho an'ny pisorogna, tahaka ny amin'ny fagnatitsa voa."¹⁴ De nitarogna tamin'ny Yaveh i Mosesy nanao hoe: ¹⁵ "Lehe misy ona mandika ny didy sy manota reo raha ze an'i Yaveh, kanefa nanao anizay tsa nahy, de aoka i hitondra ny fagnatiny nohon'ny heloka ho an'i Yaveh. Izay fagnatitsa zay de tsy maintsy ondry lahy tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy; ny lanjan'izay de aoka ho tombagnana amin'ny sekely volafotsy__ny sekelin'ny fitoerana masina__ho fagnatitsa nohon'ny heloka.¹⁶ Aoka i hanao ze mahafapo an'i Yaveh noho ze ratsy efa vitany mifandray amin'ny masina, de aoka i hagnampy anizay sady hagnome anizay ho an'i pisorogna. De hanao fagnoregnana ho anazy amin'ny ondrilahin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka ny pisorogna, ko de ho voavela zay ona zay.¹⁷ Lehe misy ona manota sy manao anizay raha efa nodidian'i Yaveh tsa ho atao, nako de tsa mahafantatsa anizay aza i, de vona meloka i ko tsy maintsy hilaña ny helony hiany.¹⁸ Aoka i hitondra ondry lahy raika tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy, ze mendrika ny tombam-bidiny, ho fagnatitsa nohon'ny heloka ho an'ny pisorogna. Avy eo de hanao fagnoregnana ho anazy mahakasika ny fahotana ze efa vitany ny pisorogna, amize tsa fahafantarany, ko de ho voavela i.¹⁹ Izay ro fagnatitsa nohon'ny heloka, de meloka tokoa i eo agnatrehan'i Yaveh."

Chapter 6

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh nanao hoe: ² "Lehe misy ona manota ko mandika ny lalàna manohitsa an'i Yaveh, tahaka ny hoe mifampiraharaha ambadikamiaraka amin'ny namany mahakasika ny raha ze nankinina taminazy, lehe mamitaka i na mandroba anazy, na napijaly ny namany, ³ na nahita raha ze novirezin'ny namany ko mandenga amizany, de mianiana amin'ny lenga, na amin'ny raha tahaka ny hanotan'ny ona, ⁴ de, lehe manota i ko meloka, de tsy maintsy hagnapody, de tsy maintsy hagnapody anize aby nalainy tamin'ny alalany fandrohana na fapahoriana na nangalaka anize nankinina taminazy na raha very ko hita ndraika. ⁵ Na nandenga tamin'ny raha aby i, de tsy maintsy hagnapody aby anizay sady tsy maintsy hagnampy raika apahadimy hanoloana anizay amin'ny topony, amin'ny andro ze nahameloka anazy. ⁶ De tsy maintsy hitondra ny fagnatipagnoregnana ho an'i Yaveh i: ondry lahy tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy ze mendrika ny tombam-bidiny, ho fagnati-pagnoregnana ho an'ny pisorogna. ⁷ Hanao fagnavotana ho anazy eo alohan'i Yaveh ny pisorogna, de ho voavela amize aby nahatonga anazy ho meloka amin'ny nataony i." ⁸ De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ⁹ "Didio i Arona sy ny zanany, lazao hoe: 'Zao ro lalàny fagnatitsa doroana: Tsy maintsy eo ambony fatagna ny alitara ny aligna manontolo zizika maraigina ny fagnatitsa doroana, de ny afony alitara de avela hirehitsa hiany. ¹⁰ Hanao ny akanjo rongony fotsy ny pisorogna, de hanao ny atin'akanjo rongony fotsy hiany koa i. Hangalaka ny lavelogna ze tavela tafaran'ny nandivegnany afo ny fagnatitsa doroana eo ambony alitara i, sady hametraka ny lavelogna eo ambony alitara. ¹¹ Hagnala ny fitafiany i de hapiditsa ny akanjo hafa mba hitondrana ny lavelogna hienga ny toby ho agny amin'ny toerana ze madio. ¹² Ny afo eo amin'ny alitara de havela hirehitsa hiany. Aoka tsa hienga zay, de ny pisorogna de handoro hazo eo ambonin'izay isaky ny maraigina. Handamigna ny fagnatitsa doroana araka ny ze takiana aminazy i, Sady handoro ny sabora fagnati-pihavagnana hiany koa i. ¹³ Avela hirehitsa eo ambony alitara mandrakariva ny afo. Aoka tsa hienga zay ¹⁴ ao ro lalany fagnatitsa voa. Hanolotsa anizay eo alohan'i Yaveh mariny ny alitara ny zanaka lahin'i Arona. ¹⁵ Hangalaka koba soa toto eraky ny taghana amin'ny fagnatitsa voa sy amin'ny diloilo de ny diti-kazo magnitsa ze eo ambonin'ny fagnatitsa voa ny pisorogna, de handoro anizay eo ambony alitara mba hamoaka fofogna magnitsa tahaka ny fagnati-pahatsiarovana zay. ¹⁶ Hihinana ny ze sisa amin'ny fagnatitsa i Arona sy ny zanany lahy. Tsy maintsy hohanina tsa misy lalivay ao amin'ny fitoerana masina zay. Hihinana ao amin'ny kianjan'ny tragno-lay fihaognana reo. ¹⁷ De aza andrahoana miaraka amin'ny lalivay zay. Nameko ho anjaran-dreo amin'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo zay. Masina indrindra zay, tahaka ny fagnatitsa nohon'ny ota de ny fagnati-pagnoregnana zay. ¹⁸ Fa mandritsa ny fotoagna aby hiavian'ny taranakao fara mandimby, ny taranaka lahy sasany avy amin'i Arona de aoka hihinana anizay tahaka ny fizaràny, nalaina avy tamireofagnatits'i Yaveh natao tamin'ny afo. Na ia na ia mikasika anizay de hanjary masina." ¹⁹ Ko nitarogna tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh, nanao hoe: ²⁰ "Izao ro fagnatits'i Arona sy ny zanany lahy, ze hamen-dreo an'i yaveh amin'ny andro ze hagnosorana ny zanaka lahy aby: ny apahafolon'ny efaha raika amin'ny koba soa toto hatao fagnatitsa voa fanao mahazatsa, antsasany amizay maraigina de ny antsasany amizay hariva. ²¹ Ho vita amin'ny menaka agnaty lsitra mofo zay. Sy efa vonto menaka zay, de ho ferinao miditsa. Voaendy ro hanoloranao fagnatitsa voa mba hamoaka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh. ²² Ny zanaka lahin'ny pisorognabe vaovao amin'ny zanany lahy ro hanolotsa anizay. araka ny efa nandidiana hatrizay, de hodoroana ho an'i Yaveh aby zay. ²³ Ny fagnatitsa voan'ny pisorogna de horoana aby. Aoka tsa hoanina zay." ²⁴ Nitarogna tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh ko nanao hoe: ²⁵ "Mitarogna amin'i Arona sy ny zanany lahy, Manao hoe: "Izao ro lalàn'ny fagnatitsa nohon'ny fahotana de tsy maintsy vonoana eo amin'ny toerana ze namonoana ny fagnatitsa doroana eo alohan'i Yaveh. zay ro masina indrindra. ²⁶ Ny pisorogna ze hanolotsa anizay ho an'ny fahotana de hihinana anizay. Tsy maintsy hohanina agny amin'ny fitoerana masina ao amin'ny kianjan'ny tragno-lay fihaognana zay. ²⁷ Na ia na ia mikasika ny henan'izay de ho masina, de lehe misy rà mifafy amin'ny akanjo, de tsy maintsy sasana agny amin'ny toerana masina ny faritsa ze nopitihany. ²⁸ Fa ny vilagny tanimanga ze nanpangotrahana anizay de hovakiana. Lehe napangotrahana tagnaty vilagny varahona zay, de aoka hokosehina sy hosasana madio amin'ny rano zay. ²⁹ Ny lihilahy sasany amin'ny pisorogna de mahazo mihinana amizay satria masina indrindra zay. ³⁰ Fa lehe misy fagnatitsa nohon'ny fahotana ko ferina ao amin'ny tragno-lay fihaognana mba hanaovana fagnoregnana ny ràny de aoka tsa hohanina. Aoka hodoroana zay.

Chapter 7

¹ Izao ro lalàna amin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka. Ze masina indrindra. ² Aoka reo hamono fagnatitsa nohon'ny heloka eo amin'ny toerana famonoana anizay, de aoka reo hagnaparitaka ny rà isaky ny lafin'ny alitara. ³ Ny sabora aby eo amizay de de hatolotsa: ny rambon'ny matavy, ny sabora ze magnodidigna ny ao agnatiny, ⁴ ny voa roa sy ny sabora miaraka aminazy, ze mandriny ny valahiny, de ze mandrakotsa ny atiny, miaraka amin'ny voa__de aoka halaina aby zay. ⁵ Aoka handoro ny faritsa reo eo amin'ny alitara ny pisorogna mba ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izay ro fagnatitsa nohon'ny heloka. ⁶ Ny lihilahy tsiraidraika eo amin'ny pisorogna de aoka ny apahany aminio fagnatitsa io. Aoka hoanina eo amin'ny fitoerana masina zay satria masina indrindra. ⁷ Tahaka ny fagnatitsa nohon'ny heloka ny fagnatitsa nohon'ny ota. Mitovy ny lalàna mihiantra amireo. Reo de an'ny pisorogna manao fonegnana amin-dreo. ⁸ Ny pisorogna ze manao fagnatitsa doroan'ny ona de tokony hanagnany hodits'izay sorogna zay ho anazy. ⁹ Ny fagnatitsa voa aby ze nandrahoana tao agnaty lafaoro, sy ny fagnatitsa tahaka zay aby nindezina tamin'ny lasitra fagnindezana na nandrahoana de ho an'ny pisorogna ze nanolotsa anizay. ¹⁰ Ny fagnatitsa voa aby, na maigna na nafangaro tamin'ny

menaka, de ho an'ny taranak'i Arona aby hiany koa. ¹¹ Izao ro lalàna amin'ny sorogn'ny fagnati-pihavagnana ze ho hatolotsy ny ona ho an'i Yaveh. ¹² Lehe misy magnatitsa anizay mba ho fagnomezam-pisaorana, de aoka i hanolotsa anizay miaraka amin'ny sorogn'ny mofo tsa misy lalivay, kanefa mihosotsa menaka, de ny mofo vita tamin'ny koba soa toto ze nolaroana tamin'ny menaka. ¹³ Ao agnatin'ny tanjogna fagnomezam-pisaorana hiany koa, de aoka i hanolotsa apemp-mofo nasiana lalivay miaraka amin'ny fagnati-pihavagnany. ¹⁴ Aoka i hanolotsa karazany raika amireo fagnatitsa reo ho fagnatitsa hatoro an'i Yaveh. Ho an'ny pisorogna ze naparitaka ny rà'n'ny fagnati-pihavagnana teo amin'ny alitara zay. ¹⁵ Aoka ny ona ze manoro ny fagnati-pihavagnana mba ho fahomeza-pisaorana hihinana ny henan'ny fagnatiny amin'ny andron'ny sorogna. Aoka tsa hagnisy sisa amizay i zizika maraigna. ¹⁶ Fa lehe ho an'ny voody ny sorogn'ny fagnatin'ny, na ho an'ny fagnatitsa an-tsitraro, de aoka hoanina mandritsa ny andro atirahany ny sorogna hena, fa na ina na ina mety ho sisa amizay de azo hoanina ny apitson'igny. ¹⁷ Leko zay aza, na ina na ina henan'ny sorogna tavela amin'ny andro fahatelo de aoka hodoroana. ¹⁸ Lehe misy henan'ny sorogna amizay fagnati-pihavagnana nohanina amin'ny andro fahatelo, de tsa ho ekena zay, na ho tanan'ize nanolotsa anazy. Ho raha mahafarikoriko zay, de ny ona ze mihinana anizay de hitondra ny heloky ny otany. ¹⁹ ze hena mikasika raha maloto de aoka tsa hoanina. Aoka hodoroana zay. Ny amin'ny sisan'ny hena, de azon'ny ona madio hoanina zay. ²⁰ Neko zay nefa, ze ona maloto mihinana hena avy amin'ny sorony fagnati-pihavagnana ze an'i Yaveh__de aoka zay ona zay halaina eo amin'ny vahoakany ²¹ Lehe misy ona mikasika raha maloto__ na fahalotoan'olo, na biby maloto, na raha maloto mahafarikoriko hafa, sady lehe mihinana tamin'ny soron'ny fagnati-pihavagnana ze an'i Yaveh i sy avy eo, de aoka zay ona zay halaina eo amin'ny vahoakany ²² De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ²³ "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao hoe: Aoka agnareo tsa hihinana ny saboran'ny ômby na ondry na osy. ²⁴ Ny saboran'ny biby ze maty tsa tamin'ny sorogna, na ny saboran'ny biby noviravirainy bibidia, de azo apesaina amin'ny raha hafa, fa aoka agnareo tsa hihinana anizay mihintsy. ²⁵ Na ia na ia ona mihinana ny saboran'ny biby ze mety ataon'ny ona ho sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, de aoka halaina amin'ny vahoakan'ny zay ona zay. ²⁶ Aoka agnareo tsa hihinana rà na avy aminina na avy aminina ao an-dragonareo, na avy amin'ny vorogna zay na biby. ²⁷ Na ia na ia mihinana rà, de aoka halaina amin'ny vahoaka zay ona zay." ²⁸ Koa niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh sady nitarogna hoe: ²⁹ "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao hoe: 'Aoka hitondra anjara sorogna ho an'i Yaveh ze magnatitsa ny fagnatitsy ny soro-pihavagnana ho an'i Yaveh. ³⁰ Ny fagnatitsa ho an'i Yaveh ze hatao amin'ny afo, de aoka ny tagnany hiany ro hitondra anizay. Aoka i hitondra ny sabora miaraka amin'ny tratra, ko aoka havela ho fagnatitsa ahevaheva ho an'i Yaveh zay. ³¹ Aoka ny pisorogna handoro ny sabora eo amin'ny alitara, fa ny tratrany de an'i Arona sy taranany. ³² Aoka homenareo ny pisorogna ny feny havagnana ho fagnatitsa atoro ao amin'ny sorony fagnati-pihavagnanareo. ³³ Ny pisorogna, raika amireo taranak'i Arona, ze manolotsa ny rà'n'ny fagnati-pihavagnana sy ny sabora__de hahazo ny feny havagnana i ho tahaka ny anjarany amin'ny fagnatitsa. ³⁴ Fa efa noraisiko tamin'ny vahoakan'Israely, ny tratran'ny fagnatitsa ahevaheva, sy ny feny ze fandraisana anjara, sady reo de namena an'i Arona sy ny zanany lahy ho anjara mahazatsa ho an-dreo. ³⁵ Izay ro anjaran'i Arona sy ny taranany avy tamin'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, tamin'ny andro ze nanoloran'i Mosesy an-dreo mba hanompo an'i Yaveh amin'ny asa maha pisorogna. ³⁶ Izay ro anjaran'ny ze nandidian'i Yaveh hamena an-dreo avy tamin'ny vahoakan'Israely, tamin'ny andro nagnosorany ny pisorogna. Izay hiany ro anjaran-dreo hatramin'ny taranaka fara-mandimby. ³⁷ Izay ro lalàna amin'ny fagnatitsa doroana, amin'ny fagnatitsa voa, amin'ny fagnatitsa nohon'ny ota, amin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka, ny fagnati-panokagnana, sy ny soron'ny fagnat-pihavagnana, ³⁸ ze efa nagnomezan'i Yaveh didy an'i Mosesy teo an-tendrombohitsa Sinay tamin'ny andro ze nandidiany ny vahoakan'Israely mba hanolotsa ny sorognan-dreo ho an'i Yaveh tagny an-tany efits'i Sinay."

Chapter 8

¹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy, nanao hoe: ² "Aiao i Arona sy ny zanany lahy miaraka aminazy, ny fitafiana sy diloilo fagnosorana, ny ômbilahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, ny ondry lahy roa, de ny harogna fitoeram-bary tsa misy masirasira. ³ Avondrony eo amin'ny fidiran'ny tragno-lay fihaogana ny fiangonana aby." ⁴ Ko de nanao ze araka ny nandidian'i Yaveh anazy i Mosesy, de avy nivory teo amin'ny fidirana mandeha agny amin'ny tragno-lay fihaogana ny fiangonana. ⁵ Sy avy eo nitarogna tamin'ny fiangonana i Mosesy hoe: "Izao ro nandidian'i Yaveh ho atao." ⁶ Noferin'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy de nosasany tamin'ny rano reo. ⁷ Napanaoviny an'i Arona ny akanjo lava sady narohiny teo amin'ny andilany ny hetsa, nampitafiany tohitegna i sady nasiany efoda tegny aminazy, de narohiny teo amin'ny efoda niaraka tamin'ny lamba voatenona manjinika ko narohy tamin'ny trogna zay. ⁸ Napetrany teo amin'ny saro-tratra, de tao agnatin'ny saro-tratra ro nasiany ny Orima sy ny tomima. ⁹ Nametraka ny hamama teo amin'ny lohany i, de tao agnatiny hamama, teo alohany, ro nagnasiany ny takela-bolamena, sy ny diadema masina, araka ny nandidian'i Yaveh anazy. ¹⁰ Nandray ny diloilo fagnosorana i Mosesy, ko nagnosotsa ny tabernakely sy ze raha aby tao aminazy de nanokagna anizay ho an'i Yaveh. ¹¹ Nagnamafy ny diloilo impito teo amin'ny alitara i, sady nagnosotsa ny alitara sy ny raha aby tao agnatiny, de ny tavy sy ny faladiany, mba hanokagnana anireo ho an'i Yaveh ¹² Nandaraka ny sasany tamin'ny diloilo fagnosorana tamin'ny lohany i Arona i ko nagnosotsa anazy mba hanokagnana anazy. ¹³ Noferin'i Mosesy ny zanaka lahin'i Arona de napitafian'ny akanjo lava reo. Nandrohy hetra tamin'ny andilany reo sady namogno lamba rongony fotsy tegny an-dohan-dreo, araka ny nandidian'i Yaveh anazy. ¹⁴ Nitondra ny omby lahy fagnatitsa nohon'ny ota i Mosesy, de arona sy ny zanany lahy nametraka ny tagnany teo amin'ny lohan'ny ombilahy ze avy noferin-dreo ho agny

fagnatitsa nohon'ny ota.¹⁵ Novonoany zay, de nangalaka ny rà sy nametaka anizay tambohin'ny tandroky ny alitara tamin'ny fanondrony i, nagnadio ny alitara, nandraraka ny rà teo amin'ny fagnambaniny alitara, ko nanokagna anizay ho an'Andriamagnitsa mba hanaovany fagnoregnana ho amizay.¹⁶ Nalainy aby ny sabora tao agnatiny, ny sarogn'aty, sy ny voa roa de ny saborany, sady nandoro ny teo amin'ny alitara i Mosesy.¹⁷ Fa ny omby lahy, ny hodiny, ny henany, sy ny tain-drôrohan'ny de nodoroana teo ivelan'ny toby, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.¹⁸ Nanolotsa ny ondrilahy ho amin'ny fagnatitsa doroana i Mosesy, fa i Mosesy sy ny zanany lahy de nametraka ny tagnany teo amin'ny lohan'ny ondry lahy.¹⁹ Novonoany zay ko nafafy magnodidigna ny lafin'ny alitara aby ny ràny.²⁰ Notitehany ny ondrilahy de nodoroana ny lohany sy ny silany de ny saborany.²¹ Nosasany tamin'ny rano no ny atiny sy ny tongony, de nandoro aby ny ondrilahy teo amin'ny alitara i. Izay ro fagnatitsa doroana sady namoaka ny hagnitsa mamerovero zay, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.²² Avy eo de nanolotsa ondry lahy raika hafa i Mosesy, ny ondry lahy ny fagnamasinana, de i Arona sy ny zanany lahy de nametraka ny tagnany tamin'ny ondrilahy.²³ Novoa'n'i Aron zay, de nangalaka tamin'ny ràny i Mosesy ko nametraka anizay tamin'ny tendron'ny ravitsosfin'i Arona akavagnana, teo amin'ny akibe tagnany akavagnana, sy teo amin'ny akibe-tongony akavagnana.²⁴ Noferiny reo zanaka lahin'i Arona, sady nametraka ny sasany tamin'ny rà teo amin'ny tendron'ny ravitsosfin-dreo akavagnana, teo akibe-tagnan-dreo akavagnana, sy teo akiben-tongon-dreo akavagnana i. Sy avy eo i Mosesy namafy ny rà'n'izay magnodidigna ny lafin'ny alitara aby.²⁵ Nalainy ny sabora, ny rambo matavy, ny sabora aby ze tao agnatiny, ny sarogn'aty, ny voa roa sy ny saboaran'ny, de ny feny havagnana.²⁶ Avy tamin'ny harogna fitoera-mofo tsa misy lalivay ze teo agnatrehana'i Yaveh, ro ro nangalany ny mofo tsa misy lalivay raika, de mofo nasiana diloilo, sy mofo manify, sady nametraka anireo teo amin'ny sabora sy teo amin'ny fe havagnana.²⁷ Napetrany tegny amin'ny tagnan'i Arona sy ny tagnan'ny zanany lahy aby reo sady nahevahevany teo agnatrehana'i Yaveh reo mba ho fagnatitsa ahevaheva.²⁸ De nalain'i Msesy tegny an-tagnan-dreo reo de nodoroany teo amin'ny alitara ho amin'ny fagnatitsa doroana. Re de fagnatitsa fagnamasinana de namoaka hagnitsa mamerovero. Zay ro fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.²⁹ Nandray ny tratra sy nagnevaheva anizay hatao fagnatitsa ahevaheva ho an'i Yaveh i Mosesy. Izay ro fizaran'i Mosesy ny ondry lahy ho an'ny fanokagnana ny pisorogna, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.³⁰ Nangalaka tamin'ny diloilo fagnosorana sy tamin'ny rà ze teo amin'ny alitara i Mosesy; nagnamafy anireo tamin'i Arona, tamin'ny akanjony, tamin'ny zanany lahy, sy tamin'ny akanjony zanany lahy i. Tahaka an'izay ro nanokanany an'i Arona sy ny akanjony, de reo zanany lahy sy ny akanjony ho an'i Yaveh.³¹ Ko de nitarogna tamin'i Arona sy ny zanany lahy i Mosesy hoe: "apangotraho eo amin'ny fidirana mandeha agny amin'ny tragno-lay fihagnana ny hena, de hano zay sy ny mofo ze ao agnatiny haron'ny fagnamasinana, araka ny nandidiako, nanao hoe: 'Hihinana anizay i rona sy ny zanany lahy.'"³² Ze aby sisa amin'ny hena sy ny mofo de aoka hodoroanao.³³ Aza mianga eo amin'ny tragno-lay fihagnana ao agnatiny hafitoana agnareo, mandrapahatateraka ny andron'ny fanokagnana anareo. Fa i Yaveh ro hagnamasina anareo amin'ny hafitoana.³⁴ Ze efa natao tandrony--de nodidian'i Yaveh mba ho vita mba hanaovana fagnoregnana ho anareo.³⁵ Hitoatsa andro aman'aligna ao amin'ny fidirana'ny tragno-lay fihagnana mandritsa ny hafitoana agnareo, sady hitandrigna ny didin'i Yaveh, mba tsa ho maty agnareo, satria zay ro efa nandidian'ny anahy."³⁶ Ko de nanao anireo raha aby reo ze nandidian'i Yaveh an-dreo tamin'ny alalan'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy.

Chapter 9

¹ Tamin'ny andro fahavalo de nakehin'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy de reo loholon'i Israely.² Nitarogna tamin'i Arona i nanao hoe: "Mangalà zanak'ômbry hatao fagnatitsa nohon'ny ota, de zanak'ondry tsa misy kilema hatao fagnatitsa doroana, de hatolotsa eo alohan'i Yaveh reo."³ De agnao mba hitarogna amin'ny vahoakan' Israely ko hanao hoe: "Mangalà osy lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota de zanak'ômbry sy zanak'ondry, samy heritaogna sady tsa misy kilema, ho an'ny fagnatitsa doroana; mangalà koa ômbry sy ondry lahy ho an'ny fagnati-pihavagnana mba ho sorogna eo alohan'i Yaveh, de fagnatitsa voamifangaro amin'ny diloilo, satria hiboaka aminao androany i Yaveh."⁴ Ko nitondra anireo aby ze nandidian'i Mosesy ho ao amin'ny tragno-lay fihagnana reo, de nagnatogna ny fiangonan'Israely aby de nitsangagna teo alohan'i Yaveh.⁵ De nitarogna i Mosesy hoe: "Izao ro nandidian'i Yaveh anaoreo mba hatao, mba hahafan'ny voninahiny miseho minareo."⁶ Nitarogna tamin'i Arona i Mosesy hoe: "mandihiana eo agnilan'ny alitara de atoloro ny fagnatitsa nohon'ny otanao sy ny fagnatitsa doroana, de manaova fagnoregnana ho an'ny tagnanao sy ho an'ny vahoaka, de atoloro ho an'ny vahoaka mba hanaovana fagnoregnana ho an-dreo ny sorogna, araka ze nandidian'i Yaveh."⁷ Ko nandeha ndriny ny alitara i Arona de namono ny zanak'ômbry hatao fagnatitsa nohon'ny ota, ze ho an'ny tagnany.⁸ Natoron'ny zanaka lahin'i Arona tamin'ny rà, de nandroboka ny ratsan-tagnany tagnatiny zay i sady nametraka anizay eo ambonin'ny tandroky ny alitara; avy eo de nagnisy ny rà teo amin'ny fagnambanin'ny alitara i.⁹ Neko zay aza, nandoro ny sabora, ny voa, de reo sarak'aty teo ambony alitara hatao fagnatitsa nohon'ny ota araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy i.¹⁰ Ny hena sy ny hoditsa de nodoroany teo ivelan'ny toby.¹¹ Novonoan'i Arona ny fagnatitsa doroana, de namen'ny zanany lahy anazy ny ràny, ze nahosony tegny amin'ny lafin'ny alitara aby.¹² De namen-dreo anazy isaky ny apahany ny fagnatitsa doroana, miaraka amin'ny lohany, de nandoro anizay teo ambony alitara i.¹³ Nanao ny tao agnatiny sy ny tao amin'ny tongony i de nodoroany teo ambony alitara reo.¹⁴ Nanolotsa ny soron'ny vahoaka i Arona--osy lahy raika, de nangalaka anizay hatao sorogna nohon'ny otan-dreo namonoany anizay; nanao sorona zany nohon'ny otany, araka zay nataony tamin'ny osy lahy voalohany.¹⁵ Nampiseho ny fagnatitsa dorana sy nagnome zay araka zay

nandidian'i Yaveh izy. ¹⁷ Nampiseho ny fagnatitsa voa y; nameno ny tagnany tamin'izay y de nandoro zany teo ambony alitara, miaraka amin'ny fagnatitsa dorana maraaigna. ¹⁸ Novonoany hany koa ny omby sy ny osy lahy, sorogna ho an'ny fagnati-pivavahana, zay ho an'ny ona .Nomen'ny zanaka lahin'i Arona anazy ny rany, zay namafy teny amin'ny lafin'ny alitara aby.¹⁹ Na zany aza, nalan-dreo ny tsaboran'ny omby sy ny osy lahy, ny tsabora zay mandrakotsa ny tao agnatiny, reo voa, ary ny sarak'aty ²⁰ Nangalaka ny zara zay voarasa reo de nametraka zany teo ambonin'ny tratrany , de nandoro ny sabora teo ambonin'ny alitara i Arona. ²¹ De Arona nagnevaheva reo tratra sy ny feny havanana ho fagnatitsa ahevaheva teo alohan'i Yaveh , araka ny efa nandidian'i Mosesy. ²² De nanandratsa ny tagnany teo amin'ny vahoaka i Arona de nitso-drano an-dreo; de nidigna avy amin'ny fagnaterana ny fagnatitsa noho ny ota y , ny fagnatitsa dorana , de ny fagnati-pivavahagna . ²³ Niditsa tao amin'ny tragno-lay fihaonana i Mosesy sy Arona, avy eo de nienga koa reo ko nitso-dr ano ny vahoaka , de niseho tamin'ny ona aby ny voninahitr'i Yaveh. ²⁴ Nisy afo nienga avy any amin'i Yaveh ko nandevogna ny fagnatitsa dorana sy ny sabora teo ambony alitara. Rehefa nahita zany ny ona aby, de nihiaka reo de nampihohoka ny tavany.

Chapter 10

¹ adaba sy Abiho , zanaka lahin'i Arona, de samy nangnalaka ny fitondran'afony, nagnisy afo teo amin'izay, de avy eo didin-kazo magnitsa. Avy eo reo nanolotsa afo tsa nikena teo agnatrehan'i Yaveh, ze tsa nandidiana an-dreo mba hatolotsa. ² Ko nisy afo nivoaka teo agnatrehan'i Yaveh de nandevogna an-dreo, de maty teo agnatrehan'i Yaveh eo. ³ Sy avy eo i Mosesy nitarogna tamin'i Arona hoe: "Izao ro nirisahan'i Yaveh sy efa nitarogna i hoe: 'Hilaza ny fahamasinako amin'ny ze avy mandriny Anahy Aho. Homem-boninahitsa eo agnatrehan'ny vahoaka aby Aho. ' " Tsa nitarogna na ina na i Arona. ⁴ Nangaika an'i Misaela sy Elzafana, zanaka lahin'i Oziela rahalahin-drain'i Arona i Mosesy, de nitarogna tamin-dreo hoe: "Mandihiana aty de fero egny ivelan'ny toby tsa ho eo agnatrehan'ny tabernakely ny rahalahinareo." ⁵ Ko nagnatogna mariny an-dreo de nitondra an-dreo vona nanao ny akanjo lava maha-pisorogna an-dreo tegny ivelan'ny toby, araka ny efa nolazain'i Mosesy. ⁶ Sy avy eo i Mosesy de nitarogna tamin'i Arona sy Eleazara de Itamara, ny zanany lahy hoe: "Aza avela hisaritaka ny ny volo eo an-dohanareo, de aza rovitina ny akanjonareo, mba tsa ho maty agnareo, sady mba tsa hasiaka amin'ni Fiangonana aby i Yaveh. Fa avilao ny havanareo, ny taranak'Israely aby, mba hisaogna amin'ny ze nodoroan'ny afon'i Yaveh. ⁷ Aoka tsa handeha ivelan'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana agnareo, le tsa zay de ho maty agnareo, satria aminareo ny diloilo fagnosoran'i Yaveh. "Ko nanao araka ny tarognin'i Mosesy reo. ⁸ Niresaka tamin'i Arona i Yaveh hoe: ⁹ "Aza misotro divay na raha fisotro mahery, agnao, na ny zanaka lahy ze sisa miaraka aminao, sy efa mandeha agny amin'ny lay fihaognana, mba tsa ho maty agnareo. Ho lalàna maharitsa ho an'ny taranaky ny vahoakanao zay, ¹⁰ mba hagnavahana ny masina sy ny tsa masina, de ny maloto sy ny madio, ¹¹ ko mba hapianatsa ny vahoakan'Israely ny lalàna aby ze nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy agnao. " ¹² Niresaka tamin'i Arona sy Eleazara de i Itamara, zanany lahy sisa tavela i Mosesy hoe: "Alao ny fagnatitsa hoanina ze tavela avy tamireo fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, de hoano miaraka amin'ny lalivay eo agnilan'ny alitara zay, satria masina indrindra zay. ¹³ Aoka agnareo hihinana anizay ao amy toerana masina, satria anjaranao sy anjaran'ny zanaka lahy tamin'i fagnatitsa vita tamin'ny afo ho an'i Yaveh zay, fa izay ro nandidiany Anahy ho lazaina aminao ¹⁴ Ny tratrany sy ny mihevaheva sy ny feny ze atoro an'i Yaveh, de aoka ho hoaninareo egny amin'ny toerana madio iken'Andriamagnitsa. Agnao sy reo zanako lahy de reo zanako vavy de tokony mihinana ny anjara reo, fa efa nomena ho anjaranao sy anjaran'ny zanaka lahy avy hatamin'ny sorogna ny fagnati-pihanavagnan'ny vahoakan'Israely reo. ¹⁵ Ny feny ze hatoro sy ny tratrany ze mihevaheva, de tsy maintsy ferin-dreo miaraka amin'ny sabora natao tamin'ny afo, mba hahevaheva eo agnatrehan'i Yaveh. Ho anao sy ny zanaka lahy miaraka aminao tahaka ny anjara mandrakizay reo, araka ny nandidian'i Yaveh . " ¹⁶ Avy eo Mosesy nagnotany momba ny osy natao fanatitsa nohon'ny ota, de nahita fa may zay. ko nasiaka tamin'i Eleazara sy Itamara, zanaka lahin'i Arona sisa tavela i; zaoro nataony hoe: " ¹⁷ Nahoana agnareo ro tsa nihinana ny fagnatitsa nohon'ny ota tamin'ny faritsa ny tabernakely, fa zay ro masina indrindra, de efa nomen'i Yaveh agnareo mba hagnesorana ny heloky ny fivondrognana zany, mba ho fagnonerana ho an-dreo teo agnatrehany? ¹⁸ Io, ny ràny de tsa noferina tao agnatiny tabernakely, ze tokony hohaninareo tao amin'ny faritsa ny tabernakely, araka ny nandidiako. " ¹⁹ Avy eo Arona namaly an'i Mosesy hoe: " Io , androany ro nanaovan-dreo ny fagnatitsa nohon'ny otany sy ny fagnatitsa doroany eo agnatrehan'i Yaveh, de zao raha zao de nitranga taminahy androany . Lehe nihinagna ny fagnatitsa nohon'ny ota aho androany , moa ve nankasitrahana teo imason'i Yaveh zao?" ²⁰ Sy efa ren'i Mosesy zao , de afapo i.

Chapter 11

¹ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh , nanao hoe: " ² Mitarògna amin'ny vahoakan'Israely , manao hoe; ' Reto aby ny raha-managn'aina ze azonareo hoanina eo amin'ny biby aby ze eto ambonin'ny tany. ³ Afaka mihinana ny biby aby ze mivaky kitro sy magnapody ota agnareo. ⁴ Na zao aza , na magnapody ota na mivaky ota aza reo biby sasany, de aoka agnareo tsa hihinana anazy reo, de ny biby tahaka ny rameva, satria magnapody ota i fa tsa mivaky kitro. Noho zao de maloto ho anareo ny rameva. ⁵ Ny hyraka ihany koa , satria namerign'ota i fa tsa mivaky kitro, maloto ho anareo ihany koa zao. ⁶ Ny bitro, de maloto ho anareo, satria magnapody ota i , fa tsy mivaky kitro . ⁷ Ny kisoa , neko de mivaky kitro aza , de tsy magnapody ota i , ko maloto ho anareo ⁸ . Aoka agnareo tsa hihinana amin'ny henan-dreo , na hikasika ny fatin-dreo . Maloto ho anareo reo. ⁹ Ny biby aby miaigna agnaty ze azonareo hoanina de reo ze managna vombonny sy

kirany, na ao amin'ny ranomasina na ao amin'ny renirano.¹⁰ Fa reo raha managn-aigna aby ze tsa misy vombonny sy kirany ao agnaty ranomasina na ao agnaty renirano de tsa azonareo hoanina, ao agnatin'izay ny ze mihitsika ao agnaty rano sy ny mangn'aigna aby ze ao agnaty rano--aoka ho halanareo reo.¹¹ Fa aoka hankalaina reo, aoka agnareo tsa hihinana ny henany; de ny fatiny ko tsa hoaninareo sady hoalanareo.¹² Ze aby tsa misy vombonny sy kirany ao agnaty rano de aoka tsa ho tiànareo.¹³ Reto aby reo vorogna zay tsy maintsy hankalazainareo sy tsa tokony ho haninareo: de ny voromahery, ny voltora¹⁴, ny papango, ny karazana ankoay aby,¹⁵ ny karazana goaika aby¹⁶, ny vorondolo sy ny vorondolo magneno, ny voron-drano, de ny karazana ankoay aby.¹⁷ Aoka agnareo tsa ho tia ny vorondolo kely sy ny vorondolo lihibe, ny manarana hany koa,¹⁸ ny vorondolo fotsy sy ny vorondolo sompitra, ny ibisa,¹⁹ ny vano, ny karazana vagnobe aby, ny takidara, de ny ramanavy koa.²⁰ Ny bibikely managn'elatsa aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa de fahavetavetana ho anareo.²¹ Afaka mihinana ny bibikely mitsidigna aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa agnareo lehe magna-tongotsa ambonin'ny faladiany hitsotiany eo amin'ny tany hiany reo.²² Afaka mihinagna ny karazana valala lihibe, solama, ny valala kely, na ny apanga aby hany koa agnareo.²³ Fa reo bibikely mitsidigna aby zay managna tongotsa efatsa de tsy maintsy hankahalainareo.²⁴ he mikasika ny fatin'ny raika amindreo agnareo de haloton-dreo biby reo mandrapaharivan'ny andro.²⁵ Na ia na ia mitsipogna ny raika amin'ny fatin-dreo de tsy maintsy manasa ny fitafiany de miegnina maloto mandra-paharivan'ny andro.²⁶ Ny biby aby mivaky kitro ze tsa mizara soa na tsa mamadik'ota de maloto ho anareo. Ze mikita anireo de haloto.²⁷ Ze aby mandeha amin'ny tongony amin'ireo biby aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa, de maloto ho anareo. Na ia na ia mikitika ny fatiny de haloto mandra-paharivan'ny andro.²⁸ Na ia na ia mitsimpogna ny fatiny de tsy maintsy manasa ny fitafian-dreo de maloto mandra-paharivan'ny andro. Reo biby reo de haloto ho anareo.²⁹ Lehe ny amin'ny biby ze mandady amin'ny tany de reto aby ny biby ze haloto ho anareo: ny kionkiona, ny voalavo, ny karazana androngo lihibe aby,³⁰ ny katsatsaka, ny anakà, ny androngo, ny androngom-pasika, de ny tagnalahy.³¹ Amin'ireo biby mandady aby, de reo biby ze haloto ho anareo. Na ia na ia mikasika an-dreo sy efa maty reo de haloto mandra-paharivan'ny andro.³² Lehe maty ny sasany amin'ireo ko mitrotraka amin'ny raha, de haloto zao raha zao, na vita tamin'ny hazo, na lamba, na hoditsa, na lamba fisaognana zao. Na ina na ina zay sady na ina na ina apesana anazy, de tsy maintsy aroboka agnaty rano; haloto zay mandra-paharivan'ny andro. De hadio sy avy eo.³³ Ny vilagny tanimanga aby ze hitrotrahany biby maloto ao agnaty na eo aminazy, na ina na ina ao agnatin'ny vilagny de haloto, de tsy maintsy potehinareo zay vilagny zay.³⁴ Ny hanina aby ze madio sy azo hoanina, kanefa nitrotrahan'ny rano avy hatamin'ny vilagny maloto raika, de haloto. Ze aby mety ho nosotroana tamin'ny vilagny tahaka anizay de haloto.³⁵ Ze aby nitrotrahany ny fatim-biby maloto de haloto, na lafaoro zay na vilagny fandrahoana. Tsy maintsy potehina zay. Maloto zay ko tokony tsa haloto ho anareo.³⁶ Ny loharano na famorian-drano hagnangonana ny rano fisotro de hadio hiany lehe misy biby tahaka an'izay mitrotraka ao agnaty. Fa lehe misy ona mikiasika ny fatin'ny biby raika ao agnaty rano, de haloto i.³⁷ Lehe misy apahany amin'ny fatim-biby maloto de mitrotraka eo amboniny voa famboly, de hadio hiany koa reo voa reo.³⁸ Fa lehe tondrahana rano ny voa, de lehe misy apahany amireo faty reo mitrotraka eo amireo, de haloto ho anareo reo.³⁹ Rehe misy biby azonareo ho hanina maty, de haloto mandra-paharivan'ny andro ny nikasika ny fatiny.⁴⁰ Na ia na ia mihinana amin'io faty io de tsy maintsy manasa ny fitafiany de haloto mandra-pahaivan'ny andro. Ze mitsipogna ny faty tahakan'izao de hanasa ny fitafiany de haloto mandra-paharivan'ny andro.⁴¹ Ny biby aby ze mandady amin'ny tany de hankahalaina; aoka tsa hohanina zao.⁴² Ze mandady amin'ny kibony, de ze mandeha amin'ny tongony efatsa, na ny managna tongotsa be reo biby mikisaka amin'ny tany, reo ro tsy azonareo hoanina, satria hankahalaina reo.⁴³ Aoka agnareo tsa handoto ny tegnanareo amin'ny zava-managn'aigna mandady aby; aoka tsa handoto ny tegnanareo amin'ireo agnareo, fa haloto amin'ireo agnareo.⁴⁴ Fa aho ro Yaveh Andriamagnits'anareo. Tokony ho tananareo ho masina ny tegnanareo, noho zao, masina, satria masina Aho. Aoka tsa handoto ny tegnanareo amin'ny karazam-biby aby ze mandady amin'ny tany agnareo.⁴⁵ Fa Iaho ro Yaveh, ze nitondra anareo niala avy tagny Egypta, mba ho Andriamagnitsareo. Noho zao aoka agnareo ho masina, satria Iaho de masina.⁴⁶ zao ro lalàgna momba reo biby, reo vorogna, reo zava-managn'aigna aby ze mihitsika ao agnaty rano, de ny biby aby ze mikisaka amin'ny tany,⁴⁷ satria tokony hisy fagnavahana eo amin'ny maloto sy ny madio, de eo amin'ny zava-managn'aina ze azo hoanina sy reo zava-managn'aina ze tsa azo hoanina. " "

Chapter 12

¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: " ² Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely, manao hoe: 'Lehe misy apela mananjanaka ko miteraka zazalahy, de haloto mandritsa ny fito andro i, tahaka ny fahalotoany mandritsa ny andro fadimbolany. ³ Amin'ny andro faha-valo de aoka hofiraina ny lohatsitsin'ny zazalahy. ⁴ Avy eo ny fagnadiovana ny reny avy amin'ny ràny de hitohy mandritsa ny telo amby telopolo andro. Tsa tokony hikitika raha masina hiditsa ao amin'ny faritsan'ny tabernakely mandra-pahatapitsan'ny ny andro fandiovana anazy. ⁵ Fa lehe teraka zazavavy i, de haloto mandritsa ny roa herignandro, tahaka ny mandritsa ny fadimbolany. De haloto mandritsa ny enina amby enimpolo andro ny fagnadiovana ny reny. ⁶ Rehefa vita ny andro fagnadiovana anazy, na ho an'ny zanaka lahy na zanaka vavy, de tsy maintsy mitondra ondry heritaogna raika ho fagnatitsa doroana i, de zana-boromahilala roa na domoina mba ho fagnatitsa nohon'ny ota, ho eo amin'ny fidirana ao amin'ny fihaognana, ho eo amin'ny mpisorogna. ⁷ Avy eo i de hanolotsa zao eo agnatrehana'i Yaveh de hanao fagnoregnana ho anazy, de ho avy voadio amin'ny fikorignan'ny ràny i. Zao ro lalàna amin'ny apela ze miteraka na zazalahy na zazavavy. ⁸ Lehe tsa afaka manolotsa ondry i, de tsy maintsy mangalaka

vorimahilala roa na zana-boromahilala roa, ny raika ho fagnatitsa doroana de ny raika hafa ho fagnatitsa nohon'ny ota, de hanao fagnoregnana ho anazy ny mpisorogna; de hadio i avy eo.

Chapter 13

¹ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: ² "Sy efa misy mamontsigna na manako-pery na mifaritsa mangiragna amin'ny hoditsan'ny vatany, ko roso mpamindra an'izay de misy aretin-koditsa ny vatany, de tsy maintsy hoferina agny amin'ny Arona mpisorognabe i, na amin'ny raika amin'ny zanany lahy mpisorogna. ³ Avy eo ny mpisorogna de hijery ny aretina eo amin'ny hoditsan'ny vatany. Lehe nivadika fotsy volo eo amin'ny faritsan'ny aretina, de lehe hita fa laligna loatsa noho ny eo amin'ny hoditsa fotsiny ny aretina, de lasa areti-mifindra zao. De afaran'ny fijeren'ny mpisorogna anazy, de tsy maintsy magnambara anazy hoe maloto i. ⁴ Lehe fotsifotsy ny mifaritsa mangiragna amin'ny hodiny, de ny pozin'izao de tsa laligna noho ny amin'ny hoditsa, de lehe tsa mivadika fotsy volo amin'ny faritsana, de tsa maintsy atokan'ny mpisorogna monigna mandritsa ny hafitoana ny raika misy aretina. ⁵ Amin'ny andro fahafito, de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna mba hijery lehe tsa miha-ratsy ny aretina lehe ny heviny, de lehe tsa miparitaka amin'ny hoditsa zay. Lehe tsa misy zay, de tsy maintsy mampitoka-monigna anazy mandritsa ny hafitoana na mpisorogna. ⁶ Hijery anazy koa ny mpisorogna amin'ny andro fahafito mba hijery raha miha-soa ny aretina de tsa miparitaka manerana ny hoditsa. Lehe tsa misy zay, de hilaza anazy ho madio ny mpisorogna. Manako-pery zay. Tsy maintsy manasa ny fitafiany i, ko de hadio i. ⁷ Fa lehe miparitaka amin'ny hoditsa koa zay fery zay tafaran'ny nam-pisehoany ny tegnany tamin'ny mpisorogna ny amin'ny fahadiovany. ⁸ De tsy maintsy hagneno ny tegnany eo amin'ny mpisorogna koa i avy eo. Hijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha miparitaka manerana ny hoditsa ny fery. Lehe miparitaka zay, de tsy maintsy magnambara anazy ho maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay. ⁹ Lehe misy areti-koditsa mifindra amin'ny ona, de tsy maintsy ferina agny amin'ny mpisorogna i. ¹⁰ Hijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha misy mamontsina fotsy amin'ny hoditsa, lehe mivadika fotsy ny volo, na lehe misy nofo mangana amin'ny mamontsina. ¹¹ Lehe misy, de areti-koditsa mitaiza zay, de tsy maintsy milaza anazy ho maloto ny mpisorogna. Tsy hanokana monina anazy i, satria efa maloto i. ¹² Lehe miparitaka be amin'ny hoditsa ny aretina sady mandrakotsa ny hoditsin'ny ona aby ny aretina hatragy amin'ny tampon-dohany ko zizika amin'ny tongony, lehe vo hitany mpisorogna zay, ¹³ de tsy maintsy hijery anazy ny mpisorogna mba hijery ny raha mandrakotsa ny vatany aby ny aretina. Lehe misy zay, de tsy maintsy mitarogna ny ona misy aretina ho madio ny mpisorogna. Lehe nivadika fotsy aby zay, de madio i. ¹⁴ Fa lehe misy nofo mangana miboaka eo amin'ny, de haloto i. ¹⁵ Tsy maintsy mijery ny nofo mangana ny mpisorogna de mitarogna anazy ho maloto satria maloto ny nofo mangana. Areti-mifindra zay. ¹⁶ Fa lehe mivadika fotsy ndraika ny nofo mangana, de tsy maintsy mandeha agny amin'ny mpisorogna ny ona. ¹⁷ Hijery anazy ny mpisorogna mba hijirena raha nivadika fotsy ny nofo. Lehe nivadika zay de hitarogna ny ona ho madio ny mpisorogna. ¹⁸ Lehe misy bay eo amin'ny hoditsy ny ona raika ko sitragna zay, ¹⁹ de lehe misy mibotsigna na holatsy ny fery, mena fotsy eo amin'ny toerany bay, de tsy maintsy atoro ny mpisorogna zay. ²⁰ Hijery anizay ny mpisorogna mba hijery ny raha miha-milentika agnatiny hoditsa zay, sady lehe mivadika fotsy ny volo eo. Lehe izay, de tsy maintsy mitarogna anizay ho maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay, lehe mitombo eo amin'ny fitoerany ze nisy ny bay zay. ²¹ Lehe mijery anizay ny mpisorogna ko mahita fa tsa misy volo fotsy eo, sady tsa ao ambanin'ny hoditsa zay fa efa niala, de tsy maintsy hatokan'ny mpisorogna mitoatsa mandritsa ny hafitoana i. ²² Lehe miparitaka be amin'ny hoditsa zay, de tsy maintsy milaza anazy hoe maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay. ²³ Fa lehe miegnina amin'ny toerany ny holatsy ny fery fa tsa miparitaka, de holatsy ny bay zay, ko tsy maintsy hitarogna anazy hoe madio ny mpisorogna. ²⁴ Sy efa misy may ny hoditsa sady nanjary somary mena-fotsy nako faritsa fotsy ny nofo mangagna may, ²⁵ de hijery anizay ny mpisorogna mba hijery lehe hivadika fotsy ny volo amizay faritsa zay, sady lehe hita fa laligna mihoatsa noho ny teo amin'ny hoditsa zay. Lehe misy zay, de areti-mifindra. de tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay. ²⁶ Fa lehe mijery anizay ny mpisorogna ko mahita fa tsa misy volo fotsy amin'ny faritsa, sady tsa ao ambanin'ny hoditsa fa matroka, de tsy maintsy hatokan'ny mpisorogna monigna mandritsa ny hafitoana i. ²⁷ Sy avy eo de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna amin'ny andro fahafito. Lehe nipsritaka be tamin'ny hoditsa zay, de tsy maintsy milaza anazy hoe maloto ny mpisorogna, Areti-mifindra zay. ²⁸ Lehe miegnina eo amin'ny toerany ny faritsa sady tsa miparitaka amin'ny hoditsa fa matroka, de famotsignana avy amin'ny may zay, de ny mpisorogna de tsy maintsy mitarogna anazy hoe madio, fa raha ny holatsy ny may. ²⁹ Lehe misy lihilahy na apela misy areti-mifindra eo amin'ny loha na saoka, ³⁰ de tsy maintsy mijery ny ona amin'ny areti-mifindra ny mpisorogna mba hijery raha miseho laligna loatsa mihoatsa ny eo amin'ny hoditsa zay, de lehe misy mavomavo, de tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna. Hihidy zay, areti-mifindra eo amin'ny loha na eo amin'ny saoka zay. ³¹ Lehe mijery ny aretin'ny hihidy ny mpisorogna ko mahita fa tsa eo ambanin'ny hoditsa zay, sady lehe tsa misy volo mainty amizay, de hapitoka-monigna ny ona misy aretin'ny hihidy ny mpisorogna mandritsa ny hafitoana. ³² Amin'ny andro fahafito de hojery ny aretina ny mpisorogna mba hijery raha miparitaka zay. de lehe tahaka ny hatevin'ny hoditsa fotsiny ny fahitana ny aretina, ³³ de tsy maintsy solona i, fa ny faritsa misy ny aretina de tsa tokony ho soloana, de ny mpisorogna de tsy maintsy hapitoka-monigna ny ona amin'ny aretin'ny hihidy mandritsa ny hafitoana. ³⁴ Amin'ny andro fahafito de hijery ny aretina ny mpisorogna mba hijery raha niegnina miparitaka tamin'ny hoditsa zay. Lehe hita ho tsa matevigna noho ny hoditsa zay, de tsy maintsy hitarogna anazy ho madio ny mpisorogna. tsy maintsy manasa ny akanjony ny ona, de hadio i sy ahateo. ³⁵ Fa lehe miha-miparitaka amin'ny hoditsa ny aretin'ny hihidy tafaran'ny nitarognany mpisorogna hoe madio

i, ³⁶ de tsy maintsy mijery anazy ndraika ny mpisorogna. Lehe miparitaka amin'ny hoditsa ny aretina, de tsa mila mitadia volo mavomavo koa ny mpisorogna. Maloto ny ona. ³⁷ Fa lehe amin'ny afjerin'ny mpisorogna de efa niegnina niparitaka ny aretin'ny hihidy de nisy volo mainty nitsiry teo amin'ny faritsa, sy avy eo de sitragna ny aretina. Madio i, de tsy maintsy mitarogna anazy ho madio ny mpisorogna. ³⁸ Lehe misy lihila na apela misy faritsa fotsy amin'ny hoditsa, ³⁹ de tsy maintsy mijery ny ona ny mpisorogna mba hijery raha matroka ny faritsa, ze very vaky teo amin'ny hoditsa fotsiny hiany. de madio i. ⁴⁰ Lehe mihitsagna amin'ny lohany ny volon'ny ona raika, de sola i, fa madio. ⁴¹ Lehe mitrotraka hateo amin'ny tapon-dohany ny volony, de sola ny tapon-kandriny, de madio i. ⁴² Fa lehe misy ratsa mena-fotsy eo amin'ny lohany sola na tapokn-kandriny, de areti-mifindra zavvaky aty ivelany zay. ⁴³ Sy ahateo de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha mena-fotsy ny faritsa mivoto ny aretina eo amin'ny lohany sola na ny tapo-kandriny, tahaka ny endriky ny areti-mifindra amin'ny hoditsa. ⁴⁴ Lehibaz, de misy areti-mifindra sy maloto i. Tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna noho ny aretina eo amin'ny lohany. ⁴⁵ Ny ona ze misy areti-mifindra de tsy maintsy manao akanjo roovitsa, tsy maintsy asarakorako ny volony, de tsy maintsy manarogna ny tarehiny zizika eo amin'ny orony i sady mangaikaika hoe: 'Maloto, maloto.' ⁴⁶ Mandritsa ny andro ze isiany areti-mindra aminazy de haloto i. Satria maloto ny aretina ze mety mifindra i. De tsy maintsy mipetra-drery. Tsy maintsy mipetraka agny ivelan'ny toby i. ⁴⁷ Ny akanjo ze nifindran'ny maty fotsy, na volon'ondry zay na lamban-drongony fotsy majinika, ⁴⁸ na raha vita tamin'ny tagnina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy majinika na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa - ⁴⁹ raha misy fifindrana manopy maintso na manopy mena amin'ny akanjo, ny hoditsa ny tagnona, na fitaovana fanjairana, na raha vita tamin'ny hoditsa, de maty fotsy miparitaka za; tsy maintsy atoro amin'ny mpisorogna zay. ⁵⁰ Tsy maintsy mijery ny maty fotsy ny mpisorogna; tsy maintsy hatokany mandritsa ny hafitoana ny raha aby ze maty fotsy. ⁵¹ Tsy maintsy mijery ndraika ny maty fotsy i amin'ny andro fahafito. Lehe niparitaka tamin'ny akanjo na raha vita tamin'ny tagnona, nozaairina tamin'ny volon'ondry na fitaovana tamin'ny rongony fotsy majinika, na hoditsa na raha ze napiasaina hoditsa, de maty fotsy mapidi-doza zay, de maloto zay raha zay. ⁵² Tsy maintsy doroana ny akanjony, na raha vita tamin'ny tagnona, nozaraina tamin'ny volon'ondry na fitaovana rongony fotsy, na hoditsa na raha vita tamin'ny rongony fotsy, raha kely ze hita tamin'ny maty fotsy mapidi-doza i, fa mety hitondra aretina zay. Tsy maintsy doroana tanteraka zay. ⁵³ Lehe mijery ny singa ny mpisorogna sady mahita fa tsa niparitaka tamin'ny akanjo na ny raha notenonina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony, fitaovana hoditsa ny maty fotsy, de hibeko an-dreo i mba hanasa ny raha ze nahitana ny maty fotsy, ⁵⁴ de tsy maintsy hatoka-monigna mandritsa ny hafitoana zay. ⁵⁵ Sy avy eo de hijery ny singa ny mpisorogna sy efa voasasa ny raha misy maty fotsy, Nako de tsa niova ny lokon'ny maty fotsy, de tsa niparitaka zay, de maloto foagna zay. Tsy maintsy doroanareo ny singa, na taia na taia ro nifindran'ny maty fotsy. ⁵⁶ Lehe mijery ny singa ny mpisorogna, sady lehe matromatroka ny maty fotsy sy efa voasasa, de tsy maintsy mandriatsa ny faritsa maloto eo amin'ny akanjo na eo amin'ny rongony fotsy, na eo amin'ny tagnona na fitaovana fanjairana i. ⁵⁷ Lehe vona miboaka amin'ny akanjo hatragny ny maty fotsy, na amin'ny tagnona na amin'ny fitaovana fanjairana, na amin'ny raha aby nto tamin'ny rongony fotsy, de miparitaka Zay. Tsy maintsy mandoro ny raha aby ze nisy ny maty fotsy agnareo. ⁵⁸ Ny lamba na raha vita tamin'ny tagnona na nozairina tamin'ny volon'ondry na raha vita tamin'ny rongony fotsy, na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa--lehe manasa agnareo ko miala ny maty fotsy, de tsy maintsy sasana fagnindroany ny raha, de hadio zay. ⁵⁹ Izay ro lalana momba ny maty fotsy amin'ny akanjo volon'ondry na rongony fotsy majinika, na raha notenonina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy majinika na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa, mba hafahanareo milaza na madio zay na maloto

Chapter 14

¹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy, nanao hoe: ² "Izao ro lalana ho an'ny boka amin'ny andro fagnadiovana anazy. Tsy maintsy ferina agny amin'ny mpisorogna i. ³ Hienga ny toby ny mpisorogna ko hijery ny ona mba hahafantarana azo sitragnina ny aretin-koditsa. ⁴ Sy avy eo de hibeko ny mpisorogna fa ny fahadiovana de tsy maintsy mitondra vorogna velogna roa sdy madio, hazo sedera, kofehy jaky, de hysopa. ⁵ Hibeko anazy mba hamono ny raika amin'ny vorogna eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha ze ao agnaty tavy tanimanga ny mpisorogna. ⁶ Hangalaka ny vorogna velogna sy ny hazo sedera, de ny kofehy jaky sy ny hysopa avy eo ny mpisorogna, de hapitsoboka anireo raha reo, hatramin'ny vorogna velogna, ao amin'ny ran'ny vorogna ze novonoana tamin'ny tao amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha. ⁷ Sy avy eo de hafafin'ny mpisorogna impito amin'ny ona hodiovana amin'ny aretina zay rano zay, de sy avy eo de hitarogn anazy hoe madio ny mpisorogna. sy avy eo koa de hagnafaka ny vorogna velogna ho agny amin'ny saha malalaka ny mpisorogna. ⁸ Ny ona vadio de hanasa ny fitafiany, hagnaratsa ny volony aby, sady hampandro ny tagnany ao agnaty rano, ko de hadio i. Afaran'izay de tsy maintsy hiditsa ao amin'ny toby i, kanefa hiegnina eo ivelan'ny lainy mandritsa hafitoana. ⁹ Amin'ny andro fahafito de tsy maintsy hagnaratsa ny volom-bavany sy ny volo-masonry hiany koa. Tsy maintsy hagnaratsa ny volony aby i, sady tsy maintsy manasa ny fitafiany sy hampandro ny tagnany ao agnaty rano: ko de hadio i. ¹⁰ Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy hangalaka ny zanak'ondry lahy tsa misy kilema roa i, zanak'ondry vavy raika heritaogna tsa misy kilema, sy koba soa toto telo ampahafaolon'ny efaha nafangaro tamin'ny diloilo hatao fagnatitsa hoanina, de diloilo ray loga. ¹¹ Ny mpisorogna ze magnadio anazy de hampitsangagna ny ona hodiovana, miaraka amin'ny raha reo, eo alohan'i Yaveh eo amin'ny fidirana mandeha ao tragno lay fihagnana. ¹² hangalaka raika amin'ny zanak'ondry lahy hatolotsa anizay hatao fagnatitsa nohon'ny heloka, miaraka amin'ny longan-diloilo ny

mpisorogna; hagnevaheva ny fagnatitsa ahevaheva eo agnatrehan'i Yaveh i.¹³ Tsy maintsy hamono ny ondry lahy eo amin'ny toerana ze famonoan-dreo fagnatitsa nohon'ny ota sy fagnatitsa doroana i, ao amin'ny faritsy ny tabernakely, fa an'ny mpisorogna ny fagnatitsa nohon'ny ota, tahaka anizay koa ny fagnatitsa nohon'ny heloka, satria zay ro masina indrindra.¹⁴ Hangalaka amin'ny ràn'ny fagnatitsa nohon'ny heloka ko hametraka anizay eo an-tendron-tsofigna havagnan'ny ona ze hodiovina ny, eo amin'ny ankihiben-tongony havagnana ny mpisorogna.¹⁵ De hangalaka diloilo hatamin'ny loga ny mpisorogna ko handraraka anizay eo amin'ny felan-tagnany havia. De hangalaka ny loga ny mpisorogna ko handraraka anizay eo amin'ny felan-tagnany havia,¹⁶ sady hanjoboka ny ratsan-tagnany havagnana ao agnatin'ny diloilo eo amin'ny tagnany havia, de hamafy impito avy amin'ny diloilo amin'ny ratsan-tagnany eo alohan'i Yaveh.¹⁷ De hagnosotsa ny ambin'ny diloilo teo amin'ny tagnany eo amin'ny tendron-tsofigna havagnan'ny ona hodiovina, ny ankihiben-tagnany ankavagnana, de ny ankihiben-tongony an-kavagnana ny mpisorogna. Tsy maintsy mametraka anizay diloilo zay eo ambanin'ny rà avy hatamin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka i.¹⁸ De ny amin'ny ambin'ny diloilo ze eo antagnan'ny mpisorogna, de hagnosotsa anizay eo amin'ny lohany ona hodiovina i, de ny mpisorogna de hanao fagnavotana ho anazy eo agnatrehan'i Yaveh.¹⁹ avy eo de hanolotsa fagnatitsa nohon'ny ota sy hanao fagnavotana ho anazy ze ho diovina nohon'ny fahalotoany mpisorogna, de afaranizay de hamono ny fagnatitsa doroana i.²⁰ De sy avy eo de hanolotsa ny fagnatitsa doroana sy fagnatitsa hohanina eo ambony alitara ny mpisorogna. hanao fagnavotana ho an'ny ona ny mpisorogna, de hadio i.²¹ Fa zao, lehe mahantra sy tsa managna anireo sorogna reo ny ona, de tokony hangalaka zanak'ondry lahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny heloka mba haevaheva i, mba hanaovana fagnavotana ho an'ny tagnany, sy koba soa toto raika am-pahafolon'ny efaha nafangaro diloilo hatao fagnatitsa hoanina, de diloilo ry logna,²² miaraka amin'ny domoigna roa na zana-borimailala roa, araka ny tratrany; vorogna raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny hafa hatao fagnatitsa doroana. Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy mitondra anireo ho an'ny fagnadiovana²³ anazy eo amin'ny mpisorogna i, eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny tragno lay fihagana, eo agnatrehan'i Yaveh.²⁴ hangalaka zanak'ondry hatao fagnatitsa ny mpisorogna, sady halainy miaraka amizay ny menak'oliva ray loga, de hanadratra anizay ambony ho fanehoana an-dreo amin'ny Yaveh i.²⁵ Hamono ny zanak'ondry ho amin'ny fanatitsa nohon'ny heloka ko hagnisy anizay eo amin'ny tendro-tsofigna havagnana ho diovina, eo amin'ny ankihiben-tagnany ankavagnana, de eo amin'ny ankihiben-tongony an-kavagnana.²⁶ Sy avy eo de handraraka amin'ny diloilo eo am-pelatagnany an-kavia ny mpisorogna,²⁷ de hamafy im-pito amin'ny ratsan-tagnany an-kavagnana amin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany an-kavia eo agnatrehan'i Yaveh i.²⁸ De hagnisy amin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany ny tendron-tsofigna an-kavagnana ny hodiovina ny mpisorogna, ny an-kihibentagnany havagnana, sy ny ankihiben-tongony havagnana, eo amin'ny faritsa nasiany ny ràn'ny fagnatitsa nohon'ny heloka hiany.²⁹ Hasiany ny ambin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany ny lohan'ny hodiovina, mba hanaovana fagnavotana ho an-dreo eo agnatrehan'i Yaveh.³⁰ Tsy maintsy manolotsa raika amin'ny domoigna na ny zana-borimahilala, araka ze izy--³¹ raika fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika fagnatitsa doroana, miaraka amin'ny fagnatitsa voa. Sy avy eo de hanao fagnavotana ho an'ny ho diovina eo agnatrehan'i Yaveh ny mpisorogna.³² Izay ro lalagna ho an'ny ona ze misy areti-koditsa mifindra, ze tsa mahatakatitsa ny fagnatitsa mahazatsa ho an'ny fagnadiovana anazy.³³ Nitarogna tamin'i Mosesy sy tamin'i Arona i Yaveh, nanao hoe: ³⁴ "Lehe avy amin'ny tany Kanana ze nameko ho fanagnanareo agnareo, sady lehe hagnisy maty fotsy ze miparitaka ao amin'ny tragno ao amin'ny tany ze fanagnanareo Aho,³⁵ de tsy maintsy avy mapilaza ny mpisorogna ze tompon'ny tragno. Aoka i hanao hoe: "deko misy raha tahaka ny maty fotsy ao andragno.³⁶ Avy eo de handidy an-dreo ny mpisorogna mba hagnafoagnan-dreo ny tragno mialohan'ny hidirany ao hijery ny maty fotsy, mba tsa hisy na ina na ina ho voaloto ao amin'ny tragno. Afaranizay de tsy maintsy hiditsa ao mba hijery ny tragno ny mpisorogna.³⁷ Tsy maintsy mijery ny maty fotsy i lehe ny amin'ny rindrin'ny tragno zay, sady hijery lehe manopy maintso na manompy mena ny filitehany eo amin'ny rindrin'ny tragno.³⁸ Lehe misy maty fotsy ny tragno, de hienga ny mpisorogna ko hagnidy ny varavarany tragno mandritsa ny hafitoana.³⁹ De hipody ndraika ny mpisorogna amin'ny andro fahafito ko hijery anizay mba hamatarana lehe niparitaka amin'ny rindrin'ny tragno ny maty fotsy.⁴⁰ Lehe izay, de hibeko ny amin'ny hagnalan-dreo ny vato ze nahitana ny maty fotsy ny mpisorogna ko hanipy anireo agny amin'ny toerana maloto ivelan'ny tanàna.⁴¹ Hapikikisany ny rindrina ny tragno, de tsy maintsy harian-dreo agny ivelan'ny tanàna ny kikiny ze mamindra de hariany agny amin'ny toerana maloto zay.⁴² Tsy maintsy mangalaka vato hafa reo sady mametraka ny amin'ny toerany vato ze nalainy, de tsy maintsy mampiasa tanimanga vaovao reo mba handalorana ny tragno.⁴³ Lehe mipody ndraika ny maty fotsy ko mamariparitsa ao amin'ny tragno ze vo avy nisy vato nalaina sy rindrina vo avy nokikisana sady avy napody nolalorana,⁴⁴ de tsy maintsy miditsa ao ny mpisorogna ko mijery ny tragno mba hijery raha niparitaka ao amin'ny tragno ny maty fotsy. Lehe izay, de maty fotsy mampidi-doza zay, de ny tragno de maloto.⁴⁵ Tsy maintsy arodagna ny trango. Ny vato, hazo, de ny lalotsa aby ao amin'ny tragno de tsy maintsy ferina hariana agny amin'ny toerana maloto agny ivelan'ny toerana maloto agny ivelan'ny tanàna.⁴⁶ Akoatsan'izay, na ia na ia miditsa ao amin'ny tragno mandritsa ny fotoagna hikatognany de haloto mandra-paharivan'ny andro.⁴⁷ Ze natory tao amin'ny tragno de tsy maintsy manasa ny fitafiany, de ze nihinana tao amin'ny tragno de tsy maintsy manasa ny fitafiany.⁴⁸ Lehe miditsa ao amin'ny tragno ny mpisorogna ko mijery anizay mba hahafatarana lehe efa niparitaka manerana ny tragno ny maty fotsy tafaran'ny nandoroana ny tragno, sady, lehe niala ny maty fotsy, de hilaza i fa madio ny tragno.⁴⁹ Sy avy eo de hangalaka vorogna roa, sy hazo sedera, sy kofehy jaky de hysopa mba hagnadiovana ny tragno ny mpisorogna.⁵⁰ Ho vonoany eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha ao agnaty siny tanimanga ny raika amin'ny vorogna.⁵¹ Hangalaka ny hazo sedera, ny hysopa, ny kofehy jaky, de ny vorogna velogna i, Ko hanjomboka anizay ao amin'ny ràn'ny vorogna novonoana, ao agnaty rano nalaina

tamin'ny rano mandeha, sady hamafy anizay im-pito ao amin'ny tragno.⁵² Hagnadio ny tragno amin'ny ràny vorogna sy ny rano nalaina tegny amin'ny rano mandeha i, miaraka amin'ny vorogna velogna, ny hazo sedera, ny hysopa, de ny kofehy jaky.⁵³ Kanefa hamela ny vorogna velogna hienga ny tanàna ho agny amin'ny saha midadasika i. Amizay fomba zay ro tsy maintsy hanaovany fagnavotana ho an'ny tragno, ko de hadio zay.⁵⁴ Izay ro lalàna ho an'ny karazana areti-koditsa mifindra aby sy ny raha ze miteraka aretina tahaka anizay, sy ho an'ny hidihidy,⁵⁵ ny amin'ny maty fotsy amin'ny fitafiana sy amin'ny tragno,⁵⁶ ny amin'ny mamontsigna, ny amin'ny mana-pery, de ny amin'ny mifaritsa fotsy mangiragna,⁵⁷ mba hahafatarana lehe misy amireo tranga reo ro maloto na madio. Izay ro lalàna ho an'ny aretin-koditsa mifindra sy maty fotsy. "

Chapter 15

¹ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: ² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de tarogno reo hoe: ' Lehe misy lilihahy mamoka tsiranoka misy otrikaretina hatamin'ny vatany, de maloto i. ³ Ny fahalotoany de vokatsizay tsiranoka zay. Na mitsika ny tsiranoka aminazy na tsa mitsika, de maloto zay. ⁴ Ny fandreny aby handreny de haloto, de ny raha aby ze hipitrahany de maloto. ⁵ Na ia na ia mikasika ny fandreny de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivan'ny andro. ⁶ Ze aby mitoatsa amin'ny raha ze nipitrahany lilihahy mitsika tsiranoka misy aretina, zay ona zay de tokony hanasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivany andro i. ⁷ Ze aby mikiasika ny vatan'ny mitsika tsiranoka misy otrik'aretina de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivany andro. ⁸ Lehe mandrora amin'ny ona ze madio ny ona ze mitsika tsiranoka tahaka anizay, de tsy maintsy manasa ny akanjony zay ona zay sady mandro i. ⁹ Ny lasely aby ze itingenany mitsika de haloto. ¹⁰ Na ia na ia mikasika ny raha ze tao ambanin'ny zay ona zay de haloto mandra-paharivan'ny andro, de ze mitondra anireo raha reo de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro i. ¹¹ Na ia na ia mikasika ny tsiranoka tahaka anizay kanefa tsa nanasa ny tagnany mialoha ao agnaty rano, de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano ny ona voakasika, de haloto mandra-paharivan'ny andro i. ¹² Ny vilagny tany aby ze nokasihany mamoka tsiranoka tahaka anizay de tsy maintsy vakiana, de ny vata hazo aby de tsy maintsy sasana amin'ny rano. ¹³ Sy efa sitragna amin'ny fitsihany i ze mitsika, de tsy maintsy magnisa fito andro amin'ny fagnadiovana anazy i; sy avy eo hanasa ny akanjony i sady hapandro ny vatany amin'ny rano mandeha. De hadio i. ¹⁴ Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy mangalaka vorohimahilala roa na zana-boromailala roa i de magnatogna eo agnatrehany i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana; eo i ro hanolotsa ny vorogna ho an'ny mpisorogna. ¹⁵ Tsy maintsy manolotsa anireo ny mpisorogna, ny raika fagnatitsa nohon'ny fahotana de ny raika hafa fagnatitsa doroana, de tsy maintsy manao fagnavotana ho anazy eo agnatrehany i Yaveh tratsany fitsihany i. ¹⁶ Lehe misy lilihahy mamoka tsirin'aina, de tsy maintsy manasa ny vatany manontolo amin'ny rano i; haloto mandra-paharivany andro i. ¹⁷ Ny fitafiana sy hoditsa aby ze misy tsirin'aina de tsy maintsy sasana amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro zay. ¹⁸ Lehe miara matory ny lilihahy sy ny apela de misy fandifasana tsirinaina ao amin-drakiala vavy, de tsy maintsy mandro amin'ny rano i roa; haloto mandra-paharivan'ny andro reo. ¹⁹ Lehe ny fadim-bolagna ny apela raika, de hitohy mandritsy ny fito andro ny fahalotoany, de na ia na ia mikasika anazy de haloto mandra-paharivany andro. ²⁰ Ny raha aby ze hatoriany mandritsa ny fotoagnany de haloto; ny raha aby ze hipitrahany de haloto hiany koa. ²¹ Na ia na ia mikasika ny fandreny de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; zay ona zay de haloto mandra-paharivany andro. ²² Na ia na ia mikasika ny raha aby ze hipitrahany de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; zay ona zay de haloto mandra-paharivany andro. ²³ Na amin'ny fandreny zay na amin'ny raha aby ze hipitrahany, lehe mikasika anizay i, de haloto mandra-paharivany andro zay ona zay. ²⁴ Lehe miara matory amin'ny lilihahy, de lehe mikiasika an-drilihahy ny tsiranoka ny maloto hataminazy, de haloto mandritsy ny fito andro i. Ny fandrena aby ze hatoriany de haloto. ²⁵ Lehe misy apela mamoka rà mandritsy ny andro maro ze tsa amin'ny fotoagnan'ny fadimbolany, na raha mamoka tsiranoka ivelan'ny fotoagnan'ny fadimbolany i, de ho tahaka ny hoe amin'ny andron'ny fadimbolany i, mandritsa ny andro aby hitsihany falotoany. Maloto i. ²⁶ Ny fandrena aby ze handreny mandritsa ny fandihianany ràny de ho tahaka ny fandrena ze hatoriany mandritsa ny fadimbolany hiany aminazy, de ny raha aby ze hipitrahany de haloto, tahaka ny fahalotoany fadimbolany, ²⁷ Na ia na ia mikasika anireo raha reo de haloto; tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano i, de haloto mandra-paharivany andro i. ²⁸ Fa lehe vadio amin'ny fitsihany i, de hagnisa fito andro ho anazy, de afaran'izay de hadio i. ²⁹ Amin'ny andro vahavalo de hangalaka vorimahilala roa na zanam-boromahilala roa i ho anazy sady hitondra anireo agny amin'ny mpisorogna eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana. ³⁰ Ny mpisorogna de hanolotsa vorogna raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika hafa hatao fagnatitsa doroana, de hanao fagnavotana ho an-dreo eo agnatrehany i Yaveh i nohon'ny fitsihan'ny rà malotony. ³¹ Izay ro fomba tokony hagnasarahanao ny vahoakan'Israely amin'ny fahalotoan-dreo, ko tsa ho maty nohon'ny fahalotoany reo, amin'ny fandottoana ny tabernakely, ze hitoerako eo amin-dreo. ³² Ireo aby ny didy amampitsipika ho an'ize mamoka tsiranoka, ho an'ny lilihahy aby ze mamoka ny tsirinainy sy mandoto ny tegnany, ³³ ho an'ny apela ze ao agnaty fadim-bolagna, ho an'ny ze mamoka tsiranoka aby, na lahy na vavy, de ho an'ny lilihahy aby ze mira-matory amin'ny apela maloto. ' "

Chapter 16

¹ Niresaka tamin'i mozesy i Yaveh --zay de tafarany nahafatesany zanak'i Arona roa lahy, sy efa nandeha nandriny an'i Yaveh reo de maty sy avy eo. ² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mozesy hoe: " Mirisaha amin'i Arona rahalahinao de tarogno i mba tsa ho avy amin'ny fotoanga aby agny amin'ny fitoerana masina indrindra agnaty lamba, eo alohany sarom-pagnavotana ze eo amin'ny fiara. Lehe manao anizay i, de ho maty, satria miboaka eo amin'ny sarom-pagnavotana Aho. ³ Ko izao ro fomba tokony hiavian'i Arona ao amin'ny toerana masina indrindra. Aoka i hiditsa miaraka amin'ny vatots'ômbly lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, de ondry lahy hatao fagnatitsa doroana. ⁴ Tsy maintsy manao akanjo lava masina vita amin'ny lamba rongony fotsy i, de tsy maintsy manao atin'akanjo vita amin'ny rongony fotsy sy hamama rongony fotsy sady tsy maintsy manao fehikibo rognony fotsy sy hamama rongony fotsy. Ireo ro fitafiana masina. Tsy maintsy mapandro ny tegnany amin'ny rano i de sy avy eo mitafy ny akanjo reo. ⁵ Tsy maintsy mangalaka osy lahy roa avy amin'ny fivodrognan'ny vahoakan'Israely i hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny ondry lahy raika hatao fagnatitsa doroana. ⁶ Sy avy eo i Arona de mba hanolotsa ny ômbly lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, zay ho an'ny tegnany sy ny fianakaviany. ⁷ Sy avy eo de hangalaka ny osy lahy roa i sady hametraka anireo eo agnatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana. ⁸ Sy avy eo i Arona de tsy maintsy miloka anireo osy roa, loka raika ho an'i Yaveh, de ny loka raika hafa ho an'i azazela. ⁹ Tsy maintsy manolotsa ny osy eo amin'ny nigitrahany loka ho an'i Yaveh i Arona sy avy eo, sady manolotsa anizay ho fagnatitsa nohon'ny ota. ¹⁰ Fa ny osy ze nigitrahany loka ho an'ny azazela de tsy maintsy ferina velogna eo agnatrehan'i Yaveh, mba hanaovana fagnavotana amin'ny fandifasana anazy tahaka an'i azazela mandeha agny agn'efitsa. ¹¹ Sy avy eo i Arona de tsy maintsy manolotsa ny vatots'omby lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, zay ho an'ny tegnany. Tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny tegnany sy ho an'ny fianakaviany i, ko tsy maintsy mamono ny vatots'omby lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota ho an'ny tegnany i. ¹² Tsy maintsy mangalaka fitondran'afo feno vain'afo hategny amin'ny alitara eo agnatrehan'i Yaveh i Arona, miaraka amin'ny diti-kazo magnitsa majinika ndraika ny tagnana, sady mitondra ny raha reo ao agnatiny efitsa lamba. ¹³ Ao i ro tsy maintsy mametraka ny ditik'azo hatao agnaty afo eo agnatrehan'i Yaveh mba hanarognana ny rakotsa fanaova-pagnavotana eo ambonin'ny didim-pagnikena ny rahogna hatamin'ny diti-kazo. Tsy maintsy manao anizay i mba tsa ho maty. ¹⁴ Avy eo de tsy maintsy mangalaka amin'ny rà'n'ny vantitr'omby lahy i ko hamafy an'izay amin'ny tagnany eo anoloan'ny rakotra fanaovam-pagnavotana. Tsy maintsy mamafy ny sasany amin'ny rà amin'ny ratsan- tanany im-pito eo anatrehan'ny rakotra fanaovam-panavotana i. ¹⁵ De hamono ny osy lahy hatao fagnatitsa tratsan'ny ota ze ho an'ny vahoaka sady hitondra ny ràny ho ao agnatiny efitsa lamba i. Tsy maintsy manao tahaka ny efa nataony tamin'ny rà ro ataony amin'ny rà'n'ny vatots'omby lahy: tsy maintsy mamafy anizay eo amin'ny rakotsa fanaovam-pagnavotana i de avy eo alohan'ny rakotsa fanaovam-pagnavotana. ¹⁶ Tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny toerana masina i nohon'ny asa maloton'ny vahoakan'Israely, sy nohon'ny fikomian-dreo sy ny fahotany aby. Tsy maintsy manao anizay ho an'ny lay fihaognana koa i, ze hitoeran'i Yaveh eo amin-dreo, amin'ny fagnatrehan'ny asa maloton-dreo. ¹⁷ Tsa misy tokony ho ao amin'ny lay fihaognana sy efa miditsa ao amizay mba hanao fagnavotana ao amin'ny toerana masina indrindra ho an'i Arona, de mandra-pahavitany ny fagnavotana ho an'ny tegnany sy ho an'ny fianakaviany, de ho an'i fivondrognan'Israely aby. ¹⁸ Tsy maintsy mienga eo amin'ny alitara ze eo agnatrehan'i Yaveh i sady manao fagnavotana ho an'izay, de tsy maintsy mangalaka amin'ny rà'n'ny vatots'ômbly lahy sy ny amin'ny rà'n'ny osy lahy i de mametraka anizay magnodidigna ny tandroky ny alitara aby. ¹⁹ Tsy maintsy mamafy ny ampahany amin'ny rà eo amizay amin'ny tagnany im-pito i mba hagnadiovana anizay sy hanokagnana anizay ho an'i Yaveh, lavitsa ny asa maloton'ny vahoakan'Israely. ²⁰ Sy efa vitany ny fagnavotana an'ny toerana masina indrindra, ny lay fihaognana, sy ny alitara, de tsy maintsy manolotsa ny osy lahy velogna i. ²¹ Tsy maintsy mametraka ny tagnany eo andohany osy lahy velogna i sady miaiky ny faharatsiana abin'ny vahoakan'Israely, ny fikomian'ny aby, sy ny fahotany aby eo aminazy. Sy avy eo i de tsy maintsy mametraka anizay ota zay eo andohan'ny osy lahy velogna sady mandefa ny osy lahy ho ferin'ny lihilahy ze vonona hitarika ny osy ho agny agn'efitsa. ²² Tsy maintsy ferin'ny osy lahy mandeha agny agn'efitsa ny faharatsian'ny vahoaka aby. Agny agn'efitsa agny, de tsy maintsy hamela ny osy ny lihilahy. ²³ Siateo de tsy maintsy nipody agny amin'ny fihaognana i Arona de nagnala ny reo akanjo rongony fotsy ze nanaovany talohan'ny nandihianany ho ao amin'itoerana masina indrindra, de tsimaintsy mamela ny akanjo reo ao i. ²⁴ Tsy maintsy mampandro ny vatany amin'ny rano agny amitoerana masina i, de manao akanjo tsotra; avy eo de tsy maintsy mienga i de manolotsa ny fagnatitsany doroana sy ny fagnatitsa doroana ho an'ny vahoaka, de amizay fomba zay de hanao fagnavotana ho an'ny tegnany sy ho an'ny vahoaka. ²⁵ Tsy maintsy mandoro ny sabora amin'ny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny alitara i. ²⁶ Ze nandefa ny azazela de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandoro amin'ny rano; afaran'izay, de mipody agny amin'ny toby i. ²⁷ Ny vantots'omby lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota sy ny osy lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, ze no ferina nanaovana fagnavotana tagny amin'ny toerana masina ny ràny, de tsy maintsy ferina agn'ivelany toby. Agny reo ro tsy maintsy mandoro ny hodiny; ny nofony, sy ny tain-drrohany. ²⁸ Ny lihilahy ze mandoro ny fagnatitsa de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mampandro ny tegnany amin'ny rano; afaran'izay, de hipody agny amin'ny toby i. ²⁹ Ho lalàna mandrakizay ho anareo amin'ny volana faha-fito, amin'ny andro fahafolon'ny volana zany, aoka agnareo, na ny tompon-tany na ny vahiny ze miaina eo aminareo hanetri-tena sy tsy hiasa. ³⁰ Zay de satria amin'izay andro zay ny fanavotana de ho atao ho anareo, mba hanadiovana anareo amin'ny fahotanareo aby mba hadio eo anatrehan'i Yaveh agnareo. ³¹ Ho sabata fitsaharana magnetriketrika ho anareo izay, ary tsy maintsy manetri-tena sady tsa miasa agnareo. Ho lalàna mandrakizay eo aminareo izany. ³² Ny mpisorognabe, ze ho hosorana sy ho tondroana ho mpisorombe eo amin'ny toeran'ny rainy, de tsy maintsy manao izay fagnavotana izay ireo akanjo rongony fotsy, izay de,

ny akanjo masina.³³ Tsy maintsy manao fagnavotana ho any toerana masina indrindra i; tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny fihaognana sy ho an'ny alitara i, sady tsy maintsy fagnavotana ho an'ireo mpisorogna sy ny vahoaka aby ao amin'ny fivondrognana i.³⁴ Ho lalàna ho anareo mandrakizay izany, mba hanaovana fagnavotana ho an'ny vaoakan'Israely nohon'ny otany aby, indraka isan-taona." Vita araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesyizany.

Chapter 17

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ² " Mitarogna amin'i Arona sy ny zanany lahy, sy amin'ny vahoakan'Israely aby. Tarogno an-dreo ny nandidian'i Yaveh: ³ 'Ny lihilahy ao Israely ze mamono ômbry, zanak'ondry, na osy ao amin'ny toby na mamono ianizay ivelan'ny toby, mba hanao sorogna izay_ ⁴ ko lehe tsa mitondra an'izay amin'ny fidirana amin'ny trano-lay fihaognana mba hagnatitsa an'izay ho sorona ho an'i Yaveh eo alohan'ny tabernakeliny i, de ho meloka amin'ny fandatsaha-drà zay lihilahy zay. Nandatsan-drà i, de tsy maintsy alaina eo amin'ny vahoakany zay lihilahy zay. ⁵ Ny anton'izay didy zay de mba hitondran'ny vahoakan'Israely ny sorognan-dreo amin'i Yaveh eo amin'ny tragno-lay fihaognana, mba hatolotsy ny pisorogna hatao fgnati-pihavagnana ho an'i Yaveh, fa tsa hagnatitsa sorogna ao amin'ny saha malalaka. ⁶ Hamafy rà eo amin'ny fidirana ao amin'ny tragno-lay fihaognana ny pisorogna; handoro ny sabora ho an'izay i mba hagnome hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh. ⁷ Aoka tsa hagnatitsa ny soron-dreo amin'ny sampy osy koa ny vahoaka, fa tamin'izay ro nanaovan-dreo fijangajangana. Ho lalàna maharitsa eo amin-dreo hatramin'ny taranaka fara-mandimbyny zay.' ⁸ Aoka agnao hitarogna amin-dreo hoe: ' Na ia na ia lihilahy eo amin'ny Israely, na vahiny ze mitoatsa amin-dreo, magnatitsa fagnatitsa ho doroana na sorogna ⁹ ko tsa mitondra anizay eo amin'ny fidirana ao amin'ny tragno lay fihaognana mba hanao sorogna zay ho an'i Yaveh, de aoka halaina eo amin'ny vahoaka zay lihilahy zay. ¹⁰ he misy ona amin'ny ankohognan'Israely, na misy vahiny ze mitoatsa eo amin-dreomihinana rà, de hagnandrigna ny tavako hanohitsa anizay ona zay Aho sady hagnongotsa anizay ona zay eo amin'ny vahoakan'ny Aho. Fa ao amin'ny ràny ny ain'ny biby ¹¹ Nameko anao ny ràny mba hapisy fagnavotana eo amin'ny alitara ho aignareo, satria ny rà ro manohitsa ny aigna. ¹² Sy zay de nitarogna tamin'ny vahoakan'Israely Aho mba tsa hisy hihinana rà eo aminareo, na misy hihinana rà ze vahiny mitoatsa eo aminareo. ¹³ Na ia na ia amin'ny vahoakan'Israely, na ze vahiny mitoatsa eo amin-dreo, ze mihiaza sy mamono biby na vorogna ze azo hoanina, de handraraka ny ràny izay de hanototsa ny tany ny rà ¹⁴ Fa ao amin'ny ràny ny ainy zava-boary aby. Zay ro nilazako tamin'ny vahokan'Israely hoe: Aoka agnareo tsa hihinana ny ràny zava-boary, satria ao amin'ny ràny ny ainy raha managn'aigna aby. Na ia na ia mihinana anizay de aoaka ho roahina. " ¹⁵ Ny ona tsira-draika ze mihinana biby efa maty na voaviraviran'ny bibi-dia, na tera-tany na vahiny ny ona mitoatsa eo aminareo, de aoka i hanasa ny akanjony sady hapandro tagnany amin'ny rano, de haloto i mandra-paharivany andro. de hadio i sy avy eo. ¹⁶ Fa lehe tsa manasa ny akanjony na mapandro ny vatany i, de aoka i hijery ny helony.' "

Chapter 18

¹ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao reo hoe: 'Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo. ³ Aza manao ny raha ataon'ny vahoaka agny Egypta, ze nonegnanareo teo aloha. Aza manao zay raha ataon'ny vahoaka ao Kanana, ny tany ze hitondrako ao Aza magnaraka ny fomban-dreo. ⁴ y lalàko ro aoka hataonareo, de ny didiko ro aoka ho tandremanareo, mba handihiananareo eo amin-dreo, Satria Aho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁵ Ko noho zay de tandremo ny didy aman-dalàko. lehe misy ona mankatò anireo, de ho velogna noho reo i. Iaho ro Yaveh. ⁶ Aoka mba tsa hisy ona hiara-matory amizay ona ze mifandray mariny aminazy. Iaho ro Yaveh. ⁷ Aza magnala baraka ny rainareo amin'ny fatoriana miaraka amin'ny reninareo. Reninareo i! ⁸ Aza magnala baraka anazy. Aza miara matory amireo vadin-drainareo; aoka agnareo tsa hagnala baraka ny rainareo tahak'izay. ⁹ Aza miara-matory amize anabavinareo, na zanaka vavin'ny rainareo i na zanaka vavin'ny reninareo, neko de natsangagna tao amin'ny tragnonareo na lavitsa anareo aza i. Aza miara-matory amin'ny anabavinareo. Aza miara-matory amin'ny anabavinareo. ¹⁰ Aza miara- matory amin'ny zanaka vavin'ny zanakareo lahy na amin'ny zanaka lahin'ny zanakareo vavy. Fa ho hegnatsa ho anareo hiany zay. ¹¹ Aza miara-matory amin'ny zanaka vavin'ny vadin-drainareo, ze nateraky ny rainareo. Anabavinareo i, de aoka agnareo tsa hiara matory amin'azy. ¹² Aza miara matory amin'ny anabavin-drainareo. Havana mariny ny rainareo i. ¹³ Aza miara-matory amin'ny rahavavin-dreninareo. Havagna mariny ny reninareo i. ¹⁴ Aza magnala baraka ny rahalahin-drainareo amin'ny fiarahana matory amin'nyvadin'ny. Aza mandriny anazy amizay tanjogna zay; nenitoanareo i. ¹⁵ Aza miara-matory amin'ny vinanto vavinareo. Vadin-janakareo i; aza miara-matory aminazy. ¹⁶ Aza miara-matory amin'ny vadin-drahalahinareo; aza manala baraka anazy amn'izay fomba zay. ¹⁷ Aza miara-matory amin'ny apela iraka sy ny zanany, na amin'ny zanaka vavin'ny zanany lahy na amin'ny zanaka vavin'ny zanany vavy. Havana mariny anazy reo, de faharatsiana ny fiaraha-matory amin-dreo. ¹⁸ Aoka agnareo tsy hanam-bady ny rahavavin-badinareo ho vady faharoa de hiara-hatory aminy lehe vo velogna ny vadinareo voalohany. ¹⁹ Aza miara-matory amin'ny apela mandritsy ny fadimbolany. Maloto i mandritsin'ny fotoagaaay. ²⁰ Aza miara-matory amin'ny vadin'ny mpiray vody rindrigna aminareo ko handoto ny tagnanareo miaraka aminy amin'izay fomba anizay. ²¹ Aoka agnareo tsy hagnome ny zanakareo ho atao eo ami'ny afo, fa manao sorogna anazy ny ho an'i Moloka agnareo amin'izay, satria tsy mahazo maniratsira ny anaran'Andriamanitra agnareo. Iaho ro Yaveh. ²² Aza miara-matory amin'ny lihilahy hafa toy ny miaraka amin'ny apela. Ratsy zao. ²³ Aza miara-matory amin'ny biby sy mandoto ny tagnanareo miaraka amin'izay. Aoka tsy hisy apela hihevitra fiaraha-matory amin'ny biby. Fahavetavetana izany. ²⁴ Aza mandoto ny tagnanareo amin'ireo fomba reo,

fa tamin'ireo fomba rehetra ireo no nampahaloto anireo firenena , ny firenena ze ho roahiko eo agnatrehanao .²⁵ Voaloto ny tany , ko nosaziako ny fahotan-dreo , de nandoa reo mponiny ny tany .²⁶ Noho izay, agnareo, de aoka hitandrigna ny didiko sy ny fitsipiko, de aoka agnareo tsa hanao an'ireo zava-mahatsiravina reo, na ny tera-tany Israelita zay na ny vahiny ze monigna eo aminareo.²⁷ Fa zay ro faharatsiana efa nataon'ny poniny tany, reo ze nitoatsa teto talohanareo, de voaloto ny tany amizao.²⁸ fa mitandrema mba tsa hoaloany tanyhiany koa agnareo afarany nandotoanareo anazy, tahaka ny nandoavan'ny vahoaka anizay teo alohanareo.²⁹ Na ia na ia manao anireo raha mahakamokamo reo , ny ona ze manao anizay de alaina tsa ho eo amin'ny vahoakan-dreo.³⁰ Noho izay de tandremo ny didiko mba tsa hanao ny fomba mahakamo ze natao teto talohanareo reo, ko tsa handotoanareo ny tegnanareo amin-dreo. Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo.' "

Chapter 19

¹ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, ko nanao oe: ² "Mirisaha amin'ny fiangonan'ny vahoakan'Israely abiaby de tarogno an-dreo hoe: 'Masina agnareo, fa Iaho Yaveh Andriamagnitsareo de masina. ³ Aoka ny tsiraidraika hagnaja ny reniny sy ny rainy, de tandremo ny sabatako, Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁴ Aza mihodigna mandeha agny amin'ny sampinareo raha-foagna, na manao Andriamagnitsa vy ho anareo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁵ Lehe magnatitsa sorogna fagnati-pihavagnana amin'i Yaveh agnareo, aoka agnareo hagnatitsa anizay mba ho ekena . ⁶ Aoka ho hoanina amin'ny andro hagnaterana anazy zay, na amin'nigny apitson'igny. ⁷ Lehe misy raha tsa lany mandra-piavian'ny andro fahatelo, de aoka hodoroana zay. maloto zay lehe vona hoanina amin'ny andro fahatelo. Aoka tsa ho ekena zay, ⁸ fa ny tsiraidraika ze mihinana anizay de hitondra ny helony satria efa nagnala baraka ze raha-masin'i Yaveh i. Aoka halaina eo amin'ny vahoakany zay ona zay. ⁹ Lehe mijinja ny vokatsy ny taninareo agnareo, de aoka agnareo tsa hila tanteraka ny zorony sahanareo, na hagnangogna aby ny vokatsareo. ¹⁰ Aoka agnareo tsa hagnangogna aby ny voaloboka amin'ny tanim-boalobokareo, na hamory ny voaloboka ze mitrotraka amin'ny tany eo amin'ny tanim-boalobokareo. Aoka havelanareo reo ho an'ny mahantra sy ny vahiny. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ¹¹ Aza mangalatsa. Aza mandenga. Aza mifamitaka. ¹² Aza mianiana lenga amin'ny agnarako na maniratsira ny agnaran'ny Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh. ¹³ Aza mampahory ny mpiara-monigna aminareo na mandroba anazy. Aoka tsa hiegnina miaraka aminareo amin'ny aligna manontolo ko zizika amin'ny maraigina ny karaman;ny mpikarama. ¹⁴ Aza magnozogna ny maregnina na mametraka zsakagna mamingagna eo alohan'ny jamba. Fa zao, aoka agnareo hatahotsa A ndriamagnitsareo.Iaho ro Yaveh. ¹⁵ Aza disoana ny fitsarana. Aza mijery tavan'olo satria mahantra i, de aza mijery tavan'olo satria ambony i. Fa zao, tsarao araka ny fahamarinany ny mpiara mpnogna aminareo. ¹⁶ Aza mivezivezy magnaparitaka fosafosa eo amin'ny vahoakanareo, fa tadiavo ze hiarovanareo ny ain'ny piara mitoatsa aminareo. Iaho ro Yaveh ¹⁷ Aza mankahala ny rahalahinareo amin'ny fonareo. Aoka agnareo hitarogna mafy an-kitsipo ny piray monigna aminareo mba tsa hifampizaranareo ota noho ny aminazy. ¹⁸ Aza mamaly faty mitagna lolopo amin'ny vahoakanareo, fa zao tiavo ny namareo tahaka ny tegnanareo. Iaho ro Yaveh. ¹⁹ Tandremo ny didiko. Aza magnandragna magnaraka ny bibinareo amin'ny karazambiby hafa. Aza mapifangaro karazanana voa samy hafa lehe mamboly amin'ny tanimboly. Aza mitondra akanjo natao tamin'ny akora roa karazany ze napifangaroana. ²⁰ Na ia na ia miara-matory amin'ny andevo vavy ze voafofoho ho vady, nefa tsa novidia-pagnavotana na namena ny fahafahana, de aoka reo ho saiziana. Aoka tsa ho vonoana reo satria tsa ona afaka i. ²¹ Aoka hitondra ny fagnatitsa nohon'ny heloka ho an'i Yaveh eo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaognana ny lihilahy raika _ondry lahy raika fagnatitsa tratsany heloka. ²² De hanao fagnavotana ho anazy ny pisorogna miaraka amin'ny ondry lahy hatao fagnatitsa nohon'ny heloka eo alohan'i Yaveh, nohon'ny ota ze nataony. Ko de ho voavela ny fahotana vitany ²³ Lehe avy eo amin'ny tany agnareo de mamboly ny karazan-kazo fihinam-boa , de aoka agnareo hamela ny voa ze vokarin-dreo mba ho voarara tsa ho hanina. Aoka ho voarara ny voa ho anareo mandritsa ny telo taogna. Aoka tsa ho hoanina zay. ²⁴ Fa amin'ny taogna fahefatsa de ho masina aby ny voa, ho fagnati-piderana ho an'i Yaveh . ²⁵ Amin'ny taogna fahadimy de afaka ny hihinana ny voa agnareo, satria niandry anareo mba hafahan'ny hazo mamokatsa betsaka. Iaho ro Yaveh. ²⁶ Aza mihinana hena lehe vona misy rà zay. Aza magnotany ny fagnahy momban'ny ho avy, de aza mikatsaka ny hifehy ny hafa amin'ny hery mihoatsa ny natoraly. ²⁷ Aza magnaraka ny fahazarany panompo sampy tahaka ny fagnaratana ny sisiny lohanareo na magnongotsa ny sisiny volom-bavanareo. ²⁸ aza mandidy ny vatanareo ho an'ny maty na magnisy marika tombokavatsa amin'ny tegnanareo. Iaho ro Yaveh. ²⁹ Aza magnalabaraka ny zanakareo vavy amin'ny fanaovana anazy ho pijangajanga, fa ho lavo amin'ny fijangajangana firenena de ho feno fajharatsiana ny tany. ³⁰ Aoka agnareo hitandrigna ny sabatako de hagnome voninahitsa ny fitoerana masin'ny tabernakeliko. Iaho ro Yaveh. ³¹ Aza mihodigna agny amin'ny ze miresaka amin'ny maty na amin'ny fagnahy. Aza mitadia an-dreo, fa lehe tsa zay handoto anareo reo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ³² Aoka agnareo hitsangagna eo alohany ona fotsy volo de hagnome voninahitsa ny ona antintsy. Aoka agnareo hatahotsa ny Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh. ³³ Lehe misy vahiny mitoatsa ao aminareo eo amin'ny taninareo, de aoka agnareo tsa hanao ratsy anazy. ³⁴ Aoka ho tahaka ny tera-tany Israelita mitoatsa eo aminareo ny vahiny ze mitoatsa miaraka aminareo, de aoka ho tiavinareo tahaka ny tegnanareo i, satria efa mba vahiny hiany agnareo tagny amin'ny tany egypta.Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ³⁵ Aza mapiasa fandrifesana diso lehe mandrefy halavana, lanja, na habitsahana. ³⁶ Aoka agnareo hapiasa mozàgna marina, vato mozàgna marina, efaha marina, de hina marina. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo nienga ny tany egypta. ³⁷ Akatoavo aby ny didiko sy ny lalàko, de ataovo reo. Iaho ro Yaveh.' "

Chapter 20

¹ Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe: ² "Tarogno amin'ny zanak'Israely hoe: 'Ze aby eo amin'ny zanak'Israely, na vahiny ze mitoatsa agny Israely ko manolotsa ny zanany amin'i Maloka, de aoka ho maty. Aoka hitora-bato anazy ny ona ny tany. ³ Hapifagnandrigna ny tavako amizay ona zay hiany koa Aho sady ho fongoriko eo amin'ny onan'ny i satria efa natolony an'i Maloka ny zanany, mba handotoana ny toerako masina sy hagnaratsiana ny Agnarako masina. ⁴ Lehe magnipy ny masony amizay ona zay ny onan'ny tany sy efa nanolotsa ny zanany amin'i Maloka, lehe tsa mamono anazy reo, ⁵ de Aho mihintsy ro hapifagnandrigna ny tavako amizay ona zay sy ny fokony, de hofongoriko i sy ny hafa aby ze mivarotsa amin'ny tagnany mba hijangajangana miaraka amin'i Maloka. ⁶ Ny ona ze mitodika amin'ny ona ze miresaka amin'ny ona maty, na reo ze miresaka amin'ny fagnahy mba hivarotsa ny tagnany amin-dreo, de hagnandrigna ny tavako amizay ona zay Aho; ho fongoriko eo amin'ny olony i. ⁷ Noho zay de hamafiso ny tagnanareo de aoka ho masina, satria Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁸ Aoka hitandrigna ny didiko agnareo de hagnaraka anireo. Fa Iaho ro Yaveh ze nanokagna anareo ho masina. ⁹ Aoka ho maty tokoa ze aby magnozogna ny rainy na ny reniny. Efa magnozogna ny rainy sy ny reniny i, ko meloka sady mendrika ny ho maty. ¹⁰ Ny lohilahy ze magnitsakitsa-bady amin'ny vadin'olo-kafa, zany hoe, ze mijangajanga amin'ny sakaizam-badiny__aoka ny mpijangajanga sy ny nijangajanga samy ho maty tokoa. ¹¹ Ny lihilahy ze miara-matory amin'ny vadin-drainy mba hatory aminazy de efa nagnala baraka ny rainy. Aoka ho maty tokoa ny zanaka lahy sy ny vadin'ny rainy. Meloka reo sady mendrika ny ho maty. ¹² Lehe misy lihilahy miara-matory amin'ny vinanto vaviny, de aoka samy ho maty tokoa i roa. Efa nanao fahavetavetana reo. Meloka eo sady mendrika ny ho maty. ¹³ he misy lihilahy miara-matory amin'ny lihilahy hafa, tahaka ny miaraka amin'ny apela, de samy efa nanao raha mahafandriandrigna reo. Aoka ho maty toa reo. Meloka reo sady mendrika ny ho maty. ¹⁴ Lehe misy lihilahy manambady apela sady manambady ny reniny hiany koa, de faharatsiana zay, mba tsa hisy faharatsiana eo aminareo. ¹⁵ Lehe misy ona miara-matory amin'ny biby, de aoka ho maty tokoa i, ary aoka agnareo hamono ny biby. ¹⁶ Lehe misy apela magnatogna biby mba hiara matory aminazy, de aoka hamono ny apela sy ny biby agnareo. aoka ho maty tokoa reo. Meloka sy mendrika ho maty reo. ¹⁷ Lehe misy lihilahy miara-matory amin'ny anabaviny, na amin'ny zanaka vavin'ny rainy na zanaka vavin'ny reniny__lehe miara-matory aminazy de miaraka aminazy, de raha mahamegnatsa zay. Aoka ho fongorana eo amin'ny fagnatrehan'ny olony reo, satria niara natory tamin'ny anabaviny. De hibaby ny helony i. ¹⁸ Lehe misy lihilahy miara matory amin'ny apela mandritsa ny fadimbolany de efa niara natory taminazy, de efa nanoro ny ny fikoriagnany ra taminazy, ny nipoiran'ny rany i. De aoka samy hofongorana tsa ho eo amin'ny olony i roa. ¹⁹ Aoka tsa hiara-matory amin'ny rahavavin-dreninao agnao, na amin'ny anabavin-drainao, satria hagnala baraka ny havanao mariny anao agnao. ²⁰ Lehe misy lihilahy raika miara-matory amin'ny nenitoany, de hagnala baraka ny dadatoany i. Sy efa maty reo, de samy ho saziako, sady sy efa maty reo, de halaiko ny lovan'ny zana-dreo ze mety ho hazany hatamin'ny ray aman-dreniny. ²¹ Lehe misy lihilahy manam-bady ny vadin-drahalahiny lehe vona velogna ny rahalahiny, de fahafaham-baraka zay. Efa nagnala baraka ny rahalahiny i, de halaiko amin'ny zanany ny fabagnanaaby mety efa nolovan-dreo hatamin'ny ray aman-dreniny. ²² Koa aoka agnareo hitandrigna ny didy aman-dalako aby; aoka hankato anizay agnareo mba tsa handoa anareo tagny ze hitondrako anareo mba hitoeranareo. ²³ Aoka tsa handeha amin'ny fomban'ny firenena ze ho roahiko tsa ho eo alohanareo agnareo, satria efa nanao ze raha aby zay reo, de halako reo ²⁴ Hoy Aho aminareo hoe: "Handova ny tanin-dreo agnareo; hagnome anareo anizay ho fanagnanareo Aho, tany todra-dronono sy ny tantely. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze efa nagnavaka anreo tamin'ny olo hafa. ²⁵ Noho izay de aoka agnareo hagnavaka ny biby madio sy ny maloto, ny vorogna kitika maloto sy ny madio. Aoka agnareo tsa handoto ny tagnanareo amin'ny biby maloto na ny vorogna mitsidigna na amin'ny raha managn'aigna aby ze mandady amin'ny tany, ze efa navako ho maloto taminareo. ²⁶ Aoka ho masina agnareo, fa Iaho,Yaveh, de masina, sady efa nagnavaka anareo tamin'ny olon-kafa aho, satria Anahy agnareo. ²⁷ aoka ho maty tokoa ny lihilahy na ny apela ze miresaka amin'ny fagnahy. Aoka hitora-bato anazy ny ona. Meloka i sady mendrika ny ho maty." "

Chapter 21

¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy: "Mirisaha amin'ny mpisorogna, ny zanaka lahin'i Arona, de lazao reo hoe: 'Aoka tsa hisy neko raika aminareo ko handoto ny tagnany ho nohon'ny amin'ny ze maty eo amin'ny olony, ² afa-tsy ny havany mariny anazy--ny reniny, ny rainy, ny zanany lahy, ny zanany vavy, ny rahahany, ³ na ny anabaviny virijiny ze miantehitsa amin'ny, ambara-panagnany vady__fa mety handoto ny tagnany nohon'ny aminazy i. ⁴ Saingy aoka tsa handoto ny tagnany amin'ny olon-kafa i ko handoto ny tagnany. ⁵ Aoka ny pisorogna tsa hagnaratsa ny lohany na hagnaratsa ny sisin'ny volom-bavany, na hanetika ny tagnany. ⁶ Aoka ho masina amin'ny Andriamaniny, satria ny pisorogna romagnome ny fagnatitsa hohanina ho an'i Yaveh, ny mofon'ny Andriamagnitsan-dreo. Noho zay aoka ho masina ny mpisorogna. ⁷ Aoka reo tsa hanambady ny apela ze mivaro-tegna sy maloto, de aoka tsa hanambady apela nisara-bady reo, satria reo de voatokagna ho an'Andriamagnin-dreo. ⁸ Hatokanareo i, satria i ny manolatsa mofa ho an'Andriamagnitsareo. Aoka ho masina amin'areo i,satria Aho, Yaveh ze magnamasina anareo, de masina. ⁹ Ny zanaka vavin'ny pisorogna ze mandoto ny tagnany amin'ny fahasalamana ho mpivaro-tegna manalabaraka ny rainy. De aoka ho dorana izy. ¹⁰ Ze mpisoronabe eo amin'ireo rahalahiny, ze efa nandarahana diloilo fagnosorana teo amin'ny lohany, de ze efa nohamasinina hitafy ny akanjo voatokagna ho an'ny mpisoronabe, de aoka tsa hampisarakorako ny volony ny handrovitsa ny akanjony. ¹¹ Aoka

tsa handeha egny amin'ny ze misy fatin'ona i ko handoto ny tagnany, na ny rainy na ny reniny aza. ¹² Aoka ny mpisoronabe tsa handao ny faritry ny fitoerana masin'ny tabernakely na hanimbazimba ny fitoerana masin'ny andriamaniny, satria efa nohamasinina ho mpisorognabe tamin'ny alalan'ny fagnosorana ny diloilon'ny Andriamaniny i. Iaho ro Yaveh. ¹³ Aoka ny pisorognabe hangalaka vady virjiny. ¹⁴ Aoka i tsa hanambady pitondraty, apela nisara-bady, na apela mpivaro-tegna. Tsa hanambady anize karazan'apela zay i. Virjiny avy amin'ny olony hiany ro azony vadiany, ¹⁵ ko tsa handooany ny zanany eo amin'ny vahoakany, satria Iaho ro Yaveh, ny magnamasina azy. " ¹⁶ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: ¹⁷ "Mirisah amin'i Arona de tarogno anazy hoe: 'Ze aby managna kilema ara-batagna amin'ny taranakareo sy ny fara mandimbin-dreo, de aoka i tsa hagnatogna ko hanolok'anina ho an'ny Andriamaniny. ¹⁸ Aoka tsa hagnatogna an'i Yaveh ny ona aby ze managna kilema ara-batagna, tahaka ny ona jamba na ona tsa afaka mandeha, ze simba tarehy na sembagna, ¹⁹ ny onany ze manan-takaita ny tagnany na ny tongotsa, ²⁰ ny ona ze misy vovoka ao andamosiny na kazaotina na fohy, na ona misy takaita ny masony, na misy aretina, na areti-maso, lagaly, na ze vihy torotoro. ²¹ Tsa misy ona eo amin'ny taranak'i Arona pisorogna managna kilema ara-badagnako mandriny mba hagnatateraka ny fagnatitsa ao amin'ny afo ho an'i Yaveh, Ny ona managna kilema ara-batagna tahaka anizay; de aoka i tsa handriny ko hanolotsa mofo ho an'Andriamaniny. ²² Afaka mihinagna ny haninan'ny Andriamaniny i, na ny sasany amin-dreo masina indrindra na sasany amin-dreo masina. ²³ Na de zay aza, aoka tsa hiditsa agnaty lamba fagnakonana na handriny ny alitara i, satria manan-kilema ara-batana i, mba tsa mandoto ny toerako masina, satria iaho ro Yaveh, ze manamasina reo. " ²⁴ Ko noresahin'i Mosesy tamin'i Arona aby ny teny reo, tamin-dreo zanaka lahiny, sy reo zanak'Israely aby.

Chapter 22

¹ Hoy i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: ² " Miresaha amin'i Arona sy reo zanany lahy, tarogno reo mba hitandrigna ny raha masin-dreo zanak'Israely, fa voatokana ho anaha reo. Aoka tsa hanimbazimba ny Agnarako masina reo. Iaho ro Yaveh. ³ Tarogno anazy reo hoe: ' Lehe misy amireo taranakareo amin'ny fara aman-dimbinareo mandriny ny raha masina ze efa voatokan'ny zanak'Israely ho an'i Yaveh, kanefa maloto i, de aoka ho fongorina eo agnatrehako zay ona zay: Iaho ro Yaveh ⁴ Tsy misy amin-dreo taranak'i Arona ze managna aretik'oditsa mifindra, na aretina mikoriana amin'ny ràny tsy an-kijanona avy any amin'ny vatany , ko afaka hihinagna ny sorogna natao ho an'i Yaveh ambaram-pahadio anazy. Ze mikasika ny raha maloto na mifandray amin'ny maty, na amin'ny fifandraisana amin'ny lilihahy ze mandeha tsirinaina tsy ankijanona, ⁵ na ny mikasika ny biby mikisaka ze mampaloto anazy, na karazana loto ina zay na ina_ ⁶ ko ny mpisorogna ze mikasika ny raha maloto aby de haloto mandrapaharivan'ny andro. Aoka tsy hihinagna ny amin-reo raha masina aby i , lehe tsa efa nampandro ny tagnany tamin'ny rano. ⁷ Sy efa miletika ny masoandro de hadio i. Afaran'ny filitehan'ny masoandro i ro afaka hihinana amin'ny raha masina, satria sakafony reo. ⁸ Aoka i tsa hihinana ny raha tsa hitany maty na novonoan'ny bibi-dia ze handotoany ny tagnany. Iaho ro Yaveh . ⁹ Aoka ny mpisorogna hagnaraka ny fampianarako, fa nge ho meloka amin'ny ota reo ko ho maty amin'ny fanimbazimbana Anahy. Iaho ro Yaveh ze magnamasina anireo ¹⁰ a misy ona ivelan'ny fianakavian'ny mpisorogna, anisan'izay ny vahin'ny mpisorogna na ny mpanompo mpikarama, afaka hihinana ny raha masina aby. ¹¹ Kanefa lehe mividy amin'ny volan'ny manokagna ny mpisorogna, ze andevo ze afaka ny hihinana amireo raha ze voatokagna ho an'i Yaveh. Ny fikambagnan'ny fianakavian'ny mpisorogna sy ny andevo teraka tao an-dragnony, reo hiany koa de afaka hihinana ny raha reo miaraka aminazy. ¹² Lehe ny zanaka vavin'ny mpisorogna ro manambady ona tsa mpisorogna, de tsa afaka ny hihinana amireo anjara fagnatitsa masina i. ¹³ Fa lehe mpitondra tegna ny zanaky ny mpisorogna, na nisara-bady, sady lehe tsa manambady i, ko mipody mitoatsa amin'ny tragnon-drainy tahaka ny tamin'ny fahazazany, de afaka ny hihinana ny hanin-drainy. Fa tsa misy ona ze tsa ao agnatin'ny fianakavian'ny mpisorogna afaka ny hihinana amin'ny hanin'ny mpisorogna. ¹⁴ Lehe misy ona mihinana tsy nahy ny hanina masina, de aoka i hanohitsa anizay amin'ny mpisorogna; aoka i hagnampy raika am-pahadimin'ny sady hagnapody anizay agny amin'ny mpisorogna. ¹⁵ Aoka ny zanak'Israely tsa hametaveta ny raha masina ze efa nasandratsa ambony sy natolotsa ho an'i Yaveh, ¹⁶ sady tsa hampitondra ny tagnan-dreo ny fahotana ze magnameloka an-dreo amin'ny fihinana ny hanina masina, fa iaho ro Yaveh ze magnamasina anireo. ¹⁷ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: ¹⁸ "Mirisaha amin'ny Arona sy ny zanany lahy, de amin'ny zanak'Israely aby. Tarogno an-dreo hoe: 'Ny Israelita aby , na vahiny mitoatsa ao Israely, sy efa manolotsa sorogna reo_ na hagnatanteraka voady zay, na fagnatitsa antsitraro, na hatolotsan-dreo amin'i Yaveh ny fagnatitsa doroana, ¹⁹ lehe ankasitrahana zay , de aoka reo hanolotsa biby fiompy lahy tsa misy kilema, ondry, na osy. ²⁰ Nefa aoka agnareo tsa hanolotsa ze mana-kilema. Tsa hankasitra ze aminareo Aho. ²¹ Ze aby manolotsa ny fagnati-pihavagna hatamin'ny ômbry na ondry ho an'i Yaveh mba hagnatanterahana voady, na fagnatitsa antsitra-po, de tsa tokony ho kilemaina zay mba ho ankasitrahana. Aoka tsa hisy biby manan-kilema. ²² Aoka tsa hanolotsa biby jamba, sembagna, na kilema, na ze misy fahabokana, marary, na ferena agnareo. Aoka tsa hanolotsa anireo ho amin'i Yaveh ho sorogna avy hatamin'ny afo eo amin'ny alitara agnareo. ²³ Afaka amanolotsa ômbry raika na zanak'ondry ze sampogna na kely hatao fagnatitsa antsitraro agnareo, nefa ny fagnatitsa tahaka anizay de tsa ho ankasitrahana ho voady ²⁴ a manolotsa biby voatorotoro, potika, rovidrovitsa, na vosotsa ho an'i Yaveh. Aza manao anizay ao amin'ny taninareo. ²⁵ Aoka agnareo tsa hanolotsa ny mofon'ny Andriamagnitsareo hatamin'ny tagnany vahiny. Reo biby reo de sapogna sady kilema , tsa ho ankasitrahana ho anareo. " ²⁶ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh de nanao hoe: ²⁷ "Sy efa teraka ny omby na ny ondry na ny osy, de tsy maintsy miegnina hafitoana

miaraka amin'ny reniny zay. De manomboka amin'ny andro fahavalo, de azo ankasitrahana ho fagnatitsa natao amin'ny afo ho an'i Yaveh zay.²⁸ Aza mamono omby vavy na ondry vavy miaraka amin'ny zanany, ao agnatin'ny ndraik'andro.²⁹ Sy efa manao fagnati-pisaorana ho an'i Yaveh agnareo, de aoka hanao sorogna ze amin'ny fomba azo ikena.³⁰ Aoka hohanina amin'ny andro nanaovana sorogna anazy zay. Aoka tsa hisy avelanareo ho tra-maraingna zay. Iaho ro Yaveh.³¹ Koa aoka hitandrigna ny didiko sy hagnantateraka anireo agnareo. Iaho ro Yaveh.³² Aoka tsa hagnamavo ny Agnarako masina agnareo. Aoka ho ekena ho masina eo amin'ny zanak'Israely Aho. Iaho ro Yaveh ze magnamasina anareo,³³ Ze nitondra anareo nienga avy tagny Egypta mba ho andriamagnitsareo: Iaho ro Yaveh. "

Chapter 23

¹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy hoe: ² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely, de mitarogna amin-dreo hoe: 'Reto aby ny firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, ze masina; reo ro firavoravoako mahazatsa. ³ Afaka miasa ny enin'andro agnareo, fa ny andro fahafito de sabata fitsaharana tanteraka, fiombognana masina. Aoka agnareo tsa hiasa satria sabata ho an'i Yaveh amin'ny toerana aby ze hitoeranareo zay. ⁴ Reto aby ny firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, de reo fiombognana masina ze tsy maintsy lazainareo amin'ny fotoagnan'ny voatondro: ⁵ Amin'ny volagna voalohany, amin'ny andro fahaefatsy ny volagna amin'ny takariva, ro Paskan'i Yaveh. ⁶ Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folo io volagna io hiany ny firavoravoan'ny Mofo tsa misy Masirasira ho an'i Yaveh. Mandritsa ny fito adro agnareo de tsy maintsy mihinana mofo tsa misy masirasira ⁷ Ny andro voalohany de hatokanareo mba hivoriana miaraka; tsa hanao ny asa mahazatsa anareo agnareo. ⁸ Hanolotsa fagnatitsa hoanina ho an'i Yaveh agnareo mandritsy ny fito andro. Ny andro fahafito de andro fiombognana natokagna ho an'i Yaveh, de aminio andro io agnareo de oka tsa hanao ny asa mahazatsa." ⁹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy, ko nanao hoe: ¹⁰ "Mirisaha amin'ny olon'Israely de mitarogna amin-dreo hoe: 'Sy efa avy ao amin'ny tany homeko anareo agnareo, de sy efa mijinja ny vokatsizay agnareo, de tsy maintsy mitondra ny amboaran'ny voalohambokatsizay ho an'ny mpisorogna. ¹¹ Hanandratsa ny amboara eo agnatrehana i Yaveh i de hanolotsa anizay ho Anazy, fa ho ankasitrahana eo aminareo zay. Amin'ny andro afaran'ny sabata ro anandratan'ny mpisorognazay hanolorany anizay ho anahy ¹² Amin'ny andro ze hanandratanareo ny amboara sy hanolorana anizay ho Anahy, de tsy maintsy manolotsa zanak'ondry lahy raika heritaogna sy tsa misy kilema ho fagnatitsa doroana ho an'i Yaveh agnareo. ¹³ Ny fagnatitsa voa de tsy maintsy koba manify roa ampahafolon'ny efaha mifangaro menaka, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, mba hamoaka hagnitsa ankasitrahana, de divay fagnatitsa sotoana, raika apahefatsy ny hina miaraka amizay. ¹⁴ Aoka agnareo tsa hihinana mofo, na vary nindezina na tsotra, mandra-piaviany andro nitondranareo anio fagnatitsa io ho an'Andriamagnitsareo. Ho lalàna raikitsa amin'ny taranak'ireo vahoakanareo, amin'ny toerana aby hitoeranareo zay. ¹⁵ Manomboka amin'ny andro afaran'ny sabata__ze andro nitondranareo ny amboaran'ny fagnatitsa ahevaheva__de magnisà fito herignandro feno. ¹⁶ Hagnisa dimampolo andro, ze andro afaran'ny Sabata fahafito agnareo. Sy avy eo de tsy maintsy hanolotsa fagnatitsa vary vaovao ho an'i Yaveh. ¹⁷ Tsy maintsy hitondra mofo roa natao tamin'ny roa ampahafolon'ny efaha aby any an-dragnonareo agnareo. Aoka ho vita amin'ny koba tsara toto sy mofo misy lalivay reo; ho fagnatitsa voaloham-bolana ahevaheva ho an'i Yaveh reo. ¹⁸ Tsy atolotsanareo miaraka amin'ny mofo reo zanak'ondry lahy fito herintaogna sy tsa misy kilema, vantotr'ombilahy raika, de ondrilahy roa. Tsy maintsy atao fagnatitsa dorana ho an'i Yaveh, miaraka amin'ny fagnatitsa voan-dreo sy ny fagnatiny sotoana reo, fagnatitsa ze natao tamin'ny afo ka mamoka hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh. ¹⁹ Tsy maintsy magnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny heloka agnareo, de zanak'ondry lahy roa heritaogna ho an'ny sorogna, hatao fagnati-pivavahana. ²⁰ Ny mpisorogna de tsy maintsy magnevaheva an-dreo miaraka amin'ny mofon-dreo voaloham-bokatsa eo anatrehan'i Yaveh, de manolotsa andreo ho anazy mba ho fagnatitsa miaraka amin'ny zanak'ondry roa. Amin-dreo mpisorogna, ny fagnatitsa masina ho an'i Yaveh. ²¹ Amin'io andro io hiany agnareo de tsy maintsy manao fagnambarana. Hisy fiombognana masina, ko tsa hanao ny asa mahajatsa agnareo. Ho lalàna raikitsa amin'ny taranan-dreo vahoakanareo amin'ny toerana aby honegnanareo zay. ²² Lehe mijinja ny vakan'ny taninareo agnareo, de tsa tokony hijinja tanteraka ny zoron'ny sahanareo, de tsa tokony hagnangogna ze trotraka amin'ny vokatsareo. Aoka havelanareo ho an'ny mahantra sy ho an'ny vahiny reo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo." ²³ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ²⁴ "Miresaha amin'ny vahoakan'Israely de mitarògna hoe: 'Amin'ny volagna fahafito, ny andro voalohan'izay volagna zay de ho fitsaharana magnetriketrika ho agnareo, fahatsiarovana miaraka amin'ny fitsofana trompetra, de fiombognana masina. ²⁵ Aoka agnareo tsa hanao ny asa mahazatsa, de aoka agnareo hanolotsa sorogna natao tamin'ny afo ho an'ny Yaveh." ²⁶ De niresaka tamin'ny Mosesy Yaveh, nanao hoe: ²⁷ De amin'ny andro fahafolon'izay volagna fahafito zay ro Andron'ny Fagnavotana. Ho fiomboognana masina zay, agnareo de tsy maintsy manetry ny tegnanareo sady manolotsa fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. ²⁸ Aoka agnareo tsa hiasa amin'io andro io satria Andron'ny Fagnavotana zay, mba ho fagnavotana ho an'ny tegnanareo eo agnatrehana i Yaveh Andriamagnitsareo. ²⁹ Ze tsa manetry ny tegnany amin'io andro io de tsy maintsy alàna avy eo amin'ny olony ³⁰ Na ia na ia miasa amin'io andro io, Iaho, Yaveh, de handrava anazy eo amin'ny olony. ³¹ Aoka agnareo tsa hanao asa amin'io andro na ina na ina zay. Ho lalàna raikitsa amin'ny taranan-dreo vahoakanareo amin'ny toe- ragna honegnanareo zay. ³² Zay andro zay de tsy maintsy ho sabata fitsaharana magnetriketrika ho anareo, de agnareo de tsy maintsy manetry ny tegnanareo amin'ny andro fahasivin'ny volagna amin'ny hariva. Manomboka amin'ny hariva ko hatramin'ny hariva agnareo de hankalaza ny Sabatanareo." ³³ Yaveh niresaka tamin'i Mosesy', nano hoe: ³⁴ Miresaha amin'ny olon'Israely, manao hoe: 'Amin'ny andro fahadimy ambin'ny

folo ny volagna fahafito ro ho Firavoravoan'ny Fialofana ho an'i Yaveh. Haharitsa fioto andro zay.³⁵ Amin'ny andro voalohany de tsy maintsy misy fiombognana masina. Aoka agnareo tsa hanao ny asa mahajatsa.³⁶ Mandritra ny fito andro agnareo de tsy maintsy manolotsa sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy hisy fiombognana masina de tsy maintsy manao sorogna amin'ny afo atolotsa ho an'i Yaveh agnareo, Fiombognana magnetriketrika zay, ary agnareo de aoka tsa hanao ny asa mahajatsa.³⁷ Ny ro firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, ze tsy maintsy ambaranareo ho fiombognana masina mba hagnolorana sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, fagnatitsa dorana sy fagnatitsa vary, sorogna sy fagnatitsa sotroana, ny tsirai-draika samy amin'ny androny aby.³⁸ Ny firavora-voana reo de hiampy ny Sabatan'i Yaveh sy ny fagnomezanareo, ny voadinareo aby, de ny fagnatitsanareo antsitrapo ze homenareo an'i Yaveh.³⁹ Momba ny Firavoravoan'ny Fialofana, amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volagna fahafito, sy efa voavorinareo ny vokatsy ny tany, de tsy maintsy tandremanareo io firavoravoan'i Yaveh madritsa ny fito andro io. Ny andro voa-lohany de ho fitsaharana magnetriketrika, de ny andro fahavalo hiany koa de ho fitsaharana magnetriketrika.⁴⁰ Amin'ny andro voalohany agnareo de tsy maintsy mangalaka ny vokatsa soa indrindra avy amin'ny hazo agnareo, sampan'ny hazo rofia, sy sampagna be ravigna ao amin'ny ala mikitroka, de hazo malahelo eny amin'ny loharano, de hifaly eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsareo mandritsa ny fito andro agnareo.⁴¹ Mandritsa ny fito andro isan-taogna, de tsy maintsy mankalaza io firavoan'i Yaveh io agnareo, Ho lalàgna raikitsa amin'ny taranandreo vahoakanareo amin'ny toerana aby honegnanareo zay. Tsy maintsy hankalaza io firavoravoana io agnareo amin'ny volagna fahafito.⁴² Aoka agnareo honina amin'ny fialofana kely mandritra ny fito andro. Ny Israe- lita tera-tany aby de tsy maintsy honina amin'ny fialofana kely mandritsa ny fito andro,⁴³ mba ho afaka hianatsa ny fomba namponenako ny olon'Israely tamin'ny fialofana tahaka an'izay lehefa notarihiko niala ny tany Egipta reo taranakareo, ny taranaka mifandimby. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. " " ⁴⁴ Tamin'izay fomba zay, ro nagnamba- ran'i Mosesy tamin'ny olon'Israely reo firavoravoana voiatendry ho an'i Yaveh.

Chapter 24

¹ Natarogna tamin'i Yaveh, nanao hoe: ² " Baikony ny olon'Israely mba hiton- dra diloilo tsa mifangaro vita tamin'ny oliva ho anao mba ampiasaina amin'ny fanilo, mba hirehitsa mandrakariva ny jiro. ³ Arona de tsy maintsy mamela ny jiro hirehitsa hiany ao ivelan'ny lamba fana- konana eo agnatrehan'ny didim-panekena ao amin'ny tranoy-lay fihagnana, manomboka ny hariva mandra-parain'ny andro. Ho lalàna maharitsa hatramin'ny taranan-dreo vahoakanareo zay. ⁴ Ny mpisorognabe de tsy maintsy mitandrigna ny jiro hirehitsa hiany eo agnatrehan'i Yaveh, ny jiro eo amin'ny fitoeran-jiro volamena tsa misy fangarony. ⁵ Aoka agnao hangalaka koba manify de ha- gnendy mofo roa ambin'ny folo amin'izay. Tsy maintsy misy roa ampahafolon'ny efaha isaky ny mofo. ⁶ Avy eo agnao de hi- zara an'izay ho andalagna roa, enina amin'ny andalagna raika, eo ambonin'ny latabatsa vita tamin'ny volamena tsa misy fangarony. ⁷ Aoka agnao hametraka ditin-kazo magnitsa madio isakin'ny andalana mofo ho fagnati-pahatsiarovana. Io ditin-kazo magnitsa io de ho dorana ho an'i Yaveh. ⁸ Isaky ny Sabata ny mpisorogna avo de tsy maintsy mametraka mandrakariva ny mofo eo agnatrehan'i Yaveh ho an'ny olon'Israely, mba ho famantarana ny fagnekena tsy manam-pahataperana. ⁹ Io fagnatitsa io de ho an'i Arona sy ny zanany lahy, de hohanin-dreo eo amin'ny toerana ze masina zay, satria ampahany aby tamin'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. " ¹⁰ De nisy zanaka vavy Israelita raika, ze Egiptiana no rainy, nanadeha teo amin'ny vahoakan'Israely. Io zanakalahin'ny apela Israelita io de niady tamin'ny Israelita raika tamin'ny toby. ¹¹ Niteny ratsy ny agnaran'i Yaveh sy nagnozogna an'Andriamagnitsa io zanaka lahin'ny apela Israelita io, ko noferin'ny vahoaka tamin'i Mosesy i Sabomita ro agnaran'ny reniny, zanaka vavin'i Dibry, avy amin'ny fokon'i Dana ¹² Notazomin-dreo tam ponja i mandra-pitenin'i Yaveh i tagnany ny sitrapony amin-dreo. ¹³ De nitarogna tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe: ¹⁴ "Alao ny lihilahy ze nagnozogna an'Andriamagnitsa tao ivelan'ny toby. Ze mandre anazy de tsy maintsy mametraka ny tagnan-dreo eo amin'ny lohany, de aoka ny fiangognana raika manontolo hitora-bato anazy. ¹⁵ Aoka agnao hagnazava amin'ny olon'Is raelly de hitarogna hoe: " Ze abiaby ma- gnozogna ny Adriamagnitsany de tsy maintsy mizaka ny helony. ¹⁶ I ze miteny ratsy ny agnaran'i Yaveh de tsy maintsy ho vonoana tokoa. Tsy maintsy hitora-bato anazy tokoa ny fiangognana manontolo, na vahiny i na tera-tany Israelita. Lehe misy ona miteny ratsy ny agnaran'i Yaveh, de tsy maintsy vonoana i. ¹⁷ Lehe misy ona mamono ona hafa, de azo antoka fa tsy maintsy ho vonoana i. ¹⁸ Lehe misy ona mamono ny bibin'ny ona raika hafa, de tsy maintsy magnonitsa anizayi, aigna solon'ny aigna. ¹⁹ Lehe misy olagna mandratsa ny mpiara-mognina aminazy, de tsy maintsy atao aminazy ze nataony tamin'ny mpiara- mognina aminazy: ²⁰ Fahatapahana solon'ny fahatapahana, maso solon'ny maso, nify solon'ny nify. Satria nandratsa ona i, de tsy maintsy atao aminazy koa zay. ²¹ Ze abiaby mamono biby raika de tsy maintsy managnitsa anizay, de ze abiaby mamono ona de tsy maintsy vonoana. ²² Aoka agnao hanagna lalàna mitovy ho an'ny vahiny sy ny tera-tany Israelita, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao. " ²³ Ko niresaka tamin'ny olon'Israely i Moskkesy, de noferin'ny ona nienga tao ivelan'ny toby i lihilahy zay, zay nagnozogna an'i Yaveh zay, Notorahin-dreo tamin'ny vato i. Ny vahoakan'Israely de nanao arakan'ny ze nandidian'i Yaverh an'i Mosesy.

Chapter 25

¹ Niteny tamin'i Mosesy tagny an- tendrombohisan'i Sinay Yaveh, nanaohoe: " ² Mitarogna amin'ny vahoakan'Israely de lazao amin-dreo hoe: 'Lehefa mandeha amin'ny tany ze omeko anareo agnareo, de aoka mba hitandrigna ny sabata ho an'i Yaveh ny tany' ³ Aoka agnao hamboly eo amin'ny sahanao mandritsa ny enin-taogna, de mandritsa ny enin-taogna de

aoka agnao handrantsagna ny tanim-boalobokao de hagnangona ny vokatsa.⁴ Fa amin'ny taogna fahafito, de aoka ho tandrovigna ny andro Sabatan'ny fitsaharana magnetriketrika ho an'ny tany, Sabata ho an'i Yaveh. Aoka agnao tsa hamboly agny amin'ny sahanao na handrantsagna ny tanim-boalobokao.⁵ Aoka agnao tsa hanao fijinjana voarindra amin'ny raha aby magniry ho anazy, de aoka agnao tsa hanao fijinjana voarindra amin'ny voaloboka aby ze mitombo eo amin'ny voalobokao zay tsa voarantsagna. Ho taom-pitsaharana magnetriketrika ho an'ny tany zay.⁶ Ze magniry eo amin'ny tany tsa niasana mandritsa ny taognan'ny Sabata ro ho sakafonao. Agnao, ny mpanomponao lahy sy vavy, ny mpanompo karamainao de ny vahiny ze monigna miaraka aminao ro aoka hagnangona hanina,⁷ de ny biby fiompianao sy ny bibi-dia ro aoka hihinagna ze aby vokarin'ny tany.⁸ Aoka agnao hagnisa Sabata fito amin'ny taogna, zany hoe, impito isaky ny fito taogna, mba hisy Sabata fito taogna, sivy amby efapolo taogna ny fitambarany.⁹ De aoka agnao hitsoka anjomara mafy na aia na aia amin'ny andro fahafolon'ny volagna fahafito. Amin'ny Andron'ny Fagnavotana de aoka agnao hitsoka anjomara manerana ny teninao aby.¹⁰ Aoka agnao hanokana ny taogna fahadi- mampolo ho an'i Yaveh de hagnambara ny hafanana manerana ny tany amin'ny mpo- niny aby. Ho Jobily ho anao zay, ze tsy maintsy hagnapodianana ny fanagnana sy ny andevo agny amin'ny fianakaviany.¹¹ Ho jobily ho anao ny faha dimapolo taogna. Aoka agnao tsa hamboly na hitondra famirana voalamigna. Mihinana ze raha aby mitsiry ho azy, de vorio ze voaloboka mitombo eo amin'ny tanimboaloboka tsa mirantsagna.¹² Fa Jobily, ze ho masina ho anao zay. Aoka agnao hihinana ny vokatsa ze mitsiry ho anazy ivelan'ny saha. ,¹³ Aoka hagnapody ny tsiraidraika agny amin'ny zara-taniny hiany agnao amin'izay taognan'ny Jobily zay.¹⁴ Lehe mivarotsa tany amin'ny namanao agnao na mividy tany amin'ny namanao agnao na mividy tany avy agny amin'ny namanao, de aoka agnareo tsa hifamitaka na hifanao ratsy.¹⁵ Lehe mividy tany amin'ny namanao agnao, hivero ny isan'ny taogna sy ny vokatsa azo ilaina mandra-piavin'ny Jobily magnaraka. De ny namanao koa mba hievitsa anizay.¹⁶ Ny haben'ny taogna mandra-piaviany Jobily magnaraka ro hapitombo ny lanjany tany, de ny havitsian'ny isan'ny taogna mandra-piavin'ny Jobily magnaraka ko hapihegna ny lanja. Satria ny isan'ny vokatsa ho vokarin'ny tan'ny ho an'ny tompony vaovao de mifandraika amin'ny isan'ny taogna mialohan'ny Jobily magnaraka.¹⁷ Aoka agnareo tsa hifamitaka na hifanao ratsy; fa zao; aoka agnao hagnome voninahitsa an'Adriamagnitsao, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao.¹⁸ Noho izay de aoka agnao hakato ny didiko, hitandrigna ny lalako, de hagnatanteraka anireo. De hitoatsa ao amin'ny tany apilamignana agnao.¹⁹ Hagnome ny vokatsy ny tany, de hihinana agnao ko ho voky sady hitoatsa aompilamignana ao.²⁰ Mety hitarogna agnao hoe: " Ina ro hoaninay mandritsiny taogna fahafito? Ty, tsa afaka mamboly na mamory ny vokatsa agnay." ²¹ Handidy ny fitahiako aho mba ho avy aminareo amin'ny taogna fahenina, de hamokatsa vokatsa ampy mandritsy ny telo taogna zay.²² Hamboly agnao amin'ny taogna fahavalo de hanohy hihinana avy tamin'ny vokatsa teo taloha sy ny hanina voatahiry. mandra-piaviny taogna filana amin'ny taogna fahasivy, de afaka hihinana avy amin'ny vatsy voatahiry tamin'ny taogna taloha agnao.²³ Aza mba amidy amin'ny tompo vaovao ny tany, satria Anahy ny tany. Vahiny aby agnareo sady ponina mandalo amin'ny taniko.²⁴ Aoka agnao handinika ny zony fagnavotana ho an'ny tany aby ze hazanao; aoka agnao hamenla ny tany hapody hovidian'ny fianakaviana ze novidianao zay.²⁵ Lehe avy mahantra ny Israelita namanao de noho zay antony zay ro hivarotany ny sasany ny fanagnany, de mety ho avy ny havany mariny indrindra de hividiny ny fanagnana ze namidiny taminao.²⁶ Lehe tsa mana-kavagna mba hagnavotsa ny fanagnany ny lilihahy raika, kanefa lehe ambinina i ko managna fahafahana hagnavotsa ny fanagnany,²⁷ de hikajy ny taogna hatramin'ny nivarotana ny tany sy nagnoregnana ndraika ny fandanjana tamin'ny ona ze nivarotana anizay i. De hipody agny amin'ny fanagnany hiany i.²⁸ Fa lehe ohatra ko tsa afaka mipody agny amin'ny tany ho anazy hiany i, de hiegnina ho fanagnan'ny ona nividiny anazy hatramin'ny taogna Jobily hiany ny tany. Amin'ny taognan'ny Jobily, de hipody agny amin'ny lilihahy ze nivarotsa anizay ny tany, de ny tena tompony hipody amin'ny fanagnany.²⁹ Lehe mivarotsa tragno amin'ny tanàna mimanda ny lilihahy raika, de mety hividiny anizay ndraika agnatin'ny taona rai-manontolo i afaran'ny nahalafo anizay. Fa mandritsany taogna ry manontolo de managna zon'ny fagnavotana i.³⁰ Lehe tsa avotsa agnatiny taogna ray manontolo ny tragno, de ho fanagnana mandrakizay ho anize nividiny anizay ny tragno ao amin'ny tanàna mimanda, zizika amin'ny taranaka fara mandimby. De tsa hipody zay tragno zay amin'ny taogna Jobily.³¹ Fa ny tragno ny vohitsa ze tsa misy manda magnodidigna an-dreo de hipody ho takany sahan'ny tany. hagnavotana reo, de tsy maintsy hipody mandritsy ny taogna ny Jobily.³² Neko zay aza, ny tragnon'ny Levita ao amin'ny tanànan-dreo de ho avotsa amin'ny fotoagna aby.³³ Lehe tsa hagnavotsa ny tragno ze namidiny ny raika amin'ny Levita, de tsay maintsy hipody amin'ny taognan'ny Jobily ny tragno ze namidiny tao an-tanàna nisy anazy, fa fanagnan-dreo amin'ny vahoakan'Israely ny tragnon'ny tanànan'ny Levita.³⁴ Fa ny saha magnodidihna ny tanàna de tsa azo amidy satria fagnana rekitsin'ny Levita zay.³⁵ Lehe manjary mahantra ny piray tanindrazagna aminao, ko tsa afaka mamokatsa ho anazy koa i, de aoka agnao agnampy anazy tahaka ny nagnampenao ny vahiny na ona raika ze mitoatsa tahaka ny mpivahiny eo aminao.³⁶ Aza mangalaka tombony aminazy na magnandragna magnararaotsa anazy amin'ny fomba aby, fa maguemeza voninahitsa ny Andriamagnitsao mba ho afaka hiaigna aminao ny ralahinao reo.³⁷ Aza mampin-drambola anazy sady aza mangalaka zana-bola anazy aminazy koa, na mivarotsa aminazy ny haninano mba hazahoana tombony.³⁸ Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao, ze nitondra anao nienga hatagny amin'ny Egipta, mba hafahako maguemeza anaony tany Kanana, de hahatonga Anahy ho Andriamagnitsao.³⁹ Lehe manjary mahantra ny piray tanin-drazagna aminao ko mivarotsa ny tegnany aminao, aoka agnao tsa hapiasa anazy tahaka ny andevo.⁴⁰ Ataovo tahaka ny mpanompo karamaina i. aoka i ho tahaka ny ona ze miaigna miaraka aminao amin'ny fotoagna voafetsa. Hanompo hiaraka aminao hatramin'ny taogna Jobily i.⁴¹ Sy avy eo i de hiala aminao, I sy ny zanany ze miaraka aminazy, de hipody agny amin'ny fianakavian'ny sy ny fanagnan-drainy i.⁴² Fa mpanompo noferiko avy tagny amin'ny tany Egipta reo. Tsa hamidy tahaka ny andevo reo.⁴³

Aoka agnao tsa hitondra an-dreo amin-karatsiana, fa aoka agnao hagnome voninahitsa ny Andriamagnitsao.⁴⁴ Lehe ny amireo andevo lahy sy vavy, ze azonao alaina avy amin'ny firenena ze mitoatsa magnodidigna anao, de afaka hividny andevo hatamin-dreo agnao.⁴⁵ Afaka mividy andevo hatamin'ny vahiny ze mitoatsa eo aminao hiany koa agnao, de ze avy amin'ny fianakavianana ze miaraka aminao, kilonga ze teraka tao amin'ny taninao. Hanjary fanagnanao reo.⁴⁶ Hamokatsa andevo tahaka ny ze ho lova ho an'ny zanakao afara, mba ho tanana ho fanagnana agnao. Avy ami-ndreo mandrakariva ro hividianano ny andevona, fa aoka agnao tsa hitondra an-kery ny rahalahinao amin'ny vahoakan'Israely.⁴⁷ Lehe manjary mpanakareo ny vahiny na ny ona ze miaigna miaraka aminao amin'ny fotoagna voafetsa, de lehe manjary mahantra ny raika amin'ny Israelita namanao ko mamarotsa ny tegnany amizay vahiny zay, na amin'ny ona ao amin'ny fianakavian'ny vahiny,⁴⁸ sy efa voafidy ny Israelita namanao, de afaka vidiana ndraika i. Hagnavotsa anazy ny raika amin'ny fianakaviany.⁴⁹ Mety ho rahalahin-drainy ny ona, na zanan-dralahin-drainy, ro magnavotsa anazy, na ona ze havany mariny hatamin'ny fianakaviany. Na , lehe manjary panakarena i, de afaka magnavotsa ny tegnany.⁵⁰ Aoka i hifagnaraka amin'ny ona ze nividy anazy; aoka i hagnisa ny taogna manomboka ny taogna nahalafo anazy tamin'ny mpividy anazy ko zizika amin'ny taogna Jobily. Aoka ny vidin'ny fagnavotana anazy ho eritsiretina miaraka amin'ny taham-bidin'ny mpanompo nokaramaina, ho an'isan'ny taogna hanohizany miasa ho an'ny nividy anazy.⁵¹ Lehe vona misy taogna betsaka mandrapiaviny taognan'ny Jobily, aoka i hipody handoa sandambola tahaka ny vidin'ny fagnavotana ze mifandanja amin'ny isan'ny taogna.⁵² Lehe ohatsa ka taogna kely sisa mandrapiavin'ny taognan'ny Jobily, de tsy maintsy mifagnaraka amin'ny pividy anazy i mba hahitana ny isan'ny sisa ambiny mialohan'ny taognan'ny Jobily, de aoka reo hagnefa ho an'ny fagnavotany mifagnaraka amin'ny isan'ny taogna.⁵³ Hatao tahaka ny lihilahy karamaina i.aoka ho azonao antoka fa tsa hitondra anazy amin-kery tokoa agnao.⁵⁴ Lehe tsa avotsa amizay i, de aoka i hanompo zizika amin'ny taogna ny Jobily, reo sy ny zanany miaraka aminazy.⁵⁵ Aminahy de panompo ny vahoakan'Israely. Mpanompoko ze noferiko hatagny amin'ny tany Egipta reo. Yaho ro Yaveh Andriamagnitsao."'

Chapter 26

¹ Aoka agnao tsa hanao ny sampy, na hanangagna sarin-draha voasikotsa na tsangam-bato masina, de aoka agnareo tsa hametraka sary vato voasikotsa ao amin'ny taninareo mba hiankohofanareo, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo.² Aoka hitandrigna ny Sabatako sy hagnome voninahitsa ny fitoerako masina agnareo. Iaho ro Yaveh.³ Lehe magnaraka ny lalàko sy mitandrigna ny didiko sady mankato anizay agnareo,⁴ de hagnome oragna anareo amin'ny vanipotoagnan'ny Aho; hagnome ny vokatsy ny tany, de ny hazony saha hagnome ny voany.⁵ De ny famofohambary de hitohy amin'ny fotoagnan'ny filana ny voaloboka, de hihitatsa hatragny amin'ny fotoa-pambolena ny voka-boaloboka. Hihinana ny mofonareo mandra-pahavoky agnareo de hiaigna am-pilamignana agny amize nataonareo fonegnana ao amin'ny tany.⁶ Hagnome fiadagnana ao amin'ny Aho; hatory miaraka amin'ny raha tsa mapatahotsa anareo agnareo. Hamongotsa ny biby mandoza amin'ny tany Aho, de tsa handalo amin'ny taninareo ny sabatsa⁷ Hagnenjika ny fahavalonareo agnareo, De higitraka eo alohanareo eo alohanareo amin'ny alalan'ny sabatra reo.⁸ Dimy aminareo handodotsa zato, de ny zato aminareo handodotsa ray aligna; higitraka eo alohanareo amin'ny alalany sabatra ny fahavalonareo.⁹ Hijery anareo amim-pakasitrahana Aho sady hapamokatsa ro hapitombo isa anareo; hametraka ny fagnikeko aminareo Aho.¹⁰ Hihinana ny hanina voatahiry amin'ny fotoagna maharitsa agnareo. tsy maintsy hamoaka ny hanina voatahiry agnareo satria hilainareo ho an'ny vokatsa vaovao ny efitsa.¹¹ Hametraka ny tabernakeliko eo aminareo Aho, sady tsa hankahala anareo Aho.¹² Handeha eo aminareo Aho sady ho Andriamagnitsareo, de agnareo ho oloko.¹³ Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo ze nitondra anareo nienga avy hatagny amin'ny tany Egipta, mba tsa ho andevon-dreo agnareo, nanapaka ny hidiny zioganareo Aho de napandeha anareo mihintsy.¹⁴ Fa lehe tsa hieno anahy agnareo, sady tsa hankato ny didiko aby,¹⁵ sady lehe mandà ny didiko sy tsa te ny lalàko, de tsa mankato ny didiko aby agnareo, fa hivadihanareo ny fagnikeko---¹⁶---lehe manao anireo raha reo agnareo, de hanao anizao aminareo Aho: Hampisy horohoro eo aminareo Aho, aretina sy tazo ze hanimba ny maso sy hanimba ny ainareo. Hamboly ny voa ho raha tsa misy agnareo, satria ny fahavalonareo ro hihinana ny voany.¹⁷ Hagnandrigna ny tavako hanohitsa anareo Aho, de hanjakany fahavalonareo tanteraka agnareo. Hanapaka anao ny lihilahy ze tsa te anareo. de hilefa agnao, neko de tsa misy mandodotsa anao aza ndreko raika

¹⁸ Lehe tsa mihieno ny didiko agnareo, de hagnafay am-pasahiana anareo impito nohon'ny fahotanareo Aho.¹⁹ Handrava ny avognavognareo agnatin'ny herinareo Aho. Hanao ny lagnitsa eo amboninareo ho tahaka ny vy Aho de ny taninareo tahaka ny varahogna.²⁰ Hampiasaina amin'ny raha tsa misy ny tanjakareo, satria tsa hamokatsa ny vokany ny taninareo, sady ny hazo eo amin'ny tany de tsa hamokatsa ny voany.²¹ Lehe mandeha manohitsa Anahy agnareo sady tsa mihieno Anahy, hitondra familezana im-pito avo heny eo amin'ny Aho, araka ny fahotanareo.²² Handefa ny biby mandoza eo aminareo Aho, ze hangalatsa ny zanakareo, hamotika ny biby ompianareo, sady hahavitsy isa anareo. Ko hanjary mahery ny lalanareo.²³ Neko de eo aza zay raha zay ko vona tsa magneky ny fagnitsiako hiany agnareo sady mandeha manohitsa Anahy hatragny,²⁴ de handeha hanohitsa anareo hiany koa Aho, de Iaho mihitsy ro hagnamafy anareo im-pito noho ny fahotanareo.²⁵ Hitondra sabatra eo aminareo Aho ze hagnatatirahako ny famaliana tratsan'ny fivadihana tamin'ny fagnikeko. Hovoriako miaraka ao an-tanànanareo agnareo, de handefa aretina eo aminareo agny Aho, de hatolotsa ho eo antagnan'ny fahavalonareo agnareo.²⁶ Sy efa ho tapahako ny vatsy sakafonareo, de appela folo de hahavita hagnendy ny mofonareo ao agnaty lafaoro raika, de hizara ny mofonareo ara-danja reo. Hihinana agnareo fa tsa ho afampo.²⁷ Lehe tsa

mihieno Anahy agnareo de eo aza reo raha reo, fa vona mandeha manohitsa Anahy hatragny agnareo,²⁸ de handeha hanohitsa anareo hatragny amimpahasiahana Aho, sady hagnafay anareo im-pito avo heny mihoatsa nohon'ny fahotana-reo.²⁹ Hihinana ny nofon'ny zanakareo lahy agnareo ; hihinana ny nofon'ny zakareo vavy agnareo.³⁰ Hanadrava ny fitoeranareo ambony Aho, hanapaka ny alitara ny didikazo magnitsa, de hagnary ny fatinareo eo ambonin'ny fatin'ny sampinareo, de Iaho mihintsy ro hankahala anareo.³¹ Hamadika ny tanànanareo ho faharavana Aho de handrava ny fitoeranareo masina. Tsa ho faly amin'ny hagnitsy ny fatinareo Aho.³² Handrava ny taninareo Aho. Ny fahavalonareo ze mitoatsa agny de ho gaga amin'ny faharavana.³³ Hagnaparitaka anareo manerana ny tany Aho, de hanoaka ny sabatro sy hagnaraka anareo Aho. Havela eo ny taninareo, sady ho ravana.³⁴ De hahita ny sabatany tany mandritsy ny handreny ho lao sady ho ao amin'ny tanin'ny fahavalonareo agnareo. Mandritsa anizay fotoagna zay, hiegnina ny tany ko hitè ny Sabatany.³⁵ Lehe vona matory ho lao zay, de hanagna fitsaharana, ze fitsaharana tsa hazany tamin'ny Sabatanareo, Sy efa mitoatsa ao agnareo,³⁶ De ny amin'ny sasany aminareo ze navela agny amin'ny tanin'ny fahavalonareo, de handefa tahotsa ho amin'ny fonareo Aho ko nako de ravigna notsiofiny rivotsa aza de hanaitsa anareo, de de hilefa tahaka ny milefa sabatra agnareo. Higi-traka agnao, neko de tsa misy na ia na ia mandodotsa anao aza.³⁷ Hasisiaka eo amin'ny tsirairay tahaka ny milefa sabatra agnareo, neko de tsa misy na ia na ia aza mandodotsa anareo. Tsa hanagna hery hitsanganana mandriny ny fahavalonareo agnareo.³⁸ Ho maty agny amin'ny firenena agnareo. sady handrapaka anareo ny tanin'ny fahavalonareo.³⁹ Reo ze sisa tavela de ho very ao agnatiny fahotan-dreo, ao amin'ny tanin'ny fahavalonareo, de nohon'ny heloky ny razamben-dreo de hihaosa reo.⁴⁰ Fa lehe magneky ny fahotany sy ny fahon'ny razambeny reo, sy ny famadihana ze tsa natokisana taminahy, sady ny fandihianana manohitsa Anahy__⁴¹ zay ro nahatonga Anahy hivadika amin-dreo de nitondrako an-dreo tagny amin'ny tanin'ny fahavalony—lehe miety ny fo tsa voaforan-dreo, sady lehe magneky ny famaizako ho an'ny fahotany reo,⁴² de ho tsaroako ny fagnikeko niaraka tamin'ny Jakoba, de ny fagnikeko niaraka tamin'i Abrahama; ho tsaroako hiany koa ny tany.⁴³ Havelan-dreo ny tany, de ho faly miaraka amin'ny sabatany ze mandriatsa ny handreny ho lao tsa misy an-dreo. Ko tsy maintsy hanohitsa ny otany reo satria reo mihintsy ro nandà ny fitsipiko sy nankahala ny lalàko.⁴⁴ Fa neko de eo aza zay aby zay, sy efa agny an-tanin'ny fahavalony reo, de tsa hagnary an-dreo Aho, na hankahala anazy ko handrava tanteraka sy hagnafoagna ny fagnikeko niaraka tamin-dreo, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnin-dreo.⁴⁵ Fa ho tsaroako ho an-dreo ny fagnikeko ze nataoko tamin-dreo niaraka tamin'ny razamben-dreo, ze noferiko nienga hatagany amin'ny tany Egipta teo imason'ny firenena, mba ho Andriamagnin-dreo Aho.Iaho ro Yaveh."⁴⁶ Reo ro didy, fitsipika, de lalàna ze nataon'i Yaveh teo Aminazy sy ny vahoakan'Israely tagny antendrombohits'i Sinay tamin'ny alalan'i Mosesy.

Chapter 27

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy Yaveh ko nanao hoe: ² "Mitarogna amin'i vahoakan'Israely ko lazao an-dreo hoe: 'Lehe misy ona manao voady miaraka amin'i Yaveh, de apesao ny btombam-bidy mifagnaraka amizay. ³ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy manomboka amin'ny roapolo ko zizika amin'ny enipolo taogna de tsy maintsy sekely volafotsy dimapolo, araka ny sekely fitoerana masina. ⁴ Ho an'ny vavy amizay taogna zay hiany de sekely telopolo ny fenitsy ny tombanao. ⁵ y fenitsy tombanao dimy ko hatramin'ny roapolo taogna de tsy maintsy sekely roapolo, de ho an'ny vavy de sekely folo. ⁶ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy ray volagna hatramin'ny dimy taogna de tsy maintsy sekely volafotsy dimy, de sekely volafotsy telo ho an'ny vavy. ⁷ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy enipolo taogna ro ho miakatsa de tsy maintsy sekely dimy ambin'ny folo, de ho an'ny vavy sekely folo. ⁸ Nefa lehe tsa afaka mandoa ny fenitsy ny tombagna ny ona manao voady, de tsy maintsy atoro agny amin'ny pisorogna ny ona atolotsa, de hanombagna zay ona zay amin'ny vidiny zanakiny manao voady ny pisorogna. ⁹ Lehe misy ona magniry hanao sorogna biby ho an'i Yaveh, de lehe ikien'i Yaveh zay, de ho voatokagna ho anazy zay biby zay. ¹⁰ Aoka ny ona tsa hagnova na hamadika biby tahaka anizay, ny soa ho amin'ny ratsy ko ny ratsy ho amin'ny soa. Lehe mapifamadika biby hafa ho amin'ny biby raika hafa i, de samy ho masina zay na ny raika ze napifamadihina taminazy. ¹¹ Fa zao, lehe ohatra ko maloto ny nanaovana voady ho an'i Yaveh, mba tsa ho eken'i Yaveh zay, de tsy maintsy hitondra ny biby agny amin'ny pisorogna ny ona. ¹² Hanombagna anizay ny pisorogna, araka ny tombagna ivarotana ny biby. Na ina na ina tombagna apetraky ny pisorogna amin'ny biby, de zay ro ho tombany. ¹³ Lehe magniry ny hagnonitsa anizay ny tompony de magnampy avo dimy heny ny tombam-bidiny ao amin'ny vidim-pagnavotana anizay. ¹⁴ Sy efa manokagna ny tragnon'ny fagnomezana masina ho an'i Yaveh ny lihilahy raika, de hanombagna anizay ny pisorogna na ho soa na ho ratsy. Na ina na ina anombagnany pisorogna anizay, de zay ro izy. ¹⁵ Nefa lehe magniry ny hagnavotsa anizay ny tompony ze nanokagna ny fonegnany, de tsy maintsy magnampy raika apaha-diminy ao amin'ny idi-pagnavotana anizay i, ko ho anazy zay. ¹⁶ Lehe manokagna ny sasany amin'ny taniny hiany ny lihilahy raika, de ho arakaraka ny lanjan'ny voa ilaina ambolena amizay ro ho ho tombam-bidiny_vary Hordea raika homera ho tombagna sekely volafotsy dimapolo. ¹⁷ Lehe ohatra ko manokagna ny sahanany amin'ny taonjobily i, de hiegnina amizay hiany ny tombam-bidiny. ¹⁸ Kanefa lehe manokagna ny sahanany afaran'ny taon-jobily i, de aoka hokajian'ny ny pisorogna ny tomban'ny saha araka ny isan'ny taogna sisa man-drapiavin'ny taon-jobily magnaraka, de tsy maintsy hahegna ny tombanizay. ¹⁹ Lehe magniry hagnavotsa ny saha ny lihilahy ze nanokagna anizay, de tsy maintsy magnampy ny raika apahadimin'ny tombam-bidiny i, de ho anazy zay. ²⁰ Lehe tsa hagnavotsa ny saha kanefa i, na efa namidiny tamin'ny olok'afa ny saha, de tsa azo avotana koa zay. ²¹ Fa zao, ny saha, sy efa avoaka amin'ny taon-jobily, de ho fagnomezana masina ho an'i Yaveh zay, tahaka ny saha ze efa natolotsa tanteraka ho an'i Yaveh. ho an'i pisorogna zay.

²² Lehe manokagna saha ze efa novidiany ny lihilahy raika, kanefa tsa anisany tanindrazagna zay saha zay, ²³ de vinavinainy pisorogna ny tombam-bidiny zay hatramin'ny taon-jobily, ko tsy maintsy aloany lihilahy ho fagnomezana masina ho an'i Yaveh ny tomban'izay amizay andro zay. ²⁴ Amin'ny taon-jobily, de hipody agny amin'ny lihilahy ze nividiana anizay ny tany, agny amin'ny tompony tany. ²⁵ Ny tombambidy aby de tsy maintsy atao araka ny lanjan'ny sekelin'ny fitoerana masina. Tsy maintsy gera roapolo ro mifandraika amin'ny sekely raika. ²⁶ Tsa misy mahazo manokagna ny voalohan-teraka amin'ny biby, satria ny voalohan-teraka de efa an'i Yaveh; ²⁷ Lehe ohatra ka biby maloto zay, de mahazo mividy anizay amin'ny tombam-bidiny ndraika ny tompony, de tsy maintsy magnampy ny raika apahadimin'ny ny tombanizay. Fa lehe tsa avotsa kosa ny biby, de ho amidy amin'ny tombany voatondro zay. ²⁸ tsa misy raha ze atokan'ny lihilahy raika ho an'i Yaveh, avy amize aby anagnany, na olombelogna na biby, na ny tanin-drazany, ko afaka amidy na avotana. ze aby natokagna de masina indrindra ho an'i Yaveh. ²⁹ Tsa misy vidim-pagnavotana azo aloa ho an'ny ona ze voatokagna ho amin'ny faharavana. Tsy maintsy vonoana zay ona zay. ³⁰ Ny apahafolon'ny vokatsa aby ny tany, na voly egny amin'ny tany zay na vokatsa avy amin'ny hazo, de an'i Yaveh. Masina ho an'i Yaveh zay. ³¹ Lehe hagnavotsa ny ampahafolom-bokatsy ny lihilahy raika, de tsy maintsy magnampy avo dimy heny amin'ny tomban'izay i. ³² Lehe ny amin'ny ampahafolon'ny ômbry na ondry, na ina na ina mandalo eo ambanin'ny tsorakazon'ny piandry ondry, na raika apahafolon'izay de tsy maintsy atokagna ho an'i Yaveh. ³³ Aoka tsa hitadia ny biby na soa na ratsy ny piandry, aoka i tsa hapifamadika anizay. Lehe ohatra ka manakalo anizay i, de samy masina aby na zay na ny natakalongy. Tsa azo avotana zay. ' ' Reo aby ro didy ze nomen'i Yaveh ho an'i Mosesy ho an'ny vahoakan'Israely tagny an-Tendrombohitsa Sinay.

Numbers

Chapter 1

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy teo amin'ny tragno lay fihaognana tagny antany efits'i Sinay i Yaveh. Nitranga zay tamin'ny andro voalohany tamin'ny volagna faharoa nandritsa ny taogna faharoa tafarany niengany vahoakan'Israely tagny amin'ny tany Egypta. Zao ro nataon'i Yaveh: ² "Manaova fagnisam-bahoaka amin'ny lihilahin'Israely aby isan'atokony, ao amin'ny fianakavian-drain-dreo. Isao amin'ny agnarany reo. Isao aby ny lahy, ze lihilahy ³ ze roapolo taogna no miakatsa. Isao aby ze afaka miady ho miaramila ho an'Israely. Aoka ho rikietinao sy Arona an-tsoratsa ny isan'ny lihilahy amin'ny vondrognana ny mitam-piadiana. ⁴ Lihilahy hatamin'ny foko tsirai-draika aby, lohan'atoko raika, ro aoka hanopo miaraka aminao ho pitari-pokony. Ny pitarika de tsy maintsy mitarika ny lihilahy ze hiady ho an'ny fokony. ⁵ Reto ny agnarany pitarika ze tsy maintsy hiady miaraka aminao: Hatamin'ny fokon'i Robena, Elizora zanak'i Sedeora; ⁶ hatamin'ny fokon'i Simeona, Selomiela zanak'i Zorisaday; ⁷ hatamin'ny fokon'i Joda, Nasona zanak'i Aminadaba; ⁸ hatamin'ny fokon'i Isakara, Netanela zanak'i Zoara; ⁹ hatamin'ny fokon'i Zebolona, Eliaba zanak'i Helona; ¹⁰ hatamin'ny fokon'i Efraima zanak'i Josefa, Elisama zanak'i Ahimoda; hatamin'ny fokon'i Manase, Gamaliela zanak'i pedazora; hatamin'ny fokon'i Benjamina, abidana zanak'i Pedazora; ¹¹ hatamin'ny fokon'i Benjamina, Abidana zanak'i Gideony; ¹² hatamin'ny fokon'i Dana, Ahiezera zanak'i Amisaday; ¹³ hatamin'ny fokon'i Asera, Fagiela zanak'i Okrana; ¹⁴ hatamin'ny fokon'i Gada, Eliasafa zanak'i Doela; ¹⁵ de avy amin'ny fokon'i Naftaly, Ahira zanak'i Enana." ¹⁶ Reo ro lihilahy voatondro teo amin'ny ona. Nitarika ny fokony razamben-dreo. I reo ro pitarika ny antoko tao Israely. ¹⁷ Nalain'i Mosesy sy Arona reo lihilahy reo, ze norikietina antsoratsa araka ny agnarana, ¹⁸ de niaraka tamin'ny lihilahy reo de novoriandreo ny lihilahy aby tamin'Israely tamin'ny andro voalohan'ny volagna faharoa. De ny lihilahy roapolo taogna na mihoatsa tsiraidraika aby de namatatsa ny razambeny. tsy maintsy nagnome agnarana ny atoko sy fianakaviana taranaka hatamin'ny razambeny i. ¹⁹ De norikietin'i Mosesy an-tsoratsa ny isan-dreo tagny atany efits'i Sinay, araka ny andidian'i Yaveh hataony. ²⁰ Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Robena, lahimatoan'i Israely, hatamin'ny firaketana antsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo. ²¹ Niisa dimanjato sy enina arivo sy efatraligna lahy reo hatramin'ny fokon'i Robena. ²² Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Simeona, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokony razambeny sy ny fianakavian-dreo. ²³ Niisa telon-jato sy sivy arivo sy dimy aligna lahy i reo hatamin'i fokon'i Simeona. ²⁴ Nisaina ny agnarany lihilahy aby ze feno roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'i taranak'i Gada, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo. ²⁵ Niisa dimapolo sy enin-jato sy dimy arivo sy efatr'aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Gada. ²⁶ Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Joda, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo. ²⁷ Niisa Enin-jato sy efatra arivo sy fito aligna i reo hatamin'ny fokon'i Joda. ²⁸ Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Isakara, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokony razambeny sy ny fianakavian-dreo. ²⁹ Niisa Efajato sy efatra arivo sy dimy aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Isakara. ³⁰ Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze feno roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Zebolona, Hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo. ³¹ Niisa Efajato sy fito arivo sy dimy aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Zebolona. ³² Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Efraima, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny fianakavian-beny razambeny sy ny fianakavian-dreo. ³³ Niisa dimanjato sy efatr'aligna lahy reo hatamin'ny fokon'i Efraima. ³⁴ Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze feno roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokony razambeny sy ny fianakavian-dreo. ³⁵ Niisa Roan-jato sy roarivo sy telo

aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Manase.³⁶ Nisaina aby ny lihilahy ze feno roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Benjamina, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo.³⁷ Niisa Efajato sy dimy arivo sy telo aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Benjamina.³⁸ Nisaina aby ny lihilahy ze feno roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady hatamin'ny taranak'i Dana, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo.³⁹ Niisa Fiton-jato sy roarivo sy enin'aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Dana.⁴⁰ Nisaina aby ny agnaran'ny lihilahy ze roapolo taogna na mihoatsa afaka mandeha agn'ady aby hatamin'ny taranak'i Asera, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokony razambeny sy ny fianakavian-dreo.⁴¹ Niisa Diman-jato sy arivo sy efatr'aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Asera.⁴² Nisaina aby ny agnarany lihilahy ze roapolo taogna na mihotsa afaka mandeha agn'ady aby hatamin'ny taranak'i Naftaly, hatamin'ny firaketana an-tsoratsa ny atokon'ny razambeny sy ny fianakavian-dreo.⁴³ Niisa Efajato sy telo arivo sy dimy aligna lahy i reo hatamin'ny fokon'i Naftaly.⁴⁴ Niara nagnisa ny lihilahy aby reo, niaraka tamin'ny lihilahy roa ambin'ny folo ze nitarika ny foko roa ambin'ny folon'i Isiraely i Mosesy sy Arona.⁴⁵ Ko ny lihilahin'Isiraely roapolo taogna na mihoatsa aby, reo aby afaka miady agn'ady, de nisaina tsiraidraika tamin'ny fianakavian-dreo.⁴⁶ Niisa dimapolo sy dimanjato sy telo arivo sy enina hetsy lahy reo.⁴⁷ Fa tsa nisaina ze lihilahy taranak'i Levy,⁴⁸ satria nilaza tamin'i Mosesy i Yaveh hoe: " ⁴⁹ Tsa mahazo nagnisa ny fokon'i Levy agnao na mapiditsa anazy amin'ny tambaben'ny vahoakan'Isiraely. ⁵⁰ Fa zao, tindreo ny Levita hitandrigna ny taberinakelin'ny didim-pagnikena, sy hikarakara ny fanaka aby ao amin'ny tabernakely sy ny raha aby ao amizay. de aoka hibata ny tabernakely ny Levita, de aoka hitondra ny fanaky ny tabernakely reo. Aoka hikarakara ny tabernakely sy hitoby manodidina anizay reo. ⁵¹ Sy efa mila afindra ho amin'ny toeran-kafa ny tabernakely, de aoka hagnala anizay ny Levita. sy efa tokony hatoatsa ny tabernakely, de aoka hapetraky ny Levita zay. Ze ona hafa magnatogna ny tabernakely de tsy maintsy ho maty. ⁵² Sy efa mametraka ny lainy ny vahoakan' Isiraely, de aoka hanao anizay eo agnilan'ny faneva ze an'ny vondrognana mita-piadiana ny lihilahy tsiraidraika aby ⁵³ Neko zay aza, aoka hametraka ny lainy magnodidigna ny tabernakelin'ny didi-pagnikena ny Levita mba tsa ho avy amin'ny vahoakan'Isiraely ny fahasosorako. aoka tsa hikarakara ny tabernakelin'ny lalàn'ny fagnikem-pihavagnana ny Levita." ⁵⁴ Nanao anizay raha aby zay ny vahoakan'Isiraely. Nataon-dreo ze nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy.

Chapter 2

¹ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona ndraika i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ² " Ny Isiraelita tsiraidraika de tsy maintsy mitoby magnodidigna ny vondrony aby, Miaraka amireo fanevan'ny akohognadrain-dreo. Hitoby magnodidigna ny lafin'ny tragno lay fihaognana aby i reo. ³ Reo hitoby egn'ny atsinanan'ny tragno lay fihaognana, ze hiposahan'ny masoandro, de ireo ro tobin'i Joda de mitoby araka ny vondrognan-dreo. Nasona zanaka lahin'i Aminadaba ro pitarika ny vahoakan'i Joda. ⁴ Ny isan'ny vahoakan'i Joda de Eninjato sy fito arivo sy fito aligna. ⁵ Ny fokon'Isakara de tsy maintsy mivory eo agnilan'i Joda. Netanela zanaka lahin'i Zoara de tsy maintsy mitarika ny tafik'Isakara. ⁶ Lihilahy Efajato sy efatra arivo sy dimy aligna ro tao amin'ny fizaran'ny. ⁷ Ny fokon'ny Zebolona de tsy maintsy mivory eo agnilan'Isakara. Eliaba zanaka lahin'i Helona ro tsy maintsy mitarika ny tafik'i Zebolona. ⁸ Miisa Efajato sy fito arivo sy dimy aligna ny ao amin'ny fizarany. ⁹ Miisa Efajato sy enina arivo sy valo aligna sy ray hetsy. ny isan'ny tobin'i Joda aby Reo ro handeha voalohany. ¹⁰ Agny amin'ny ilany atsimo ro hisy ny tobin'i Robena araka ny tobin'i Robena de Elizora zanaka lahin'i Seder. ¹¹ Miisa Dimanjato sy enina arivo sy efatra aligna. ny ao amin'ny fizarany. ¹² Mitoby eo agnilan'i Simeona. Ny pitarika ny vahoakan'i Simeona de i Selomiela zanaka lahin'i Zorisaday. ¹³ Niisa Telonjato sy sivy arivo sy dimy aligna ny tao amin'ny fizaran-dreo. ¹⁴ Ny fokon'i Gada de teo agnilany teo. Ny pitarika ny vahoakan'Andriamagnitsa de i Eliasafa zanaka lahin'i Roela. ¹⁵ Miisa Dimapolo sy eninjato sy dimy arivo sy efatara aligna ny ao amin'ny fizarany. ¹⁶ Miisa Dimapolo sy efajato sy arivo sy dimy aligna sy ray hetsy reo aby mivory ao amin'i Robena araka ny fizarany. Reo ro handeha faharoa. ¹⁷ Magnaraka anizay, ny tragno lay fihaognana de tsy maintsy mienga ny toby miaraka amin'ny Levita eo agnison'ny toby aby. Tokony hienga ny toby araka ny filaharana nidiran-dreo tao amin'ny toby i reo. Ny lihilahy aby de tokony ho eo amin'ny toeran'ny aby, araka ny fanevany. ¹⁸ Ny fizaran'ny Tobin'ny Efraima de eo ambanin'ny vondrognan-dreo. Ny pitarika ny vahoakan'i Efraima de i Elisama zanaka lahin'i Amihoda. ¹⁹ Miisa Dimanjato sy efatra aligna ny ao amin'ny fizarany. ²⁰ Eo agnilan-dreo ro tokony hisy ny fokon'i Manase. Ny pitarika an'i Manase de i Gamaliela zanaka lahin'i Pedazora. ²¹ Miisa Roanjato sy roa arivo sy telo aligna ny ao amin'ny fizarany. ²² Eo agnilany ro misy ny fokon'ny Benjamina. Ny pitarik'i Benjamina de Abidana zanaka lahin'i Ggideony. ²³ Miisa efajato sy dimy arivo sy telo aligna ny ao amin'ny fizarany. ²⁴ Miisa Zato sy valo arivo sy ray hetsy i aby mitoby ao Efraima. Reo ro handeha fahatelo. ²⁵ Agny avaratsa ro hisy ny fizaran'ny tobin'i Dana. Ny pitarika ny vahoakan'i Dana de i Ahiezera zanaka lahin'i Amisaday. ²⁶ Miisa Fitonjato sy roarivo sy enina aligna ny ao amin'ny fizarany. ²⁷ Ny fokon'i Asera de nibotry teo agnilan'i Dana. Ny pitarika ny vahoakan'i Asera de i Pagiela zanaka lahin'i Okrana. ²⁸ Miisa Dimanjato sy arivo sy efatra aligna ny ao amin'ny fizarany. ²⁹ Teo agnilany ny fokon'i Naftaly. Ny pitarika an'i Naftaly de i Asira zanaka lahin'i Enana. ³⁰ Miisa Efajato sy telo arivo sy dimy aligna ny ao amin'ny fizarany. ³¹ Miisa Eninjato sy fito arivo sy dimy aligna sy ray hetsy reo aby nibotry niaraka tamin'i Dana. Reo ro handeha ao amin'ny toby farany, eo ambanin'ny fanevan-dreo. ³² Reo ro isan'ny Isiraelita araka ny fianakavian-dreo. Reo aby ro voaisa tao amin'ny tobin-dreo, araka ny fizaran-dreo de Dimapolo sy dimanjato sy telo arivo sy enina aligna. ³³ Fa Mosesy sy Arona de tsa nagnisa ny Levita tao amin'ny vahoakan'Isiraely. Zay de araka ny

efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.³⁴ Ny vahoakan'Isiraely de nanao ze nandidian'i Yaveh an'i Mosesy aby. Nibotry araka ny fanevan-dreo. Nienga ny toby araka ny fokony reo, araka ny filaharan'ny fianakavian'ny razambeny.

Chapter 3

¹ De zao ro tataran'ny taranak'i Arona sy Mosesy sy efa nitarogna tamin'i Mosesy Tagny amin'ny tendrombohitsa Sinay i Yaveh. ² Ny agnarany reo zanaka lahin'i Arona de i Nadaba lahimatoa, sy Abiho, Eleazara, de Itamara. ³ Reo ro agnarany zanaka lahin'i Arona, ny pisorogna ze voahosotsa sy voatokagna hanopo ho pisorogna. ⁴ Fa Nadaba sy Abiho kanefa nigietraka de maty teo agnilan'i Yaveh aby sy efa nanolotsa afo Anazy tsa azo ekena tagny amin'ny efits'i Sinay i reo. Tsa nanan-janaka i Nadaba sy Abiho, Ko de Eleazara sy Itamara hiany ro nanopo ho pisorogna niaraka tamin'i Arona rain-dreo ⁵ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh. Ko zao ro nataony: ⁶ "Fero ny fokon'i Levy de atorò an'i Arona pisorogna reo mba hagnapèny anazy. ⁷ De mba hataony ny adidy amin'ny anjaran'i Arona sy ny fivondrognana manotolo eo alohan'ny tragno lay fihaognana reo. de mba hanompo ao amin'ny tabernakely koa reo. ⁸ sady hikorakara ny fanaka ao amin'ny tragno lay fihaognana, de hagnampy ny fokon'Isiraely hagnatateraka ny asa fanopoana ny tabernakely. ⁹ Mba atoloro an'i Arona sy ny zanany lahy ny Levita. atoloro manontolo reo mba hagnampy anazy hanompo ny vahoakan'Isiraely. ¹⁰ Tsy maintsy tindrenao ho pisorogna i Arona sy ny zanany lahy, fa ze ona hafa firenena avy eo mandriny de tsy maintsy vonoana ho maty." ¹¹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ¹² "Io, efa nangalaka ny Levita hatamin'ny vahoakan'Isiraely Aho. Izay ro nataoko lehe tokony nangalaka ny lahimatoa tsiraidraika ze teraka tamin'ny vahoakan'Isiraely. Anahy ny Levita. ¹³ Anahy aby ze voalohateraka. Tamin'ny andro namilezako ny lahimatoa aby tagny Egipta, ro nanokanako ho anahy ny voalohateraky ny Isiraely aby, na ny vahoaka na ny biby fiompy. Anahy reo. Iaho ro Yaveh." ¹⁴ Nitarogna tamin'i Mosesy tagny agn'efits'i Sinay i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ¹⁵ "Isao isaky ny ankohonana ny taranak'i Levy, isaky ny akohonan'ny razamben-dreo. Isao ny lihilahy aby ze ray volagna ro ho miakatsa." ¹⁶ Nagnisa andreo i Mosesy, araka ny tarogn'i Yaveh, araka ny nandidiana azy ho atao. ¹⁷ Ny agnarany zanaky lahin'i Levy de Gersona, Kohata, ary Merary. ¹⁸ Ny fianakavian-be avy amin'ny zanaka lahin'i Gersona de Libny sy Simey. ¹⁹ Ny fianakavian-be avy amin'ny zanaka lahin'ny Kohata de Amrama, Izara, Hebrona, Ary Oziela. ²⁰ Ny fianakavian-be avy amin'ny zanaka lahin'ny Merary de Maly sy Mosy. Ireo ro fianakavian-ben'ny Levita, ze nalahatsa araka ny fianakaviany aby. ²¹ Ireo fianakavian-ben'ny Libnita sy ireo Simeita de avy amin'ny Gersona. Ireo aby ro fianakaviamben'ny Gersonita. ²² Ny lahy aby manomboka ray volagna ro miaraka de nisaina, niisa 7.500. ²³ Ny fianakavian-ben'ireo Gersonita de hitoby eo amin'ny ilany andrefanan'ny tabernakely. ²⁴ Eliasafa zanaka lahin'i Laela ro tsy maintsy hitarika ny fianakavian-ben'ny taranaky ny Gersonita. ²⁵ Ny fianakavian'i Gersona de tsy maintsy mikarakara ny tragno lay fihaognana ko ao agnatin'izay ny tabernakely. Hikorakara ny tragno lay reo, ny fitafiny, sy ny lamba apiasaina amin'ny fidiranana ao amin'ny tragno lay fihaognana. ²⁶ Tsy maintsy mikarakara ny lamba kianja reo, ny lamba eo amin'ny fidiran'ny kianja__ ny kianja ze mihodigna ny fitoerana masina sy n alitara. mba hikorakara ny tadin'ny tragno lay fihaognana sy ze aby ao amin-dreo. ²⁷ Hatamin'i Kohata ny fianakavian-be reo: fianakavian'ny Amaramita, ny fianakavian'ny Izarita, ny fianakavian'ny Hebrona, de ny fianakavian'ny Ozielita. ²⁸ An'i Kohatita reo fianakavian-be reo. Eninjato sy valo arivo lahy ray volagna ro ho miakatsa no efa voaisa mba hikorakara ny fanagnan'i Yaveh. ²⁹ Ny fianakavian'ny taranak'i Kohata de tsy maintsy mibotry miagnatsimon'ny tabernakely. ³⁰ Eliaza zanaka lahin'i Oziela ro tsy maintsy hitarika ny fianakavian-ben'ireo Kohatita. ³¹ Reo ro tsy maintsy mikarakara ny fiara, ny latabatsa, ny fitoeran-jiro, ny alitara, ny raha masina ze apiasaina amin'ny fanopoany, ny lamba, de ze asa aby mahakasika anizay. ³² Eleazara zanaka lahin'ny Arona pisorogna ro tsy maintsy hitarika ny lihilahy ze mitarika ny levita. Tokony hagnara-maso ny lihilahy ze mikarakara ny fitoerana masina i. ³³ anakavian-be roa ro hatamin'i Merary: ny fianakavian'ny Malita sy ny fianakavian'i Mosita. Reo fianakavian-be reo de hatamin'i Merary. ³⁴ Roanjato sy enina arivo lahy ray volagna ro miakatsa ro efa voaisa. ³⁵ Zoriela zanaka lahin'i Abihaila ro tsy maintsy hitarika ny fianakaviamben'i Merary. Tsy maintsy mivory miagnaravatsy ny tabernakely reo ³⁶ Ny taranak'i Merary de tokony hikorakara ny rafitsy ny tabernakely, ny barany, tsanganany, faladiany, ny fitaovana aby, sy ze mahakasika anireo, ao agnatin'izay ³⁷ ny andry sy ny tsanganany kianja ze magnodidigna ny tabernakely, miaraka amireo faladian'ny, fagnatognan-draha sy tady. ³⁸ Mosesy sy Arona de ny zanaka lahin-dreo de tsy maintsy hibotry miagnatsinanana ny tabernakely, eo alohany tragno lay fihaognana, tandrifiny fiposahany masoandro. Reo ro topon'andraikitsa ho an'ny fagnatigniana ny adidy amin'ny fitoerana masina sy ny adidy amin'ny vahoakan'Isiraely. Na ia na ia ona hafa firenena magnatogna ny fitoerana masina de tsy maintsy ho maty. ³⁹ Mosesy sy Arona nagnisa ny lahy aby tamin'ny fianakavian-ben'i Levy ze ray vlagna ro hiakatsa, arak'ze nandidian'i Yaveh. Niisa roa arivo sy roa aligna reo. ⁴⁰ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Mosesy: " Isao ny voalohateraky ny vahoakan'Isiraely aby ze ray volagna ro ho miakatsa. Raiso ny agnarany-dreo. ⁴¹ De mba alao ho Aanahy ny Levita__ Iaho Yaveh__ho solon'ny voalohateraky ny vahoakan'Isiraely, sy ny biby fimpin'ny Levita ho solon'ny voalohateraky ny biby fiompin'ny taranak'Isiraely." ⁴² Mosesy niasa ny voalohan-teraky ny vahoakan'Isiraely aby araka ze efa nandidian'i Yaveh anazy hatao. ⁴³ Nagnisa ny lahimatoa aby araka ny agnarany i, ray volagna ro ho miakatsa. Nahavaoaisa Telo amby fitopolo sy roanjato sy roarivo sy roa aligna lahy. ⁴⁴ Nitarogna tamin'ny Mosesy ndraika i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ⁴⁵ Alao ny Levita ho solon'ny voalohateraky ny amin'ny vahoakan'Isiraely, de alao ny biby fiopin'ny Levita ho solony biby fiompiny vahoaka. Anahy ny Levita__ Iaho ro Yaveh. ⁴⁶ Magnangona sekely dimy ho an'ny fagnavotana isan'ona amin'ny voalohateraky ny vahoakan'Isiraely ze mihoatsa ny isan'ny levita. ⁴⁷ Apiasao araka ny fenitsy ny lanjanao ny sekelin'ny fitoerana masina. Gera roapolo sekely. ⁴⁸

Homenao an'i Arona sy ny zanany lahy ny vidim-pagnavotana ze naloanao." ⁴⁹ Ko de nagnangogna ny vidin'ny fagnavotana avy hatamireo ze nihoatsa isa tamireo navotan'ny Levita i Mosesy. ⁵⁰ Nagnangogna ny vola hatamin'ny voaloha-teraky ny vahoakan'Isiraely i Mosesy. Nahangogna sekely Dimy amby enipolo sy telonjato sy arivo i,nolanjaina tamin'ny sekelin'ny fitoerana masina. ⁵¹ Mosesy nagnome vola-pagnavotana ho an'i Arona sy ny zanany lahy. Mosesy nanao ze nataon'i Yaveh ho tarogniny, arak'ize efa nandidian'i Yaveh anazy.

Chapter 4

¹ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ² "Manaova fanisana an'ireo lihilahin'ny taranak'i Kehata eo amireo Levita, araka ny fokon-dreo sy ny razamben'ny akohognan-dreo. ³ Isao ny lihilahy aby ze telopolo hatramin'ny dimapolo taogna. Reo lihilahy reo de tsy maintsy magnatevin-daharana ny antoko mba hanompo ao amin'ny tragno lay fihaognana. ⁴ Ny taranak'i Kehata de tsy maintsy mikarakara ny raha masina ndrindra natokagna ho Anahy ao amin'ny tragno-lay fihaognana. ⁵ Sy efa miomagna hifindra toerana ny toby, de tsy maintsy miditsa ao amin'ny lay i Arona sy ny zanany lahy, mapidigna ny lamba fanakognana ze magnasaraka ny toerana masina ndrindra amin'ny toerana masina de manarogna ny fiaran'ny vavolombelogna miaraka amizay. ⁶ Tsy maintsy manarogna ny fiara amin'ny hodi-takasy i reo Tsy maintsy mamelatsa lamba manga eo ambonin'izay i reo. Tsy maintsy apetany ny bô hilanjana anizay. ⁷ Tsy maintsy mamelatsa lamba manga eo ambonin'ny latabatsy ny mofon'ny fagnatrehana reo Reo de tsy maintsy mametraka reo vilia ,reo fiteko , reo vilia boribory , de siny fagnongana eo ambonin'ny zany . tsy maintsy misy mofo ihany eo ambonin'ny latabatsa . ⁸ Tsy maintsy sarognandreo amin'ny lamba jaky sy amin'ny hodi-takasy reo. Tsy maintsy apetan-dreo reo bao mba hhilanjana ny latabatsa. ⁹ Tsy maintsy mangalaka lamba manga reo de manarogna ny fitoeran-jiro, miaraka amin'ny fanilon'ny zany , reo hety ,reo fitoeran-davelogna , de reo fitoeran-diloilo aby ho an'ireo fanilo. ¹⁰ Tsy maintsy apetran-dreo ao agnatin'ny fanarognana vita amin'ny hodi-takasy ny fanaovan-jiro sy reo fitaovana aby miaraka amin'ny zany , de tsy maintsy apetran-dreo eo ambonin'ny rafitsa filanjana zany . ¹¹ Tsy maintsy mamelatsa lamba manga eo ambonin'ny alitara volamena reo . Tsy maintsy manarogna zany amin'ny fanarognana vita amin'ny hodi-takasy reo , de sy avy eo mametraka reo bao filanjana. ¹² Tsy maintsy mangalaka reo fitaovana hiasana aby agny amin'ny toerana masina reo de mamono an'ny zany ao agnatin'ny lamba manga . Tsy maintsy manarogna an'ny amin'ny hodi-takasy reo de mametraka reo fitaova-piasana eo amin'ny rafitra filanjana . ¹³ Tsy maintsy magnala reo lavelogna amin'ny alitara reo de mamelatsa lamba voloparasy eo amin'ny alitara. ¹⁴ Tsy maintsy apetran-dreo ny rafitsa filanjana reo fitaovam-piasana aby zay apiasain-dreo amin'ny asan'ny alitara . Reo fitaovana reo de ny fitondrana afo , fitreby , lapenina , vilia famafazana , de reo fitaova- piassana hafa aby ho an'ny alitara. Tsy maintsy manarogna ny alitara amin'ny hodi-takasy reo de avy eo mametraka reo bao filanjana. ¹⁵ Lefa tapy nanarogna tateraka ny toerana masina sy reo fitaova-piasana aby niaraka tamin'ny zany i Arona sy reo zanany lahy , de lefamifindra toerana ny toby , de tsy maintsy magnatogna nba hilanja ny toerana masina reo taranak' i Kehata . Lehe mikasika reo fitaovana masina reo , de tsy maintsy maty. Zao no asan' reo taranak' i Kehata, de ny milanja reo fanaka ao amin'ny trano lay fihaonana . ¹⁶ Eleazara zanaka lahin'i Arona pisorogna ro magnara-maso ny fikarakarana ny solika ho an'ny fanilo , ny diti-kazo magnitsa , ny fanititsa voa mahazatsa de ny diloilo fagnosotsa .Manara-maso ny fikarakarana ny tabernakely manontolo sy zay aby ao agnatin'ny zany i , de ny toerana masina sy reo fitaova-piasana aby miaraka amin'ny zany ". ¹⁷ Nitarogna tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh . Hoy i hoe : ¹⁸ "Aza avela ho alana eo amin'ny reo Levita ny fokon'ny fianakaviamben'ny Kehitita . ¹⁹ Arovy reo , mba ho velogna fa tsa maty , amin'ny alalan' ny fanaovana zao. Lefa magnatogna re raha masina indrindra reo . ²⁰ De tsa tokony hiditsa mba hijery ny toerana masina na de fotoagna kely aza , sao de ho maty reo . Arona sy reo zanany lahy no tsy maintsy miditsa ao , de avy eo Arona sy reo zanany lahy de tsy maintsy manendry ny tsirairay amin'ny asany aby amin'ny andraikiny manokagna." ²¹ ²¹Niresaka tamin'i Mosesy koa i Yaveh .De zao ro nataony hoe: ²² "Anaovo fagnisana hiany koa ny taranak'i Gersona, araka ny ankohonan'ny razamben-dreo, araka ny fokon-dreo. ²³ Isao ze telopolo hatamin'ny dimapolo taogna. Isao ze hagnatevin-daharana ny antoko mba hanompo ao amin'ny tragno-lay fihaognana. ²⁴ Izao ro anisan'ny fokon'ny Gersonita, sy efa manompo reo de mitondra entagna. ²⁵ Tsy maintsy mitondra ny lamba fanokanana ny tabernakely, ny tragno-lay fihaognana, ny fanarognana zay, ny fanarognana vita amin'ny hodi-takasy ze eo amizay, de ny lamba fanokanana ny fidirana ao amin'ny tragno-lay fihaognan-dreo. ²⁶ Tsy maintsy mitondra ny lamba fanokanana ny fitsaràna reo, ny lamba fanakonana ny vavahadin'ny fitsaràna, ze eo agnalan'ny alitara, ny tadin'ny, de ny fitaovana aby ho an'ny fanopoa-dreo. I aby de tokony ho vita amin'ny raha reo, de tsy maintsy ataon-dreo. ²⁷ Arona sy ny zanany lahy de tsy maintsy manoro ny asan'ny taranaky Gersonita aby, amin'ze ferin-dreo aby, sy amin'ny fanompoan-dreoaby. Tsy maintsy tindrenareoamin'ny andraikitsany aby i. ²⁸ Izay ro fanompoan'ny fokon'ny taranaky ny Gersonita ho an'ny tragno-lay fihaognana. Itamara zanaka lahin'i Arona mpisorogna de tsy maintsy mitarika an-dreo amin'ny fanompoany. ²⁹ Tsy maintsy magnisa ny taranak'i Merary araka ny fokon-dreo agnareo, sy mandahatsa an-dreo araka ny ankohonan'ny razamben-dreo, ³⁰ manomboka amin'ny telopolo taogna ro ho mihoatsa ko hatamin'ny dimampolo taogna. Isao aby ze handeha hagnatevin-daharagna ny antoko sy hanompo ao amin'ny tragno-lay fihaognana. ³¹ Zaoro andraikitsan-dreo sy ny asan-deo amin'ny fanompoany aby ho an'ny tragno-lay fihaognana. Tsy maintsy mikarakara ny entagnan'ny tabernakely, ny hidin'izay, ny andry, sy ny faladia, ³² miaraka amin'ny amin'ny andrin'ny fitsaràna manodidigna ny tabernakely, ny faladian-dreo, ny tsatokany, sy ny tadin'ny, miaraka amin'ny fitaovany aby reo. Sorato araka ny agnarana ny fanaka ze tsy maintsy ferin-dreo. ³³ Zao ro asan'ny fokon'ny taranak'i Merary, ze ataon-dreo ho an'ny tragno-lay fihaognana, eo ambany

fitarihan'Itamara zanaka lahion'i Arona mpisorogna.³⁴ Mosesy sy Arona sy ny mpitarija ny fivondrognana ro nagnisa ny taranak'i Kehatita araka ny fokon'ny razamben-dreo.³⁵ Nagnisan-dreo manomboka amin'ny telompolo ko hatamin'ny dimampolo taogna reo. Nagnisa ze hagnatevin-daharagna aby ny antoko mba hanompo ao amin'ny tragno-lay fihaogna reo.³⁶ Olo 2. 750 ro voaisan-dreo araka ny fokony. Mosesy sy Arona de nagnisa ny olo aby tao amin'ny Kehatita ze manompo ao amin'ny tragno-lay fihaogana. tamin'ny fanaovanana izay, de nakatogna ze nodidaian'i Yaveh ho ataon-dreo tamin'ny alalan'i Mosesy reo.³⁸ Ny taranak'i Gersona de nagnisa tao amin'ny fokon-dreo, araka ny ankohonan'ny fianakavian-dreo,³⁹ manomboka amin'ny telompolo ko hatamin'ny dimampolo taogna. ze aby hiditsa ao amin'ny antoko mba hanompo ao amin'ny tragno-lay fihognana.⁴⁰ Ny ona aby, de nagnisa araka ny fokon-dreo sy ny ankohonan'ny razamben-dreo aby, 2. 630 isa. Mosesy sy Arona de nagnisa ny fokon'ny taranak'i Gersona ze hanompo ao amin'ny tragno-lay fihaogana. Tamin'ny fanaovana izay, de nankatoa ze nodidian'i Yaveh ho ataon-dreo amin'ny talalan'i Mosesy an-dreo.⁴² ny taranak'i Merary de nagnisa tao amin'ny fokon-dreo araka ny ankohonan'ny razamben-dreo,⁴³ manomboka amin'ny telompolo ko hatamin'ny dimampolo taogna, ze hidirana aby ao amin'ny antoko mba hanompo ao amin'ny tragno-lay fihaogana.⁴⁴ Ny ona aby, de nagnisa araka ny fokon-dreo sy ny ankohonan'ny razamben-dreo aby, 3. 200 isa.⁴⁵ Nagisa ny ona aby reo i Arona sy Mosesy, de ny taranak'i Merary. Tamin'ny fanaovana izay, de nankatoa ze nodidian'i Yaveh ho ataon-dreo tamin'ny alalan'i Mosesy an-dreo.⁴⁶ Ko nagnisa ny Levita aby araka ny fokon-dreo tao amin'ny fianakavian'ny razambeny⁴⁷ nanomboka tamin'ny telompolo ko hatamin'ny dimampolo taogna i Mosesy, Arona, sy ny mpitarik'Israely. Nagnisan-dreo ze aby hiasa ao amin'ny tabernakely, sy ze hitondra sy hikarakara ny fanaka ao amin'ny tragno-lay fihaogana.⁴⁸ Ona 8. 580 ro voaisan-dreo.⁴⁹ Araka ny didin'i Yaveh, de nagnisa ny ona tsiraidraika i Mosesy, araka ny karazagn'asa ze nanondroana azy aby. Nagnisa ny ona tsiraidraika nosahagniny aby i.Tamin'ny fanaovana izay de nankatoa ze nodidian'i Yaveh ho ataon-dreo tamin'ny alalan'i Mosesy an-dreo.

Chapter 5

¹ Yaveh niresaka tamin'i Mosesy. Hoy I hoe: ² "Didio ny vahoakan'Israely mba handroaka ny aby misy aretin-koditsa hiala ao amin'ny toby, sy ze aby misy fery mitsika, sady ze aby maloto tamin'ny fikasihana faty. ³ Na lilihahy na apela, de aoka halefanao hiala ao amin'ny toby reo. Aoka tsa handoto ny toby reo, satria ao ro mitoatsa Aho." ⁴ De nanao izay ny vahoakan'Israely. De nalefan-dreo hiala tao amin'ny toby reo, araka ny nandidianan'i yaveh an'i Mosesy. De nankatoa an'i Yaveh ny vahoakan'ny Israely. ⁵ Niresaka tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh. Hoy I: ⁶ "Miresaka amin'ny vahoakan'Israely. Lefa manao fahotana ny lilihahy na ny apela tahaka ny ifanaovan'ny ona, sady tsa mahatoky amin'ahy, de meloka izay ona izay. ⁷ Sady tsy maintsy magneky hagnonitsa tanteraka ny vidin-keloka sy hagnampy ny avo dimy heny ny amin'ny vidiny. Tsy maintsy hagnome izay amin'ny ze nanaovany ny tsa mety i. ⁸ Fa lehe tsa managna havana mariny mba handray ny onitsa ny niharan'ny tsa mety, de tsy maintsy honerany amin'ahy amin'ny alalan'ny pisorogna ny vidin-kelony, miaraka amin'ny ondry raika ho fagnavotana ny tegnany. ⁹ Ny fagnatitsy ny vahoakan'Isiraely aby, ny raha ze natokagna sy noferina tagny amin'ny pisorogna hatamin'ny vahoakan'Isiraely, de ho anazy aby. ¹⁰ Ny fagnatitsy ny ona aby de ho an'ny pisorogna; lehe misy magnome raha ho an'ny pisorogna, de ho anazy zay." ¹¹ De niresaka tamin'ny Mosesy ndraika i Yaveh. Zao ro nataony: ¹² "Mirisaha ho an'ny vahoakan'Isiraely. Lazao reo hoe: 'Raiso hoe mivadika ny vadin-dralihilahy de manota amin'ny vadiny. ¹³ De raiso hoe misy lilihahy hafa miara matory aminazy. amizay de voaloto i. Neko de fantany vadiny aza zay na fatany ny momba anizay, sady neko de tsa misy mahafatatsa eo apanaovana anizay sady tsa misy neko raika aza mijoro vavolombelogna miapanga anazy, ¹⁴ neko de zay aza, ny fagnahin'ny fahasaratapiaro de mapahafatatsa hatragny amin'ny lahy fa voaloto ny vadiny. Fa zao, ny fagnahin'ny hasarotapiaro de ho avy handenga amin'ny lilihahy sy efa tsa voaloto ny vadiny. ¹⁵ Ami tranga tahaka anizay, ny lilihahy de tokony hitondra ny vadiny ho agny amin'ny pisorogna. Tsy maintsy mitondra kobam-bary apahafolon'ny efaha i. tsa mahazo mandraraka menaka na didikazo magnitsa amizay i satria fagnatitsa varin'ny hasarotapiaro zay, fagnatitsa hohanina ho famatarana ny mety ho fisian'ny fahotana ¹⁶ Mba hitondra anazy mariny de hametraka anazy eo agnatrehan'i Yaveh ny pisorogna. ¹⁷ mba hangalaka ny sinin-drano voahasina sady hangalaka vovoka hatamin'ny tanin'ny Tabernakely ny pisorogna. mba hagnisy ny vovoka ao agnatin'ny rano i. ¹⁸ Ny pisorogna hametraka ny apela eo agnatrehan'Andriamagnitsa sady hamaha ny volo eo an-dohan-drakialavavy. Hapetany eo atagnany ny fagnatitsa voa fahatsiarovana, ze fagnatitsa voan'ny ahiahy. hitagna mafy ny rano mangidy ze mety hitondra ozogna amin'ny tagnan'ny pisorogna. ¹⁹ Hametraka ny apela eo ambanin'ny fianagnana ny pisorogna sady hilaza hoe: "Lehe vona tsa nisy lilihahy hafa nanao firaisana aranofa taminao, sady lehe tsa nianiasia sy nanao fahalotoana, de afaka amin'ity rano mangidy ze mety hitondra ozogna ty ²⁰ lehe agnao, apela voafatotsy ny vadiny, ro efa nianiasia, de lehe voaloto agnao, sady lehe nisy lilihahy hafa niara-natory taminao, ²¹ de, (tsy maintsy ny pisorogna ro mapanao fianagnana ze afaka mitondra ny ozogna aminazy amin-dra kialavavy, de tsy maintsy hanohy resaka amin-dra kiala vavy i.) 'Yaveh hanao anao agnaty ozogna ze hatoro aminy vahoakanao ho tahaka anizay. De hitranga zay lehe ataon'i Yaveh mipika ny fenao sady mivoto ny kibonao. ²² Ity rano ze mitondra ozogna ty de hiditsa ao amin'ny vavogninao de hapivoto ny kibonao sady harary ny fenao.' De mba hamaly rakialavavy hoe: " Eka, avilao hiboaka zay lehe meloka aho." ²³ Hanoratsa anireto ozogna reto ao amin'ny horogna-taratasy ny pisorogna,de aoka hodiovin'ny ao amin'ny rano mangidy ny ozogna voasoratsa. ²⁴ Mba hapisotro ny rano mangidy ze mitondra ozogna ho an'ny apela ny pisorogna. Ny rano ze mitondra ozogna de hiditsa ao aminazy de hanjary hangidy. ²⁵ Mba hagnala fagnatitsa voan'ny hasarotapiaro amin'ny tagnan'ny apela i.Mba hitagna ny fagnatitsa voa eo alohan'i Yaveh sady

hitondra anizay eo amin'ny alitara i.²⁶ Mba hangalaka voa ndraika ny tagnana ho fagnatitsa fanehoana ny pisorogna, de handoro anizay eo amin'ny alitara. De mba hameny ny apela ny rano tena mangidy mba hosotroana.²⁷ Lefa nameny anazy ny rano ho sotroana, lehe voaloto satria efa nanota tamin'ny vadiny i, de hiditsa aminazy ny rano ze mitondra ozogna sady nanjary hangidy. Hivoto ny kibony sady harary ny feny. Ho voaozogna eo amin'ny olony ny apela.²⁸ Fa lehe tsa voaloto kanefa rakialavavy sady lehe madio i, de tsy maintsy ho afahana. sady afaka hanagn'anaka i.²⁹ Izay ro lalàna ny hasarota-piaro. Izay ro lalàna ho an'ny apela ze mania amin'ny vadiny sady voaloto.³⁰ Izay ro lalàna ho an'ny lihilahy managna ny fagnahin'ny hasarotapiaro aby saropiaro amin'ny vadiny i. De mba hitondra apela eo alohan'i Yaveh i, de aoka ny pisorogna hanao ami'ze aby voafarits'io lalànan'ny hasarota-piaro io.³¹ Ko de ho afaka amin'ny fahamelohana ny amin'ny fitondrana ny vadiny teo amin'ny pisorogna ny lihilahy. mba hitondra ny heloka ze mety hanagnany ny apela."

Chapter 6

¹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy. Zao ro nataony hoe:² "Mitarogna amin'ny vahoakan'Isiraely hoe: ' Lehe misy lihilahy na apela mitoka-tegna ho an'i Yaveh amin'ny voady manokan'ny Nazirita,³ de mba hifady dovay na zava-pisotro mahery i. Mba tsa hisotro vinegra natao tamin'ny dovay na tamin'ny zava-pisotro mahery i. Mba tsa hisotro ranomboaloboloka i na hihinana voaloboka soa na voaloboka maigna.⁴ Amin'ny andro aby ze hitokagnany ho Anahy, de mba tsa hihinana na ina na ina ze vita amin'ny voaloboka i, anisan'izay ny raha aby vita hatramin'ny voany ko hatramin'ny hodiny.⁵ Mandritsa ny fotoan'ny voadi-pitokanany aby, de tsa hisy hareza hapiasaina amin'ny lohany mandrapahatapitsy ny andron'ny fitokanany ho an'i Yaveh. Mba hatokagna ho an'i Yaveh i. de hamela ny volony hihalava amin'ny lohany i.⁶ Mandritsa ny fotoagna aby ze hitokanany ho an'i Yaveh, de mba tsa handriny faty i.⁷ Mba tsa handoto ny tegnany i eny fa neko de ho an'i rainy, reniny, rahalahiny, na anabaviny aza, lehe maty reo. Izay de efa natokagna ho an'Andriamagnitsa i, ze hitan'ny ona amin'ny halavan'ny volony.⁸ Mandritsa ny fotoagnan'ny fitokanany aby de masina i, voatokagna ho an'i Yaveh.⁹ Lehe misy ona maty tampoka eo agnilany ko mandoto ny lohany voamasina, de mba hagnareza ny lohany i amin'ny andron'ny fagnadiovana anazy__amin'ny andro fahafito ro tsy maintsy hagnarezainy zay.¹⁰ Amin'ny andro fahavalo de mba hitondra voromahilala roa na zanaborimahilala roa ho an'ny pisorogna eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny tragno-lay fihagnana i.¹¹ Mba hanolotsa vorogna raika hatao fagnatitsa tratsan'ny ota de raika hafa ho fagnatitsa dorana ny pisorogna. Reo de hagnonitsa anazy satria nanota tamin'ny nahateo agnilan'ny faty anazy i. Mba hagnamasina ny lohany ndraika i amizay andro zay.¹² Mba hanoka-tegna ho an'i Yaveh mandritsa ny andron'ny fagnamasinana anazy i. de mba hitondra zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa noho ny heloka i. Ny andro nialohan'ny nandotoany ny tegnany de mba tsa hisaina, satria nolotoana ny fahamasinany.¹³ Izay ro lalàna momba ny Nazirita aby feno ny fotoagnan'ny fitokanany. Mba ho ferina eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny tragno-lay fihagnana i.¹⁴ De mba hanolotsa ny fagnatiny ho an'i Yaveh i. mba hanolotsa zanak'ondry lahy heritaogna sady tsa misy kilema ho fagnatitsa dorana i. de mba hanolotsa zanak'ondry vavy tsa misy kilema ho fagnatitsa noho ny ota i. de mba hitondra ondrilahy ze tsa misy kilema ho fagnati-pihavagnana i.¹⁵ Mba hitondra mofo tsa misy lalivay ndraika ny harogna, mofo vita amin'ny kobam-bary soa toto mifangaro menaka, mofo manify tsa misy lalivay najoboka tagnaty menaka, miaraka amin'ny fagnatitsa hohanina sy fagnatitsa sotroana hiany koa i.¹⁶ De mba hanolotsa anireo eo agnatrehan'i Yaveh ny pisorogna. hanolotsa ny fagnatitsa noho ny otany sy ny fagnatitsa dorany i.¹⁷ Miaraka amin'ny mofo tsa misy masirasira ndraika ny harogna, na mba hanolorany ny ondrilahy ho sorogna, de ny fagnati-pihavagnana ho an'i Yaveh. De mba hanolotsa ny fagnatitsa hohanina sy ny fagnatitsa sotroana hiany koa ny pisorogna.¹⁸ Mba hagnareza ny lohany hiany koa ny Nazirita ho fanihoana ny fitokanany ho an'Andriamagnitsa eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny tragno lay fihagnana. Mba hangalaka ny volo eo andohany i sady hanipy anizay ao agnaty afo ze ao ambanin'ny sorogna ho fagnati-pihavagnana.¹⁹ Mba hangalaka ny soroky ny ondrilahy mangotraka, ila-mofo tsa misy lalivay ao amin'ny harogna, de mofo manify tsa misy lalivay raika ny pisorogna. De mba ham,etraka an'ireo eo atagnan'ny Nazirita i sy efa avy nagnareza ny lohany hanihoana ny fitokagnany i.²⁰ Ny pisorogna de mba hagnevaheva ny ho fagnatitsa eo agnatrehan'i Yaveh,anjara masin'ny pisorogna, miaraka amin'ny tratra ze nahevaheva sy ny fe ze natolotsa ho an'ny pisorogna. Afaran'izay de afaka misotro dovoay ny Nazirita.²¹ Izay ro lalàna ho an'ny Nazirita ze mivoady hitondra ny fagnatiny ho an'i Yaveh ho an'ny fitokanany. Na ina na ina mety hameny, de mba hitandrigna ny didiny reo adidin'ny voady nataony i, mba hitàgna ny fapagnatigniana lazain'ny lalàna ho an'ny Nazirita."²² Nitarogna tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh. Zao ro nataony:²³ "mitarògna amin'i Arona sy ny zanany lahy. Lazao hoe: 'Tsofonareo rano amizao fomba zao ny vahoakan'Isiraely. Lazaonao amin-dreo hoe:²⁴ "Hitahy anao sy hiaro anao anie i Yaveh.²⁵ Hapamirapiratsa ny tavany aminao sy hamindra fo aminao anie i Yaveh.²⁶ Hijery anao amim-pakasitrahana sy hagnome fiadanana anao anie Yaveh."²⁷ Amizay fomba zay ro tsy maintsy hamitrahana-dreo ny agnarako eo amin'ny vahoakan'Isiraely. De hitahy an-dreo Aho."

Chapter 7

¹ Tamin'ny andro nahavitan'i Mosesy ny tabernakely, de nohosorany zay de natokany ho an'i Yaveh, niaraka tamin'ny fanaka aby. Nataony tahaka anizay koa ny alitara sy ny fanaka aby. Nohosorany zay de natokany ho an'i Yaveh.² Tamizay andro zay de nanolotsa sorogna ny pitarik'Isiraely, sy ny lohany sy ny lohan'ny fianakavian'ny razambeny. Reo lihilahy reo ro nitarika ny foko.Reo ro nagnaramaso ny fagnisana ny ona tamin'ny fagnisam-bahoaka.³ Noferin-dreo teo agnatrehan'i Yaveh ny fagnatitsan-dreo. Nitondra sarety misarogna enina sy ômby roa ambiny folo reo, de ny pitarika

tsiraidraika de nitondra ômbry raika aby. Nitondra sarety raika isaky ny pitarika roa aby reo, de ny pitarika tsiraidraika de nitondra ômbry raika aby. Naterin-dreo teo agnatrehany ny tabernakely reo raha aby reo. ⁴ De niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh. Zao ro nataony hoe: " ⁵ Ikeo ny fagnatitsa hatamin-dreo de apiasao ho amin'ny asa ao amin' ny tragno lay fihiaognana ny fagnatitsa, de amin'ny tsiraidraika araka ny ilain-dreo amin'ny asany aby." ⁶ Nalain'i Mosesy ny sarety sy ny ômbry, de nameny an'ny Levita. ⁷ Nagnome sarety roa sy ômbry efatsa ho an'ny taranak'i Gersona i, nohon'ny filan-dreo amin'ny asany. ⁸ Nagnome sarety efatsa sy omby valo ho an'ny taranak'i Merary i, ho eo amin'ny fiahian'i Itamara zanak'i Arona pisorogna. Nataony zay noho ze notakian'ny asan-dreo. ⁹ Fa tsa nagnome na ina na ina tamin'ny rahareo ho an'ny taranak'i Kehata i, satria nian-dreo de asa mifandraika amin'ny raha ze an'i Yaveh ze ho bataina eo an- tsorony. ¹⁰ Nanolotsa ny fagnomezana ny pitarika mba ho an'ny fanokanana ny alitara tamin'ny andro ze nagnosoran'i Mosesy ny alitara. Nanolotsa ny sorony teo alohan'ny alitara ny pitarika. ¹¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Mosesy hoe: "Ao mba ny pitarika tsiraidra mba hanolotsa ny sorony amin'ny and'rony ho an'ny fanokanana ny alitara." ¹² Tamin'ny andro voalohany, de Nasona zanak'i Aminadaba, hatamin'ny fokon'i Joda, ro nanolotsa ny sorony. ¹³ Ny sorony de vilia volafotsy raika milanja sekely 130 sy vilia jobo raika milanja sekely fitopolo, araka ny lanjany sekelin'ny toerana masina. reo raha reo de samy feno dovay sy lafarinina soa toto mifangaro menaka hatao fagnatitsa hohanina. ¹⁴ Nagnome vilia volamena raika milanja sekely folo sady feno ditikazo magnitsa i. ¹⁵ Nagnome vatots'ômbry lahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna, ho fagnatitsa doroana i. ¹⁶ Nagnome osilahy ho fagnatitsa nohon'ny ota i. ¹⁷ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy dimy ze heritaogna i, Izay ro sorogn'i Nasona zanak'i Amadaba. ¹⁸ Tamin'ny andro faharoa, Netanela zanak'i Zoara, pitarik'i Isakara, ro nanolotsa ny sorony. ¹⁹ Nanolotsa vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo i ho sorony, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo. ²⁰ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i. ²¹ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna, ho fagnatitsa doroana koa i. ²² Nagnome osilahy raika ho fagnatitsa nohon'ny ota i. ²³ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, ho sorogna hatao fagnati-pihavagnana i. Izay ro sorogn'i Netanela zanak'i Zora. ²⁴ Tamin'ny andro fahatelo, Eliaba zanak'i Helona, pitarika ny taranak'i Zebolona, ro nanolotsa sorogna. ²⁵ Ny sorony de vilia volafotsy raika milanja sekely 130, de vilia jobo raika milanja sekely fitopolo araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho an'ny fagnatitsa hohanina reo raha reo. ²⁶ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i. ²⁷ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa doroana i. ²⁸ Nagnome osilahy raika ho fagnatitsa nohon'ny ota i. ²⁹ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy dimy ze heritaogna, ho sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Izay ro sorogn'i Eliaba zanak'i Helona. ³⁰ Tamin'ny andro fahaefatsa, Elizora zanak'i Sedeora, pitarika ny taranak'i Robena, ro nanolotsa ny sosony. ³¹ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo. ³² Nagnome vilia volamena raika milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i. ³³ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa doroana i. ³⁴ Nagnome osilahy ho fagnatitsa nohon'ny ota i. ³⁵ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy dimy ze heritaogna, ho sorogna ho an'ny ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Izay ro sorogn'i Elizora zanak'i Sedora. ³⁶ Tamin'ny andro fahadimy, Selomiela zanak'i Zorisaday, pitarika ny taranak'i Simeona, ro nanolotsa ny sorony. ³⁷ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandany lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo. ³⁸ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i. ³⁹ Nagnome vantots' ômbilahy raika, ondry raika de zanak'ondry lahy herintaogna hatao fagnatitsa doroana i. ⁴⁰ Nagnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota i. ⁴¹ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze herintaogna, ho sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorognan'i Selomiela zanak'i Zorisaday. ⁴² Tamin'ny andro fahenina, Eliasafa zanak'i Doela, mpitarika ny taranak'i Gada, ro nanolotsa ny sorony. ⁴³ Ny sorony de vilia volafotsy raika milanja sekely 130 sy vilia jobo raika milanja sekely fitopolo, araka ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo. ⁴⁴ Nagnome vilia volamena raika milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa magnitsa koa i. ⁴⁵ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa doroana i, ⁴⁶ Nagnome osilahy raika ho fagnatitsa nohon'ny ota i. ⁴⁷ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de ondrilahy raika ze heritaogna, ho sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Eliasafa zanak'i Doela. ⁴⁸ Tamin'ny andro fahafito, Elisama zanak'i Amihoda, pitarika ny zanak'i Efraima, ro nanolotsa ny sorony. ⁴⁹ Ny sorony de vilia volafotsy sekely milanja 130 sy vilia jobo raika milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo. ⁵⁰ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa hiany koa i. ⁵¹ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika de zanak'ondry lahy herintaogna hatao fagnatitsa doroana i. ⁵² Nagnome osilahy raika ho fagnatitsa hon'ny ota i. ⁵³ Nagnome ômbry roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Elisama zanak'i Amihoda. ⁵⁴ Tamin'ny andro fahavalo, Gameliela zanak'i Pedazora, pitarika ny taranak'i Manase, ro nanolotsa ny sorony. ⁵⁵ Ny sorony de vilia jobo milanja sekely 130 sy vilia volafotsy milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa mifangaro menaka hatao fagnatitsa hohanina reo raha reo. ⁵⁶ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i. ⁵⁷ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa doroana i. ⁵⁸ Nagnome osilahy raika ho

fagnatitsa nohon'ny ota i.⁵⁹ Nagnome ômbly roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Gamaliela zanak'i Pedazora.⁶⁰ Tamin'ny andro fahasivy, Abidana zanak'i Gideony, pitarika ny taranak'i Benjamina, ro nanolotsa ny sorony.⁶¹ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka hatao fagnatitsa hohanina reo raha reo.⁶² Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i.⁶³ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna ho fagnatitsa doroana i.⁶⁴ Nagnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota i.⁶⁵ Nagnome ômbly roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Abidana zanak'i Gideony.⁶⁶ Tamin'ny andro fahafolo, Ahiezera zanak'i Amisaday, pitarika ny taranak'i Dana, ro nanolotsa ny sorony,⁶⁷ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka hatao fagnatitsa hohanina reo raha reo.⁶⁸ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i.⁶⁹ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna hatao fagnatitsa doroana i.⁷⁰ Nagnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota i.⁷¹ Nagnome ômbly roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Ahiezera zanak'i Amisaday.⁷² Tamin'ny andro fahiraka ambin'ny folo, Pagiela zanak'i Okrana, pitarika ny taranak'i Asera, ro nanolotsa ny sorony.⁷³ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka ho fagnatitsa hohanina reo raha reo.

⁷⁴ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i.⁷⁵ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna hatao fagnatitsa doroana i.⁷⁶ Nagnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota i.⁷⁷ Nagnome ômbly roa, ondry dimy, osilahy dimy, de ondriahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Pagiela zanak'i Okrana.⁷⁸ Tamin'ny andro faharoa ambin'ny folo, Ahira zanak'i Enana, pitarika ny taranak'i Naftaly, ro nanolotsa ny sorony.⁷⁹ Ny sorony de vilia volafotsy milanja sekely 130 sy vilia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarinina soa toto mifangaro menaka hatao fagnatitsa hohanina reo raha reo.⁸⁰ Nagnome vilia volamena milanja sekely folo, feno ditikazo magnitsa koa i.⁸¹ Nagnome vatots'ômbilahy raika, ondry raika, de zanak'ondry lahy heritaogna hatao fagnatitsa doroana i.⁸² Nagnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota i.⁸³ Nagnome ômbly roa, ondry dimy, osilahy dimy, de zanak'ondry lahy ze heritaogna, hatao sorogna ho an'ny fagnati-pihavagnana i. Zay ro sorogn'i Ahira zanak'i Enana.⁸⁴ Natokan'ny pitarika ny Isiraely tamin'ny andro nagnosoran'i Mosesy ny alitara reo raha reo. Natokan-dreo ny vilia volafotsy roa ambin'ny folo, ny vilia jobo roa ambin'ny folo, de ny vilia volamena roa ambin'ny folo.⁸⁵ Ny vilia volafotsy tsiraidraika de samy nilanja sekely 130 hatamin'ny vilia jobo de nilanja sekely fitopolo aby. Ny fanaka volafotsy aby de nilanja sekely 2.400, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina.⁸⁶ Ny tsiraidraika amin'ny vilia volamena roa ambin'ny folo, feno ditikazo magnitsa, de nilanja sekely folo araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Ny vilia volamena aby de nilanja sekely 120.⁸⁷ Natokan-dreo aby ny biby hatao fagnatitsa doroana, de ômbilahy roa ambin'ny folo, ondry roa ambin'ny folo, de zanak'ondry lahy heritaogna roa ambin'ny folo. Namen-dreo ny fagnatitsa hohaniny. Nagnome osilahy roa ambin'ny folo hatao fagnatitsa nohon'ny ota reo.⁸⁸ Nagnome ômbilahy roa amby roapolo, ondry enipolo, osilahy enipolo hatamin'ny biby fiopin-dreo, hatao sorogna ho amin'ny fagnati-pihavagnana. Zay de ho an'ny fanokagna ny alitara tafaran'ny nagnosorana anazy.⁸⁹ Sy efa niditsa tao amin'ny tragno-lay fihaognana mba hiresaka tamin'i Yaveh i Mosesy, de nandre ny feony nitarogna tamin'azy. Nitarogna tamin'azy hateo ambonin'ny sarogna-pagnavotana teo amin'ny fiaran'ny vavolombelogna, hateo agnelagnelan'ny kerobima roa Yaveh. Niresaka tamin'azy I.

Chapter 8

¹ Yaveh niresaka tamin'i Mosesy. Zao ro nataony hoe: ² "Miresaka amin'ny Arona. Tarogno aminazy hoe: "Tokony hagnome hazavana eo alohan'ny fipitrahana-jiro ny jiro fito aby mapirehitsa anireo agnao."³ Nanao anizay i Arona. Napirehitsa ny jiro teo amin'ny fitoeran-jiro i mba hagnome hazavana eo alohan'izay, araka ny efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.⁴ Tamin'izay fomba zay ro nanaovana ny fitoeran-jiro de Yaveh nanoro an'i Mosesy ny lamigna ho amizay. Izay de volamena voatefy hatragny amin'ny fotony ko zizika amin'ny tapony, niaraka tamin'ny vazy voasa tahaka ny vonikazo.⁵ Niresaka tamin'i Mosesy ndraika Yaveh. Zao ro nataony hoe: ⁶ "Alao hateo amin'ny vahoakan'Isiraely ny levita de diovo reo.⁷ Ataovo amin-dreo zao mba hagnadiovana an-dreo: Afafazo eo amin-dreo ny ranon'ny fagnavotana. apagnarato ny vatany manontolo, manasa ny fitafiany reo, de amizay fomba zay ro hagnadiovana ny tegnan-dreo.⁸ De mangala vatots'ômbilahy sy fagnatitsa voa miaraka amin'ny koba soa toto mifangaro menaka reo. De mba hangalaka vatots'ômbilahy raika hafa reo hatao fagnatitsa nohon'ny ota.⁹ Hitondra ny Levita eo alohan'ny tragno-lay fihaognana sy hamory ny vondrony vahoakan'Isiraely aby agnao.¹⁰ Sy efa mitondra ny Levita eo alohan'i Yaveh agnao, de tsy maintsy mametraka ny tagnany eo amireo Levita ny vahoakan'Isiraely.¹¹ Tsy maintsy atolots'i Arona eo agnatrehan'i Yaveh ny Levita, tahaka ny fagnatitsa ahevaheva hatamin'ny vahoakan'Isiraely mba hahafahan-dreo manao ny fanopoana an'i Yaveh.¹² Tsy maintsy apetrando Levita eo amin'ny lohan'ômbly ny tagnany. Tsy maintsy manolotsa ômbly raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ômbly hafa hatao fagnatitsa doroana ho Anahy agnao, mba hagnonerana ho an'ireo Levita.¹³ Atorô eo alohan'i Arona de alohan'ny zanany lahy reo Levita de asandrato ho fagnatitsa ahevaheva ho Anahy.¹⁴ aminio

fomba io ro tsy maintsy hanarahanao ny Levita amin'ny vahoakan'Isiraely. Ho Anahy ny Levita.¹⁵ Magnarak'izay, tsy maintsy mandeha manopo ao an-dragno lain'ny fihaognana ny Levita. Tsy maintsy magnadio an-dreo agnao. Tsy maintsy atolotsao tahaka ny fagnatitsa aheveheva reo.¹⁶ Ataovy zay,satria reo de Anahy tateraka zay sy avy eo amin'ny vahoakan'Isiraely. Handray ny toeran'ny kilonga lahy reo, de ny lahimateoan'ny taranak'Isiraely aby. Efa nangalaka ny Levita ho an'ny tegnako Aho.¹⁷ Anahy ny lahimateo hatao amin'ny vahoakan'Isiraely aby, hatamin'ny olo sy ny biby. Tamin'ny andro ze nangalako ny ain'ny lahimateo aby tao amin'ny tany Egypta, de nanokagna an-dreo ho Anahy Aho.¹⁸ Efa nangalaka ny Levita hategny amin'ny vahoakan'Isiraely ho solon'ny lahimateo aby Aho.¹⁹ Efa nagnome ny Levita ho fagnomezana ho an'i Arona sy ny zanany lahy Aho. Efa nagnalaka an-dreo hatagny amin'ny vahoakan'Isiraely mba hanao ny asan'ny vahoakan'Isiraely ao amin'ny tragno-lay fihaognana Aho. Efa nagnome anazy ny ho fagnavotana ho an'ny vahoakan'Isiraely Aho mba tsa hisy areti-mandringagna hamely ny vahoaka rehe vo mandriny ny toerana masina i reo."²⁰ Mosesy, Arona, de ny vondron'ny vahoakan'Isiraely manontolo nanao anizay tamin'ny Levita. Nagnatateraka naireo raha aby nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ny amin'ireo Levita i reo. Nanao anizay niaraka tamin-dreo ny vahoakan'Isiraely.²¹ Nagnadio ny tegnany sy nanasa ny fitafiany ny Levita, De i Arona nanolotsa an-dreo ho fagnatitsa aheveheva ho an'i Yaveh sy nanao nagnavotana ho an-dreo mba hagnadiovany an-dreo.²² Magnarak'izay, nandeha nanao ny fanopoana tao amin'ny tragno-lay fihaognana mariny an'i Levita. Tahak'izay ro nandidian'i Yaveh an'i Mosesy mahakasika ny Levita. Izay ro fomba nitondrany ny Levita aby.²³ Niresaka tamin'ny Mosesy ndraika Yaveh. Zao ro nataony hoe:²⁴ "Izao aby zao de ho an'ny Levita ze dimy amby roapolo taogna ro mihoatsa .Tsy maintsy miaraka amin'ny panompo mba hanopo ao amin'ny tragno-lay fihaognana reo.²⁵ Tsy maintsy miegnina amin'ny fanopoana amizay fomba zay reo sy efa feno dimapolo taogna. Amizay taogna zay de tsa mahazo manompo koa reo.²⁶ Afaka magnampy ny rahalahiny ze manohy ny asa ao amin'ny tragno-lay fihaognana reo, nefa tsa afaka manompo koa. Tsy maintsy mitarika ny Levita amin'ny raharaha aby reo agnao."

Chapter 9

¹ De Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy tagny agn'efits'i Sinay, tamin'ny volagna voalohany tamin'ny taogna faharoa tafaran'ny niengan-dreo ny tany Egypta. Zao ro nataony hoe: ² " Aoka ny vahoakan'Isiraely hitandrigna ny Paska amin'ny fotoagna raikitsa amin'ny taogna. ³ Amin'ny harivan'ny andro fahaefatsa ambin'ny folo amity volagna ty, ro tsy maintsy hitandremanao ny Paska amin'ny fotoagna raikitsa amin'ny taogna. Hitandrigna anizay agnao, araho ny didy sy ny fitsipika aby, de akatoavo ny didy aby ze mifandraika amizay." ⁴ Ko,de nitarogna tamin'ny vahoakan'Isiraely i Mosesy fa tokony hitandrigna ny fifalian'ny Paska reo. ⁵ De nitandrigna ny paska tamin'ny volagna voalohany reo, tamin'ny andro fahaefatsa ambin'ny folon'ny volagna, tamin'ny hariva, tagny agnefitsy Sinay. Nakato ny raha aby ze nandidian'i Yaveh hataon'i Mosesy ny vahoakan'Isiraely. ⁶ De nisy ona sasany naloto tamin'ny fatin'ona raika. Tsa afaka nitandrigna ny Paska tamizay andro zay reo. De nandeha teo agnatrehana'i Mosesy sy Arona reo tamizay andro zay. ⁷ Zao ro nataon'ny ona reo tamin'i Mosesy hoe: "Maloto tratsan'ny fatin'ona agnay. Nahoana ro tsa avelanao hagnatitsa sorogna ho an'i Yaveh amin'ny fotoagna rekitsa amin'ny taogna eo amin'ny vahoakan'i Isiraely agnay?" ⁸ Zao ro nataon'i Mosesy tamin-dreo:"Andrazo aloha aho hihieno ze handidian'i Yaveh ny aminareo." ⁹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ¹⁰ "Mitarogna amin'ny vahoakan'Isiraely. Lazao hoe, 'lehe misy maloto eo aminareo na ny taranakareo tratsany fatin'ona, na amin'ny dia lavitsa, de tsa afaka mitandrigna ny Paska ho an'i Yaveh i reo.' ¹¹ Aoka hitandrigna ny Paska amin'ny harivan'ny andro fahaefatsa ambin'ny folo amin'ny volagna faharoa reo. Mofo tsa misy masirasira sy agnana mangidy ro tsy maintsy hihinanany anizay. ¹² Tsa tokony hamela anizay zizika maraigna reo, na hanapaka ny tólany. Mba hagnaraka ny didy amam-pitsipika aby amin'ny Paska reo. Fa ny ona ze madio sy tsa nandeha lavitsa, nefa tsa mitandrigna ny Paska, zay ona zay de hofongorana tsa ho eo amin'ny olony satria tsa nagnatitsa ny fagnatitsa ze takian'i Yaveh amin'ny fotoagna raikitsa amin'ny taogna i. Izay ona zay de hilaña ny helony. Lehe misy vahiny mitoatsa eo aminao de mitandrigna ny Paska ho voninahits'i Yaveh, i mba hitandrigna zay sy hanao ny didiny aby, sady hankato ny fitsipiny ny Paska, de mankato ny lalàna mitovy . Aoka hanagna lalana mitovy ho an'reo vahiny sy ny ze efa teraka ao amin'ny tany agnao." ¹⁵ Tamin'ny andro namitrahana ny tabernakely , ny rahogna nandrakotsa ny tabernakely , ny lain'ny lalan'ny fagnekena .Tamin'ny hariva ny rahogna de teo ambonin'ny tabernakely .Niseho tahaka ny afo mandra-maraina zany .¹⁶Nitohy tahak'zany ihany zany . Nandrakotsa ny tabernakely ny rahogna de niseho ho tahakan'ny afo amin'ny aligna . ¹⁷ Na amin'ny viana na amin'ny viana ny rahogna no napiakarina avy teo amin'ny lay , de niala tamin'ny diany ny vahoakan'Isiraely . na taia na taia ro niegnenan'ny rahogna , de nitoby teo ny vahoakan'ny Isiraely . ¹⁸ Araka ny didin i Yaveh , ny vahoakan'ny Isiraely de roso, de tamin'ny didiny , ro nitobian-dreo . lehe niegnina teo ambonin'ny tabernakely ny rahogna , de niegnina tagny amin'ny tobiny reo . ¹⁹ Lefa nitoatsa andro bebe teo amin'ny tabernakely ny rahogna , de nakato ny toro-lalan'i Yaveh reo de tsa roso . ²⁰ Ndraindraika ny rahogna de mitoatsa andro kelikely teo amin'ny tabernakely . Tamin'zany toe-draha zany , de nakato ny didin' i Yaveh reo__nitoby de nanohy ny diany ndraika tamin'ny didiny . ²¹ Ndraindraika ny rahogna de miegnina nitoby pakin'ny hariva de mandra-maraina . Lehe niakatsa ny maraigna ny rahogna , de roso reo. Lehe nitohy ny andro na ny aligna zany , de lefa niakatsa ihany ny rahogna vo nanohy roso reo. ²² Leko indroia andro ro niegnenan'ny rahogna teo anmbonin'ny tabernakely , lehe vona niegnina teo koa zany , de niegnina tao atobiny de tsa roso ny vahoakan'Isiraely .Fa isaky ny nakarina ny rahogna , de nagnenga tamin'ny diany reo . ²³ 2Nitoby araka ny didin i Yaveh ze nomena avy taamin'i Mosesy reo .

Chapter 10

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh . Hoy i: ² "Manova tropetra volafotsy roa. Amin'ny tefy tagnana ro hanaovanao ny volafotsy . Tsy maintsy mapiasa reo tropetra agnao hangehana ny fiangonana miaraka sy hangehana ny fiangonana hamindra ny tobin-dreo. ³ Reo pisorogna de tsy maintsy hitsoka reo tropetra mba hangehana ny fiangonana aby hitanmbatsa eo alohanao eo amin'ny fidirana ho ao amin'ny trano-lay fihaognana.4Lehetropetra raika hiany ro tsofin-dreo pisorogna , de hivory eo aminao reo pitarika, reo lohan'ny fokon' Israely.5Lefa mitsoka famatarana mafy agnareo , de hanomboka ny dian-dreo ny toby agny atsinanina. ⁶ 6Lefa mitsoka ny fanairana mafy fagnindroany agnareo , de hanomboka ny dian-dreo ny toby agny atsimo. Tsy maintsy mitsoka fanairana mahery ho an'ny dian-dreo. ⁷ Lefa mivory miaraka amin'ny fiangonana, de tsofo ny tropetra, fa tsa mahery loatsa. ⁸ Ny zanaka lahin'i Arona , ny pisorogna, ro tsy maintsy mitsoka ny tropetra. Izay de lalàna mandrakariva ho anareo hatramin'ny taranakin'ny vahoakanao. ⁹ Sy efa mandeha miady agny amin'ny taninareo hanohitsa ny pifagnandrigna ze mapijaly anareo agnareo, de tsy maintsy hapagneno fanairana amin'ny tropetra. Iaho, Yaveh Andriamagnitsareo, ro hahatsiaro anareo ko hamonjy anareo amin'ny fahavalonareo. ¹⁰ Sy koa, amin'ny fotoagnan'ny fankala -zana, de firavoravoanamahazatsa sy amin'ny fiandohan'ny volagna, de tsy maintsy hitsoka ny trompetra agnareo ho fankalazana ny fagnatitsa doroanareo sy ny sorogna hafa ho an'ny fagnati-pihavagnanareo. Hatao izay ho fahatsiarovanareo Anahy, ny Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsa." ¹¹ Tamin'ny taogna faharoa, tamin'ny volagna faharoa, tamin'ny andro faharoapolon'ny volagna, de niakatsa avy teo amin'ny tabernakelin'ny lalàn'ny fagnikena ny rahogna. ¹² Nanohy ny diany niala tagny agn'efits'i Sinay ny vahoakan'Israely. Nijanona teo amin'ny efits'i Parana ny rahogna. ¹³ Nanao ny dian-dreo voalohany, araka ny didin'i Yaveh ze nomeny tamin'ny alalan'i Mosesy reo. ¹⁴ Ny toby ambanin'ny fanevan'ny taranak'i Joda ro nienga voalohany, namoaka ny fiadiany aby. Nasona zanaka lahin'i Aminadaba nitarika ny tafik'i Joda. ¹⁵ Netanela zanaka lahin'ny Zoara nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'Isakara. ¹⁶ Eliaba zanaka lahin'i Helona nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Zebolona. ¹⁷ Ny taranak'i Gersona sy Merary, ze niandraikitsa ny tabernakely, de napidigna ny tabernakely sady nandeha taminy dian-dreo. ¹⁸ Sy avy eo, ny tafika teo ambanin'ny fanevan'ny tobin'i Robena de nandeha. Elizora zanaka lahin'i Sedeora nitarika ny tafik'i Robena. ¹⁹ Selomiela zanaka lahin'i Zorisaday nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Simeona. ²⁰ Eliasafa zanaka lahin'i Doela nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Gada. ²¹ Nandeha ny Ketita. Nitondra ny fitaovana masina tao amin'ny fitoerana masina. Ny sasany de nanangagna ny tabernakely mialohan'ny niavian'ny Kehatita teo amin'ny toby magnaraka. ²² Ny tafika teo ambanin'ny fanevan'ny taranak'i Efraima ro nandeha nagnaraka. Elisama zanaka lahin'i Amihoda nitarika ny tafik'i Efraima. ²³ Gamaliela zanaka lahin'i Pedazora nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Manase. ²⁴ Abidana zanaka lahin'i Gideon ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Benjamin. ²⁵ Ny tafika ze nibotry teo ambany fanevan'ny taranak'i Dana ro nandeha farany. Ahiezara zanaka lahin'i Amisaday nitarika ny tafik'i Dana. ²⁶ Pagiela zanaka lahin'i Okrana nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Asera. ²⁷ Ahira zanaka lahin'i Enana nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Naftaly. ²⁸ Tamizay fomba zay ro nandihianan'ny tafiky ny vahoakan'Israely tamin'ny diany. ²⁹ Niresaka tamin'i Hobaba zanaka lahin'i Regoela Midianita i Mosesy. Regoela ro rain'ny vadin'i Mosesy. Niresaka tamin'i Hobaba i Mosesy de nitarogna hoe: " Andao handeha agny amin'ny toerana ze nofaritan'i Yaveh agnay. Zao ro nataon'i Yaveh: ' Hameko anareo zay.'Ndao hiaraka aminay de hanaovanay soa agnareo. Yaveh efa napagnategna ny hanao soa ny Israely." ³⁰ Fa zao ro nataony Hobaba tamin'i Mosesy: "Tsa handeha hiaraka aminao aho. Handeha ho agny amin'ny taniko sy ny onako aho." ³¹ Ko de namaly i Mosesy hoe: "Mba aza avela roa agnay. Agnao mahalala ny hibotriana agny agn'efitsa. Tokony hitandrigna anay agnao. ³² Lehe handeha hiaraka aminay agnao, de hataonay aminao araka ny soa ze nataon'i Yaveh taminay." ³³ Nandeha niala ny tendrombohits'i Yaveh nandritsa ny telo andro reo. Ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh nandeha teo alohan-dreo nandritsa ny hateloana mba hitadia ny toerana hialana sasatsa ho an-dreo. ³⁴ Ny rahon'i Yaveh de teo ambonin-dreo tamin'ny andro lehe nandeha reo. ³⁵ Sy efa mandeha ny tomobila, de mitarogna Mosesy hoe: "Mitsangàna, ry Yaveh. Aparitaho ny fahavalonao. Apilifao hiala teo aminao ze tsa tè anao." ³⁶ Sy efa miegnina ny tomobila, de mitarogna Mosesy hoe:"Mipodiana, ry Yaveh, amin'ny Israely agnilany maro."

Chapter 11

¹ De nitaraigna momba ny olon-dreo ny vahoaka lehe nihieno i Yaveh. Nandre reo ona reo ko nanjary nasiaka. Nisy afon'i Yaveh nandoro an-dreo sady nandevogna ny sasany tamin'ny toby tegny agnilan'ny. ² Sy avy eo de nangaika an'i Mosesy ny vahoaka , ko de nivavaka tamin'i Yaveh i Mosesy, de niegnina ny afo. ³ Nakehina hoe taberina zay toerana zay, satria nirehitsa teo amin-dreo ny afon'i Yaveh. ⁴ Nanomboka niara-nibotry tamin'ny taranak'Israely ny sasany tamireo hafa firenena. Nagniry ny hihinan-kanina soa koa reo. De nanomboka nitomagny ny vahoakan'Israely ko nanao hoe: "Ia ro hagnome hanina hohaninay? ⁵ Tsaroanay ny tondro ze nohaninay maimaipoagna tagny Egypta, ny kokombra, ny voatavo, de ny tongolo gasy. ⁶ Amzao lasa fihinatsika, satria ny hany hitantsika de ty mana ty." ⁷ Ny mana de tahaka ny voan-drafy. Mitovy tahaka ny ditikazo zay. ⁸ Nandeha nihodigna ny ona sady namory anizay. Nototoan-dreo tamin'ny fanotoam-bary zay, nototoana tamin'ny dango, napangotrahina tamin'ny vilagny, de natao mofo mamy. Nitovy tsiro tamin'ny menaka oliva vaovao zay. ⁹ Sy efa nitrotraka teo amin'ny toby ny ranon-ando ny aligna, de nitrotraka koa ny mana. ¹⁰ Nandre ny ona nitomagny tao amin'ny fianakavian-dreo Mosesy, de ny lihilahy aby de teo amin'ny fidirana ho agny amin'ny ;lainy. Nasiaka be Yaveh, sady diso teo imason'i Mosesy ny fitaraignan-dreo. ¹¹ Zao ro nataon'i Mosesy tamin'ny Yaveh hoe:

"Nahoana Agnao ro mapijaly ny panoponao? Napitondranao ny enta-mavesatsy ny ona aby reo aho. ¹² Iaho nga ro namorogna anireo ona aby reo? Iaho anga ro niteraka an-dreo ro hilazanao aminahy hoe: 'Trotro eo atratranao tahaka ny fitrotoan'ny rainy ny zaza reo?' Tokony hitondra an-dreo agny amin'ny tany ze napagnatigniana hamena ny razamben-dreo ve aho? ¹³ Aia ro haitako hanina hamena anity vahoaka aby ty? Mitomagny eo alohako reo sady mitarogna hoe: 'Ameo hanina hohanina agnay.' ¹⁴ Tsa afaka ny hihanja anireo ona reo rery aho. Be loatsa aminahy reo. ¹⁵ Satria ferinao tahaka anizay aho, de vono aho an-droany, lehe te anahy Agnao, de alao aminahy ny fahoriako." ¹⁶ Zao ro natao n'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Itondrao loholon'Israely fito-polo Aho. Ataovo azo antoka fa loholona sy manamboninahitsy ny vahoaka tokoa reo. Fero eo amin'ny tragno-lay fihaognana reo mba hiara-hitsangana aminao. ¹⁷ Hidigna de hiresaka aminareo Aho. Hangalaka ny sasany amireo Fagnahy ze eo aminao Aho de hametraka anizay eo amin-dreo. Hiara hibata ny enta-mavesatsa ny vahoaka hiaraka aminao reo. Tsa hitondra anizay rery agnao. ¹⁸ Tarogno amin'ny vahoaka hoe: 'Manokagna tegna agnareo, sy apitso de hihinan-kena tokoa agnareo, satria nitomagny agnareo de handre Yaveh. Agnao nilaza hoe: 'Ia ro hagnome hanina hohaninay? Soa taminay ny tagny Egypta.' Noho izay Yaveh de hagnome hanina ho anareo, de hohaninareo zay. ¹⁹ Tsa hihinan-kanina mandritsa ny ndraik'andro, roandro, dimy andro, folo andro, na roapolo andro fotsiny agnareo, ²⁰ fa hihina-kanina mandritsany raivolagna manotolo mandra-pienganizay egny amin'ny lavak'oronareo. Hahafandriandriagna anareo zay satria nandà an'i Yaveh, ze eo aminareo agnareo. Nitonagny teo agnilany agnareo. Zao ro ataonareo hoe: 'Nahoana agnay ro nagnary an'i Egypta?' ²¹ De zao ro nataon'i Mosesy hoe: 'Miaraka amin'ny ona 600.000 aho, de zao ro nataonao hoe: 'Hagnome hanina hohanin-dreo Aho mandritsa ny raivolagna.' ²² Tokony hamono ny ondry aman'osy sy ny ômby ve agnay hamalifalena an-dreo? Tokony hamitagna trondro aby ao agnaty ranomasina ve agnay mba hamalifalena an-dreo?' ²³ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Fohy nga ny tagnako? Zao de hoitanao lehe marina ny raha tarognoko na tsa marina." ²⁴ enga Mosesy de nilaza tamin'ny vahoaka ny tarogn'i Yaveh. Namory loholagna fito-polo tamireo vahoaka i sady nandahatsa an-dreo nagnodidigna ny lay. Nidigna hategny amin'ny rahogna i Yaveh sady niresaka tamin'i Mosesy. Nangalaka ny fagnahy sasany ze tao amin'i Mosesy i Yaveh de nametraka anizay teo amin'ny lohologna fito-polo. Sy efa nitoatsa tao ²⁵ amin-dreo ny fagnahy, de naminany reo, kanefa taminio fotoagna io hiany fa tsa nipody koa. ²⁶ hilahy roa ro niegnina tao amin'ny toby, nakehina hoe Eldada sy Medada. Nitoatsa teo amin-dreo hiany koa ny fagnahy. Ny agnaran-dreo de voasoratsa tao amin'ny lisitra, kanefa tsa nienga ny lay reo. Neko de zay aza, naminany tao amin'ny toby reo. ²⁷ Nisy lililahy raika tao amin'ny toby nilailava sady nitarogna tamin'i Mosesy hoe: "Eldada sy Medada de maminany ao amin'ny toby." ²⁸ Josoa zanaka lahin'i Nona, pagnapin'i Mosesy, raika tamireo lililahy voafidiny, de nitarogna tamin'i Mosesy hoe: "Ry Mosesy tompoko, sakano reo." ²⁹ Zao ro nataon'i Mosesy taminazy hoe: "Saropiaro nohon'ny aminahy ve agnao? Magniry Aho lehe mba paminany aby ny vahoakan'i Yaveh aby de hametraka ny fagnahiny amin-dreo aby reo I!" ³⁰ Sy avy eo i Mosesy sy ny loholon'Israely nipody tao amin'ny toby. ³¹ Sy avy eo de nisy rivotsa avy hatagny amin'i Yaveh de nitondra tsipelika hatagny agnaty ranomasina. Nigietraka teo agnilan'ny toby reo, teo amin'ny lalagna ndraik'andro tagny amin'ny andagniny lalagna ndraik'andro tagny amin'ny akilany. Nagnodidigna ny toby ny tsipelika teo amin'ny roa akiho ambonin'ny tany. ³² Sahiragna ny ona namory ny tsipelika tamizay andro zay, ny aligna manotolo, de ny andro magnaraka. Tsa nisy namory tsipelika latsaky ny folo homera. Nizara ny tsipelika nagnodidigna ny toby reo. ³³ Lehe vona teo agnelagnelan'ny nifin-dreo ny hanina, lehe vona nihota anizay reo, de nasiaka tamin-dreo i Yaveh. Namely ny ona tamin'ny aretina lihipe I. ³⁴ Nakehina hoe Kibrota Hatava zay toerana zay satria tao ro nandivegnan-dreo ny ona ze nagniry hëna fatratsa. ³⁵ Niala hatagny Kibrota Havata ny ona mba ho agny Hazerota, ze niagnenan-dreo.

Chapter 12

¹ Sy avy teo i Myriama sy Arona niresaka nanohitsa an'i Mosesy tratsan'drakialavavy Kosita ze napiakariny. ² Zao ro nataon-dreo hoe: "Mosesy hiany nga ro nirisahan'i Yaveh?" De ren'i Yaveh ze nolazain-dreo. ³ De tena manetri-tegna andralihilahy Mosesy, be fagnitre-tegna mihoatsa ny ona aby eto an-tany. ⁴ eo no ho eo i Yaveh de niresaka tamin'i Mosesy, Arona, de i Miriama hoe: "Miengà, agnareo telo, ho agny amin'ny tragno-lay fihaognana." Noho izay de nienga i telo. ⁵ Avy eo Yaveh nidigna tagny amin'ny andrian-drahogna. Nitsangagna teo amin'ny fidirana ao amin'ny lay I sady nangaika an'i Arona sy Miriama. Samy nandroso i roa. ⁶ Zao ro nataon'i Yaveh hoe: "Androany henò ny taroko. Sy efa miaraka aminareo ny paminaniko, de hagnambara ny tegnako aminazy amin'ny fahitana Aho sady hiresaka agnaty nofy. ⁷ Tsa tahaka anizay Mosesy panopoko. Mahatoky i ao amin'ny tragno-ko aby. ⁸ Miresaka mivatagna amin'i Mosesy Aho, fa tsa amin'ny fahitana na akamatatsa. Hitany ny endriko. Ko nahoana agnareo ro tsa matahotsa ny hiresaka hanohitsa ny panopoko, manohitsa an'i Mosesy?" ⁹ Nirehitsa tamin-dreo ny fasosoran'i Yaveh, de sy avy eo i namela an-dreo. ¹⁰ Niala teo amin'ny lay ny rahogna, de Miriama nanjary boka tampoka fotsy tahaka ny oram-panala i. Sy efa nitodika tagny amin'i Miriama i Arona, de hitany fa nisy habokana i. ¹¹ Zao ro nataon'i Arona tamin'i Mosesy hoe: "Ry topoko, aza tanana aminay ty fahotana ty. Niresaka adaladala agnay, de nanota. ¹² Aza avela ho tahaka ny zaza vo teraka maty i ze lany atsasaky ny nofony lehe vo teraka hatagny akibon-dreniny." ¹³ Sy zay de nangaika an'i Yaveh i Mosesy. Zao ro nataony hoe: "Miangavy roa mba sitragno i, ry Andriamagnitsa, miangavy." ¹⁴ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Lehe nandrora tamin'ny tegnan-drainy, de ho afabaraka mandritsa ny fito andro i. Sy afaran'izay de fero mipody aty ndraika i." ¹⁵ Ko de nihodigna tagny ivelany toby nandritsa ny fito andro i. Tsa nandeha ny vahoaka mandra-pipodiny tao amin'ny toby. ¹⁶ Tafaran'izay, de niala hatagny Hazerota ny vahoaka de nibotry tagny agn'efits'i Parana.

Chapter 13

¹ De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ² "Mandifasa lihilahy bebe hijery ny tany kanana, ze nameko ny vahoaka ny Israely. Mandifasa lihilahy raika hatagny amin'ny fokon'ny razamben-dreo aby. Ny lihilahy tsiradraika de tsy maintsy pitarika eo amin-dreo." ³ Nandefa an-dreo hatagny agnefits'i Parana i Mosesy, mba hafahan-dreo magneky ny didin'i yaveh. I aby aby de samy pitarika teo amin'ny vahoakan'israely aby. ⁴ Reto ro agnaran-dreo: hatamin'ny fokon'i Robena de i Samoa zanaka lahin'i Zakora; ⁵ Hamin'i fokon'i Simeona de i Safata, zanaka lahin'i Hory; ⁶ hatamin'ny fokon'i Joda de i Kaleba zanaka lahin'i Jefone; ⁷ hatamin'ny fokon'i Isakara de i jigala zanaka lahin'i josefa; ⁸ hatamin'i fokon'i efraima de i Hosea zanaka lahin'i Nona; ⁹ Hatamin'ny fokon'i Benjamin de i palty zanaka lahin'i rafo; ¹⁰ hatamin'ny fokon'i Zeblona de i Gadiela zanaka lahin'i sody; ¹¹ hatamin'i fokon'i Josefa(ze midika hoe hatamin'i fokon'i Manase) de i Gady zanaka lahin'i Sosy; ¹² hatamin'ny fokon'i Dana de i Amiela zanaka lahin'i Gemaly; ¹³ hatamin'ny fokon'i Asera de i Setora zanaka lahin'i Mikaela; ¹⁴ hatamin'ny fokon'i Naftaly de i Naby zanaka lahin'i Vofsy; ¹⁵ hatamin'ny fokon'i Gada de i Geoela zanaka lahin'i Maky. ¹⁶ Reo ro agnaran'ny lihilahy ze nalefan'i Mosesy mba hijery ny tany. Nakehin'i Mosesy tamin'ny agnarany i Josoa i Hosea zanaka lahin'i Nona. ¹⁷ Nalefan'i Mosesy mba hijery ny tany Kanana reo. Zao ro nataon'ny tamin-dreo hoe: "Midira hatagny Negeva de miakara agny antendrom-bihitsa. ¹⁸ Jireo ny tany mba hahitana hoe tahaka ny akory. Diniho ny ponigna mitoatsa ao, na matanjaka na malemy, sady na kitika na betsaka. ¹⁹ Jireo ny toetsy ny tany ipitrahan-dreo. Soa ve zay sa ratsy? Tanàna ina ro ao? tahaka ny toby nga reo, sa tanàna mimanda? ²⁰ Jireo ny toetsy ny tany, lehe soa ho an'ny fambolena na tsa mety, sady lehe misy hazo mitsiry ao na tsa misy. Mahireza de mitondrà ny vokatsy ny tany."sady zay fotoagna zay de fotoan'ny voaloham-boaloboka masaka. ²¹ De niakatsa reo lihilahy reo nisafo ny tany agny agn'efits'i Sina ko hatragny Rehoba, mariny an'i Lebo Hamata. ²² Niakatsa hatagny negeva reo de avy tagny Hebrona. Ahimana, Sesay, de Talmay, ny foko hatamin'i Anaka de tao. Sady Hebrona de efa tafatsangagna fito taogna mialohan'i Zoana agny Egypta. ²³ Sy efa avy tao amin'ny lohasahan'i Eskola reo, de nanapaka sapam-boaloboka. Nolanjain'ny roa tamin-dreo tami tehigna zay. Nitondra apongabendagnitsa sy aviavy koa reo. ²⁴ Zay toerana zay de nakehina hoe lohasan'i Eskola, tratsany sapagnam-boaloboka notapahan'ny vahoakan'Israely tao ²⁵ Afaka efapolo andro, de nipody hatagny apihazana ny tany reo. ²⁶ Nipody tagny amin'i Mosesy, Arona, de ny fivondrognan'ny vahoakan'Israely tagny agn'efits'i Parana, tagny kadesy reo. Nitondra valiteny tamin-dreo sy tamin'ny fivondrognana aby, de nanoro an-dreo ny vokatsa hatao amin'ny tany reo. ²⁷ Zao ro nataon-dreo tamin'i Mosesy hoe: "Avy tagny amin'ny tany ze nagnirahanao anay agnay. Tena tondra-dronono sy tately tokoa zay. Reto ny apahany tamin'ny vokatsa hatao amizay. ²⁸ Neko zay aza, ny ona ze manao ny fonegnan-dreo ao de matanjaka. Ny tanàna de mimanda sy midadasika. Nahita ny tarak'i Anaka tao koa agnay. ²⁹ Ny Amalekita mitoatsa agny Negeva Ny Hetita, Jebosita, sady ny Amorita de mamboatsa ny tragnon-dreo agny amin'ny tendrombohitsa. Ny Kananita de mitoatsa egnny amorondranomasina sy magnaraka ny Ony Jordana." ³⁰ De i Kaleba napangina ny vahoaka ze teo agnatrehan'i Mosesy ko nanao hoe: "Ao agnay mba hiakatsa sady hangalaka ny tany ho fanagnana, satria vitatsika tokoa ny mandresy anizay." ³¹ Fa ny lihilahy hafa ze niaraka tamin-dreo nanao hoe: "Tsa vitatsika ny hanafika ny vahoaka satria matanjaka noho atsika reo." ³² Ko de nagnely tatitsa mahakivy tamin'ny vahoakan'Israely mahakasika ny tany ze nojiren-dreo. Zao ro nataon-dreo hoe:"Ny tany ze nojirenay de tany mihinan'ona. ny ona aby ze hitanay de lihibe sy ranjagnana aby. ³³ Nahita ny ona lihibe tao agnay, taranak'i Anaka, ona ze hatagny amin'ny lihibe. Lehe ny fifierinay manokagna de tahaka ny valala tsiaka lehe apitahaina amin-dreo, de zay koa agnay lehe ny fifierin-dreo."

Chapter 14

¹ Tamizay aligna zay de nitomagny mahery aby ny fiangonana. ² Nitsikera an'i Mosesy sy Arona ny vahoakan'Israely aby. Zao ro nataon'ny fiangonana manotolo tamin-dreo:"Naleonay maty tagny amin'ny tany Egypta, na eto amity efitsa ty! ³ Nahoana ro nitondra anay tamity tany ty mba ho vonoana amin'ny sabatsa Yaveh? De ho lasibatsa amizay ny vadinay sy ny zanakay . Nga tsa soa ho anay ny mipody agny Egypta?" ⁴ Nifapitarogana reo hoe: "ndao tsika hifidy pitarika hafa, ko andao tsika hipody agny Egypta." ⁵ De nihohoka tamin'ny tegnany teo alohany fivorian'ny fiangonana'ny vahoakan'Israely aby i Mosesy sy Arona. ⁶ Nandrovitsa ny akanjon-dreo i Josoa zanak'i Nona sy Kaleba zanak'i Jefone, ze sasany tamin'ny nalefa mba hisafo ny tany. ⁷ Nitarogna tamin'ny fiangonana'ny vahoakan'Israely aby reo. Zao ro nataon-dreo: "Ny tany ze nandihiananay sy nosafoanay de tany soa tegnany. ⁸ Lehe makasitraka antsika i Yaveh, de hitondra antsika agny amizay tany zay de homeny atsika zay. De tany tondra-dronono sy tately. ⁹ efa aza miady amin'ny Yaveh, de aza matahotsa ny ponin'ny tany . Handevogna an-dreo mora foagna mitovy ny hanina atsika . Halana amin-dreo ny fiarovana an-dreo , satria momba atsika Yaveh . Aza matahotsa an-dreo . ¹⁰ Fa nandrahogana hitora-bato hamono an-dreo ny fiangonana aby . De niseho tao amin'ny trano-lay fihagnana tamin'ny vahokan 'Israely aby ny voninahits'i Yaveh. ¹¹ De hoa Yaveh tamin'i Mosesy : "Mandrapahoviana ro hanaovan'ity vahoka ity tsinotsinona anahy? Mandrapahoviana ro tsa hatokian-dreo anahy , leko de teo aza reo famatarana ny heriko aby ze efa nataoko teo amin-dreo ? ¹² Hamely an-dreo amin'ny areti-mandringana iaho , tsa hapandova an-dreo , de hanangagna firenena ze ho libodaka sy noho reo avy amin'ny fokonao ihany iaho." ¹³ Hoy Mosesy tamin'i Yaveh : "Lehe manao an zany agnao , de handre ny momba anzany ny Egyptiana , satria efa namonjy ity vahoaka ity reo tamin'by herinao agnao . ¹⁴ Hitarogna anizany amin-dreo ponin'ity tany ity reo .Efa ren-dreo fa agnao , Yaveh ,ro miaraka amin'ity vahoaka ity 'satria efa hita nifanatri-tava agnao . Nijoro teo amin'ny

vahoakanay ny rahonao . Nialoha an-dreo tamin'ny andry rahogna agnao ny andro ary tamin'ny andry afo ny aligna.¹⁵ amizao Lehe mamono anity vahoaka ty tahaka ny ona raika Agnao, de hitarogna ny firenena ze nandre ny lazanao ko hanao hoe: ¹⁶ 'Satria tsa nahavita nitondra anity vahoaka ty tagny amin'ny tany ze nianiagnany hamena an-dreo i Yaveh, de novonoany tagny agn'efitsa reo.' ¹⁷ Amizao, mitalaho aminao aho, apiasao ny herinao lihibe. Fa efa nilaza Agnao hoe: ¹⁸ 'Tsa malaky masiaka Yaveh sady tsa mivadi-pagnikena. Mamela heloka sy fahotana I. tsamba magnamarina ny meloka I fa mamaly ny fahotan'ny razambe amin'ny tarana-dreo, de amin'ny taranaka fahatelo sy haefatsa. ¹⁹ 'Mamelà, mitalaho aminao aho, ny fahotan'ity vahoaka ty tratsan'ny halihibe ny famindra-ponao, tahaka ny efa namilanao mandrakariva ty vahoaka ty nanomboka tamin'ny fotoagna naha-tany Egypta an-dreo mandraka androany.' ²⁰ Zao ro nataon'i Yaveh: "Efa namela an-dreo tamin'ny fagnatitrahana ny fangatahanao Aho, ²¹ nefa marina tokoa, lehe velogna tagnany Aho, sady lehe ho feno ny voninahitso koa ny tany aby, ²² ny ona aby ze nahita ny voninahitso sy ny famatarana ny hery ze nataoko tagny Egypta sy tagny agn'efitsa reo__de vona naka fagnahy Anahy impolo reo sady tsa nihieno ny feoko. ²³ De milaza Aho fa tsa nahita ny tany ze efa nianiagnako tamin'ny razambeny tokoa reo. Tsa hisy ndreko raika amindreo ze nanao tsinotsinona Anahy hahita anizay, ²⁴ hafa-tsy i Kaleba panopoko, satria managna fagnahy hafa i. Efa nagnaraka Anahy tateraka i; de hitondra anazy ao amin'ny tany ze nandihianany hosafoana Aho. Halain'ny taranany ho fanagnany zay. ²⁵ (De ny amalekita sy Kananita de nipetraka tagny andohasaha.) Mipodiana ko mandihiana agny agn'efitsa amin'ny lalagna mandeha agny amin'ny Ranomasina.'" ²⁶ Nitarogna tamin'i Mosesy sy Arona yaveh. Zao ro nataony: ²⁷ "Mandra-pahoviana ro handiferako anity fiangonana ratsy ze magnakiagna Anahy ty? Efa reko ny fitaraignan'ny vahoakan'Israely ny aminahy. ²⁸ Lazao amin-dreo hoe: 'Lehe velogna koa Aho, 'Zao ro nataon'i Yaveh, 'araka nolazainareo teo apotitsofiko, ro hanao anizao aminareo Aho: ²⁹ Hiapatsa agny agn'efitsa ny fatinareo, de agnareo aby ze nitaraigna ny Aminahy, agnareo ze voaisa tamin'ny fagnisam-bahoaka, ny fitambaran'ny isan'ny ona roapolo taogna ro miakatsa. ³⁰ Tsa hiditsa agny amin'ny tany ze napagnatigniako hataonareo fonegnana tokoa agnareo, hafa-tsy Kaleba zanak'i Jefone sy Josoa zanak'i Nona. ³¹ Nefa ny zanakareo ze lazainareo fa ho lasibatra, de ho feriko miditsa ao amin'ny tany reo. Hiaigna amin'ny tany ze nolavinareo reo! ³² De ny aminareo hiapatsa agny agn'efitsa ny fatinareo. ³³ Ho piandry ondry agny agn'efitsa mandritsa ny efapolo taogna ny zanakareo. Tsy maintsy hizaka ny vokatsy ny asa fikomianareo mandra-pahafatinareo agny agn'efitsa reo. ³⁴ Tahaka ny isan'ny andro ze nisafoanareo ny tany__efapolo andro, de tsy maintsy hizaka ny vokatsy ny fahotanareo mandritsa ny efapolo taogna tahaka anizay koa agnareo__heritaogna ho an'ny ndraik'andro, de ho fantatsareo hoe akory zay fahavaloko zay. ³⁵ Iaho, Yaveh, ro efa nitarogna. Hataoko ho an'ity fiangonana ratsy ze miaramivory hanohitsa Anahy ty tokoa zay. Hofongorana tanteraka reo, ko ho maty eto,'" Ko reo lilahy ze nirahin'i Mosesy mba hijery ny tany de matin'ny areti-mandringagna teo imason'i Yaveh aby . Reo de ny lilahy ze nipody de nitati-dratsy momba ny tany . Zay ro napitaraigna ny fiangonana aby ny amin'i Mosesy .kAmin-dreo lilahy ze roso mba hijery ny taany , de i Josoa zanak' i Nonaa sy Kaleba zanak'i Jefone ihany ro sisa velogna . Lefa nitatitsa reo tarogna reo tamin'ny vahoakan'ny Israely aby i Mosesy , de nalahelo mafy reo . Nifoha maraigna be reo de roso atapo-tendrombohitsa de nanao hoe: "Indro reto agnay , de ho roso ho agny amin'ny toerana ze napagnatenain'i Yaveh , fa efa nanota agnay ." Nefa hoa i Mosesy : " Nahoana agnareo ro mandika ny didin'i Yaveh akehitriny ? Tsa hahomby agnareo . Aza roso , satria tsa momba anareo hakagna anareo tsa ho resin'ny fahavalonareo Yaveh . Agny reo Amelekita sy reo Kananita , de ho fati-tsabatra agnareo satria efa nihodigna tamin'ny fagnarahana an'i Yaveh agnareo . koa tsa homba anareo i." Nefa nahasahisahy niakatsa tagny amin'ny tany havoana reo; leko zay aza , de tsa roso tao atoby na i Mosesy na ny fiaran'ny faneken'i Yaveh . De nirorogna reo Amalekita , sy reo Kananita zi nipetraka tao amin'ireo havoana ireo koa. Nanifika reo Israelita sy nandresy an-dreo tegny an-dalagna roso agny Horma aby reo .

Chapter 15

¹ De niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh.Zao ro nataony : ² " Mirisaha amin'ny vahoakan' Israely de tarogno reo hoe: " Sy efa ho roso agny amin'ny tany ze hitoeranareo agnareo, de ze homen'i Yaveh anareo , ³ de hagnomagna fagnatitsa amin'ny afo ho an'i Yaveh agnareo, na fagnatitsa doroana na sorogna mba hagnatitrahana voady na fagnatitsa an-tsitraro, na fagnatitsa amin'ny fanasanareo , mba hamokatsa hagnitsa akasitrahana ho an'i Yaveh, hatamin'ny ômby na ondry. ⁴ Mba manolora sorogna doroana ho an'i Yaveh agnareo de apahafolon'ny efaha amin'ny lafarinina soa toto nafangaro tamin'ny menaka apahaefatsy ny hina hatao fagnatitsa hohanina. ⁵ Mba hanolotsa dovay apahefatsy ny hina hatao fagnatitsa sotroana ho an'ny zanak'ondry tsiraidraika koa agnareo, miaraka amin'ny fagnatitsa doroana, na ho an'ny sorogna. ⁶ Lehe manolotsa ondry lahy agnareo, de mba hagnomagna lafarinina soa toto roa apahafolon'ny efaha nafangaro tamin'ny menaka apahatelon'ny hina agnareo hatao fagnatitsa hohanina. ⁷ Ny amin'ny fagnatitsa sotroana, mba hanolotsa dovay apahatelon'ny hina agnareo. Hamokatsa hagnitsa manipofogna ho an'i Yaveh zay. ⁸ Lehe hagnomagna ômby hatao fagnatitsa doroana agnareo na hatao sorogna hagnatitrahana voady, na hatao fagnati-piombognana amin'i Yaveh, ⁹ de mba hanolotsa lafarinina soa toto apahatelon'ny efaha nafangaro tamin'ny menaka atsasaky ny hina miaraka amin'ny ômby agnareo hatao fagnatitsa hohanina. ¹⁰ Mba hanolotsa dovay atsasaky ny hina agnareo hatao fagnatitsa vita amin'ny afo, mba hamokatsa hagnitsa manipofogna ho an'i Yaveh. ¹¹ Ao mba ho vita ho an'ny ômby tsiraidraika zay fomba zay, ho an'ny ondry lahy tsiraidraika, de ho an'ny zanak'ondry lahy tsiraidraika na osy tanora. ¹² Ny sorogna tsiraidraika ze omagninareo sy hatolotsareo de mba ho vita tahaka ny voafaritsa eto. ¹³ Ny tera-tany Israelita aby de mba hanao anireo raha reo amin'io fomba io, sy efa misy ona mitondra sorogna vita amin'ny afo, mba hamokatsa hagnitsa ze ankasitrahana'i

Yaveh.¹⁴ Lehe misy vahiny mitoatsa miaraka aminareo, na ze raha aby mety ho hoanina ao aminareo mandritsa ny taranaky ny vahoakanareo, de mba hanolotsa fagnatitsa vita tamin'ny afo i, mba hamokatsa hagnitsa manipofogna ho an'i Yaveh. Mba hanao tahaka ny fanaonareo i.¹⁵ Mba hatao lalagna mitovy ho an'ny fiaraha-monigna sy ho an'ny vahiny ze mitoatsa miaraka aminareo zay, lalàna maharitsa mandritsa ny taranaky ny vahoakanareo. Tahaka anareo, ro mba hitoeran'ny reo pandeha koa eo aminareo. Mba hanao tahaka ny fanaonareo eo agnilan'i Yaveh i.¹⁶ Mba ho didy aman-dalàna mitovy ro apiharina aminareo sy amin'ny vahiny ze mitoatsa miaraka aminareo."¹⁷ Vona niresaka tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh. Zao ro nataony :¹⁸ "Mirisaha amin'ny vahoakan'israely de tarogno reo hoe: 'Lehe avy eo amin'ny tany ze hangalako anareo agnareo,¹⁹ lehe mihinana ny hanina vokatsa eo amin'ny tany agnareo, de mba hanolotsa fagnatitsa sy haneho anizay Aminahy agnareo.²⁰ Hatamin'ny voalohan-kobanareo ro tsy maintsy agnateranareo mofo mba hapiakarina zay hatao fagnatitsa asandratsa hatagny amin'ny fikororohana. de mba hapiakatsa ambony amizay fomba zay agnareo.²¹ Hagnome fagnatitsa asandratsa ho Anahy agnareo mandritsa ny taranaky ny vahoakanareo hatamin'ny voalohan-kobanareo.²² Hanota tsa kinahy agnareo sy ndraindraika, lehe tsa makato ny didy aby ze efa norisahako tamin'i Mosesy reo agnareo."²³ ny raha aby ze efa nandidiako anareo tamin'ny alalan'i Mosesy hatramin'ny andro ze nanombohako nagnomezana didy de mitohy mandritsa ny taranaky ny vahoakanareo.²⁴ Amin'ny trangan'ny fahotana tsa kinahy amin'ny tsa fahalalan'ny fiaraha-monigna, de mba hanolotsa vatots'ômbilahy raika ny fiaraha-monigna abiaby hatao fagnatitsa doroana mba hamokatsa hagnitsa manipofogna ho an'i Yaveh. Miaraka amizay de ho vita ny fagnatitsa hohanina sy fagnatitsa sotroana, tahaka ny nandidiana tamireo didy, de osilahy raika fagnatitsa noho ny ota.²⁵ Mba hanao fagnavotana ho an'ny fiaraha-monign'ny vahoaka Israely aby ny pisorogna. Ho voavela heloka reo satria fahadisoana ny fahotana. Efa nitondra sorogna reo, ny fagnatitsa vita tamin'ny afo ho Anahy. Efa nitondra ny fagnatitsa noho ny otany teo alohako reo ho an'ny fahadisoan-dreo.²⁶ De ho voavela heloka aby ny fiarahamonigna vahoakan'Israely, sy ny vahiny hitoatsa miaraka amin-dreo koa, satria nahavita heloka tsa nahy aby ny vahoaka aby.²⁷ Lehe manota tsa nahy ny ona raika, de mba hanolotsa osy vavy heritaogna hatao fagnatitsa tratsany ota i.²⁸ Mba hanao fagnavotana eo agnilan'i Yaveh ny pisorogna ho an'ny ona ze nanota tsa nahy. Ho voavela heloka zay ona zay sy efa vita ny fagnavotana.²⁹ Mba hanagna lalàna mitovy agnareo ho an'ize manao raha tsa nahy, lalàna mitovy ho anize tera-tany eo amin'ny vahoakan'Israely sy ho an'ny vahiny ze mitoatsa eo amin-dreo.³⁰ Fa ny ona ze manao raha amin'ny fihatsiana, na tera-tany i na vahiny, de mitaropoagna Anahy. Mba ho fongorana eo amin'ny vahoakany zay ona zay.³¹ Satria efa nanao tsinotsinona ny taroko i sady nandika ny didiko, de mba ho fongorana tateraka zay ona zay. Ho aminazy ny fahotany."³² Lehe vona tagny agn'efitsa ny vahoakan'Israely, de nahita lihilahy namory hazo tamin'ny andro sabata reo.³³ Reo ze nahita anazy nitondra anazy tamin'i Mosesy, Arona, de ny fiaraha-monigna aby.³⁴ Notanan-dreo aponja i satria vona tsa voalaza ze tokony natao taminazy.³⁵ nilaza tamin'i Mosesy i Yaveh hoe: "Mba ho vonoana tokoa ny lihilahy. de ny fiaraha-monigna aby hitorabato anazy ivelany toby."³⁶ Nitondra anazy agniveleny toby ny fiaraha-monigna aby de nitorabato anazy ho maty araka ze efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.³⁷ Vona niresaka tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh. Zao ro nataony: ³⁸ "Mirisaha amin'ny taranak'Israely de mandidia an-dreo mba hanao somots'aviavy ho an'i tegnan-dreo hiraviravy hategny amin'ny moron'akanjon-dreo, mba hapiaviravy an-dreo isaky ny sisiny amin'ny tady mangamanga. De hanao anizay reo mandritsa ny taranaky ny vahoakany.³⁹ Ho fapatsiahivina manokagna ho anareo ny didiko aby zay, mba hagnatateraka anireo ko tsa hijirenaireo manokagna ny fonareo sy ny masonareo de hivarotanareo tegna amin-dreo.⁴⁰ aovo zay mba hatsiarovanareo sy hakatoavanareo ny didiko aby, de ho masina agnareo, natokagna ho ahy,⁴¹ Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo nienga ny tany Egypta, mba ho Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo."

Chapter 16

¹ De i kora ro zanaka lahin'i Jizara zanaka lahin'i Kehata zanaka lahin'i Levy, miaraka amin'i Datana sy Abirama zanaka lahin'i Eliaba, sy Ona zanak'i Peleta, taranak'i Robena, de namory lihilahy sasatsasany. ² Nitsangagna hanohitsa an'i Mosesy reo, ko niaraka tamin'ny lihilahy hafa hatamin'ny vahoakan'Israely, pitarika fiangonana dimapolo sy roanjato ze pikambagna fantan-daza teo amin'ny fiangonana. ³ Niara-nivory reo mba hifagnandrigna amin'i Mosesy sy Arona. Zao ro nataon-dreo taminazy: "Nandeha lavitsa loatsa agnareo! Fa voatokagna ny fiangonana aby, ny tsiraidraika amin-dreo, sady i Yaveh de eo amin-dreo. Nahoana ro manandratsa ny tegnanareo eo amin'ny ambin'ny fiangonan'i Yaveh agnareo?" ⁴ Sy efa ren'i Mosesy zay, de napihohoka ny tegnany i. ⁵ Nitarogna tamin'i Kora reo aby ze niaraka taminazy hoe: "Amin'ny maraigna de hapafatarin'i Yaveh reo ze anazy sy reo ze voatokagna ho Anazy. Ho feriny ho eo agnilany zay ona zay. Ny raika ze voafidiny de ho feriny handriny ny tegnany. ⁶ Ataovo zao, ry kora sy ny tariny aby. Alao ny fiton-drana'afô ⁷ sy apitso de asio sy afo sy didikazo magnitsa agnatin'izay eo alohan'i Yaveh. Ny raika ze fidian'i Yaveh, de ho voatokagna ho an'i Yaveh zay ona zay. Nanjary lavitsa loatsa agnao, ry taranaky Levy." ⁸ De zao ndraika ro nataon'i Mosesy tamin'i Kora hoe: "Amizao mihianoa, agnareo ry taranak'i Levy: ⁹ nga raha kely aminareo ny napsarahan'Andriamagnitsa anareo tamin'ny fiangonan'Israely, mba hitondra anareo mariny ny tegnany, mba hanao ny asany ao amin'ny tabernakelin'i Yaveh, de hitsangagna eo alohany fiangonana mba hanopo an-dreo? ¹⁰ Nitondra anao mariny I, sy ny rahalahinao aby, taranaky Levy miaraka aminao, nefa vona mitadia ny fisorognana koa agnareo! ¹¹ de zay ro nivon-drognareo sy ny tarinao hanohitsa an'i Yaveh. Ko nahoana agnareo ro mitaraigna ny mahakasika an'i Arona, ze makatoa an'i Yaveh?" ¹² De i Mosesy nangaika an'i Datana sy Abirama, zanaka lahin'i Eliaba, fa nitarogna reo hoe: " tsa hiakatsa agnay. ¹³ Raha kely

aminao angaha ny nitondranao anay niakatsa nivoaka ny tany tondra-dronono sy tately, mba hamono anay agny agn'efitsa? Amizao de magniry ny tegnanao hanapaka eo aminay agnay! ¹⁴ Ho fagnapinizay, tsa nitondra anay tagny amin'ny tany tondra-dronono sy tately Agnao, na nagnome anay ny saha sy tanimboaloboka ho lova. Amizao de magniry hahajamba anay amireo fapagnatigniana foagna ve Agnao? tsa ho agny amina agnay. " ¹⁵ Nasiaka mafy i Mosesy sady nitarogna tamin'i Yaveh hoe: "Aza magneky ny fagnatiny. Tsa nangalaka apondra ndreko raika tamin-dreo aho, sady tsamba nagnisy ratsy an-deo neko indraika aza." ¹⁶ De nitarogna tamin'i Kora i Mosesy hoe: "Sy apitso de tsy maintsy handeha eo alohan'i Yaveh agnao sy ny tarikao __Agnao sy reo, de Arona. ¹⁷ Mba samy manglaka ny fangalan'afony aby tsika de asiana ny didikazo magnitsa . Avy eo de mba hitondra ny fitondran'afony eo alohan'i Yaveh aby tsika, fitondranafo dima-polo sy roanjato. Agnao sy Arona, koa de mba hitondra ny fitondrana'afonareo aby." ¹⁸ Ko de nangalaka ny fiton-dran'afony aby ny ona tsiraidraika, nandrehitsa afo tamizay, sady nitsangagna teo amin'ny fidirany tragno lay fihaognana niaraka tamin'i Mosesy sy Arona. ¹⁹ Napivory ny fivondrognana aby manohitsa an'i Mosesy sy Arona teo amin'ny fidirany tragno lay fihaognana i Kora, de niboaka tamin'ny fivoriana aby ny voninahits'i Yaveh. ²⁰ De niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh hoe: ²¹ "Saraho amity fiangonana ty ny tegnanareo mba tongade mandevognako an-dreo ." ²² Niondrika i Mosesy sy Arona sady nitarogna hoe: "Andriamagnitsa, Andriamagnitsy ny fagnahin'ny olombelogna aby, lehe manota ny ona raika, de hasiaka amin'ny fiangonana aby ve agnao? ²³ Namaly an'i Mosesy i Yaveh. ²⁴ Zao ro nataony hoe: "Mitarògna amin'ny fivondrognana. Mitarògna hoe: "Mialà amin'ny lain'i Kora, Datana, de Abirama." ²⁵ De nitsangagna i Mosesy sady nandeha agny Datana sy Abirama; ny loholon'Israely de nagnaraka anazy. ²⁶ Niresaka tamin'ny fivondrognana i ko nitarogna hoe: "Androany de mialà aminy lainy ratsy fagnahy de aza mikitikitika na ina na ina ny andreo, fangehe levogna amin'ny alalan'ny fahotany aby agnao." ²⁷ Ko namela an-dreo yamin'ny zoron'ny lain'i Kora, Datana, de abirama ny fivondrognana. Nienga i Datana sy `Abirama sady nitsangagna teo amin'ny fidiran'ny lain-dreo, niaraka tamin'ny vadiny, zanaka lahy, de ny madininy ²⁸ De nitarogna i Mosesy hoe: "Amizao ro ahafataranareo fa Yaveh ro nagniraka anahy hanao ny asa aby, fa tsa nanao anireo tamin'ny saiko hiany aho. ²⁹ Lehe maty amin'ny fahafatesana voajanahary tahaka ny raha misy ara-dalana reo ona reo, de tsa nandefa anahy i Yaveh. ³⁰ Fa lehe mamorogna fivohana amin'ny tany ze miteligna an-dreo ao tahaka ny vava lihibe i Yaveh, miaraka amireo fianakaviany aby, sady lehe midigna velogna agny amin'ny fiaigna tsa hita reo, de mba ho fantatsa fa reo ona reo de nanao tsinotsinona an'i Yaveh." ³¹ Lehe vona tsa tapitsa ny fitarognan'i Mosesy reo tarogna aby reo, de nivoha teo ambanininy reo lihilahy reo ny tany. ³² Namoha ny vavany ny tany de niteligna an-dreo, ny fianakaviany, de ny ona aby ze an'i Kora, de ny fanagnany aby. ³³ De trotraka velogna tagny amin'ny fiaigna tsa hita reo sy ny reo aby tao amireo fianakaviany. Nikatogna teo ambonin-dreo ny tany, de tamizay ro nahafongotsa an-dreo teo agnison'ny fivondrognana. ³⁴ Reo israely aby magnodidigna an-dreo de nilefa tamireo tabatabany. Nitabataba reo hoe: "mety hiteligna antsika koa ny tany!" Mety hiteligna antsika koa ny tany!" ³⁵ De nitselatsa ny afo hatamin'i Yaveh sady nihinana ny ona 250 ze nanolotsa ditikazo magnitsa. ³⁶ niresaka tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh sady nitarogna hoe: ³⁷ "mirisaha amin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona pisorogna de hamono ny afo amin'ny fandoroana ny ditikazo magnitsa, fa ny fitondran'afo de ho anahy, de avilao i hagnaparitaka ny vain'afo agny alavitsa. ³⁸ Alao ny fitondran'afo ny ze namoy ny ainy nohony fahotany.oka reo ho vilia voatefy mba ho fanarognana ny alitara. Nanolotsa anireo teo alohako reo ona reo, ko voatokagna ho Anahy reo. Ho famatarana ny fisiako amireo vahoakan'Israely reo. ³⁹ Nangalaka ny fitondran'afo varahogna i Eleazara pisorogna ze napiasan'ny ona ze may, ko de notifena hatao fanarognana ho an'ny alitara reo, ⁴⁰ mba ho fapahatsiahivana ho anireo vahoakan'Israely, mba tsa hisy vahiny ze tsa taranaka hatamin'ny Arona ho avy handoro diti-kazo magnitsa mariny an'i Yaveh, ko tsa hanjary tahaka an'i Kora sy ny tariny reo __araka ze efa nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy. ⁴¹ Fa ny apitso maraigna de nitaraigna tamin'i Mosesy sy Arona ny fivondrognan'ny vahoakan'Israely aby. Zao ro nataon-dreo hoe: "Novonoanareo ny vahoakan' i Yaveh." ⁴² De niboaka zay, Sy efa nivory hanohitsa an'i Mosesy sy Arona ny fivondrognana aby, lehe nijery tao amin'ny tragno lay fihaognan-dreo, de, io, nanarogna anizay ny rahogna. Niboaka ny voninahits'i Yaveh, ⁴³ Mosesy sy Arona de nandeha teo alohan'ny tragno-lay fihaognana. ⁴⁴ De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh. Zao ro nataony: ⁴⁵ "Mialà lavitsa tsa ho eo alohanio fivondrognana io mba hahafahako mandevogna an-dreo avy atragny." De napiondrika ny tegnany tamin'ny tany i Mosesy sy Arona. ⁴⁶ Zao ro nataony Mosesy tamin'i Arona: "Alao ny fitondran'afo, asio afo hategny amin'ny alitara, asio diti-kazo magnitsa ao agnatin'izay, fero malaky agny amin'ny fivondrognana zay de manaova fagnavotana ho an-dreo, satria avy amin'i Yaveh ny fahasiahana. Nanomboka ny areti-mandringagna." ⁴⁷ De nanao araka ze natoron'i Mosesy i Arona. Nilailava handeha eo agnivony fivondrognana i. Efa nanomboka niparitaka malaky teo amin'ny ona ny areti-mandringagna, ko de napidiriny ny diti-kazo magnitsa ko nanao fagnavotana ho an'ny ona i. ⁴⁸ Nitsangagna teo agnelagnelany velogna sy ny maty i Arona; ko tamizay de niegnina ny areti-mandringagna. ⁴⁹ Reo ze matin'ny areti-mandringagna de 14 700, Akoatsan,ireo ze maty tratsan'ny amin'i Kora. ⁵⁰ Nipody tagny amin'i Mosesy teo amin'ny fidiran'ny tragno-lay fihaognana i Arona, de niegnina ny areti-mandringagna.

Chapter 17

¹ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh. ² Zao ro nataony hoe: "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de mangala tehigna hatamin-dreo, raika isaky ny tsiraidraika amin'ny fokon-drazagna, de tehigna roa ambiny folo. Sorato eo amin'ny tehiny aby ny agnarany ona tsiraidraika. ³ De mba hosoroatana amin'ny tehin'i Levy ny agnaran'i Arona. Tsy maintsy misy tehigna raika hatamin'ny fokon-drazany ho an'ny pitarika tsiraidraika. ⁴ Tsy maintsy apetrakao ao amin'ny tragno

lay fihaognana eo alohan'ny lalàn'ny fagnikena. ze hiaognako aminao reo tehigna. ⁵ De ny tehin'ny ona ze fidiako de hitsimoka. Hapiagneniko ny fitaraignana hatamireo ona, ze lazainy hagnoregnana anao." ⁶ Ko de nitarogna tamin'ny vahoakan'Israely i Mosesy. Nagnome tehigna anazy aby ny pitarika ara-poko, tehigna raika aby hoanireo pitarika tsiraidraika, ze notindrena hatamin'ny fokon-drazagna isan'isany, tehigna roa ambin'ny folo ro fitambarany. Tao agnatin'izay ny tehin'i Arona. ⁷ Avy eo de napetrak'i Mosesy teo agnatrehan'i Yaveh tao amin'ny lain'ny lalàna ny fagnikena ny tehigna. ⁸ Ny apitsa de niditsa tao amin'ny lain'ny lalàn'ny fagnikena i Mosesy, de io, nagniry ny tehin'i Arona ho an'ny fokon'i Levy. Nagniry kibory zay de namoa felany sy amygdala! ⁹ Noferin'i Mosesy nienga tsa ho eo agnatrehan'i Yaveh ho eo amin'ny vahoakan'Israely manotolo ny tehigna aby, de samy nangalaka ny tehigna aby, de samy nangalaka ny tehiny aby ny ona tsiraidraika. ¹⁰ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy: "Apiraho ho eo alohan'ny lalàn'ny fagnikena ny tehin'i Arona. Tehirizo ho famatara-keloka hanohitsa ny ona ze nikiomy ze mba tsa hagnatsaranao ny fitaraignana manohitsa Anahy, lehe tsa zay de ho maty reo." ¹¹ Nanao arakizay nandidian'i Yaveh anazy i Mosesy. ¹² Nitarogna tamin'i Mosesy ny vahoakan'Israely ko nitarogna hoe: "Ho maty aty tsika. Ho ringagna aby tsika abiaby! Ze aby miakatsa, ¹³ Ze aby magnatogna ny tabernakelin'i Yaveh, de ho maty. de tsy maintsy ho maty ve tsika abiaby?"

Chapter 18

¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Arona: "Agnao, ny zanakao, de ny fokon-drazagna de ho topon-andraikitsa amireo fahotana aby vita tamin'ny fitoerana masina. Fa agnao sy ny zanakao hiany ro ho topon-andraikitsa amireo fahotana aby nataony ona aby tao amin'ny fisorognana. ² Tahaka ny amireo piara mikambagna aminao amin'ny fokony levy, ny fokon-drazagnao, de mba ho ferinao miaraka aminao reo mba ahazoan-dreo magnatogna anao sy magnapy anao sy efa manopo eo alohan'ny lain'ny lalàn'ny fagnikena agnao sy ny zanakao. ³ De mba hanompo anao sy ny lay manontolo i reo. Kanefa, reo mba tsa hagneky ny raha ao amin'ny fitoerana masina na mifandray amin'ny alitara, fa ho maty koa reo sy agnao. ⁴ Mba hamonjy anao i sady hikorakara ny tragno lay fihaognana, ho an'ny asa aby mifandray amin'ny vahiny. ⁵ De mba handray andraikitsa ho an'ny fitorana masina sady ho an'ny alitara mba tsa hiavian'ny fahasosorako eo amin'ny zanak'Israely ndraika. ⁶ Io, Iaho ro efa nisafidy ny levita piara mikambagna aminao hatagny amireo taranak'Israely. Fagnomezana ho anao reo, efa namena Anahy mba hanao ny asa mifandraika amin'ny tragno lay fihaognana. ⁷ Kanefa agnao sy ny zanakao ro mety hanao ny asa fisorognana momba ny raha aby mifandray amin'ny alitara sy ny raha aby agnatin'ny lamba. Agnareo hiany ro aoka hameno ny andraikitsa reo. Hameko anao ho fagnomezana ny fisorognana. Ze vahiny magnidy de mba hovonoana." ⁸ De zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Arona: "Io, efa nameko anao ny adidy fikirakirana ny fagnatitsa asandratsa ho Aminahy. Efa nameko anao sy ny zanakao ho anjaranao reo fagnatitsa reo. ⁹ Ireto ro tena raha masina, voaaro amin'ny afo: hatamin'ny fagnatitsan-dreo aby__ny fagnatitsa hohanina aby, ny fagnatitsa tratsany ota aby, de ny fagnatitsa tratsany heloka aby__tena masina ho anao sy ny zanakao reo. ¹⁰ Tena masina toko reo fagnatitsa reo; mba hihinana anizay ny lihilahy aby, fa masina ho anao reo. ¹¹ Reto aby ny fagnatitsa ze ho anao: ny fagnomezan-dreo, ny fagnatitsa ahevahevan'ny zanak'Israely aby. efa nameko anao reo, reo zanakao lahy sy ny zanakao vavy, ho anjaranao. ny abiaby ze madio amin'ny fombafomba ao amin'ny akohognanao de mahazo mihinana amireo fagnatitsa reo. ¹² Ny soa ndrindra amin'ny menaka, ny soa ndrindra amin'ny dovay sy ny vary, ny voalohambokatsa ze omeny ona anahy__ny raha aby de efa nameko anao. ¹³ Ny vokatsizay aby zay matoa voalohany ze eo amin'ny tanin-dreo, de ze ferin-dreo aty Aminahy, de ho hazanao. ze aby madio ao amin'ny taranakao de mahazo mihinana anireo raha reo. ¹⁴ Ny raha aby voatokagna ao Israely de ho hazanao aby. ¹⁵ Ny raha aby ze mamoha ny vohoka, ny voalohateraka aby ze atolotsy ny ona an'i Yaveh, ny ona sy ny biby mitambatsa, de ho hazanao aby. neko de zay aza, de ny ona hividy ny zanaka lahy voalohateraka aby ndraika, de reo hividy ndraika ny voaloha-teraky ny biby maloto. ¹⁶ Reo ze voavidin'ny ona ndraika de hagnapody hividy afarany raivolagna. Sy avy eo de afaka mividy an-dreo ndraika ny ona, amin'ny vidiny sekely dimy, araka ny karazan-danjan'ny sekely fitoerana masina, ze mitovy amin'ny zeraha roapolo. ¹⁷ Fa ny voaloha-teraky ny omby vavy, na ny voaloha-teraky ny ondry, na ny voaloha-teraky ny osy__mba tsa hapodinareo hovidiana reo biby reo; fa voatokagna ho Anahy reo. De mba hamafy ny ràn'ireo eo amin'ny alitara agnao sady handoro ny saboran-dreo hatao fagnatitsa natao tamin'ny afo, hagnitsa akasitrahana'i Yaveh. ¹⁸ Ny henan-dreo de ho anao. Tahaka ny tratra sy ny fe akavagnana nasandratsa, de ho anao ny henan-dreo. ¹⁹ fagnatitsa masina aby ze atolotsy ny ona amin'i Yaveh, de efa nameko anao, ny zanakao lahy sy ny zanakao vavy miaraka aminao, ho zara mitohitohy. Fagnikena mandrakizay amin'ny sira zay, fagnikena mamatotsa mandrakizay, eo agnatrehan'i Yaveh ho anao sy ny taranakao miaraka aminao." ²⁰ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Arona: sa hanagna lova ao amin'ny tanin'ny vahoaka agnao, na hanan-jara amin'ny fanagnana eo amin'ny vahoaka. Iaho ro anjaranao sy lovanao eo amin'ny vahoakan'Israely. ²¹ Ho an'ny taranak'i Levy, io, efa nagnome ny apahafolon-karena aby ao Israely ho lovan-dreo ho valiny asa ze omen-dreo amin'ny fiasana ao amin'ny tragno-lay fihaognana Aho. ²² Manombok'izao de oka ny vahoakan'Israely mba tsa ho avy handriny ny tragno-lay fihaognana, fa ho topon-andraikitsa amizay ny fahotana izay reo de ho maty. ²³ De ny levita hanao ny asa mifandraika amin'ny tragno-lay fihaognana. Ho topon-andraikitsa amin'ny fahotana magnodidigna anizay reo. Ho lalàna maharitsa manerana ny taranaky ny vahoakanao zay. De tsa handova eo amin'ny zanak'Israely reo. ²⁴ Satria ny apahafolokareny vahaoakan'Israely, ze natolo-dreo ho fandraisana anjara aty Aminahy__reo ro efa nameko an'i Levita ho lovan-dreo. Izay ro nilazako tamin, dreo hoe: 'Mba tsa hanagna lova eo amin'ny zanak'Israely reo.'" ²⁵ Yaveh niresaka tamin'i moesesy de nanao hoe: ²⁶ "De agnao hiresaka amin'ny Levita sady hilaza amin-dreo hoe: 'Sy efa mandray ny apahafolo ze hatamin'ny

zanak'Israely ze efa nameko anao hatamin-dreo ho lovanao agnao, de haneho fandraisana anjara hatamizay ho ani Yaveh, apahafolony amin'ny fahafolokarena.²⁷ Ny fandraisana anjara de mba ho raisinao tahaka ny hoe apahafolon'ny voa hatamin'ny fikororohana ny famokarana avy amin'ny famiazam-boaloboka zay.²⁸ Ko de hanao fandraisana anjara amin'i Yaveh hatamin'ny aoahafolon-karena ze raisinao hatamin'ny vahoakan'Israely. Fa hatamin-dreo ro tsy maintsy hagnomezanao anjara ho an'i Arona pisorogna.²⁹ Akoatsany fagnomezana aby raisinao, de mba hanao fandraisana anjara amin'i Yaveh agnao. de hataonao zay hatamin'ny raha soa sy masina indrindra aby ze efa namena anao.³⁰ Noho izay de aoka agnao holaza amin-dreo hoe: 'Sy efa manolotsa ny soa ndrindra amizay agnareo, de aoka hisainga ho an'i Levita ho tahaka ny vokatsa hatamin'ny fikororohana sy ny famihiazana voaloboka zay.³¹ De mahazo mihinana ny ambin'ny fagnomezanareo amin'ny toerana aby agnareo, agnareo sy ny akohognanareo, satria zay ro karamanareo ho tambin'ny asanareo tao amin'ny tragno-lay fihaognana.³² Tsa ho meloka amizay heloka tamiin'ny fihinanana sy fisotroana anizay agnareo, Lehe tsy efa nagnatoro tamin'ny Yaveh ny soa ndrindra hatamizay efa noraisinareo. Fa agnareo mba tsa haniratsira ny fagnatitsa masin'ny vahoakan'Israely, lehe tsa izay de ho maty agnareo.'"

Chapter 19

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Zao ro nataony hoe: ² "Izao ro lalàna ze andidiako anareo: lazao ny vahoakan'Israely fa tokony hitondra ômbivavy kely mena tsa misy kilema eo aminareo reo, sady tsa vona nasiana zioga.³ Ameo an'i Eleazara pisorogna ny ômbivavy kely. Hoferiny agny ivelany toby zay, de hisy ona hamono anizay eo alohany.⁴ Eleazara pisorogna de hangalaka kely amin'ny ranizay amin'ny taghany de hamafy anizay eo alohany tragno-lay fihaognana.⁵ Ny pisorogna hafa de hitondra ny ômbivavy keliny eo imasony. Handoro ny hodiny, ny nofony, de ny ràny miaraka amin'ny tainy.⁶ De mba hangalaka ny hazo sesera ny pisorogna, hysopa, sy ny volon'ondry mena, sady hanipy anizay eo agnivony ômbivavy kely mirehitsa.⁷ Sy avy eo de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano i. De mba ho afaka handeha agny amin'ny toby, ze hipitrahany maloto mandrapahariva ny andro i.⁸ Ze nandoro ny ômbivavy kely de habasa ny akanjony amin'ny rano sady hoandro amin'ny rano. Hitoatsa maloto mandra-pahariva ny andro i.⁹ Ny ona ze madio de hagnangogna ny lavelogna ny ômbivavy kely sady hametraka anizay eo amin'ny toerana madio ivelan'ny toby. Reo lavelogna reo de hotehirizina ho an'ny fiarahamoni'ny vahoakan'ny Israely. Hapifangaro ny lavelogna amin'ny rano fagnadiovana amin'ny fahotana i reo, satria lavelogna de avy tam, in'ny afagnatitsa nohony ota.¹⁰ Ze namory ny lavelogna ny ômbivavy kely de hanasa ny akanjony. Hitoatsa maloto manadra-pahariva I. Izay de ho lalàna maharitsa ho an'ny vahoakan'Israely de ho an'ny vahiny ze mipetraka miaraka amin-dreo.¹¹ Na ia na ia mikiasika ny fatin'ona de haloto mandritsa ny fito andro.¹² Zay ona zay de tsy maintsy magnadio ny tagnany amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito. De hadio i. Fa lehe tsa magnadio ny tagnany amin'ny andro fahatelo i, de tsa hadio amin'ny andro fahafito.¹³ Na ia na ia mikiasika ny fatin'ona, ny vatany ona ze efa maty, de tsa magnadio ny tagnany__zay ona zay de mandoto ny tabernakelin'i Yaveh. Izay ona zay de hofongorana eo amin'Israely satria tsa nafafy tamin'ny rano ho an'ny fahalotoana. hitoatsa maloto i; ny fahalotoany de hipetraka aminazy.¹⁴ Izao ro lalagna lehe misy olo maty ao an-day. Ze abiaby mandeha amin'ny lay sy ze aby efa tao amin'ny lay de haloto mandritsa ny fito andro.¹⁵ Ny fitoeran-draha mivoha aby tsa misy fognony de haloto.¹⁶ Tahaka anizay koa, na ina na ia agny ivelan'ny lay ko mikiasika olo ze mati-tsabatra, na fatin'olo hafa, na tolagn'olo, na fasagna__Zay ona zay de haloto mandritsa ny fito andro.¹⁷ Ataovo ho an'ny olo maloto zao: Mangalà lavelogna hatamin'ny fagnatitsa doroana nohon'ny ota de afangaro ao aganaty siny miaraka amin'ny rano reo.¹⁸ Ny olo ze madio de hangalaka hisopa, androboka anizay ao agnaty rano, ko hamafy anizay ao amin'ny lay, eo amin'ny fitoeran-draha aby ao agnaty lay, amireo ona ze eo, de amireo aby nikasika ny tôlagna, ze novonoana, ze maty, na ny fasagna.¹⁹ Amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito, ny olo madio de hamafy anizay amin'ny olo maloto. amin'ny andro fahafito ny ona maloto de hagnadio ny tagnany. Hanasa ny akanjony sy hoandro amin'ny rano i. Hadio i amin'ny hariva.²⁰ Fa ze aby mitoatsa maloto, ze manda tsa handio ny tagnany__zay ona zay de hofongorana eo amin'ny fiarahamonigna, tratsany fandotoany ny fitoerana masin'i Yaveh. Tsa nafafy taminy rano ho an'ny fahalotoana; hitoatsa maloto i.²¹ Ho lalàna mitohy ny toe-draraha reo zay. Ze mamafy ny ranon'fahalotoana de hanasa ny akanjony. Ze mikasika ny ranony fahalotoana de haloto zizika hariva.²² Na ina na ina kasihiny ona maloto de haloto zay. ny ona ze mikiasika anizay de haloto zizika hariva

Chapter 20

¹ De ny vahoakan'Israely, ny vondrognana abiaby, de nandeha tagny agn'efitsiny Zina tamin'ny volagna voalohany; niegnina tao kadesy reo. Tagny miriama ro maty sy nalevigna.² Tsa nisy rano ho an'ny vondrognana, de niara'nivory hanohitsa an'i Mosesy sy Arona reo.³ Nitaraigna tamin'i Mosesy ny vahoaka. Zao ro nataon-dreo hoe: "Tena soa lehe maty tahaka ny Israelita namanay maty teo agnilan'i Yaveh agnay!⁴ Nahoana ro ferina mba ho maty aty amin'ny efitsa aty ny fivondrognan'i Yaveh, de agnay sy ny biby fiompiny?⁵ Nahoana agnao ro mapiakatsa anay nienga hatagny Egypta nitondra anay amin'ity toerana mahafandriandriagna ty? Io tsa misy voa, aviavy, voaloboka, na apongaben-dagnitsa eto, sady tsa misy rano hosotroana."⁶ De niala teo agnilan'ny fivondrognana i Mosesy sy Arona. Niditsa teo amin'ny fidiran'ny tragno-lay fihaognana reo sady niankohoka. De niboaka tamin-dreo tao ny famirapiratan'ny voninahits'i Yaveh.⁷ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh sady nanao hoe: ⁸ "Alao ny tehigna de vorio ny fivondrognana, agnao sy Arona ralahinao. Mitarôgnana amin'ny vatolampy eo imason-dreo, de mandidia mba hiboiboika rano zay. Hamoaka rano ho an-dreo hataoa

amin'ny vatolampy agnao, sady tsy maintsy omenao ny fivondrognana sy ny biby fiompiny mba hosotroany zay." ⁹ Noraisin'i Mosesy hateo alohan'i Yaveh ny tehigna, araka ny nandidian'i Yaveh anazy mba hatao. ¹⁰ e namory ny vahoaka teo alohan'ny vatolampy i Mosesy sy Arona. Zao ro nataon'i Mosesy tamin-dreo: "Androany mihianoa, agnareo panohitsa. Nga tsy maintsy hamoaka rano ho anareo amin'ity vatolampy ty agnay?" ¹¹ De nanangagna ny tagnany i Mosesy sady nanjera indroa ny vatolampy tamin'ny tehigna, ko rano be ro nienga. Nisotro ny fivondrognana, sy ny biby fiopiny. ¹² De zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy sy Arona: "satria tsa natoky na nagnome voninahitsa Anahy ho masina teo imason'ny vahoakan'Israely agnareo, de tsa hitondra ny fiangonana agny amin'ny tany ze efa nameko an-dreo agnareo." ¹³ Ity toerana ty de nakehina hoe ranon'i Meriba satria ny vahoakan'Israely de nifanditsa tamin'i Yaveh teo, sady nanoro ny teganan-dreo ho masina I. ¹⁴ Nagniraka pitondra hafatsa hatagny Kadesy ho agny amin'ny panjakan'i Edoma i Mosesy: Izao ro lazain'Israely rahahinao: "Fatatsao ny ady mafy ze efa nanjo anay. ¹⁵ Fantatsao fa nidigna tagny Egipta ny razany sady nitoatsa tagny Egipta nandritsa ny fotoagna ela. Nitondra anay tamin'ny fahasiahana sy ny razany hiany koa ny Egyptiana. ¹⁶ Sy efa nangaika mafy an'i Yaveh agnay, de nandre ny feonay I ko nandefa ny anjely sady nitondra anay nienga hatao Egipta. Io, aty Kadesy agnay, tanàna raika eto amin'ny faritsy ny taninao. ¹⁷ Mangataka aminao aho mba hamelanao anay handalo eo amin'ny taninao. Tsa handalo amin'ny tanimboly na tanim-boaloboka, na hiosotro ny rano ao amireo lava-drano agnay. Handeha egny amin'ny lalamben'ny panjaka agnay. Tsa hivily hiakavagnana na hiakavia agnay mandra-piaviny egny amin'ny sisin-taninao." ¹⁸ Fa ny panjakan'i Edoma namaly anazy hoe: "Tsa mahazo mandalo agnareo. Lehe mandalo eto agnareo, de ho avy hanafika anareo miarak'amin'ny sabatsa aho." ¹⁹ De ny vahoakan'Israely namaly anazy hoe: "Hamakivaky ny lalam-be agnay. Lehe misotro ny ranonao agnay sy ny biby fiopinay, de hosoloanay zay. Avilao fotsiny agnay mba handeha tongotsa, fa tsa hanao raha hafa." ²⁰ Fa ny panjakan'i Edoma namaly anazy hoe: "Tsa mahazo mandalo agnareo." Ko avy namely an'Israely ny panjakan'i Edoma niaraka tamin'ny tagna-maherin'ny miaramila betsaka be. ²¹ Tsa nagneky namela ny Israely hiapita eo amin'ny sisitanin-dreo ny panjakan'i Edoma. Tratsan'izay de nivily tamin'ny tanin'ny Edoma ny Israely. ²² Ko niala tao Kadesy ny vahoaka. Ny vahoakan'Israely, ny fivondrognana abiaby, nandeha tagny atendrombohita i Hora. ²³ Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona tao antendrombohita i Yaveh, eo amin'ny sisitanin'i Edoma. Zao ro nataony: ²⁴ "Tsy maintsy apiarahana amin'ny vahoakan'i Arona, fa tsa hiditsa ao amin'ny tany ze efa nameko ny vahoakan'Israely i. zay de satria samy manohitsa ny taroko tao amin'ny ranon'i Meriba agnareo." ²⁵ Alao i Arona sy ny zanany lilahy, de fero miakatsa atendrombohita Hora reo. ²⁶ Alao amin'ny Arona pisorogna ny akanjo fisorognana ko apanaovo an'i eleazara zanany. Tsy maintsy ho maty i Arona de hapiarahana amin'ny vahoakany agny." ²⁷ Nanao arak'ize nandidian'i Yaveh i Mosesy. Niakatsa tagny an-tendrombohita Hora teo imason'ny fivondrognana abiaby reo. ²⁸ Nalain'i Mosesy ny akanjo fisorognan'i Arona de napanaovany an'i Eleazara zanany reo. Maty teo atapotendrombohita i Arona. de nidigna i Mosesy sy Eleazara. ²⁹ Sy efa hitan'ny vondrognana abiaby fa maty i Arona, de nisaogna an'i Arona mandritsa ny telopolo andro ny firenena abiaby.

Chapter 21

¹ Sy efa ren'ny kananita panjakan'i Arada, ze nitoatsa tao Negeva, fa nandeha tagny amin'ny lalagna mandeha agny Atarima ny Israely, de niady tamin'Israely i sady nangalaka ny sasany tamin-dreo ho babo. ² Nivoady tamin'i Yaveh ny Israely sady nanao hoe: "Le omenao fandrarena amireo vahoaka reo agnay, de ho potehinay tanteraka ny tananan-dreo." ³ Nihieno ny feon'Israely i Yaveh sady nagnome an-dreo ny fandrarena ny kananita. nopotehin-dreo tanteraka reo sy ny tanànanany. Nakehina hoe Horma zay toerana zay. ⁴ Niala tao atendrombohita Hora nandalo ny lalagna mandeha agny amin'ny Ranomasina Mena reo mba handeha hagnodidigna ny tanin'i Edoma. Niha-kivy tateraka ny vahoaka tegny an-dalagna. ⁵ Niresaka nanohitsa an'Andriamagnitsa sy Mosesy ny vahoaka hoe: "Nahoana agnay ro noferinao niakatsa hienga an'i Egipta mba ho maty aty agn'efitsa? Tsa misy mofo, tsa misy rano, sady halanay ty hanina fadiranovana ty." ⁶ Sy avy teo i Yaveh nandefa bibilava misy poizina teo amin'ny vahoaka. Nagnehitsa anireo ona reo ny bibilava; be ny ona maty. ⁷ Nagnatogna an'i Mosesy ny vahoaka sady nanao hoe: "Nanota agnay satria niresaka nanohitsa anao sy Yaveh. Mivavaha amin'i Yaveh mba hagnalany anireo bibilava reo aminay." Ko de nivavaka ho an'i vahoaka i Mosesy. ⁸ Hoa Yaveh tamin'ny Mosesy hoe: "manaova bibilava de arohizo amin'ny hazo lava zany. Ze rehetra voarakitsa de ho velogna, lehe mijery an zany i." ⁹ De nanao bibilava varahigna Mosesy de nandrohy an zany tamin'ny hazo lava. Lehe magnehitsa ona ny bibilava, lehe mijery ny bibilava varahigna i, de velogna. ¹⁰ Avy eo de roso ny vahoakan'Israely de nitoby tao Obota. ¹¹ Roso tao de nitoby tagny Leabarima tagny agnefitsa ze magnatrika an'i Moaba tandrifin'ny atsinanina reo. ¹² Niala tao reo de nitoby tagny amin'ny lohasahan-driaka Zareda. ¹³ Roso tao reo de nitoby tagny an-dafin'ny Reniranon'i Arnona, ze agny agnefitsa ze mihitatsa avy agny amin'ny fari-tanin-dreo Amorita. Ny Reniranon'i Arnona ro fari-tanin'i Moaba, agnelagnrlan'ny Mobita sy reo Amorita. ¹⁴ Zany ro atony hilazana ao amin'ny horogna-taratasin'i Yaveh hoe: "Vaheba agny Sofa, de reo lohasahan-driakan'i Arnona, ¹⁵ Ny atsan-dreo lohasahan-driaka ze mitarika ho agny amin'ny tananan'i Ara de mirorogna ho agny amin'ny fari-tanin'i Moaba." ¹⁶ Roso tao reo de nohoagny Bera, ze misy ny fatsakana ze nitarognan'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "vorio miaraka ny vahoaka mba hagnomezako rano an-dreo." ¹⁷ Avy eo agnilako ty hira ty ny Israely: "Miboiboha, ry fatsakana. Ataovo akira zany. ¹⁸ Ny fatsakana ze nohadin-dreo manakajan'ny vahoaka tamin'ny tehi-panjakana sy tehin-dreo." avy eo de roso tao agnefitsa reo de roso agny Matana. ¹⁹ Roso tao Matana reo de roso agny Nahaliela, de avy ao Nahaliela roso agny Bamota, ²⁰ De avy ao Bamota roso agny amin'ny lohasahan-driakan'ny tagny Moaba. Eo atapon'ny tendrombohita Pisga ro hahitana ny tany efitsa. ²¹ Avy eo

Israely nandefa pitondra hafatsa tagny amin'i Sihona panjakan'i Amorita nanao hoe: 22 avilao agnay hamakivaky eomin'ny taninao . Tsa hivily agny amin'ny saha aby na ny tanim-boaloboka agnay . Tsa hosotro ny rano avy eo amin'ny fatsakanao agnay . Horoso eo amin'ny lalan'ny panjaka agnay mandra-piapitanay ny fari-taninao." ²³ Fa tsa navelan'i Sihona panjaka handalo ny fari-tanin-dreo ny Israely .Fa koa , namory ny tafiny i Sihona panjaka de nanafika an'Israely tagny agnefitsa .Avy tagny Jahaza i, ze niadiany tamin'Israely. ²⁴ Nanafika ny tafik'i Sihona tamin'ny lela-tsabatra ny Israely sady nangalaka ny tanin-dreo hateo Arnona zizika amin'ny renirano Jaboka, hatramin'ny tanin'ny vahoakan'i Amona. De mafy ny faritanin'i vahoakan'i Amona. ²⁵ Nangalaka ny tanànan'ny amorita aby ny Israely sady nipetraka tao amin-dreo aby, isan'izay Hesbona sy ny zana-bohiny aby. ²⁶ Hesbona ro tanànan'ny panjakan'i Amorita, ze niady tamin'ny panjakan'i Moaba teo aloha.Nalain'i Sihona aby ny taniny hatramy faritaniny ko zizika amin'ny Reniranon'i Arnona. ²⁷ Zay ro antony hilazan-dreo ze miresaka amin'ny ohabolagna hoe: "Avia aty Hesbona. Aoka ny tanànan'ny Sihona hatsangana ndraika sady hapetraka ndraika. ²⁸ Nisy afo nandoro avy hatagny Hesbona, lelafo avy hatagny an-tanànan'i Sihona ze nandevogna an'i Aran'i Moaba, sy ny tompony toerana ambonin'i Arnona. ²⁹ za ho anao, ry Moaba! Ringagna agnao, ry olon'i Kemosy. Nataony hapilefa anireo zanany lahy sady gadrainy panjakan'i Amorita ny zanany apela. ³⁰ Fa resinay Sihona. Hesbona de potika hatragny amin'ny lalagna aby mandeha agny Dibona. Resinay reo tegny amin'ny lalagna aby mandeha agny Nofa, ze mihazo an'i Medeba." ³¹ Ko manomboka nitoatsa tao amin'ny tanin'ny Amorita ny Israely. ³² Avy i Mosesy nandefa ona hijery an'i Jazera. Nalain-dreo ny zana-bohiny sady noroahin-dreo ze Amorita tao. ³³ Avy eo nivily reo sady niakatsa ho agny amin'ny lalagna mandeha agny Basana. Nienga nanohitsa an-dreo i Oga panjakan'i Basana, i sy ny tafiny, mba hiady amin-dreo agny Endrehy. ³⁴ Avy eo i Yaveh nilaza tamin'i Mosesy hoe: "Aza matahotsa anazy, satria nameko fandrisena eo aminazy, ny tafiny aby,de ny taniny agnao. Ataovo amizay ze nataonao tamin'i panjakan'i Amorita, ze mitoatsa agny Hesbona." ³⁵ Ko novonoan-dreo i, ny zanany lahy, de ny tafiny aby, mandrapahafatiny ona aby. Avy de nalain-dreo ny taniny.

Chapter 22

¹ Nandeha mandrapitobin-dreo tao amireo lemak'i Moaba agnilan'i Jeriko, tegny apitan'ny Reniranon'i Jordana miala eo amin'ny tanàna ny vahoakan'Israely. ² Nahita ze aby nataon'ny Israely tamireo Amorita i Balaka zanak'i Zipora. ³ Natahotsa mafy ny vahoakan'ny Israely i Moaba satria betsaka loatsa reo, Ko natahotsa an'i vahoakan'ny Israely i Moaba. ⁴ Nitarogna tamin'ny loholon'ny Midiana ny panjakan'ny Moaba hoe: "Hihinana ny aby ze magnodidigna antsika tahaka ny ômby mihinana ahitsa egny atanimboly reo betsaka reo." De i Balaka zanak'i Zipora ro panjakan'i Moaba tamizay fotoagna zay." ⁵ Nandefa iraka ho agny amin'i Balama zanak'i Beora, tao Petora ze agnilan'ny Reniranon'i Eofrata, tao amin'ny tanin'ny fireneny sy vahoakany i. Nangaika anazy i ko nanao hoe: "Io, misy firenena hatagny Egypta avy eto. Manarogna ny tany reo de eto agnilako zao. ⁶ Ko miavia re zao ko ozogno ho anahy zay firenena zay, satria mahery loatsa aminahy i reo. Angamba mba afaka ny hanafika sy ny handroaka an-dreo amin'ny tany aho. Fantako fa na ia na ia tahianao de ho voatahy, sady na ia na ia hozogninao, de ho voazogna." ⁷ De nanjary loholon'i Moaba sy reo loholon'i Midiana, nitondra ny saran'ny sikidy. Avy teo amin'ny Balama reo ko nitarogna tamin'ny tarogn'i Balaka. ⁸ Zao ro nataon'i Balama tamin-dreo: "Mitoera eto androany aligna. Hilaza aminareo ze lazain'i Yaveh taminahy aho."De nitoatsa tao amin'ny Balama io aligna io ny pitarika ny Moaba ⁹ Avy teo amin'i Balama Andriamagnitsa ko nanao hoe: "Ia reo lihilahy ze avy eto aminareo reo?" ¹⁰ Namaly an'Andriamagnitsa i Balama hoe: "Balaka zanak'i Zipora, panjakan'i Moaba, ro nagniraka an-dreo handeha aty aminahy. Zao ro nataony hoe: ¹¹ 'Io, ny vahoaka ze avy agny Egypta de mandrakotsa ny vilarany taniko. Androany miavia de hozogno ho anahy reo. Angamba havita hiady amin-dreo sy handroaka an-dreo aho." ¹² Namaly an'i Balama Andriamagnitsa hoe: "Tsa handeha hiaraka amireo lihilahy reo agnao. Tsa hagnozogna ny vahoakan'ny Israely reo agnao satria efa voatahy reo." ¹³ Nitsangagna i Balama sy maraigna ko nitarogna tamin'ny pitarika ny Balaka hoe: "Mipodiana agny amin'ny taninareo satria mandà ny hiaraka aminareo i Yaveh." ¹⁴ De nandeha ny pitarik'i Moaba ko nipody tagny amin'i Balaka. Zao ro nataon-dreo: "Nanda tsa hiaraka aminay i Balama." ¹⁵ Nagniraka pitarika betsaka ze be voninahitsa mihoatsa noho ny vondrogn voalohany ndraika i Balama. ¹⁶ Avy tagny amin'i balama reo ko nanao taminazy hoe: "Izao ro lazain'i Balaka zanak'i Zipora: 'Aoka roa mba tsa hisy na ina na ina hanakana anao tsa hiaraka aminay, ¹⁷ satria handoa soa lavitsa sy hagnome voninahitsa lihibe ho anao aho, sady hanao ze raha lazainao aby. Ko mba miavia re ko mba tano ho anahy zay vahoaka zay.'" ¹⁸ Namaly Balama ko nanao tamireo lihilahin'i Balaka hoe: "nako de hagnome anahy ny lapany feno volafotsy sy volamena aza i balaka, de tsa hihoatsa ny tenin'i Yaveh, Andriamagnitso, ko handatsaka na hapitombo ze lazainy aminahy aho. ¹⁹ Ko zao mba miandraza eto koa agnareo androany aligna, mba hafatarako ra bebe kokoa ze lazain'i Yaveh aminahy." ²⁰ Avy tamin'i Balama ny aligna Andriamagnitsa ko nanao taminazy hoe:"Satria avy mba hangaika anao reo lihilahy reo, de mitsangana ko miaraha amin-dreo. Nefa ze lazaiko hataonao hiany ro ataovo." ²¹ Nifoha maraigna i Balama, nagnisy lasely ny borikiny, ko nandeha niaraka tamireo pitarikan'i Moaba. ²² Nefa satria nandeha i, de nirehitsa ny fahasiahan'Andriamagnitsa. nitoatsa teo andalagna tahaka ny pifahavalo amin'ny Balama, ze nitengina ny borikiny ny anjelin'i Yaveh. niaraka taminazy koa ny panopon'i Balama roa. ²³ Nahita ny anjelin'i Yaveh nitsangagna teo an-dalagna ny boriky sady nisy sabatsa notsoahana tegny an-tagany. Niala tamin'ny lalagna ny boriky ko nandeha agny atanimboly . Nanjera ny borikiny mba hamerigna anazy amin'ny lalagna i Balama. ²⁴ De nitsangagna teo amin'ny faritsa tery tamin'ny lalagna agnelagnelan'ny tanimboaloboka betsaka ny anjely, sady nisy fefy teo andaniny de fefy raika hafa teo agnilany. Nahita ny anjelin'i Yaveh

ndraika ny boriky.²⁵ Nikisigna ny rindrigna i ko nanery ny tongots'i Balama tamizay. Nozirainy Balama ndraika i.²⁶ Nandroso hiany ny anjelin'i Yaveh sady nitsangagna teo amin'ny toerana tery hafa ze tsa misy lalagna hiviliana ny andagniny sy ny akilany.²⁷ Nahita ny anjelin'i Yaveh ny boriky, ko nigietraka tao amin'ny tany tao ambanin'i Balama. Nirehitsa ny fahasiahan'i Balama, ko nozirainy tamin'ny tehin'ny ny boriky.²⁸ De namoha ny vavan'ny boriky i Yaveh mba hitarogna i. Zao ro nataony tamin'i Balama: "Ina ro nataoko anao ro nahatonga anao nanjera anahy intelo zay?"²⁹ Namaly ny boriky i Balama hoe: "Satria niadalada taminahy agnao. Tokony mba nisy sabatsa taty an-tagnako. Fa lehe nisy, de efa matiko agnao zao."³⁰ Zao ro nataon'ny boriky tamin'i Balama: "Nga ve tsa iaho ro borikinao ze nitingienanao nandritsy ny fiaignananao aby mandraka androany? Iaho ve efa nana-pahazarana nanao raha tahak'izao aminao taloha?" Zao ro nataon'i Balama hoe: "Aaa."³¹ De novohoan'i Yaveh ny mason'i Balama, ko nahitany ny anjelin'i Yaveh nitsangagna teo amin'ny lalagna sady misy sabatsa voatsoaka tegny an-tagnana. Nagnondrika ny lohany sy niakohoka i Balama.³² Zao ro nataon'ny anjelin'i Yaveh taminazy: "Nahoana ro nanjera ny borikinao zay intelo zay agnao? Io, avy tahaka ny pifahavalo aminao aho satria ratsy ny raha nataonao taminahy teo alohako."³³ Nahita anahy ny boriky ko niala anahy zay intelo zay. Lehe tsa niala anahy i, de efa novonoako tokoa fa hamelogna azy aho."³⁴ Zao ro nataon'i Balama tamin'ny anjelin'i Yaveh: "Nanota aho. Tsa fantako fa nitsangagna teo alohako teo an-dalagna agnao. Ko androany, lehe tsa mahafaly anao zay, de hipody aho."³⁵ Nefa izao ro nataon'ny anjelin'i Yaveh tamin'i Balama: "Mandrosoa miaraka amireo lililany. Nefa reo raha ze nolazaiko anao hiany ro hotarogninao." De niaraka tamin'ny pitarik'i Balaka i Balama.³⁶ Sy efa reny Balaka fa avy hatagny i Balama, de nienga hitsena anazy tao an-tanànan'i Moaba tao Arnona i, Ze tao amin'ny faritany.³⁷ Zao ro nataon'i Balaka tamin'i Balama: "Nga ve tsa nagniraka lililany hangaika anao aho? Nahoana agnao ro tsa avy taty aminahy? Nga ve tsa afaka magnome voninahitsa anao aho?"³⁸ De namaly an'i Balaka i Balama hoe: "Io, efa avy eto aminao aho. Mety managna fahifana hilaza raha aminao aho androany? Ireo tarogna apetrak'i Yaveh ao am-bavako hiany ro azoko lazaina."³⁹ Niaraka tamin'i Balaka i Balama, de avy tao kiriata-hozota reo.⁴⁰ De nanao sorogna omby sy ondry i Balaka ko nagnome hena ho an'i Balama sy ny pitarika niaraka taminazy.⁴¹ Sy maraigna, de nitondra an'i Balama niakatsa tagny amin'ny toerana ambonin'i Bala i Balaka. Ny apahan'ny Israelita tao an-tobin-dreo hiany ro hitan'i Balama avy tegny.

Chapter 23

¹ Zao ro nataon'i Balama tamin'i Balaka: "Magnamboara alitara ho anahy sady magnomagna ombilahy fito sy ondry fito."² Ko de nanao arak'izay nangatahin'i Balama i Balaka. De nanolotsa omby raika sy ondry raika teo amireo alitara aby i Balaka sy Balama.³ De zao ro nataon'i Balama tamin'i Balaka hoe: "Mitsangana eo alohan'ny fagnatitsa doroana de handeha aho. Mety hoavy hiaogna aminahy angamba i Yaveh. Na ina na ina atorony i Yaveh anahy de lazaiko aminao." Ko de nandeha agny amin'ny tendrombohitsa tsa nisy hazo i.⁴ Sy efa teo amin'ny tendrombohitsa i de nihaogna taminazy Andriamagnitsa, de zao ro nataony Balama taminazy: "Efa nagnorigna alitara fito aho, sady efa nanolotsa ombilahy raika sy ondry raika hateo amin'ny tsiraidraika."⁵ Nametraka hafatsa teo ambavan'i Balama i Yaveh ko nitarogna hoe: "Mipodiana agny amin'i Balama de mirisaha aminazy."⁶ Ko de nipody tagny amin'i Balaka i Balama, ze nitsangagna teo agnilan'ny fagnatitsa nodoroany, de ny pitarika ny Moaba aby de niaraka taminazy.⁷ De nanomboka nilaza ny faminaniany i Balama de nitarogna hoe: "Efa nitondra anahy avy hatagny amin'i Arama, panjakan'i Moaba avy hatagny amin'ny tendrombohitsa atsinanana i Balaka. 'Malaky, mila vaniny amin'i Israely.'⁸ Amin'ny fomba akory ro hagnozognako anireo ze tsa vona nozognin'Andriamagnitsa? Amin'ny fomba akory ro hanoherako anireo ze vona tsa notohoerin'i Yaveh?"⁹ Sy avy teo antendrony vatolampy ro naitako Anazy; hategny amin'ny tendrombohitsa ro ijireko Anazy. Io, misy vahoaka ze mitedra-drery tsa misy mihievitsa ny tegnany ho firenena tsotra.¹⁰ Ia ro afaka magnisa ny vovok'i Jakoba na magnisa nako de ny apahefats'Israely aza? Aoka ho maty amin'ny fahafatesany ona marina aho, de aoka ny fahataperan'ny aiko ho tahaka ny anazy.¹¹ Zao ro nataon'i Balaka tamin'i Balama? Noferiko hagnozognako ny fahavaloko agnao, nefa io, notahiana reo."¹² Namaly balama ko nitarogna hoe: "Tsa tokony hitandrigna ny hilaza ze apetrak'i Yaveh eo am-bavako hiany ve aho?"¹³ Ko zao ro nataon'i Balaka taminazy: "Mba miaraha aminahy agny atoerak'afa ze ahitanao an-dreo. Ho itanao ny mariny ndrindra amireo, fa tsa i aby. Agny ro hagnozognanao an-dreo ho anahy."¹⁴ Ko de noferina tao amin'ny tanimbolin'i Zoafima i Balama, teo antendrony tendrombohitsa'i Pisga, de nagnorigna alitara fito i. Nanolotsa ombilahy fito hafa i. Nanolotsa ômbilahy sy ondry raika teo amin'ny alitara tsiraidraika i.¹⁵ Sy avy eo de zao ro nataon'i Balama tamin'ny balama: "Mitsangana eto agnilany fagnatitsa doroana eto, lehe vona mihiaogna amin'i Yaveh egny ambony egny aho."¹⁶ Ko de nihaogna tamin'i Balama i Yaveh de nametraka hafatsa teo ambavany. Zao ro nataony hoe: "Mipodiana agny amin'i Balaka de alifao aminazy ny hafatso."¹⁷ Nipody tagny aminazy i Balama, de io, nitsangagna teo agnilany fagnatitsa ho doroana i, sady niaraka tamireo pitarik'i Moaba. de zao ro nataon'i Balaka taminazy: "Ina ro nolazain'i Yaveh?"¹⁸ Natombok'i Balama ny faminaniany. Zao ro nataony hoe: "Mitsangana, ry Balaka, de mandrinesa. Mihienoa Anahy, agnao ry zanak'i Zipora."¹⁹ Tsa ona Andriamagnitsa, ko hoe handenga, na olombelogna, ko hiova hevitsa. Efa napagnategna raha ve i ko tsa nataony zay? Efa nitarogna ve i fa hanao raha ko tsa notatirahiny zay?²⁰ Io, Efa nodidiana aho mba hitahy. Efa nagnome fitahiana Andriamagnitsa, sady tsafaka ny hamadika anizay aho.²¹ Tsa nahita ady sarotsa tao amin'ny Jakoba na nahita fahoriana tao amin'Israely I. Momba an-dreo i Yaveh Andriamagnin-dreo, sady eo amin-dreo ny tabataba ho an'i panjakan'ny. ²² Andriamagnitsa ro nitondra an-dreo hatagny Egypta tamin'ny hery tahaka ny an'ny ômbidia. ²³ Tsa misy mosavy ze mihatra amin'i Jakoba, sady tsa misy zara-vitagna hagnisy ratsy an'Israely. Fa zao, aoka ho lazaina amin'i Jakoba sy Israely hoe: "Jireo ze nataon'Andriamagnitsa!"²⁴ Io, mitsangagna

tahaka ny liom-bavy ny ona, tahaka ny fiengany liona ko hamely. tsa mandrimandry i lehe tsy efa mihinana ny hazany sady misotro ny rà ze novonoany." ²⁵ De zao ro nataon'i Balaka tamin'i Balama: "Aza magnozogna an-dreo na mitahy an-dreo akory." ²⁶ Fa namaly Balama ko nitarogna tamin'i Balaka hoe: "Tsa efa nitarogna taminao ve aho fa tsy maintsy mitarogna anize ataon'i Yaveh ho tarognoko?" ²⁷ Ko de namaly an'i balaka i Balama hoe: "Malaky ary, ho feriko agny amin'nyoeran-kafa agnao. Angamba mety mba hahafaly an'Andriamagnitsa ny hagnozognanao an-dreo ho anahy agny." ²⁸ Ko noferin'i Balaka tegny atapo-tendrombohitsa Peora, ze atsinjovana ny tany efits'i Balama. ²⁹ Zao ro nataon'i Balama tamin'i Balaka: "magnoregna alitara fito eto de magnomagna ombilahy fito sy ondrilahy fito. ³⁰ Ko de nanao arak'izay notarognin'i Balama i Balaka; Nanolotsa ombilahy raika sy ondrilahy raika teo amin'ny alitara tsiraidraika i.

Chapter 24

¹ De sy efa hitan'i Balama fa sitrak'i Yaveh ny hitahiana an'i Israely, de tsa nandeha nanao sikidy, tahaka ny tamin'i Andro taloha i. Fa zao nijery nandeha tagny amin'ny tany efitsa. ² Nanandratsa ny masony i ko nahita fa nitoby isaky ny fokony aby ny Israely, de avy tao aminazy ny fagnahin'Andriamagnitsa. ³ Naharay anizao faminaniana zao i de nanao hoe: "Efa nitarogna i Balama zanaka lahin'i Beora, ny lililahy ze midridisy maso. ⁴ Mitarogna sy mandre ny tenin'Andriamagnitsa i. mahita fahitana hatagany amilay tsitao i, ze eo alohany ro iakohofany amin'ny masony mihiratsa. ⁵ Endre ny hakantony lainao, ry jakoba, ny toerana ze itoeranao, ry Israely! ⁶ Tahaka ny lohasaha ny fiparitahan-dreo, tahaka ny saha egny amorony renirano, tahaka ny vahogna ze nambolen'i Yaveh, tahaka ny sedera amoron-drano. ⁷ Mikororoka hatao antsignin-dreo ny rano, de ny voa nafafiny de soa tondraka. Ny panjakan-dreo de ho avo noho i Agaga, sady ny fanjakan-dreo de homen-kaja. ⁸ Andriamagnitsa ro mitondra anazy mienga an'i Egypta, amin'ny tanjaka tahaka ny ombidia. Hiteligna anireo firenena ze manohitsa an-dreo i. Hanorotoro ny taolan-dreo i. Hitifitsa an-dreo amin'ny tsipikany i. ⁹ Mamitsaka tahaka ny liona i, tahaka ny liona vavy. Ia ro hasaky hagnelingeligna anazy? Ze mitahy anazy de ho voatahy; ze magnozogna anazy de ho voaozogna." ¹⁰ Nirehitsa tamin'i Balama ny fahasosoran'i Balaka sady namokogna ny tagnany tami-pahasosorana i. Zao ro nataon'i Balaka tamin'i Balama: "Mangaika anao mba hagnozogna ny fahavaloko aho, fa io, efa intelo nitahy an-dreo agnao. ¹¹ Ko avilao aho androany ko modia. Nitarogna ny hagnome valisoa lihibe anao aho, kanefa i Yaveh efa nagnala anao tamin'ny fahazoana valisoa." ¹² De zao ro nataon'i Balama namaly an'i Balaka hoe: "Nolazaiko tamireo pitondra hafatsa ze nalefanao taty aminahy fa: ¹³ 'Nako de nagnome anahy ny lapany feno volafotsy sy volamena anahy aza i Balaka, de tsa afaka ny hioatsa ny tarogn'i Yaveh sy ny raha ratsy na ny soa, na ny raha tiako hatao aho. Ze nolain'i Yaveh anahy hiany ro azoko lazaina.' Tsa nolazaiko tamin-dreo ve zay? ¹⁴ Koa io androany, hipody agny amin'ny vahoaka aho. Kanefa mamela anahy agnao hapitandrigna anao ze hataony vahoaka reo amin'ny vahoakanao amin'ny andro ho avy." ¹⁵ Nanomboka anizao faminaniana izao i Balama. Zao ro nataony hoe: "Balama zanaky beora ro mitarogna, lay lililahy ze mahiratsa. ¹⁶ Izao ro faminaniany ona ze nahare tarogna avy amin'Andriamagnitsa, ze managna fahalalana hatamin'ilay avo Indrindra, Ze managana fahitana hataminy lay tsitoha, ze eo alohany ro iakohofany amin'ny fahiratana. ¹⁷ Mahita anazy aho, fa tsa eto i zao. Mijery azy Aho, fa tsa eto agnilako i. Hisy kitagna hienga hatamin'i Jakoba, De tehim-panjakana hisandratsa avy amin'Israely. Hanorotoro ny pitarik'i Moaba i sady hamotika ny taranak'i Seta aby. ¹⁸ Ko de ho nanjary fanagnan'i Israely i Edoma, koa Seira ihany ko de ho nanjary fanagnan-dreo, reo fahavalon'Israely, ze ho resen'i Israely amin-kery. ¹⁹ Avy amin'i Jakoba ro hiavian'ny mpanjaka ze hanagna ny fanapahana, de hamotika ny sisa tsa maty ao amin'ny tanànan-dreo i." ²⁰ de nijery an'i Amalekia i Balama sady nanomboka ny faminaniany. Zao ro nataony hoe: "Amaleka de efa lihibe ndrindra teo amireo firenena taloha, kanefa de fahapotehina ro hiafarany." ²¹ Sy avy teo de nijery tagny amireo Kenita i Balama sady nanomboka ny faminaniany. Zao ro nataony hoe: "Ny toerana ze hitoerany de mahery, de ny akaninareo de hoao amin'ny harambato. ²² Neko de izay aza de ho potika i Kaina sy efa mitondra anao ho Babo i Asyria." ²³ De nanomboka ny faminaniany farany i Balama. Zao ro nataony hoe: "Loza! Ia ro ho nvelogna sy efa hanao anizay Andriamagnitsa? ²⁴ Hisy sambo ho avy agny amin'ny sisin'i Kitima; hanafika an'i Asyria sy handresy an'i Ebera reo, kanefa, de ho fahapotehina hiany koa ro hiafaran-dreo." ²⁵ Sy avy eo de niakatsa i Balama sady roso. nody tagny andragony i, de roso koa i Balaka.

Chapter 25

¹ Nitoatsa tagny Sitima ny Israely, de nanomboka nijangajanga tamireo apelan'i Moaba ny lililahy, ² fa ny Moabita nanasa ny vahoaka ho amin'ny sorogna ho an'ny andriamagnin-dreo. Ko de nihinana sy niakohoka tamireo andriamagnitsy ny Moabita ny vahoaka. ³ Nagnatevin-daharana tamin'ny fanopoana an'i Bala Poera ny lililahin'Israely, ko nirehitsa tamin'Israely ny fahasosoran'i Yaveh. ⁴ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Vono aby ny pitarika ny vahoaka ko ahato gno eo alohako reo mba hagnabaribariana an-dreo amin'ny andro, izay de hiala amin'Israely ny firehitsy ny fahasosorako." ⁵ Ko de zao ro nataon'i Mosesy tamireo pitariky ny Israely hoe: "Ny tsiraidraika aminareo de ts maintsy hamono ny olony ze nagnatevin-daharana tamin'ny fanopoana an'i Bala peora." ⁶ Sy avy eo de nagnatogna ny raika tamireo lililahin'Israely ko nitondra apela Midianita raika tamin'ny fianakaviany. Niboaka teo imason'i Mosesy sy ny fivondrognan'ny vahoakan'Israely aby zay, lehe vona nitomagny teo amin'ny fidirany tragno-lay fihiaognana reo. ⁷ Nohony hitany finehasa zanaka lahin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona pisorogna zay, de nitsangagna teo amin'ny fivondrognana i sady nandray lefogna tegny an-tagnany. ⁸ Nagnaraka ny lililahy Israelita tagnaty tragno-lay i ko nanatoka ny lefogna tamin'ny vatann-dreo roa, na ny lililahy Israelita na ny apela. Koa de nitsahatsa ny areti-

mandringana ze nalefan'Andriamagnitsa taminy vahoakan' Israely.⁹ Niisa efatsa arivo sy roa-alina ny matin'ny areti-mandringagna.¹⁰ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh ko nanao hoe: ¹¹ "I Finehasa zanaka lahin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona, efa nanaisotsa ny fahatezerako tamin'ny vahoakan'Israely satria liagna tamin'ny zotom-poko tamin-dreo i.Ko de tsa niteligna ny vahoakan'Israely tamin'ny fahasiahako Aho. ¹² Noho izay lazao hoe: 'Yaveh mitarogna hoe: "Io,magnome fagnikem-pihavagnana an'i Finehasa Aho . ¹³ Ho anazy sy ny taranany mandimby anazy, ho fifagnikem-pisorognana tsa manam-pahataperana zay satria nagnana zotom-po ho Anahy, Andriamaniny i. Efa nanohitsa ho an'ny vahoakan'Israely i."''' ¹⁴ Ny agnaran'ny lihilahy Israelita zay novonoana niaraka tamin'ny apela Midianita de Zimry zanak'i Salo, mpitariky ny fiagnakavian-drazagna tamin'dreo Simeonita. ¹⁵ Ny agnaran'ny apela Midianita zay novonoana de Kosby zanak'i Zora, zay loholon'ny foko sy fiagnakaviagna tagny Midiana. ¹⁶ Ko de nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh de zao ro nataony hoe: ¹⁷ "Raiso tahaka ny fahavalo ny Midianita ko tafiho reo, ¹⁸ satria reo nandray anareo tahaka ny fahavalo tamin'ny ratsy reo. nitarika anareo tamin'ny ratsy reo ny momban'i Peora sy ny momban'i Kosby an'ny ratsy reo, ny zanak'ny mpitarika tagny Midiana, ze novonoana tamin'ny androny areti-mandringagna tamin'ny raharahan'i Peora."

Chapter 26

¹ De tafaran'ny areti-mandringagna zay notarogon'i Yaveh an'i Mosesy sy Eleazara zanak'i Arona mpisorogna. Zao ro nataony hoe: ² "Isao ny fivondrognan'ny vahoakan'Israely aby, hatramin'ny roapolo taogna ro ho miakatsa, araka ny ankohonan'ny razambeny, reo aby ze afaka handeha hiady ho an'ny Israely." De Mosesy sy Eleazara mpisorogna nitarogna tamin-dreo taminy tagny lemak'i Moaba teo amoron'i Jordana tao jeriko nanao hoe: " Isao ny vahoaka, hatramin'ny roapolo taogna ro ho miakatsa, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy sy ny vahoakan' Israely, zay nivoaka ny tagny Egypta. ⁵ Robena ro lahimatoan'Israely. avy hatamin'ny Hanoka zanany ny fokony Hanokita. Avy tamin'ny pPalo ny fokony Paloita. ⁶ Avy tamin'i Herzona ny fokony Herzonita. Avy tamin'i Karmy ny fokony Karmita. ⁷ Ny fokony taranak'i Robenita, ze miisa 43.730 lahy. ⁸ Zanak'i Paolo i Eliaba. ⁹ Ko ny zanak'i Eliaba de i Nemoela sy datana de Abirama. Reo hiany ny Datana sy Abirama ze nagnaraka an'i Kora sy efa nanohitsa an'i Mosesy sy Arona de nikiomy an'i Yaveh. ¹⁰ Namoha ny vavany ny tany de niteligna an-dreo niaraka tamin'i Kora sy efa maty aby ny pagnaraka anazy. Tamizay fotoagna zay, ny afo nandevogna 250 lahy, ze nanjary famatarana fapitandremana. ¹¹ Kanefa tsa lany tamignana ny taranak'i Kora. ¹² Ny fokony taranak'i Simeona de reto aby: avy tamin'ny Nemoela, ny fokony Nemoelita, avy tamin'i Jamina ny fokony Jaminita, avy tamin'ny Jakina, ny fokony Jakinita, ¹³ avy tamin'i Zera, ny fokony Zerita, avy tamin'i Saoly, ny fokony Saolita. ¹⁴ Ny fokony taranak'i Simoenita, ze miisa 22.200 lahy. ¹⁵ Ny fokony taranak'i Gada de reto aby: avy tamin'i Zefona, ny fokony zefonita, avy tamin'i Hagy ny fokony Hagita, avy tamin'i Sony, ny fokony Sonita, ¹⁶ avy tamin'i Ozny, ny fokony Oznita, avy tamin'i Era ny fokony Erita, ¹⁷ avy tamin'i Aroda ny fokony arodita, avy tamin'i Arely ny fokony Arelita. ¹⁸ Reo ro fokony taranak'i Gada, ze miisa 40.500 lahy. ¹⁹ Era sy Onana ro zanak'i Joda, nefa matyao amin'ny tany Kanana reo lihilahy reo. ²⁰ Ny fokony taranak'i Joda hafa de reto aby:vy tamin'i Sela,ny fokony selita, avy tamin'i Fareza ny fokony Farezita, avy tamin'i Zera ny fokony Zerita. ²¹ Ny taranak'i Fareza de reto aby: avy tamin'i Herzona, ny fokony Herzonita, avy tamin'i Hamola ny fokony Hamolita. ²² Reo ro fokony taranak'i Joda, ze miisa 76.500 lahy. ²³ Ny fokony taranak'Isakara de reto aby: avy tamin'i Tola, ny fokony Tolita, avy tamin'i Pova ny fokony Povita, ²⁴ avy tamin'i Jasoba, ny fokony Simronita. ²⁵ Reo ro fokony taranak'Isakara, ze miisa 64.300 lahy. ²⁶ Ny fokony taranak'i Jeblona de reto aby:avy tamin'i Sereda, ny fokony Seredita, avy tamin'ny Elona , ny fokony Elonita, avy tamin'i Jahalela, ny fokony Jahalelita. ²⁷ Reo ro fokony Zebolonita, ze miisa 60.500 lahy ²⁸ Ny fokony taranak'i Josefa de i Manase sy Efraima. ²⁹ Ny taranak'i Manase de reto aby: avy tamin'i Makira, ny fokony Makirita (Makira ro rain'i Gileada, avy tamin'i Gileada, ny fokony Gileadita. ³⁰ Ny taranak'i Gileada de reto aby: avy tamin'i Jezera, ny fokony Jezerita, avy tamin'i Heleka, ny fokony Helekita, ³¹ avy tamin'i Asriela, ny fokony Sekemita, ³² avy tamin'i Semida, ny fokony Semidita, avy tamin'i Efera ny fokony Heferita. ³³ De i Jelofada zanak'i Hefera de tsa nanan-janakalahy, fa zanaka vavy hiany. Ny agnarany zanaka vaviny de i Mahala sy Noa sy Hogla sy Milka de i Tizra. ³⁴ Reo ro fokony Manase, ze miisa 52.700 lahy. ³⁵ Ny fokony taranak'i Efraima de reto aby: avy tamin'i Sotela, ny fokony Sotelita, avy amin'i Bekera, ny fokony Bekerita, avy tamin'i Tahana, ny fokony Tahanita. ³⁶ Ny taranak'i Sotela, de avy amin'i Erana, ny fokony Eranita. ³⁷ Reo ro fokony taranak'i Efraima, ze miisa 32. 500 lahy. Reo fokony taranak'i Josefa, isaina ao amin'ny taranany tsiraidraika. ³⁸ Ny fokony taranak'i Benjamina de reto aby: avy tamin'i Bela, ny fokony Belita,avy tamin'i Asibela, ny fokony Asibelita, avy tamin'i Ahirama, ny fokony Ahimarita, ³⁹ avy tamin'i Sefofama, ny fokony Sefofamita,ny fokony Hofama, fokony Hofamita. ⁴⁰ Ny zanaka lahin'i Bela de i Arda sy Namana. Avy tamin'i Arda nahazoana ny fokony Ardita, avy tamin'i Namana nahazoana ny fokony Namanita. ⁴¹ Reo ro fokony taranak'i Benjamina.Miisa 45.600 lahy i reo ⁴² Ny fokony taranak'i Dana de, avy tamin'i Sohamy, ny fokony Sohamita. Reo ro fokony taranak'i Dana. ⁴³ Ny fokony Sohamita aby de miisa 64.400 lahy. ⁴⁴ Ny fokony taranak'i Asera de reto aby: avy tamin'i Jimna, ny fokony Jimnita, avy tamin'i Jisvy, ny fokony Jisvita, avy tamin'i Bena, ny fokony Berita. ⁴⁵ Ny taranak'i Bena de reto aby: avy tamin'i Hebera, ny fokony Heberita, avy tamin'i Malkiela, ny fokony Malkielita. ⁴⁶ Ny agnaran'ny zanakapelan'i Asera de Sera. ⁴⁷ Reo ro fokony taranak'i Asera, zay miisa 53.400 lahy. ⁴⁸ Ny fokony taranak'i Nftaly de reto aby: avy tamin'i Jeziela, ny fokony Jazielita, avy tamin'ny Gony, ny fokony Gonita, ⁴⁹ avy tamin'i Jezera, ny fokony Jezerita,vy tamin'i Silema, ny fokony Silemita. ⁵⁰ Reo ro fokony taranak'i Naftaly, ze miisa 45. 400 lahy. ⁵¹ Reo ro isa fenon'ny lihilahy teo amin'ny vahoakan'Israely de 601. 703. ⁵² Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy ko nanao hoe: ⁵³ "Ny tany de tsy maintsy zaraina amin'ny

lihilahy tahaka ny lova raika araka ny isan'ny agnarany aby.⁵⁴ Ny amin'ny foko lihibe de tsy maintsy omena lova betsaka, de ny amin'ny foko kely de tsy maintsy omena lova kely. Ny amin'ny fianakaviana de tsy maintsy omena lova araka ny isan'ny lihilahy ze voaisa.⁵⁵ Nako zay aza, ny tany tsy maintsy sarahana amin'ny filokana kisendrasendra. Mandova ny tany reo lehe zaraina amin'ny razambeny zay.⁵⁶ Ny lova de tsy maintsy zaraina amin'ny foko lihibe sy kely, Nozaraina tamin-dreo tamin'ny filokana kisendrasendra."⁵⁷ Ny fokon'i Levita, isaina foko isam-poko, de reto aby: avy tamin'i Gersona, ny fokon'ny Gersonita. avy tamin'i Kehata, ny fokon'ny Kehatita. avy tamin'i Merary, ny fokon'ny Merarita.⁵⁸ Ny fokon'i Levy de reto aby: ny fokon'i Libnita, ny fokon'i Herbonita, ny fokon'i Mahalita, ny fokon'i Mosita, ny fokon'i Mahalita, ny fokon'i Mosita, ny fokon'i Korlata. De i Kehata ro razamben'i Amrama.⁵⁹ Ny agnaran'ny vadin'i Amrama de i Jekebeda, taranak'i Levy, ze naterak'i Levita tagny Egypta. de niteraka ny zanany tagny Amrama i, de i Arona sy Mosesy de Miriama anabaviny.⁶⁰ Arona niteraka an'i Nadaba sy Abiho, Eliazara de Itamara.⁶¹ Maty i nadaba sy abiho sy efa nanolotsa afo tsa azo ekena teo alohan'i Yaveh reo.⁶² ny lahy ze nisaina teo amin-dreo de telo arivo sy roaligna, de ny lahy hatramin'ny raivolagna no ho miakatsa. Fa tsa voaisa teo amin'ny taranak'i Israely satria tsa nisy lova namena an-dreo teo amin'ny vahoakan'Israely.⁶³ Reo no raha ze voaisan'i Mosesy sy Eleazara pisorogna. Nagnisa ny zanak'Israely tao amin'ny taranak'i Moaba teo amoron'i Jordana tao Jeriko reo.⁶⁴ Nefa tamizay de tsamba nisy ona avy tamize voaisan'i Mosesy sy Arona pisorogna nagnisa ny taranak'Israely tao agn'efitsy Sinay.⁶⁵ Satria i Yaveh efa nitarogna fa ho maty agny agnefitsa tokoa reo ona reo. Tsa nisy ona sisa tavela teo amin-dreo, hafa-tsy Kaleba zanak'i Jefone sy Josoa zanak'i Nona.

Chapter 27

¹ De avy tamin'i Mosesy ny zanaka vaviny Zelofada zanaka lahin'i Hefera zanaka lahin'i Gileada zanaka lahin'i Makira zanaka lahin'i Manase, ay tamin'i fianakaviamben'i Manase ny zanaka lahin'i Josefa. Reto aby ny agnaran'ny zanany vavy: Mahala, Noa, Hogla, Milka, De tirza.² Nitsangagna teo agnilan'i Mosesy i Eleazara pisorogna, ny pitarika, de teo alohany fiaraha-monigna aby teo amin'ny fidirana amin'ny tragno lay fohaognana reo. Zao ro nataon-dreo: ³ "Maty tagny agn'efitsa ny rainy. Tsa anisany ze niraty tetika tamin'i Kora hanohitsa an'i Yaveh i. Matin'ny fahotany hiany i, sady tsa nanaj-janaka lahy.⁴ Nahoana ny agnaran'ny rainy ro nalaina tagnatiny fikambagnan'ny fianakaviambe satria tsa niteraka lahy i? Omeo tany eo amin'ny tany ny havan'ny rainy agnay."⁵ De noferin'i Mosesy teo alohan'i Yaveh ny raharahan-dreo.⁶ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh de zao ro nataony: ⁷ "Marina ny tarogna ny zanaka vavin'i Zelofada. Aoka hagnome tany an-dreo tokoa agnao amin'ny lovan'ny havan-drainy, De aoka ho azonao antoka fa ny lovan-draindreo de tafita tamin-dreo tokoa.⁸ Aoka hitarogna amin'ny vahoakan'Israely agnao ko tarogno hoe: 'Lehe misy ona maty ko tsa mananjanaka lahy, de aoka hafindranao amin'ny zanakavaviny ny lovany.⁹ Lehe tsa manan-janaka vavy i, de homenao ny rahalahiny ny lovany.¹⁰ Lehe tsa managna rahalahy i, de homenao ny rahalahan-drainy ny lovany.¹¹ Lehe tsa managna rahalahy ny rainy de, de homenao ny havany mariny anazy eo amin'ny fianakaviambe ny lovany, de hangalaka anizay ho anazy i. Ho lalàna mafy haorigina amin'ny didy ho an'ny vahoakan'Israely zay, araka ze efa nandidian'i Yaveh anahy,"¹² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy: "Miakara egnny atendrombohita Abarima de jireo ny tany ze nameko ny vahoakan'Israely.¹³ Afaran'ny fahitanao anizay, agnao, hiany koa, de hovoriana agny aminazy ny vahoakanao, tahaka an'i Arona ralahinao.¹⁴ hitranga zay satria agnareo roa de nikiomy hanohitsa ny didiko tagny amin'ny efitsy Sina. Agny, sy efa mikororoka amin'ny vatolampy ny rano, amin'ny fahasiahanao ro tsa nahavitanao nagnome voninahitsa Anahy ho masina teo imason'ny fivondrognana manotolo." Reo ro ranon'i Meriba sy Kadesy agny amin'ny efitsy Sina.¹⁵ De niresaka tamin'i Yaveh i Mosesy de nitarogna hoe: ¹⁶ "Aoka agnao, ry Yaveh, Andriamagnitsy ny fagnahin'olombelogna aby, hanendry ona eo amin'ny fivondrognana,¹⁷ ona ze hienga sy hiditsa eo amin-dreo sady hitarika an-dreo sy hitondra an-dreo, mba tsa ho tahaka ny ondry tsa misy piandry ny fivondrognanao."¹⁸ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy hoe: "Alao i Josoa zanak'i Nona, lihilahy ze hitoeran'ny fagnahiko, apitraho aminazy ny tagnanao.¹⁹ Apitraho eo alohan'ny Eleazara pisorogna sy eo alohan'ny fivondrognana aby i, de mandidia anazy eo alohan'ny mason-dreo mba hitarihana an-dreo.²⁰ Aoka agnao hametraka ny fahifanao sasany aminazy, mba hakatoavan'ny ny fiarahamonin'ny Israely aby anazy.²¹ Handeha eo alohan'i Eleazara pisorogna mba hitadia ny lahatso ho anazyamin'ny fanapahak-evits'i Orima i. Ho amin'ny didiny ro afahan'ny ona mienga sy miditsa, de i sy ny vahoakan'Israely miaraka aminazy, ny fivondrognana manontolo."²² de nataon'i Mosesy ze nandidian'i Yaveh hataony. Nalainy i Josoa de napetrany teo alohan'i Eleazara pisorogna sy ny fiarahamonigna manontolo i.²³ Nametraka ny tagnany taminazy i sady nandidy anazy mba hitarika, araka izay efa nandidian'i Yaveh hataony.

Chapter 28

¹ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh sady nanao hoe: ² "Boko ny zanak'Israely de litarògno hoe: 'Tsy maintsy manolotsa sorogna ho anahy agnao amin'ny fotoagna voatondro, de ny hanina fagnatitso natao tamin'ny afo mba hamokarana hagnitsa akasitrahana ho Anahy.'³ Tsy maintsy tarognonao koa reo hoe: 'Izao ro fagnatitsa natao tamin'ny afo ze tsy maintsy atolotso ho an'i Yaveh-- anak'ondry lahy heritaogna tsa misy kilema, roa isan'andro, ho fagnatitsa doroana mahazatsa.⁴ Zanak'ondry raika ro tsy maintsy atolotso amin'ny maraigana, de ny zanak'ondry raika ko de tsy maintsy atolotso amin'ny hariva.⁵ Tsy maintsy atolotsa ny koba soa toto apahafolon'ny efaha, mifangaro diloilo voakapoka raika apahefantsy ny hina hatao fagnatitsa hoanina agnao.⁶ Izay ro fagnatitsa mahazatsa ze nandidiana tao an-tendrombohita Sinay mba hamokatsa hagnitsa mamerovero, Fagnatitsa raika natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.⁷ Ny fagnatitsa sotroana

miaraka amizay de tsy maintsy raika apahefatsy ny hina ny an'ny zanak'ondry raika. Tsy maintsy ararakao eo amin'ny toerana masina ny fagnatitsa sotroan'ny zava-pisotron'i Yaveh.⁸ Ny zanak'ondry hafa de tsy maintsy atolotsa miaraka amin'ny fagnatitsa hoanina amin'ny hariva tahaka ny natolotsa tamin'ny maraigna. Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa sotroana miaraka amizay hiany koa agnao, fagnatitsa natao tamin'ny afo, mba hamokatsa hagnitsa akasitrahana ho an'i Yaveh.⁹ Amin'ny andro sabata de tsy maintsy manolotsa zanak'ondry roa agnao, samy heritaogna tsa misy kilema, sy koba soa toto roa apahafolon'ny efaha hatao fagnatitsa hoanina, mifangaro diloilo, sy fagnatitsa sotroana miaraka amizay.¹⁰ Izay de fagnatitsa doroana isaky ny sabata, ho fagnapiny fagnatitsa doroana mahazatsa sy ny fagnatitsa doroana miaraka amizay.¹¹ Isaky ny voalohany volagna, de tsy maintsy manolotsa fagnatitsa doroana ho an'i Yaveh agnao.¹² Tsy maintsy manolotsa vatots'omby lahy roa, ondry lahy raika, de zanak'ondry lahy raika tsa misy kilema. Tsy maintsy manolotsa koba soa toto apahafolon'ny efaha hatao fagnatitsa hoanina mifangaro diloilo ho an'i ondry lahy hiany koa agnao.¹³ Tsy maintsy manolotsa koba soa toto mifangaro diloilo apahafolon'ny efaha hatao fagnatitsa hoanina isaky ny zanak'ondry koa agnao. Izay ro ho fagnatitsa doroana, mba hamoaka hagnitsa mamerovero, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.¹⁴ Tsy maintsy atsasaky ny hinan-divay ho an'ny ômby raika ny fagnatitsa sotroan'ny vahoaka, apahatelony hina ny an'ny ondry lahy raika, de raika apahefatsy ny hina ny an'ny zanak'ondry raika. de zay ro fagnatitsa dorana mandritsa ny volany taogna.¹⁵ Ondrilahy raika hatao fagnatitsa nohony fahotana ho an'i Yaveh ro tsy maintsy atolotsa. Zay de fagnampiny fagnatitsa dorana mahazatsa sy ny fagnatitsa sotroana miaraka amizay.¹⁶ Mandritsa ny volagna voalohany, amin'ny fahefatsa ambin'ny folo ny volagna, ro avy ny pask'i Yaveh.¹⁷ amin'ny andro ny fahadimy ambin'ny folon'izay volagna zay ro hanaovana ny fety. mandritsa ny fito andro, Tsy maintsy mofa tsa misy masirasira ro hoanina.¹⁸ amin'ny andro voalohany, de tsy maintsy hisy fiangonana masina hagnomezana voninahitsa an'i Yaveh. Aoka tsa hanao ny asa mahazatsa agnao amizay andro zay.¹⁹ Fa zao, tsy maintsy manolotsa fagnatitsa hatao amin'ny afo agnao, de fagnatitsa dorana ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotsa vatots'omby roa, ondrilahy raika, de zanak'ondry lahy heritaogna fito, tsa misy kilema agnao.²⁰ Miaraka amin'ny ondry, de tsy maintsy manolotsa fagnatitsa hoanina koba soa toto mifangaro diloilo telo apahafolon'ny efaha agnao, sady miaraka amin'ny ondrilahy, roa apahafolony.²¹ Isaky ny raika amin'ny zanak'ondry fito, de tsy maintsy manolotsa koba soa toto apahafolon'ny efaha agnao,²² sy osilahy raika hatao fagnatitsa noho ny fahotana mba hanaovana fagnavotana ho an'ny teganareo.²³ Tsy maintsy hatolotsao ho fagnampin'ny fagnatitsa doroana mahazatsa takiana isa-maraigna reo.²⁴ Araka ny voafaritsa eto, tsy maintsy atolotsao isan'andro reo sorogna reo, mandritsa ny fito andron'ny Paska, de ny fagnatitsa hohanina natao tamin'ny afo, hagnitsa akahasitrahana ho an'i Yaveh. tsy maintsy atolotsa zay ho fagnampiny fagnatitsa doroana mahazatsa sy ny fagnatitsa sotroana miaraka amizay.²⁵ Amin'ny andro fahafito de tsy maintsy miaraka amin'ny fiangonana masina hagnome voninahitsa an'i Yaveh agnao, de aoka tsa hanao ny raharaha mahazatsa agnao amizay andro zay.²⁶ Amin'ny androny voaloham-bokatsa hiany koa, sy efa magnatitsa hanina ho hoaniana vaovao ho an'in Yaveh amin'ny Herign'androny firavoravoana agnao, de tsy maintsy miaraka amin'ny fiangonana masina mba hagnome voninahitsa an'i Yaveh agnao, de tsa mahazo manao asa mahazatsa agnao amizay andro zay.²⁷ Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa doroana mba hazahoana hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh agnao. tsy maintsy manolotsa vatots'omby lahy roa, ondry lahy raika, de zanak'ondry lahy heritaogna fito agnao.²⁸ Manolara hiany koa fagnatitsa hoanina miaraka amireo: de koba soa toto mifangaro diloilo, koba soa toto mifangaro diloilo telo apahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy tsiraidraika de roa apahafolony ho an'ny ondrilahy raika.²⁹ Manolara koba soa toto mifangaro diloilo ho an'ny zanak'ondry fito tsiraidraika aby,³⁰ sy osilay raika mba hanaovana fagnavotana ho an'ny teganareo.³¹ Sy efa manolotsa ny biby tsa misy kilema reo agnao, miaraka amin'ny fagnatitsa sotroany, zay de fagnampin'ny fagnatitsa mahazatsa sy ny fagnatitsa doroana miaraka amizay."

Chapter 29

¹ " Amin'ny volagna fahafito, amin'ny andro voalohan'ny volagna, de tsy maintsy hanao fivoriana masina hankalazaina an'i Yaveh agnareo. Tsa hanao raharaha mahazatsa agnareo amizay andro zay. Ho andro fitsofana ny tropetra ho anareo zay.² Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa doroana hahatonga hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh agnareo. Tsy maintsy manolotsa vatots'ombilahy raika, ondrilahy raika, de zanak'ondry lahy heritaogna fito, samy tsa misy kilema agnareo.³ Tsy maintsy manolotsa miaraka amireo fagnatitsa hoanina, koba soa toto nafangaro diloilo, telo apahafolon'ny efaha ho an'ny ondrilahy,⁴ de apahafolony ho an'ny zanak'ondry tsiraidraika amireo zanak'ondry fito agnareo.⁵ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnavotana anareo agnareo.⁶ Ataovo reto fagnatitsa reto amin'ny volagna fahafito ho fagnampiny fagnatitsa aby ze hataonareo isaky ny voaloham-bolagna: ny fagnatitsa doroana sy ny fagnatitsa hoanina ro hiaraka amizay. reto de ho fagnampiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de ny fagnatitsa ahidin'izay. Sy efa manao anizay fagnatitsa zay agnareo, de hankato ny didy ze hahatonga ny hagnitsa mamerovero, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.⁷ Amin'ny andro fahafolon'ny volagna fahafito de tsy maintsy hisy fivoriana masina hankalazana an'i Yaveh. Tsy maintsy hagnetry tegna agnareo sady tsa hiasa.⁸ Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa ho doroana mba hahatonga hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh agnareo. Tsy maintsy manolotsa vatots'ombilahy raika, ondrilahy raika, de zanak'ondry heritaogna fito agnareo. Aoka mba samy tsa hisy kilema reo.⁹ Tsy maintsy hatolotsareo miaraka amireo ny fagnatitsa hoanina, Koba soa toto nafangaro diloilo, telo apahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy, roa apahafolony ho an'ny ondrilahy,¹⁰ de apahafolon'ny efa ho an'ny tsiraidraika amireo zanak'ondry fito.¹¹ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny fahotana agnareo. Ho

fagnampiny fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnavotana, ny fagnatitsa doroana mahazatsa, de ny fagnatitsa sotroana amizay¹² Amin'ny ando fahadimy ambiny folon'ny volagna fahafito de tsy maintsy hisy fivoriana masina hankalazaina an'i Yaveh. Tsa mahazo manao ny raharaha mahazatsa agnareo amizay andro zay, de tsy maintsy mitandrigna ny firavoravoana ho Anazy mandritsa ny fito andro.¹³ Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa doroana agnareo, sorogna natao tamin'ny afo mba hahatonga hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotsa vatotsombilahy telo ambin'ny folo, ondrilahy roa, de znak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo. Aoka mba samy tsa hisy kilema reo.¹⁴ Tsy maintsy atolotsareo miaraka amireo ny fagnatitsa hoanina, koba soa toto nafangaro diloilo, telo apahafolony efaha ho an'ny ombilahy tsiraidraika amireo ombilahy telo ambin'ny folo, roa apahafolon'ny ho an'ny ondrilahy tsiraidraika amireo ondrilahy roa,¹⁵ de apahafolon'ny efaha ho an'ny tsiraidraika amireo zanak'ondry efatsa ambin'ny folo.¹⁶ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnampin'ny fagna doroana mahazatsa, de ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de ny fagnatitsa sotroana aminizay agnareo.¹⁷ Amin'ny andro faharoa ny fivoriana, de tsy maintsy manolotsa vatots'ombilahy roa ambin'ny folo, ondrilahy roa, de zanak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo heritaogna, samy tsa misy kilema agnareo.¹⁸ Tsy maintsy hapiarahanareo amin'ny fagnatitsa hoanina, ny fagnatitsa hosotroana hoanireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ny zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka araka ze efa voadidy.¹⁹ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika nohon'ny fahotana ho fagnampiny fagnatitsa mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de ny fagnatitsa amizay agnareo.²⁰ Amin'ny andro fahatelon'ny fivoriana, de tsy maintsy manolotsa ombilahy raika ambin'ny folo, ondrilahy roa, de zanak'omby lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo, samy tsa misy kilema agnareo.²¹ Tsy maintsy hapiarahanareo amireo ny fagnatitsa hoanina sy ny fagnatitsa ho sotroana ho an'ny ombilahy, ho an'ny ondrilahy, de ho an'ny zanak'ondry, manaova fagnatitsa be arak'izay voadidy.²² Tsy maintsy manolotsa osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnampiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba izay, de ny fagnatitsa sotroana amizay agnareo.²³ Amin'ny andro fahaefatsa amin'ndro fivoriana, de tsy maintsy hanolotsa ombilahy folo, ondrilahy roa, de zanak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo, samy tsa misy kilema agnareo.²⁴ Tsy maintsy hapiarahanareo amireo ny fagnatitsa hoanina, ny fagnatitsa sotroana ho anireo ombilahy, ho anireo ondrilahy, sy ho anireo zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka arak'izay voadidy.²⁵ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika nohon'ny fahotana ho fagnapiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, reo fagnatitsa aidiny agnareo.²⁶ Amin'ny andro fahadimin'ny fivoriana, de tsy maintsy hanolotsa ombilahy sivy, ondrilahy roa, de zanak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo, samy tsa misy kilema agnareo.²⁷ Tsy maintsy hapiarahanareo amin'ny fagnatitsa hoanina, ny fagnatitsa sotroana ho anireo ombilahy, ho an'ny ondrilahy, sy ho anireo zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka arak'izay voadidy.²⁸ Tsy maintsy manolotsa osilahy lahy raika fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnapiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de fagnatitsa sotroana amizay agnareo.²⁹ Amin'ny andro fahaenin'ny fivoriana, de tsy maintsy manolotsa ombilahy valo, ondrilahy roa, de zanak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo, samy tsa misy kilema agnareo.³⁰ Tsy maintsy hapiarahanareo amin'ny fagnatitsa hoanina, ny fagnatitsa ho sotroana ho an'ny ombilahy, ho anireo ondrilahy, sy ho anireo zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka arak'izay voadidy.³¹ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnapiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de ny fagnatitsa sotroana amizay agnareo.³² Amin'ny andro fahafito ny fivoriana, de tsy maintsy manolotsa ombilahy fito, ondrilahy roa, de zanak'ondry lahy heritaogna efatsa ambin'ny folo, amy tsa misy kilema agnareo.³³ Tsy maintsy hapiarahanareo amin'ny fagnatitsa hoanina, ny fagnatitsa ho anireo ombilahy, ho anireo ondrilahy, sy ho anireo zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka arak'izay voadidy.³⁴ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika nihin'ny fahotana ho fagnapiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hoanina momba anireo, de ny fagnatitsa sotroana amizay agnareo.³⁵ Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy hanao fivoriana hafa maketriketrika agnareo. tsa mahazo manao asa mahazatsa agnareo amizay andro zay.³⁶ Tsy maintsy manolotsa fagnatitsa doroana agnareo, fagnatitsa natao tamin'ny afo mba hahatonga hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotsa ombilahy raika, ondrilahy raika, de zanak'ondry lahy heritaogna fito, samy tsa misy kilema agnareo.³⁷ Tsy maintsy manolotsa ny fagnatitsa hohanin-dreo sy fagnatitsa sotroana ho an'ny ombilahy, ho an'ny zanak'ondry, manaova fagnatitsa betsaka arak'izay voadidy agnareo.³⁸ Tsy maintsy manolotsa osilahy raika ho fagnatitsa nohon'ny fahotana ho fagnampiny fagnatitsa doroana mahazatsa, ny fagnatitsa hohanina momba andreo, de ny fagnatitsa sotroana amizay agnareo.³⁹ Ireo ro tsy maintsy haterinao ho an'i Yaveh amireo firavoravoana ze efa voafaritsa. Ho fagnampiny voady sy fagnatitsa antsitrapo izay. Tsy maintsy manolotsa anizay ho fagnatitsa doroana, fagnatitsa hohanina, fagnatitsa aidigna, sy fagnatipihavagnana agnareo."⁴⁰ Notarognin'i Mosesy tamin'ny vahoakan'Israely aby ny raha ze nandidian'i Yaveh anazy tokony ho tarogniny

Chapter 30

¹ Nitarogna tmin'ny pitarika ny fokon'ny vahoakan'Israely i Mosesy. Zao ro natony hoe: "Izao ro nandidian'i Yaveh." ² Sy efa misy mivoady amin'i Yaveh. na manao fianagnana handrohy ny tegnany amin'ny fapagnatigniana, de aoka i tsa hivadika amin'ny tarony. aoka i hitagna ny fapagnatigniany hanao ze aby naloaky ny vavany. ³ aha misy apela mipetraka ao andragnon-drainy ko manao voady amin'i Yaveh de mamatotsa ny tegnany amin'ny fampagnantenana, ⁴ Lehe mandre ny voady ny rainy ko mianiana amize nandrohizany ny tegnany, de lehe tsa mitarogna na ina na ina i mba hapivadika anazy, de hanakery hiany ny voadiny. Ny fapagnatigniana aby ze nandrohoizany ny tegnany de hanakery hiany. ⁵ Fa lehe

mandre ny mombany fapagnatigniany ny rainy, de lehe tsa mitarogna na ina na ina aminazy, de ny voady aby ze nataony tamin'ny tegnany de hanakery hiany.⁶ Fa zao, lehe mandre ny voadiny aby ze nataony sy ny fapagnatigniana magnetriketrika nataony ze nandrohoizany ny tegnany ny rainy, de lehe manapaka anazy i aminio andro io hiany, de tsa hiegnina hanakery reo. Hamela anazy i Yaveh satria nanapaka anazy ny rainy.⁷ Lehe manambady ny lihilahy raika i ko vona voafatotsin'ny voady, na manao fapagnatigniana mekameka ze hanireny ny tegnany, de hanakery hiany reo fanirena reo.⁸ Fa lehe manakana anazy amin'ny andro andrinesany momba anizay ny rainy, de hagnafoagna ny voady ze nataony i, de ny tarogna mekameka ze nataon'ny molony ze nandrohoizany ny tegnany. Hagnafaka anazy i Yaveh.⁹ Fa ny amin'ny pitondratana na apela nisara-bady, ze aby nandrohoizany ny tegnany de hanakery aminazy hiany.¹⁰ Lehe misy apela nanao voady tao andragony vadiny na nanery ny tegnany tamin'ny fanaovana fianagnana,¹¹ de ren'ny vadiny zay, kanefa tsa nitarogna na ina na ina taminazy i sady tsa nanohitsa anazy, de aoka hitoatsa ny voadiny aby sady aoka hiegninahanakery ny fanirena nataony.¹² Fa lehe foagnan'ny vadiny ny amin'ny andro ze nandrinesany ny momba anizay, ze aby navoaky ny vavany momba ny voady na fapagnatigniana de tsa hana-kery. efa nofoagnany vadiny zay. Hagnafaka anazy i Yaveh.¹³ Ny voady aby ze ataon'ny apela raika ko mandrohy anazy handa ny tegnany de mety hamafisina na ho foagnan 'ny vadiny.¹⁴ Fa lehe tsa mitarogna aminazy san'andro i, de magnamafy ny voadiny aby i de mandrohy ny fapagnatigniana ze nataony. Nohamafisiny reo satria tsa nitarogna na ina na ina tamin'azy i taminio fotoagna nandrinesany momba anireo.¹⁵ Lehe mitadia ny hafafoagna ny voadin'ny vadiny fotoagna ela tafaran'ny nandrinesany momba anizay ny lihilahy, de i ro ho topon'antoka amin'ny fahotany."¹⁶ Reo ro lalàna nandidian'i Yaveh mba hotarognin'i Mosesy_lalàna ho anize eo amin'ny lihilahy sy ny vadiny sady eo amin'ny ray sy zanany vavy aby ao agnatin'ny fahatanorany ao an-dragon'ny fianakavian-drainy i.

Chapter 31

¹ Niresaka tamin'i Yaveh i Mosesy de nanao hoe: ² "Manaova valifaty amin'ny Midianita nohon'ny nataon-dreo tamin'i Israelita. Sy efa vita zay, de ho maty agnao sady hovoriana eo amin'ny olonao ³ Ko niresaka tamin'ny vahoaka i Mosesy. Zao ro nataony hoe: "Mitondrà fiadiana ho amin'ny ady ny sasany amin'ny olonareo mba handihiananan-dreo hanohitsa an'ny Midiana sy hagnatateraka valivatin'i Yaveh amizay. ⁴ Ny foko aby de manerana an'i Israely de tsy maintsy mandefa miaramila ho agn'ady." ⁵ Ko tamin'ny ona arivon'Israely, de avy agny amin'ny foko aby ho agn'ady arivon'ny, roa arivo sy raialigna ro fitambarany. ⁶ Avy eo nalefan'i Mosesy agn'ady reo, arivo avy hatamin'ny foko aby, niaraka tamin'ny Finehasa zanaka lahin'i Eleazara pisorogna, sy niaraka tamin'ny fanaka avy hatao amin'ny fitoerana masinade ny tropetra egnny antagnany mba hitsofana ny fanairana. ⁷ Niady tamin'ny Midiana reo, araka ny andindian'i Yaveh an'i Mosesy. ⁸ Novonoan-dreo ny ona aby. Novonoan-dreo ny panjakan'i Midiana niaraka tamin'ny sisan'ny matin-dreo: Evy, Rekema, Zora, Hora, de Reba, ny panjaka dimin'i Midiana. Novonoan-dreo tamin'ny sabatsa koa Balama zanaka lahin'i Beora ⁹ Nalain'i tafik'Israely ho babo ny apelan'i Midiana, ny zana-dreo, ny biby fiompin-dreo aby, ny ondry aman'osin-dreo, de ny fanagany aby. nalain-dreo babo aby reo. ¹⁰ Nodoroan-dreo aby ny tanàna ze nipitrahan-dreo de ny tobin'ny aby. ¹¹ Nalain-dreo aby reo babo sy gadra aby, de ona na biby. ¹² Noferin-dreo tagny amin'i Mosesy, Eleazara pisoragna, de tagny amin'ny fianakaviamben'by onan'Israely reo gadra, ny babo, de reo raha haza. Noferin-dreo tagny amin'ny toby amin-dreo tagny amin'ny tany hain'i Moaba, amoron'i Jordana agnilan'i jeriko reo. ¹³ so nienga nitsena an-dreo tagny ivelan ny toby i Mosesy, Eleazara pisorogna, sy ny pitarika ny fianakaviam-be aby. ¹⁴ Fa i Mosesy de nasiaka tamireo manapahefan'ny tafika, ny pifehy arivo sy ny kapiteny zato, ze avy agny agn'ady. ¹⁵ Zao ro nataon'i Mosesy tamin-dreo hoe: "Navelanareo ho velogna aby ve ny apela? ¹⁶ Io, nataon'i apela ny nanota tamin'i Yaveh ny amin'i Poera tamin'ny alalan'i torohevits'i Balama ny olon'Israely, sy efa niparitaka teo amin'ny fiangonan'i Yaveh ny areti-mandoza. ¹⁷ Androany ary, vono aby ny apela ze efa niara-natory tamin'ny lihilahy. ¹⁸ Fa fero ho anareo ny apela ze vona tsa niara natory tamin'ny lihilahy mihintsy. ¹⁹ Tsy maintsy mitoby egnny ivelen'ny tobin'Israely mandritsa ny fito andro agnareo. Agnareo aby ze efa namono ona na agnareo ze efa nikitika ona maty--Tsy maintsy magnadio ny tegnanareo agnareo amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito__agnareo sy ny gadranareo. ²⁰ Tsy maintsy magnadio ny akanjonareo aby sy ny raha aby vita tamin'ny hodi-biby sy volon'osy, de ny raha aby vita amin'ny hazo agnareo." ²¹ Eleazara pisorogna de nitarogna tamin'ny miaramila ze nandeha tagny agn'ady hoe: "Ty de lalàna voadidy ze namen'i Yaveh an'i Mosesy: ²² Ny volamena, volafotsy, varahogna, vy, vifotsy, sy firaka, ²³ de ny raha aby ze andairan'ny afo, de tsy maintsy ataonareo ao agnaty afo, ko handio anizay. Sy avy eo de tsy maintsy diovinareo amin'ny rano fandiovana reo raha reo. na ina na ina ze tsa afaka mandalo amin'ny afo de tsy maintsy diovinareoa amizay rano zay. ²⁴ Amin'ny andro fahafito de tsa sasanareo ny fitafianareo, de sy avy eo agnareo hadio. afaran'izay de ho avy ao amin'ny tobin'Israely agnareo." ²⁵ Sy avy eo i Yaveh niresaka tamin'i Mosesy de nitarogna hoe: ²⁶ "Isao reo raha ze babo aby ze haza, na ona na biby. Agnao, Eleazara pisorogna, de ny pitarika ny fianakaviam-be ny fokon'ny razambenao ²⁷ de tsy maintsy mizara ny babo hizara roa. Zarao amin'ny miaramila ze nandeha agn'ady sy ny ambin'ny fianakaviambe aby zay. ²⁸ Sy avy eo mitakia hetra hatamireo miaramila ze nandeha agn'ady mba hamena Anahy. Zay aby zay de tsy maintsy raika isa-dimanjato, na ona, biby fiompy, boriky, ondry, na osy. ²⁹ Alao amin'ny atsasakizay aby zay de ameo an'i Eleazara pisorogna ze mba ho fagnatitsa hatolotsa ho Anahy. ³⁰ De avy amin'ny atsasaky ny Israely hiany koa, de tsy maintsy mangalaka raika isa-dimapolo agnao__avy amin'ny ona, biby fiompy, boriky, ondry, de osy. Ameo an'i Levita ze mikiarakara ny tabernakeliko reo." ³¹ Ko de nataon'i Mosesy sy Eleazara pisorogna araka ny nandidian'i Yaveh. ³² De ny bao ze sisa tamireo hazan'ny miaramila de ondry 675.

000, ³³ omby roarivo sy fito aligna, ³⁴ boriky arivo sy enina aligna, ³⁵ de apela roarivo sy telo aligna ze tsa vona niara-natory tamin'ny lihilahy mihintsy. ³⁶ Ny atsasany ze nahazain'ny miaramila de ondry miisa 337.000. ³⁷ Ny anjaran'i Yaveh de ondry 675. ³⁸ Ny omby de enina arivo sy telo aligna de roa ambin'ny fitopolo ro hetran'i Yaveh. ³⁹ 30. 500 ny isan'ny boriky de raika amby enipolo ro anjaran'i Yaveh. ⁴⁰ Enina arivo sy ray aligna ny on ko roa amby telopolo ro hetran'i Yaveh. ⁴¹ Nalain'i Mosesy ny hetra ze tokony ho fagnatitsa atolotsa ho an'i Yaveh. Nameny an'i Eleazara pisorogna zay, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. ⁴² Lehe ny atsasaky ny olon'Israely ze nalain'i Mosesy avy amin'ny miaramila ze nandeha tagny agn'ady__ ⁴³ dendry 337. 500, ⁴⁴ omby enina arivo sy telo aligna, ⁴⁵ boriky 30. 500, ⁴⁶ de apela enina arivo sy ray aligna ro an'ny atsasaky ny fianakaviambe. ⁴⁷ Avy amin'ny atsasaky ny olon'Israely, de nangalaka raika isan-dimapolo i Mosesy, na ona na biby. Namena an'ny Levita ze nikarakara ny tabernakelin'i Yaveh reo, araka ny nandidian'i Yaveh anazy mba hatao. ⁴⁸ Avy eo ny manapahefan'ny tafika, ny pifehy ny arivo sy ny kapitenin'ny zato, avy tagny amin'i Mosesy. ⁴⁹ Zao ro nataon-dreo tamin'azy hoe: "Nisain'ny panomponao ny miaramila ze ambanin'ny fifihiezany, de tsa misy nako raika aza tsa ao. ⁵⁰ Noferinay ny fagnatitsa i Yaveh, ze hitan'ny ona tsiraidraika, fanaka volamena, fehitagnana sy haba, peratsa fanomboha-kase, kavina, de rojo, mba hanaovana fagnavotana ho anay eo alihan'i Yaveh." ⁵¹ Mosesy sy Eleazara de nandray ny volamena sy ny fanaky ny asa tagnana aby avy amin-dreo. ⁵² Ny volamena aby tamin'ny fagnatitsa ze namen-dreo an'i Yaveh__ny fagnatitsa avy amin'ny pifehy ny arivo sy avy amin'ny zato__de milanja sekely 16. 750. ⁵³ Ny miaramila tsiraidraika de samy nangalaka babo, ona tsiraidraika ho an'ny tagnany. ⁵⁴ Mosesy sy Eleazara pisorogna de nangalaka volamena avy amin'ny pifehy ny arivo sy ny kapiten'ny zato. Noferin-dreo tao amin'ny tragno-lay fihaognana zay ho fahatsiarovana ny olon'Israely ho an'i Yaveh

Chapter 32

¹ De ny taranak'i Robena sy Gada de nanagna biby fiompy betsaka. Sy efa hitan-dreo ny tanin'i Jazera sy Gileada, de toerana mahafinaritsa ho an'ny biby fiompy lay tany. ² De avy niresaka tamin'i Mosesy, tamin'i Eleazara pisorogna, de tamin'ny pitarika ny fivondrognana ny taranak'i Gada sy Robena. Zao ro nataony hoe: " ³ Ty ny lisitry toerana ze efa nohadihadianay: Atarota, Ddibona, Jazera, Nimra, Hesbona, Elale, Sebama, Nebo, de Beona. ⁴ Reo aby ny tany ze notafihan'i Yaveh teo alohan'ny fivondrognan'Israely, de ny toerana soa ho an'ny biby fiompy reo. Agnay, mpanomponao, de managna biby fiompy betsaka be." ⁵ Zao ro nataon-dreo hoe: "Lehe mahita sitraka eo imasonao agnay, de aoka mba ho fanagana ity tany ty. Aza atao miapita amin'i Jordana agnay." ⁶ Namaly ny taranak'i Gada sy Robena i Mosesy hoe: "Tokony handeha mba hiady ve reo ralahinareo lehe agnareo kosa magnoriponegnana eto? ⁷ Nahoana ro haktiviana tsa handeha agny amin'ny tany ze namen'i Yaveh an-dreo ny fon'ny vahoakan'Israely? ⁸ Reo razambenareo de nanao tahak'izay raha zay sy efa nalefako avy agny Kadesi-barnea mba hisafo ny tany reo. ⁹ Niakatsa tagny amin'ny lohasahan'i Eskola reo. Nahita ny tany reo de avy eo nagnakivy ny fon'ny vahoakan'Israely mba handavan-dreo tsa hiditsa ao amin'ny tany ze namen'i Yaveh an-dreo ¹⁰ Nirehitsa ny fahasiahan'i Yaveh tamin'iondro io. Nivoady I de nanao hoe: ¹¹ 'Azo antoka fa tsa hisy amireo ona ze niakatsa hatagny Egipta, manomboka amin'ny roapolo taogna ro ho miakatsa, Abrahama, tamin'i Isaka, de tamin'i Jakoba, satria tsa nagnaraka Anahy tanteraka an-dreo, afa-tsy ¹² Kaleba zanaka lahin'i Jefone Kenizita, de i Josoa zanaka lahin'i Nona. Kaleba sy Josoa hiany ro tena nanaraka Anahy tanteraka." ¹³ Ko nirehitsa tamin'Israely ny hasiahan'i Yaveh. Nataony nirenireny nagnodidigna ny tany efitsa nandritsa ny efapolo taogna ko hatramin'ny naha-rava ny taranaka aby ze nanao ratsy teo imason-dreo. ¹⁴ Indro, nisandratsa teo amin'ny toeran'ny razambenareo agnareo, tahaka ny ona panota be, mba hagnampy ny fahasiahan'i Yaveh amin'Israely. ¹⁵ Lehe mivily amin'ny fagnarahana Anazy agnareo, de hamela an'Israely agny amin'ny tany efitsa ndraika I sady handringagna ny vahoakany aby agnareo." ¹⁶ Ko nagnantogna teo agnilan'i Mosesy reo sady nitarogna hoe: "Avilao agnay hagnorigna fefy ho an'ny biby fiompinay sy tanàna ho an'ireo akohonanay eto. ¹⁷ Nako zay aza, agnay de ho vonona sady hitam-piadiana mba handeha miaraka amin'ny tafik'Israely mandrapametrananay an-dreo amin'ny toeran-dreo. Fa ny ankohonanay koa de hipetraka agny amin'ny tanàna voaro mafy noho ny vahoaka hafa ze vona mitoatsa amity tany ty. ¹⁸ Tsa hipody agny amin'ny fonegnanay agnay mandra-pahazanay tsiraidraika amin'ny vahoakan'Israely ny lovary aby. ¹⁹ Tsa handova ny tany miarakamin-dreo agny andafin'i Jordana agnay, satria ny lovanay de eto amin'ny lafy atsinanan'i Jordana." ²⁰ Ko namaly an-dreo i Mosesy hoe: "Lehe manao ze lazainareo agnareo, lehe magnomagna ny tegnanareo handeha eo agnatrehan'i Yaveh mba hiady agnareo, ²¹ de ny tsiraidraika amin'ny lihilahinareo mitapiadiana de tsy maintsy miapita an'i Jordana eo alohan'i Yaveh, mandra-pandroahany ny fahavalony tsa ho eo agnatrehany ²² de ny tany de ho resy eo agnatrehany. Sy efa afaka zay de afaka mipody agnareo. ho tsa manatsigny manoloana an'i yaveh sy manoloagna an'Israely agnareo. Ity tany ty de ho fanagnanareo eo agnatrehan'i Yaveh ²³ Fa lehe tsa manao anizay agnareo, io, hanota amin'i Yaveh agnareo. Fantaro soa fa hahita anareo ny helokareo. ²⁴ Magnoregna tanàna ho an'ny akohognanareo de vala ho an'ny ondrinareo; avy eo de ataovo ze nolazainareo." ²⁵ Niresaka tamin'i Mosesy ny taranak'i Gada sy Robena de nitarogna hoe: "Hanao arak'izay nandidianao ny panoponao, ry tomponay. ²⁶ Reo klonga madinikay, reo vadinay, reo ondry aman'osinay, reo biby fiompinay aby de hitoatsa ao amin'ny tanàn'i Gileada. ²⁷ Nako zay aza, agnay mpanoponao, de hiapita eo agnatrehan'i Yaveh mba hiady, ny lihilahy aby ze mita-piadiana ho amin'ny ady, arak'izay nolazainao, ry toponay." ²⁸ Ko de nagnome torolalagna mahakasika anazy reo tamin'i Eleazara pisorogna, tamin'i Josoa zanaka lahin'i Nona, de tamireo pitarika ny fokon'ny olon'Israely i Mosesy. ²⁹ Zao ro nataon'i Mosesy tamin-dreo hoe: "Lehe miapita an'i Jordana miaraka amin'ny taranak'i Gada sy Robena, ny lihilahy aby ze mita-piadiana mba hiady eo agnatrehan'i Yaveh, de lehe resy eo

agnatrehanareo ny tany, de homenareo ho an-dreo ho fanagnana ny tanin'i Gileada.³⁰ Fa lehe tsa miapita eo aminareo mitapiadiana reo, de agny amin'ny tanin'i Kanana reo ro hahazo ny fanagnan-dreo eo aminareo³¹ Ko de namaly ny taranak'i Gada sy Robena hoe: "arakize nolazain'i Yaveh taminay, panomponao, de izao ro ho ataonay."³² Hiapita mitapiadiana eo agnatrehan'i Yaveh agny amin'ny tanin'i Kanana agnay, fa ny lova anjaranay de hiegnina aminay amity lafin'i Jordana ty."³³ Ko namen'i Mosesy anireo taranak'i Gada sy Robena, de ny atsasaky ny fokon'i Manase zanak'i Josefa ny fanjakan'i Sihona, mpanjakan'i Amorita, sy Oga, mpanjakan'i Basana. Namena an-dreo ny tany, de nozarainy tamin-dreo ny tanànan'izay aby miaraka amin'ny faritaniny, de reo tanànan'ny tany magnodidigna reo.³⁴ Ny taranak'i Gada de namerigna nagnorigna an'i Dibona, Atarota, Aroera,³⁵ Atrota-sofana, jazera, Jogbeha,³⁶ Beti-nimra, de Beti-harana mba ho tanàna voaaro mafy miaraka amin'ny vala ho an'ny ondry.³⁷ Ny taranak'i Robena de nagnapody nagnorigna an'i Hesbona, Elale, Kiriataima,³⁸ Nebo, Bala-meona, Sibma__niova ny agnaran'ny taty afara. Namen-dreo agnarana hafa ny tanàna ze napodin-dreo naorigna.³⁹ Ny taranak'i Makira zanaka lahin'i Manase de nandeh tagny Gileada de nagnafaka anizay tamin'i Amorita ze tao amizay.⁴⁰ Avy eo de nomen'i Mosesy an'i Makira zanaka lahin'i Manase i Gileada , de nagnori-ponegnana teo ny vahoakany .⁴¹ Roso i Jaira zanaka lahan'i Manase de nambabo reo renivohits zany de nangaika azy reo hoe : Havota -jaira .⁴² Roso i Noba de nambaba an'i Kinata sy reo zana-bohiny , de nokehiny hoe: araka ny agnarany hany zany.

Chapter 33

¹ Reto aby reo toerana nandihanan'ny vahoakan'Israely tafaran'ny namilan-dreo ny tany Egypta tamin'i atoko mitapiadiana reo teo ambany fitarihan'i Mosesy sy Arona. ² Nanoratsa ny toerana niangian-dreo hatramizay nandihanan-dreo i Mosesy, Araka ny nandidian'i Yaveh. Reto aby ny dian-dreo, ny toerana nifindrafindran-dreo. ³ Nila avy atao Ramesesa reo nandritsa ny volagna voalohany, tamin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volagna voalohany. Ny maraigna tafarany paska, de nandeha malalaka ny vahoakan'Israely, teo imason'i Egyptyana aby. ⁴ Nitranga zay lehe vona nandevogna ny lahimatoan-dreo aby, reo ze novonoan'i Yaveh teo amin-dreo ny Egyptyana, fa i koa de napizaka famaizana ny andriamagnin-dreo. ⁵ Niala tao Ramasesa ny vahoakan'Israely de nitoby tao sokota. ⁶ Niala tao Sokota reo de nitoby tao Etama, tegny amoron'ny tany efitsa. ⁷ Niala tao Etama reo de nipody tao Pi Hahirota, ze apitan'i Balazefona, ze mifanandrify amin'i Migdola nitobian-dreo. ⁸ Sy avy eo niala avy teo apitan'i Pi Hahirota reo de nandalo tegny apovoan'ny ranomasina ho agny agn'efitsa. Nandeha nandritsa ny telo andro tagny agn'efits'i Etama reo sady nitoby tao Mara. ⁹ Niala tao Mara reo de avy tao Elima. Tao Elima de nisy loharano roambin'ny folo de hazo rofia fitopolo. Tagny ro nitobian-dreo. ¹⁰ Niala tao Elima reo de nitoby tegny agnilan'ny Ranomasina Mena. ¹¹ Niala avy tao amin'ny Ranomasina Mena reo de nitoby tegny agn'efits'i Sina. ¹² Niala avy tao amin'ny tany efits'i Sina reo de nitoby tao Dopka. ¹³ Niala tao Dopka reo de nitoby tao Alosy. ¹⁴ Niala avy tao Alosy reo de nitoby tao Refidima, ze tsa nahitana rano ho sotroan'ny vahoaka. ¹⁵ Niala avy tao Redima reo de nitoby tao amin'ny tany efits'i Sinay. ¹⁶ Niala avy tao amin'ny tany aefits'i Sinay reo de nitoby tao Kibrota Havata. ¹⁷ Niala avy tao Kibrota Havata reo de nitoby tao Harezota. ¹⁸ Niala avy tao Harezota reo de nitoby tao Ritma. ¹⁹ Niala avy tao Ritma reo de nitoby tao Rimona Pareza. ²⁰ Niala avy tao Rimona Pareza reo de nitoby tao Libna. ²¹ Niainga avy tao Libna reo de nitoby tao Risa. ²² Niala avy tao Risa reo de nitoby tao Kehelata. ²³ Niala avy tao Kehelata reo de nitoby tao amin'ny Tendrombohitsa sapera. ²⁴ Niala avy tao amin'ny Tendrombohitsa Sapera reo de nitoby tao Harada. ²⁵ Niala avy tao Harada reo de nitoby tao Makelota. ²⁶ Niala avy tao Makelota reo de nitoby tao Tahata. ²⁷ Niainga avy tao Tahata reo de nitoby tao tera. ²⁸ Niainga avy tao tera reo de nitoby tao Mitka. ²⁹ Niala avy tao Mitka reo de nitoby tao Hasmona. ³⁰ Niala avy to Hasmona reo de nitoby tao Moserota ³¹ Niala avy tao Mosareta reo de nitoby tao Bena Jakana. ³² Niala avy tao Bena Jakana reo de nitoby tao hora Hagidgada. ³³ Niala avy tao Hagidgada reo de nitoby tao de nitoby tao Jotbata. ³⁴ Niala avy tao Jotbata reo de nitoby tao Abrona ³⁵ Niala avy hatao Abrona reo de nitoby tao Eziona Gebera. ³⁶ Niala avy tao Eziona Gebera reo de nitoby tao Kadesy. ³⁷ Niala avy tao Kadesy reo de nitoby tao amin'ny tendrombohitsa Hora, tegny amoron'ny tanin'i Edoma. ³⁸ Niakatsa tegny amin'ny tendrombohitsa Hora i Arona pisorogna araka ny didin'i Yaveh de maty tagny amin'ny fahaefapolo taogna tafaran'ny niengan'ny vahoakan'Israely tao Egypta, tamin'ny fahadimin'ny volagna, tamin'ny andro voalohan'ny volagna. ³⁹ 123taogna Arona tamin'ny i maty tagny amin'ny tendrombohitsa Hora. ⁴⁰ Ny Kanananita, ny panjakan'i Arada, ze nitoatsa tagny amin'ny tany Efitsa atsimo tao amin'ny tanin'i Kanana, de nandre ny fiavian'ny vahoakan'Israely. ⁴¹ Niala avy tao amin'ny tendrombohits'i Hora reo de nitoby tao Zalmona. ⁴² Niala avy tao Zalmona reo de nitoby tao Ponona. ⁴³ Niala avy tao Ponona reo de nitoby Obota. ⁴⁴ Niala avy tao Obota reo de nitoby tao Ly Abrima, tegny amin'ny sisin-tanin'i Moaba. ⁴⁵ Niala avy tao Lay Abarima reo de nitoby tao Dibongada. ⁴⁶ Niala avy tao Dibongada reo de nitoby Almon-diblataima. ⁴⁷ Niala avy tao Almon-diblataima reo de nitoby tao amin'ny tendrombohits'i Abarima, tandrifin'i Nebo. ⁴⁸ Niala avy tao antendrombohits'i Abarima reo de nitoby tao amin'ny tany hain'i Moaba mariny ny Jordana agny Jeriko. ⁴⁹ Nitoby teo agnilan'i Jordana reo, avy agny Beta Jesimota hatragny Abela Sitima tao amin'ny tany hain'i Moaba. ⁵⁰ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh tegny amin'ny lemak'i Moaba tegny agnilan'i Jordana tao Jeriko sady nanao hoe: ⁵¹ "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de mitarogna hoe: 'sy efa miapita an'i Jordana ho egny amin'ny tany Kanana agnareo, ⁵² de tsy maintsy roahanareo eo agnilanareo ny ponina aby eo amin'ny tany. Tsy maintsy potehinareo ny sarindraha voasikotsa aby an-dreo de ravanareo ny fitoeranareo ambony aby ⁵³ Aoka halanareo ny tany de mipitraha ao amizay , satria efa nameko ho fanagnareo ny tany. ⁵⁴ Tsy maintsy lovainareo amin'ny alalan'ny loka ny tany, araka ny foko tsiraidraika aby. Ho an'ny foko lihibe de tsy maintsy amenareo

zara lihibe amin'ny tany, de ny foko kely de omenareo zara kely amin'ny tany. Na aia na aia hitrotrahan'ny ankitsapaka amin'ny foko tsiraidraika aby, zay tany zay de hoanazy. Handova ny tany araka ny fokon'ny razambenareo agnareo.⁵⁵ Fa lehe tsa voaroakanareo eo alohanareo ny ponigna ny tany, de ho avy tahaka ny fitaovana eo amin'ny masonareo sady tsilo eo amin'ny tehezanareo ny vahoaka ze avelanareo hiegnina. Hagnasarotsa ny fiaignanareo eo amin'ny tany ze hipitranareo reo.⁵⁶ De hoataoko amin'ny vahoaka reo."

Chapter 34

¹ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh ko nanao hoe: ² "Didio ny vaahoakan'Israely de lazao hoe: 'Sy efa hiditsa ny tany Kanana agnareo, ny tany ze ho anareo, ny tany Kanana sy faritsy ny taniny, ³ Hihitatsa zizika agny agny Zina magnaraka ny sisiny Edoma ny atsimonareo. ny sisiny atsinanina amin'ny sisiny atsimo de hoeo amin'ny tsipika ze miafara ao amin'ny fiatarana atsimon'ny Ranomasina Sira. ⁴ Ny faritaninareo de hiodigna miagnatsimon'i Havoan'i Akrabima de mandeha ny efits'i Zina. Avy hatagny, ro mandeha miagnatsimon'i Kadesi-barnea zay de mitohy mandeha agny Hazara-adara sady mandeha agny Azmona. ⁵ Hatagny, ny sisintany de hiolaka hatao Azmona mandeha agny amin'ny lohasan-driakan'i Egipta ko magnaraka zay hatragny an-dranomasina. ⁶ Ny morotsiraka andrefana ro ho sisitany Ranomasina lihibe. Io ro ho faritany an-drefanareo. ⁷ Ny fari-taninareo avaratsa hihitatsa magnaraka ny tsipika ze havahanareo hatragny amin'ny Ranomasina lihibe ko hatragny amin'ny tendrombohitsa Hora, ⁸ sady avy hatagny amin'ny Tendrombohitsa Hora ko zizika agny Lebo-hamata, ⁹ Avy eo de hatragny Zedada. Avy eo ny fari-tany hitohy hatragny Zifrona ko miafara ao Hazar- Enana. Izay ro fari-tany avaratsareo. ¹⁰ Avy eo amariho ny fari-taninao atsinanina zizika agny Hazar- enana atsimo ko zizika agny Sefama. ¹¹ Afaran'izay ny faritany atsinanina hidigna hatagny Sefamako zizika agny Ribla, ao amin'ny faritsa atsinanin'aigna. Ny faritany hitohy magnaraka ny faritsa atsinanin'ny Ranomasina Kinereta. ¹² Avy eo ny fari-tany de hitohy miagnatsimo magnaraka ny Onin'i Jordana ko zizika agny amin'ny Ranomasin-tsira. Izay ro ho taninareo, magnaraka ny sisiny magnodidigna aby ¹³ De nandidy ny vahoakan'Israely ny Mosesy sady nanao hoe: "Ity ro tany ze ho hazanareo amin'ny filokana, ze efa nodidian'i Yaveh hamena ho an'ny foko sivy sy ny atsasaky ny foko. ¹⁴ Ny fokon'ny taranak'i Robena, araka ny fanendrempanagnana ho an'ny fokon-drazan-dreo, de ny fokon'ny taranak'i Gada, araka ny fokon-drazan-dreo, de ny atsasa-pokon'i Manase aby efa nandray ny tanin-dreo. ¹⁵ Ny foko roa sy ny atsasapoko efa nandray ny anjara-tany agny andafin'ny Jordana miatsinanina agny Jeriko, manandrify ny fiposahan'ny masoandro." ¹⁶ Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh ko nanao hoe: ¹⁷ "Ireto aby ny agnaran'ny lilihahy ze hizara ny tanin'ny lovanareo: Eleazara pisorogna sy Josoa zanak'i Nona. ¹⁸ Aoka agnao hifidy pitarika raika isaky ny foko mba hizara ny tany ho an'ny fianakaviamben-dreo. ¹⁹ Ireto aby ny agnaran'ny lilihahy reo: Avy amin'ny fokon'i Joda, de Kaleba zanak'i Jefone. ²⁰ Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Simeona, de Semoela zanak'i amihoda. ²¹ Avy amin'ny fokon'i Benjamina, de Elidada zanak'i Kislona. ²² Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Dana pitarika raika, de boky zanak'i Jogly. ²³ Avy amin'ny taranak'i Josefa, avy amin'ny fokon'ny taranak'i Manase pitarika raika, de Haniela zanak'i Efoda. ²⁴ Avy amin'ny fokon'i Efraima pitarika raika, de Kemoela zanak'i Siftana. ²⁵ Avy amin'ny fokon'i zeblona pitarika raika, de Elifaza zanak'i Parnaka. ²⁶ Avy amin'ny fokon'Isakara pitarika raika, de Paltiel zanak'i Azana. ²⁷ Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Asera pitarika raika, de Ahihody zanak'i Selomy. ²⁸ Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Naftaly pitarika raika, de Pedahela zanak'i Amihoda." ²⁹ Yaveh nandidy anireo lilihahy reo mba hizara ny tany Kanana sy hagnome ny isapokon'Israely ny anjaran-dreo.

Chapter 35

¹ De i Mosesy nitarogna teo amin'ny tany hain'i Moaba teo agnilan'ny Jordana tao Jeriko ko nanao hoe: ² "Mandidia ny vahoaka'Israely mba hagnome ny sasany aminy zarataniny ho an'i Levita. Aoka hagnome an-dreo ny tany honegnany sy tany fandidiana ahitsa magnodidigna ny tanàna reo i. ³ Hahazo izay tanàna zay mba ho fonegnany Levita. Ny fandidiana ahitsa ho an'ny biby fiopiny, ny ondry aman'osiny, de ny biby aby. ⁴ Ny fandidiana ahitsa magnodidigna ny tanàna ze hamena ny Levita de hihitatsa arivo kahiho manomboka eo amin'ny mandan'ny tanàna isaky ny lalagna aby ⁵ Handrefy roarivo kahiho eo ivelan'ny tanàna amin'ny lafiny atsinanina agnao, de roarivo kahiho amin'ny lafiny atsimo, roarivo kahiho amin'ny lafiny andrefana, de roarivo kahiho amin'ny lafiny avaratsa. Ho fandidiana ahitsa ho an'ny tanànanany zay. Ny tanàna de ho eo agnivony. ⁶ y enina amireo tanàna ze hamena ny Levita de atokagna ho tanàna fialofana. Aoka hamenareo ho toerana hahafahan'ny ona ze namono ona milefa reo. Hagnome tanàna roa amby efa-polo hafa hiany koa. ⁷ Ny tanàna ze hamena ny Levita de hiisa valo amby efa-polo. Aoka homena an-dreo miaraka amin'ny fandidiana ahitsa zay. ⁸ Ny foko'ny vahoakan'Israely, ny foko ze managna tany betsaka be, de tsy maintsy hagnome tanàna betsaka be. Ny foko kely hagnome tanàna kely. Ny foko tsiraidraika Levita araka ny fizarana ze efa noraisiny aby." ⁹ nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh ko nanao hoe: ¹⁰ "Mitarogna amin'ny vahoakan'Israely de lazao hoe: 'Sy efa miapita eo amin'ny Jordana ho agny amin'ny tany Kanana agnareo, ¹¹ de aoka hifidy tanàna hanompo tahaka ny tanàna fialofana ho anao, toerana hilifana ho anize namono ona tsy nahy. ¹² Ho fialofana ho anareo amin'ny pamaly faty mandra-pitsangany hotsaraina eo alohan'ny fiaraha-monigna ny voapanga. ¹³ Aoka hifidy tanàna enina ho tanàna fialofana agnareo. ¹⁴ Tsy maintsy hagnome tanàna telo ao andafin'i Jordana sy tanàna telo ao amin'ny tany Kanana agnareo. Ho tanàna fialofana reo. ¹⁵ Ho an'ny vahoakan'ny Isrely, ho an'ny vahiny, ho anize mitoatsa eo aminareo, ny tanàna enina reo de hatokagna ho fialofana ho anize aby namono ona tsy nahy milefa. ¹⁶ Fa lehe namely lasibany tamin'ny fitaovana vy le ona voapanga, sady lehe

maty lasibany, de ho pamono ona tokoa ny voapanganga. Aoka ho atao maty tokoa i.¹⁷ Lehe namely ny lasibany tamin'ny vato tegny an-tagnany ze mety hahafaty ny voapanga, de lehe maty ny lasibany, de ho pamono ona ny voapanga. Hatao maty tokoa i.¹⁸ Lehe namely ny lasibany tamin'ny fitaova-piadiana hazo ze hahafaty anazy ny voapanga, de maty ny lasibany, de ho pamono ona tokoa ny voapanga. Ho vonoana tokoa i.¹⁹ Ny pamaly rà de mety hamono ny pamono ona. Sy efa mifanojo aminazy, de hamono anazy ny pamaly rà.²⁰ Lehe mamely ny hafa amin'ny fankahalana na manipy raha aminazy, lehe misitrika mba hagnotrika hamely anazy, de ho maty ny lasibany,²¹ na lehe mamely anazy amin'ny fankahalana amin'ny tagnany ko mahafaty ny lasibany de ho vonoana tokoa ny voapanga ze namely anazy. Pamono ona i. Ny pamaly rà de hamono ny pamono ona aby mifakatojo aminazy.²² Fa lehe mamely ny lasibatra tampoka ny ona voapanga ko tsa nisy fagnomagnana mialoha nohon'ny fahakalana na mitoraka raha ze hamely ny lasibatsa ko tsa niandriandry nagnotrika²³ na lehe mitoraka vato ze mety hahafaty ny lasibatsa nefa tsa hitany ny lasibatsa nefa tsa hitany ny lasibatsa, de tsa ho fahavalon'ny lasibatsa ny voapanga; tsa nitadia handratsa ny nihiaramboigna i. Fa tahak'izao ro atao sy efa maty ny lasibany.²⁴ Amizay toendraha zay, de hitsara ny voapanga sy ny pamaly rà amin'ny fototsin'ny lalana reo ny fiarahamonigna.²⁵ Tsy maintsy mamonjy ny voapanga amin'ny fahifan'ny pamaly rà ny fiarahamonigna. Ny fiarahamonigna de tsy maintsy hagnapody ny voapanga agny amin'ny tanàna fialovana ze nilifany tagny amboalohany. Hitoatsa agny i mandrapahafatin'ny pisorogna be amizay fotoagna, ny tokagna zay voahosotsa tamin'ny diloilo masina²⁶ Fa lehe mienga amin'ny fotoagna aby mihoatsa ny faritsa ny tanàna fialofana ho agny amin'ze nilifany ny voapanga, ko lehe hitan'ny mpamaly rà agny ivelan'ny²⁷ faritsa ny tanàna fialofany, ko lehe mamono ny ona voapanga i, ny mpamaly rà de tsa ho melohina ho mpamono ona.²⁸ Izay de nohon'ny tokony nitoeran'ny ona voapanga teo amin'ny tanàna fialofany mandra-pahafatin'ny mpisorogna lihibe. Afaran'ny fahafatesan'ny mpisogna lihibe, ny voapanga de hipody agny amin'ny tany ze misy ny fanagnany manokana.²⁹ Izay lalàna izay de ho lalàna ho anareo amin'ny taranaky ny vahoaka aby agny amin'ny toerana aby ze hitoeranareo.³⁰ Na ia na ia mpamono ona de hovonoana, araka ny voamarin'ny tarognan'ny vavolombelogna. Fa tarognan'ny vavolombelogna raika ihany de tsa afaka ny hahavy ny ona raika ho vonoana ho maty.³¹ Sady koa, aleo tsa hagneky ny vidim-pagnavotana ho an'ny mpamono ona ze meloka nohon'ny famonpoana ona agnareo. Tsy maintsy vonoana tegny i.³² Aleo tsa hagneky ny vidim-pagnavotana ho amin'ny ona ze milefa agny amin'ny tanàna fialofana agnareo. Aleo tsa ho amin'izay fomba izay ro hamelanao azy honigna ao amin'ny fitoerany mandra-pahafatin'ny mpisorogna lihibe.³³ Aza lotoana amin'izay fomba izay ny tany ze onegnanao, satria ny ràny ny mpamono ona ro mandoto ny tany. Tsa misy fagnavotana ho an'ny tany aby latsaka amin'ny tany ny rà, afa-tsy amin'ny ràny izay nandatsaka izay.³⁴ Ko aleo tsa hanoto ny tany ze onegnanareo agnareo satria monigna ao amin'izay Aho. Iaho, Yaveh, de monigna eo amin'ny vahoakan'ny Israely."

Chapter 36

¹ Ko ny mpitarika ny fianakavian-drazamben'ny fianakaviam-ben'i Gileada zanak'i Makira (ze zanak'i Manase0, ze avy amin'ny fokon'ny taranak'i Josefa, de avy ko nitarogna teo anatrehan'i Mosesy sy teo anatrehan'ny mpitarika ze lohan'ny fianakavia-drazamben'ny vahoakan'ny Israely.² Hoa reo: "Yaveh ro nandidy anao, ny tomponay, mba hagnome anjara tany ho an'ny vahoakan'ny Israely amin'ny filokana. Nodidian'i Yaveh agnao mba hagnome ny anjaran'i Zelofada rahalahiny ho an'ny zanany vavy.³ Nefany lehe manambady lihilahy avy amin'ny fokon'ny vahoakan'ny Israely hafa ny zanany vavy, de halaina tsa ho anjaran'ny razambetsika ny anjaran-dreo. Hagnampy ny anjaran'ny foko ze andihanan-dreo izay. Amin'izay, d halaina tsa ho anjara voatendry ho lovntsika izay.⁴ Amin'izay, lefa avy ny taon-Jobilon'nyvahoakan'ny Israely, de hikambagna amin'ny anjaran'ny foko ze nandihanan-dreo ny anjarany. Ko izay, ro hagnalana ny anjaran-dreo amin'ny anjaran'ny fokon-drazambetsika.⁵ De nagnome beko ny vahoakan'ny Israely, tamin'ny tarognan'i Yaveh i Mosesy. Hoa i : "Marina ny voalazan'ny fokon'ny taranak'i Josefa.⁶ Izay ro andidian'i Yaveh mahakasika ny zanaka vavin'i Zelofada. Hoa i: "Avilao reo hanambady ze ataony fa soa, nefa hanambady ze ao amin'ny fokon-drainy ihany reo."⁷ Tsa misy anjaran'ny vahoakan'ny Israely hiova foko ho amin'ny vahoakan'ny Israely de hitany ny anjaran'ny fokon-drazambeny.⁸ Ny apelan'ny vahoakan'ny Israely tsirairaka ze manan-jara ao amin'ny fokony de tsy maintsy manambady ona avy amin'ny fianakaviam-ben'ny fokon-drainy. Izay de mba hanagnan'ny tsirairaka ao amin'ny vahoakan'ny Israely lova avy amin'ny razambeny.⁹ Tsa tokony hisy anjara hifindra tagnana ho an'ny foko hafa. Ny ona aby amin'ny fokon'ny vahoakan'ny Israely de hitagna ny lovany ihany."¹⁰ De nanao araka ze nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ny zanakavavin'i Zelofada.¹¹ Mahala, Tirza, Hogla, Milka, de i Noa., ny zanakavavin'i Zelofada, de nanambady ny taranak'i Manase.¹² Nanambady taranak'i Manase zanak'i Josefa reo. Ko izay, ro nitoeran'ny lovan-dreo tao amin'ny foko ze an'ny fianakaviamben-drain-dreo.¹³ Ireo ro didy sy lalàna ze nomen'i yaveh tamin'ny alalan'ni Mosesy ho an'ny vahoakan'ny Israely teo amin'ny lemak'i Moaba amoron'ny Jordana tao jeriko.

Deuteronomy

Chapter 1

¹ Tahaka anizao aby ny tarogna notarognin'i Mosesy tamin'Isiraely tagny an-dafin'i Jordana tagny agn'efitsa, tagny amin'ny lemaky ny lohasahan-driakan'ny onin'i Jordana tandrifin'i Sofa, tao agnelagnelan'i Paragna,Tofela, labagna, Hazerota, de Dihazaba.² Lalagna raika ambin,ny folo andro hatagny Horeba mandalo ny tendrombohits'i Seira hatragny

Kadesa-Barnea zay.³ Tamin'ny toagna faha efa-polo, faha iraika ambin'ny folo volagna, de niresaka tamireo vahoakan'Isiraely i Mosesy, nitarogna tamin-dreo aby ny raha ze nandidian'i Yaveh ny momban-dreo.⁴ Izay de tafaran'ny nanafihan'i Yaveh an'i Sihona panjakan'ny Amorita, ze nitoatsa tao Hesbona, sy Oga panjakan'i Basana, nitoatsa tao Astarta tagny Endrehy.⁵ Tagny an-dafin'i Jordana, tao amin'ny tanin'i Moaba, i Mosesy ro nanomboka nilaza ny lalan'Andriamagnitsa, manao hoe: ⁶ " Niresaka tamitsika tagny Horeba i Yaveh Andriamagnitsika, Manao hoe: 'Efa nitoatsa naharitsa teto am'ity tendrombohitsa ty agnareo. ⁷ Tohizo ndraika ny dianareo, de mandihiana amireo tendrombohits'i Amorita sy amireo toerana aby agny am lemaky ny lohasaan-driakan'ny Reniranon'i Jordana, egnny amin'ny tendrombohitsa, egnny amin'ny faritsa ambany, ao negreva, sy egnny amorotsiraka- egnny amin'ny tany Kananita, sy agny lebanona hatragny amin'ny loharano lihibe, de Eofrata. ⁸ Io, efa nameko anareo ny tany; mandihiana ao de lovaio ny tany ze nianiagnan'i Yaveh tamireo razambenareo__tamin'i Abrahamana, tamin'Isaka,de tamin'i Jakoba__fa homena andreo sy ny taranany aty afara.'⁹ Niresaka tamin-dreo aho tamizay fotoagna zay, nanao hoe: ' Tsa zakako rery agnareo. ¹⁰ Efa napitomboan'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo, de, io, androany agnareo de be tahaka ny kintana egnny amin'ny lagnitsa. ¹¹ Yaveh, Andriamagnitsy ny razanareo, anie hapitombo arivo egnny ny habetsahanareo amizao, de hitahy anareo, araka ny efa napagnatigniany anareo! ¹² Fa amin'ny fomba akory ro hilanjako rery ny vesatsareo, ny entamavesatsareo, de ny fifandiranareo? ¹³ Mangala lihilahy hendry, lihilahy manapahalalana, de lihilahy manan-daza amin'ny soa isaky ny foko, de hataoko lohany reo. ¹⁴ Namaly anahy agnareo de nitarogna hoe: ' Ny raha ze nolazainao de soa ny hataonay' ¹⁵ Ko de nalaiko reo lohany amin'ny foko nareo, de reo lihilahy hendry, sy lihilahy manan-daza soa, ko hanao andreo ho lohanareo, pifehy ny arivo, pifehy ny zato, pifehy ny dimapolo, pifehy ny folo, de manambominahitsa isaky ny foko. ¹⁶ Nandidy ny pitsara anareo aho tamizay fotoagna zay,nanao hoe: ' Heno ny fifamaliana eo amin'ny rahalahinareo,de mitsara am-pahamarinana alohany ona sy ny rahalahiny, de reo vahiny ze miaraka aminazy. ¹⁷ Tsa hagnisy fitagnilana na aminia na aminia agnaty fifandirana agnareo; hieno ny majinika sady hieno ny bavety hiany koa agnareo. tsa hatahotsa ny endriky ny ona koa agnareo, satria an'Andriamagnitsa ny fitsarana. Ny fifandirana ze sarotsa ho anareo, de ho ferinareo eto aminahy, de hoeno Aho. ¹⁸ Tamizay fotoagna zay aho de nandidy anareo tamireo raha aby tokony hataonareo. ¹⁹ Niala avy hatagny Horeba tsika de nanerana ny efitsa lihibe sy mapatahotsa ze hitanareo, tegny aminy lalanareo ho agny amin'ny tendrombohits'ireo amorita, araka ny nandidian'i Yaveh Andriamanitsika atsika; ko avy tao Kadesy-Barnea tsika. ²⁰ Zao ro nataoko taminareo hoe: ' avy aty amin'ny tendrombohits'i Amorita tsika, ze omen'i Yveh Andriamanitsika ho atsika. ²¹ ²¹ Io, Yaveh Andriamagnitsao de efa nametraka ny tany talohanao; mandihiana , mandova, araka ny efa nolazain'i Yaveh, Andriamagnitsy ny razambenareo taminao;aza matahotsa na koa kivy.' ²² Agnareo aby de nagnatogna anahy tsiraidraika sady nitarogna hoe: 'Andao tsika handefa lihilahy hialoha lalagna atsika, mba hitadiavan-dreo ny tany ho antsika, de hitondra ny tatitsa momba ny fomba hanafihatsika,sy ny mombany tanana handihianatsika. ²³ Nahafinaritsa anahy ny torohevitsa; nangalaka lihilahy roa ambifolo teo aminareo aho, lihilahy raika isaky ny foko. ²⁴ Nitodi-doha reo de niakatsa ho egnny amin'ny tanana egnny an-tendrombohitsa, avy tao amin'ny lohasahan'i Eskola, de nanao fisafoana tao. ²⁵ Nalain-dreo ny sasatsasany taminy vokatsa teo aminy tanana tegny atagnany de noferin-dreo teo aminay.Nitondra teny ho anay koa reo nanao hoe; 'Tany soa nameny Andriamanitsika ho antsika zay. ²⁶ Kanefa agnareo tsa nety nanafika, fa nikiomy nanohitsa an'i Yaveh Andriamagnitsareo. ²⁷ Nitaraigna tao agnaty lainareo agnareo sady nitarogna hoe: " Satria halan'i Yaveh tsika de noferiny nienga tao amin'ny tanin'ny Egypta, mba hanolotsa antsika egnny apelatagnan'i Amorita mba hamotika atsika. ²⁸ Aia ro azotsika handihianana amizao? Ny fotsika de efa napatahorin'ny ralahatsika reo hoe: ' lihibe sady lava noho antsika reo vahoaka reo; lihibe sy voaaro mafy mitakatsa ny lagnitsa ny tanànan-dreo; fagnapin'izay, efa hitatsika tagny ny zanak'i Anakita.'"²⁹ Zao ro nataoko taminao hoe: ' Aza mangovitsa, na matahatsa an-dreo. ³⁰ Yaveh Andriamagnitsao, ze nandeha mialoha anao, de hiady ho anao, tahaka ny raha aby ze efa nataony teo imasonao ho anao tao Egypta, ³¹ de tagny agn'efitsa koa, ze nahitanao ny fomba nikarakarana anazy tagny agn'efitsa, Nahitanao ny fomba nikarakaran'i Yaveh Andriamagnitsao anao, tahaka ny iikarakaran'ny lihilahy ny zanany lahy, na na taia na taia ny tany nandihiananao mandra-piavinao teto am'ity toerana ty.'³² Kanefa neko de teo aza zay tarogna zay de tsa nino an'i Yaveh Andriamagnitsareo, ³³ ze nandeha mialoha lalagna anareo mba hitadia toerana hivorianareo agnareo, tamin'ny afony aligna de tamin'ny rahon'ny atoandro. ³⁴ Ren'i Yaveh ny feon'ny tarognareo ko de nasiaka I; nianiagna I de nitarogna hoe: ³⁵ 'Azo antoka fa tsa hisy raika amireto ona hatamin'ny taranaka ratsy reto hahita ny tany soa ze nianianako fa hameko ny razanareo, ³⁶ akoatsan'i Kaleba zanak'i Jefone; hoitany zay. homeko anazy sy ny zanany ny tany ze efa nodiaviny, satria nagnaraka tanteraka an'i Yaveh i.' ³⁷ Nasiaka taminahy i Yaveh tratsanareo, de zao ro nataony: 'Agnao koa de tsa hoagny; ³⁸ Josoa zanaka lahin' ny Nona, mitsangagna eo alohanao, de handeha agny; apahirezo i, satria i ro hitarika an'Isiraely handova anizay. ³⁹ Hagnapeko ani'izay, ny zafikelinao, ny zafikelinao ze notarogninao fa ho voatsambotsa, ze tsa managna fahalalana ny ami soa sy ny ratsy amizao__de ho agny reo. Ameko an-dreo zay, de ho lovainy. ⁴⁰ Fa lehe ny aminao, mipodiana de mandihiana agny agn'efitsa mgnarakana ny lalagna mandeha agny amin'ny ranomasina mena.'⁴¹ De namaly agnareo sady nitarogna hoe: 'Nanota tamin'i Yaveh agnay; hitsangagna sy hiady agnay, de hagnaraka an'izay efa nandidian'i Yaveh Andriamanitsika ho ataotsika.' ny lilahy aby ze teo amitsika de napiditsa ny fitaova-piadiany, de agnareo vonona hiady amin'ny tendrombohitsa. ⁴² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: "tarogno reo hoe: "Aza manafika de aza miady, satria tsa hiaraka aminareo Aho, de ho resiny fahavalonareo agnareo.'⁴³ Hotranizay ro itarognako anareo, kanefa agnareo tsa nihieno. Nanohitsa ny didin'i Yaveh agnareo; nirehareha agnareo de nanafika ny tendrombohitsa. ⁴⁴ Fa ny Amorita, ze nitoatsa taminio tendrombohitsa io, de hienga hanohitsa anareo de handodotsa anareo tahaka ny tantely, de namely anareo tao Seira, zizika tagny Horma. ⁴⁵

Nipody sady nitomagny teo alohan'i Yaveh agnao; kanefa i Yaveh tsa nihieno ny feonao, na nijery anao. ⁴⁶ Ko de niegnina tao Kadesy elaela agnao, araka ny andro ze niagnenany tagny.

Chapter 2

¹ De nipody sady nanohy ny diany nandeha agny agn'efitsa mandeha agny amin'ny ranomasina Mena agnay, araka nolazain'i Yaveh tamin'ahy; de nandeha nihodigna ny tendrombohits'i Seira nandritsa ny andro elaela agnay. ² de niiresaka tamin'ahy i Yaveh, nanao hoe: ³ ' efa ampy ny fotooagna lava nandihiananareo nihodikodigna tam'ity tendrombohitsa ty; fa mandihiana miagnavaratsa. ⁴ Boko ny ona, manao hoe: "Mila mandalo ny sisitanin'ny ralahinareo agnareo, de ny taranak'i Esao, ze mipetraka agny Seira; hatahotsa anareo i fa mitandrema ⁵ mba tsa hiady amin-dreo, fa tsa homeko amin'ny tanin-dreo agnareo, neko de tany eram-paladia hamindran'ny tongotsa aza; satria efa nameko an'i Esao ho fanagnana ny tendrombohits'i Seira. ⁶ Vola ro hividianana hanina amin-dreo, mba afahanao mihinana; de vo vola hiany ro hividiananao rano amin-dreo, mba afahanao misotro. ⁷ ⁷ Satria Yaveh Andriamagnitsao de nitahy anao tamin'ny asan'ny tagnanao aby; efa fantany ny fandihianananao amity tany efitsa lihibe ty. Satria nandeha niaraka tamin'ny Yaveh Andriamagnitsao nandritsa an'izay efaolo taogna zay, ko tsa ory na ina na ina agnao." ⁸ Ko de nandalo tagny amin'ny taninireo ralahatsika reo tsika, de ny taranak'i Esao ze mipetraka agny Seira, lavitsy ny lalan'i Araba, hatagny Elata sy hatagny Ezion-Gebera. Sy avy teo tsika nipody de nandalo teo amin'ny lalagna mandeha agny amin'ny tany efits'i Moaba. ⁹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: ' aza magnakorotagna an'i Moaba, de aza miady amin-dreo. fa tsa hameko anao ho fanagnana manokagna ny taniny, satria Ara efa nameko ny taranak'i Lota, ho fanagnan-dreo. ¹⁰ Nipetraka tagny ny Emima taloha, ze firenena lihibe, maro an'isa, de lava tahaka ny Anakita; ¹¹ noraisina tahaka ny Refaita hiany koa reo, tahaka ny Anakita; fa nakehin'i Moabita hoe emima reo. ¹² Nipetraka tagny Seira hiany koa ny Horita taloha, kanefa de noroahin'ny taranak'i Esao reo. naringiany tsa ho eo alohany koa reo de nitoatsa teo ami toeran-dreo, tahaka ny nataon'i Isiraely taminy tany ze nomen'i Yaveh an-dreo. ¹³ "Androany mitsangàna de mandihiana agny amin'ny lohasan-driaka Zareda. ¹⁴ De ny andro nandihiananay hatagny Kadesi-Barnea hatragny amin'ny lohasan-driaka Zareda, de naharitsa valo amby telo-polo taogna. tam'izay andro zay no nirisoan'ny lihilahy piady taminio taranaka io teo amin'ny ona, araka ny nianiagnan'i Yaveh tamin-dreo. ¹⁵ Fagnampin'izay, notohoerin'i tagnan'i Yaveh reo taranaka reo mba handringiagnana an-dreo mba tsa ho eo amin-dreo mandra-pahafatin-dreo. ¹⁶ Ko de izao ro nitranga, sy maty ny lihilahy piady sady niala tamireo ona, ¹⁷ de niuresaka taminahy i Yaveh nanao hoe: ¹⁸ androany agnao de handalo an'i Ara, moron'i Moaba. ¹⁹ Lefa mariniriny ny tanin'i Amona agnao, de aza magnakorotagna na mila ady amin-dreo; fa tsa homeko anareo ho fanagnana ny tanin'ny vahoakan'i Amona; satria efa nameko ny taranak'i Lota ho fanagnany." ²⁰ Izay hiany koa de raisina ho tanin'i Refaita. efa nipetraka tao ny Refaita taloha__ fa ny Amonita Nangaika an-dreo hoe Zamzomita__ ²¹ firenena lihibe, maro an'isa, de lavaka tahaka ny anireo Anakita. Fa Yaveh handringiagna an-dreo tsa hoeo alohan'i Amonita, de noroahin'ny reo de nipitrahan-dreo ny toeran'ny. ²² Tahaka anizay koa ro nataon'i Yaveh tamin'i vahoakan'i Esao, ze nipetraka tagny Seira, Sy efa handringiagna ny Horita tsa ho eo alohan-dreo, de nandroaka an-dreo ny taranak'i Esao de nitoatsa teo amin'ny toeran-dreo zizik'izizao. ²³ De ny amireo Avita ze nitoatsa tagny amin'ny tanàna lavitsa tahaka an'i Gaza, de naringiany Kaftorita, ze hatagny Kaftorita reo, de nitoatsa tao amin'ny toeran-dreo. ²⁴ droany mitsangàna, mandihiana amin'ny dianareo, de mandalova agny amin'ny lohasan'i Arnona; io natolotso eo apelatagnanao i Sihona Amonita, panjakan'i hesbona, sy ny taniny. Santaro ny fanagnanao, de miadia amin'azy. ²⁵ Androany de hanomboka hametraka ny tahotsa sy horohoro anao eo aminy ona ze ambanin'ny lagnitsa ray manotolo aho; handre vaovao momba anao reo de hangovitsa sy hangorohoro tratsanao. ²⁶ Nagniraka pitondra hafatsa hatagny agn'efits'i Kademota iaho handeha agny amin'ny Sihona, mpanjakan'i hesbona, niaraka tamin'ny tenim-pihavagnana, manao hoe: ²⁷ Ambilao aho handalo eo amin'ny taninao; fa magnaraka ny lalambe ny handihianako; de tsa hivily hiakavia na hiakavagnana aho. ²⁸ Vola ro hivianako sakafo aminao, mba afahako mihinana; vola ro hividianako rano, mba hahafahako misotro; ambilao fotsiny aho handeha; ²⁹ tahaka ny nataon'ny taranak'i Esao ze mipetraka agny Seira, sy reo Moabita ze mipetraka agny Ara taminahy; mandra-pitako an'i Jordana mandehagny ami tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsay ho anay. ³⁰ Fa sihona, mpanjakan'i Hesbona, de tsa hamela antsika handalo eo aminazy; satria Yaveh Andriamagnitsao de nagnamafy ny sainy sy ny fony, mba hafany mandresy anazy amin'ny herinano, ze efa nataony androany. ³¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: ' Efa nanomboka nanolotsa an'i Sihona sy ny taniny eo alohanareo Aho; santaro ny fanagnana anizay, mba ahafahanareo mandova ny taniny. ³² Avy teo Sihona hanohatsa antsika , i sy ny vahoakany aby, mba hiady an'i Jahaza . ³³ Fa notolots'i Yaveh Andriamagnitsika tamitsika i de resitsika; vonoatsika ho maty i, sy ny zanany lahy, de ny vahoakany. ³⁴ Nalaitsika aby ny tanànanany tamizay fotoagna zay de naringatsikatateraka ny tanàna aby__ny lahy sy ny vavy de ny majinika; tsa nisy navelatsika ho velogna. ³⁵ Ny biby fiompy ze haza-tsika, niaraka tamin'ny fanagnana tao aminy tanàna ro nalaitsika. ³⁶ Hatragny Aroera, ze agny amin'ny sisin'ny lohasaha, zizika agny lalagna aby mandeha agny Gileada, de tsa nisy tanàna ambony loatsa hoatsika. Yaveh Andriamagnitsika de nagnome fandresena ho antsika tamin'ny fahavalo teo alohatsika. ³⁷ Tagny amin'ny tanànan'ireo taranak'i Amona hiany ro tsa nandihiananao, hatramin'ny sisin'ny renirano Jakoba aby, sy ny tanànan'ny tendrombohitsa__ na taia na taia noraran'i Yaveh Andriamagnitsay tsa handihianatsika.

Chapter 3

¹ De nipody agnay de nandeha tamin'ny lalagna mandeha agny Basana, avy sy nanafika anay, i sy ny vahoakany aby, mba hiady eo Edrehy. ² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: 'Aza matahotsa anazy; satria efa nameko fandresena taminazy agnareo de efa nametraka ny vahoakany sy ny taniny aby teo ambany fahifanareo Aho. Ho ataonareo ze nataonareo tamin'i Sihona, panjakan'i Amorita, ze mipetraka agny Hesbona. ³ De namen'i Yaveh Andriamagnitsay anay ny fandresena an'i Oga panjakan'i Basana, de ny vahoakany aby de nataony teo ambany fahefanay. Novonoanay aby reo mandra-paha laniny vahoakany. ⁴ Nalainay aby ny tanànanany tamizay fotoagna zay; tsa nisy tanàna ze tsa nalainay tamin-dreo: tanàna enipolo __ ny farits'i Argoba aby, ny fanjakan' i Oga ao Basana. ⁵ Ny tanàna aby reo de narovana soa tamin'ny alalany tamboho avo, vavahady, de hidy mafy; hafatsy ny vohitsa ze tsa misy tamboho. ⁶ Noravanay tanteraka reo, tahaka ny nataonay tamin'ny Sihona panjakan'i Hesbona, noravanay tateraka ny tanàna aby__ ny lihilahy sy ny apela de ny zaza. ⁷ Fa ny biby fiompy aby sy ny fanagnana tao amireo tanàna reo. de nalainay mba ho anay. ⁸ Tamizay fotoagna zay ro nangalanay ny tany teo apelatagnan'i panjaka roa an'i Amorita, ze tagny andafin'i Jordana, mitsangana eo amin'ny lohasahan'i Arona hatragny amin'ny ⁹ (tendrombohitsa Hermona tendrombohitsa Hermona ze nangehin'ny Amorita hoe Sirona, de nakehiny Amorita hoe Senira) ¹⁰ sy ny tanànan'ny tany lemaka aby, Gileada aby, de ny Basana aby, ny lalagna aby ze mandeha agny Saleka sy Endrehy, ny tanànan'ny fanjakan'i Oga ao Basana. ¹¹ Tamin'ny sisa velogna tamin'i Refaita, de i Oga panjakan'i Basana rery hiany ro sisa tavela. jireo! ny fandreny de fandrena vy. Nga tsa tagny Raba, tagny amizay nipitrahany ny taranak'i Amona ve zay? sivy kahiho ny halavany de efatsa kahiho ny sakany, araka ny fomb fandrifesan'ny ona ¹² Ny tany ze nalainay ho fanagnana tamizay fotoagna zay tamin'i Aroera, ze teo amoron'i Arnona, ny atsasaky ny hahavon'ny tanànan'i Gileada, sy ny tanànanany-de efa nameko an'i Robenita sy ny Gedita. ¹³ Ny Gileada ro sisa tavela sy ny Basana aby, ny fanjakan'i Oga, de nameko ny atsasaky ny fokon'i Manase: ny farits'i Agoba aby, sy basana aby. (zay faritany zay hiany ronakehina hoe tanin'i Refaita.) ¹⁴ Jaira, tranak'i Manase, de nangalaka ny farits'i Argoba aby hatramin'ny gesorita sy makatita. Ny faritsa aby, eka fa ndreko de i Basana aza, de nakehina tamin'ny agnarany manokana hoe: (Havota-jaira, mandraka androany.) ¹⁵ Nameko an'i Makira i Gileada. ¹⁶ Ny Robenita sy ny Gadita de nameko ny tany manomboka eo Gileada zizika hatragny amin'ny lohasahan'i Arnona, de ny apovoany lohasaha ro fari-taniny faritsa _ de hatragny amin'ny Renirano Jakoba, ze fari-tanin'ny taranak'i Amona. ¹⁷ Fari-taniny hafa koa ny tany lemaky ny lohasahan-dreniranon'i Jordana, manomboka eo Kireneta zizika amin'ny ranomasin'i Araba (zany hoe: ny ranomasi-tsira) hatragny amin'ny hatsan'ny Tendrombohitsa Pisga atsinanana. ¹⁸ Nandidy anareo aho tamizay fotoagna zay, nanao hoe: 'Yaveh Andriamagnitsareo de efa nagnome anareo an'ity tany ty mba ho lova; aganareo, ze efa nomagnina ho an'ny ady aby, de hitam-piadiana hita eo alohany rahalahinareo, ny olon'Isiraely. ¹⁹ Fa ny vadinareo, ny zanakareo, sy ny biby fiompinareo (Fantatso fa managna biby fiompy betsaka agnareo), de hitoatsa amin'ny tanànanareo ze nameko anareo, ²⁰ mandrapagnomen'i Yaveh fitsaharana ny rahalahinareo, tahaka ny nataony anareo, mandrapa-nagnan-dreo ny tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsareo andreo ny andafin'i Jordana; sy avy eo agnareo, agnareo aby, hipody agny amin'ny fanagnanareo manokagna ze efa namekoanareo. ²¹ Nandidy an'i Josoa iaho tamizay fotoagna zay, nanao hoe: "Ny masonao de efa nahita anize aby nataon'i Yaveh tamin'ny panjaka roa reo; Yaveh de hanao tahaka anizay amireo fanjakana aby ze hitanareo. ²² Tsa hatahotsa an-dreo agnareo, satria Yaveh Andriamagnitsareo ro ilay ray ze hiady hoanareo." ²³ Nitalaho tamin'ny Yaveh aho tamizay fotoagna zay, nanao hoe: ²⁴ "O ry Tompo Yaveh, nanomboka naneho ny halebiazanao sy ny tagnanao mahery tamin'ny panoponao Agnao; fa aia agny an-dagnitsa na aty an-tany ro misy andriamagnitsa afaka manao ny asa tahaka ny efa nataonao, sy ny asa mahery tahaka anizay? ²⁵ Avilao aho hite, mitalaho aminao aho, ko ahita ny tany soa ze agny an-dafin'i Jordana, ny tendrombohitsa hengen'ny tanàna, de libanona hiany koa." ²⁶ Fa nasiaka anahy i Yaveh tratsanao; tsa nihieno anahy I. zao ro nataony tamin'ny: "Aoka mba hoampy anao ty aza miresaka betsaka amin'ny momba an'izay ona zay: ²⁷ miaraka agny an-tampon'i Pisga de apijireo agny andrefana, agny avaratsa, agny atsimo, de agny atsinanana ny masonao, satria tsa hiapita an'i Jordana koa agnao. ²⁸ Fa zao, ampianaro i Josoa de apahirezo sy antanjaho i, satria i ro handeha hialoha ny olony, de i ro ahatonga andreo handova ny tany ze hoitanao." ²⁹ Sy zay de niegnina tao amin'ny lohasaha apitan'i Beti-Poera agnay.

Chapter 4

¹ Androany, ry Isiraely, heno ny lalàna sy ny didy ze apianariko anareo, ho ataonareo; mba hahavilomanareo sy hidiranareo ko hangalanareo ny tany ze hoamen'i Yaveh, lay Andriamagnitsy ny razanareo anareo. ² Aoka agnareo tsa hagnampy ny tarogna ze efa nandidiako anareo, na hagnala amizay, mba hitandremanareo ny lalan'i Yaveh Andriamagnitsareo ze handidiako anareo. ³ Ny masonareo de efa nahita anize nataon'i Yaveh tratsan'i Bala-Poera; satria ny ona aby ze nagnaraka an'i Bala-poera, de noringiagnin'i Yaveh Andriamagnitsao hiala teo aminao. ⁴ fa agnareo ze nifikitsa tamin'i Yaveh Andriamagnitsareo de vona velogna androany, ny aby aminareo. ⁵ Io, napianatsa didy aman-dalàna anareo aho, araka ze nandidian'i yaveh Andriamagnitso anahy, fa tokony hanao anizay eo apovoan'ny tany ze hidiranareo mba hoazanareo agnareo. ⁶ ko tandremo zay de ataovo; fa izay ro fahendrena sy fahazavan-tsainareo eo imason'ny ona ze handre ny momba ny didy aby reo ko hanao hoe: 'Azo antoka fa vahoaka hendry sady mana-pahalalana ity firenena lihibe ty.' ⁷ Fa ia ro firenena Lihibe hafa ze managna andriamagnitsa mariny anazy tokoa, tahaka an'i Yaveh Andriamanitsika isaky ny mangaika anazy tsika? ⁸ Ia ro firenena lihibe hafa managna didy aman-dalana marina tahaka an'ity lalàna ze apetrako eto alohanareo androany ty? ⁹ mitandrema de ambeno soa ny tagnanao, mba tsa hagnadinoanao

ny raha ze hitan'ny masonao, de mba tsa hiala amin'ny andropiagnanao manontolo zay. Fa , apafantaro ny zanakao sy ny zafinao zay.¹⁰ Tamin'ny andro ze nitsangananao teo alohan'i Yaveh Andriamagnitsao tagny horeba, de nitarogna tamin'ahy i Yaveh hoe: ' Vorio ho anahy ny vahoaka, de iaho ro hapandre an-dreo ny teniko, maba hiaanarandreo hatahatsa anahy amin'ny andro-piaignan-dreo aby eto atany, ko afahandreo mapianatsa ny zanany.'¹¹ De nandriny agnao de nitsangagna teo apototsy ny tendrombohitsa. Nirehitsa ny afo nanakatsa ny ahavony lagnitsa ny tendrombohitsa, niaraka tamin'ny haizigna , rahogna, de haizipito matevigna.¹² Nitarogna taminareo aby tao apovoany afo i Yaveh; nandre ny feo niaraka tamin'ny tarony agnareo, kanefa tsa nahita endrika; nandre feo fotsiny agnareo.¹³ Nilaza taminareo ny fagnikena ze nondidiany hapihiarinareo I, De ny didy folo. Nosoratany tamin'ny vato fisaka zay.¹⁴ Nandidy anahy hapianatsa anareo ny didy sy beko Yaveh tamizay fotoagna zay, mba hanaovanareo anizay amin'ny tany ze hiapitanareo de halainareo ho fanagnana.¹⁵ Koa mitandrema soa__ fa tsa nahita karazan'endrika agnareo tamizay andro nirisahan'i Yaveh taminareo tao Horeba avy teo apovoan'ny afo zay¹⁶ mba tsa hanimba tegna agnareo ka hamboatsa sary sokitsa mitovy endrika amin'ny ze mety ho voary aby de endrik ona lahy na vavy ,¹⁷ na mitovy endrika amin'ny ze mety ho biby eto atany , na mitovy endrika amin'ny ze mety ho biby managn'elatsa de mitsidigna egny amin ny hababakabaka ,¹⁸ na mitovy endrika amin'ny raha aby ze mandady agny agnaty rano ambany tany.¹⁹ aoka ny masonao tsa hiandrindra ny lagnitsa de hijery ny masoandro ,ny volagna , na ny kitagna __ny raha aby egny amin'ny lagnitsa __ ka ho voataogna hivavaka amin'ny reo sy hanompo an ' reo __reo raha ze nagnomezan i Yaveh andriamagnitsao anjara ho an'ny firenena aby Ambanin'ny lagnitsa²⁰ .fa yaveh nangalaka nareo ko nitondra nareo niala avy tao amin'ny fatagna fandrendrehamby , de avy tagny Egypta , mba ho vahoaka ze lovany manokagna , tahaka nareo amizao.²¹ nasiaka tamin'ahy Yaveh tratsanareo; nianiagna I fa tsa hiapita an'i Jordana aho, de tsa hiditsa ao amizay tany soa zay, de ny tany ze amen'i Yaveh Andriamagnitsao ho lovanao.²² fa zao, tsy maintsy ho maty amity tany ty aho; tsa mahazo miapita an'i Jordana aho; fa agnareo ro hiapita de hahazo anizay tany soa zay.²³ Tandremo soa ny tegnanareo, mba tsa hagnadigno ny fagniken'i Yaveh Andriamanitsareo, ze nataony taminareo, ko hagnamboatsa ny sary sokitsa mitovy endrika amin'ny raha ze nandraran'i Yaveh Andriamagnitsao tsa hataonao.²⁴ Fa afo mandevogna Yaveh Andriamagnitsao, de Andriamagnitsa saro-piaro.²⁵ Sy efa manan-janaka aman-jafy agnao, de sy efa nitoatsa ela taminy tany, de lehe manimba ny tegnanao ko manao sary sokitsa araka ny endrik'izay mety ho raha aby, de manao ze ratsy eo imason'i Yaveh Andriamagnitsao, mba hapihietasika ny siakany__²⁶ de mangaika ny tany sy ny lagnitsa aho zao ho vavolombelogna aminareo fa ho ringagna hiala amin'ny tany ze hitanareo an'i Jordana ho fanagnanareo tokoa agnareo; tsa ho lava andro ao agnareo, fa ho ringagna²⁷ Ho aparitak'i Yaveh eo amin'ny vahoaka agnareo, de ho avela ho kely isa eo amin'ny firenena, ze hitondran'i Yaveh anareo agnareo.²⁸ Agny agnareo ro hanompo andriamagnitsa hafa, ze asan'ny tagnan'olombelogna, vita amin'ny hazo sy vato, sady tsa mahita, ro tsa mandre, ro tsa mihinana, na manimbolo.²⁹ Fa hatagny agnareo ro hitadia an'i Yaveh Andriamagnitsareo, ko ahita Anazy, lefa mitadia Anazy amin'ny fonareo manontolo sy amin'ny fanahinareo manontolo agnareo.³⁰ Lefa ory agnareo, de lefa avy aminareo zay raha aby zay, de hipody amin'i Yaveh Anriamagnitsareo agnareode hieno ny feony agny afara agny.³¹ Fa Andriamagnitsa pamintra fo Yaveh Andriamagnitsareo; tsa hamela na handringagna anareo I, na hagnadigno ny fagniken'ny razanareo ze nianiagnany tamin-dreo.³² Fa izao de ataovo tahaka ny andro efa roso,ze talohanareo: nanomboka tamin'ny andro ze naharian'Andriamagnitsa ny olom-belogna teto an-tany, de nanomboka tamin'ny ilan'ny lagnitsa de hatreo amin'ny ilany hafa koa, tadidio lehe nisy tahaka anizay raha lihibe zay, de moa ve nisy raha tahaka anizay vona re? ³³ efa nisy vahoaka nandre ny feon'Andriamagnitsa nitarogna hateo agnivon'ny afo, tahaka ny nandrinesanareo, ko velogna? ³⁴ Na Andriamagnitsa efa nitadia ny handeha ko hangalaka firenena hafa ho anazy eo agnivon'ny firenena hafa, amin'ny alalan'ny fitsapana, famatarana, de amin'ny fahagagana, sy ady, amin'ny taghana mahery, sy sandry mitsotra, de amin'ny horohoro lihibe, tahaka ny raha aby ze efa nataon'i Yaveh teo imasonareo ho anareo tagny Egypta? ³⁵ Agnao ro nagnatoro ny raha reo, mba hafantaranao fa i Yaveh ro Andriamagnitsa, de tsa misy hafa akoatsa Anazy.³⁶ Hatagny an-dagnitsa ro napandrinesany anao ny feony, mba ahafahany mapianatsa anao; teto an-tany ro nagnatoroany anao ny afony lihibe; nandre ny feony hateo agnivon'ny afo agnao.³⁷ Satria te ny razambenareo I, de nifidy ny taranaka ze nandimby an-dreo, de nitondra anao hienga an'i Egypta teo amin'ny fagnatrehany, tamin'ny heriny lihibe; ³⁸ mba handroahana ny firenena lihibe sy matanjaka tratsanao hiala teo alohanao, de hapiditsa anao ao, mba hagnomezana ano ny tanin-dreo ho lova, tahaka ny androany.³⁹ De fantaro ary androany , de ataovo ao am-ponao zao, fa i Yaveh ro andriamagnitsa agny an-dagnitsa agny ambony sy aty an-tany aty ambany; de tsa misy hafa.⁴⁰ Hitandrigna ny didy sy ny lalana ze nandidiako anao agnao androany, mba ho lavorary ny aminao sy ny taranaka mandimby anao, de mba hahalava ny andro iaigananao ao aminy tany ze namen'i Yaveh anao mandakizay."⁴¹ Sy avy teo de nisafidy tanàna telo hategny amin'ny ilany atsinanan'i Jordana i Mosesy,⁴² mba hafahan'ny ona milefa agny amin'ny raika amireo lehe sendra mamono ona tsy nahy i, kanefa vona tsa fahavalony tagny aloha tagny. Ny filifana ny aminy raika amireo tanàna reo ro mety hahatafavoaka velogna anazy.⁴³ Bezera tany an-tany efitsa, tagny amin'ny tany lemaka, agny Robenita; Ramonta tao Gileada, an'ny Gadita; de Golana tagny Basana, agny Masanita izay.⁴⁴ Izay ro lalàna ze napetrak'i Mosesy teo alohan'ny vahoakan'Isiraely;⁴⁵ ireo ro fagnikem-pihavagnana, lalàna, de didy hafa ze nolazain'ny vahoakan'Isiraely sy nienga tagny Egypta i reo.⁴⁶ sy efa avy tagny atsinanan'i Jordana i reo, tagny amin'ny lohasaha manadrify an'i Beta-Poera, tagny amin'ny tanin'i Sihona, mpanjakan'ny Amorita, ze nipetraka tao Hesbona, i norisen'i Mosesy sy ny vahoakan'Isiraely sy efa nienga an'i Egypta reo.⁴⁷ Nalain-dreo ho fanagnany ny taniny, sy ny tanin'i Oga mpanjakan'i Basana__ reo ro panjakan'i Amorita roa, ze tagny an-dafin'i Jordana niagnatsinanina.⁴⁸ Nanomboka hatagny Aroera, teo amoron'ny lohasahan'i Arnona, zizika agny amin'ny tendrombohits'i Siona (na tendrombohitsa

Hermona) izay fari-tany zay,⁴⁹ de tafiditsa ao amizay ny lohasahan-driakan'i Jordana aby, miagnatsinanina andafin'i Jordana, mandeha agny amin'ny ranomasin'i Araba, ko zizika amin'ny hatsan'ny Tendrombohitsa Pisga.

Chapter 5

¹ De nangaika ny Israely aby i Mosesy ko nanao tamin-dreo hoe: " Ry Isiraely, heno, reo lalàna sy didy ze ho lazaiko ao antsofinareo androany, mba hafahanareo hianatsa sy hitandrigna anizay. ² Yaveh Andriamagnitsika nanao fifagnikena tamitsika tao Horeba. ³ Tsa nanao anizay fagnikena zay tamin'ny razambetsika i Yaveh, fa tamitsika, de tsika aby ze velogna eto androany. ⁴ Niresaka nivatagna taminareo tao amin'ny tendrombohitsa avy tao agnison'ny afo i yaveh ⁵ (Nitsangagna teo agnelagnelanareo sy Yaveh aho tamizay fotoagna zay, mba hilaza aminareo ny tarony; fa natahotsa agnareo tratsan'ny afo, ko tsa niakatsa tagny antendrombohitsa agnareo). De zao ro nataon'i Yaveh hoe: ⁶ Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo hiala tao amin'ny tany Egipta, hienga ny tragno fagnandivozana. ⁷ tsa hanagna andriamagnitsa hafa eo alohako agnareo. ⁸ Tsa hanao sarindraha voatsikotsa ho anareo agnareo na endri-javatsa ze egny amin'ny lagnitsa ambony, na ze agnaty rano aty ambany. ⁹ Aza mihiohoka amireo agnao na manompo an-dreo, fa Iaho, Yaveh Andriamagnitsao, de Andriamagnitsa saro-piaro. Mamaly ny faharatsian'ny razambe Aho amin'ny famaizako ny kilonga madinika, zizika amin'ny taranaka fahatelo sy ny taranaka fahaefatsa ze tsa te Anahy, ¹⁰ de hatoroko an-dreo fa tsa hivadika amin'ny fagnikeko amin'ny ona arivony, amireo ze te Anahy sy mitandrigna ny didiko. ¹¹ Tsa hapiasa anao amin'ny tsa antony ny agnaran'i Yaveh Andriamagnitsao, fa i Yaveh de handray anazy ho meloka amin'ny fapiasana hatragny ny agnarany. ¹² Tandremo ny andro sabata mba hagnamasinana anazy, arak'ize nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao anao. ¹³ fa enina andro no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao aby; ¹⁴ fa ny andro fahafito nefa de sabata ho an'i Yaveh Andriamagnitsao. amizay de tsa hiasa agnao__ na agnao, na ny zanakao lahy, na ny zanakao vavy, na ny piasa lahinao, na ny piasa vavinao, nany biby fiompinao, nany vahiny ze ao agnatiny vavahadinao. Natao zay mba hitsaharan'ny panomponao lahy sy ny panoponao vavy tahaka anao. ¹⁵ De ho tsaroanao fa panompo tagny amin'ny tany Egipta agnao, de Yaveh Andriamagnitsao ro napienga anao tagny tamin'ny alalan'ny taghana mahery sy fagnin-jirana ny sandry. Zay ro nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao anao mba hitandrigna ny andro Sabata. ¹⁶ Manaja ny rainao sy reninao, araka ny nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao ho ataonao, de ho ela velogna agny amin'ny tany ze nomen'i Yaveh Andriamagnitsa anao anie zay. ¹⁷ Aza mamono ona. ¹⁸ Aza mijangajanga. ¹⁹ Aza mangalatsa. ²⁰ Aza manao vavolombelogna diso amin'ny piara-belogna aminao. ²¹ Aza mitsiriritsa ny vadin'ny piara-belogna aminareo, aza mitsiriritsa ny tragnon'i piara-belogna aminareo, ny sahany, na ny panompo lahiny, na ny panompo vaviny, ny ômbiny, na ny borikiny, na ze agny amin'ny piara-belogna aminareo aby. ²² Reo tarogna reo ro nolazain'i Yaveh tamin'ny feo an-bony tamin'ny fiangonanareo aby tegny amin'ny tendrombohitsa avy tagny agnison'ny afo, ny rahogna, de ny aizi-pito; de tsa nagnisy tarogna fagnapiny koa i. Nosoroatany tamin'ny vato visaka roa zay de natolony an'ahy. ²³ De nitranga izao, sy efa nandre ny feo hatagny apovoan'ny maizigna agnareo, lehe vona nirehitsa ny tendrombohitsa, de nandriny anahy agnareo__ ny loholonareo aby sy ny pitarika ny fokonareo. ²⁴ Zao ro nataonareo hoe: ' Io ' Yaveh Andriamagnitsika efa nandre tamitsika ny voninahiny sy ny fahalibiazany, de efa retsika ny fahalibiazan'ny feony hateo agnison'ny afo; hitantsika androany fa lefa mitarogna amin'ny ona i Yaveh, de afaka ny ho velogna reo. ²⁵ Fa nahoana tsika ro tokony ho maty? Satria handevogna antsika zay afo lihibe zay; fa lehe tsa mihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsika koa tsika, de ho maty. ²⁶ Fa ia akoatsatsika ro eo amin'ny nofo aby no efa nandre ny feon'Andriamagnitsa velogna nitarogna hateo agnison'ny afo ko velogna, tahak'izay efa nataotsika? ²⁷ Lehe ny aminareo, de tokony andeha sy hieno ny raha lazain'i Yaveh Andriamagnitsika agnareo, hagnapody aminay aby ze lazain'i Yaveh Andriamagnitsika aminareo; hieno sy hankato anizay agnay ²⁸ Ren'i Yaveh ny tarognareo lehe niresaka taminahy agnareo. Zao ro nataon'ny taminahy hoe: 'Efa reko ny tarogna ny vahoaka reo, de ze nolazainy taminao. Soa ze nolazain-dreo. ²⁹ Endrey, lehe mba misy fo tokoa reo, de hagnaja Anahy sy hitandrigna mandrakariva ny didiko aby, de hahasoa an-dreo sy ny taranany mandrakizay zay! ³⁰ Andihiana lazao amindreo hoe: " mipodiana agny an-dainareo ³¹ Fa lehe ny aminao, mitsangàna eto alohako, de holazaiko aminao ny didy aby, ny lalàna, sy ny fitsika aby ze ho ampihiarinao amin-dreo, mba hitandremandreo anize agny amin'ny tany ze hameko an-dreo ho fanagnana. ³² Ho tandremanao, noho izay, ze nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao anao; mba tsa hivily na ho amin'ny ho amin'ny ankavia na ho amin'ny ankavagnana agnao. ³³ Handeha amin'ny lalagna aby ze nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao anao agnao, mba ho velogna agnao, ko ahasoa anao zay, de mba hahalava ny andro iagnanao amin'ny tany ze ho fanagnanao.

Chapter 6

¹ Androany ary de reto aby ny beko, Ny didy sy ny lalàna ze nandidian'i Yaveh Andriamagnitsao anahy mba hapianarina anao, ko mba ahafahanao hitandrigna anireo agny amin'ny tany ze handihiananao tandrifin'i Jordana ze ho fanagnanao; ² mba ahafahanao magnome voninahitsa an'i Yaveh Andriamagnitsao, amin'ny fitandremana ny didy sy ny lalàna aby ze handidiako anao__ agnao, ny zanakao, de ny zanaky ny zanakao, amin'ny andro ze hiaignanao, mba hitombo ny andro hiaignanao. ³ Ko de mba araho reo, ry Isiraely, de tandremo, fa raha ahasoa anao hiany, mba hitomboanao fatratsa, agny amin'ny tany tondra-dronono sy tantely, ny Andriamagnitsin'ny razambenao taminao ho atao. ⁴ Heno, ry Isiraely: Yaveh Andriamagnitsika de raika. ⁵ Ho te an'i Yaveh Andriamagnitsao amin'ny fonao manontolo agnao, amin'ny fagnahinao manontolo, de amin'ny herinao manontolo. ⁶ Reo tarogna ze handidiako anao androany de ho ao amponao; ⁷ de

hapiantatsa soa anio ny zanakao agnao; hiresaka ny momba anio agnao sy efa avy ao ndragonao, sy efa mandeha egnny an-dalagna, sy efa matory, de ny mifoha. ⁸ Harohinao reo mba ho famatarana eo amin'ny tagnanao, de hatao tahaka ny fehi-kandrigna eo agnelagnelan'ny masonao io. ⁹ Hosoroatanao eo amin'ny tolàm-baravaragnanao sy ny vavahadinao. ¹⁰ Lefa mitondra anao agny amin'ny tany ze napagnatignian'i Yaveh Andriamagnitsao tamireo razambenao, Abrahama, Isaka, sy Jakoba, fa hoameny anao miaraka amin'ny tanàna lihibe sy tena soa ze tsa namboarinao, ¹¹ sy tragno betsaka feno karazan-draha soa ze tsa nataonao, vovo ze tsa nohadianao, de tanim-boaloboka sy tanin'oliva ze tsa nambolenao, hihinana agnao de ho afa-po__ ¹² de mitandrema agnao mba tsa hagnadigno an'i Yaveh, ze nitondra anao niala tagny amin'ny tany Egypta, hienga ny tragno fagnadivozana. ¹³ Hagnome voninahitsa an'i Yaveh Andriamagnitsao agnao; i ro ho tompoanao, de hianiana amin'ny agnarany agnao. ¹⁴ Tsa hanompo andriamagnitsa hafa agnao, ny andriamagnitsy ny ona ze magnodidigna anao aby__ ¹⁵ Satria iYaveh Andriamagnitsao ze eo agnivonao de Andriamagnitsa saro-piaro__fa lehe manao an'izay agnao, de hirehitsa aminao ny fahasiahan'i Yaveh Andriamagnitsao, de handringiagna anao I. ¹⁶ a hitsapa an'i Yaveh Andriamagnitsao tahaka ny nitsapanao anazy tagny Masaha agnao. ¹⁷ Agnao de de hitandrignia ny bekon'i Yaveh Andriamagnitsao, ny didiny sy ny lalàny, ze nandidiany anao. ¹⁸ hanao ze marina sy soa eo imason i Yaveh agnao, mba hahasoa anao zany, de mba hahafahanao miditsa sy managna ny tany soa ze efa nianianan'i Yaveh tamin'ny reo razanao, ¹⁹ mba hagnalana reo fahavalonao aby tsa ho eo alohanao, araka ze efa notarognin'i Yaveh. ²⁰ lefa magnotany anao ny zanakao lahy amin'ny fotoagna ho avy, mitarogna hoe : ' Ina aby reo lalan'ny fanekena, refitsipika, de reo lala hafa ze nandidian'i Yaveh Andriamagnitsika anao?' ²¹ de hitarogna ny zanakao lahy agnao hoe: 'Andevon'i Farao tagny Egypta atsika; nitondra atsika niala tagny Egypta tamin'ny tanana mahery i, ²² de mapiseho famatarana sy fahagagana, libodaka sy mahery vaika, tamin'i Egypta, tamin'i Farao, de tamin'ny tragnony aby, teo imasotsika i; 23de nitondra atsika niala tagny, mba hitondrany atsika hiditsa ao, mba hagnomezana atsika ny tany ze efa napagnetena ny an'ny reo razatsika. ²⁴ Yaveh de mandidy atsika mba mandrakariva mba hitandrigna an'i Yaveh Andriamagnitsika hahasoa atsika, mba hahavelogna atsika hatragny, tahaka atsika amin zao. ²⁵ lehe mitandrigna reo didy aby reo eo anatrehan'i Yaveh Andriamagnitsika atsika, araka ze nandidiany atsika, de ho fahamarinatsika zany. '

Chapter 7

¹ lefa noferin'i Yaveh Andriamagnitsao tagny amin'ny tany ze ho fanagnanao agnao, de handroaka firenena betsaka horoso tao alohanao i __ reo Hetita, reo Girgasita, reo Amorita reo Kananita, reo Perizita, reo Hivita, sy ny Jebosita __ firenena libodaka fito sy mahery lavitsa noho agnao. ² zay de Yaveh Andriamagnitsao ze manolotsa an-dreo ho anao lefa mandresy an-dreo agnao, de tsy maitsy manimba tateraka an-dreo agnao. Tsa hanao fifagnikena amin- dreo agnao, de tsa haneho famindrapo amin-dreo. ³ Na koa hagnomagna fanambadiana amin-dreo agnao. tsa hagnome ny zanakao vavy ho an'ny zana-dreo lahy agnao, de tsa hangalaka ny zana-dreo vavy ho an'ny zanakao lahy agnao. ⁴ satria reo de hapivily lalagna ny zanakao ny amin'ny fagnorihana anahy, mba hahafahan-dreo manopo andriamagnitsa hafa. Tratsan'i zay de hirehitsa aminareo ny siakan'i Yaveh, de handringiagna anareo malaky I. ⁵ Zao ro tokony hifagnarahanao amin-dreo: hanimba ny alitaran-dreo agnareo, hanimba ny tsangam-baton-dreo agnareo, hanapaka ny baon'Aserahan-dreo, de hagnoro reo sapy voasoki- dreo. ⁶ satria agnao de firenena ze voatokagna ho an'i Yaveh Andriamagnitsao. de nifidy anao mba ho vahoakany, mihoatsa noho reo ona hafa aby eran'zao totolo zao I. ⁷ tsamba nametraka ny fitiavany teo aminareo na nisafidy anareo nohon'ny habeny isanareo noho ny ona hafa iYaveh __ satria agnareo ro kely ndrindra tamin'ny vahoaka aby__ ⁸ fa satria tiany agnareo, de nagniry ny hitagna ny fianianana ze napagnatignainy tamin'ny razagnareo I. zay ro niavian'i Yaveh nitondra anareo nienga tamin'ny tagnana mahery de nagnafaka anareo tao amin'ny tragno fagnandevozana, teo atagnan'i Farao, mpanjakan'i Egypta. ⁹ Noho izay de fantako fa i Yaveh Andriamagnitsao__ I ro Andriamagnitsa, Andriamagnitsa mahatoky, ze mitágna ny fagnikena sy fahatokiana ho an'ny taranaka an'drivony miaraka amin'ny ze te anazy sy ze mitandrigna ny didiny, ¹⁰ fa sazio egnny amin'ny tavany ze tsa te Anazy, mba hanimbana an-dreo; tsa handefitsa amize mankahala anazy I; hovaliany eo agnatrehany i. ¹¹ amizay agnao de hitandrigna ny beko, ny lalàna, de ny didy ze nataoko ho ataonao androany, de hapianarinao reo ¹² Lehe miheno ny lalana agnao, de mitandrignia sy manao anizay, de hitandro ny fagnikena sy ny fahatokiana ze napagnatigniana tamin'ny razanareo i Yaveh Andriamagnitsao. ¹³ Ho te anareo I, hitahy anareo, de hapitombo isa anareo; hitahy ny vokatsy ny vatanareo sady hitahy ny vokatsy ny taninareo, ny varinareo, ny divay vaovaonareo, sy ny menakareo, ny fitombon'ny biby fiopinareo sy ny zanak'ondry aman'osinareo, ao amin'ny tany ze napagnatigniany razanareo fa hoameny anareo. ¹⁴ Tena ho voatahy mihoatsa ny ona hafa aby agnao; tsa hisy lihilahy momba na apela momba na eo amin'ny biby fiopinareo. ¹⁵ halain'i Yaveh taminareo aby ny aretina; tsa hataony mahakasika anao ny aretin'i Egypta fantatsao, fa hataony amin'ny ze tsa te anao. ¹⁶ Handringiagna ny vondron'ona aby ze hagnomezan'i Yaveh fandresena anao agnao, de tsa hiantra an-dreo ny masonao. tsa hanopo ny andriagnin-dreo agnao, satria fandrika ho anao zay ¹⁷ Lehe milaza ao aponao agnao hoe: "Be loatsa noho iaho reo firenena reo; ko hataoko akory ny handresy an-dreo?"__ ¹⁸ aza matahatsa an-dreo; hahatsiaro anizay nataon'i Yaveh Andriamagnitsao tamin'ny Farao sy Egypta aby agnao; ¹⁹ fijaliana be ze hitan'ny masonao, ny famatarana, ny fahagagana, ny tagnana mahery, sy ny sandry mitsotra ze nitondran'i Yaveh anao nienga. Yaveh Andriamagnitsao de hanao tahaka anizay amin'ny ona aby ze atahoranao ²⁰ Fagnapin'izay, Yaveh Andriamagnitsao de handefa ny fenitra eo amin-dreo, mandra-pandrigniagna ny sisa tavela sy ze manitrika ny tegnany aminao ny fagnatrehanao. ²¹ tsa hatahotsa an-dreo agnao, satria Yaveh Andriamagnitsao de eo aminao, Andriamagnitsa lihibe sy atahorana. ²² Yaveh

Andriamagnitsao de handroaka tsikelikely ny firenena eo alohanao. Tsa haharesy anazy aby ndray miaraka agnao, fa ngehe hiabetsaka ny bibi-dia hagnodidignia anao.²³ Fa Yaveh de hagnome fandresena ho anao amin-dreo sy efa miady amin-dreo agnao; hapatahatsa an-dreo I mandra-paha resy an-dreo.²⁴ Ho ataony eo ambany fahefanao ny panjakan-dreo, ko hahafoga na ny agnaran-dreo amin'ny ambanin'ny lagnitsa agnao. Tsa hisy afaka hahatsangagna eo alohanao, mandrapaha resinao an-dreo.²⁵ Handoro ny sarisikotsa ny andriamagnin-dreo agnareo_aza mitsiriritsa ny volamena na ny volafotsy ze mandrakotsa an-dreo ko mangalaka anizay ho an'ny teganareo, satria lehe manao anizay agnareo, voafandrika anizay. _ satria fanevatevana ny Andriamagnitsareo zay.²⁶ Tsa hitondra fahavetavetana ao andragonao agnao ko hanomboka hanompo anizay. Tsa ho tiànao tokoa zay, satria efa voatokagna ho an'ny faharavàna zay.

Chapter 8

¹ Aoka mba ho tananareo aby ny didy ze omeko anareo androany, mba ho velogna sy hia betsaka agnareo, de handeha de hahazo ny tany ze nianignan'ny razambenareo.² de ho tsaroanao aby ny lalagna ze nitarihan'i Yaveh Andriamagnitsao tamin'ny efapolo taogna tagny agn'efitsa, mba hapietreny anao, mba hitsapany anao hafatarana ny ao agnatiny fonao, na hitagna ny didy agnao na tsa hitagna.³ Nagnambany anao I, sy napanoana anao, de namoky mana anao, ze tsa fantatsao sady tsa fantany razanao. Nataony zay mba hahafantaranao fa tsa ny mofo hiany ro iveloman'ny ona; fa, ny raha aby ze aloaky ny vavan'i Yaveh de iviloman'ny ona.⁴ Tsa rovitisa sady tsa niala taminao ny akanjonao, de tsa nivoto ny tongotsao nandritsa ny efapolo taogna zay.⁵ Aoka agnao hievitsa ny ao amponao, ny fomba fifihiezan, ny ona ny zanany, de takan'izay ro fomba fifihiezan'i Yaveh Andriamagnitsao anao.⁶ Ho tanànao ny didin'i Yaveh Andriamagnitsao, mba handihiananao amin'ny lalany sy hagnajanao Anazy.⁷ Fa Yaveh Andriamagnitsao de mitondra anao amin'ny tany soa, tanin-dohasahan-driaka, loharano, mikoriagna hatagny amin'ny lohasaha de egny agnivoron'ny tendrombohitsa;⁸ Tanim-barim-bazaha sy vary Hordea, voaloboka, hazon'aviavy, de apongaben-dagnitsa; tanin'oliva sy tately.⁹ Tany ze hihinanao hanina tsa lany laniana, de ze handihiananao tsa hisy raha maha ory; tany ze misy vy ny vatony, de hatao amin'ny hahavon'ny ro hiadianao varahogna.¹⁰ Hihinana agnao de ho voky, de hisaotsa an'i Yaveh Andriamagnitsao agnao nohon'ny tany soa ze efa nameny anao.¹¹ Tandremo mba tsa hagnadigno an'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, de tsa hanao tsinotsinona ny didiny, ny fitsipiny, de ny lalàna ze handidiako anao androany,¹² lehe tsa zay, sy efa mihinana agnao de ho voky, de refa magnorigna tragno soa endrika de mipetraka ao agnatiny, de hirehareha ny fonao.¹³ Tandremo sy efa miha betsaka ny ombinao sy ny ondry aman'osinao de mitombo ny volafotsy sy ny varahognanao, de mitombo aby ze raha anagnanao,¹⁴ de hirehareha ny fonao de hadignonao i Yaveh Andriamagnitsao, ze nitondra anao niegna tagny amin'ny tany Egypta, hatagny amin'ny tany fagnadivozana.¹⁵ Aza magnadigno anazy ze nitarika anao tagny amin'ny tany efitsa lihibe sy mapatahotsa, miaraka aminazy manerana misy poizina sy maingoka de tany ngazagna tsa misy rano, ze namoaka rano ho anao tagnatin'ny vatolampy afovato.¹⁶ Namoky mana anao tagny amin'ny tany efitsa I ze tsamba fantatsin'ny razambenao, mba ahafahany magnambany anao sy mitsapa anao, mba hagnasoa anao amin'ny farany,¹⁷ fa agnao mety hitarogna ao amponao hoe: ny heriko sy ny herin'ny tagnako ro nazahoako an'ireto harena aby reto.¹⁸ Fa aoka hahatsiaro an'i Yaveh Andriamagnitsao anao, satria I ro magnome anao hery hazahoanao harena; mba hanoherany ny fagnikeny ze nianiagnany tamin'ny razanao, tahaka ny androany zao.¹⁹ De lehe hagnadigno an'i Yaveh Andriamagnitsao agnao de hagnaraka andriamani-kafa, hanompo andreo, de hiakohoka amin-dreo, de mijoro vavolombelogna aminareo aho androany fa ho maty tokoa agnareo.²⁰ tahaka ny firenena ze nataon'i Yaveh ringagna teo alohanareo, de ho tahaka anizay ro haharingagna anareo, satria tsa mihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo

Chapter 9

¹ Mihienoa, ry Isiraely; efa hiapita an'i Jordana agnao androany, mba handeha hangalaka ny firenena lihibe sy mahery nohon'ny tegananao, tahaka ny tanàna lihibe misy tamboho mitakatsa ny lagnitsa,² de vahoaka bavety sady lava, reo zanaka lahin'ny Enakita, ze fantatsao, de ze efa nandrinesanao ny ona nilaza hoe: 'Ia ro afaka hitsangagna alohan'ny zanaka lahin'i Anàka?'³ Fantatsao ary androany fa Yaveh Andriamagnitsao ro mialoha lalagna anao tahaka ny afo mandevogna; handringagna an-dreo I, de handresy an-dreo eo alohanao; de handroaka anazy agnao de de ho vonoanao malaky reo, arak'izay efa nolazain'i Yaveh taminao.⁴ Aza milaza ao amponao, lefa voaroakan'i Yaveh Andriamagnitsao tsa ho eo alohanao reo hoe: 'Tratsany fahamarinako ro nitondran'i Yaveh anahy ho topon'ity tany ty' Satria tratsany ny haratsiapagnahin'ny firenenena reo ro nahatonga an'i Yaveh handreoaka an-dreo tsa ho eo alohanao.⁵ Tsa nohon'ny fahamarinanao na ny fahitsiaponao ro nahatonga anao ho topony tanin-dreo, fa tratsan'ny haratsiapagnahin'ireo firenena reo ro nahatonga ny Andriamagnitsao handroaka an-dreo tsa hoeo alohanao, de mba ahafahany magnatateraka ny fahamarinan'ny tarogna ze nanaovany fianagnana tamin'ny razambenareo, de tamin'i Abrahama, Isaka sy Jakoba.⁶ Ko aoka ho fantatsao, fa tsa nohon'ny fahamarinanao ro hagnomezan'i Yaveh Andriamagnitsao anio tany io ho lasanao, fa ona mahery loha agnao.⁷ Tsaròvo ary aza hadigno ny nilanao ny fahasiahan'i Yaveh Andriamagnitsao tagny agn'efitsa; hatramin'ny namilanao ny tany Egypta hatram'izao ipitrahanao eto zao, de nikiomy hanohitsa an'i Yaveh hatragny agnareo.⁸ Tagny Horeba koa de nila ady tamin'i Yaveh koa agnareo, de tena nasiaka taminareo Yaveh ko saika nandringiagna anareo.⁹ Lefa nandeha niakatsa agny atendrombohitsa aho mba hangalaka ny vato fisaka, de ny vato fisaka ze nataon'i Yaveh niaraka taminao, nitoatsa tagny atendrombohitsa nandritsa ny efapolo andro sy efapolo aligna aho; tsa nihinana mofo na nisotro rano aho.¹⁰ Namen'i Yaveh anahy ny vato fisaka roa ze

nosoratan'ny tagnany; voasoratsa teo aby ny raha ze nolazain'i Yaveh anareo tagny an-tendrombohitsa teo agnivon'ny afo tamin'ny androny fivoriana.¹¹ De sy efa tapitsa ny efapolo andro sy ny efapolo aligna de namen'i Yaveh anahy ny vato fisaka roa, de ny vato fisaky ny fagnikena.¹² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: 'Mitsangana, midigna malaky tegny, fa ny vahoaka noferinao hatagny Egypta, de efa nanimba ny tegnandreo. Nalaky nivily tamin'ny lalagna nandidiako andreo. Reo de namboatsa sary voasikotsa ho an-dreo.'¹³ Ankoatsa anizay, niresaka taminahy i Yaveh de nilaza hoe: 'Efa hitako reto vahoaka reto; vahoaka mahery loha reo.'¹⁴ Avilao rery aho, mba ho afahako mandringagna an-dreo sady mamafa ny agnarany tsa ho eo ambanin'ny lagnitsa, de hataoko ho firenena lihibe sy mahery noho reo agnao.'¹⁵ tratsan'izay de nihodigna aho de nidigna hategny an-tendrombohitsa, ko de nirehitsa ny tendrombohitsa. Taty atagnako ny vato fisaka roan'ny fagnikena.¹⁶ Nijery aho, de io, fa nanota tamin'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo. Namolavola zanak'omby ho anareo agnareo.nalaky nivily tamin'ny lalagna ze nandidian'i Yaveh anareo agnareo.¹⁷ Nalaiko ny vato fisaka de nariako tsa ho egny atagnako koa. novakiako teo imasonareo zay.¹⁸ Nihohoka teo alohan'i Yaveh efapolo andro sy efapolo aligna ndraika koa aho; ts nihinana mofo aho na nisotro rano, tratsan'ny fahotana aby ze nataonareo,tamin'ny nanaovanareo ratsy teo imason'i Yaveh, mba hagnitsehana ny fahasiahany.¹⁹ Fa natahatsa ny fahasiahana sy ny firihietan'ny tsa fankasitrahana ze tena napasiaka an'i Yaveh taminareo ko saika handringiana anareo aho. Fa nihieno anahy koa i Yaveh tamizay fotoagna zay.²⁰ Nasiaka mafy tamin'i Arona Yaveh ko saika handringiagna anazy; taminio de nivavaka ho an'i Arona hiany koa aho.²¹ Nalaiko ny fahotanareo, ny zanak'omby ze namboarinareo, de nodoroako zay, noziraiko, de nopotehiko ho tena majinika, mandrapiovan'ny tahaka ny vovoka. nariako tagny amin'ny renirano mikoriagna hatagny an-tendrombohitsa ny vovony.²² tagny Tabera, tagny tagny Masa, de tagny Kibrota-hatava ro nandrangitranareo an'i Yaveh.²³ sy efa nandefa anareo hiala tagny Kadesi-Barnea Yaveh de nitarogna hoe: 'Mandihiana miakatsa de alao ny fanagnana ny tany ze nameko anareo,' de nikiomy hanohitsa ny didin'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo, de tsa nino na nihieno ny feony.²⁴ Nikiomy nanohitsa an'i Yaveh agnareo hatramin'ny andro nahafatarako anareo²⁵ De nihiohoka efapolo andro sy efapolo aligna teo alohan'i Yaveh aho, satria I nitarogna hoe handringiagna anareo.²⁶ Nivavaka tamin'i Yaveh aho de nitarogna hoe: " Ry Yaveh Tompo, aza aringiagna ny vahoakanao na ny pandovanao ze navotanao tamin'ny fahalibiazanao, ze noferinao nienga hatagny amin'ny tany Egypta tamin'ny tagnana mahery Tsarovo i Abrahama, Isaka, de i Jakoba²⁷ panopona; aza mijery ny hamafisandohan'ity vahoaka ty, na ny haratsiapagnahiny, na ny fahotany,²⁸ fa sode ny tany ze nitondranao anay hitarogna hoe:" Satria yaveh tsa afaka nitondra an-dreo tagny amin'ny tany ze napagnatigniana an-dreo, ko satria tsa tiàny reo, ro nitondran'ny an-dreo nienga mba hamonoany an-dreo agny agn'efitsa."²⁹ Kanefa vahoakanao sy lovanao reo, ze noferinao nienga tamin'ny herinao lihibe sy tamin'ny fiasan'ny herinao.'

Chapter 10

¹ Zao ro nataon'i Yaveh anahy tamizay fotoagna zay hoe: 'magnamboara vato fisaka tamin'ny tahaka tami-voalohany igny, de miakara aty amin'ahy aty atendrombohitsa, de manaova tômbila fita amin'ny hazo. ² Hataoko ao agnatin'ireo vato fisaka reo ny soratsa ze tao agnatin'ny tamin'ny voalohany ze nopotehinao, de hapetrakao ao agnatin'ny tômbile io.' ³ Ko de namboatsa tômbila vita tami-hazo akasia aho, de namboatsa vato fisaka tahaka ny tamin'ny voalohany koa aho, de niakatsa tegny atendrombohitsa aho, niaraka tami vato fisaka roa tegny atagnako. ⁴ Nosoroatako tamin'ny vato fisaka, tahaka ny asa soratsa voalohany, ny didy folo ze nolazain'i Yaveh taminareo tagny atendrombohitsa teo agnivon'ny afo tamin'ny andron'ny fivoriana; de namen'i Yaveh anahy reo. ⁵ De nihiodigna aho sady nidigna ny tendrombohitsa, de nametraka ny vato visaka tao agnatin'ny fiara ze namboariko; de tao reo, araka ny nandidian'i Yaveh anahy."⁶ Nandeha niala tagny Berota Bene-jakana ho agny Mosera ny vahoakan'Isiraely. Tao ro maty i Arona, de tao i ro nalevigna; Eleazara, zanany lahy, ro nanjary pisorogna nisolo ny toerany.⁷ Nadeha agny Godgoda reo sy niala tao, de siavy tao Godgoda nadehagny Jotbata, tany raika be rano. ⁸ Tamizay fotoagna zay Yaveh nisafidy ny fokon'i Levy hitondra ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh, hitsangagna eo alohan'i Yaveh mba hanompo Anazy, sy hitsondrano ny ona amin'ny agnarany, tahaka ny amizao. ⁹ Tratsan'izay ro tsa nanagnan'i Levy anjara lova amin'ny tany miaraka amin'ny rahalahany; fa Yaveh ro lovany, arak'izay nolazain'i Yaveh Andriamagnitsao tamin'azy.)¹⁰ Nitoatsa tao tendrombohitsa tahaka ny tamin'ny tami voalohany aho, efapolo andro sy efapolo aligna. Nihieno anahy koa i Yaveh tamizay fotoagna zay; tsa nagniry ny handringana anao i Yaveh. ¹¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: ' Mitsangàna, mandihiana eo alohan'i vahoaka hitarika an-dreo amin'ny diany.de hiditsa reo de hangalaka ny tany ze efa nianiagnanako tamin'ny razambeny, fa homena an-dreo.'¹² Koa amizao,ry Israely,ina moa ro angatahin'i Yaveh Andriamagnitsao aminao, hafa-tsy ny fahatahorana an'i Yaveh Andriamagnitsao, ny hadihanana amin'ny lalany aby, ny hitiavana anazy, de ny hanopoanao an'i Yaveh Andriamagnitsao amin'ny fonao aby sy amin'ny fagnahinao aby,¹³ ny fitandremana ny didin'ny Yaveh, sy ny lalàny, mba handidiako anao androany mba hahasoa anao manokagna?¹⁴ Io, Yaveh Andriamagnitsao ro topon'ny lagnitsa sy ny lagnitsy ny lagnitsa, ny tany, sy ze ao aby. ¹⁵ Yaveh rery hiany ro nakasitraka ny razanao nohon'ny fitiavany an-dreo, de nifidy anareo I, agnao taranany, tafaran-dreo, mihoatsa ny ona hafa, tahaka ny ataony mandrak'androany. ¹⁶ De firao ny fonareo, de miteza tsa ho mafy hatoka koa. ¹⁷ Fa Yaveh Andriamagnitsao, ro Andriamagnitsa ny andriamagnitsa de Tompon'ny tompo, lay Andriamagnitsa lihibe, lay mahery sy mapatahotsa, ze tsa mijery tavan'olo sady tsa mandray kolikoly. ¹⁸ Magnome rariny ny kamboty sy ny mananotena I, de maneho fitiavana ny vahiny amin'ny alalan'ny fagnomezana hanina sy akanjo ho anazy I. ¹⁹ Tiavo ny vahiny noho izay; satria agnareo de efa vahiny tagny ami tany

Egypta.²⁰ Yaveh Andriamagnitsao ro atahoranao; I ro hotopoanao. aminazy agnao rto tsy maintsy hamikitsa; de amin'ny agnarany ro hianiananao.²¹ I ro ho fideranao, de I ro Andriamagnitsao, ze efa nanao ny zava-dihibe sy ny raha mapatahotsa ho anao, ze efa hitan'ny masonao.²² Fitopolo ona ny razagnao ro nidigna tagny Egypta; fa androany efa nataon'i Yaveh Andriamagnitsao ho be isa tahaka ny kitagna egny amin'ny lagnitsa agnao.

Chapter 11

¹ Noho izay de tokony ho te an' i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo sady mandrakariva ny fampianarany, ny lalàny, ny fitsipikany, sy ny didiny. Mariho fa tsa mitarogna amin'ny ² zanakareo Aho, ze tsa nahafantatsa akory na nahita ny fagnasazian'i Yaveh Andriamagnitsareo, ny falibiazany, ny tagnany mahery, na ny tagnany mitsotra, ³ ny famantarana sy asa ze nataony tagny agnivor'i Egypta tami Farao, mpanjakan'i Egypta, sy tamin'ny taniny aby ⁴ Na nahita ny nataony tami tafikin'i Egypta, tamin'ny soavaniny, na tamin'ny kalesan-dreo, ny fomba nanaovany ny Ranomasina Mena handifotsa an-dreo lehe nandodotsa anareo reo, sy ny fomba nandringanan'i Yaveh anazy reo zizika androany, ⁵ na ze nataony ho anareo tagny agnefitsa mandra-pahavinareo tami ty toerana ty. ⁶ Tsa hitan-dreo ze nataon'i Yaveh tami Datana sy Abirama, ny zanak'i Eliaba zanaka lahin'i Robena, ze fomba namohan'ny tagny ny vavany sy nitelignan-dreo, ny ankoahognan-dreo, ny tragnon-dreo, sy ze zava-managn'aigna aby nagnarakana an-dreo, teo agnivor'Israely aby. ⁷ Fa ny masonareo ro efa nahita ny asa lihiben'i Yaveh aby ze nataony. ⁸ Noho zay tandremo ny didy aby ze handidiako anareo hatanjaka, ko hiditsa sy hangalaka ny tany ze hitanareo mba ho fanagnana, ⁹ sady mba ho lava andro agnareo agna amin'ny tany ze nianiagnan'i Yaveh tamin'ny razagnareo fa homena an-dreo sy ny taranakan-dreo, ze tagny tandra-ndrognono sy tantely. ¹⁰ Fa ny tany, ze hidiranareo mba hazahoana an'izay, de tsa tahaka ny tanin'i Egypta, ze niavianareo, ze namafazanareo ny voanareo sy nanondrahanareo rano ze tamin'ny tongotsareo, tahaka ny sahagna hagnitsa maitso; ¹¹ fa ny tany, ze handihananao mba ho fanagnana, de tanin-kavoagna sy lahasaha, sady misotro rano hatamin'ny ranon'oran-dagnitsa, ¹² ny tany ze karakaign'i Yaveh Andriamagnitsareo; ny mason'i Yaveh Andriamagnitsareo ro mitsinjo an'zay mandrakizay, hatamin'ny fiandohan'ny taogna ko hatamin'ny fiafaran'ny taogna. ¹³ Izay de hipoitsa, lehe hitaino soa ny didiko ze handidiako anareo androany agnareo, de ny hitea an'i Yaveh Andriamagnitsareo sy hanompo Azy amin'ny fonareo sy ny fagnahianareo abiaby, ¹⁴ mba hagnomezako ranon'oragna amin'ny taninareo amin'ny vanim-potoagnany, de ny voalohan-oragna sy ny faran-oragna, mba hafahanareo manangona ny varinareo, ny divainareo vaovao, sy ny diloilonareo. ¹⁵ Hagnisy ahitsa amin'ny taninareo Aho ho an'ny bibifiompinareo, sady hihinana agnareo ko ho voky. ¹⁶ Tandremo ny tegnanareo mba tsa ho voafitaka ny fonareo, ko hivily sy hanompo andriamagni-kafa sy hihohoka amin-dreo agnareo; ¹⁷ mba tsa hirehatsa aminareo ny fahasiahan'i Yaveh; sy mba tsa hampikatogna ny lagnmitsa I mba tsa hisian'ny ranon'oragna, sy ny tany tsa hamoa ny voany, sady mba tsa haharingagna anareo malaky amin'ny tany soa ze omen'i Yaveh anareo. ¹⁸ Noho izay raketo agnam-po sy fagnahianareo ny tarognako, fatoro ho fampafantarana eo amin'ny tagnanareo izay, sady avelao izay ho fehiloa eo agnelagnelan'ny masonareo. ¹⁹ Hampianarinareo ny zanakareo izay sady miresaha momban-dreo lefa mitoatsa agan-dragn agnareo, lefa mandeha egny an-dalagna, lefa mandry, na lefa mifoha agnareo. ²⁰ Ho soratanareo eo amin'ny tolam-baravaragnan'ny tragnonareo sy eo amin'ny vavahadin'ny tanànanareo izay ²¹ mba hihabobaka ny andranareo sy ny andron'ny zanakareo agny amin'ny tany ze niainiagnan'i Yaveh tamin'ny razambenareo omena an-dreo lehe vana ambonin'ny tany koa ny lagnitsa. ²² Fa lehe mitandrigna soa ny didy aby ze handidiako anareo agnareo, ko manao izay, hitea an'i Yaveh Andriamagnitsareo, handeha amin'ny lalany aby, sady hifikitsa Aminy, ²³ de handroaka ny firinena aby hiala eo anatrehanareo i Yaveh, sady agnareo de handroaka firinena lihibe sy mahery noho agnareo. ²⁴ Ze toerana ho diany faladian-tongotsareo de ho anareo; hatagny agnefitsa ko hatagny Libanona, hatagny amin'ny renirano, ny renirano Eofrata, ko hatagny amin'ny ranomasina andrefana de ho faritanareo. ²⁵ Tsa hisy olo hahajoro eo alohanareo. Yaveh Andriamagnitsareo ro hametraka ny tahotsa agnareo sy ny horohoro agnareo amin'ny tany aby ze hodianareo, araka ze efa notarogniny taninareo ²⁶ Ity, apetrako eo alohanareo androany ny fitahiana sy ny ozogna; ²⁷ ny fitahiana, lehe mankatò ny didin'i Yaveh Andriamagnitsareo ze handidiako anareo androany agnareo, ²⁸ sy ny ozogna, lehe tsa mankatò ny didin'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo, fa hivily amin'ny lalana ze handidiako anareo androany, ko hagnarakana andriamagni-kafa ze tsa vana fantatsareo. ²⁹ Izay de hipoitsa, lefa hitondra anareo agny amin'ny tany ze handihananao mba ho fanagnana i Yaveh Andriamagnitsareo, de hametraka ny fitahiana agny antendrombohita Gerizima agnareo, sy ny ozogna agny antendrombohita Ebala. ³⁰ Tsa agny andafin'i Jordana ve reo, andrefan'ny lalana andrefana, agny amin'ny tanin'ny Kananita ze monigna agny Araba, tandrifin'i Gilgala, marinin'ny hazo terebintan'i More? ³¹ Satria hiampita an'i Jordana agnareo hiditsa hangalaka ny tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo, sady ho fanagnanareo izay ko honigna ao agnareo. ³² Ho tandremanareo ny didy amandalàna aby ze apetrako eo alohanareo androany.

Chapter 12

¹ Ny didy aman-dalàna ze ho tandremanareo ao ami tany ze ho tandremanao ao ami tany ze namen'i Yaveh, Andriamagnitsin'ny razanao, ho fanagnanao, amin'ny andro aby ze hiaignanareo aty atany. ² Ho sombànao tokoa ny toerana aby nanopoan'ny firinena ze ho roahanao ny andriamagniny, ze egny amin'ny tendrombohita avo, egny amin'ny avo, de egny ambany hazo mavagna ze halainao. ³ Aoka mba hoagetrakanao ny alitaran-dreo, ho potehinao ny tsangambatony, de ho doroanao ny baon'Aserahany. ⁴ De ho tapatapahanao ny saritsokitsan'ny andriamagniny de hataonao hiala

amizay toerana zay ny agnaran-dreo. Aoka tsa hanompo an'i Yaveh Andriamagnitsao tahaka anizay agnao. ⁵ Fa ao amin'ny toerana ze ho vidian'i Yaveh Andriamagnitsao eo amin'ny fokonao mba hamitrahana ny agnarany, de izay ro ho toerana hipitrahany angnarany, de agny ro handihiananao. ⁶ Agny ro hitondranao ny fagnatitsa ho dorana, ny sorogna, ny apahafolon-karenanao, de ny rakitsa hatolotsy ny tagnanao, ny raki-boadinao, ny fagnati-tsitraponao, de ny voalohateraky ny omby sy ny ondry aman'osinao ⁷ Agny ro hihinanao eo agnilan'i Yaveh Andriamagnitsao sy hifalianao amin'ny raha aby namitrahanao ny tagnanao, de agnao sy ny akohognanao, agny amizay nitahian'i Yaveh Andriamagnitsao anao. ⁸ Aoka tsa hanao ny raha aby ze ataonay amizao agnao; fa amizao de manao ze marina eo imasony hiany ny olo aby; ⁹ satria tsa vona avy teo amin'ny fitsaharana, eo amin'ny lova ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao anao agnao. ¹⁰ Fa sy efa miapita an'i Jordana agnao de mitoatsa ao amin'ny tany ze hapandovain'i Yaveh anao, de sy efa magnome anao fitsaharana amin'ny fahavalonao aby nagnodidigna I, mba hiaignanao apilamignana, ¹¹ de ho amin'ny toerana ze ho fidian'i Yaveh Andriamagnitsao mba hahavelogna ny agnarany, agny agnao ro hitondra ny raha aby ze nandidiako anao: de ny fagnatitsa dorana, ny sorogna, ny apahafolon-karena, de ny rakitsa atolotsy ny tagnanao, sy ny raki-boady aby ze safidianao hivoadiana amin'ny Yaveh. ¹² Hifaly eo agnilan'i Yaveh Andriamagnitsao agnao__ agnao, ny zanaka lahinao, ny zaka vavinao, ny panompo lahinao, ny panompo vavinao sy ny levita ze ao amin'ny vavahadinao, satria tsa managna anjara na lova eo amin'ny aminao i. ¹³ Tandremo soa ny tagnanao mba hanolotsa ny fagnatitsa agny amin'ny toerana aby ze hitanao; ¹⁴ fa eo amin'ny toerana ze ho fidian'i Yaveh eo amin'ny raika amin'ny fokonao ro hanoloranao ny fagnatitsa doranao, de agny ro handihiananao mba hanao ze raha aby nandidiako anao. ¹⁵ Kanefa, afaka mamono na mihinana biby ao agnatin'ny vavahadinao aby agnao, arakize tianao, fandraisana ny fitahian'i Yaveh Andriamagnitsao noho izay aby namen'ny anao; samy afaka mihinana amizay aby ny olo madio na ny olo maloto, de ny biby tahaka ny Gazela sy ny diera.

¹⁶ Fa aoka tsa hihinana ny rany agnao; ho ararakao amin'ny tany tahaka ny rano zay. ¹⁷ Tsa mahazo mihinana ny apahafolon'ny ny vavanao, ny diloilonao, na ny voalohateraky ny omby na ny ondry aman'osinao ao agnatin'ny vavahadinao agnao; de tsa mahazo mihinana ny hena nataonao sorogna miaraka amize mety ho voady ataonao, na ny fagnati-tsitraponao, na ny fagnatitsa ze ataon'ny tagnanao agnao. ¹⁸ Fa zao, hoaninao eo agnilan'i Yaveh Andriamagnitsao ao amin'ny toerana ze fidian'i Yaveh Andriamagnitsao zay__ agnao, ny zanaka lahy, ny zanaka vavy, ny panopo lahinao ny panopo vavinao, de ny levita ze ao amin'ny vavahadinao; hifalifaly eo agnatrehanao amin'ny Yaveh Andriamagnitsao ny ami raha aby ze namitrahanao ny tagnanao agnao. ¹⁹ Tandremo soa ny tagnanao mba tsa hahafao an'i Levita lehe vona miainga eo amin'ny taninao koa agnao. ²⁰ Sy efa magnitatsa ny sisi-taninao Yaveh Andriamagnitsao, arak'izay napagnatigniany anao, ko de nitarogna agnao hoe: 'Hihinana nofo aho, ' tratsan'ny fagniriana hihinakena, de afaka ny mihinakena agnao, arak'izay irin'ny fagnahinao. ²¹ Rehe lavitsa anao loatsa ny toerana ze nofodian'i Yaveh Andriamagnitsao hamitrahana ny agnarany, de aoka agnao hamono ny sasany amin'ny omby sy ny ondry aman'osinao ze namen'i Yaveh anao, arakize nandidiako anao; afaka mihinana amin'ny vavahadinao agnao, arak'ize irian'ny fagnahinao. ²² tahaka ny hihinana ny Gazela sy ny diera, de tahaka anizay koa ro ihinanao amizay; afaka mihinakena tahaka anizay ny olo maloto sy ny madio ²³ Tandremo fotsin'ny mba tsa ihinana ny rà agnao, fa aigna ny ra, de aoka tsa ihinana ny aigna miaraka amin'ny hena agnao. ²⁴ Tsa ihihina anizay agnao; hararakao amin'ny tany tahaka ny rano zay. ²⁵ Tsa ihinana anizay agnao mba ho lavorary ny aminao, sy ny taranaka mandimby anao, sy efa manao ze marina eo imason'i Yaveh agnao. ²⁶ Fa ny raha ze an'i Yaveh ze hanagnanao sy ny raki-boadinao__ aoka agnao hangalaka anizay de handeha agny amin'ny toerana ze safidian'i Yaveh. ²⁷ Agny ro hanoloranao ny fagnatitsa doranao, de ny hena sy ny rà, eo amin'ny alitaran'i Yaveh Andriamagnitsao; hararaka eo amin'ny alitaran'i Yaveh Andriamagnitsao ny ran'ny sorognao, de ny hoaninao ny nofony. ²⁸ Tandremo de heno aby ny tarogna ze handidiako anao, mba ho lavorary ny aminao sy ny taranaka mandimby anao mandrakizay, sy efa manao ze soa sy ny marina eo imason'i Yaveh Andriamagnitsao agnao. ²⁹ Sy efa mandringiagna ny firenena tsa ho eo alohanao Yaveh Andriamagnitsao, sy efa mba hangalaka anizay amin-dreo agnao, de ho hazanao zay, de hipetraka amin'ny taninao agnao, ³⁰ de tandremo ny tagnanao mba tsa ho voafandrika hagnaraka an-dreo, sy efa voaringiagna hiala eo agnatrehanao reo__ ho voafandrika hijery ny andriamagnin-dreo, hagnotany hoe: 'manao akory ny fanopoan'ny firenena reo ny andriamagniny? mba hanao tahaka anizay koa aho.' ³¹ Aoka agnao tsa hanompo an'i Yaveh Andriamagnitsao tahaka anizay, fa fahavetavetana eo imason'i Yaveh zay, sady raha halany__ nanao anizay tamin'ny andriamanin-dreo; de nandoro ny zanan-dreo lahy sy vavy tamin'ny afo ho an'ny andriamagnin-dreo mihitsy aza. ³² Na ina na ina handidiako anao, de tandremo zay. Aza magnampy na magnala amizay.

Chapter 13

¹ Lehe misy paminany na pagnonofy miboaka eo aminareo, ko manao famatarana na fahagana, ² de sy efa mitranga ny famatarana na ny fahagagana, ze risahany aminareo ko manao hoe: ' Andao tsika hagnaraka andriamagnitsa hafa, ze tsa vona fantatsareo, de andao topoatsika reo, ' ³ de aza mihieno ny tarognan'ize paminany zay, na ze paminany zay, na ze pagnonofy zay; satria Yaveh Andriamagnitsareo de mitsapa anareo lehe te an'i Yaveh Andriamagnitsareo amin'ny fonareo manotolo sy amin'ny fagnahinareo manotolo agnareo. ⁴ Hagnara-dia an'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo, hagnome voninahitsa Azy, hitandrigna ny didiny, sy hankato ny tarony, de hidera sy hifikitsa Amin'azy. ⁵ Ho vonoana zay paminany sy pagnonofy zay, satria i de nanohitsa an'i Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo nienga hatagny amin'ny tany Egipta, sy nagnafaka anareo tagny ami tany fagnadivozana. te hitaogna anareo hienga ny ivelany lalagna

ze nandidian'i Yaveh Andriamagnitsa anareo mba handihiananareo zay paminany zay. Ko alao tsa ho eo aminareo ny ratsy.⁶ Raiso hoe ny rahalahinareo, ny zanaky ny reninareo, ny zanakareo lahy, na ny zanakareo vavy, na ny vady famihinareo, na ny namanareo ze tiànareo tahaka ny tegnanareo, ro hitaogna mangina sady hitarogna hoe: ' Andao tsika handeha sady hanompo ny andriamagnitsa ze vona tsa fantatsareo, na agnareo nany razambenareo__⁷ de ny andriamagnitsy ny ona ze magnodidigna anareo, agnilanareo, na lavitsa anareo, avy amizao totolo aby zao. '⁸ Aza magneky na mihieno anazy. tsa tokony hanagna famindram-po aminazy hiany koa ny masonareo, na hiantra sy hanitrika anazy.⁹ Fa zao, tokony ho vonanareo tokoa i; ny tegnanareo ro ho voalohany hamono anazy, de sy avy eo ny tagnany vahoaka aby.¹⁰ Hitora-bato hahafaty an'azy agnareo, satria i niezaka hitaogna anareo hagnalavitsa an'i Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo hienga ny tany Egipta, hiala tao amin'ny tany fagnandivozana.¹¹ Handre sy hatahotsa ny Isiraely aby, ko tsa nanohy nanao ze karazana faharatsiana zay eo aminareo koa.¹² Lehe mandre ona mitarogna momba ny raika amin'ny tanànanareo, ze namen'i Yaveh Andriamagnitsareo mba hipitrahana agnareo:¹³ fa nisy piara-belogna ratsy fagnahy sasany niala teo aminareo sady nitarika ny ponigna teo amin'ny tanànan-dreo reo hoe: ' andao tsika hanompo andriamagnitsa hafa ze vona tsa fantatsareo. '¹⁴ De handinika ny porofo, hanao fikarohana, de hagnadihiady laligna anizay agnareo. ' sy efa hitanareo fa marina zay sady azo antoka fa natao teo aminareo ny raha fahavetavetana tahaka anizay, de hietsika agnareo¹⁵ Azo antoka fa hanafika ny mponigna ao amin'zay tanàna zay amin'ny lelan-tsabatsa agnareo, hamotika tokoa zay sy ny olo aby ao aminy, miaraka amin'ny biby fiompy, amin'ny alalan'ny lelan-tsabatsa.¹⁶ Hagnangogna ny entagna aby voababo amin'izay ho eo agnison'ny lalagna agnareo sady handoro ny tanàna, sy ny entagna voababo aby-ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo. Ho tanana haolo mandrakizay ny tanàna, ko tsa ho hatsangagna koa izay.¹⁷ Tsa tokony hisy hirekitsa eo am-pelantagnareo ny raha ze natokagna ho ravana. Izay ro tsy maintsy atao, mba hitsahatsa amin'ny fahasiahany i Yaveh, hampiseho famindram-po aminareo, sy hiantra anareo, sady hampitombo isa anareo, araka ny nianiagnany tamin'ny razambenareo.¹⁸ Hanao izay I satria agnareo mitaino ny feon'i Yaveh Andriamagnitsareo, mba hitandremana ny didiny aby ze handidiako anareo androany , sy mba hanovanareo ze marina eo imason'i Yaveh Andriamagnitsareo.

Chapter 14

¹ Agnareo ro vahoakan'i Yaveh Andriamagnitsareo. Aza mitetika ny tegnanareo, na magnaratsa ny faritsa ny tarehinareo ho an'ny maty.² Fa agnareo de firinena ze voatokagna ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo, sady Yaveh nifidy agnareo ho vahoaka ho fanagnany manokagna, mihoatsa ny vahoaka aby ze eo ambonin'ny tany.³ Aza mihinagna raha vetaveta na ina na ina.⁴ Itony ro biby azonareo hohanina: ny omby, ny ondry, sy ny osy,⁵ ny serfa, ny gazela, ny kapreola, ny osi-dia, ny pygarga, sy ny antilopa, sy ny ropikapra.⁶ Azonareo hohanina ny biby aby ze mivaky kitro, izaydia, ze managna kitro mizara roa, sady ze mandinika.⁷ Na de izay aza, mihinagna ny biby sasany ze mandinika roa agnareo: ny apondra, ny bitro, sy ny hyraka; satria mandinika reo nefanytsa mivaky kitro, maloto aminareo reo.⁸ Ny kisoa jo de maloto aminareo satria mivaky kitro aminareo i. Aza mihinagna hena-kisoa, sady aza mikasika ny fatindreo.⁹ Amin'ny raha ze ao agnaty rano de azonareo hohanina; ze aby misy vombony sy kirany;¹⁰ nefany ze abiaby misy vombony sy ny kirany de aza hohaninareo; maloto aminareo reo.¹¹ Ny vorogna madio aby de azonareo hohanina.¹² Nefa itony ro biby tsa azonareo hohanina: ny voromahery, ny voltora, ny gypa,¹³ ny papango mena sy ny papango mainty, ze karazagna voromahery aby.¹⁴ Aza mihinana ny karazagna goaika abiaby,¹⁵ sy ny ostritsa, sy ny tararaka, ny vorondriaka, ze karazagna tararaka abiaby,¹⁶ ny voron-dolo kely, ny voron-dolo lihibe, ny voron-dolo fotsy,¹⁷ ny sama, ny voltora madinika, ny vano.¹⁸ Aza mihinagna ny vanobe, sy ny karazagna vano aby, ny takidara, sy ny ramagnavy.¹⁹ Ny raha managn'elatsa, sy mandady aby de maloto aminareo; tsa tokony hohanina reo.²⁰ Azonareo hanina ny raha magnidigna madio aby.²¹ Aza mihinagna raha ze maty foagna; azonareo homena ny vahiny ze ao amin'ny tanànanao; mba hahafahany mihinagna izay; na azonareo amidy amin'ny vahiny izay. Fa agnareo de firinena ze voatokagna ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo. Aza mampangotraka zanak'osy amin'ny rononon-dreniny.²² Omeo ny ampahafolon'ny vokatsa ny volinao amby, izay mienga ao agnatin'ny tanimbolinao isa-taogna isa-taogna.²³ Mihinana eo alohan'i Yaveh Andriamagnitsareo, ao amin'ny toerana ze hovidiany ho fitoerana masina, ny apahafolon'ny varinao, ny divay vaovao, sy ny menakao, de ny voalohateraky ny ombinao sy ny ondry aman'osinao; mba hafahanao mianatsa hanompo lalandava an'i Yaveh Andriamagnitsao.²⁴ Lehe lava loatsa aminao ny dia de tsa zakanareo zay, satria lavitsa be aminao ny toerana hofidian'i Yaveh Andriamagnitsao ho fitoerana ze hofidian'i Yaveh Andriamagnitsao ho fitoerany masina, de, sy efa mitahy anao i Yaveh Andriamagnitsa,²⁵ hagnova ny fagnatitsa ho vola agnao, handrohy ny vola egnay atagnanao, de handeha agny amin'ny toerana ze hofidian'i Yaveh Andriamagnitsao.²⁶ Ao ro hadanianao ny vola amizay aby irianao: amin'ny omby, na amin'ny ondry, na amin'ny divay, na amin'ny toaka mahery, na amin'ny ze raha aby irianao; de agny agnao ro hihinana eo alohan'i Yaveh Andriamagnitsao, de hifaly agnao, agnao sy ny akohognanao.²⁷ Ny levita ze ao agnatin'ny vavahadinao__aza mahafoa anazy, fa tsa managna anjara na lova aminao i.²⁸ Amin'ny farany isan-telo taogna de hanolotsa ny apahafolon'ny vokatsao aby amin'izay taogna zay agnao, de hitahirany anizay ao agnatin'ny vavahadinao agnao;²⁹ de ny levita, satria i tsa managna anjara lova aminao, sy ny vahiny, sy ny kamboty, de ny pitondra tegna ze ao agnatiny vavahadinao, de ho avy sy hihinana de ho afapo. Ataovo ze mba hahafahan'i Yaveh Andriamagnitsao hitahy anao amin'ny asan'ny tagnanao sy ny ataonao aby.

Chapter 15

¹ Amin'ny farany isaky ny fito taogna, de manaova fagnafoagnana trosa agnao. ² Izay ro fomban'ny fagnafahana: Ny papindram-bola ze napindragna vola ny piarabelogna de tokony hahafao anizay amin-dreo; tsa hangataka anizay amin'ny piarabelogna amin'azy na amin'ny rahalahiny satria ny fanaon'i Yaveh ny trosa de efa voalaza. ³ Vahiny raika ro azonao agnatahana anizay; fa na ina na ina anao eo apelatagnan'ny rahalahinao de tokony hafoanao. ⁴ Koa, tsa tokony hisy olo mahantra eo aminao (fa i Yaveh de hitahy anao agny amin'ny tany ze hoameny anao tahaka ny lova ho fanagnanao), ⁵ lehe mihieno soa ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, ko mitandrigna aby ny didy ze handidiako anao zao. ⁶ Fa Yaveh Andriamagnitsao hitahy anao, arak'izay napagnatigniany anao; de hapitsambotsa ny firenena betsaka agnao, fa tsa hindragna; hanapaka amin'ny firenena betsaka agnao, fa reo tsa hanapaka anao. ⁷ Lehe misy lihilahy eo aminao, raika amin'ny rahalahinao, ze eo amin'ny vavahadinao aby eo amin'ny tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao anao, aza magnamafy ny fonao na magnidy ny tagnanao amin'ny rahalahinao mahantra; ⁸ fa vohao soa amin'azy ny tagnanao de omeo ze ilainy i. ⁹ Mitandrema mba tsa hanagna sain-dratsy ao aponao, manao hoe: " Ny taogna fahafito, de taognan'ny fagnafahana, de efa mariny, de tsa ho kahihitsa eo amin'ny rahalahinao agnao sady tsa hagnome na ina na ina an-dreo; de hitaraigna amin'ny Yaveh mombanao i, ko fahotana ho anao zay. ¹⁰ Tsy maintsy homenao i, de tsa tokony hanegnina ny fonao sy efa hagnome anazy agnao, satria ny valin'izay de hitahy anao amin'ny asanao sy ze raha ataon'ny tagnanao aby i Yaveh Andriamagnitsao. ¹¹ Satria ny mahantra de tsa hiegnina eto atany; de zay ro andidiako anao sy ilazako hoe: 'Vohao soa amin'ny rahalahinao ny tagnanao, ho any ze mila ny fagnapenao, de ny mahantra ao amin'ny taninao.' ¹² Lehe amidy aminao sy manompo anao agnatin'ny enin-taogna ny rahalahinao, lihilahy hebreo, na apela hebreo, de tsy maintsy hamela anazy malalaka agnao amin'ny taogna fahafito. ¹³ Sy efa ambelanao handeha malalaka eo aminao i, de aza ambela handeha tagnam-polo. ¹⁴ Vatsio ondry aman'osinao, ny famoloan'ny varinao, sy ny famaizam-bolobokao amim-pahalalana i. Arak'izay efa nitahian'i Yaveh Andriamagnitsao anao, tsy maintsy homenao i. ¹⁵ Tadidio fa efa andevo tagny amin'ny tany Egypta agnareo, de io Yaveh Andriamagnitsareo io ro nagnavotsa anareo; noho izay de mandidy anareo aho hanao anizay. ¹⁶ Hitranga zay sy efa mitarogna anareo i hoe: 'Tsa hiala eo aminareo aho.' satria i te anareo sy ny tragnonareo, de satria i de soa aminareo, ¹⁷ De alao ny haolo de tiveho eo ambaravaragna ny sofiny, de ho piasanareo mandrakizay i. tsy maintsy ataonareo anizay hiany koa ny piasa vavinareo ¹⁸ Tsa tokony ho sarotsa aminareo ny andefa anazy malalaka aminareo, satria efa nanompo anareo nandritsa ny enin-taogna i sady hagnome avo roa heny ny vidin'ny ona karamaina. Yaveh Andriamagnitsareo de hitahy anareo aby amize ataonareo aby. ¹⁹ Ny lilahy aby amin'ny voalohateraky ny òmbinareo sy ny ondry aman'osinareo aby de tsy maintsy hatokanareo ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo. Tsa hanao asa miaraka amin'ny voalohateraky ny òmbinareo agnareo, na magnety ny voalohateraky ny ondrinareo. ²⁰ Hano eo imason'i Yaveh Andriamagnitsareo isa-taogna isa-taogna ny voalohateraka eo amize toerana hofidian'i Yaveh, anareo sy ny akohognanareo. ²¹ Lehe misy kilema zay__ohatsa, lehe mitrongaitsa na jamba, na ina na ina kilema hafa__aza atao sorogna ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo zay. ²² Hihinana anizay ao amin'ny vavahadinareo agnareo; ny ona maloto sy ny ona madio de tsy maintsy mihinana anizay, tahaka ny hihinananareo gazela na diera. ²³ Fa zao tsa tokony hihinana ny ràny agnareo; fa araraho eo amin'ny tany tahaka ny rano ny ràny.

Chapter 16

¹ Tandremo ny volan'i Abiba, de ataovo ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo ny paka, satria tamin'ny volan'i Abiba ro namoahan'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo tagny amin'ny tany Egypta nandritsa ny aligna. ² Mandritsa ny paka de ho ataonareo sorogna ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo ny sasany amin'ny ondry aman'osinareo de ny omby ao amin'ny toerana ze ho safidian'i Yaveh ho fitoerany masina. ³ Hoaninareo miaraka amin'ny mofo tsa misy masirasira zay; hafitoana ro hihinananareo mofo tsa misy masirasira miaraka amizay, ny mofo-pahoriana; satria tampoka ro nienganareo tao Egypta. ataovo zay mandritsa ny andro-piaignanareo mba hahatsiarovanareo ny andro nienganareo tagny Egypta. ⁴ Mandritsa ny fito andro de tokony tsa hahitana lalivay eo eo amin'ny toerana misy anareo; na hahitana hena ze natao sorogna ny hariva ho tehirizina zizika maraigna. ⁵ Mandritsan'ny paka de tsa hanao sorogna biby ao agnatin'ny vavahadin'ny tanànanareo ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo ho anareo agnareo. ⁶ Fa zao, manaova sorogna engy amin'ny toerana ze nofidian'i Yaveh Andriamagnitsareo ho fitoerany masina. Eo ro hanaovanareo sorogna ho an'ny paka ny hariva mileti-masoandro, amin'ny andro raika agnatiny taogna ze nienganareo tagny Egypta. ⁷ Atonò zay de hoano egn'ny amin'ny toerana ze nofidian'i Yaveh Andriamagnitsareo; ny maraigna agnareo de hitodika sady hipody agny amin'ny lainareo. ⁸ Hihinana mofo tsa misy masirasira agnareo mandritsa ny enin'andro; amin'ny andro fahafito de hisy fivoriana magnetriketrika ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo; amin'io andro io de tsa mahazo miasa agnareo. ⁹ De magnisà fito herignandro; manomboka amin'ny fotoagna hilanareo voalohany ny vary amin'ny mesa filana ro hagnisanareo ny herignandro fito. ¹⁰ Tano ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo ny Herignandro firavoravoana miaraka amin'ny fandraisana anjara amin'ny fagnati-tsitraro hategny atagnanareo ze homenareo, araka ny nitahian'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo. ¹¹ Hifaly eo agnilan'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo__agnareo, ny zanakareo lahy, ny zanakareo vavy, ny piasanareo lahy, ny piasa vavinareo, ny levita ze ao agnatin'ny vavahadin'ny tanànanareo, sy ny pivahiny, ny kamboty ray, de ny pitondratagna eo aminareo, eo amin'ny toerana ze nofidian'i Yaveh Andriamagnitsareo ho fitoerany masina. ¹² Ho tadidinareo fa andevo tagny Egypta agnareo; tandremo de apihiaro reo lalàna reo. ¹³ Tandremo ny fetin'ny Fialifana mandritsan'ny fito andro afaran'ny famoriana ny vokatsa hatramin'ny famoloana sy ny famaizanareo. ¹⁴ Hifaly agnareo

mandritsany firavoravoanareo__ agnareo, ny zanakareo lahy, ny zanakareo vavy, ny piasanareo lahy, ny piasa vavinareo, ny levita, sy ny pivahiny, de ny kamboty, sy ny pitondratena ze ao agnatin'ny vavahadinareo.¹⁵ Mandritsan'ny fito andro agnareo de hitandrigna ny firavoravoana ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo egn'y amin'ny toerana ze nosafidian'i Yaveh, satria i Yaveh Andriamagnitsareo de hitahy anareo amin'ny vokatsa sy ny asan'ny tagnanareo aby, ko de hifaly tokoa agnareo.¹⁶ Ny lilihahinareo de hiboaka in-telo isan-taogna eo agnilan'ny i Yaveh Andriamagnitsareo egn'y amin'ny toerana ze ho safidiany: agny amin'ny firavoravoana ny mofo tsa misy masirasira, agny amin'ny Herignandro Firavoravoana, sy agny amin'ny Fetin'ny tabernakely; de tsa hiboaka tagna-polo eo alohan'i Yaveh reo;¹⁷ fa zao, hagnome arak'ize tratsany ny lilihahy aby, mba hafataranareo ny fitahiana ze namen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo.¹⁸ Manondroa pitsara sy manam-boninahitsa ao agnatin'ny vavahadin'ny tanànanareo aby ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo; ho alaina isampokonareo i reo, de hitsara ny ona amin'ny fitsàrana marina.¹⁹ Tsa tokony hangalaka an-kery ny fitsàrana agnareo; tsa tokony mapiseho fitagnilanana na mandray kolikoly, satria ny kolikoly mahajamba ny masin'ireo hendry de mamadika ny tarony fahamarinana.²⁰ Tokony hagnaraka ny fitsàrana agnareo, ny fitsàrana rery, mba hiaignanareo sy handovanareo ny tany ze homeni'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo.²¹ Aza manangagna Aseraha ho an'i teganareo, na karazana bao, agnilan'i alitaran'i Yaveh Andriamagnitsareo ze ho ataonareo ho an'ny teganareo agnareo.²² Agnareo hiany koa de tsa tokony hanangagna tamboho masina ho an'i teganareo, ze halan'i Yaveh Andriamagnitsareo.

Chapter 17

¹ Aza manao sorogna òmby na ondry ze misy kilema na raha ratsy ho an'i Yaveh Andriamagnitsareo, satria zay de fahavetavetana amin'i Yaveh Andriamagnitsareo.² De lehe misy ao aminareo, ao amin'ny vavahadin'ny tagnanareo ze namen'Andriamagnitsa anareo' lilihahy na apela hita manao ratsy eo imason'i Yaveh Andriamagnitsareo de mivadika aminy fagnikeny,³ na ia na ia mandeha manompo amin'Andriamanikafa sady miakohoka amin-deo na masoandro na volagna, na ze raha aby egn'y amin'ny lagnitsa__ ze tsa nandidiako anareo__⁴ de lehe lazaina ny amizay agnareo, na efa renareo zay, de aoka agnareo hanao fagnahadihadiana soa. Lehe marina sady azo antoka fa nisy fametavetana tahaka ze natao tao Isiraely, de izao ro tokony hataonareo.⁵ Aoka ho ferinareo eo amin'ny vavahadin'ny tanàna, ny lilihahy na apela, ze nanao raha ratsy zay, de aoka ho toroahanareo amin'ny vato ho maty zay ona zay.⁶ Amin'ny tarognan'ny vavolombelogna roa, na vavolombelogna telo, de aoka ho vonoana ho maty i; fa amin'ny tarogna ze lazain'ny vavolombelogna raika hiany de aoka tsa ho vonoana ho maty i.⁷ Tsy maintsy ny tagnan'ireo vavolombelogna ro voalohany mamono anazy ho maty, de afarany, izay ny tagnan'ny vahoaka aby; de halaina tsa ho eo aminareo ny ratsy.⁸ Lehe misy raharaha mitranga ze sarotsa loatsa aminareo ny mitsara anazy__ mety hoe resaka vono ona na fahafatesana tsa kinahy, teo amin'ny zo nona sy ny zon'olo raika hafa, na karazana fandratsana natao, na karazana raha hafa, raha mapiady hevitsa eo amin'ny vavahadin'ny tanànanareo__ de aoka agnareo hiakatsa agny amin'ny toerana ze nofidian'i Yaveh Andriamagnitsareo ho fitoerany masina.⁹ Aoka agnareo handeha agny amin'ny pisorogna, ny taranak'i Levy, de agny amin'ny pitsara ze topon'anjara amizay fotoagna zay; hitadia ny hevitsan-dreo agnareo, de homeny anareo ny didipitsaràna.¹⁰ Aoka harahinareo ny lalàgna namena anareo ao amin'ny toerana ho safidian'i Yaveh ho fitoerany masina. hitandrigna hanao ny raha aby hanoroan-dreo lalagna hataonareo agnareo.¹¹ Araho ny lalàgna ze apianarin-dreo anareo, de ataovo araka ny fanapahakevitsa omen-dreo anareo. Aza mivily amizay nolazain-dreo anareo, ho agny akavagnana na ho agny akavia.¹² Na ia na ia miavognavogna, amin'ny tsa fihenoana ny pisorogna ze mitsangagna hanompo eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsareo, na tsa fihenoana ny pitsara__ zay ona zay de ho maty; hagnala ny ratsy amin' Isiraely agnareo.¹³ Aoka ny ona aby ze mandre de hatahotsa, sady tsa hiavogna koa.¹⁴ Sy efa avy agny amin'ny tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo agnareo, de sy efa hazanareo zay de mitoatsa ao agnareo, de zao ro ataonareo hoe: " hametraka panjaka eo amin'ahy aho, tahaka ny firenena aby zxe magnodidigna anahy,"¹⁵ ko de tsy maintsy mametraka panjaka eo aminareo tokoa agnareo ze ona ho fidian'i Yaveh Andriamagnitsareo. Tsy maintsy mametraka panjaka eo aminareo agnareo ze ona hatamin'ny ralahinareo. Tsa afaka mametraka vahiny, ze tsa ralahinareo, eo aminareo agnareo.¹⁶ Kanefa tsa azony atao ny magnabetsaka ny soavaly ho anazy, na hitondra vahoaka hipody agny Egipta mba hafahany mapitombo ny soavaly, fa zao ro nataon'i Yaveh taminareo hoe: " Tsa hipody amizay lalagna zay koa agnareo." ¹⁷ Tsa mahazo mangalaka vady betsaka ho an'ny teganany i, mba tsa hiodignan'ny fony agny an-kafa. Tsa mahazo magnangogna volafotsy sy volamena betsaka be i.¹⁸ Sy efa mitoatsa eo amin'ny seza fiandrianany fanjakany i, de tsy maintsy soroatany ho any teganany amin'ny horognataratasy ny lalàna, avy amin'ny lalàna ze eo alohany pisorogna, ze Levita. Tsy maintsy miaraka amin'ny horogna taratasy,¹⁹ de tsy maintsy vakiana zay amin'ny andro aby hiaignanany, mba hafahany mianatsa magnaja an'i Yaveh Andriamagnitsareo, mba hitànany ny didy aman-dalàna reto, mba hitandremana an-dreo.²⁰ Tsy maintsy ataony zay mba tsa hirihiarihian'ny fony amin'ny ralahin'ny, de mba tsa hiviliany amin'ny didy, ho agny an-kavagnana na ho agny an-kavia; mba hahalava ny androny sy ny zanany ao amin'ny fanjakany, eo amin'Isiraely.

Chapter 18

¹ Ny pisorogna, ze levitika, de ny fokon'i Levy aby, de tsa hahazo anjara na lova mairaka amin'Isiraely; tsy maintsy mihinana ny fagnatits'i Yaveh natao tamin'ny afo tahaka ny lovan-dreo.² Tsa tokony mahazo lova eo amin'ny rahalahiny i reo; Yaveh ro lovan-dreo; araka ny efa nolazainy tamin-dreo.³ Izao ro anjaran'ny pisorogna hatagny amin'ny vahoaka, sy

hatamin'ny reo nanao sorogna na ny omby na ny ondry: tokony homen-dreo ho an'ny pisorogna ny soroka, ny takolany roa, sy ny atiny.⁴ Ny voalohambokatsy ny varinao, ny divainao vaovao, sy ny diloilonao, de ny volon'ondrinao voalohany, de tokony homenao anazy zay.⁵ Fa Yaveh Andriamagnitsareo ro nifidy anazy teo amin'ny fokonareo aby mba hitsangagna sy hanompo amin'ny agnaran'i Yaveh, i sy ny zanany lahy mandrakizay.⁶ Lehe misy Levita raika avy amin'ny tanànanareo niala ny Isiraely aby ze nipitrahany, de magniry amin'ny fagnahiny aby ho avy amin'ny toerana ze nofidian'i Yaveh,⁷ de tsy maintsy manompo amin'ny agnaran'i Yaveh Andriamaniny i tahaka ny ataon'ny Levita aby reo rahalahiny, ze mitsangagna alohan'i Yaveh.⁸ Tokony hanagna anjara hay hoanina mitovy reo, akoatsan'izay azo tamin'ny fivarotana ny lovan'ny fianakaviany.⁹ Sy efa tafiditsa ao amin'ny tany ze homen'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo, de aza mianatsa mandinika ny fahavetavetan'ireo firenena reo.¹⁰ Tsa tokony hahitana ona mametraka ny zanany lahy na ny zanany vavy agnaty afo eo aminareo, na ia na ia mampiasa sikidy, na misikidy, mampiasa ody, na manao ody,¹¹ panao vitagna, miresaka amin'ny maty, na ze miresaka amin'ny fagnahy.¹² Fa na ia na ia manao anireo raha reo de fahavetavetana eo imason'i Yaveh zay; satria tratsanio fahavetavetana reo ro handroahan'i Yaveh Andriamagnitsareo andreo tsa ho eo alohanareo.¹³ Aoka tsa hanatsigny eo agnatrehana'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo.¹⁴ Fa ny firenena ze halainareo reo de mihieno ny panao ody sy sikidy; fa agnareo nefa, Yaveh Andriamagnitsareo de tsa namela anareo nanao anizay.¹⁵ Hanangagna paminany hataminareo ho anareo i Yaveh Andriamagnitsareo, raika amireo rahalahinareo, mitovy amin'ahy. Tokony hoenoanareo i.¹⁶ Izay ro nangatahinareo tamin'i Yaveh Andriamagnitsareo tagny Horeba tamin'ny andron'ny fiangonana, manao hoe: 'Andao tsika tsa hieno ny feon'i Yaveh Andriamanitsika koa, na hahita an'ity afo lihibe ty koa, fa ngehe maty tsika.'¹⁷ De zao ro nataon'i Yaveh tamin'ahy hoe: 'Soa ze nolazain-dreo.¹⁸ Hanangagna paminany raika ho an-dreo Aho ho eo amin'ny rahalahin-dreo, ze tahaka anareo Ho ataoko eo am-bavany ny taroko, de holazaina an-dreo ze nandidiako anazy aby.¹⁹ Hoita zay lehe misy ona tsa mihieno ny tarogna ze lazaina amin'ny agnarako, ho takeko aminazy zay.²⁰ Fa ny paminany ze milaza tarogna apireharehana amin'ny agnarako, ny tarogna aby ze nandidiako anazy ho lazaina, na ze mitarogna ny agnaran'ireo andriamagnitsa hafa, de tsy maintsy ho maty zay paminany zay.²¹ Izao ro tokony ho lazainareo ao aponareo: 'Akory ro hagnikenay hafatsa ze tsa nolazain'i Yaveh?'²² Hagneky ny hafatsa ze nolazain'i Yaveh agnareo sy efa mitarogna amin'ny agnaran'i Yaveh ny paminany. lehe tsa mitranga na tsa tanteraka zay raha zay, zay de raha tsa nolazain'i Yaveh zay sady nitarogna anizay tami-pireharehana ny paminany, ko tsa tokony hatahatsa anazy agnareo.

Chapter 19

¹ Sy efa manapaka anireo firenena reo i Yaveh Andriamagnitsareo, reo tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo ho anareo, sy efa mangalaka ny taniny reo de nitoatsa tao amin'ny tanànan-dreo sy ny tragnon-dreo agnareo,² de misafidiana tanàna telo ho an'i teganareo eo agnivor'ny taninareo ze namen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo ho fanagnana.³ Magmamboara lalagna de zarao telo ny faritaninareo, ny tany ze navelan'i Yaveh Andriamagnitsareo ho lovainareo, mba hilefa agny ze aby mamono olon-kafa.⁴ Zao ro lalàna ho an'ny ona ze mamaono olon-kafa sy hilefa hitoatsa agny: na ia na ia mamono tsanahy ny mpiara-belogna amin'azy, sady tsa nankahala an'azy taloha--⁵ tahaka ny lefa mandeha agn'ala miaraka amin'ny mpiara-belogna amin'azy mba hanapaka hazo, sy hamira hazo amin'ny famaky i, sady miala egny amin'ny tahony ny lohan'ny famaky ko mahavoazera ny mpiara-belogna amin'azy ko maty i--de tsy maintsy nilefa agny amin'ny raika amin'ny tanàna reo sady mitoatsa agny izay lihilahy izay.⁶ Leha tsa izay de mety ho orihin'ny mpamaly rà ny raika ze hagnala ny aigna, sady ny firihetan-kahasiahana ro handresy, leha lihibe loatsany halavirana, peho i sady vono i, ndreko tsa mendrika ny ho maty aza izay lihilahy izay, satria tsa nankahala ny mpiara-belogna amin'azy tagny aloha.⁷ Noho izay mandidy anao aho hifidy tanana telo ho anao.⁸ Leha magnitatsa ny faritaninareo i Yaveh Andriamagnitsareo, araka ny efa nianiagnany tamin'ny razambenareo fa ho ataony, sady ny tany aby ze nampagnatignainy fa homena ny razambenareo;⁹ leha hajainareo ny didy aby reo, ze handidiako anareo androany--ny didi mba hitea an'i Yaveh Andriamagnitsareo sy handeha amin'ny lalany mandrakariva, de tokony hagnampy tanana telo lihibe ho an'ny teganareo agnareo, ankoatsa reo telo.¹⁰ Ataovo izay mba tsa hisy ran'ona tsa manan-tsigny hiaraka eo amin'ny tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo ho anareo ho lova, mba tsa ho meloka amin'ny rà agnareo.¹¹ Nefa lehe misy ona mankahala ny mpiara-belogna aminy, magnomagna tetika hamonoana azy, mitsangana hanohitsa azy, sady mandratsa azy mba ho maty, sy leha milefa agny amin'ny raika amin'ny tanàna reo i--¹² de tsy maintsy magniraka sy mangalaka azy hipody avy agnamin'ireo lohologna ao amin'ny tanànany, sady manolotsa azy eo an-tagnan'ny mpamaly faty, mba ho maty i.¹³ Aoka ny masonareo tsa hampiseho famindram-po amin'azy; fa, foagno tsa ho amin'Isiraely ny famonoana olo tsa manan-tsigny, mba hahasoa anareo.¹⁴ Aza alaina amin'ny mpiara-belogna aminareo ny famantaran-tany ze napetrak'an-dreo fotoagna be tagny aloha, amin'ny lova ze ho lovainareo, agny amin'ny tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo ho fanagnanareo.¹⁵ Tsa misy vavolombelogna tokagna tokony hitsangana hiampanga olo raika amin'ny heloka aby, na amin'ny ota aby, amin'ny raha nagnotàny aby; fa amin'ny vavan'ny vavolombelogna roa, na amin'ny vavolombelogna telo, ro hagnamarinana ny raha aby.¹⁶ Leha atao hoe misy vavolombelogna tsa marina raika mitsangana manohitsa olo mba hijoro vavolombelogna hiampanga azy amin'ny fanaovan-dratsy.¹⁷ sady ireo lihilahy roa, ze misy tsa fiombognank-kevitsa, de tsy maintsy mijoro eo agnatrehana'i Yaveah, eo agnatrehana'ny mpisorogna sy mpitsara ze mpanonpo tamin'izay andro izay.¹⁸ Ny mpitsara de tokony hanao fagnadihadiana laligna; jireo, leha sandoka ny vavolombelogna tsa marina amin'ny rahalahiny,¹⁹ de ataovo amin'azy ze

niriany hatao amin'ny rahalahiny; sy hagnala ny ratsy eo aminareo agnareo.²⁰ Sady ireo ze tavela se handre sy hatahotsa, sy tsa hanao raha ratsy tahaka izay eo aminareo koa manomboka eo.²¹ Tsa tokony hampiseho faminram-po ny masonareo; ny aigna ro ho solon'ny nify, tagnana solon'ny tagnana, tongotsa solon'ny tongotsa.

Chapter 20

¹ Leha hipoitsa hiady amin'ny fahavalonareo agnareo, ko mahita ny soavaly,ny kalesy,sy vahoaka betsaka agn'isa noho agnareo,, de aza matahotsa an-dreo agnareo; fa miaraka aminareo i Yaveh Andriamagnitsareo, I ze nitondra anareo niakatsa niala ny tany Egypta.² Ko lefa mby ampototsy ny ady agnareo, de tsy maintsy hagnatogna ny mpisorogna ko hitarogna amin'ny vahoaka.³ De hilaza amin-dreo i hoe: "Mitainoa, ry Israely, hiady amin'ny fahavalonareo agnareo. Aoka tsa ho vizaka ny fonareo.Aza matahotsa na mangovitsa. Aza matahotsa an-dreo.⁴ Fa i Yaveh Andriamagnitsareo ro hiaraka handeha aminareo mba hiady amin'ny fahavalonareo.⁵ De tsy maintsy hitarogna amin'ny vahoaka ny manam-boninahitsa ko hanao hoe: "Misy lihilahy ve ao ze nanao tragno vaovao ko vana tsa nitondra izay? Aoka i handeha sy hiverigna agny an-tragnony,mba tsa ho maty agn'ady i ko ho lihilahy hafa ndraika ro hitokagna izay.⁶ Misy lihilahy ve namboly tanim-boaloboka ko vana tsa nisitraka ny vokats'izay? Aoka i hody, mba tsa ho maty agn'ady i ko olon-kafa koa ro hisitraka ny vokats'izay.⁷ Misy lihilahy ve ao nifamofa tamim-behivavy nefa tsa vana nanam-bady azy?Aoka i hody mba tsa ho maty agn'ady ko ho lihilahy hafa koa ro hanambady azy."⁸ De vana hitarogna amin'ny vahoaka ihany ireo manam-boninahitsa hanao hoe: "Misy lihilahy ve ao ze matahotsa na vizaka am-po? Aoka i handeha sy hipody agny an-tragnony, mba tsa ho ketraka tahaka ny fony koa ny fon'ny rahalahany."⁹ Koa lefa avy mitarogna amin'ny vahoaka ireo manam-boninahitsa, de tsa maintsy magnedy mpifehy hitarika an-dreo i reo.¹⁰ Lefa mandeha mba hanafika tanàna agnareo, de manaova tolo-pihavagnana amin'ny vahoaka ireo.¹¹ Leha magneky ny tolotsareo sy manokatsa ny vavahadiny ho anareo ireo, de hanjary andevonareo sy hanompo anareo ny ona aby ze hita ao.¹² Fa leha tsa manao tolo-pihavagnana aminareo izay, fa hamaky ady aminareo,de tsy maintsy ataonareo fahirano izay,¹³ sady lefa magnome fandresena anareo Yaveh Andriamagnitsareo ko mametraka azy ireo ambany fifehezanareo, de tsy maintsy vonoanareo ny lihilahy aby ao amin'ny tanàna¹⁴ Fa ny apela, ny zaza madinika, ny biby fiompy, sy ze aby ao amin'ny tanàna,sy ny haren'ny aby, de ho alainareo ho babo ho anareo izay.De hihinana ny babon'ireo fahavalonareo agnareo, ze nomen'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo.¹⁵ Izay ro fomba tsy maintsy ataonareo amin'ny tanàna aby ze tena lavitsa anareo, de ny tanàna tsa avy amin'ireto tanàn'ireto firinena magnaraka ireto.¹⁶ Ao amin'ny tanànan'ny ona ze omen'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo ho lovaina ireo, de tsa azonareo asiana velogna ze mety mana-pofonaina.¹⁷ Fa zao, tsy maintsy ravanareo tateraka reo: ny Hetita, sy ny amorita,ny Kananita, ny Perizita, ny Hivita, de ny Jebosita, arak'izay nandidian'i Yaveh Andriamagnitsareo anareo.¹⁸ Ataovo zay mba tsa hapianaran-dreo anareo hanao ny fomba fahavetavetany, tahaka ny nataon-dreo tamin'ny andriamaniny. lehe manao anizay agnareo, de hanota amin'iYaveh Andriamagnitsareo.¹⁹ Sy efa ela ro hanaovanareo fahirano ny tanàna raika, lehe miady aminazy agnareo mba hahazahoana anazy, de tsa azonareo tapahana amin'ny famaky ny hazony. Satria afaka mihinana hatamireo agnareo,zay ro tsa azahoanareo manjera an-dreo. fa ona ve ny hazo ao atanimboly ro ataonareo fahirano?²⁰ Reo hazo ze fantatsareo fa tsa fihinana hiany, ro azonareo sombana sy agetraka; hanangagna fahirano amin'ny tanàna ze miady aminareo agnareo, mandra-paharavan'izay.

Chapter 21

¹ Lehe misy ona hita faty ao amin'ny tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsareo ho fanagnana, matory eo amin'ny tanimboly, de tsa fantatsa ze nanafika anazy;² de tsy maintsy mandeha mienga ny loholonareo sy ny pitsaranareo, de tsy maintsy mandrefy ny tanàna ze magnodidigna ny ona novonoana reo.³ De ny loholon'ny tanàn-dihibè ze mariny ny fatiny ona de tsy maintsy mangalaka ômbivavy kely tamin'ny andian'ômby, raika ze vona tsa napesaina mihitsy, de tsa nisy zioga.⁴ Sy avy eo de tsy maintsy roahan-dreo midigna mandeha agny amin'ny lohasaha misy loharano mandeha ny ômbivavy kely, lohasaha ze vona tsa nasaina ômby na nambolena, de eo amin'ny lohasaha reo ro tsay maintsy magnolagna ny tendany ômbivavy kely.⁵ Ny pisorogna, taranak'i Levy, de tsy maintsy magnatogna mariny; satria reo ro nosafidian'i Yaveh Andriamagnitsao hanompo Anazy sy hitahy ny ona amin'ny agnaran'i Yaveh; heno ny torohevitsan-dreo, satria ny taron-dreo de ho didipitsarana amin'ny fifamaliana aby sy amin'ny fandratsana.⁶ Ny loholon'ny tanàna aby ze mariny ny ona novonoana de tsy maintsy manasa ny tagnan-dreo eo amin'ny ômbivavy kely ze naolagna teo amin'ny lohasaha ny tendany;⁷ de tsy maintsy mamaly ny zava-misy reo sady mitarogna hoe: " Ny tagnanay de tsamba nandsatsaka ny ràny, sady tsamba nahita anizay ny masonay,⁸ Mamelà ny vahoakan'Isiraelinao, ze efa navotanao, ry Yaveh, de aza atao mèloka amin'ny fandatsahan-dra ona tsa manatsigny ny vahoakan'Isiraelinao." De hoavela heloka amin'ny fandatsahan-drà i reo.⁹ Amizay fomba zay ro hagnalana ny rà tsa manatsigny eo agnivonao, sy efa manao ny marina eo imason'i Yaveh agnao.¹⁰ Sy efa mandeha mienga hiady hanohitsa ny fahavalonao agnao de i Yaveh Andriamagnitsao hagnome fandrarena anao sy manao an-dreo ho ambany fahefanao, de mitagna an-dreo ho babo agnao,¹¹ lehe mahita apela soa tarehy eo amin-dreo agnao, de mana-pagniriana ny hangalaka anazy ho vadinao,¹² de ho ferinao agny andragonao i; hagnaratsa ny lohany i sady hanapaka ny hohony.¹³ De hagnala ny akanjony ze nanaovany taminy vona babo i de hiegnina ao amin'ny tragnonao sady hisaogna ny rainy sy ny reniny mandritsa ny raivolagna. Sy efa avy niara natory tamin'azy agnao de nanjary vadiny, deho vadinao i.¹⁴ Fa lehe tsa mahazo fafinaretana aminazy agnao, de

hamela anazy handeha agny amin'ny tany tiàny handihianana. Fa tsa azonao atao ny mivarotsa anazy hataonao fitadiavam-bola, sady tsa azonao atao ny mitondra anazy tahaka ny andevo, satria efa nagnala baraka anazy agnao.¹⁵ Lehe manam-bady roa ny lilahy raika de ny raika tiàny fa ny raika ny raika ho halany, ko samy niteraka zaza ho anazy aby reo roa__ ny vady tiàna sy ny vady ankahalaina__lehe avy amin'ny nankahalaina ny lahimatea,¹⁶ amin'ny andro ze hapandoavany lililahy ze nanagnany an'ireo zanany, de tsa tokony hanao ny zanak'ilay vady tiàna ho lahimatea alohan'ny zanak'ilay vady ankahalaina i, ny zanaka ze lahimatea amizao.¹⁷ Fa zao, tsy maintsy miaiky ze lahimatea i, de ny vadin'ny ankahalaina, amin'ny alalan'ny fagnomezana ny anjaran-droa amin'ny fanagnany aby; satria io zanaka io ro fiandohan'ny tanjany; de anazy ny fizokiana.¹⁸ Lehe misy mananjanaka mehery loha sy pikomy ze tsa mihieno ny feon-drainy na ny feon'ny reniny, de amizay ndreko ahitsin-dreo aza i, de tsa hieno an-dreo;¹⁹ de tsy maintsy manery sy mitondra anazy mienga mandeha agny amireo loholon'ny tanànanany sy agny ambavahadin'ny tanànanany ny rainy sy ny reniny²⁰ Tsy maintsy mitarogna amin'ny loholon'ny tanànanany i reo hoe: "Ity zanakay ty de mafy loha sy pikomy; tsa makato ny feonay i; tendan-kanina sy misotro toaka i,"²¹ De tsy maintsy mitoro-bato anazy aby ny olo eo antanàna; de agnao de hagnala ny ratsy eo aminao. Ny Isiraely aby de handre anizay de hatahotsa.²² Lehe nanao fahotana mendrika fahafatesana ny ona raika de vonoana i, de haraviravy agny amin'ny hazo,²³ de tsa azo apiagnenina mandritsany aligna totolo mihintsy ny fatiny. Fa zao, alevignanao amin'io andro io hany i; satria na ia na ia naraviravy de voahozogn'Andriamagnitsa. Akatoavo ny didiny mba tsa handoto ny tany ze nomen'Adriamagnitsao ho lova agnao.

Chapter 22

¹ sa tokony hiambigna ny ômbin'ny Israelita namanao agnao na ny ondriny mandeha amin'ny lalan-diso ka magnamafy ny tegnanao amin'ireo; tsy maintsy apodiana aminazy reo.² Lehe tsa mariny anao ireo Israelita namanao, na lehe tsa mahafatatsa anazy agnao, de tsy maintsy mitondra ny biby agny an-dragnonao agnao, de tsy maintsy miaraka aminao izay mandra-pitadiavany azy, sy avy eo dia tsy maintsy apodiny agny aminazy zay.³ Tokony manao taka anizay amin'ny apondrany agnao; tokony manao anizay amin'ny fitafiany agnao; de tokony manao tahaka anizay amin'ny raha ny Israelita namanao very aby hany koa agnao, ny rahany ze very ko hitanao; tsa tokony manitrika ny tegnanao agnao.⁴ Tsa tokony mijery ny apondran'ny Isiraelyita namanao na ny ômbiny migietraka amin'ny lalagna ko manitrika ny tegnanao amin-dreo agnao; tokony magnampy azy hiarigna ndraika agnao.⁵ Tsa tokony hitafy ny fitafian'ny lililahy ny apela, de tsa tokony manao fitafian'apela reo ny lililahy; fa na ia na ia manao anireo de fanevatevana an'i Yaveh Andriamagnitsareo zay.⁶ Lehe misy tragnomborogna hitanareo agny an-dalagna, agny amin'ny hazo aby na agny amin'ny tany, miaraka amin'ny zanany na atody ao agnatiny, de ny reniny mipetraka eo amin'ny zanany na ny atody, de tsa tokony hangalaka ny reniny miaraka amin'ny zanany agnao.⁷ Tokony hamela ny reniny handeha agnao, fa ny zanany de afaka alainao ho anao. Akatoavo zay beko zay mba ho lavorary aminao zay, de mba hahalava ny andronao.⁸ Sy efa magnorigna tragno vaovao agnao, de asio aro-fanigna ny tafonao mba tsa hitondranao rà ao an-dragnonao lehe misy ona migietraka hateo amizay.⁹ Tsa tokony hamboly ny tanimboaloboka miaraka amin'ny karazana voa roa agnao, mba tsa halain'ny toerana masina ny vokatsa aby, ny voa ze nafafinao de vokatsy ny tanim-boaloboka.¹⁰ Aza miasa tany amin'ny ômby sy apondra ndray miaraka agnao.¹¹ Aza mitafy lamba vita tamin'ny volon'ondry sy rongony miaraka.¹² Magnamboara somots'aviavy eo amin'ny zorony efatsa amin'ny akanjo lava ze anaovanao.¹³ Lehe misy lililahy raika mangalaka vady, miara-matory amin'ny, de sy avy eo de tsa te anazy,¹⁴ sy magnendrikendrika anazy amin'ny raha mahamegnatsa de manao ratsy laza anazy, sy mitarogna hoe: 'Nangalaka anizay apela zay aho, fa sy efa nagnatogna mariny anazy aho, de tsa hagnaporofy ny maha virijiny anazy.'¹⁵ De tsy maintsy mangalaka porofy ny amin'ny maha virijiny anazy ho an'ny loholona ao amin'ny vavahadin'ny tanàna ny ray sy ny renin'ny apela.¹⁶ Ny rain'ny apela de tsy maintsy mitarogna amin'ny lohologna hoe: 'Nagnome ny zanako vavy ho vadin'izay lililahy zay aho, ko tsa tiàny i.'¹⁷ Io, nagnendrikendrika anazy tamin'ny raha mahamegnatsa i, de nilaza hoe: "Tsa hitako tamin'ny zanakareo vavy ny porofy ny maha virijiny azy." Kanefa ity ny porofy ny maha virijiny zanako vavy.' Sy avy eo reo de hamelatsa ny fitafiany eo agnatrehany loholon'ny tanàna.¹⁸ Tokony hangalaka anio lililahy io ny loholon'ny tanàna de hagnasazy anazy,¹⁹ de tokony hapagnonitsa anazy sekely volafotsy zato reo, de hagnome anizay ny rain-drakialavavy, satria nanao ny ratsy laza tamin'ny virijinin'Isiraely raika ny lililahy. Tsy maintsy ho vadiny i; de tsa afaka ny hisaraka aminazy mandritsa ny andro aby.²⁰ Fa lehe marina zay raha zay, fa ny porofy maha-virijiny de tsa hita tao amin-drakialavavy,²¹ de tsy maintsy hitondra an-drakialavavy angny amin'ny tragnon'ny rainy reo, de ny lililahy eo an-tanàna de hitora-bato anazy ho maty, satria nanao raha mahafandriandriagna tagny Isiraely i, tamin'ny fanaovana fihetsika tahaka ny apela makorelila tao an-dragnon-drainy; de hagnala ny ratsy eo amin'areo agnareo.²² Lehe misy lililahy tratsa miara-matory amin'ny apela manambady lililahy raika hafa, de tsy maintsy ho maty i roa, ny lililahy ze niara-matory tamin'ny apela sy ny apela mahitsy; de hagnala ny ratsy eo aminao agnao.²³ Lehe misy apela virijiny raika, mivady amin'ny lililahy raika, de lililahy raika hafa mahatratsa anazy ao amin'ny tanàna ko miara-matory aminazy,²⁴ de alao ho agny agny amin'ny vavahadin'ny tanàna i roa, ko toroaho vato ho maty. tsy maintsy mitoraka ny apela agnao, satria nitomagny i, neko de tao amin'ny tanàna aza. Tsy maintsy mitoraka ny lililahy agnao, satria nandika ny vadin'ny piara-belogna aminazy i; de hagnala ny ratsy eo aminao agnao.²⁵ Fa lehe tratsan-dra lililahy agny atanimboly ra kiala vavy efa fofom-badin'ona, ko lehe tanany i de miara-matory aminazy, de ny lililahy miara-matory amin'azy hany roa tsy maintsy ho maty.²⁶ Fa ny apela ny apela tsa hanaovanao na ina na ina; tsa misy heloka miendrika fahafatesana amin-drakialavavy. Fa zay tranga zay de tahaka ny lililahy raika

manafika ny piara-belogna aminazy sy mamono anazy.²⁷ Fa hitany tagny atanimboly i; nikiakiaka mahery lay fofom-badin'ona, kanefa tsa nisy ona afaka namonjy anazy.²⁸ Lehe misy lihilahy mahatratsa apela virijiny raika nefa vônà tsa fofombadin'ona, de lehe tanany sy miara- matory aminazy i, ko tratsa reo,²⁹ de tsy maintsy magnome sekely volafotsy dimapolo ami rain-drakialavavy ny lihilahy niara-natory tamin'azy, de tsy maintsy vadin-drakialavavy, satria nagnala baraka anazy i. Tsa tokony hisaraka aminazy i mandritsany andro aby.³⁰ Tsa tokony mangalaka ny vadin-drainy ho anazy manokagna ny lihilahy raika; tsa tokony mangalaka ny zon'ny fanambadian'ny rainy i

Chapter 23

¹ Tsa misy lihilahy maratsa tamin'ny fagnalana na ny fanapahana ny filahiany afaka hiditsa ao amin'ny fiangonan'i Yaveh.

² Tsa misy zaza sary afaka ho isan'ny fiangonan'i Yaveh; ko zizika hatramin'ny taranaka fara-mandimbiny fahafolo, tsa hisy ho isany fikambagnan'i Yaveh reo.³ Ny Amonita sy Moabita de tsa ho isan'ny fiangonan'i Yaveh; ko hatramin'ny taranaka fara-nmandimby fahafolo, tsa hisy ho isan'ny fiangonan'i Yaveh reo.⁴ Zay satria tsa nitsena anareo tamin'ny mofo sy rano tegny amin'ny lalagna nienganareo hatagny Egypta reo, de satria nagnakarama an'i Balama zanaka lahin'i Beora avy tagny Petora agny Arama Naharaima hanoherana anao reo, mba hagnozogna anao.⁵ Fa Yaveh

Andriamagnitsao de tsa hieno an'i Balama; fa zao,navadik'i Yaveh ho fitahiana ho anao ny ozogna, satria tiàn'i Yaveh Andriamagnitsao agnao.⁶ Tsa tokony hiady ny fiadagnany na ny fagnambinan-dreo mihintsy agnao, mandritsany andro-piagnanao aby.⁷ Tsa tokony hankahala edomita agnao, satria rahalahinao i; tsa tokony hankahala Egyptiana agnao, satria vahiny tagny amin'ny taniny agnao.⁸ Ny taranaka avy amin'ny taranaka fahatelo ze naterakan-dreo de mety ho anisan'ny fiangonan'i Yaveh.⁹ Lehe mandeha tahaka ny tafika manohitsa ny fahavalonao agnao, de tokony hitandrigna ny tagnanao amin'ny raha ratsy aby.¹⁰ Lehe misy lihilahy tsa madio noho ze nitranga tamin'ny aligna eo aminao, de tokony hienga ao amin'ny tobin'ny tafika i; tsa mahazo mipody ao amin'ny toby koa i.¹¹ Sy efa avy ny hariva, de tokony hanasa ny tagnany amin'ny rano i; sy efa milentika ny masoandro, de hipody ao amin'ny toby i.¹² Tokony hanagna toerana hafa agny

ivelan'ny toby koa aganao ze handihiananao;¹³ de hanagna raha ao amin'ny fitaova-piasanao agnao mba handavahana; sy efa mitingitingigna manao maloto agnao, de tokony handavaka amizay de sy avy eo magnapody ny tany de manototsa anizay nienga ny avy tao aminao.¹⁴ Satria Andriamagnitsa de mandeha egny agnison'ny tobinao mba hagnome fandresena ho anao sy hanolotsa ny fahavalonao aminao. Noho izay de tokony ho masina ny tobinao, mba tsa hahitany raha tsa madio eo aminao ko hivadika aminao.¹⁵ Ny andevo ze nilefa tagny amin'ny topony de tokony tsa hipody agny aminazy.¹⁶ Avilao i hitoatsa aminao, na aia na aia tanàna fidiany. Aza apijaliana i.¹⁷ Tsa tokony hisy pijangajanga amin'ny fanopoatsampy eo amin'ny zanaka vavin'Isiraely, na hoe hisy pijangajanga eo amin'ny zanaka lahin'Isiraely.¹⁸ Ny karaman'ny pivarotegna na karaman'amboa de tsa tokony hoferina hiditsa ao andragon'i Yveh Andriamagnitsao mba hagnaterana voady; satria samy fahavetavetana amin'ny Yaveh Andriamagnitsao reo.¹⁹ Tsa tokony hangalaka tombony amireo Isiraelita namanao agnao sy efa mapindragna_ tombony amin'ny vola, tombony amin'ny hanina, tombony na aminina na minina napindramina hangalàna tombony.²⁰ Mety hapindragna hangalàna tombony agnao amin'ny vahiny; fa amin'ny Isiraelita namanao de tsa tokony hapindragna hangalàna tombony agnao, mba hitahian'i Yaveh anao amizay aby amitrahanao ny tagnana, ao amin'ny tany aby ze hanjary fanagnanao.²¹ Sy efa manao voady amin'i Yveh

Andriamagnitsao agnao, de tsa tokony hivagnavagna amin'ny fagnataterahana anizay, satria azo antoka fa ho takian'i Yaveh Andriamagnitsao aminao zay; ho fahotana ho anao ny tsa fagnataterahana anizay.²² Fa lehe hanindry fo agnao amin'ny fanaovana voady, de tsa fahotana ho anao zay.²³ Ny tarogna ze lazain'ny vavanao de tandremo sady tateraho; arak'izay voady nataonao tamin'i Yaveh Andriamagnitsao, na ina na ina napagnatigniana maimaipoagna tamin'ny vavanao.²⁴ Sy efa mandeha agny amin'ny tanim-boaloboky ny piarabelogna aminao agnao, de mety ihinana voaloboka betsaka araka izay mety irinao, fa aza asiana ny harognao.²⁵ Sy efa mandeha agny amin'ny tanimbarin'ny piara-belogna aminao agnao, de mety hitango fehimbary amin'ny tagnanao, fa aza asiana mesa famiràna ny fehimbary ny piarabelogna aminao.

Chapter 24

¹ Lehe misy lihilahy magnalaka vady ko manambady anazy, de lehe tsa mahita sitraka eo imason'ny apela satria nahita raha tsa nety taminazy i, de tsy maintsy mametraka taratasy fanamarihana fisaraha-panambadiana aminazy i, ataovo eo apelatagnany zay de roaho hiala tao andragony i.² Sy efa niala tao andragony i, de afaka mandeha sy ho vadin'ny lihilahy hafa.³ Lehe tsa te anazy koa ny lihilahy faharoa de hanoratsa taratasy fagnamarihana fisaraha-panambadiana, de apitraho eo apelantagnany koa zay, de roaho tao andragony i; na lehe maty ny vadiny faharoa, ny lihilahy ze nangalaka anazy ho vady_ ⁴ de afaka tsa mangalaka vady anazy koa ny vadiny voalohany, ze voalohany nandroaka anazy, sy efa voaloto i. Aza manao ze mahatonga ny tany ho meloka agnao, de ny tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao ho lova.⁵ Lehe misy lihilahy vô napaka-bady, de tsa tokony handeha agn'ady miaraka amin'ny tafika i, na bekoana hanao asa aterivozogna; ho afaka mitoatsa ao andragony mandritsa ny heritaogna de hapifaly ny vadiny vô napiakarin'ny i.⁶ Tsa misy lihilahy mangalaka fikosoham-bary nany vatony ambony ho antoka, satria zay de mangalaka ny ain'ona ho antoka.⁷ Lehe misy lihilahy tratsa nangalaka an-kriny ny raika amin'ny ralahiny ze eo amin'ny vahoakan'Isiraely, sy manao anazy tahaka ny andevo de hivarotsa anazy, de tsy maintsy ho maty zay pangalatsa zay; de hagnafaka ny ratsy eo aminao agnao.⁸ Mitandrema amin'ny aretimandringan'ny habokana, mba afahanao magnaramaso soa sy magnaraka ny

toromarika aby ze namena anareo sy ze napianariny pisorogna, ny levita anareo; araka ny nandidiako an-dreo, de ho arahinareo. ⁹ Tsarovy ny nataon'i Yaveh Andriamagnitsao tamin'ny miriama sy efa avy hatagny Egipta agnareo. ¹⁰ Sy efa mapisambon-draha ny piara-belogna aminao agnao, de aza miditsa ao andragony mba hangalaka ny antokany. ¹¹ Hitsangagna ao ivelany agnao, de ny lihilahy ze napindraminao de hitondra ny antoka hienga eo aminao. ¹² Lehe lihilahy mahantra i, aza ferinao matory ny antokany. ¹³ Fa tsy maintsy apodinao agny aminazy ny antoka amin'ny fotoagna hilintehany masoandro, mba hafany matory ao agnaty lambany de hitahiany anao; ho fahamarinana ho anao eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsao izay. ¹⁴ Aza mapijaly ny panopoko nokaramaina ze mahantra sy ao agnatin'ny tsa fahapena, na zanakin'ny Isiraelita namanao, nany vahiny ze ao mabavahadin'ny tanànanao; ¹⁵ omeo anazy isan'andro ny karamany; aza avela ho tratsany masoandro milentika zay, satria mahantra i de magnategna anizay. Ataovo zay mba tsa hitaraignany agny amin'i Yaveh ny aminao, de mba tsa fahotana ho anao zay. ¹⁶ Ny ray aman-dreny de tsa tokony ho vonoana noho ny zanany, na ny zanaka ho vonoana noho ny amin'ny ray aman-dreniny. Fa zao, ny ona aby de tsy maintsy vonoana nohon'ny fahotany manokagna. ¹⁷ Tsa tokony hapiasa hery agnao mba hagnalana ny rariny amin'ny vahiny na ny kamboty, na hangalaka ny lambany pitondra tegna hatao antoka. ¹⁸ Fa zao, tsarovo fa agnao de andevo tagny Egipta, de i Yaveh Andriamagnitsao ro namonjy anao tagny. ¹⁹ Lehe mila ny vokatsao amin'ny sahanao agnao, de lehe magnadigno amboara raika tagny atanimboly, de aza mipody mangalaka anizay; avilao ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty de ho an'ny pitondra tegna zay. mba hitahian'i Yaveh Andriamagnitsao anao amin'ny asan'ny tagnanao aby. ²⁰ Sy efa magnitsagna ny hazo ôlivanao agnao, de aza mipody mitsipogna anireo egny amin'ny sapany koa; ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, de ho an'ny pitondra tegna zay. ²¹ Sy efa mamory ny voaloboka egny amin'ny tanim-boaloboka agnao, de aza mitsipogna anizay koa. fa ze sisa tavela de ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, de ho an'ny pitondra tegna. ²² Tsarovo fa andevo tagny amin'ny tany Egipta agnao; noho izay magnanatsa anao hankato anizay didy zay aho.

Chapter 25

¹ Lehe misy fifamaliana eo amin'ny lihilahy ko mandeha agny amin'ny fitsarana i, de tsarain'ny pitsara reo, de ho afahan-dreo madiodio ny marina de ho melohina ny ratsy fagnahy. ² Lehe mendrika ny ho ziraina ny meloka, de ho apatorian'ny pitsara i de ho ziraina eo agnilany miaraka amin'ny isan'ny zera voatondro, araka ny helony. ³ Mety hagnome zera efapolo ho anazy ny pitsara, kanefa tsa afaka mihoatsa anio isa io i; satria lehe magnome anio isa io i ko manjera anazy be loatsa, de ho afa-baraka agnilan'ny Isiraelita namanareo. ⁴ Aza magnakombogna ny vavan'ômby sy efa mamofobary i. ⁵ Lehe misy pirahalalahy miara-mitoatsa de maty ny raika amin-dreo, ko tsa mananjanaka lihilahy, de tsa mahazo manambady ona ivelan'ny fianakaviana ny vadin'ny lihilahy maty. Fa zao, tsy maintsy miara-matory amin'ny zaodahiny ko magnalaka anazy ho vady, de manao ny adidy ny amin'ny maha-zaodahy azy. ⁶ Izay de hahombiazany teraka voalohany ze noferiny tao ankibony amin'ny agnarany rahalahin'io lihilahy io ze maty, mba tsa ho levogna ao Isiraely ny agnarany. ⁷ Fa lehe tsa manapagniriana ny hangalaka ny vadin'ny rahalahiny ho anazy ralihilahy, de tsy maintsy mandeha agny amin'ny vavahady agny amin'ny lohologna ny vadin'ny rahahiny de mitarogna hoe: 'Ny zodahiko de manda ny hagnome agnarana ho an'ny rahahiny eto Isiraely; tsa hanao ny adidin'ny zodahy aminahy i.' ⁸ Sy avy eo ny lohologna eo an-tanànanany tsy maintsy mangaika an-dreo hiresaka aminazy. Fa lehe atao hoe: ' Tsa manapagniriana hangalaka anazy aho.' ⁹ Sy avy eo ny rahalahiny de tsy maintsy magnatogna anazy eo alohany lohologna, magnala ny kapa egny atongony, de mandrora eo amin'ny tarehiny. Tsy maintsy mamaly anazy i de mitarogna hoe: ' Tahaka anizay ny atao amin'ny lihilahy ze tsa magnorigna ny tragnon'ny rahahiny.' Ny agnarany de ho akehina ao Isiraely hoe: ' ¹⁰ Ny tragnony nalaina ny kapany.' ¹¹ Lehe miady ny lihilahy, de avy ny vadin'ny raika mba hangavotsa ny vadiny egny an-tagnan'ize namely anazy, de lehe magninjitsa ny tagnany ko mandray anazy agny amin'ny filahiany i, ¹² de tsy maintsy tapahanao ny tagnany; tsa tokony hanagna ny famindrano ny masonao. ¹³ Tsa tokony hanagna vato mozagna samihafa agnao ao agnaty sandrifinao, ny kely sy lihibe. ¹⁴ Tsa tokony hangna fandrifesana samihafa agnao ao andragonao, ny kely sy lihibe. ¹⁵ Vatomizagna tonga lafatsa sy marina ro tokony hanagnanao, mba ho lava ny andronao ao amin'ny tany ze omen'i Yaveh Andriamagnitsao anao. ¹⁶ Fa reo ze manao raha tahak'zany, ny rehetra ze manao fihetsika tsa apahamarinana, de fahavetavetana eo anatrehan'i Yaveh Andriamagnitsao.

¹⁷ Tadiodio ze nataon'i Amalekita anao tegny andalagna si nienga tao Egipte agnareo, ¹⁸ ny fomba nihaognany taminao tegny andalagna sy ny nanafihany ny sasany taminao taty afara, reo aby ze osa tafaranao, lefa vizaka sy reraka agnao; tsa nagnome voninahitsa an'Andriamanitra i. ¹⁹ Noho zany, lefa nomen'i Yaveh Andriamagnitsao fitsaharana tamin' reo fahavalo nagnodidigna anao agnao, tao amin'tany ze nomen'i Yaveh Andriamagnitsao agnao mba ho lova, de tsa tokony hadignoinao fa tsy maitsy mamono ny fahatsiahivana andreo Amelekita eo ambany laagnitsa agnao.

Chapter 26

¹ Lefa avy agny amin'ny tany ze homeni'i Yaveh Andriamagnitsao ho lovanao agnao, de lefa hazanao sy honegnanao zay, ² tsy maitsy alainao ny sasany amin'ny voaloham-bokatsa aby eo amin'ny tany ze nomen'i Yaveh Andriamagnitsao. Tsy maitsy hataonao ao agnaty harogna zay de ho roso agny amin'ny toerana ze notondroan'i Yaveh Andriamagnitsao ho fitoerany masina agnao. ³ Tsy maitsy roso agny amin'ny pisorogna ze hanopo amin'io andro io agnao, de hitarogna aminazy hoe: 'magneky an'i Yaveh Andriamagnitsao aho zao fa iaho de amin'ny tany ze nianiagnan'i Yaveh tamin'ny razatsika reo mba homena atsika.' ⁴ Tsy maitsy halain'ny pisorogna eo atagnanao ny harogna de hapetrany manoloan'ny

alitaran'i Yaveh Andriamagnitsao .⁵ Tsy maintsy mitarogna eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsao agnao hoe: 'Syrianina mandehandeha ny razambeko. Nandeha tagny egypta i de niegnina tagny, de vitsy anisa ny vahoakany. Tagny ro nahatonga anazy ho lihibe, nahery, de firenena be ona.⁶ Ratsy fitondra sy napijaly atsika ny Egyptiana. Napanaoviny ny asany andevo tsika.⁷ Nitaraigna tamin'ny Yaveh, ny Andriamagnitsy ny razantsika tsika. de ren'y ny feotsika sady hitany koa ny alahelontsika, ny asatsika, de ny fijaliantika.⁸ Noferin'i Yaveh hatagny Egipta tamin'ny tagnana mahery tsika, tamin'ny fanginjirana sandry, sy taminy fapatahorana lihibe, tamin'ny famantarana, de tamin'ny fahagagana;⁹ de I nitondra antsika tamity toerana ty sy nagnome antsika ity tany ty, de tany ze tondra-dronono sy tately.¹⁰ Io amizao, mitondra ny voaloham-bokatsa ny tany ze namenao, Yaveh, anahy aho. 'Tsy maintsy apetrakao eo ambany mariny an'i Yaveh Andriamagnitsao zay de manaova fanopoam-pivavahana eo alohany;¹¹ de agnao tsy maintsy mifaly ny amin'ny raha soa ze nataon'i Yaveh Andriamagnitsao taminao, tamin'ny akohonanao _ agnao, sy ny levita, de ny pivahiny eo aminao¹² Sy efa manolotsa ny apahafolony vokatsao aby tamin'ny taogna fahatelo aganao, ze, taognan'ny apahafolokarena, de tsy maintsy homenao an'ny levita zay, ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, sy ho an'ny pitondra tegna, mba hafahan-dreo mihinana ao agnatin'ny vavahadin'ny tanànanao ko ho voky.¹³ Tsy maintsy milaza eo alohan'i Yaveh agnao hoe: 'Noferiko nienga ny tragno ny raha ze an'i Yaveh, de nameko ny levita, ny pivahiny, ny tsa manan-drainy, sy ny pitondra tegna, araka ny didinao aby ze namenao anahy. Tsa nisy nodikiaiko ny didinao, na nataoko hadigno reo.¹⁴ Tsa nihinana tamizay aho nandritsa ny fisaognako, na nataoko tegny ho egn'y tamin'ny andro ny fahalotoako, na nameko ho fahan-kanina hagnaja ny maty. Nihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao Aho; nakatoaviko aby ze nandidiana anahy mba hataoko.¹⁵ Mijire ambany hategny amin'ny toerana masina ze hitoeranao, hategny an-dagnitsa, de tahio ny Isiraely vahoakanao, sy ny tany ze namenao anay, arak'izay nianiagnanao tamin'ny razanay, de tany tondra-dronono sy tately.¹⁶ Androany Yaveh Andriamagnitsao de mandidy anao mba hakato ny lalàna sy didy reo; noho izay de hitandrigna anireo agnao de hagnaraka anizay amin'ny fonao manotolo sy ny fagnahinao manotolo.¹⁷ Nanao filazana agnao androany fa Yaveh de Andriamagnitsao, ko handeha amin'ny lalany agnao de hitandrigna ny fitsipiny, ny didiny, de ny lalàny, de hieno ny feony agnao.¹⁸ Androany i Yaveh de manao filazana fa agnao de vahoaka ze anazy manokagna, arak'izay napagnatigniany anao, de agnao de natao hitandrigna ny didiny aby,¹⁹ de ho ataony ho ambony mihoatsa aby amin'ny firenena ze nataony agnao, de agnao de agnao de hahazo dera, laza, de voninahitsa. Ho vahoaka voatokagna ho an'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, arak'izay nolazainy."

Chapter 27

¹ Mosesy sy ny loholon'Isiraely nandidy ny vahoaka de nitarogna hoe: " Tandremo aby ny didy ze nandidiako anareo androany. ² Sy efa hiapita an'i jordana agnareo ndraik'andro agny ho agny amin'ny tany ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao anao, de tsy maintsy hametraka vato lihibe betsabetsaka agnao de handalotsa anireo amin'ny sokay. ³ Tsy maintsy soratanao ao aminio ny tarogna aby amin'ity lalàna ty sy efa tafita agnao, mba ho tafiditsa ao amin'ny tany ze namen'i Yaveh anao agnao, de tany tondra-dronono sy tately, araka ny efa napagnatignian'i Yaveh, ny Andriamagnitsiny razambenao. ⁴ Sy efa tafita ny Jordana agnareo, de hatsanganareo ny vato ze handidiako anareo androany, ao atendrombohity Ebalà, de laloro sokay reo. ⁵ Ao ro tsy maintsy agnorenareo alitara ho an'i Yaveh Andriamagnitsao, alitara vita tamin'ny vato; kanefa aza mapiasa fitaovana vy hiasana ny vato. ⁶ Vato tsa noziraina ro tsy maintsy hagnamboaranao ny alitaran'i Yaveh Andriamagnitsao; tsy maintsy hanao fagnatitsa dorana ho an'i Yaveh Andriamagnitsao eo aminio agnao, ⁷ de hanao sorogna fagnati-pihavagnana agnao ko hihinana ao. Hifaly eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsao agnao. ⁸ Hosoroatanao feno eo amireo vato reo ny tarogna aby amin'ity lalàna ty." ⁹ Mosesy sy ny pisorogna, niresaka tamin'ny Isiraely aby, nanao hoe: " Mangina, de mihienoa, ry Isiraely: Androany de efa avy ny vahoakan'i Yaveh Andriamagnitsao agnao. ¹⁰ Noho izay de tsy maintsy mankatò ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, de mankatò ny lalàny ze handidiako anao androany." ¹¹ Taminio andro io hiany de nandidy ny ona i Mosesy de nitarogna hoe: " ¹² Ireto foko reto ro tsy maintsy hitsangagna eo atendrombohity Gerizima mba hitso-drano ny ona sy efa tafita ny Jordana agnareo: Simeona, Levy, Joda, Isaka, Josefa, de Benjamina. ¹³ Ireto foko reto ro tsy maintsy hitsangagna eo amin'ny Tendrombohitsa Ebalà mba hanognona ozogna: Robena, Gada, Asera, Zebolona, Dana, de Naftaly. ¹⁴ Hamaly ny Levita de hitarogna amireo lihilahin'Isiraely aby amin'ny feo ambony hoe: ¹⁵ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy manao sarin-draha voatsikotsa na sarin-draha an'idina, ze fahavetavetana amin'i Yaveh, ny asa tagnana, sy ze manangagna ze mangingina.' de ny vahoaka aby hamaly de hilaza hoe: 'Amena.' ¹⁶ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze manao tsinotsinona ny rainy sy ny reniny.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ¹⁷ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze mamindra ny maritanin'ny piray vadirindrigna aminazy.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ¹⁸ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze mamery lalagna ny jamba.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ¹⁹ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze mapiasa hery mba hazahoana ny rariny ze tokony ho an'ny vahiny, ny kamboty, na ny pitondra tegna.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²⁰ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze miara-mandry amin'ny vadiny rainy, satria nangalatsa ny zo ny rainy i.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²¹ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze miara-matory ami'ze mety karazam-bibidia.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²² 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze miara-matory aminy anabaviny, ny zanaka avavin'ny rainy, na ny zanaka vaviny reniny.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²³ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze miara-matory amin'ny rafozam-baviny.' de ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²⁴ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze mamono amangina ny piray vadirindrigna aminazy.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.' ²⁵ 'Ho

Chapter 28Lehe mihieno soa ny tarogn'i Yaveh Andriamagnitsao agnao sady mitandrigna ny didiny aby ze handidiako anao androany, de hametraka anao amboniny firenena hafa aby Yaveh Andriamagnitsao.

voaozogna anie ny lihilahy ze mandray kolikoly hamonoana ona tsa meloka.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.'
²⁶ 'Ho voaozogna anie ny lihilahy ze tsa magnamafy ny taron'ity lalàna ity,fa hankatò an-dreo i.' De ny vahoaka aby hitarogna hoe: 'Amena.'

Chapter 28Lehe mihieno soa ny tarogn'i Yaveh Andriamagnitsao agnao sady mitandrigna ny didiny aby ze handidiako anao androany, de hametraka anao amboniny firenena hafa aby Yaveh Andriamagnitsao.

² Reo fitahiana aby reo de ho avy aminao de hahatratsa anao, lehe mihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao. ³ Ho tahiana agnao an-tanàna, de ho tahiana agnao agny atsaha. ⁴ Ho tahiana ze naterakao, sy ny vokatsy ny taninao, de ny zanaky ny bibinao, ny fitomboan'ny biby fiompinao, de ny zanaky ny ondry aman'osinao. ⁵ Ho tahiana ny harogna sy ny lovia fanaova-mofonao. ⁶ Ho tahiana agnao lehe miditsa, de ho tahiana agnao sy mienga. ⁷ Hahatonga ny fahavalonao ze mitsangagna manohitsa anao ho resy eo alohanao Yaveh; Hienga hanohitsa anao amin'ny lalagna raika i reo nefa hilefa eo alohanao amin'ny lalagna fito. ⁸ Handidy ny fitahiana ho avy eo aminao ao amireo fahitsao sy amize aby kasihin'ny tagnanao Yaveh; hitahy anao agny amin'ny tany ze omeny anao I. ⁹ Hagnorigna anao ny vahoaka ze voatokana ho anazy Yaveh, tahaka ny efa nianiagnany taminao, lehe mitandrigna ny didin'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, de mandeha amin'ny lalany. ¹⁰ Ireo vahoaka aby eto an-tany de hahita fa agnao de nakehina tamin'ny agnaran'i Yaveh, de hahatahotsa anao reo. ¹¹ Hanao anao ho panan-karembe amin'ny zanakao, amin'ny vokatsy ny taninao, amin'ny tany ze nianiagnany tamireo razagnao homena anao Yaveh. ¹² Hamoha ho anao ny tragno fitehirizany agny an-dagnitsa mba hagnome oragna ho an'ny taninao amin'ny fotoagnany, sy mba hitahy ny asany tagnanao aby i Yaveh; hapisambotsa ny firenena betsaka agnao, fa tsa hisambotsa. ¹³ Hanao anao ho lohany, sady tsa ho rambony i Yaveh; ho ambony hiany agnao, fa tsa ho ambany mihitsy, lehe mihieno ny didiny Yaveh Andriamagnitsao ze handidiako anao reo androany, de mitandrigna sy manao anireo, ¹⁴ sady lehe tsa mivily amireo tarogna ze nandidiako anao androany reo agnao, amin'ny havagnana sy amin'ny havia, de magnaraka anireo andriamani-kafa mba hanompo an-dreo. ¹⁵ Fa lehe tsa mihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, de mitandrigna ny didiny sy ny lalàny ze handidiako anao androany, de ho avy aminao aby reo hozogna reo de hahavoa anao. ¹⁶ Hozognina agnao an-tanàna, de hozognina koa agnao agny atsaha. ¹⁷ Hozognina koa ny ao amin'ny lovia fanaova-mofo. ¹⁸ Hozognina ze naterakao, ny vokatsy ny taninao, ny fitomboan'ny biby fiopinao, de ny zanaky ny ondrinao aman'osinao. ¹⁹ Hozognina agnao lehe miditsa, de hozognina agnao lehe mienga. ²⁰ Yaveh handefa ny ozogna reo aminao, fisafotofotoana, de reo fitarognana mafy amizay aby kasihan'ny tagnanao, mandrapaharinganao, de mandrapahafatinao malaky noho ireo asa ratsinao ze hahafazananao Anahy. ²¹ Hapifikitsa ny areti-mandringagna aminao mandra-pandringany anao aminity tany ze ho azonao i Yaveh. ²² Hamely anao amin'ny areti-mifindra, amin'ny tazo, amin'ny fanaitaigana, de amin'ny hafanana mai-tany sy mandoro, de amin'ny mahamay sy maty fotsy i Yaveh. Hagnenjika anao mandra-pahafatinao reo. ²³ Ny lagnitsao ze ambonin'ny lohanao de ho varahogna, de ny tany ho ambaninao de ho vy. ²⁴ Hanao ny orany taninao ho fasika sy vovoka i Yaveh; hatagny andagnitysa ro hidignan'izay aminao, mandra-paharinganao. ²⁵ Hahatonga anao ho resy eo alohan'ny fahavalonao i Yaveh; hienga amin'ny lalagna raika hanohitsa an-dreo agnao nefa hilefa eo alohandreo amin'ny lalagna fito. Hisamboaravoara eto sy aroa ao amin'ny fanjakany tany aby agnao. ²⁶ Ny fatinao de hanina ho an'ny vorogna hategny an-dagnitsa aby sy ho an'ny bibin'ny tany; tsa hisy na ia na ia hapatahotsa anireo. ²⁷ Yaveh hamely anao amin'ny bain'i Egipta sy amin'ny fery, fahabokana, de lailay, de tsa ho sitragna amizay agnao. ²⁸ Yaveh hamely anao amin'ny fahavireza-tsaigna, amin'ny fahajambana, de amin'ny fikorotagna-tsaigna. ²⁹ Hitsapatsapa amin'ny atoandro tahaka ny jamba mitsapatsapa amin'ny maizigna agnao, de tsa hoambninina amin'ny lalagna agnao; hapahoriana sy hapijaliana hiany agnao, de tsa hisy na ia na ia hamonjy anao. ³⁰ Hanjary pifamofa amin'ny apela agnao, nefa ny lihilahy hafa hisambotsa anazy sady hagnolagna anazy. Hagnamboatsa tragno agnao nefa tsa hitoatsa ao amizay; hanao tanim-boaloboka agnao nefa tsa hitango ny vokatran'izay. ³¹ Ho vonoana eo alohanao ny ombinao, nefa tsa hihinana ny henan'izay agnao; halaina an-keriny eo alohany masonao ny borikinao de tsa hapody aminao. Homena ny fahavalonao ny ondrinao, de tsa hanagna na ia na ia hagnampy anao agnao. ³² Ny zanakao lahy sy ny zanakao vavy de homena olo-kafa; hitadia an-dreo tololo andro ny masonao, nefa tsa hahavita hiandry an-dreo. tsa hisy hery eo an-tagnanao. ³³ Ny vokatsy ny taninao sy ny asanao aby__ firenena ze tsa fantatsao ro hihinana anizay; hapahoriana sy hopotehina mandrakariva agnao, ³⁴ mba hahatonga anao ho very saigna noho izay raha mitranga hitanao. ³⁵ Yaveh hamely anao amin'ny bay mahery amin'ny lohalika sy tongotsa de tsa ho sitragna amizay agnao, hatragny amin'ny faladianao ko zizik'agny atapon-dohanao. ³⁶ Yaveh hitondra anao sy ny panjaka ze hapetrakao aho an'ny tegnanao ho agny amin'ny firenena ze tsa fantatsao, na agnao na ny razanao; hanopo ny andriamani-kafa hazo sy vato ao agnao. ³⁷ Hanjary loharanon'ny horohoro, ohabolagna, sady oha-pitarognana, eo amin'ny vahoaka aby ze handroahany Yaveh anao agnao ³⁸ Hamboly voa betsaka eo atanimboly agnao, kanefa voa kely ro hovoriana ao, satria ny valala de handany anizay. ³⁹ Hanao tanimboaloboka agnao de hamboly amireo, nefa tsa mba hisotro amin'ny dovoay, na hagnangogna ny voaloboka akory, satria ny kakana ro hihinana anizay. ⁴⁰ Hanagna hazon'oliva ao agnatin'ny faritaniana aby agnao, nefa tsa hagnosotsa amin'ny tegnanao, satria ny hazon'oliva de hagnitsagna ny voany. ⁴¹ Hanan-janaka lahy sy zanaka vavy agnao, nefa tsa hiegnina ho anao reo, fa handeha agny amin'ny fahababoana. ⁴² Ny hazonao aby sy ny vokatsy ny taninao__ny valala ro handany anizay. ⁴³ Ny vahiny ze ho eo aminao de hisandratsa ambony de amboninao; agnao tegnanao de hidigna ambany de ambany. ⁴⁴ Hapanambotsa anao i, nefa agnao tsa hapisambotsa anazy; ho lohany i, fa agnao ho rambony. ⁴⁵ Ny ozogna aby reo de ho avy aminao sy handodotsa de hahatratsa anao mandra-

paharingana anao. Hitranga zay satria tsa nihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, sady tsa nitandrigna ny didiny sy ny fitsipiny ze nandidiany anao.⁴⁶ Ny ozogna reo ho aminao ho famatarana sy fahagagana, de ho amin'ny taranakao mandrakizay.⁴⁷ Satria agnao tsa nanompo an'i Yaveh Andriamagnitsao tamin-kafaleana sy fifalian'ny fo aby sy efa tao agnatiny fagnambinana anao,⁴⁸ noho izay de hanompo anireo fahavalo ze halefan'Andriamagnitsa hanohitsa anao agnao; hanompo andreo amin'ny hanoanana, amin'ny hetaheta, amipitanjahana, de ami-pahatrana agnao. Hametraka zioga vy eo ambozonao mandra-pandringanany anao i.⁴⁹ Yaveh de hitondra firenena hanohitsa anao hatagny lavitsa, hatagny amin'ny faran'ny tany, tahaka ny voromahery mitsidigna ho amin'ny hazany, firenena ze tsa fantatsao ny fitarognany; firenena⁵⁰ masiaka endrika ze tsa magnaja ny zokiologna sady tsa maneho sitraka ny tanora.⁵¹ Hihinana ny zanaky ny biby fiopinao sy ny vokatsy ny taninao mandra-paharingana anao i reo. Tsa hamela voa ho anareo, dovoay vaovao, na diloilo, ny zanaky ny biby fiopinao na ny an'ny ondry aman'osinao i reo, mandrapa-hafatiny anao.⁵² Hanao fahirano anao ao amireo vavahadin'ny tanànanao aby i reo, mandrapigietraka ny rindrigna ambony sy mafy ao antanànanao, reo rindrigna ze nitokisanao. Hanao fahirano anao ao amin'ny vavahadin'ny tanànanao aby manerana ny tany aby ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao anao reo.⁵³ Hihinana ny vokatsy ny vatanao hiany, ny nofon'ireo zanakao lahy sy ny zanakao vavy, ze namen'i Yaveh Andriamagnitsao anao agnao, eo amin'ny fahirano sy amin'ny fahoriana ze hataonireo fahavalonao eo aminao.⁵⁴ Ny lilihahy ze marefo sy tena malefaka eo aminareo__ de hialogna ny rahalahany sy ny zanany malalany, de reo zanaka aby navelany.⁵⁵ Ko tsa hagnome neko raika amin-dreo ny nofony zanany ze ho hoaniny i, satria tsa hanagna na ina na ina tavela ho an'ny tagnany amin'ny fahirano sy amin'ny fahoriana ze hataon'ireo fahavalonao aminao ao amireo vavahadin'ny tanànanao aby i.⁵⁶ Ny apela marefo sy malefaka eo aminao, ze tsa sahy mametraka ny faladia-tongony amin'ny tany nohon'ny faharefoana sy fahalefahana__ de hiaro ny vady malalany hiany i, ny zanany lahy, sy ny zanany vavy,⁵⁷ de ny zanany vo teraka ze mienga avy ao agnelagnelany tongony, sy ny zanaka ze haterany. Hihinana an-dreo mangingina i nohon'ny tsa fisian-draha hafa, mandritsa ny fahirano sy ny fahoriana ze hataonireo fahavalonao aminao ao amireo vavahadin'ny tanànanao.⁵⁸ Lehe tsa mitandrigna ny tarogna aby amizao lalàna ze voasoratsa ao amity boky ty zao agnao, de tsa magnaja ity agnarana be voninahitsa ity, Yaveh Andriamagnitsao,⁵⁹ de ho ataon'i Yaveh mahakamokamo ny areti-mandringanao, sy ny anireo taranakao; ho areti-mandoza reo, ze maharitsa ela, de aretina mahery, maharitsa ela.⁶⁰ Ho feriny aminao ndraika ny aretin'i Egipta aby ze natahoranao; hifikitsa aminao reo.⁶¹ Ny aretina sy ny areti-mandringanao aby ze tsa voasoratsa ao amin'ny bokon'ny lalàna ty hiany koa, reo hiany koa de ho ferin'i Yaveh aminao mandra-pahandringany anao.⁶² Avela ho kely isa agnareo, neko de tahaka ny kitany lagnitsa aza ny isanareo, satria tsa nihieno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo.⁶³ Tahaka ny nifalian'i Yaveh taminareo tagny aloha tamin'ny fanaovana ny soa ho anareo, ro hifaliany aminareo amin'ny famonoana anareo sy amin'ny fandringanany anareo. Hongotana amin'ny tany ze andihiananao mba hatao fanagnana agnareo.⁶⁴ Yaveh de hagnaparitaka anao eo amireo vahoaka aby egny amin'ny faran'ny tany raika zizika agny afarany tany hafa koa; agny agnao de hanompo andriamani-kafa ze tsa fantatsao, na agnao na ny razagnao, ny andriamagnitsa hazo sy vato.⁶⁵ Agny amireo firenena reo de tsa hahita fitoniana agnao, de tsa hisy fitsaharana ho anireo faladia-tongotsao; fa zao, hamen'i Yaveh fo torak'ovitsa, maso mitanondrika, de fagnahy malahelo agnao agny.⁶⁶ Hihatogna amin'ahiahy eo agnatrehanao ny fiaignananao; hatahatsa isa-kaliga sy isan'andro agnao de tsa hahazo antoka ny fiaignananao akory.⁶⁷ Amin'ny maraigana de hitarogna agnao hoe; 'Iriko mba ho ariva zao!' de amin'ny hariva de hitarogna agnao hoe: 'Iriko mba ho maraigana zao!' nohon'ny tahatsa ao aponao sy reo raha ze hoitan'ny reo masonao.⁶⁸ Yaveh hitondra anao ndraika agny Egipta amin'ny sambo, amin'ny lalagna ze nolazaiko taminao hoe: tsa hahita an'i Egipta koa agnao.' Hanolotsa ny teganareo ho varotsa agny amireo fahavalonareo tahaka ny panopo lahy sy vavy agnareo, nefa tsa hisy na ia na ia hividy anareo."

Chapter 29

¹ Ireo ny tarogna ze nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ho lazaina amin'ny vahoakan'Isiraely tagny amin'ny tany Moaba, tarogna ze nagnapena ny fagnikena ze nataon'ny tamin-dreo tao Horeba. ² Nakehin'i Mosesy ny vahoakan'Isiraely aby ko de zao ro nataony atamin-dreo: " Efa hitanareo aby ze nataon'i Yaveh tamin'i Farao teo agnilan'ny masonao tagny amin'ny tany Egipta, de tamireo panopony aby, sy tamin'ny tanin'ny aby__ ³ reo fahoriana lihipe ze hitan'ny masonao, reo famatarana, de reo fahagagana lihipe. ⁴ Fa zizika androany de tsa nagnome fo hahafatarana, maso hahitana, sofigna handrinesana ho anareo i Yaveh. ⁵ Efaolo taogna ro nitondrako anareo tagny agn'efitrsa, tsa niala taminareo ny akanjonareo, de tsa niala tami tongotsao ny kapanao. ⁶ Tsa nihinana mofo agnareo, tsa nisotro dovoay na raha hafa mahamamo, mba hafantaranareo fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo ⁷ Lehe avy tamity toerana ty agnareo, de nienga mba hiady amitsika, i Sihona, ny panjakan'i Hesbona, sy Oga, ny panjakany Basana, de lavotsika reo. ⁸ Nalaitsika ny taniny de namentsika ho lovan'ireo Robenita, sy Gadita, de ho an'ny atsasaky ny foko ny Manase zay. ⁹ Noho izay de tandremo reo tenin'ity fagnikena ty de ataovo zay, mba ho ambinina amizay ataonareo aby anie agnareo ¹⁰ Mitsangana agnareo androany, agnareo aby, eo anoloan'i Yaveh Andriamagnitsareo; ny lihibenareo, ny fokonareo, ny loholonareo, de ny manam-boninahitsareo__ny lilihahin'i Isiraely aby, ¹¹ ny zaza madinikareo, ny vadinareo, de ny vahiny ze ao aminao ao amin'ny tobinao, na ze manapaka ny hazonao hatramizay matsaka ny ranonao. ¹² Avy eto agnao mba hiditsa amin'ny fagniken'i Yaveh Andriamagnitsao sy amin'ny fianagnana ze hataon'i Yaveh Andriamagnitsao aminao agny, ¹³ ko hahatonga anao ho vahoakany I, de i ho Andriamagnitsao, arak'izay nolazainy taminao, sy arak'izay nianiagnany tamin'ny razanao, tamin'i Abrahama, tamin'i Isaka, de tamin'ny Jakoba. ¹⁴ Fa tsa aminareo hiany ro hanaovako anizao

fianiagnana sy fagnikena zao__¹⁵ de amize mitsangagna eo alohan'i Yaveh Andriamagnitsika miaraka amitsika eto androany__ fa amireo ze tsa miaraka amitsika eto androany hiany koa.¹⁶ Fantatsika ny fomba niaignatsika tagny Egypta, de ny fomba namakivakiansika ny firenena ze nandalovanareo.¹⁷ Efa hitanareo ny raha mahafandriandriagnan-dreo: de ny sampy hazo sy ny sampy vatony, volafotsy sy volamena, ze teo amin-dreo.¹⁸ Aoka tsa hisy eo aminareo na lililahy na apela, na fianakaviana, na foko ze mivily miala amin'i Yaveh Andriamagnitsika ny fony androany, ko handeha hanompo ny andriamagnitsy ny firenena reo. Aoka tsa hisy afaka mamboatsa raha mangidy na raha mamono eo aminareo.¹⁹ Koa lehe ren'izay ona zay ny tarogn'ity fagnozognana ity, de hitso-drano ny tegnany ao ampony i ko hanao hoe: ' Hanapiadagnana aho, neko de mandeha araka ny ditsany foko aza.' Izay de haharingagna ny legna miaraka amin'ny maigna.²⁰ De tsa hamela anazy i Yaveh, fa zao, hirehita amizay lililahy zay ny fahasosoran'i Yaveh sy ny fahasarotapiarony, de ho avy amin'ny ozogna aby ze voasoratsa agnatin'ity boky ity, sady ho fafan'i Yaveh tsa ho eo ambaniny lagnitsa ny agnarany.²¹ De ho atokan'i Yaveh ho egny ivelan'ny fokon'Isiraely aby amin'ny loza i, araka ny fagnozognana aby amin'ny fagnikena ze voasoratsa agnatin'ity bokin'ny lalàna ty.²² Ny taranaka ho avy, de ny zanaka ze handimby anareo, de ny vahiny hatagany atany lavitsa, de hitarogna sy efa hitan-dreo ny areti- mandringagna amin'ity tany ty sy ny aretina ze napahararian'i Yaveh zay__²³ De sy hitan-dreo fa hiova solifara sy sira mirehita ny tany manontolo, ze tsa namafazana na ina na ina hamoa voa, ze tsa misy raha mitsiry tahaka ny naharava ani Sodoma sy Gomoro, Adma sy jeboima, ze noravan'i Yaveh tamin'ny fahavignirany sy ny fahasosorany __²⁴ de hiara-hilaza amin'ny firene-kafa aby reo hoe: " Nahoana ro nanao anizao tamity tany ty i Yaveh? ina ro hevitsizao fahasiahana lihibe zao?"²⁵ De hitarogna ny vahoaka hoe: "Izao ro izy satria tsa nagnaraka ny fagniken'i Yaveh, ze nataony tamin-dreo tamin'ny nitondrany an-dreo nienga ny tany Egypta,²⁶ satria reo nanompo anriamani-kafa sady niakohofan-dreo, de ny andriamagnitsa ze tsa fantan-dreo sady tsa nameny ho an-dreo akory.²⁷ Noho izay ny fahasiahan'Andriamagnitsa de narehita tamity tany ty, ko de avy teo amin-dreo ny ozogna aby ze voasoratsa tamity boky ty.²⁸ De nofoagnan'i Yaveh tamin'ny fahasiahana, de tamin'ny fahasosorana lihibe, tsa ho amin'ny tanin-dreo, de nariany tamin'ny tany hafa, mandrakan-droany."²⁹ Ny zava-miafigna de an'i Yaveh Andriamagnitsika rery hiany; fa ny raha lazaina kanefa de ho antsika sy ny taranana-tsika mandrakizay, mba hahafahantsika magnatateraka ny tarogna aby amin'ity lalana ty.

Chapter 30

¹ Sy efa avy eo aminao zao raha aby zao, ny fitahiana sy ny ozogna ze natoatsao teo alohanao, de sy efa mahatsiaro an-dreo agnao eo amireo firenena aby ze nitondran'i Yaveh Andriamagnitsao anao, ² de sy efa mipody amin'i Yaveh Andriamagnitsao agnao ko magnaraka ny feony, magnaraka aby ze nandidiako anao zao__ agnao sy ny zanakao__ amin'ny fonao sy ny fagnahinao manontolo, ³ de hagnova ny fahababoanao sy hanagna famindrapo aminao i Yaveh Andriamagnitsao; hipody i de hamory anao amireo ona aby ze naporitak'i Yaveh Andriamagnitsao. Lehe misy raika aminareo ona natao sesitany agny amireo toerana lavitsa ndrindra ambaniny lagnitsa, agny amizay ro hamorian'i Yaveh Andriamagnitsao anao, de agny amizay ro hitondrany anao. ⁴ Yaveh Andriamagnitsao hitondra anao amin'ny tany ze nanagnan'ny razambenao, ko hanjary fanagnanao ndraika koa zay; hanao soa anao i de hapitombo mihoatsa noho ny nataony tamin'ny razambenao. ⁵ Ho forain'i Yaveh Andriamagnitsao ny fonao sy ny fon'ny taranakao, ko hotiavinao amin'ny fonao manotolo sy amin'ny fagnahinao manotolo i Yaveh Andriamagnitsao, mba ho velogna agnao. ⁶ Yaveh Andriamagnitsao de hametraka ny ozogna aby reo amin'ny fahavalonao sy amireo tsa te anao, reo ze magnenjika anao. ⁷ Hipody sy hankato an'i Yaveh agnao, de hanao ny didy aby ze nandidiako anao zao. ⁸ Hapahomby anao i Yaveh Andriamagnitsao amin'ny asan'ny tagnanao aby, amin'ny vokatsy ny tegnanao, sy amin'ny vokatsy ny biby fiopinao, de amin'ny vokatsy ny taninao, ho fandrosoana; fa i Yaveh hifaly aminao ndraika noho ny fandrosoanao, tahaka ny nifaliany tamin'ny rainao. ⁹ Hataony zay lehe mihieno sy mankato ny didin'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, mba hitandrigna ny didiny sy ny fitsipiny ze voasoratsa ato amin'ny ty bokin'ity lalàna zay, lehe mipody amin'i Yaveh Andriamagnitsao agnao amin'ny fonao sy amin'ny fagnahinao manotolo. ¹⁰ Fa ty didy ze handidiako anao izao ty de tsa mafy loatsa aminao, na lavitsa loatsa ny hagnakaranao anazy. ¹¹ Tsa agny an-dagnitsa zay, ko tokony hitarogna agnao hoe: ' Ia ro hiakatsa agny an-dagnitsa ho atsika sy hitondra anizay midigna aty amitsika de hagnome fahafahana antsika handre anizay, mba hanaovatsika anizay?' ¹² Tsa agny apitan-dranomasina zay, ko tokony hitarogna agnao hoe: ' Ia ro hiapita ny ranomasina ho atsika sy hitondra anizay amitsika de hapandre anizay antsika, mba hanaovatsika anizay?' ¹³ Fa efa mariny anao ny tarony, ao ambavanao sy ny fonao, mba hafahanao manao anizay. ¹⁴ Io ataoko eo alohanao ny fiaignana soa, de ny fahafatesana sy ratsy amizao, ¹⁵ Lehe mankato ny feon'i Yaveh Andriamagnitsao agnao, ze handidiako anao androany mba ho te an' i Yaveh Andriamagnitsao, handeha amireo lalàny, de hitandrigna ny didiny, ny fitsipiny, sy reo lalany, de Yaveh Andriamagnitsao hitahy anao agny amin'ny tany ze hidiranao ho fanagnanao. ¹⁶ Fa lehe mivily lalagna ny fonao, sady tsa mihieno agnao fa zao voasatika lavitsa sy miankohoka amireo andriamagnitsa hafa de manopo an-dreo, ¹⁷ de lazaiko anao androany fa ho maty agnao; tsa hagnalava ny adronareo agnareo agny amin'ny tany ze hiapitanao an'i Jordana sy ho fanagnana. ¹⁸ Mangaika ny tany sy lagnitsa aho mba ho vavolombelogna manohitsa anao androany ze efa natoatsao teo alohanao de ny fiaignana sy ny fahafatedsana, de fiutahiana sy reo ozogna; noho izay fdio ny fiaignana mba ho velogna, agnao sy reo taranakao. ¹⁹ Ataovo zay mba ho fitiavanao an'i Yaveh Andriamagnitsao, mba hankatoavana ny feony, sady hifikirana aminazy. Satria I ro fiaignanao sy hagnalava ny andronao; ataovo zay mba

hiaignanao amin'ny tany ze nianiagnan'i Yaveh tamireo razambenao, tamin'ny Abrahama, Isaka, sy i Jakoba mba hamena an-dreo."

Chapter 31

¹ Mosesy nandeha de nitarogna anireo tarogna reo tamin'ny Isiraely aby. ² Zao ro nataony tamin-dreo: "Roapolo amby zato taogna aho amizao; tsa afaka mandeha mienga sy miditsa koa aho; zao ro nataon'i Yaveh taminahy hoe: 'Tsa hiapita an'i Jordana agnao.' ³ Yaveh Andriamagnitsao, de handeha manoloana anao; hamotika ny firenena eo alohanao I, ko ho azanao reo. Josoa, handeha eo alohanao i, arak'izay nolazain'i Yaveh. ⁴ Yaveh de hanao amin-dreo tahaka ny nataony tamin'ny Sihona sy Oga, panjakan'ireo Amorita, sy amin'ny tanin-dreo, ze nosombainy. ⁵ Yaveh de hagnome fandrisena an-dreo sy efa miady agnareo, ko hanao aby anize nandidiako anareo amin-dreo agnareo. ⁶ Matanjaha de mahireza soa, aza matahotsa, de aza raikitahotsa an-dreo; satria Yaveh Andriamagnitsao, I ze mandeha miaraka aminao; tsa hagnary anao na ko hahafao anao I." ⁷ Nangaika an'i Mosesy sady nitarogna tamin'azy teo imason'Isiraely aby hoe: "Matanjaha de mahireza soa, satria handeha hiaraka amireo vahoaka reo agny amin'ny tany ze napagnatignian'i Yaveh tamin'ny razan-dreo fa hameny an-dreo agnao; hahatonga an-dreo handova anizay agnao. ⁸ Yaveh, I ro handeha eo alohanao; hiaraka aminao I; tsa hagnary na hahafao anao I; aza matahotsa, aza kivy." ⁹ Nanoratsa anizay lalàna zay i Mosesy de nagnome an'ny pisorogna, reo zanak'i Levy, ze nitondra ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh; nagnome dika mitovy anireo loholon'Isiraely aby hiany koa I. ¹⁰ Nandidy an-dreo i Mosesy sady nitarogna hoe: Isaky ny faran'ny fito taogna, amin'ny fotoagna voatondro amin'ny fagnafoagnana ny trosa, mandritsa ny firavoravoan'ny fialofana, ¹¹ sy efa avy hiseho eo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsao eo amin'ny toerana ze nosafidiany ho fitoerany masinany Isiraely aby, de hamaky anio lalàna io mandriny an' Isiraely aby eo atsofin-dreo agnao. ¹² Vorio ny ona, ny lihilahy, ny apela, ny zaza, de ny vahininao ze ao agnatiny vavahadin'ny tanànananao, mba ho afaka handresy sy hiantsa reo, de ho afaka hagnome voninahitsa an'i Yaveh Andriamagnitsareo sy hitandrigna ny tarogna aby aminio lalàna io i reo. ¹³ Ataovo zay mba ho afaka handre sy hiantsa hagnome voninahitsa an'i Yaveh Andriamagnitsareo, ny zana-dreo, ze tsa mahafantatsa, lehe vona mitoatsa ao amin'ny tany ze hiapitànareo ho agny Jordana ho fanagnanareo agnareo. ¹⁴ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Mosesy hoe: "Io, ho avy ny andro ze tsy maintsy hafatesanao; akeho i Josoa de atoloro ny tegananao amin'ny tragno fihaognana, mba hafahako nagnome beko anazy." De nandeha i Mosesy sy Josoa de nanolotsa ny tegan-dreo tao amin'ny tragno fihaognana. ¹⁵ Niboaka tao amin'ny tragno tamin'ny andry rahogna i Yaveh; ny andrian-drahogna nitsangagna teo amin'ny varavaran'ny lay. ¹⁶ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Mosesy: "Io, hiara-matory amin'ny razanao agnao; io vahoaka io hitsangagna ko hanao tahaka ny pijangajanga magnaraka andriamagnitsa hafa ze eo amin-dreo ao amin'ny tany ze handihianan-dreo. Hahafao Anahy reo de handrava ny fagnikeko ze nataoko tamin-dreo. ¹⁷ De, aminio andro io, de hirehitsa amin-dreo Aho. Hanitrika ny tavako amin-dreo Aho. ko ho levogna reo. Aretina betsaka sy korotagna ro ho hitan-dreo mba hitarogna tahaka anizao i reo amin'io andro io hoe: 'Tsa avy eto agnivotsika ve reo aretina reo satria tsa eto agnivotsika ny Andriamanitsika?' ¹⁸ Hasitriko amin-dreo tokoa ny tavako aminio andro io tratsany ratsy ze nataon-dreo, satria nitodika tamin'ny andriamani-kafa reo. ¹⁹ Androany ary de soroato ho an'ny teganareo ity hira ty de apianaro ny vahoakan'Isiraely zay. Ataovo eo ambavan-dreo zay, ko mety ho fijoroana vavolombelogna ho Anahy amin'ny vahoakan'Isiraely zay hira zay. ²⁰ Satria sy efa hitondra an-dreo agny amin'ny tany ze napagnatigniaiko homena ny razamben-dreo Aho, tany ze nitondra-dronono sy tantely, de sy efa avy nihinana ko voky sy afapo i reo, de hitodika agny amin'ny andriamani-kafa sy hanopo an-dreo de hanao tsinotsinona Anahy sy handrava ny fagnikeko. ²¹ Sy efa avy eo agnivon'io vahoaka io ny ratsy sy ny korotagna be, de ho vavolombelogna eo agnatrehan-dreo io hira io (satria tsa ho adigno eo ambavan'ny tarana-dreo zay). Satria fantako ny tetikasa ze forognon-dreo amizao, neko de noferiko tagny amin'ny tany ze napagnatigniaiko an-dreo aza i reo." ²² Noho izay de nanoratsa an'io hira io taminio andro io hiany i Mosesy de napianatsa anizay an'ireo vahoakan'Isiraely. ²³ Nagnome didy an'i Josoa zanaka lahin'i Nona i Yaveh nanao hoe: "Matanjaha de mahireza soa; satria agnao ro hitondra ny vahoakan'Isiraely ao amin'ny tany ze napagnatigniaiko an-dreo, de hiaraka aminao Aho." ²⁴ Izao ro niseho sy efa avy nanoratsa anireo tarogna lalàna tao agnaty boky i Mosesy, ²⁵ fa handidy an'i Levita ze mitondra ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh i, manao hoe: ²⁶ "Raiso ty bokin'ny lalàna ty de apitraho eo agnilan'ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh Andriamagnitsareo, mba ho eo tahaka ny volombelogna manohitsa anao zay. ²⁷ Satria fantako ny fikomian-dreo sy ny hamafisan-dohan-dreo; io, lehe vona miaraka aminareo aho androany, de pikomy manohitsa an'i Yaveh agnareo; vo maika fa sy efa maty aho?" ²⁸ Vorio eto aminahy ny loholon'ny fokonareo aby, sy ny manamboninahitsa, mba hafahako mitarogna anireo tarogna reo eo apototsofin-dreo sy mangaika ny lagnitsa sy ny tany ho vavolombelogna manohitsa an-dreo. ²⁹ Satria fantako fa afarany fahafatesako agnareo de hamitaka ny teganareo tokoa ko hiala amin'ny lalagna ze nandidiako anareo; ho avy aminareo ny aretina amin'ny andro magnarakizay. Hoita zay satria hanao ze ratsy eo imason'i Yaveh agnareo, ze hahatonga anazy hasiaka amin'ny asan'ny teganareo." ³⁰ De nolazain'i Mosesy teo apototsofin'ny vahoakan'Isiraely aby ny tognon'izay hira zay mandrapaha-vitany.

Chapter 32

¹ Mihienoa, ry lagnitsa, de avilao aho hitarogna. Aoka ny tany hieno ny tarony vavako. ² Aoka ny fapianarako hitrotraka tahaka ny ranon'oragna, aoka ny teny halahatso hiaraka tahaka ny ando, ho tahaka ny oragna manify amin'ny ahi-maintso, sy ho tahaka ny orambe amin'ny raha mitsiry ³ Fa hitory ny agnaran'i Yaveh aho, de hagneky ny

fahalebiazany'Andriamagnitsika.⁴ Ny vatolampy, tateraka ny asany; fa marina aby ny lalany. I ro Andriamagnitsa mahatoky, ze tsa misy heloka. Marina sy mahitsy I.⁵ Nanao ratsy nanohitsa anazy i reo. Tsa mba zanany reo. Fahafaham-baraka ho an-dreo zay. Taranaka simba toetsa sy meloka i reo.⁶ Izay ve ro fomba hamalianao an'i Yaveh, ry vahoaka adala sy tsa misy saigna? Tsa rainao ve i, ny ray ze nahary anao? Nanao sy nagnorigna anao I.⁷ Apodiano ao atsaingao reo andron'ny fotoagna taloha, saigno ny taogna be efa nandeha. Agnotanio an'i rainao ary zay de ho atorony anao, ny loholonao ary de ho lazain-dreo aminao.⁸ Tamin'ny nagnomezany ny Avo Indrindra an'ireo firenena ny lovan-dreo__ tamin'ny nizarany ny olombelogna aby, de ny namitrahana ny faritanin'ny vahoaka, de ny namerany ny isan'ny andriamaniny hiany koa.⁹ Fa ny anjaran'i Yaveh de ny vahoakany; Jakoba ro anjara loany.¹⁰ Hitany tagny amin'ny tany efitsa i, sy tagny amin'ny tany efitsa laosy tsa mamokatsa; niaro sy nikarakara anazy I, niambigna anazy tahaka ny anakandriamasony I.¹¹ Tahaka ny voromahery ze miambigna ny akaniny sy maniditsidigna eo amboniny zanany, namelatsa ny elany Yaveh de nagnalaka an-dreo, de noferiny tegny amboniny elany i reo.¹² Yaveh rery ro nitarika anazy; tsa nisy andriamani-kafa niaraka taminazy.¹³ Napandeha anazy tegny amireo toerana ambonin'ny tany I, de namahagna anazy ny vokatsy ny saha; namelogna anazy tamin'ny tantely hatamin'ny vatolampy i, de menaka tamin'ny harambato afovato.¹⁴ Nihinana hero-dronono avy tamin'ny omby sy nisotro ronono tamin'ny ondry sy osy i, niaraka tamin'ny tavin'ny zanak'ondry, ondry lahin'ny Basana sy ny osy lahy, niaraka tamin'ny varim-bazaha soa indrindra__sady nisotro divay mandroatsa avy tamin'ny ranom-boalonoka agnao.¹⁵ Fa nihanatavy Jesorona ko nitsipaka__nihanatavy agnao, tena natavy loatsa agnao, sady nihinana ze nahavoky anao__nahafoy an'Andriamagnitsa ze nanao azy i, sady nanda ny Vatolampin'ny famonjena i.¹⁶ Nanao ze nahasaro-piaro an'i Yaveh tamin'ny andriamagnin-kafa reo; tamin'ny zava-betavetany ro nampahasiachany azy.¹⁷ Nanao sorogna tamin'ny demonia reo, ze tsa Andriamagnitsa__andriamagnitsa ze tsa fantan-dreo, andriamagnitsa ze vo tsa niseho, andriamagnitsa ze tsa natahoran'ny rezambenareo.¹⁸ Nataonao foagna ny Vatolampy, ze efa nanjary rainao, sady nohadignoinao ny Andriamagnitsa ze niteraka anao.¹⁹ Hitan'i Yaveh zay ko nafoin-dreo, satria nihantsy Azy ny zanany lahy sy vavy.²⁰ Hoy I hoe: "hagnafigna ny tegnako amin-dreo Aho," "sy ho hitako eo ze hiafaran-dreo; fa taranaka mpivadika reo, zanaka ze tsa mahatoky."²¹ Nanao ze nahasaro-piaro Ahy tamin'ny ze andriamagnitsa reo sady nampahasiaka ahy tamin-dreo zava-poany. Iaho hampialogna an-dreo amin'ny ze tsa vahoaka; hampasiaka an-dreo amin'ny firenena adala Aho.²² Fa nirehitsa ny afo nohon'ny fahasiahako sy mandoro fehizay amin'ny fiaignan-tsa hita ambany indrindra; mandevogna ny tany sy ny vokatsa ao aminy zay; mampirehitsa reo fototsy ny tendrombohitsa izay.²³ Hampivangogo loza eo amin-dreo Aho; hoitifitsa an-dreo amin'ny zana-tsipikako raby Aho;²⁴ Ho matin'ny hanoanana reo sy ho levognin'ny hafanana mahamay sy fandravana mafaitsa; Halefako ho eo amin-dreo koa ny nifin-dreo bibidia, miaraka amin'ny poizin'ny biby mandady amin'ny vovoka.²⁵ Hampahory agny ivelany ny sambatsa, sy hanao tahaka izay koa ny fagnorohoroana ao amin'ny efitsa fatoriana. Handringana ny tovolahy sy ny virijiny izay, ny zaza minono, de ny lihilahy fotsy volo.²⁶ Fa efa nolazaiko fa hagnaparitaka an-dreo lavitsa Aho, sady hapiagneniko tsa ho eo amin'ny olombelogna ny fahatsiarovana an-dreo. Leha tsa nohon'ny fahatahorako ny fiantsian'ny fahavalo, sy ny tsy hitsaran'ny fahavalony an-dreo hoe: "Misandratsa ny tananay," de nataoko aby ny abiaby reo.²⁸ Fa firenena tsa hahitam-pahendrena Israely, sy tsa misy fahazavan-tsaingao ao aminy.²⁹ Konefa, lehe mba hendry reo, ko afaka nahatakatatsa izay, ko afaka mandinioka ze hiafarany!³⁰ Ataon'ny raika akory ny handoditsa arivo, na ny roa hampandositsa ray aligna, lehe tsa ny Vatolampiny ro efa nivarotsa azy, sy Yaveh ro efa nahafao an-dreo?³¹ Fa ny vatolampin'ireo fahavalontsika de tsa mitovy amin'ny Vatolampintsika araka ze efa eken'ny fahavalontsika.³² Fa ny voalobony de avy amin'ny voalobok'i Sodoma, sy avy amin'ny sahan'i Gomora; voaloboka misy poizina ny voalobony; sady mangidy reo sampany.³³ Poizin'ny menarana ny divain-dreo sady poizi-mandozaben'ny menarana.³⁴ Tsa fikasana miafigna notehiriziko ve izay, voaisy tombo-kase tao an-dragno fitoerean-drakitso?³⁵ Ahy ny famaliana, sy ny fampagnodiavana, amin'ny fotoagna hahasolafaka ny tongotsan-dreo; fa tomotsa ny andro hahitan-dreo loza, sady hipoitsa malaaky reo raha voatendry ho an-dreo.³⁶ Satria Yaveh de hagnome rariny ny olony, sy hamindra fo amin'ny mpanompony I. Ho hitany fa tsa manan-kery reo, sady tsa nisy tafanjognona, na reo andevo na ny olon'afaka.³⁷ De hiteny I hoe: 'aia reo andriamagniny, ny vatolampy ze nialofan-dreo? __³⁸ Reo andriamagnitsa ze nihinana ny tavin'ny sorogna nataony sy nisotro ny divaim-pagnatitsa ko hagnampy anareo; aoka reo ho fiarovana reo.³⁹ Jereo ankehitriny fa Iaho, de Iaho ihany ro Andriamagnitsa, sady tsa misy andriamagnitsa afa-tsy Iaho; Iaho ro mahamaty, sady Iaho ro mahavelogna; Iaho ro mandratsa, sady Iaho ro magnasitragna, sady tsa misy hafa afaka hamonjy anao amin'ny heriko.⁴⁰ Eka mandratsa ny tagnako ho amin'ny lalitsa Aho sy miteny hoe: "Satria velogna mandrakizay Aho, de hiasa."⁴¹ Lefa mandragmitsa ny sabatso manjelatsa Aho, sy lefa manomboka mitondra ny rariny ny tagnako, de hamaly ny fahavaloko Aho, sady hovaliako reo ze nankahaka Ahy.⁴² Hataoko mamon-drà ny zana-tsipikako, sy ny sabatso hihinana nofo miaraka amin'ny rà'n'ireo voavona sy reo babo, sady hatamin'ny lohan'ny mpitarika ny fahavalo."⁴³ Mifalifalia, agnareo ra firenena, miaraka amin'ny vahoakan'Andriamagnitsa, fa hamaly ny rà'n'ny mpanompony I; hamaly faty reo fahavalony I; fa hanao fagnavoatana ho an'ny taniny I, de ho an'ny onany.⁴⁴ De avy Mosesy ko nitanisa ny tarogna aby tamizay fihirana zay teo atsofin'ny vahoaka, izy, sy Hosea zanaka lahin'i Nona.⁴⁵ De tapitsa voatanisan'i Mosesy tamin'Israely manotolo zay tarogna aby zay.⁴⁶ De zao ro nataony tamin-dreo hoe: 'Hafatoho soa ao atsainareo reo tarogna aby ze nijoroako vavolombelogna taminareo androany, mba handidianareo ny zanakareo hitandrigna anizay, ny tarogna aby amity lalana ty.⁴⁷ Fa tsa raha foagna ho anareo zay, satria fiaignanareo, fa amizay raha zay ro hahalava ny andronao amin'ny tany ze hiapitanao an'i Jordana ho fanagnanao."⁴⁸ Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh taminio andro io hiany ko nitarogna hoe: ⁴⁹ "

Mandihiana miakatsaamin'ny tendrombohits'i Abarima, miakatsa hatragny atendrombohitsi Nebo, ze agny amin'ny

tanin'i Moaba, tandrifin'i Jeriko. Hijery ny tany kanana, ze homeko ny zanak'Isiraely ho fanagnany agnao.⁵⁰ Ho maty amin'ny tendrombohitsa ze hiakaranao agnao, de ho voavory eo amin'ny vahoakanao, tahaka ny fahafatesan'i Arona Isiraelyta namanao tagny atendrombohitsa Hora ko nahavory teo amin'ny vahoakany.⁵¹ Izay ro hiseho satria agnao de tsa hatoky Anahy teo agnilany vahoakan'Isiraely tagny amin'ny ranon'i Meriba tagny Kadesy, tagny agn'efits'i Zina; satria agnao tsa nitondra Anahy tamim-boninahitsa sy tami-pagnajana teo agnatrehan'ny vahoakn'Isiraely.⁵² Fa ho hitanareo eo alohanao ny tany, kanefa tsa handeha agny agnao, agny amin'ny tany ze homeko ny vahoakan'Isiraely."

Chapter 33

¹ Izao ro tsodrano nataon'i Mosesy lihilahin'Andriamagnitsa tamin'i vahoakan'Isiraely talohany nahafatesany. ² Zao ro nataony hoe: avy tao Sinay i Yaveh de niposaka hatagny Seira teo ambonin-dreo. Namirapiratsa hatao atendrombohitsa I, de avy niaraka tamin'ny anjely masina ray aligna. Tselatsa ro teo antagnany akavagnana. ³ Eka, te ny vahoaka I, ny anjeliny masina aby de eo atagnanao, de miakohoka eo atagnanao ; nanadray ny tarognao reo. ⁴ Nandidy lalàna ho antsika i Mosesy, de lova raika ho an'ny fiangonan'i Jakoba ⁵ De nisy panjaka tao Jesorona, sy efa nivory ny loholon'ny vahoaka, ny fokon'Isiraely aby miaraka. ⁶ Aoka mba ho velogna Robena ko tsa ho maty, nefa ho vitsy anie ny olony. ⁷ Izao ro tsodrano ho an'i Joda. Zao ro nataon'i Mosesy hoe: Heno, ry Yaveh, ny feon'i Joda, ko fero eo amin'ny olony ndraika i. Miadia ho anazy; meteza ho fagnapiana manohitsa an'ireo fahavalony. ⁸ Momba an'i Levy kosa, de zao ro nataon'i Mosesy hoe: Ny tomimanao sy ny Orimanao de an'ny olonao tsa mivadika, de ze nojirenao toetsa tao Masa, ze nifamalianaao tao amin'ny ranon'i Meriba. ⁹ Ny lihilahy ze nilaza momba ny rainy sy ny reniny hoe: tsa nandre an-dreo aho." tsamba nikieny neko de ny rahalahany aza, de tsamba nosaigniny ny zanany. Fa nitandrigna ny tarognao i, ko nitàgna ny fagnikenao. ¹⁰ Napianatsa an'i Jakoba ny didinao I de Isiraely ny lalànao. Hametraka didikazo magnitsa eo alohanao i sy ny fagnatitsa doroana aby eo ambonin'ny alitaranao. ¹¹ Tahio, ry Yaveh, ny fanagnany, de ikeo ny asan'ny tagnany. Torotoro ny valahany ze mitsangagna hanohitsa anazy, sy ny any ona ze tsa te anazy, mba tsa ho tafatsangagna ndraika i reo. ¹² Ny amin'ny Benjamina, de zao ro nataon'i Mosesy hoe: Ny malalan'i Yaveh de matory fahizay eo agnilany; Yaveh ro miao anazy mandrakariva, de mitoatsa eo agnelagnelan'ny sandrin'i Yaveh i. ¹³ Ny amin'ny Josefa, de zao ro nataon'i Mosesy hoe: ho tahian'i Yaveh anie amin'ny zavatoan'ny lagnitsa anie ny taniny, de amin'ny ando, de amin'ny rano laligna ze mamitsaka ambany ¹⁴ Ho tahiana amin'ny zavatoana ny vokatsy ny masoandro anie ny taniny, amin'ny zavatoana ny volagna, ¹⁵ amin'ny raha soa ndrindra ny tendrombohitsa taloha, de amin'ny zavatoana ny tendrombohitsa maharitsa mandrakizay. ¹⁶ Ho tahiana amireo zavatoan'ny tany sy ze haren'ny anie ny taniny, de amin'ny sitrapo soany ze tao amin'ny voaroy. Aoka ho fitahiana ho eo andohan'i Josefa, de ho eo atapondohany andriana teo amin'ny rahalahany. ¹⁷ Ny voalohanteraky ny omby, de be voninahitsa i, sady ny tandrony de tandrok'ombimanga. Amizay ro hanotoany ny ona, i aby, hatragny aparany tany. Reo ro agnalignalin'i Efraima; reo ro agnarivon'i Manase. ¹⁸ Ny amin'ny Zebolona, de zao ro nataon'i Mosesy hoie: Mifalia, ry zebolona, amizay handihiananao, de agnao, ry Isakara, ao andainao. ¹⁹ Hangaika ny vahoaka ho agny atendrombohitsa i reo. agny ro hagnaterany ny fagnatipahamarinana. Fa reo ro hitroka ny haren-dranomasina, sy hatamin'ny fasika ze eo amoron-dranomasina ²⁰ Ho amin'i Gada ho tahiana ze manitatsy an'i Gada, hitoatsa agny tahaka ny liona vavy i, de hamiravira sandry na loha egny i. ²¹ Nangalaka ny soa ndrindra hoan'i tegnany i, fa tagny ro nanokagnana ny zaratanin'ny pitarika. avy niaraka tamin'ny lihibe ny vahoaka i. Notaterahany niaraka tamin'Isiraely ny fahamarinan'i Yaveh miaraka amin'ny didiny. ²² Ny amin'ny Dana, de zao ro nataon'i Mosesy hoe: i Dana de zana-diogna ze miatsampy hatagny Basana. ²³ Ny amin'i Naftaly, de zao ro nataon'i Mosesy hoe: i Naftaly, voky fakasitrahana, sady feno ny fitahian'i Yaveh, Mandovà ny tany hatragny andrefana sy atsimo. ²⁴ Ny amin'i Asera, de zao ro nataon'i Yaveh hoe: Ho tahiana mihioatsa noho ny zanaka lahy hafa aby anie i Asera; aoka ho hakasitrahany ny rahalahany i, de aoka i hagnatsoboka ny tongony agnaty menaka oliva. ²⁵ Ho vy sy varahogana anie ny hidin'ny tanànanao; araka ny fahalavirany andronao, ro ho fahabitsahan'ny filamignananao. ²⁶ Ry Jesorona__ lay mahintsy, tsa misy tahaka an'Andriamagnitsa, ze mitengina ny lagnitsa mba hamonjy anao, de egny amin'ny rahogana amin'ny fiandrianany. ²⁷ Ny Andriamagnitsa mandrakizay de fialofana, de ny sandry mandrakizay ro eo ambany. Mandroaka ny fahavalo tsa ho eo alohanao I, ko manao hoe: " Aringiagno!" ²⁸ Matory fahizay i Isiraely. Azo antoka ny loharanon'i Jakoba ao amin'ny tany misy vary sy dovoay vaovao; egny, aoka ny lagnitsany handrotsaka ando eo aminazy. ²⁹ Betsaka reo fitahiana, ry Isiraely! Ia ro tahaka anao, de firenena voavonjin'i Yaveh, ny apingan'ny famonjena, sady sabatsy ny voninahitsa? Ho avy hangovitsa eo alohanao ny fahavalonao; de ho dianao ny fitoerany ambony.

Chapter 34 De niakatsa hatahny amin'ny tany lemak'i Moaba nandeha tagny amin'ny tendrombohitsy Nebo, nandeha tagny atendron'i Pisga, ze tandrifin'i Jeriko i Mosesy. Tagny Yaveh ro nagnatoro tamin'ny tanin'i Gileada aby ko hatragny Dana, sy Naftaly aby, de ny tani8n'i Efraima sy Manase, sy ny tanin'i Joda aby, mandeha agny amin'ny ranomasina andrefana, sy agny Negeva, ny Tanànan'ny Rofia, ko zizika agny Zoara.

⁴ Zao ro nataon'i Yaveh hoe: " Ity ny tany ze nianianakao tamin'i Abrahama, Isaka, sy Jakoba, nanao hoe: ' Homeko ny taranakareo ty. ' navelako hijery anizay tamin'ny masonareo agnareo, kanefa tsa handeha agny." ⁵ Ko de maty tao amin'ny tanin'ny Moaba i Mosesy, araka ny tarogna napagnatignian'i Yaveh. ⁶ Nalevin'i Yaveh tao amin'ny lohasa ao amin'ny tanin'ny Moaba manandrify an'i Beti-poera i, fa tsa nisy nahalala anizay misy ny fasany mandrak'androany. ⁷ Roapolo amby zato taogana i Mosesy taminy i maty; tsa pahagna ny masony, na nihegna ny hery voajanahariny. ⁸ Nisaogana ani

Mosesy tagny amin'ny tany lemak'i Moaba nandritsy ny telopolo andro ny vahoakan'Isiraely, sy avy teo tapitsa ny andro fisaognana an'i Mosesy.⁹ Feno ny fagnahin'ny fahendrena i Josoa zanaka lahin'i Nona, satria nametra-tagnana tamin'i Mosesy. Nihieno anazy ny vahoakan'Isiraely de nanao ze nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.¹⁰ Tsa nisy paminany tahaka an'i Mosesy mihitsy tao Isiraely, ze fantatsy Yaveh nifagnatrika tamin'azy.¹¹ Tsa vona nisy paminany tahaka anazy tamireo famatarana sy fahagagana aby ze nagnirahan'i Yaveh anazy mba hatao agny amin'ny tany Egypta, agny amin'i Farao, sy ny panopony aby, de agny amin'ny tanin'y aby.¹² Tsa vona nisy paminany tahaka anazy amin'ny asa lihibe sy mapatahotsa ze nataon'i Mosesy teo imason'Isiraely aby.

1 Samuel

Chapter 1

¹ Nisy lihilahy raika hatagny Ramataima an'i Zefotita, tany havoan'ny Efraïma; ny agnarany de elkana zanaka lahin'i Jeroama zanaka lahin'i Eliho zanaka lahin'i Toho zanaka lahin'i Zofa, ny Efraïmita.² Nanagna vady roa i, ny voalohany de i Hana, de ny agnarany faharoa de i Penina. Nanan-janaka i Penina, fa i Hana tsamba nanagna.³ Io lihilahy io de isan-taogna ro niala avy hatagny amin'ny tanànan'ny mba hanompo sy hanao sorogna ho an'i Yaveh tompon'ny maro ao Silo. Tao ny zanaka roalahin'i Ely, Ofnia sy Finehasa, mpisorgn'i Yaveh.⁴ Sy efa avy ny anjara andro hanaovan'i Elkana sorogna isan-taogna, de nagnome ampahana hena an'i Penina vadiny lalandava i, de ho an'ny zanany lahy sy ny zanany vavy aby.⁵ Fa ho an'ny Hana de apahany roa hiany ro homena anazy, satria tàny i Hana, neko de efa nataon'i Yaveh momba aza i.⁶ Nila ady tamin'azy ny rafivaviny sady mandrangitsa anazy, satria Yaveh nahamomba anazy.⁷ Ko isa-taogna, sy efa niakatsa tagny an-dragon'i Yaveh i miaraka amin'ny fianakaviany, de nila ady taminazy hiany ny rafivaviny. sy zay de nitomagny sy tsa nihinanana na ina i.⁸ Fa i Elkana vadiny nitarogna taminazy mandrakariva hoe: "Hana, nahoana agnao ro mitomagny? Nahoana agnao ro tsa mihinak'anina? Nahoana ny fonao ro malahelo? tsa soa aminao mihoatsa ny zanaka lahy folo ve Aho?"⁹ Ndraik'andro, de nandeha i Hana sy efa avy nihinana sy nisotro tao Silo reo. De i Ely nitoatsa teo amin'ny Sezany teo agnilan'ny vavahadin'ny tempolin'i Yaveh.¹⁰ Ory tanteraka i; nivavaka tamin'i yaveh i sady nitomagny mahery.¹¹ Nanao voady i sady nanao hoe: "Ry Yaveh tompon'ny maro, lehe hitanao ny fahorian'ny mpanomponao de tsarovo aho, de aza magnadigno ny panomponao, fa omeo zanaka lahy ny mpanomponao, de atolotsa an'i Yaveh i amin'ny androm-piaignany aby, sady tsa hisy hareza hikiasika ny lohany."¹² De lehe nanohy nivavaka teo agnatrehan'i Yaveh i, de nojireny Ely ny vavany.¹³ Nitarogna tao am-pony i Hana. Nihetsiketsika ny vavany, kanefa tsa reny ny feony. Ko de nieritseritsa i Ely fa mamomamo i.¹⁴ de zao ro nataon'i Ely taminazy: "Hafiriana agnao ro ho mamomamo? Mialà amin'ny divainao."¹⁵ Hana namaly hoe: "Tsia tompoko, apela ory ampagnahy aho. Tsa nisotro aho na divay na raha-mahamamo, fa mamboraka ny ato agnatiko eto agnatrehan'i Yaveh aho."¹⁶ Aza hiverina ho apela tsa misy hegnatsa ny mpanomponao; nitarogna tamin'ny heben'ny fahoriako sy ny fapijaliana nahy aho." De Ely namaly ko nanao hoe: "Mandihiana am-piadagnana; Andriamagnits'Isiraely anie hamaly ny fangatahana anize nangatahanao taminazy."¹⁸ Zao ro nataon'ny apela: "Aoka hahita sitraka eo imasonao ny anomponao." De nandeha tamin'ny lalany rakialavavy ko nihinana; tsa nalahelo; tsa nalahelo koa ny endriny.¹⁹ Nandeha vo mangiran-dratsy ereo ko nanompo teo agnatrehan'i Yaveh, de nipody tagny an-dragon'ny tagny Rama ndraika reo sy avy teo. Niara-natory tamin'i Hana vadin'i Elkana, de Yaveh nahatsiaro anazy.²⁰ Sy efa avy ny fotoagna, de nitoejaza i Hana de niteraka zaza lahy. Nangaika ny agnarany hoe: Samoela i, nanao hoe: "Satria avy hatamin'i Yaveh ro nangatahako anazy."²¹ Elkana sy ny ankohognany aby de niakatsa ndraika mba hanolotsa ny sorogna isan-taogna ho an'i Yaveh ko nagnefa ny voadiny.²² Fa i Hana tsamba nandeha; efa nitarogna tamin'ny vadiny i hoe: "tsa handeha aho mandra-pisara-nono ny zazakely; de ho feriko i, mba hahafahany miseho eo agnatrehan'i Yaveh de hitoatsa agny mandrakizay."²³ Zao ro nataon'i Elkana vadiny taminazy hoe: "Ataovo ze hitanao fa soa aminao. Miandraza mandra-pisarahanao nono anazy; fa zao, Yaveh hiany ro hagnamafy ny tarony." De niegnina ny apela de nitaiza ny zanany lahy mandra-pagnasarahany nono anazy.²⁴ Sy efa nisarahany nono i, de noferiny niaraka taminazy, niaraka tamin'ny zanak'ômby kely telo taogna raika, hanina raika efaha, de tavoahangin-divay raika, ko noferiny tao an-dragon'i Yaveh tao Silo i. De vo kely zay zaza zay.²⁵ Novonoan-dreo ny zanak'ômby, de noferiny tamin'i Ely ny zaza.²⁶ Zao ro nataony hoe: "O, ry tompoko! Lehe vona velogna koa agnao, ry tompoko, iaho ro apela ze nitsangagna teo agnilanao nivavaka tamin'i Yaveh."²⁷ Fa ity zaza ty ro nangatahako tamin'i Yaveh de namenany anahy ny fangatahako taminazy.²⁸ Efa nameko an'i Yaveh i, lehe vona velogna koa i de hatolotsa an'i Yaveh. "De nanompo an'i Yaveh teo i.

Chapter 2

¹ Nivavaka i Hana ko nanao hoe: "Ny foko mifaly amin'i Yaveh. Ny tandroko misandratsa amin'i Yaveh. Ny molotso mirehareha manoloagna ny fahavaloko, satria mifaly amin'ny famonjenao aho."² Tsa misy masina tahaka an'i Yaveh, fa tsa misy hafa ankoatsa anao; tsa misy vatolampy tahaka ny Andriamanitsika.³ Aza mirehareha loatsa koa; aoka tsa ho aloaky ny vavanao ny fiavognavognana. Fa i Yaveh ro Andriamagnitsy ny fahalalana; avy amin'ny alalany ro handanjana ny asa.⁴ Ny tsipiky ny lihilahy mahery de tapaka, fa ny tafitohigna kosa de misinkin-kery tahaka ny fehikibo.⁵ Reo ze voky de nikarama mofy; reo ze noana de niegnina tamin'ny hanoanana. Neko ny momba aza miteraka fito, fa ny apela manan-janaka betsaka kosa de mivalaketraka.⁶ Yaveh ro mahafaty sy mitondra ho agny amin'ny fiaignana. I ro

mapidigna agny amin'ny fiaigna-tsa hita sady manangagna.⁷ Yaveh ro mapahantra ny ona sasany sady mapanakarena sasany. Mapietry I, nefa manandratsa hiany koa.⁸ Mapitraka ny mahantra hiala amin'ny vovoka I. Mapisandratsa ny mahory hiala amin'ny lavelogna mba hametraka an-dreo miaraka amin'ny andrian-dahy ko handova ny sezam-boninahitsa. Ny andrian'ny tany aby de an'i Yaveh de temireo ro namitrahany anizao totolo zao.⁹ Hiaro ny tongotsy ny ona mahatoky i, fa ny ratsy fagnahy kosa de hapangininy agny amin'ny haizim-pito, satria tsa misy handresy amin'ny hery.¹⁰ Reo ze manohitsa an'i Yaveh de ho potopotika; hapikotrok'oragna hatagny an-dagnitsa hanohitsa an-dreo I. Yaveh ro hitsara ny farany tany aby; hagnome hery ny panjaka I sady hanandratsa ny tandroky ny voahosony.¹¹ Sy avy eo i Elkana de nandeha agny Rama, tagny an-dagnony. Nanompo ana'Andriamagnitsa teo amin'ny fagnatrehan'i Ely mpisorogna zaza.¹² De ny lihilahy ratsy fagnahy ny zanaka lahin'i Ely. tsa nahalala an'i Yaveh reo.¹³ Ny fanaony mpisorogna miaraka amin'ny vahoaka sy efa nisy lihilahy nanolotsa sorogna, de nagnatogna ny mpanompon'ny mpisorogna ko mitondra fitreboka telo ratsagna egny an-tagnany, lehe vona mangotraka ny hena.¹⁴ Hasindrony ao agnatiny lasitra zay, na fandrahoana hena. na vilagny, na vilagny lihibe. ze hazan'ny fitrebika tao de alain'ny pisorogna aby ho anazy. Nataon-dreo tao Silo niaraka tamin'ny Israelita aby ze avy tao zay.¹⁵ Ratsy lavitsa aza, mialohan'ny nandoroan-dreo ny sabora, de avy ny mpanompon'ny mpisorogna, de nitarogna tamin'ny lihilahy ze nanao ny sorogna hoe: "Omeo hena ho atsatsika ny mpisorogna, fa tsa hagneky ny hena nandrahoana hataminao i, fa ny manta hiany."¹⁶ Lehe mitarogna amin'ny hoe, "Tsy maintsy nodoroan-dreo aloha ny sabora, de sy avy eo afaka mangalaka betsaka araka ze tia'nao agnao." De valiany hoe: "a a a, fa omenao zao an-kehitriny zao hiany zay; fa lehe tsa izay, de halaiko an-keriny zay." ¹⁷ lihibe de lihibe tokoa ny heloky ny zatovo lahy mandriny an'i Yaveh, satria nataon-dreo tsinotsinona ny fagnatitsy Yaveh.¹⁸ i Samoela de nanompo an'i Yaveh lehe vona zaza niakanjo efadora rongony fotsy.¹⁹ Nagnam-boaran-dreniny akanjo lava kely i ko noferiny ho anazy isan-taogna isan-taogna zay, sy efa niakatsa niaraka tamin'ny vadiny mba hanolotsa ny fagnatitsa isan-taogna i.²⁰ De i Ely nitsondrano an'i Elkana sy ny vadiny ko nitarogna hoe: "Hagnome zaza anao betsaka amity apela ty anie Andriamagnitsa nohon'ny fangatahana ze nataony tamin'i Yaveh." Sy avy eo de nipody tagny an-dagnony reo.²¹ Nagnampy an'i Hana ndraika i Yaveh, ko nitoe-jaza ndraika i. Nandritsa anizay fotoagna zay, de nitombo teo amin'Andriamagnitsa i Samoela zaza.²² De sy efa antitsa koa i Ely; reny aby ze raha nataon'ny zanany lahy tamin'ny Israely aby, sy ny natorian-dreo niaraka tamin'ny apela ze nanompo eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana.²³ Zao ro nataony tamin-dreo: "Fa nahoana agnareo ro manao raha tahaka anizay? Efa reko tamin'ny ona aby ny raha ratsy nataonareo." ²⁴ Tsa mety, ry zanako; tsa tatitsa soa ro reko. mahatonga ny vahoakan'i Yaveh tsa hankato anareo.²⁵ "Lehe misy ona raika manota amin'ny raika ahafa, de hotsarain'Andriamagnitsa i; fa lehe misy lihilahy raika manota amin'i Yaveh, ia ro hisolo vava anazy?" Fa tsa hieno ny fen-drainy reo, satria i Yaveh nikiasa ny hahafaty an-dreo.²⁶ Nihalihibe i Samoela zaza, de nitombo fitia tamin'i Yaveh sy tamin'ny ona koa.²⁷ De nisy lihilahin'Andriamagnitsa nagnatogna an'i Ely ko nanao tamin'azy hoe: "Izao ro lazain'i Yaveh, 'Tsy efa nanoro ny tegnako taminao tamin'ny ankohognan'ny razambenao nga Iaho, lehe vona tagny Egipta tamin'ny fagnandivozan'ny ankohognan'i Farao reo?"²⁸ Nofidiako tagnatin'ny fokon'Israely aby i mba ho pisoroko, mba hiakatsa egny amin'ny alitarako, de mba handoro ny didik-azo magnitsa, mba hiakanjo efoda mandriny Anahy. Nameko ho an'ny taranaky ny razambenao ny fagnatitsa aby nataon'ny vahoakan'Israely tamin'ny afo.²⁹ Nahoana ngaha, agnao ro maniratsira ny sorogna sy fagnatitsa ze notakiako teo amin'ny toerana fonegnako? Nahoana ro omenao voninahitsa mihoatsa anahy amin'ny fagnatavezana ny tgnanareo amin'ny soa indrindra hatamin'ny fagnatitsa aby ny Israely vahoakako ny zanako?³⁰ Fa Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely, mitarogna hoe: 'Napagnategna Aho fa ny taranakao, sy ny akohonan'ny razambenao, de handeha eo agnatrehako mandrakizay. Nefa androany de zao ro nataon'i Yaveh: 'Sagnatria Aminahy ny hanao anizay, ze magnome ,voninahitsa Anahy hiany ro hameko voninahitsa, fa ze manao tsinotsinona Ahy de ho tsinotsiniviko.³¹ Io , ho avy ny andro ze hanapahako ny herinao sy ny herin'ny ankohonan'ny razambenao, ko tsa hisy lihilahy ho tratsa antitsa ko amin'ny taranakao.³² Hahita fahoriana egny amize toerana hipitrahako agnao. Neko de homena soa aza ny Israely, de tsa hisy lihilahy ho tratsa antitsa ko amin'ny taranakao.³³ Ny sasany aminareo ze tsa halaina amin'ny alitarako, de ho ataoko pahina ny masonareo, sady hahatonga alahelo amin'ny fiaignanareo Aho. Ny lihilahy aby ze teraka ao amin'ny fianakavianareo de ho maty.³⁴ Izao ro famatarana ho anao ze hanjo ny zanakao roa lahy, amin'ny Hofinia sy Finehasa: Samy ho maty amin'ny andro raika i mirahalaky reo.³⁵ Hangagnampnopo mahatoky ho any tegnako ze hagnatateraka ny ao ampoko sy ny ao amin'ny fagnahiko aho. Hagnorigna tragno azo antoka ho anazy Aho; de handeha eo alohan'ny mpanjaka ze voahosotsa mandrakizay i.³⁶ Ze aby sisa tavela amin'ny taranakao de ho avy sady hiankohoka eo amin'ny, hangataka sombim-bolafotsy sy mofo, de hitarogna hoe: "mba tindreo ho isan'ny raika amin'ny mpisorogna aho mba hafahako mihinana sombi-mofo raika. " " "

Chapter 3

¹ Nanompo an'i Yaveh teo amin'ny fagnatrehan'i Ely i Samoela zaza. Vitsy ny tarogn'i Yaveh tamin'ny andro reo; tsa de nisy fahitana ara-paminaniana matetika. ² tamizay fotoagna zay, Ely, ze efa nanomboka pahigna ny masony ko tsa mahita soa, de natory teo apandreny. ³ Vona tsa maty ny fanilon'Andriamagnitsa, de nandry mba hatory ao amin'ny tempolin'i Yaveh i Samoela, tao amize nisy ny fiaran'Andriamagnitsa. ⁴ Yaveh nangaika an'i Samoela, ze nanao hoe: "Itito aho." ⁵ Niridiridy nandeha agny amin'ny Ely i Samoela nitarogna hoe: "itito aho, fa nangaika anahy agnao." "Zao ro nataon'i Ely: "Tsa nangaika anao aho, mipodiana matory. "Ko nandeha natory i Samoela. ⁶ Nangaika ndraika i Yaveh hoe: "Ry Samoela.

"De nitsangagna ndraika i Samoela de nadeha agny amin'i Ely, nanao hoe: "Itito aho, fa nangaika anhy agnao." De namaly i Ely hoe: "Tsa nangaika anao aho, ry zanako, mipodina matory." ⁷ De i Samoela de vona tsa de nahafantatsa loatsa an'i Yaveh, na nisy hafatsa hatamin'i Yaveh vona nilaza taminazy. ⁸ Nangaika an'i Soela fagnitelony ndraika i Yaveh. Nitsangagna ndraika i Samela de nadeha agny amin'ny Ely sy nitarogna hoe: " Itito aho, fa mangaika anahy agnao." De fantats'i Ely fa Yaveh ro nangaika ny zanany lahy. ⁹ De zao ro nataon'i Ely tamin'ny Samoela: "Mandihiana de mipodiana matory; Lehe vona mangaika anao ndraika I, de tsy maintsy milaza anizao agnao hoe: " mitarogna, ry Yaveh, fa mihieno ny panoponao. " ' Ko nandeha i Samoela de natory tamin'ny toerany ndraika. ¹⁰ Avy i Yaveh ko nitsangagna; nangaika tahaka ny tamin'ny fotoagna hafa hoe: "Samoela,Samoela."De zao ro nataon'i Samoela hoe: "Mitarogna ry Yaveh fa mihieno ny panoponao. " ¹¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'ny Samoela hoe: "Io, hanao raha eo amin'ny Israely Aho ko ny sofiny ze mandre anizay de hangoritsigna. ¹² Amizay andro zay de hagnatanteraka ny raha aby efa nolazaiko tamin'i Ely momba ny ankohonany, hatramin'ny voalohany zizika amin'ny farany Aho. ¹³ Nilaza taminazy Aho fa hitsara ny akohonany ndray mandeha tsa mipody ny amin'ny fahotana ze fantany, satria ny zanany de nitondra ozogna tamin'ny tegnan-dreo de nanakagna an-dreo i. ¹⁴ Sy zay de nianiagna tamin'ny Ely Aho fa ny fahotano ankohonan'i Ely io de tsa ho voahonitsa amin'ny sorogna na fagnatitsa mihintsy." ¹⁵ Natory zizika maraigna i Samoela; de namoha ny varavarany tragnon'i Yaveh i. fa natahotsa ny hilaza amin'i Ely momba ny fahitana i Samoela. ¹⁶ Sy avy eo de nangaika an'i Samoela i Ely ko nanao taminazy hoe: "Ry Samoela, zanako." De zao ro nataon'i Samoela hoe: "Itito aho. ¹⁷ Zao ro nataony: "Ina ro raha nolazainy taminao? Aza asitrika reo zay. Hanao anizay aminao anie Andriamagnitsa, sady mihoatsa noho izay aza, lehe manitrika raha aminahy ny amin'ny tarogna aby ze nolazainy anao agnao. " ¹⁸ De nolazain'i Samoela taminazy aby ny raha aby; tsa nanitrika na ina na ina taminazy i. Zao ro nataon'i Ely: " I ro Yaveh. Avilao I hano ze mety hoe soa Aminazy." ¹⁹ Niha lihibe i Samoela, de i Yaveh niaraka taminazy, de tsa navelany hisy tsa tanteraka ny teny faminaniany. ²⁰ Ny Israely aby hatramin'ny Dana ko zizika Beri-sheba de nahafantatsa fa i Samoela de voatendry ho paminanin'i Yaveh. ²¹ Niseho tao silo ndraika i Yaveh, satria nagnambara ny tegnany tamin'ny tarony tamin'i Samoela tao Silo I.

Chapter 4

¹ Avy tamin'Israely aby ny tarogn'i Samoela. De nienga niady tamin'i Filistina ny Israely. Nametraka toby tao Ebenezer reo, de nametraka toby tao Afeka koa ny Filistina. ² Nilahatsa hiady tamin'ny Israely ny Filistina. Sy efa niely ny ady, de resin'ny Filistina ze nahafaty teo ho eo amin'ny efatra arivo lahy teo amin'ny sahan'adin'Israely. ³ Sy efa niditsa tao amin'ny toby ny vahoaka, de zao ro nataon'ny loholon'Israely hoe: "Nahoana Yaveh ro naharesy antsika teo agnatrehan'i Filistina androany? Andao ho feritsika hatagny Siloha handeha aty ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh, mba hiaraka amitsika aty zay, ko hiaro antsika amin'ny tagnany fahavalotsika." ⁴ Ko de nandeha nagniraka lihilahy nandeha agny Siloha ny vahoaka; avy hatagny ro nitondran-dreo ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh tompony maro, ze mitoatsa ambonin'ny kerobima. Teo niaraka tamin'ny fiaran'ny fagniken'Andriamagnitsa ny zanak'i Ely roalahy, de i Hohifinia sy finehasa. ⁵ Sy efa niditsa tao amin'ny toby ny fiaran'ny fagniken'i Yaveh, de niara nikiakiaka mahery ny vahoakan'Israely aby, de nagnakoako ny tany. ⁶ Sy efa ren'ny Filistina ny kotaba ny kiakiaka, de zao ro nataon'dreo hoe: "Fa ina ro dikan'izao kotaba mahery ao amn'ny tobin'ny Hebreo zao?" Sy avy eo de azon-dreo atsaina fa avy ao an-toby ny fiaran'i Yaveh. ⁷ Natahotsa ny Filistina; zao ro nataon-dreo hoe: "Misy Andriamagnitsa avy ao min'ny toby." Zao ro nataon-dreo hoe: ⁸ "Loza ho antsika! tsa vona nisy raha nitranga takanizao taloha! Loza ho antsika! Ia ro hiaro antsika amireo Andriamagnitsa mahery reo? Reo ro andriamagnitsa ze namely ny Egyptiana tamin'ny loza be isakarazany tany efitsa. ⁹ Alao ny hery, sady mbà lihilahy, agnareo ry filistina, sode ho avy andevon'ny Hebreo agnareo, tahaka ny nahandevonareo an-dreo.mbà lihilahy, ko miadia ¹⁰ De nidy ny filistina, de resy ny Israely. Nilefa tagny an-dragnony aby ny lihilahy, de henjagna ny famonoana; fa miaramila mitsangagna telo aligna hatagny Israely ro lavo. ¹¹ Nandeha ny fiaran'i Yaveh, de maty i Hofinia sy Finehasa, zanak'i Ely roa lahy. ¹² Nisy lihilahin'i Benjamina raika nilailava hatagny amin'ny filaharan'ady ko nandeha agny Siloha taminio andro io hiany, avy niaraka tamin'ny akanjo rovitsa sy vovo-tany teo andohany. ¹³ Sy efa avy i, de nitoatsa teo amin'ny sezany teo amoron-dalagna nijery i Ely satria nagovitsa ny amin'ny fiaran'Andriamagnitsa ny fony. Sy efa niditsa ny tanàna ny lihilahy sady nilaza ny vaovao, de nitabataba mahery ny tanàna iray manon-tolo. ¹⁴ Sy efa ren'i Ely ny kiakiaka ny tabataban'ny, de zao ro anataon-dreo hoe: " Avy malaky ny lihilahy de nitatara tamin'i Ely. ¹⁵ De valo ambin'ny sivifolo taogna i Ely; pahigna ny masonry, de tsa nahita i. ¹⁶ Zao ro nataon-rdalihihi tamin'i Ely: " Iaho no raika ze hatagny amin'ny laharan'ady. Nilefa ny ady aho androany." ¹⁷ Zao ro nataon'i Ely: "Nanao akory ny fizotrany, anaka?"Namaly ny lihilahy nitondra ny vaovao ko nanao hoe: "Nilefa ny Filistina ny Israely. Sady zao, nisy faharisena lihibe teo amin'ny vahoaka. de zao koa, maty Hofinia sy finehaza, zanakao roa lahy, de nandeha ny fiaran'Andriamagnitsa." ¹⁸ Sy efa nanognona ny fiaran'Andriamagnitsa i, de nitoboka niala avy hategny amin'ny sezany teo agnilan'ny vavahady i ElyTapaka ny vozony, ko maty i, satria efa antitsa sady reraka. Nitsara ny Israely nandritsa ny efapolo taogna i. ¹⁹ De ny vinatovaviny , Finehasa, de nitoejaza sady efa ho teraka. De sy efa nandre ny vaovao i fe roso ny fiaran'Andriamagnitsa de maty ny rafozandahin'ny sy ny vadiny, de nandohalika i de teraka, kanefa nadavo an-dreo ny fiterahany. ²⁰ tokony ho tamin'i fotoagna afatesany de nitarogna tamin'ny apela ze niatrika hoe: "Aza matahotsa fa niteraka zazalahy agnao. "Kanefa tsa namaly i na nandray ampo ze notarognin-dreo. ²¹ kehin'ny hoe Ikaboda ny agnaran'ny zaza, fa zao ro nataony hoe: "Afa-boninahitsa Israely!"fa nandeha ny fiaran'Andriamagnitsa, de ny rafozandahiny sy ny vadiny koa. ²² Zao ro nataony hoe: "Afa-boninahitsa Israely, satria nandeha ny fiaran'Andriamagnitsa."

Chapter 5

¹ De hazany Filistina ny fiaran'Andriamagnitsa, ko noferin-dreo hatagny Ebenezer ho agny Asdoda zay. ² Nalain'ny Filistina ny fiaran'Andriamagnitsa, noferiny tao andragon'i Dagona zay, de napetrany teo agnilany Dagona. ³ Sy efa nifoha maraigina ny vahoakan'i Asdoda sy apitso, de io, nigietraka nihohoka tamin'ny tany teo agnatrehany fiaran'i Yaveh ny tavan'i Dagona. Ko de nalain-dreo i Dagona de napiakariny teo amin'ny toerany ndraika. ⁴ Fa sy efa nifoha maraigina reo ny apitso, de io, de nigietraka nihohoka tamin'ny tany teo agnatrehany fiaran'i Yaveh ny tavan'i Dagona. Ny lohan'i Dagona sy ny tagnany roa de tapaka teo amin'ny varavaragna. Ny vatan'i Dagona hiany ro sisa nitoatsa. ⁵ De zay ro antony tsa handingianany Mpisorogn'i Dagona sy ze ona miditsa ao an-dragon'i Dagona ny varavarany Dagona ao Asdoda, na mandrak'izao aza. ⁶ Ny tagnan'i Yaveh de navetsatsa teo amin'ny vahoakan'i Asdoda. Noringiagniny sy napahoriany tamin'ny fivotosana reo, i Asdoda sy ny faritaniny. ⁷ Sy efa tsapan'ny olon'i asdoda ze nitranga, de zao ro nataon-dreo hoe: "Aoka tsa hiegnina eto aminay ny fiaran'ny Andriamagnits'Israely, satria ny tagnany de manohitsa mafy anay sy Dagona andriamagnitsay." ⁸ Ko de napangaika reo sady namory ny panapaka ny filistina aby; zao ro nataon-dreo taminazy: "Ina ro tokony hataonay amin'ny fiaran'ny Andriamagnits'Israely?" Namaly reo hoe: "Aoka ho ferina hagnodidigna an'i Gata ny fiarn'ny Andriamagnits'Israely. "Ko noferin-dreo tagny ny fiaran'ny Andriamagnits'Israely. ⁹ Fa sy efa noferin-dreo nagnodidigna anizay, de nanohitsa ny tanàna ny tagnan'i Yaveh, ko nahatonga fifanjevoana lihibe. Napahory ny tanàna I, na kely na lihibe; Ko nipoitsa tamin-dreo ny fivotosana. ¹⁰ Noho zay de nalefan-dreo tagny Ekrona ny fiaran'Andriamagnitsa. Fa vatany vo avy tagny Ekrona ny fiaran'Andriamagnitsa, de nikiakiaka mafy ny Ekronita, nanao hoe: "Nitondra ny fiaran'Andriamagnits'Israely ho antsika mba hamonoana antsika sy ny olotsika reo." ¹¹ Ko napangaika reo sady namory ny panapaky ny filistinina aby; zao ro nataony tamin-dreo hoe: "Apodio ny fiaran'Andriamagnits'Israely, de apodiano amin'ny toerany hiany, mba tsa hamonoanizay antsika sy ny olontsika." Fa nisy fivorovoroana lihibe nanerana ny tanàna; tena navesatsa teo ny tagnan'Andriamagnitsa. ¹² Ny ona ze tsa maty de napahoriana tamin'ny fivotosana, de ny fitaraignan'ny tanàna de niakatsa nagnenika ny lagnitsa.

Chapter 6

¹ Sady ny fiaran'i Yaveh de teo amin'ny tanànan'ny Filistina nandritsa ny fito volagna. ² Sy avy eo ny vahoakan'i Filistina nangaika ny mpisorogina sy ny pimasy; zao ro nataon'ny tamin-dreo hoe: "Ina ro tokony hataonay amin'ny fiaran'i Yaveh?" Lazao anay ny fomba hagnapodiananay anizay agny amin'ny firenen'izay manokagna." ³ Zao ro nataon'ny pimasy sy ny pisorogina hoe: "Lehe apodiareo ny fiaran'ny Andriamagnitsy ny Israely, de aza apody tsa miaraka amin'ny fagnomezana zay; andifaso fagnatitsa nohon'ny heloka amin'ny fomba aby I. de ho sitragina agnareo, sady ho fantatsareo ny antony tsa nagnalany ny tagnany taminareo mandrakizao." ⁴ De zao ro nataon-dreo hoe: "Tokony ho ina ro fagnatitsa nohon'ny heloka ze apodinay aminazy?" Namaly reo hoe: "Vongam-bolamena dimy sy totozy volamena dimy, ny dimy de isa mitovy amin'ny isan'ny panapaky ny Filistina. Fa loza mitovy ro napahory anareo sy ny panapakareo." ⁵ Noho izay de tsy maintsy manao ny sarin'ny fivotoanareo agnareo, de ny sarin'ny totozinareo ze mandringagna ny tany, sady magnome voninahitsa an'ny Andriamagnits'Israely. Angamba mety hagnala ny tagnany aminareo I, amin'ny andriamagnitsareo, de ny ny amin'ny taninareo. ⁶ Nahoana ro tokony hagnamafy ny fonareo agnareo, tahaka ny nagnamafisany Egyptiana sy Farao ny fon-dreo? Izay de tamin'ny namilezan'ny Andriamagnits'Israely mafy an-dreo; nga tsa nalefan'ny Egyptiana ny ona, de nandeha reo? ⁷ Zao ary, magnomagna sarety vaovao miaraka amin'ny omby vavy mapinono roa ze vona tsa nitondra zoga mihintsiny. Arohizo amin'ny sarety reo omby reo, fa fero mody ny zanak'omby, hiala amin-dreo. ⁸ Sy avy eo de raiso ny fiaran'Yaveh de ataovo ao agnatin'ny sarety zay. Apitraho agnaty vata eo agnilany sarin-draha volamena ze hapodinareo aminazy mba ho fagnatitsa nohon'ny heloka. De alifaso zay de avilao handeha amin'ny lalany. ⁹ Sy avy eo jireo; lehe mandeha miakatsa agny amin'ny lalagna mandeha agny amin'ny tany manokagna agny Beti-semesy zay, de Yaveh ro nanao anizay loza lihibe zay. Fa lehe tsa zay, de ho fantatsika fa tsa ny tagnany ro napahory antsika; fa zao, ho fantatsika fa nitranga tsy nahy tamitsika zay." ¹⁰ Ny lilihahy de nanao ze araka nolazaina tamin-dreo; nangalaka omby mapinonoroa roa reo, nandrohy anizay teo amin'ny sarety, de nitondra ny zanak'omby tagny an-dragno. ¹¹ napetra-dreo teo amin'ny sarety ny fiaran'i Yaveh, niaraka tamin'ny vata nisy ny totozy volamena sy ny sarin'ny fivotosan-dreo. ¹² Nandeha mahitsy tagny amin'ny lalagna mandeha Beti-semesy ny omby vavy. Nandeha tamin'ny lalambe raika reo, nimàma tegny apandihianana, de tsa nivilivily na tagny akavia na tagny akavagnana. nagnaraka an-dreo tagny amin'ny sisin'i Beti-semesy ny panapak'i Filistina. ¹³ De nila ny varin-dreo tegny an-dohasaha ny vahoalan'i Beti-semesy. sy efa nanandratsa ny masonry reo ko nahita ny fiara, de falifaly. ¹⁴ Avy tagny amin'ny sahan'i Josoa avy hatagny tanànan'i Beti-semesy ny sarety de niegnina tao. Nisy vato lihibe tao, ko namaky ny hazo tamin'ny sarety reo, sady nanolotsa ny omby vavy mba hatao fagnatitsa doroana ho an'i Yaveh. ¹⁵ Napidignin-dreo ny fiaran'i Yaveh sy ny vata ze niaraka tamizay, ze niay ny sary volamena, de napetrany teo amin'ny vato lihibe reo. Nanolotsa fagnatitsa doroana sy nanao sorogina ho an'i Yaveh ny andron'io hiany ny ponin'i Beti-semesy. ¹⁶ Sy efa hitany panapaka dimin'ny Filistina zay, de nipody tagny Ekrona ny andronio hiany reo. ¹⁷ Reto aby ny vokam-bolamena ze napodin'ny Filistina hatao fagnatitsa nohon'ny heloka ho an'i Yaveh: raika ho an'i Asdoda, raika ho an'i Gaza, raika ho an'i Askelona, raika ho an'i Gata, de ny raika ho an'i ekrona. ¹⁸ Ny totozy volamena de nitovy isa tamin'ny isan'ny tananan'ny Filistina aby ze an'ny panapaka dimy, de ny tanana mimanda sy ny zana-bohitsy ny tanàna. Ny vato lihibe, teo agnilan'ny namitrahan-dreo ny fiaran'i

Yaveh, de mitoatsa ho vavolom-belogna raika ao amin'ny sahan'i Josoa ny Beti-semesita zizika androany.¹⁹ Namely ny sasany poniny Beti-Semesy i Yaveh satria nijery tao agantin'i Fiaran'i Yaveh reo. Namono lihilahy 50.070 I. Nisaogna ny vahoaka, satria namely mafy ny vahoaka i Yaveh.²⁰ Zao ro nataon'i ponin'i Beti-semey hoe: "Ia ro afaka hitsangagna mariny an'i Yaveh, ity Andriamagnitsa masina ity? Ho aminia ro iakaran'ny fiara aty amitsika?"²¹ Nagniraka pitondra hafatsa tagny amin'ny poniny Kiriata- Jearima reo, nanao hoe: "Noferiny filistina nipody ny fiaran'i Yaveh: midigna de fero mipody miaraka aminareo zay."

Chapter 7

¹ Avy ny olon'i Kiriata Jearima, nangalaka ny fiaran'i Yaveh, de nitondra anizay tao an-dragon'i abinadaba tagny amin'ny havoagna. Nanokagna ny Eleazara zanany lahy i mba hitandrigna ny fiaran'i Yaveh.² Nanomboka tamin'ny andro ze nitoeran'ny fiara tao Kiriata Jearima, de taogna betsaka ro nandeha, roapolo taogna. Ny akohonan'Israely aby de nalahelo an'i Yaveh ko nagniry hipody amin'i Yaveh.³ Zao ro nataon'i Samoela tamin'ny akohonan' Israely manontolo hoe: "Lehe mipody amin'i Yaveh amin'ny fonareo aby agnareo, de mialà amin'ny andriamani-kafa sy ny Astarta, atodiho amin'i Yaveh ny fonareo, de I rery hiany ro tompò, de hamonjy anareo eo an-tagnany Filistina i." ⁴ De nagnala ny Bala sy ny Astarta ny vahoakan'ny Israely, de nanompo an'i aveh rery hiany.⁵ e zao ro nataon'i Samoela hoe: "Fero ho agny mizpa ny israely aby, de hivavaka de hivavaka amin'i Yaveh ho anareo aho." ⁶ Nivory tao Mizpa reo, de nanovo rano ko nandrarakana anizay teo imason'i Yaveh. Nifady hanina reo tamizay andro zay ko nanao hoe: "Efa nanota tamin'i Yaveh tsika." Tagny ro nanapahan'i Samoela hevitsa hitsara ny fifandiran'ny vahoakan'ny Israely sy nitondrany anazy.⁷ De lehefa ren-dreo Filistina fa niangogna tao Mizpa ny vahoakan'Israely, de nanafika ny Israely ny panapaky ny Filistina. Lehe naheno anizay ny vahoaka- kan'Israely, de de natahotsa ny Filistina reo.⁸ De zao ro nataon'ny vahoakan'Israely tamin'i Samoela: "Aza mijanona miantso an'i Yaveh Andriamagnitsika ho antsika, fa hagnavotsa antsika eo an-tanan-dreo Filistina i." ⁹ De nangalaka zanak'omby vona minono i Samoela sady nagnome anizay aby mba hatao fagnatitsa ho an'i Yaveh. De nangaika mafy an'i Yaveh ho agny Israely Samoela, ko namaly anazy i Yaveh.¹⁰ dy lehe vona nagnatitsa ny fagnatitsa fotoagna Samoela, de nagnatogna hanafika ny Israely ny filistinina. Fa Yaveh napikotrok'oragna tamin'ny feo mahery tamizay andro zay hanohitsa ny Filistinina ko napifnjevo an-dreo, de resy teo alohan'Israely reo, de resy alohan'ny Israely reo.¹¹ De ny lihilahy ny Israely niala hatagny Mizpa, de nagnenjika ny filistinina ko namono an-dreo mandrapiaviny teo ambanin'i Betikara.¹² Sy avy eo de nangalaka vato i Samoela sady nametraka anizay teo agnelagnelan'i Mizpa sy Sena. Nataony hoe Ebenezer ny agnaran'izay, manao hoe: "Hatramizao ro namonjen'i Yaveh antsika." ¹³ De resy ny Filistinina ko tsa niditsa teo amin'ny faritanin'ny Israely. Ny tagnan'i Yaveh nanohitsa ny Filistinina tamin'ny andron'ny Samoela aby.¹⁴ Ny tanàna ze nalain'ny Filistinina tamin'Israely de tafapody tamin' Israely, hatragny Ekrona zizika agny Gata; nipody tagny amin'ny Filistinina. De nisy fihavagnana teo amin'ny Israely sy ny Amorita.¹⁵ Nitsara an'Israely nandritsa ny andro-piajnany aby i Samoela.¹⁶ Isan-taogna de nandeha nivezivezy tagny Betela, Gilgala, de Mizpa i. Nanapak-evitsa ny amin'ny ady ho an'Israely teo aminin'ny toerana aby reo i.¹⁷ De nipody tagny rama ndraika i. satria tagny ro tragnony; de tsigny hiany koa ro nanapahany hevitsa tamin'ny ady ho an'ny Israely. Nagnorigna alitara ho an'i Yaveh tagny hiany koa i.

Chapter 8

¹ Sy efa antitsa i Samoela, de nagnotany ho pitsara eo amin'ny Israely ny zanany lahy.² Joela ro agnaran'ny lahimatoany, de i Abia ro agnarany zanany lahy faharoa. Pitsara tao Beri-sheba reo.³ Tsa nandeha tamin'ny lalany ny zanany lahy, fa nitadia fihariana tsa marina. Nandray kolikoly reo sady namadika ny rariny.⁴ De niara nivory ny loholon'Israely aby de avy teo amin'i Samoela tao Rama. Zao ro nataon-dreo taminazy: " ⁵ Zao, antitsa agnao, sady tsa mandeha amin'ny lalano koa ny zanakao. Manindre panjaka ho anay mba hitsara anay tahaka ny firenena aby." ⁶ Nefa tsa nakasitrahan'i Samoela zay nitarogna reo hoe: "Omeo panjaka agnay mba hitsarana anajy." Ko nivavaka tamin'i Yaveh i Samoela.⁷ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Samoela hoe: " ikeo ny feo'ny vahoaka amin'ny raha aby ze lazain-dreo aminao; fa tsa agnao ro lavin-dreo, fa Iaho ro lavin'ny tsa ho panjakan-dreo." ⁸ Amizao reo de manao tahaka ny nataony hatramin'ny andro nitondrako an-dreo nienga hatagny Egypta, nahafoa Anahy, de nanopo ny andriamanik-kafa, de tahaka anizay koa ro nataon-dreo aminao. ⁹ Amizao henò reo; nefa apitandremo mafy ko apahafantaro ny fomba hanapahan'ny panjaka eo amin-dreo." ¹⁰ Ko de notarognin'i Samoela tamin'ny vahoaka ze nangataka ny tarogn'i Yaveh aby.¹¹ Zao ro nataony: "Izao ro fanaon'ny panjaka ze hanjaka eo aminareo. Hangalaka ny zanakareo lahy i ko hanendry an-dreo ho an'ny kalesiny sy ho hanjary pitengi-tsovaliny, de hiridiridy eo alohan'ny kalesiny.¹² hanendry kapiten'ny an-drivony, de kapiten'ny dimapolo ho anazy i. Hapiasainy tany ny sasany, mila ny vokatsa ny sasany, de hamboatsa ny fitaova-piadiana sy ny fitaovana ho an'ny kalesy ny sasany." ¹³ Ny zanakareo vavy koa de hataon'ny pangaroharo raha-magnitsa, mpahandro, sady panao mofo.¹⁴ Halain'ny ny soa ndrindra eo amin'ny tanimbolinareo, ny tanim-boalobokareo, de ny tanin'olivanareo, ko hameny an'ny mpanompony.¹⁵ Halainy ny apahafolon'ny varinareo sy ny hatamin'ny tanim-boalobokareo ko hameny an'ny manapahefany sy ny mpanompony.¹⁶ Halainy ny panomponareo lahy sy ny panomponareo vavy de ny soa ndrindra amin'ny tovolahinareo sy ny borikinareo; hapiasainy ho anazy i aby.¹⁷ Halainy ny apahafolon'ny ondry aman'osinareo, ko hanjary andevony agnareo.¹⁸ Ko amizay andro zay de hitaraigna tratsan'ny panjakanareo ze nifidianareo agnareo; kanefa tsa hamaly amareo i Yaveh amizay andro zay." ¹⁹ Kanefa nandà ny hieno an'i Samoela ny vahoaka; zao ro nataon-dreo: "Tsa

mety! tokony hisy panjaka eto aminay²⁰ mba hitovianay amin'ny firenena hafa aby, sady mba hitsaran'ny panjakanay anay sy hiengany eo alohanay ko hiady ny odinay." ²¹ Sy efa ren'i Samoela ny tarogny ny vahoaka aby de napodiny teo apotots'ofin'i Yaveh zay. ²² Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Ikeo ny feon-dreo de ataovo manjary mpanjakan-dreo ny ona raika. " Ko zao ro nataon'i Samoela tamin'i olon'ny Israely: "Tsy maintsy mandeha agny amin'ny tanànanany aby ny lilihahy tsiraidrika."

Chapter 9

¹ Nisy lilihahy hatagany Benjamina, lilihahy ambony raika. Ny agnarany de i Kisy zanaka lahin'i Abiela zanaka lahin'i Zerora zanaka lahin'i Bekorata zanaka lahin'i Afia, ny zanaka lahina Benjamita raika. ² Nanana-janaka lahy nakehina hoe Saoly i, tovolahy soa tarehy raika. Tsa vona nisy ona soa tarehy tahaka anzy teo amin'ny olon'Israely. Manomboka eo amin'ny sorony ro ho miakatsa de lava nohony ona aby i. ³ De ny apondran'i Kisy, rain'i Saoly de very. Ko nitarogna tamin'i Saoly zanany i Kisy nanao hoe: "Mangalà raika amin'ny panompo hiaraka aminao, mitsangana de mandihiana mitadia ny apondra. " ⁴ Ko de mamakivaky ny tany havoan'ny Efraïma i Saoly de naneha tamin'ny tanin'ny Salisa, fa tsa hitan-dreo zay. De namakivaky ny tanin'i Salima reo, nefa tsa tagny reo. Sy avy eo de namakibaky ny tanin'i Benjamita reo, fa tsa nahita reo. ⁵ Sy efa avy teo amn'ny tanin'i Zofa reo, de nitarogna tamin'ny panompony ze niaraka tamin'i Saoly hoe: "Andao, handeha tsika hipody, fa mety tsa hagnahy ny amin'ny apondra koa ny raiko fa hanomboka hagnahy ny momba atsika." ⁶ Fa zao ro nataon'ny taminazy hoe: "Heno, misy lilihahin'Andriamagnitsa amin'ity tanàna ty. I de lilihahy namem-boninahitsa; ze raha notarogniny de tanteraka aby. Andao tsika ho agny; mety hitarogna amitsika ze lalagna tokony handihiananatsika amin'ny diatsika i." ⁷ De zao ro nataony Saoly tamin'ny panompony hoe: "Fa lehe mandeha tsika, ina ro mety ho feritsika ho an-dra lilihahy? Ny mofo aganty ny sandrifitsik efa lany, de tsa misy fagnomezana mba ho feritsika ho an'ny lilihahin'Andriamagnitsa. Ina ro hanagnatsika?" ⁸ Ny panompo namaly an'i Saoly ko nanao hoe: "Zao, Iaho managna sekely volafotsy ze hameko ny lilihahin'Andriamagnitsa, mba hitarognany amitsika ze lalagna tokony handihiananatsika." ⁹ (Taliha tagny Israely, sy efa misy lilihahy mitadia ny fahalalana ny sitrapon'Andriamagnitsa, de mitarogna i hoe: "Andao, handeha tsika ho agny amin'ny pahita. "Fa pahita ro nagehina taliha ze akehitsika hoe paminany amizao.) ¹⁰ Sy avy eo de nitarogna tamin'ny panompony i Saoly hoe : "Soa ny voalazanao. Andao, andao tsika handeha." de nandeha reo nandeha agny amin'ny tanàna ze nisy ny lilihahin'Andriamagnitsa. ¹¹ De sy efa niakatsa ny tendrombohitsa tao an-tanàna reo, de nahita an-dra kiala vavy nienga hitaogna rano; de zao ro nataon'i Saoly sy panompony tamon-dreo hoe: "Eto ve ny pahita?" ¹² maly reo, ko nanao hoe: "Eto i; zao, ao alohanareo kely ao fotsiny i. Mandihiana malaky, fa hoa avy an-tanà i androany, satria hanao sorogna eo amin'ny toerana ambon'ny vahoaka androany. ¹³ Lehe vatany vo miditsa ny tanàna agnareo de hahita anazy, alhan'ny hiakaran'ny amin'ny toerana ambony hihinanany. Tsa hihinana ny vahoaka man-drapiaviny, satria i ro hitson-drano ny sorogna; afaran'izay de hihinana reo ze nasaina. Ko miakara izizao, fa hahita anazy avy hatragny agnareo." ¹⁴ De niakatsa nandeha agny amin'ny tanàna reo. Sady te vo niditsa ny tanàna reo, de nahita an'i Samoela niboaka taminazy, mba hiakatsa agny amin'ny toerana ambony. ¹⁵ De ny andro talohan'ny niavian'i Saoly, de nitarogna tamin'i Samoela i Yaveh hoe: "Sy apitso amizao lera zao de handefa lilihahy ¹⁶ raika avy hatamin'ny tanin'i Benjamina aminao Aho, de hagnosotsa anazy ho andriana eo amin'ny Israely vahoaka agnao. Hamonjy ny vahoakako amin'ny tagnan'ny Filistina i. Fa efa nijery ny vahoakako tamin'ny fangorahana aho satria ny antso vonjin-dreo de avy taty Aminahy. ¹⁷ Sy efa an'i Samoela i Saoly, de nitarogna taminazy i Yaveh hoe: "Ity ny lilihahy ze notarognoko taminao! I ny ona ze hanapaka ny vahoakako. " ¹⁸ Sy avy eo i Saoly de nagnatogna an'i Samoela teo amin'ny vavahady de nanao hoe: "Mba lazao anahy hoe aia ro misy ny tragnon'ny pahita?" ¹⁹ Namaly an'i Saoly i Samoela ko nanao hoe: "Iaho ro pahita. Miakara amin'ny toerana ambony mialoha anahy, fa androany de miara mihinana aminahy agnao. Avelako handeha agnao amin'ny maraïna, de lazaiko anao ze ao atsainao. ²⁰ Lehe ny amin'ny apo nanao ze very telo mahery zay, de aza magnahy ny amizay, fa efa hita zay. De napetraka taminia ny fagnirian'ny Israely aby? Tsa ho aminao sy ho amin'ny akohonan-drainao aby ve?" ²¹ Namaly i Saoly ko nanao hoe: "Fa tsa Benjamita ve aho, avy hatamin'ny foko kelyndrindran'Israely? Tsa ny fianakaviako ve ro kely ndrindra amin'ny fianakaviambe aby ao amin'ny fokony Benjamina? Ko nahoana ro zay fomba ze norisahanao taminahy?" ²² De noraisin'i Samoela i Saoly sy ny panompony, ko nitarogna tagny agn'efitragno, de napetrany teo amin'ny fitoerana voalohany ho anize voaasa reo, ona tokony ho eo amin'ny telopolo eo ho eo. ²³ Zao ro nataon'i Samoela tamin'ny pahandro hoe: "Fero ny anjara ze nameko anao, ze nilazako taminao hoe, 'Atokano titi.' " ²⁴ Ko nalainy pahandro ny feny sy ze nitambatsa taminazy de napetrany teo alohan'i Saoly. De zao ro nataon'i Samoela hoe: "Io ze voatokagna de napetraka teo alohanao. Hano io, satria voatokagna ho anao mandra-piavin'ny fotoagna voatendry, tamin'ny fotoagna nilazako hoe, 'Efa nanasa ny ona aho.' " De niara nihinana tamin'ny Samoela i Saoly tamin'io andro io. ²⁵ De sy efa tafidigna hategny amin'ny toerana ambony ho amin'ny tanàna reo, de niresaka tamin'i Saoly teo an-tampon-tragno i Samoela. ²⁶ De vô mangiran-dratsy, de nangaika an'i Saoly teo an-tapotragno i Samoela ko nitarogna hoe: "Miarena, mba hahafahako mandefa anao agny amin'ny lalanao." De nifoha i Saoly, de samy nandeha nienga ho egny an-dalagna i sy Samoela. ²⁷ De sy efa nandeha nagnodidigna ny tanàna reo, de zao ro nataon'i Samoela tamin'i Saoly: "tarogno ny panompo mba handeha mialoha antsika" __de nandeha teo aloha i--"fa tsy maintsy miegnina eto amin'ny fotoagna kelikely agnao, mba hitarognako aminao ny hafats'Andriamagnitsa."

Chapter 10

¹ De nalaka ny tavoara nisy diloilo i samoela, nadraraka anizay teo amboniny lohan'i Saoly, sady nagnoroka anazy. Zao ro nataony hoe: "Nga ve i Yaveh tsy efa agnosotsa anao ho panapaka ny lovany?" ² Sy efa handao anahy agnao androany, de hahita lihilahy roa eo agnilan'ny fasan-dRahely, ao amin'ny faritanin'i Benjamina ao Zelza. Hitarogna aminao reo hoe: "Ny boriky ze efa notadiavinareo de efa hita. Amizao ny razam-benareo de niegnina tsa niahiahy ny amin'ny boriky sady nagnahy ny momba anao, mitarogna hoe: "Ina ro tokony hatao ny mahakasika ny zanak lahy?" ³ De nandeha lavidavitsa hatagny agnao, de ho avy eo amin'ny hazo terebitan'i Tabara. Hihaogna amin'ny lihilahy telo mandeha ho agny amin' Andriamagnitsa agny Betela agnao, ny raika mitondra zanak'Osny telo, ny sasany mitondra mofo telo, de ny hafa mitondra sinin-divay hoditsa. ⁴ Hiaraba anao reo hagnome mofo roa anao, ze halainao hategny an-tagnan-dreo. ⁵ Afaran'izay, de hipody eo amin'ny tendrom-bohits'Andriamagnitsa agnao, ze misy ny miaramilan'ny Filistinina. Sy efa avy ao amin'ny tanàna agnao, de hihaogna amin'ny andiana paminany hidigna hatagny amin'ny toerana ambony miaraka amin'ny lokanga, aponga tapaka, kiatsody, de valiha eo alohan-dreo; haminany reo. ⁶ Ny Fagnahin'i Yaveh hidigna eo aminao, de haminany miaraka amin-dreo agnao, ko hiova ho lihilahy hafa. ⁷ De sy efa avy aminao reo famatarana reo, de ataovo aby ze hitany tagnanao fa tokony hataonao, satria Andriamagnitsa momba anao. ⁸ Midigna mialoha anhy ho agny Gilgala. Dehidigna agny aminao aho hanolotsa ny fagnatitsa doroana sady hanao sorogna fagnatim-pihavagnana. Miandaza fito andro mandram-pandehako ho eo aminao de hatoroko anao ze tokony hataonao. ⁹ Sy efa nitodi-damosigna handao an'i Samoela i Saoly, de namen'Andriamagnitsa anazy ny fo vaovao. De avy ny famatarana aby ny taminizay andro zay. ¹⁰ Sy efa avy tegny amin'ny tendrombohitsa reo, de nisy andiana paminany nihaogna taminazy, de ny fagnahin'Andriamagnitsa nidigna teo aminazy ko naminany niaraka tamin-dreo i. ¹¹ Sy efa nahita nanazy niaraka tamin'ny paminany ny ona aby ze nahalala anazy teo aloha, de kapiteny ny ona hoe: "Ina ro nahazo ny zanaka lahin'i Kisy? Anisany raika amin'ny paminany koa nga i Saoly?" ¹² Nisy lihilahy raika nipetraka teo aminio toerana io namaly hoe: "De ia ro rain-dreo?" Sy zay, de nanjary fomba fitarogna ny hoe: "Anisany paminany koa nga i Saoly?" ¹³ Sy efa nahavita ny faminaniana i de nandeha ny amin'ny fitoerana ambony ¹⁴ zao ro nataon'ny dadatoan'i Saoly tamin'ny panompony hoe: "Taia ro nandihiananareo?" Nmaly i hoe: "Nitadia ny boriky. Sy efa hitanay fa tsa nety hita reo, de nandeha tagny amin'ny Samoela agnay." ¹⁵ Zao ro nataon'i Dadatoan'i Saoly hoe: "Mba tarogno aminahy roa ze raha notarognin'i Samoela taminareo." ¹⁶ Namaly ny ralahin-drainy i Saoly hoe: "Nitarogna taminay mazava soa i fa efa hita ny boriky. Fa tsa nilaza taminazy ny momba ny resaka fanjakana, ze efa nolazain'i Samoela i. ¹⁷ De nangehin'i Samioela hiaraka teo ano- loan'i Yaveh tao Mizpa reo vahoaka. ¹⁸ Zao ro nataony tamin-dreo olon'Israely hoe: "Iaho ro raha notarognin'i Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely: 'Namoaka an'Israely Aho sady nagnavotsa anareo teo amin'ny tagnan'ny Egyptiana, de tamin'ny tagnan'ny fanjakana aby ze napijaly anareo.' ¹⁹ Fa amizao efa nandà ny Andriamagnitsareo Ze niaro anareo tamin'ny loza sy fahorianareo aby agnareo; de nilaza taminazy agnareo hoe: 'Amitraho panjaka eo aminay.' Androany atoloro eo alohan'i Yaveh araka ny fokonareo sy ny vondrognareo ny tegnanareo."

²⁰ De nandriny an'i Samoela ny fokon'ny Israely aby, de ny fokony benjamina ro voafidy. ²¹ Sy avy eo de noferiny nandriny ny fokon'ny Benjamina; de ny fokon'ny Matrita ro voafidy, fa sy efa nandeha nitadia anazy reo, de tsa nety hita i. ²² Sady ny ona tena te hametraka fagnotaniana betsaka tamin'Andriamagnitsa hoe: "Vona misy lihilahy hafa ho avy ve? "Yaveh namaly hoe: "Nagnafigna ny tegnany eo amin'ny entagna i." ²³ De niridiridy reo sady nangalaka an'i Saoly hatao. Sy efa nitsangagna teo amin'ny ona i, de lava mihoatsa ny ona aby hategny atsorony ro ho miakatsa i. ²⁴ De zao ro nataon'i Saoly tamin'ny ona hoe: "Hitanareo ve ny lihilahy ze voafidin'i Yaveh? Tsa misy ona tahaka anzy eo amin'ny vahoaka aby!" Ny ona aby nangaika hoe: "ho ela velogna ny panjaka!" ²⁵ De nilaza tamin'ny vahoaka ny fomba sy ny fitsipiky ny fanjakana i Samoela, nanoratsa ny tao agnaty boky, sady nametraka anizay teo agnatrehan' Yaveh. Sy avy eo de nalefan'i Samoela ny vahoaka aby, handeha agny amin'ny tragnony aby. ²⁶ Nody tagny andragon'ny tagny Gibeà koa i Saoly, sady niaraka tamin'ny lihilahy matanjaka sasany, ze nokasihin'Andriamagnitsa ny fony. ²⁷ Fa ny sasany tamin'ny ona tsa misy dikany nanao hoe: "Aminina ro afahan'io lihilahy io magnavotsa anay?" Nagnaraby an'i Saoly ny ona sady tsamba nitondra fagnomezana ho anazy. Fa nangina nefa i Saoly.

Chapter 11

¹ y avy eo Nahasy Amorita nandeha de nitoby tagny Jabesi-Gileada. Zao ro nataon'ny olon'i Jabesy aby tamin'ny Nahasy hoe: "Manaova fagnikena miaraka aminay, de hanompo anareo agnay." ² De namaly i Nahasy Amonita hoe: "Amizao fepetra zao ro hanaovako fignikena aminareo, de ny hagnapotsiriko ny masonareo aby akavagnana, de zay ro fomba hitondrana fahafahambaraka eo amin'Israely." ³ De ny loholon'i Jabezy namaly anazy hoe: "Avilao rery mandritsy ny fito andro agnay, mba hafahanay mandeha iraka mandeha agny amin'ny faritanin'Israely aby. De, lehe tsa misy neko raika aza hamonjy anay, de hitoli-batana aminareo agnay." ⁴ De avy tagny Gibeà, ze notiren'i Saoly ny iraka, de nilaza anizay raha nitranga zay tamin'ny vahoaka. De nitomagny mafy ny vahoaka aby. ⁵ De nagnaraka ny omby hatagny atanimboly i Saoly. Zao ro nataony Saoly: "Ina ro mahazo ny vahoaka ro mapitomagny an-dreo?" De notarognin-dreo tamin'i Saoly ny raha nolazain'ny lihilahin'i Jabesy. ⁶ Sy efa ren'i Saoly ny raha ze nolazain-dreo, de nidigna teo ny fagnahin'Andriamagnitsa, ko nasiaka mafy i. ⁷ Nangalaka ziozan'omby raika i, ko notapatapahany, sady nalefany nanerana ny Israely aby niaraka tamin'ny iraka reo. Zao ro nataony: "Ze aby tsa hianga hagnaraka an'i Saoly sy Samoela, de tahaka anio ro hanaovana ny ombiny." De nidigna tamin'ny vahoaka ny horohoron'i Yaveh, ko niara-nianga tahaka ny ona raika

reo.⁸ Sy efa namory an-dreo tagny Bezeka i, de nisy telo hetsy ny vahoakan'Israely, de ny olon'ny Joda de telo aligna.⁹ Zao ro nataon-dreo tamin'ny iraka ze avy tagny: "Hilaza amin'ny olon'ny Jabesi-Gileada agnareo hoe: 'Sy apitso, amin'ny fotoagna mapahamay ny masoandro, de ho voavonjy agnareo.'" Ko nandeha ny iraka de nilaza tamin'ny olon'i Jabesy. de faly o.¹⁰ De zao ro nataon'ny olon'i Jabesy tamin'i Nahasy: "Hitolo-batagna aminao agnay sy apitso, de afaka ataonao inay ze hitanao fa mety."¹¹ Ny apitso de napetran'i Saoly tao agnaty vondrognana telo ny vahoaka. De nandeha teo agnivon'ny toby tamin'ny fiambenana maraigina reo, sady nanafika reo ko naharesy ny Amorita mandar-pahamay ny andro. Reo ze vona velogna de nahely, mba tsa hisian'ny roa hiara-tavela.¹² De zao ro nataon'ny vahoaka tamin'i Samoela hoe: "Ia ro nitarogina hoe: 'Hanjaka eto amitsika nga i Saoly?' Fero ny ona, mbahafahatsika mamono an-dreo."¹³ Fa zao ro nataon'i Saoly: "Aoka mba tsa hisy ho maty neko raika amity andro ty, satria nagnavotsa an'Israely Yaveh droany."¹⁴ Sy avy eo de zao ro nataon'i Samoela tamin'ny vahoaka hoe: "Andao, handeha tsika hoa agny Gilgala sady hagnavao ny fanjakana agny ndraika."¹⁵ Ko nandeha tagny Gilgala ny vahoaka aby de nanao an'i Saoly ho panjaka teo agnatrehana'i Yaveh tagny Gilgala. Tagny ro nanaovan-dreo sorogna fagnati-pihavagnana teo agnatrehana'i Yaveh, de i Saoly sy ny lihilahin'Israely de feno hafaliana tateraka.

Chapter 12

¹ Zao ro nataon'i Samoela tamin'ny Israely aby: "Efa nihieno aby ny raha ze nolazainareo taminahy aho, sady efa nanendry ny panjaka teo aminareo."² Androany, io mandeha eo alohanareo ny panjaka; de efa antitsa sy fotsy volo aho; sady, ny zanako eo aminareo. Efa nandeha teo aminareo hatraminy taloha ko zizika androany aho.³ Itito aho; mijoro vavolombelogna hanohitsa anahy eo agnatrehana'i Yaveh sy eo agnatrehana'ny voahosony. Ombinia ro efa nalaiko? Apondran'ia koa ro efa nalaiko? Ia ro efa nambakaiko? Ia ro efa napijaliako? Avy tamin'ny tagnania ro efa nadraisako kolikoly mba hahatapigna ny masoko? Mijoroa vavolombelogna hanohitsa anahy, fa hapodiko aminareo zay."⁴ Zao ro nataon-dreo hoe: "Tsa namitaka anay agnao, tsa napijaly anay, na nangalaka na ina na ina tamin'ny tagnan'olo."⁵ De zao ro nataon-dreo hoe: "Yaveh ro vavolombelogna aminareo, de ny voahosony ro vavolombelogna androany, fa tsa nahita na ina na ina teo an-tagnako agnareo." Reo namaly hoe: "Yaveh ro vavolombelogna."⁶ Zao ro nataon'i Samoela tamin'ny vahoaka hoe: "Yaveh ro nanendry an'i Mosesy sy Arona, de nitondra ny razambenareo niakatsa hatagany amin'ny tany Egipta."⁷ Koa androany, atoloro ny tegnanareo, mba hahafahako mifandahatsa aminareo eo agnatrehana'i Yaveh mahakasika ny asa marin'i Yaveh, ze nataony ho anareo sy ny razambenareo.⁸ Sy efa avy tagy Egipta i Jakoba, de nitaraigina tamin'i Yaveh ny razambenareo, de nandefa an'i Mosesy sy Arona i Yaveh, ze nitarika ny razambenareo hienga an'i Egipta de nitoatsa tamin' ity toerana ty reo.⁹ Fa ny nagnadigno an'i Yaveh Andriamaniny; ko nivarotsa an-dreo teo an-tagnan'i Sisera, pitarika ny tafik'i Hazora i, teo an-tagnan'ny Filistinina, de teo an-tagnan'ny panjakan'i Moaba; reo aby ro niady tamin'ny razambenareo.¹⁰ Nitaraigina tamin'i Yaveh reo sady nanao hoe: 'Efa nanota agnay, satria efa nahafoa an'i Yaveh sady efa nanompo an'i Bala sy ny Astarta. Fa androany magnafaha anay eto an-tagnany fahavalonay, de hanompo anao agnay.'¹¹ Noho zay de nagniraka an'i Jerobala, Bedana, Jefta, de i Samoela i Yaveh, de nagnome fandresena ho anareo teo an-tagnany fahavalonareo by magnodidigna anareo, ko nahafahanareo niaigna ampilamignana.¹² Sy efa hitanareo fa avy hanohitsa anareo i Nahasa mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, de zao ro nataonareo taminahy hoe: 'Tsa mety Fa ôka, ho panjaka ro hanjaka eto aminay'—kanefa i Yaveh Andriamgnitsareo, ro panjakanareo.¹³ Io, akehitriny ro panjaka voafidinareo, ze nangatahinareo, de ze nosafidian'i Yaveh hanjaka eo aminareo androany.¹⁴ Lehe matahotsa an'i Yaveh agnareo, de manopoa Anazy, ikeo ny feony, de aza mikomy hanohitsa ny didin'i Yaveh, de samy ho pagnaraka an'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo sy ny panjaka ze manjaka eo aminareo.¹⁵ Fa lehe tsa magneky ny feon'i Yaveh agnareo, fa mikomy hanohitsa ny didin'i Yaveh, de hamely anareo ny tagnan'i Yaveh, tahaka ny namilezana ny razambenareo.¹⁶ Ko mitsangana akehitriny de jireo zao raha lihibe ze hataon'i Yaveh eto imasonareo zao.¹⁷ Nga tsa fotoagna filàna vary tritrika zao? Hangaika an'i Yaveh aho, mba handifasany godogna sy oragna. De ho hitanareo sy ho fantatsareo fa lihibe ny faharatsiam-pagnahinareo, ze nataonareo teo imazon'i Yaveh, tamin'ny alalan'ny fangatahanareo mpanjaka."¹⁸ Ko de nangaika an'i Yaveh i Samoela; de tamizay andro zay hiany de nandefa oram-baratsa i Yaveh. Ko de natahotsa mafy an'i Yaveh sy i Samoela ny vahoaka aby.¹⁹ De zao ro nataon'i vahoaka aby tamin'i Samoela hoe: "Mivavaha ho an'ny mpanomponao amin'i Yaveh Andriamagnitsao, mba tsa ho maty agnay. Satria efa nagnampy ny fahotanay aby tamin'ny alalan'ny fangatahana panjaka agnay."²⁰ De namaly Samoela hoe: "Aza matahotsa. Efa nanao zao ratsy aby zao agnareo, kanefa aza miala amin'i Yaveh, fa manompao an'i Yaveh amin'ny fonareo abiaby."²¹ Aza mivily magnaraka ny zava-poagna ze tsa mahasoa na mahavonjy anareo, satria de tsa misy ilaina an-dreo.²² Fa nohon'ny agnarany lihilbe, de tsa handà ny olon'ny i Yaveh, satria mahafaly an'i Yaveh ny hanao anareo ho vahoakany.²³ Lehe ny aminahy, de sagnatriaviko ny hanota amin'i Yavehamin'ny fitsaharana ny hivavaka ho anareo. Fa zao hapianatsa anareo ny lalagna ny amin'ny soa sy ny marina aho.²⁴ Yaveh hiany ro atahoro de manopoa Anazy amin'ny fahamarinana amin'ny fonareo manontolo. Hivero ny raha lihibe ze efa nataon'ny taminareo.²⁵ Fa lehe mikiry ny hanao ratsy agnareo, de samy ho ringagna agnareo sy ny mpanjakanareo."

Chapter 13

¹ Telopolo taogna i Saoly ro nanomboka nanjaka; sy efa nanjaka efapolo taogna teo amin'Israely i,² de nifatigna lihilahy telo arivo teo amin'Israely. Roa rivo ro niaraka taminazy tagny Mikmasy sy tagny amin'ny havoan'ny tanànan'i Betela,

lehe ny arivo kosa niaraka tamin'i Jonatana tagny Gibeana'i Benjaminina. Ny miaramila sisa tavela de nalefa nody, ny lihilahy tsiraidraika samy handeha agny n-dainy aby. ³ Nandresy ny toby miaramilan'ny Filistinina i Jonatana ze tagny Geba sady nandre anizay ny Filistinina. De nitsoka tropetra nanerana ny tany i Saoly, nitarogna hoe: "Aoka handre ny Hebreo." ⁴ Ren'ny Israely aby fa i Saoly de nandresy ny miaramilan'ny Filistinina, de ny Israely hiany koa de tonga-pofogna io ho an'i Filistinina. De ny miaramila de napangehina hivondrognana hagnaraka an'i Saoly agny Gilgala. ⁵ Niara-nivondrognana ny filistinina mba hiady hanohitsa ny Israely: kalesy telo arivo, lihilahy enina arivo hitondra ny kalesy, de antoko betsaka an'isa tahaka ny fasika egnny amoron-dranomasina. Niakatsa reo de nitoby tagny Mikmasy, atsinaninan'i Betavena. ⁶ Sy efa hitan'ny lihilahin'Israely fa nisavoritaka reo__fa ory ny vahoaka, de nisitrika tao amin'ny zohy, tao amin'ny kirihits'ala, tao amin'ny haram-bato, tao amin'ny famorian-drano, de tao agnaty lavaka ny vahoaka. ⁷ Ny sasany tamin'ny Hebreo niapita an'i Jordana ho agny amin'ny tanin'i Gada sy Gileada. Fa i Saoly kosa vona tagny Gilgala, de ny vahoaka aby nagnaraka anazy tamik'ovitsa. ⁸ Niandry nandritsa ny fito andro i, ny fotoagna ze namer'i Samoela. Fa Samoela tsa avy tagny Gilgala, de ny vahoaka de niparitaka niala teo amin'i Saoly. ⁹ Zao ro nataon'i Saoly: "Fero aty aminahy ny fagnatitsa doroana sy ny fagnati-pihavagnana." De natolony ny fagnatitsa doroana. ¹⁰ Vatany vô natolony ny fagnatitsa doroana de avy i Samoela. Nienga nitsena sy niarahaba anazy i Saoly. ¹¹ De zao ro nataon'i Samoela: "Ina ny nataonao?" Namaly i Saoly hoe: "Sy efa hitako fa niala taminahy ny vahoaka, de tsa avy teto aminahy tamin'ny fotoagna namena agnao, de ny Filistina efa nivory tagny Mikmasy," ¹² de zao ro nataoko hoe: "Androany ny filistinina de ho avy hanohitsa anahy ao Gilgala, de iaho tsa nitadia ny fankasitrahana'i Yaveh. 'Ko nanery ny tegnako hanolotsa ny fagnatitsa doroana aho." ¹³ De zao ro nataon'i Samoela tamin'i Saoly hoe: "Nanao hadalana agnao. Tsa nitandrigna ny didin'i Yaveh Andriamagnitsao ze nameny anao agnao. Fa tamizay ro namitrahany Yaveh ny fanapahanao eo amin'ny Israely mandrakizay. ¹⁴ Fa akehitriny de tsa hitohy ny fanapahanao. Nitadia lihilahy raika araka ny fony hiany Yaveh, de Yaveh nanendry anazy ho andriana eo amin'ny vahoakany, satria tsa nagneky anize nandidiany anao agnao." ¹⁵ Sy avy eo i Samoela niakatsa hatagny Gilgala ho agny Gibeana'i Benjaminina. De i Saoly nagnisa ny vahoaka ze avy niaraka taminazy teo, teo ho eo amin'ny enin-jato lahy teo. ¹⁶ Saoly Jonatana zanany lahy, de ny vahoaka ze avy niaraka tamin-dreo, de nitoatsa tao Gibeana'i Benjaminina. Fa ny Filistina ro nitoby tagny Mikmasy. ¹⁷ Nienga hatagny amin'ny tobin'ny Filistina tamin'ny vondrognana telo ny panafika. Ny vondrognana raika nandeha agny Ofra, agny amin'ny tanin'i Soala. ¹⁸ Ny vondrognana raika hafa nandeha agny Beti-horona, de ny vondro raika hafa nandeha agny amin'ny sisin-tany ze hahatsinjovana ny lohasahan'i Zeboima magnatrika ny tany efitsa. ¹⁹ Tsa nahitana panefy nagnodidigna ny Israely aby, satria zao ro nataon'ny filistinina: "Lehe tsa zay ny Hebreo de hagnamboatsa sabatsa na lefogna ho an-dreo." ²⁰ Fa ny lihilahin'Israely aby de efa zatsa nidigna nandeha agny amin'ny Filistinina, ny tsiraidraika mba handrangitsa ny tendron'angadiny, ny fihadiana ny tanin'ny, ny famakiny, de ny mesam-bilogna. ²¹ Ny sarany de roa apahatelon'ny sekely ny tendron'angady, sy ny fihadianan-tany, de raika apahatelon'ny sekely ny fandragnitana ny famaky sy ny fagnitsiana ny fanindrognana. ²² Ko tamin'ny andron'ny ady, de tsa nahitana sabatsa na lefogna teo antagnan'ny miaramila ze niaraka tamin'i Saoly sy Jonatana; i Saoly sy Jonatana zanany hiany ro nanagna anizay. ²³ Ny miaramilan'ny Filistinina de nienga nandeha agny amin'ny lalan'i Mikmasy.

Chapter 14

¹ Ndray andro, i Jonatana zanak'i Saoly nitarogna tamin'ny zatovo pitondra ny fiadiany hoe: "Andao, handeha tsika hiapita egnny amin'ny toby miaramilan'ny Filistinina egnny apita." Nefa tsa notarogniny ny rainy ² Nitoatsa teo amin'ny magnodidigna an'i Gibeana ambanan'ny hazon'apongamben-dagnitsa ze tao migrona i Saoly. Teo ho eo amin'ny lihilahy eninjato teo ro niaraka taminazy, ³ anisan'izay i Ahia, zanak'i Ahitoba (rahalahin'i Ikaboda) zanak'i Finehasa zanak'i Ely, ny pisorogn'i Yaveh tao Silo, ze niakanjo efoda. Tsa fantatsy ny vahoaka hoe nandeha i Jonatana. ⁴ Teo amin'ny lafy tsiraidraika amin'ny fitana nirian'i Jonatana handihianana mba hoagny amin'ny miaramilan'ny Filistina, de nisy harambato teo amin'ny andagniny de harambato hafa teo amin'ny agnilany. Ny harambato raika nakehina hoe Bozeza de ny harambato raika hafa nakehina hoe Sene. ⁵ Ny harambato raika nitsangagna teo avaratsa nanologna an'i Mikmasy, de ny hafa teo atsimo teo alohan'i Geba. ⁶ Zao ro nataon'i Jonatana tamin'ny zatovo pitondra fiadiany: "Andao, handeha tsika hiapita egnny amin'ny miaramilan'ny namana tsa foavora reo. Ngamba i Yaveh mba hiasa ho antsika, fa tsa misy na ina na mahasakana an'i Yaveh amin'ny famonjena amin'ny betsana amin'ny ona kely." ⁷ Namaly ny pitondra ny fiadiana hoe: "Ataovo aby ze raha ao aponao. Mandrosoa, io, aminao aho, mba hagneky ny bekonao aby." ⁸ De zao ro nataon'i Jonatana hoe: "Hiapita egnny amin'ny lihilahy tsika, de hiboaka eo amin-dreo." ⁹ Lehe mitarogna amintsika reo hoe: "Andrazo egnny mandra-piavinay egnny aminareo__de hiegnina eo amin'ny toerantsika tsika ko hiapita egnny amin-dreo." ¹⁰ Kanefa lehe namaly reo hoe: 'Mandihiana aty aminay', de hiapita tsika; satria efa natolotsy Yaveh ho eo an-tagnantsika reo. Izay ro ho famatarana ho antsika." ¹¹ Ko samy niboaka teo amin'ny toby miaramilan'ny Filistina reo. Zao ro nataon'ny Filistina: "Io, mienga hatagny agnaty lavaka ze nasitri-dreo ny tagnany ny Hebreo." ¹² De nangaika an'i Jonatana sy ny pitondra fiadiany ny lihilahin'ny miaramila, ko nanao hoe: "Miakàra aty aminay, de hatoronay raha agnareo." "Zao ro nataon'i Jonatana tamin'ny pitondra ny fiadiany: "Magnaraha anahy ao afara, satria efa natolotsy i Yaveh eo an-tagnan'ny Israely reo." ¹³ Nihanika tamin'ny tagnany sy tongony i Jonatana, de nagnaraka tao afarany ny pitondra ny fiadiany. Novonoana teo alohan'i Jonatana ny Filistina, de ny pitondra ny fiadiany namono ny tao afarany. ¹⁴ Zay ro faafihana ze nataon'i Jonatana sy ny pitondra ny fiadiany, de nahafaty ny tokony ho lihilahy roapolao tao amin'ny faritsy ny atsasa-

kektara.¹⁵ Nisavoritaka be tao an-toby, tagny antanimboly, sy teo amin'ny vahoaka. Neko de ny miaramila sy ny panafika aza de natahotsa. Nihovotsovotsa ny tany, sady nisy tahotsa lihibe.¹⁶ De ny pitilin'i Saoly tagny Gibeana ny Benjaamina nijery; nipaaritaka ny vahoakan'ny miaramilan'ny Filistina, De nandeha tetsy sy teroa reo.¹⁷ De zao ro natan'i Saoly tamin'ny vahoaka ze niaraka taminazy: "Isao de jireo ze tsa eto ny avy hatamitsika." Sy efa nagnisa reo, de i Jonatana sy ny pitondra ny fiadiany ro tsa teo.¹⁸ Zao ro natan'i Saoly tamin'ny Ahia: "Fero aty ny fiaran'Andriamagnitsa," fa tagny amin'ny vahoakan'i Israely zay tamizay fotoagna zay.¹⁹ Lehe vona niresaka tamin'ny pisorogna i Saoly, de nitohy sy nitombo ny tabataba tao amin'ny toby ny Filistina. De zao ro nataon'i Saoly tamin'ny pisorogna: "Ahimoro ny tagnanao."²⁰ Nivondrognana sady nandeha tagny agn'ady i Saoly sy ny vahoaka ze niaraka taminazy. Ny sabatsy ny Filistina tsiraidraika e namely ny piray tanàna taminazy, sady nisy fifanjevoana lihibe tokoa.²¹ De ny hebreo ze niaraka tamin'ny Filistina taloha reo, sy zeniaraka tamin-dreo tagny an-tobyaza de mba nikambagna tamin'ny Israelita ze niaraka tamin'i Saoly sy Jonatana.²² Sy efa ren'ny olon'Israely aby ze nisitrika tagny amin'ny havoagna agnilan'i Efraïma fa nilefa ny Filistina, de nodozorin-dreo zizika tagny agn'ady reo.²³ Ko tamizay andro zay de nagnavotsa ny Israely i Yaveh, de nihoatsa hatragy Betavena ny ady.²⁴ Ory ny olon'Israely tamizay andro zay satria i Saoly nametraka ny vahoaka to ambany fianagnana sady nanao hoe: "Voaozogna ny ona ze mihinan-kanina mandra-pahariva sady aho de hamaly faty ny fahavaloko." De tsa nisy ona avy ao amin'ny atoko nanendry hanina.²⁵ De niditsa tao agnaty ala ny vahoaka aby de nisy tantely teo amin'ny tany.²⁶ Sy efa niditsa tao agn'ala ny vahoaka, de niraraka ny tantely, nefa tsa nisy ona nanao ny tagnany tao agnaty vava satria natahotsa ny fianagnana ny vahoaka.²⁷ Nefa tsa ren'i Jonatana fa namatotsa ny vahoaka tamin'ny fianagnana ny rainy. De nanandratsa ny tendron'ny tehigna ze tegny atagnany i sady nagnatsoboka anizay tao agnaty tohon-tantely. Napiakatsa ny tagnany teo ambavany i, ko nagnazava ny masony.²⁸ De ny raika tamin'ny vahoaka, namaly hoe: "Novisaran'ny rainao tamin'ny fianagnana henjagna tokoa ny vahoaka, tamin'ny notarognany hoe: 'Voaozogna ny ona ze mihinan-kanina amity andro ty', neko de malemin'ny hanoanana aza ny vahoaka."²⁹ De zao ro nataon'i Jonatana hoe: "Nagnakorotagnana ny tanin'ny raiko. Jireo fa nanjary nazava ny masoko satria nagnandragana kely tamin'ity tately ty aho."³⁰ Maika lehe nihinana am-pahalalahana tamize voaroba tamin'ny fahavalon-dreo ze hitany androany ny ona? Satria tsa lihibe teo amin'ny Filistina ny famonoana amizao."³¹ Taminio andro io de nanafika ny Filistina nanomboka tao Mikmasy hatragy Aialona reo. Reraka tanteraka ny vahoaka.³² Niridiridy fatratsa tamn'ny varoboba ny vahoaka ko nangalaka ondry, ômbry sy zanak'ômbry, de namono anireo teo amin'ny tany. Nihinana anizay niaraka tamin'ny rà ny vahoaka.³³ De zao ro nataon-dreo tamin'i Saoly: "Io, Nanota tamin'i Yaveh tamin'ny fihinanana niaraka tamin'ny rà ny vahoaka." "Zao ro nataon'i Saoly: "Nanao ze tsa matoky agnareo. Androany, magnagiridigna vato lihibodaka ateto ho anahy."³⁴ Zao ro nataon'i Saoly: "Mienga hatagany amin'ny vahoaka, de lazao an-dreo hoe: 'Aoka ny ona tsiraidraika samy hitondra ny ômbiny sy ny ondriny, vono eto reo, de hoano. Aza manota amin'i Yaveh amin'ny fihinanana rà.' " Ko ny tsiraidraika tamin'ny vahoaka de nitondra ny ômbiny niaraka taminio aligna io sady namono anizay teo.³⁵ Namboatsa alitara ho an'i Yaveh i Saoly, zay ro alitara namboariny voalohany ho an'i Yaveh.³⁶ De zao ro anatan'i Saoly: "Andao tsika handodotsa ny Filistina handroba an-dreo zizika maraïna; andao tsa hisy hasiantsika velogna dreko raika aza." Namaly reo hoe: "Ataovo aby ze raha hitanao fa mety soa aminao." Nefa zao ro anatan'ny pisorogna: "Andao tsika hagnatogna an'Andriamagnitsa eto."³⁷ Nagnotany an'Andriamagnitsa i Saoly hoe: "Tokony handodotsa ny Filistina ve aho?" Hatolotsao eo atagnan'Israely ve reo? Nefa tsa namaly anazy Andriamagnitsa taminio andro io.³⁸ De zao ro nataon'i Saoly: "Avia ateto, agnareo pitarika ny vahoaka aby; fantaro de jireo ny fomba nidrangan'izao fahotana zao androany.³⁹ Fa, lehe vona velogna koa i Yaveh, ze nagnavotsa ny Israely, neko de ao amin'i Jonatana zanaka aza zay, de ho maty tokoa i." Nefa tsa nisy ona teo amin'ny vahoaka aby namaly anazy.⁴⁰ De zao aby ro nataon'Israely: "Mitangàna eo agnilany, de iaho sy Jonatana de ho eo amin'ny andagniny." Zao ro nataon'ny vahoaka tamin'i Saoly: "Ataovo ze mety ho soa aminao."⁴¹ Ko de zao ro nataon'i Saoly tamin'i Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely: "Atoro ny Tomima." Jonatana sy Saoly ro haza tamin'ny filokana, fa tafiala tsa ho voafidy ny vahoaka.⁴² De zao ro nataon'i Saoly: "Manaova filokana aminahy sy amin'ny Jonatana zanako." De i Jonatana ro voafidy tamin'ny filokana.⁴³ zao ro nataon'i Saoly tamin'ny Jonatana: "Tarogno anahy ze nataonao." Zao ro nataon'i Jonatana taminazy: "Nagnandragana kely tamin'ny tately ze tegny atagnako aho. Itito aho."⁴⁴ Zao ro nataon'i Saoly: "Hanao anizay Andriamagnitsa de hanao anizay mihoatsa aminahyiany koa, Lehe tsa mety agnao ry, Jonatana."⁴⁵ Ce zao ro nataon'ny ona tamin'i Saoly: "Tokony ho maty ve i Jonatana, ze nahantateraka anizao fandrisena lihibe izao tamin'ny vahoakan'Israely zao? Sagnatria anie zay! Lehe vona velogna koa i Yaveh, De tsa hisy singam-bolondohany hitroraka amin'ny tany, fa niasa niaraka tamin'Andriamagnitsa i androany." Ko nagnavotsa an'i Jonatana ny vahoaka ko tsa maty i.

⁴⁶ De niegnina tsa nagnenjika an'i Filistina i Saoly, de nipody tagny amin'ny toeran-dreo ny Filistina.⁴⁷ Sy efa nanomboka nanapaka an'Israely i Saoly, de niady tamin'ny fahavalony tegny amin'ny lafiny aby i. Niady tamin'i Moaba, ny Amonita, Edoma, ny panjakan'i Zoba, de ny Filistina i. Na taia na taia ro nitodihany, de napitondrainy sazy reo.⁴⁸ Niasa tamin-kerim-po lihibe i ko nandresy ny Amalekita. Namonjy ny Israely ho afaka tamin'ny tagnan'ny ze nandroba an-dreo i.⁴⁹ Ny zanaka lahin'i Saoly de i Jonatana, Jisvy, de i Mlkisoa. Ny agnaran'ny zanany vavy roa de i Meraba, vavimatoa, de i Mikala, faravavy.⁵⁰ Ahinoama ro agnaran'ny vadin'i Saoly; zanaka vavin'ny Ahimoaza i. Ny agnaran'ny kapiteny ny tarika de i Abnera zanak'i Nera, rahalahin-drain'i Saoly.⁵¹ Kisy ro agnran'i Saoly; de Nera rain'i Abnera, ro zanaka lahin'i Abiela.⁵² Nisy ady mafy teo amin'ny Filistina tamin'ny andron'i Saoly aby. Sy efa nahita ona mahery, na ona mahery fo i Saoly, de nalainy ho anazy i.

Chapter 15

¹ Zao ro nataon'i Samoela tamin'i Saoly: "Yaveh nagniraka ahy hagnosotra anao ho mpanjaka eo amin'ny Israely olony. Ankehitriny de henoy ny tenin'i Yaveh." ² Zao ro lazain'i Yaveh tompon'ny maro: "Efa tsinjoko ny nataon'i Amaleka tamin'ny vahoakan'Is- raely tamin'ny nanoherany an-dreo teny an-dalagna, sy efa niakatsa avy hatagny Egipta reo." ³ Ankehitriny mandehana ko tafiho i Amaleka de poteho tanteraka ze hanagnan-dreo. Aza miaro ana-dreo, fa samy vono na ny lahy na ny vavy, ny kilonga sy ny zaza, ny omby sy ny ondry, de ny rameva sy ny boriky." ⁴ Napangaika ny vahoaka i Samoela de nagnisa an-dreo tao amin'ny tanànan'i Telaima: lihilahy nandeha tongotsa roa hetsy, de lihilahin'i Joda ray aligna. ⁵ Avy eo i Saoly dia avy tagny amin'ny tanànan'i Amaleka de niandry tagny an-dohasaha. ⁶ De zao ro nataon'i Saoly tamin'ny Kenita: "Mandihiana, mialà, mienga hategny amin'ny amalekita, mba tsa handringianako anareo miaraka amin-dreo. Fa nanoro hatsara-pagnahy tamin'Israely aby agnareo, taminy agnao avy tagny amin'ny tany Egipta reo." Sy zay de niala tamin'ny Amalekita ny Kenita. ⁷ Sy avy eo de namely ny Amalekita i Saoly, hatragny Havilaha zizika agny Sora, ze agny atsinaninan'i Egipta. ⁸ De nataony sambob-elogna i Agaga mpanjakan'i Amalekita; naringany tateraka tamin'ny lelantsabatra ny vahoaka aby. ⁹ Fa niaro an'i Agaga, sy ny ondry, ômbly, ômbivavy mifahy, de ny zanak'ondry soa indrindra i Saoly sy ny ona. ny raha aby ze soa, de tsa nopotehin-dreo. Fa nopotehin-dreo ny raha aby ze namavoina sy tsa misy dikany. ¹⁰ De avy tamin'i Samoela ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ¹¹ "Nanignienako ny nanaovako an'i Saoly ho panjaka, fa niala tamin'ny fagnarahana Anahy i sady tsa nagnateraka ny didiko." Nasiaka i Samoela; nitabataba mafy tamin'i Yaveh i mandritsy ny aligna manontolo. ¹² Nifoha maraigna i Samoela mba hihaogana amin'i Saoly sy maraigna. Nilaza tamin'i Samoela hoe: "Avy tagny Karmela i Saoly de nanangagna tsangambato ho an'ny tagnany, de nitodi-doha ko nanohy nidigna nandeha tagny Gilgala." ¹³ De avy tagny amin'i Saoly i Samoela, de zao ro nataon'i Saoly taminazy hoe: "Tena voatahin'i Yaveh agnao! Tanteraka ny didin'i Yaveh." ¹⁴ Zao ro nataon'i Samoela hoe: "Ina zao fitregnan'ny ondry ao antsofiko zao, sy ny fitregnan'ny ômbly zao reko zao?" ¹⁵ Namaly i Saoly hoe: "Efa noferin-dreo hatagny amin'i Amalekita zay. Fa niaro ny ondry sy omby soa ndrindra ny ona, mba hanaovana sorogna ho an'i Yaveh Andriamagnitsao. Efa naringanay tateraka ny sisa tavela." ¹⁶ De zao ro nataon'i Samoela tamin'i Saoly hoe: "Andrazo, de ho lazaiko anao ze notarognin'i veh taminahy tamin'ny aligna." De zao ro nolazain'i Saoly taminazy hoe: "Mitarôgna!" ¹⁷ Zao ro nataon'i Samoela hoe: "Neko de kely eo imasonao hiany aza agnao, nga tsa natao ho lohan'ny fokon'Israely ngaha agnao? sady i Yaveh ro nagnosotsa anao ho panjaka eo amin'Israely," ¹⁸ de i Yaveh nagniraka anao tamin'ny lalanao nanao hoe: "Mandihiana de aringiano tateraka ny panota, ny Amalekita, de miadia amin-dreo mandra-pahafatin-dreo." ¹⁹ Nahoana agnao ro tsa nagneky ny feon'i Yaveh, fa nangalaka ny babo agnaosady nanao ny ratsy teo imason'i Yaveh?" ²⁰ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i Samoela: "Nagneky ny feon'i Yaveh tokoa aho, sady efa naneha tamin'ny lalagna efa nagnirahan'i Yaveh anahy. Efa nosamboroko i Agaga, mpanjakan'i Amaleka, de efa nofongoriko tateraka ny Amalekita." ²¹ Fa nangalaka ny sasany tamin'ny babo-ondry sy ômbly, ny raha soa ndrindra natokagna ho an'ny fandravana, mba hanaovana sorogna ho an'i Yaveh Andriamagnitsao agny Gilgala ny ona." ²² Namaly i Samoela hoe: "Mankasitraka ny fagnatitsa dorana sy ny sorogna tokoa ve Andriamagnitsa, tahaka ny amin'ny fanka- toavagna ny feon'i Yaveh? Soa noho ny sorogna ny fankatoavagna, de ny mihaino ro soa mihoatsa ny tavin'ny ondry lahy." ²³ Fa ny fikomiana de tahaka ny faho- tan'ny sikidy, de ny fahamafisan-doha de tahaka ny faharatsiana sy heloka. Satria efa nolavinao ny tarogn'i Yaveh, de tsa nagneky anao tsa ho panjaka koa I." ²⁴ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i Samoela hoe: "Efa nanota aho; satria nandika ny didin'i Yaveh sy ny tarogno, satria natahatsa ny ona aho de nagneky ny feon-dreo." ²⁵ Androany, mba avilao roa ny heloko, de mipoana miaraka aminahy mba hanompo an'i Yaveh." ²⁶ Zao ro nataon'i Saoly tamin'i Samoela hoe: "Tsa hipody hiaraka aminao aho; satria tsa nagneky ny tarogn'i Yaveh agnao, sady efa tsa nikenao ho panjaka eo amin'Israely i Yaveh." ²⁷ Sy hiala hitodi-doha igny i Samoela, de notanan'i Saoly ny morotongots'akanjony, ko nitriatsa zay. ²⁸ Zao ro nataon'i Samoela taminazy: "Efa nalain'i Yaveh hiala aminao ny fanjakan'Israely androany de efa nameny ho an'ny namanao, ze soa noho agnao." ²⁹ Sady koa, ny tanjak'Israely de tsa handenga na hapiova ny heviny mihintsiny; fa tsa ona I, ko hiova hevitsa." ³⁰ De zao ro nataon'i Saoly hoe: "Efa nanota aho. Fa mba omeo vonininahitsa eo agnatehan'ny loholon'ny vahoakako sy eo agnatrehan'ny Israely aho androany. Miaraha mipody aminahy ndraika, mba hanopoako an'i Yaveh Andriamagnitsao." ³¹ Ko nipody nagnaraka an'i Saoly ndraika i Samoela, de nanompo an'i Yaveh i Saoly. ³² De zao ro nataon'i Samoela hoe: "Fero aty aminahy amizao i Agaga mpanjakan'ny Amalekita. "De nandeha agny amin'ny Agaga mirohy gadra vy de nanao hoe: "Efa nandeha tokoa ny fangidian'ny fahafatesana." ³³ Namaly i Samoela hoe: "Araka ny nanaovan'ny sabatrao ny apela ho momba, de ho momba tahaka anizay koa ny reninao eo amin'ny apela." De notapatapahan'i Samoela teo agnatrehan'i Yaveh tagny Gilgala i Agaga. ³⁴ Nankany Rama i Samoela, de Saoly niakatsa tagny andragnoany tagny Gibeon'i Saoly. ³⁵ Tsa nahita an'i Saoly i Samoela hatramin'ny andro nahafatesany, fa nalahelo mafy an'i saoly i. De nanegnina i Yaveh ny amin'ny nanaovany an'i Saoly ho mpanjaka teo amin'ny Israely.

Chapter 16

¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Zizika amiviana agnao ro hisaogana an'i Saoly, satria nolaviko tsa ho panjaka manerana ny Israely i? Feno diloilo ny tandrokao de mandihiana. Hirahiko ho agny amin'i Jese hatagny Betlehela agnao, fa efa nisafidy mpanjaka ho anahy amin'ny zanany lahy aho." ² ao ro nataon'i Samoela hoe: "Manao akory ny fomba andihianako? Raha mandre anizay Saoly, de ho vonoany aho." Zao ro nataon'i Yaveh hoe: "Mitondrà ômbivavy kely miarka

aminao de tarogno hoe: 'Avy hanao sorogna ho an'i Yaveh aho.'³ Akeho amin'ny sorogna koa i Jese, de ho toroko anao ze hataonao, Hognosotsa ny raika ze ho tarognoko anao ho Anahy aho agnao. "⁴ Nanao arakizay notarognin'i Yaveh i Samoela sady nandeha tagny Betlehema. Nihorohoro ny loholon'ny tanàna sy efa avy hihaogna amin-dreo de nitarogna hoe: "Avy mba hiavagna ve agnao?"⁵ Zao ro nataony hoe: "Hihavagna; avy hanao sorogna ho an'i Yaveh aho. Miomàgna agnareo hanokagna ny teganareo de miarahà aminahy hande agny amin'ny fanaovana sorogna." De nanokagna an'i Jese sy ny zanany lahy i sady nanasa an-dreo ho agny amin'ny fanaovana sorogna. "⁶ Sy efa avy tagny reo, de nijery an'i Eliaba i sady nitarogna tamin'ny tagnany hoe nitsangagna manoloagna anazy tokoa ny voahosots'i Yaveh. Kanefa zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Aza mijery ny endriny ivelany, na ny hahavony tsangagnany; satria efa tsa nagneky anazy Aho. "⁷ Fa i Yaveh de tsa mijery tahaka ny fijerin'olombelogna; ny olombelogna mijery ny endrika ivelany, fa i Yaveh ro mijery ny ao am-po." "⁸ Sy avy eo de nangaika an'i Abinadaba i Jese sady napandalo anazy eo alohan'i Samoela. De zao ro nataon'i Samoela hoe: "Tsa nifidy anio raika io hiany koa i Yaveh. "⁹ Sy avy eo de napandalo an'i Sama i Jese, fa zao ro nataon'i Samoela hoe: "Tsa nifidy anio hianykoka i Yaveh. "¹⁰ Napandalovin'i Jese teo alohan'i Samoela ny fitoamin'ny zanany lahy. De zao ro nataon'i Samoela tamin'ny Jese hoe: "Tsa nifidy aniania taminio i Yaveh." De zao ro nataon'i Samoela tamin'i Jese hoe: "Fero aty aby ny zanakao lahy?" Namaly i hoe: "Vona misy ny zanako faralahy tavela, fa miandry ondry i." Zao ro nataon'i Samoela tamin'i Jese hoe: "Mandihiana ary alao i; satria tsa hitoatsa tsika mandrapiviny eto." "¹² Nandeha i jese de nitondra anazy niditsa. de io tovolahy io de mena volo sy baribary maso sady soa endrika ivelany. Zao ro nataon'i Yaveh hoe: "Mitsangàna, hosoro i; fa io ro izy." "¹³ De noraisin'i Samoela ny tandroka misy diloilo de nohosorany teo agnivon'ny rahalahin'ny i. Nirotsaka tamin'i Davida ny Fagnahin'i Yaveh tamizay andro zay. Sy avy eo de nitsangagna i Samoela de nandeha tagny Rama. "¹⁴ De namela an'i Saoly ny Fagnahin'i Yaveh, ko nisy fagnahy ratsy hatamin'ny Yaveh napatahotsa anazy. "¹⁵ Zao ro nataon'ny panompony tamin'azy hoe: "Io, misy fagnahy ratsy hatamin'Andriamagnitsa mapikorotagna anao. "¹⁶ Aoka sady ny toponay handidy ny panomponao ze feno traikefa amin'ny fitindrena lokanga. De sy efa eo aminaon'ny fagnahy ratsy avy hatamin'Andriamagnitsa, de hitendry anizay i de ho soa agnao." "¹⁷ Zao ro nataon'i Saoly tamin'ny panompony hoe: "Itadiavo lihilahy mahay mitendry soa aho de fero aty aminahy aty i." "¹⁸ De namaly ny raika tamin'ny tovolahy, sady nanao hoe: "Efa nahita ny zanaka lahin'i Jese Betlemita aho, ze tena mahay mitendry, matanjaka, lihilahy be heripo, lihilahin'ady, mahay mandahan-teny, lihilahy soa tarehy; sady momba anazy i Yaveh. "¹⁹ Ko de nandefa pitondra hafatsa tagny amin'i Jese i Saoly, sady nitarogna hoe: "Alifaso aty aminahy i Davida zanakao lahy, miaraka amin'ny ondry." "²⁰ Nangalaka boriky raika hitatitsa mofo, divay ray siny, sy zanak'osy i Jese, de nandefa an-dreo niaraka tamin'i Davida zanany lahy handeha agny amin'i Saoly. "²¹ Sy avy de avy teo amin'i Saoly i David de nanomboka ny fanopoany. tiàn'i Saoly loatsa i, ko nanjary pitondra ny fiadiany. "²² gniraka an'i Jese i Saoly ko nanao hoe: "Aoka i Davida hitsangagna eto alohako, satria nahita teto imasoko i." "²³ Isaky ny teo amin'i Saoly ny fagnahy ratsin'Andriamagnitsa, de nanagalaka ny lokanga i Davida de nitendry anizay i. Ko velombelogna sy tony i Saoly, de niala teo amin'ny lay ny fagnahy ratsy.

Chapter 17

¹ De ny Filistinina namory ny tafikan-dreo hiady. Nivory tao Soko, ze an'i Joda reo. Nivory teo agnelagnelan'i Soko sy Azeka, tao Efasa-damima reo. "² I Saoly sy ny Israely lihilahin'Israely de nivory sady nibotry tao amin'ny lohasahan'i Elaha, sady nandamigna ny filaharan-dreo amin'ny ady mba hifanehitsa amin'ny Filistina. "³ Nitsangagnateo ambony tendrombohitsa tegny apita ny Filistina, de ny Israely nitsangagna tegny ambony tendrombohitsa tarý apita tarý lohasaha ro nagnelagnelagna an-dreo. "⁴ Lihilahy matanjaka raika ro nienga hatagny amin'ny tobin'ny Filistina, lihilahy akehina hoe Goliata avy hatagny Gata, ze enina kahiko sy ray jehy ro halavany. "⁵ Nanao satroka fiarovan-doha varahogna teo amin'ny lohany i, sady niakanjo fiarova-tratra. Varahogna dimy arivo sekely ro lanjan'ny akanjo. "⁶ Nanao fiarovan-dranjo varahogna sy lefogna varahogna teo agnelagnelan'ny sorogna i. "⁷ Lihibe ny zara-defony, miaraka amin'ny tady volomboloana fanipazana anazy tahaka ny tady eo amin'ny vodi-tenony mpanenona. Ny lohan'ny lefony de vy milanja sekely eninjato. Nandeha teo alohany pitondra ampingany. "⁸ Nitsangagna i sady nitabataba mahery tamin'ny filaharan'Israely: "Nahoana agnareo ro avy hilahatsa hiady? Nga tsa Filistina ve aho, de agnareo panompon'i Saoly? Misafidiana lihilahy raika aminareo de aoka i hidigna aty aminahy. "⁹ Lehe mahay miady aminahy de mahafaty anahy i, de ho panoponareo agnay. Fa lehe mandresy anazy sady mahafaty anazy aho, de ho panoponay agnareo de hiasa ho anay." "¹⁰ De zao ndraika ro nataon'i Filistina hoe: "Manao fanamby amin'ny filaharan'Israely aho androany. Ameo lihilahy raika mba afaka hiady aminahy aho." "¹¹ Sy efa nandre anize notarognin'i Filistina i Saoly sy ny Israely aby de kivy reo, de natahatsa mafy. "¹² De i Davida de zanaka lahin'i Efratita hatagny Betlehema ao Joda, i Jese ro agnarany. Nananjana lahy valo i. Jese de efa lihilahy antitsa tamin'ny andron'i Saoly, tena antitsa teo amin'ny lihilahy. "¹³ Ny zokin'ny telo amin'ny zanaka lahin'i Jese de nagnaraka an'i Saoly tagny amin'ny ady. Ny agnaran'ny zanaka lahiny telo ze nandeha agny amin'ny ady de Eliaba ro lahimatea, faharoa magnaraka anazy i Abinadaba, de i Sama ro fahatelo. "¹⁴ Davida ro zandriny ndrindra. Ny telo zokiny ndrindra ro nagnaraka an'i Saoly. "¹⁵ I Davida de nandroso sy nipody teo amin'ny tafik'i Saoly sy ny ondrin'ny rainy tao Betlehema, mba hamahagna an-dreo. "¹⁶ Maraigna sy hariva nandritsy ny efaolo andro ny lihilahin'ny Filistina matanjaka ro avy nandriny mba hanolotsa ny tagnany ho amin'ny ady. "¹⁷ De zao ro nataon'i Davida zanany hoe: "Mangalà raika efaha amity vary voaendy ty de reto mofo rety ho an'ny rahalahinao, de fero malaky agny amin'ny toby reto ralahinao reto. "¹⁸ Fero agny amin'ny kapiteniny arivo hiany koa reto fromazy folo reto. Jireo hoe manao

akory ny ralahinao de mitondrà porofo mipody aty fa tsa nahoana reo.¹⁹ raka amin'i Saoly y ny lihilahin'Israely aby agny amin'ny lohasahan'i Elaha, miady amin'ny Filistina ny ralahinao."²⁰ Nifoha aloha i Davida sy maraigana de namela ny andrian'ondry aman'osiny nokarakarain'ny mpiandry ondry raika. Nangalaka ny fitaovana i de roso, araka ny nandidian'i Jese anazy. Avy teo amin'ny toby i lehe igny nandeha nienga teo amin'ny toby i lehe igny nandeha nienga teo amin'ny sahan'ady mba hihiaka ady igny ny tafika.²¹ Sy avy eo nilahatsa hiady ny Israely sy ny Filistina, tafika manohitsa tafika.²² Namela ny fanagnany teo amin'ny pitagna ny fitaovana i, niridiridy nandeha agny amin'ny tafika, de nifakahita tamin'ny ralahiny.²³ Lehe niresaka tmin-dreo igny i, ny lihilahy matanjaka, ny filistina avy hatagny Gata, akehina amin'ny hoe:Goliata, de nienga avy hatagny amin'ny laharan'ny Filistina, ko nitarogna ny raha ze efa notarogniny teo aloha, de ren'i Davida reo.²⁴ Sy efa nahita ny lihilahy ny olon'Israely aby, de nilefa anazy sady natahatsa tokoa reo.²⁵ Ny lihilahin'Israely nitarogna hoe: "Hitanareo ve igny lihilahy maikatsa igny? Avy mba hagnanihiany ny Israely i. Hagnome harena ho anize mamono anazy ny panjaka, sady hagnome an'ny zanany ho vadiny i, sady hagnafaka ny akohonan-drainy amin'ny fandoavanana-ketsa ao Israely."²⁶ Zao ro nataon'i Davida tamin'ny lihilahy ze nitsangagna teo agnilany: "Ina ro hatao amin'ny lihilahy ze mamono anity Filistina ty sy hagnala ny fahafahambaraka amin'Israely? Ia ty Filistina tsa mifora ty ro hagnanihiany ny tafiky ny Andriamagnitsa velogna?"²⁷ De napodinolo ze nolazain-dreo sady nilaza taminazy hoe: "De tahaka anizay hiany ro hatao ho an'ny lihilahy ze mamono anazy."²⁸ Nadre anazy niresaka tamin'ny lihilahy i Eliaba zokiny lahimatoa. De nirehita tamin'i Davida ny siakan'i Eliaba, ko zao ro nataony:"Nahoana agnao ro midigna aty?" Ia ro namilanao ny ondry vitsy agny atany efitsa? Fantako ny avognavogna sy ny sompatsa ao agnatin'ny fonao; fa avy nidigna taty agnao mba hahita ny ady."²⁹ Zao ro nataon'i Davida: "Ina zao ro nataoko? Nga tsa fagnotaniana fotsiny ve zay?"³⁰ Niala teo aminazy de nandeha agny amin'ny hafa i, de nitarogna tahaka anizay hiany. De namaly ny teo aloha hiany ny ona.³¹ efa re ny tarogna ze notarognin'i Davida, de nagnapody anizay tamin'i Saoly ny miaramila, d nagnaparitaka ho an'i Davida i.³² Sy avy eo de zao ro nataon'i Davida tamin'i Saoly: "Aoka tsa lihilahy ho ketraka ny aminio Filistina io ny fony; ny panomponao de handeha ko hiady aminio Filistina io."³³ Zao ro nataon'i Saoly tamin'i Davida: "Tsa afaka ny hanohitsa anio Filistina io sady hiady aminazy agnao; satria vona tanora agnao, sady i de lihilahy agn'ady hatramin'ny fahatanorany."³⁴ Fa zao ro nataon'i Davida tamin'i Saoly: "Efa zatsa niambigna ny andrian'ondrin'ny rainy ny panomponao. Sy efa avy mangalaka ny zanak'ondry amin'ny andrian'ondry ny liona bera,³⁵ de nagnenjika anizay sy namely anizay aho, de nagnavotsa anizay hatagny ambavany. sy efa nitsangagna hanohitsa anahy i, de tratsako tamin'ny volombavany, nataoko i, de matiko."³⁶ Nahafaty liona sy bera ny panomponao. Ko io Filistina tsa mifora io de hataoko tahaka ny raika amireo, satria nila vaniny tamin'Andriamagnitsa velogna i."³⁷ Zao ro nataon'i Davida: "Nagnavotsa anahy tamin'ny tongotsy ny liona sy ny tongotsy ny bera i Yaveh. Hagnavotsa anahy amin'ny tagnan'io Filistina io I." De zao ro nataon'i Saoly tamin'ny Davida: "Mandihiana, fa homba anao anie Yaveh."³⁸ Npiakanjoan'i Saoly tamin'ny akanjo fiadiana i Davida. Nataony teo amin'ny lohany ny satroka fiarovandoha varahogna, sady napiakanjoany akanjo fiarovan-tratra i.³⁹ Nandrohy ny sabany tamin'ny akanjo fiadian'i Davida. Fa tsa afaka namindra i, satria tsa vona niofagna taminio. De zao ro nataon'i Davida tamin'i Saoly: "tsa afaka ny hienga hiady hiaraka aminio aho, satria vona tsa niofagnina tamireto. "Ko nalain'i Davida reo.⁴⁰ Nalainy tegny atagnany ny tehiny de nifatigna vato malama dimy avy tamin'ny lohasahan-driaka i; de nataony tao amin'ny sandrify fiambenany ondry reo. Tegny atagnany ny pilotsa sy efa nagnatogna ny Filistina i.⁴¹ nga de nagnatogna an'i Davida ny Filistina, de teo elohany ny pitondra ny apingany.⁴² Sy efa nijery ny magnodidigna ko nahita an'i Davida ny Filistina, de nanao tsinotsinona anazy, satria vona zaza i, mena volo, de soa endrika.⁴³ De zao ro nataon'ny Filistina tamin'i Davida: "Amboa ve aho, ro avy amin'ny hazo eto aminahy agnao?," de nagnozogna an'i Davida tamin'ny andriamaniny Filistina.⁴⁴ Zao ro nataon'ny Filistina tamin'i Davida: "Mandihiana aty aminahy, de hameko ho an'ny vorogna egny an-agnitsa sy ho an'ny bibidia agny an-tsaha ny nofonao."⁴⁵ Namaly ny Filistina i Davida hoe: "Avy eto aminahy miaraka amin'ny sabatra, de lefogna agnao. Fa iaho avy eto aminao miaraka amin'ny agnaran'i Yaveh tompon'ny maro, ny Andriamagnitsy ny tafik'Israely, ze nihatsianao."⁴⁶ Androany de hagnome fandresena anao i Yaveh, ko hamono anao aho de hagnala ny lohanao amin'ny vatanao. Androany de hagnome ny fatin'ny tafiky ny Filistina ho an'ny vorogna egny an-dagnitsa sy ho an'ny bibidia aty an-tany aho, mba hahafataran'ny tany aby fa misy Andriamagnitsa ao israely,⁴⁷ de hahafatarany vory aby reo fa i Yaveh de tsa magnome fandresena amin'ny sabatra na lefogna. Fa an'i Yaveh ny ady, ko hanolotsa anareo eo an-tagnany i."⁴⁸ Sy efa nitsangagna nagnatogna an'i Davida ny Filistina, de niridiridy malaky nandeha egny amin'ny tafika ny fahavalo i Davida mba hitsena anazy.⁴⁹ Napidiriny tao agnaty sandrify ny tagnany, nangalaka vato tao i, nalefany tamin'ny pilotsa zay, ko nahavao ny Filistina teo amin'ny handrin'ny Filistina ny vato, ko niigietraka tamin'ny tavany teo amin'ny tany i.⁵⁰ Resin'i Davida tamin'ny pilotsa sy vato ny Filistina. Voa ny Filistina ko maty. Tsa nisy sabatra tegny atagnan'i Davida.⁵¹ Sy avy eo de niridiridy i Davida ko nitsangagna teo ambonin'ny Filistina sy nangalaka ny sabany, napienga anizay hatagny andragony, namono anazy, namono anazy, de nanapaka ny lohany tamizay. Sy efa hitan'ny Filistina fa maty ny lihilahy matanjaka reo, de nilefa reo.⁵² Sy avy eo de nitsangagna sady nitabataba ny Lihilahin'Israely sy Joda, de nandodotsa ny Filistina hatragny amin'ny lohasaha sy ny vavahadin'i Ekrona. Ny Filistina maty de natory teo amin'ny lalagna mandha agny Saraima, sy ny lalagna aby mandeha agny Gata de Ekrona.⁵³ Nipody avy hatagny fagnin'ehana ny Filistina ny olon'Israely, de nandroba ny tobin'dreo.⁵⁴ Nalain'i Davida ny lohan'iFilistina de noferin'ny tagny Jerosalema zay, fa ny akanjo fiadiany de natoatsany tao amin'ny lainy.⁵⁵ Sy efa nahita an'i Davida nienga nanohitsa an'ny Filistina i Saoly, de zao ro nataon'ny tamin'i Abnera, kapitenin'ny tafika: "Ry Abnera, zanakia io tovolahy io?" De zao ro nataon'i Abnera: "Lehe vona velogna koa agnao, ry panjaka, de tsa fantako"⁵⁶ Ny panjaka nitarogna hoe: "Agnotanio ze mety mahafantatsa, hoe zanakia io zazalahy io." ⁵⁷ Sy

efa nipody tagny amin'ny famonoana ny Filistina i Davida, de nangalaka anazy i Abnera, de nitondra anazy teo agnatrehan'i Saoly niaraka tamin'ny lohan'i Filistina tegny an-tagnany.⁵⁸ Zao ro nataon'i Saoly taminazy: "Zanakia agnao, ry tovolahy?" Namaly i Davida hoe: "Zanak'i Jese Betlehemita mpanomponao aho. "

Chapter 18

¹ Sy efa avy niresaka tamin'i Saoly i, de nifamatotsa tamin'ny fagnahin'i Davida ny fagnahin'i Jonatana, de notiavin'i Jonatana tahaka ny fagnahiny hiany i. ² Nalain'i Saoly ho amin'ny fanopoana anazy i Davida taminio andro io; tsa navelany hipody agny andragon-drainy i. ³ Sy avy eo Jonatana sy Davida nanao fagniken-pinamana satria notiavin'i Jonatana tahaka ny fagnahiny hiany i. ⁴ Nagnala ny akanjo lava ze nanaovany i Jonatana de nagnome anizay an'i Davida niaraka tamin'ny fiarovany, y ny sabany, ny pilotsa, de ny fehikibo. ⁵ De nandeha tagny amin'ny toerana nagnirahan'i Saoly anazy i Davida, de nahomby i. Nametraka anazy teo amin'ny lihilahin'ady i Saoly. Nankasitrahana teo imason'ny vahoaka aby zay de teo imason'ny mpanopon'i Saoly hiany koa. ⁶ Lehe nandeha nody avy nandresy ny Filistina reo, de avy hatagny amin'ny tanànan'Israely aby ny apela, nihira sy nandihy, mba hitsena an'i Saoly panjaka, niaraka tamin'ny aponga tapaka, hafaliana, de raha magneno. ⁷ Nifandimby nihira reo. Nihira reo hoe: " Novonoan'i Saoly reo an-drivony, de Davida kosa agnaliny." ⁸ Nasiaka mafy i Saoly, de tsa nahafaly anazy zany hira zany . Hoy i hoe: "Efa nagnome agnaligna ho an' i Davida reo , nefa agnarivony hiany ro nomen-dreo ho anahy . Ina hiany koa ro afaka hanagnany afa-tsy ny fitondra-panjakana ?" ⁹ Nijery an' i Davida tta-piahiahiana i Saoly nanomboka tamin'io andro io. ¹⁰ Ny andro tafara de nisy fagnahy mapidi-doza avy amin'Andriamanitra niorogna teo amin'i Saoly de nirediredy tao an-dragny i. Noho zany de nilalao zava-magnenony tahaka ny ataony isan' andro i Davida . De nanagna lefogna tegny atagnany i Saoly. ¹¹ Natsipin'i Saoly ny lefony, satria nieritseritsa i hoe: "Ho tsondrognoko eo amin'ny rindrina i Davida. "Kanefa indroa tafiala ny fagnatrehan'i Saoly tamizay fomba zay i Davida. ¹² Natahatsa an'i Davida i Saoly, satria nomba anazy i Yaveh, fa tsa nagnampy an'i Saoly koa. ¹³ Ko nalain'i Saoly teo amin'ny fagnatrehan'ny i de notindreny ho pifehy ny arivo. Izay ro fomba niengan'i Davida sy nandihianany teo alohany'ny vahoaka. ¹⁴ Nambinina tamin'ny lalany aby i Davida, satria nomba azy Yaveh. ¹⁵ Sy efa hitan'i Saoly fa nambinina i, de talanjogna taminazy i. ¹⁶ Fa te an'Israely sy Joda aby, satria nienga i de nandeha teo alohan-dreo. ¹⁷ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i Davida hoe: "Itito i Meraba zanakao vavy zokiny ndrindra. Hameko anao ho vady i. Fa managna herim-po ho anahy de miadia ny adin'i Yaveh." Fa nieritseritsai Saoly hoe: "Aza avela eo amin'ny tagnako, fa aoka ny tagnan'ny Filistina ro ho eo aminazy." ¹⁸ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Saoly hoe: "Ia moa aho, de ia ny havako, na ny fianakavian'ny raiko agny Israely, ro tokony ho vinato lahin'ny panjaka aho?" ¹⁹ Fa tamin'ny fotoagna tokony nagnomezana an'i Davida, de namena an'i Adriela Meholatita ho vady i. ²⁰ Kanefa i Mikala, zanaka vavin'i Saoly, de te an'i Davida. Nitarogna tamin'i Saoly reo, de nahafaly anazy zay. ²¹ Sy avy eo i Saoly nieritseritsa hoe: "Hameko anazy i, mba ho fandrika ho anazy, de mba hanohitsa anazy ny tagnan'i Filistina." Ko nitarogna fagnindroany an'i Davida ndraika i Saoly hoe: "Ho vinanto lahiko agnao." ²² Nadidy ny panompony i Saoly hoe: "Mirisaha manokagna amin'i Davida, de lazao hoe: 'Io, makasitraka anao ny panjaka, sady te anao ny panompony aby. Ko androany, miteza ho vinanto lahin'ny panjaka. ' " ²³ Ko nitarogna anireo tarogna reo tamin'i Davida ny panompon'i Saoly. Sy avy eo i Davida de nitarogna hoe: "Raha tsa misy diksny aminao ve ny ho vinatony panjaka, satria ona mahantra aho, de atao tsinotsinona? " ²⁴ Nitatitsa anireo tarogna ze notarognin'i Davida ny panompon'i Saoly. ²⁵ De zao ro nataon'i Saoly hoe: "Lazao an'i Davida zao: 'Tsa magniry vodiondry ny panjaka, fa lohan-tsitsy zaton'i Filistina hiany, mba hamaliana faty ny fahavalon'ny mpanjaka. ' " De i Saoly nieritseritsa ny handavo an'i Davida tamin'ny tagnan'i Filistina. ²⁶ Sy efa nitarogna anireo tarogna reo tamin'i Davida ny panompony, de nahafaly an'i Davida ny ho vinanton'ny mpanajaka. ²⁷ Talohan'ny nahadilatsa anireo andro reo, de nandeha niaraka tamin'ny olony i Davida de namono Filistina roan-jato. Noferin'i Davida ny lohan-tsitsikan-dreo, de namen-dreo ho an'i panjaka aby reo, mba hanjary vinantony panjaka i. Ko namen'i Saoly anazy ho vady i Mikala zanany vavy. ²⁸ Sy efa hitan'i Saoly, sy fantany ny momba an'i Davida i Yaveh, de i Mikala zanany vavin'i Saoly, de te anazy, ²⁹ de natahatsa mafy an'i Davida i Saoly. De fahavalon'i Davida hatragny i Saoly. ³⁰ Sy avy eo ny andrian-dahin'ny Filistina nienga hiady, de arakaraka ny niengan-dreo matetika, ro nahombiazan'i Davida bebe kokoa noho ny panompon'i Saoly aby, ko de nisandratsa avo ny agnarany.

Chapter 19

¹ De i Saoly nitarogna tamin'i Jonatana zanany lahy sy tamin'nypanompony ny tokony hamonoan-dreo an'i Davida. Kanefa i Jonatana, zanak'i Saoly, de te an'i Davida fatratsa. ² Ko zao ro nataon'i Jonatana tamin'i Davida: "Mitady hamono anao i Saoly raiko. Noho izay mimbena amin'ny maraigna de misitriha amin'ny toerana mangingina. ³ Iaho hitsangana eo agnilan'ny raiko eo amin'ny saha ze misy anao, de hiresaka ny mombanao amin'ny raiko aho. Lehe mahafantatsa raha aho, de hotarognoko anao." ⁴ Nilaza soa momba an'i Davida tamin'i Saoly rainy i Jonatana ko zao ro nataony taminazy: "Aoka tsa hanota amin'i Davida mpanompony ny panjaka. Fa tsa nanota taminao i, sady nitondra soa ho anao ny asany. ⁵ Fa i efa nanao ny ainy tsa ho raha ko namono ny Filistina. Yaveh efa nitondra fandresena lihibe ho an'Israely aby. Sy nahita anizay agnao ko faly. Nahoana ro nanota hanohitsa ny rà tsa manatsigny amin'ny famonoana an'i Davida tsy ahoatsy ahoana agnao? "

⁶ ihieno an'i Jonatana i Saoly. Ko nianiagna hoe: "Lehe vona velogna koa i Yaveh, de tsa ho vonoana i." ⁷ De nangaika an'i Davida i Jonatana, de notarogniny tamin'i Davida zay raha aby zay. Noferin'i Jonatana tagny amin'i Saoly i Davida, de teo

amin'ny fagnatrehany tahaka ny teo aloha ndraika i.⁸ De nisy ady ndraika, de nienga hiady ndraika amin'ny Filistina i Davida ko nandresy anazy ny tamin'ny famonoana lihipe. De nilefa teo agnatrehany reo.⁹ Avy tamin'i Saoly ny fagnahy ratsy avy tamin'i Yaveh lehe niperaka tao an-dragnony niaraka tamin'i lefogna tegny an-tagnany i, sady sy nitendry zava-magneno igny Davida.¹⁰ De i Saoly nagnandragna nikiendry an'i Davida teo amin'ny rindrigna tamin'ny lefony, kanefa nilefa ny fagnatrehan'i Saoly i, ko natsatok'i Saoly teo amin'ny rindrigna ny lefogna. Niala i Davida de afa- nilefa tamin'igny aligna igny.¹¹ Nandefa iraka tagny an-dragnon'i Davida mba hijery anazy mba hahafahany mamono anazy i Saoly ny maraigna. Mikala, vadin'i Davida, nitarogna anazy hoe: "Lehe tsa mamonjy ny ainao androny aligna agnao, de ho vonoana agnao sy apitso."¹² Navelan'i Mikala hdigna teo amin'ny varavaraely i Davida. De nandeha i ko nilefa, sady afa-nilefa.¹³ Nangalaka sampy tao an-dragnony i Mikala sady nametraka anizay teo apandrena. De nangalaka ondagna volon'osy i ko napetrany teo amin'ny lohany, de nototofany akanjo zay.¹⁴ Lehe nandefa iraka mba hangalaka an'i Davida i Saoly, de zao ro nataony hoe: "Marary i."¹⁵ De nandefa iraka mba hijery an'i Davida ndraika i Saoly, ko zao ro nataony: "Fero miakatsa aty miaraka amin'ny fandreny i, mba hafahako mamono anazy."¹⁶ Lehe niditsa ny iraka, io, ny sampy ze tao an-dragnony ro teo apandrena miaraka amin'ny odagna volon'osy eo amin'ny lohany.¹⁷ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i Mikala: "nahoana ro namitaka anahy agnao ko namela ny fahavaloko nandeha, ko de afaka nilefa i? "Mikala namaly an'i Saoly hoe: "Zao ro nataon'ny taminahy, 'Avilao aho handeha. Nahoana aho ro hamono anao? ' " "¹⁸ De niala sy afaka nilefa i Davida, de nadeha agny amin'i Samoela tagny Rama ko nitarogna taminazy ny raha aby ze nataon'i Saoly taminazy. De nandeha i sy Samoela ko nitoatsa tagny Naiota.¹⁹ Nisy nilaza tamin'i Saoly zay, manao hoe: "Io, ao Naiota agny Rama i Davida."²⁰ De nandefa iraka himbotsa an'i Davida i Saoly. Lehe nahita ny namany paminany naminany reo, de i Samoela nitsangagna ho lihiben-dreo, ny fagnahin'Andriamagnitsa avy tamin'ny irak'i Saoly, de naminany koa reo.²¹ Sy efa nilaza anizay i Saoly, de nandefa iraka hafa koa i, sady naminany hiany koa reo. De nandefa iraka fagnitelony ndraika i Saoly, ko naminany hiany koa reo.²² De nandeha agny Rama ko i sady avy teo amin'ny lava-drano tao Seko. Nagnotany i hoe: "Aia i Samoela sy Davida?" Nisy ona nitarogna hoe: "Io, ao Naiota agny Rama reo."²³ Nandeha agny Naiota agny Rama i Saoly. De avy tao aminazy koa ny fagnahin'i Yaveh, ko naminany tegny apandihianana mandrapiaviny tagny Naiota tagny Rama i.²⁴ Nagnala ny akanjony i sady naminany teo agnatrehan'i Samoela. Nijily mandritsy ny andro sy ny aligna aby i. Izay ro antony nagnotaniana-dreo hoe: "Isan'ny paminany koa nga i Saoly?"

Chapter 20

¹ De i Davida nilefa avy hatgny Naiota agny Rama ko nandeha agny amin'i Jonatana sady nanao hoe: "Fa ina ro nataoko? Ina ro heloko? Ina ro fahotako teo agnatrehan'ny rainao, ro mitady hifofo ny aiko i" ² Jonatana nanao tamin'i Davida hoe: "Sagnatria anie zay; tsa ho maty agnao. Tsa manao raha lihipe na kely ko tsa milaza anizay aminahy ny raiko. Nahoana ro tokony hanitrika anizay aminahy ny raiko? Tsa izay mihintsy." ³ De nivoady ndraika i Davida ko nanao hoe: "Fantatsy ny rainao soa fa nahita sitraka teo imasonao aho. Efa nilaza i hoe: 'Aza avela ho fantatsy Jonatana zao, lehe tsa izay de halahelo i.' Nefa lehe velogna marina i Yaveh, sady lehe vona velogna ko agnao, de kely fotsiny ny elagnelagna eo aminahy sy ny fahafatesana." ⁴ De zao ro nataon'i Jonatana tamin'i Davida: "Na ina na ina lazainao, de hataoko ho anao." ⁵ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Jonatana: "Sy apitso ny voaloham-bolagna, ko tokony hitoatsa hiaraka hihinana amin'ny panjaka ho. Nefa avilao aho handeha, mba hisitrika agny atanimboly zizika harivan'ny andro fahatelo." ⁶ Lehe mahatsiaro anahy ny rainao, de ataovo hoe: 'Nanao fierana fatratsa tminahy i Davida mba hamonjy an'i Betlehem tanànanany; satria efa akatoky ny sorogna isan-taogna ho an'ny fiaakaviana manontolo agny.' ⁷ Fa zao ro nataony hoe: 'Soa zay, de hana-piadagnana ny panomponao. Fa lehe nasiaka mafy i, de fantatso fa nanapa-kevitsa hanao ratsy i.' ⁸ Noho izay de mifagnaraha soa amin'ny panomponao. Fa efa nitondra ny panomponao ho amin'ny fagniken'i Yaveh niaraka taminao agnao. Nefa lehe misy fahotana aminahy, de agnao ro hamonjy anahy; ko nahoana aho ro ferinao agny amin'ny rainao?" ⁹ Zao ro nataon'i Jonatana: "Sagnatria aminahy anie zay! Lehe nahafantatsa aho fa nanapakevitsa ny hanao ratsy ny raiko, de tsa hilaza anao ve aho?" ¹⁰ De zao ro nataon'i Davida tamin'i Jonatana: "Ia ro hitarogna aminahy Lehe sagnatria mamaly anao amin'ny tarogna mafy ny rainao?" ¹¹ Jonatana nanao tamin'i Davida hoe: " Andao, handeha tsika hienga agny atsaha." Ko nienga tagny antanimboly i roalahy. ¹² Zao ro nataon'i Jonatana tamin'i Davida: "Yaveh, Andriamagnits'Israely anie ro ho vavolombelogna. Sy efa avy nagnotany an-draiko aho sy apitso amizao ora zao, na amin'ny andro fahatelo, jireo , lehe misy raha maintso ho an'i Davida, nga tsa hagniraka ho agny aminao sy hapahafatatsa anao nha iaho?" ¹³ Lehe mahafaly an-draiko ny hanao ratsy anao, Yaveh anie hanao anizay amin'i Jonatana sady mihoatsa aza lehe tsa mapahafantatsa anizay aminao sy mandefa anao aho, mba handihiananao am-piadagnana. Homba anao anie Yaveh, tahaka ny efa nombàny ny raiko. ¹⁴ Fa lehe vona velogna ko aho, nga tsa hanoro anahy ny tsa fivadiham-pagniken'i Yaveh nga agnao, mba tsa ho maty aho? ¹⁵ Aza manapaka ny tsa fivadiha-pagnikenao hiala amin'ny akohonako mandrakizay--nako de foagnan'i Yaveh eo amin'ny tany aza ny fahavalon'i Davida aby. ¹⁶ De Jonatana nanao fagnikena tamin'ny akohognan'i Davida ko nanao hoe: "Yaveh anie hitaky ny honitsa eo amin'ny tagnan'ny fahavalon'i Davida." ¹⁷ Napanao voady an'i Davida ndraika i Jonatana noho ny fitiaany anazy, satria te anazy tahaka ny fitiavany ny fagnahiny hiany i. ¹⁸ De zao ro nataon' i Jnatana taminazy: "Sy apitso ny voaloham-bolagna. Ho tsaroana agnao satria foanagna ny sezanao. ¹⁹ Sy efa miegnina telo andro agnao, de midigna malaky sady mandihiana agny amin'ny toerana ze nisitrihanao sy efa teo am-pelatagnana ny raharaha, de miandraza eo agnilan'ny vatolampy Ezela. ²⁰ Handefa zanatsipika telo eo agnilan'izay aho, tahaka ny hoe mitifitsa raha kindrena. ²¹ De hagniraka ny zatovo lahiko aho ko hitarogna

aminazy hoe: 'Mandihiana tadiavo y zanatsipika. ' Lehe mitarogna amin'ny zatovolahiko aho hoe: 'Io, ity agnilanao ty ny zanatsipika; alao reo,' de miavia; fa hisy fiarovana sady tsa hisy ratsy ho anao, lehe vona velogna koa i Yaveh. ²² "Nefa lehe mitarogna amin'ny tovolahy aho hoe: ' Io, ao afaranao ny zanatsipika,' de mandihiana amin'ny lalanao, fa efa nandefa anao i Yaveh. ²³ Lehe ny amin'ny fifagnarahana ze napirisahantsika, io, eo agnivotsika mandrakizay i Yaveh. ' " ²⁴ Ko nisitrika tagny antanimboly i Davida. Sy efa avy ny voaloham-bolagna, de nitoatsa nihinanak'anina ny panjaka. ²⁵ nitoatsa teo amin'ny sezany ny mpanjaka, tahaka ny mahazatsa, teo amin'ny seza teo agnilany rindrigna. Nitsangagna i Jonatana, de Abnera nitoatsa teo agnilan'i Saoly. Nefa foagna ny sezan'i Davida. ²⁶ Tsa vona nitarogna na ina na ina i Saoly taminio andro io, satria nieritseritsa i hoe: "Nisy raha nahazo anazy. Tsa madio i; azo antoka fa tsa madio i." ²⁷ Fa tamin'ny andro faharoa nefa, ny apitony voaloham-bolagna, de foagna ny sezan'i Davida. Zao ro nataon'i tamin'ny Jonatana zanany lahy: "Nahoana ro tsa avy amin'ny fisakafoanana ny zanaka lahin'i Jese na tamimaly na tandroany?" ²⁸ natana namaly an'i Saoly hoe: "Nangataka alalana fatratsa taminahy mba handeha agny Betlehema i Davida. ²⁹ Zao ro nataony: 'Avilao aho mba handeha. Fa ny fianakavianay managna sorogna ao an-tanàna, sady ny rahalahiko mandidy anahy handeha ho agny. Androany, Sy efa nahita sitraka teo imasonao aho, de avilao moa aho handeha sady hijery ny rahalahiko. 'Izay ro antony tsa niaviany teto an-databatsy ny panjaka." ³⁰ Ko nirehitsa tamin'i Jonatana ny hasiahan'i Saoly, de zao ro nataon'ny taminazy: "Agnao ry zanaka lahin'ny pamadika, apela pikomy! Nga ve aho tsa nahafantatsa fa efa nisafidy ny zanaka lahin'i Jese ho fahamegniarana ho anao, sy ho fahamegnaran'ny fijilian'ny reninao agnao?" ³¹ Fa lehe vona miaigna eto antany ny zanaka lahin'i Jese, de tsa ho tafapetraka na agnao na ny fanjakanao. Ko amizao, alifaso ary fero aty aminahy i." ³² Jonatana namaly an'i Saoly rainy hoe: "Fa ina ro antony tokony hamonoana anazy? Ina ro nataony?" ³³ De i Saoly nanipy ny lefony taminazy mba hamono anazy. Ko de fantats'i Jonatana fa hamono an'i Davida ny rainy. ³⁴ Nitsangagna niala tamin'ny siaka teo amin'ny latabatsa sady tsa nihinan-kanina i Jonatana ny andro faharoan'ny volagna, fa nalahelo an'i Davida i, satria nagnala baraka anazy ny rainy. ³⁵ Sy maraigna, nandeha agny atanimboly tamin'ny andro voatokagna niaraka tamin'i Davida i Jonatana, sy ny tovolahy niaraka taminazy. ³⁶ Zao ro nataon'ny tamin'ny tovolahy: "Miridiridia de jireo ny bala ze nitifirako." De lehe nimiridiry ny tovolahy, de notifiriny tamin'ny bala hatao afarany. ³⁷ Sy efa avy teo amin'ny toerana ze nitsatohan'ny bala nalefan'i Jonatana ny tovolahy, de nangaika ny tovolahy i Jonatana sy avy eo, de nanao hoe: "Nga tsa ao afaranao nga ny bala?" ³⁸ De nangaika ny tovolahy i Jonatana hoe: "Malàky, malaky be, aza miegnina!" De ny zatovolahin'i Jonatana namory ny bala niakatsa sady nandeha agny amin'ny topony. ³⁹ Nefa tsa nahalala na ina na ina ny tovolahy. Jonatana sy davida hiany ro nahalala ny raha. ⁴⁰ Namen'i Jonatana ny tovolahy ny fitaovapiadiana sady zao ro nataony taminazy: "Mandihiana, fero agny an-tanana reo." ⁴¹ Tehe vo nandeha ny tovolahy, de nitsangagna tao ambadiky ny dongotany i Davida, nihohoka teo amin'ny tany, sady niondrika intelo. Nifagnoroka sy nitomagny reo, De i Davida nitomagny mafy. ⁴² Zao ro natan'i Jonatana tamin'i Davida: "Mandihiana ampiadagnana, satria efa samy nianiagna tamin'ny agnaran'i Yaveh itsika de nanao hoe: 'Yaveh anie ro ho eo agnivotsika, sady eo agnivoron'ny taranako sy ny taranakao mandrakizay.' "De nitsangagna i Davida ko nandeha, fa Jonatana ro nipody tagny an-tanàna.

Chapter 21

¹ De avy tao Noba i Davida mba hijery an'i Ahimeleka pisorogna. Avy tao mba hitsena an'i Davida tamikovitsa i Ahimeleka sady nitarogna taminazy hoe: "Nahoana agnao ro irery tsa misy miaraka aminao?" ² Zao ro nataon'i Davida tamin'i Ahimeleka hoe: "Nandefa anahy hagnatateraka iraka ny panjaka de nitarogna taminahy hoe: 'Aza avela hisy hahafatatsa na ina na ina momba ny raharaha ze hagnirahako anao, sy handidiako anao.' Nnanoro lalagna ny tovolahy handeha agny amin'ny toerana raika aho. ³ Ko ina ary no antagnanao zao? Meo mofo dimy aho, na ze aby misy ato." ⁴ Namaly an'i Davida ny pisorogna ko nanao hoe: "Tsa misy mofo tsotra eto an-tagnako, fa misy mofo masina _lehe naha tandrin-tegna tamin'ny apela ny tovolahy." ⁵ Davida namaly ny pisorogna ko nanao hoe: "Nahatandri-tegna tamin'ny apela tokoa agnay nandritsy ny telo andro zay, tahaka ny fanao isaky ny mandeha aho. Efa natokagna ny fanagnan'ny lihilahy reo nako de amin'ny iraka tsotra aza. Meka aza voatokagna ze hanagnan-dreo amizao!" ⁶ Ko de nagnome anazy ny mofo ze voatokagna ny pisorogna. Fa tsa nisy mofo hafatsy ny mofon'ny fagnatrehana manko tao, ze efa nalaina teo agnatrehan'i Yaveh, mba hamitrahana mofo vaovao eo amin'ny toerana zay tamin'ny andro nagnalana anizay. ⁷ De ny raika tamin'ny panopon'i Saoly ze tagny tamizay andro zay, de voatagana teo agnatrehan'i Yaveh. Doega Edomita ro agnarany, lihibe ny piambign'ondrin'i Saoly ⁸ De zao ro nataon'i Davida tamin'i Ahimeleka hoe: "Tsa misy lefogna nasabatsa azo apiasaina nga eo atagnanao? Fa tsa nahatondra akory aho na ny sabatso na ny fitaova-piadiako taty aminahy, satria tena meka tokoa ny raharahan'ny panjaka." ⁹ Zao ro nataon'i pisorogna hoe: "Ny sabats'i Goliata ny Filistina, ze novonoanao tagny amin'ny lohasahan'i efoda ro ato. Lehe tiànao halaina zay, de alao, fa tsa misy fitaova-piadiana hafa ato." Zao ro nataon'i Davida hoe: "Tsa misy sabatsa tahaka anizay raika zay; omeo anahy." ¹⁰ De nitsangagna i Davida de nilefa an'i Saoly tamizay andro zay ko nandeha amin'i Akisa, panjakan'i Gata. ¹¹ Ny panompon'i Akisa nitarogna taminazy hoe: "Tsa i Davida, ny panjakan'ny tany nga ty? Tsa ty ve ny fampihirahirain-dreo tamin'ny dihy hoe: ' saoly namono agn'arivony, de i Davida namono alignaligna?" ¹² Noraisin'i Davida ampo zay tarogna zay ko natahotsa mafy an'i Akisa, mpanjakan'i Gata i. ¹³ Nagnova ny fihetsiny teo agnatrehan-dreo i ko nodian'ny very saigna teo an-tagnan-dreo; nanoratsoratsa teo amin'ny lelam-bavahady i de navelany hitsory teo amin'ny volombavany ny niviny. ¹⁴ Sy avy eo de zao ro nataon'i Akisa tamin'ny panompony hoe: " Io, hitanareo fa very saigna ny lihilahy. Nahoana ro ferinareo eto aminahy i? ¹⁵ tsa ampy ona adala nga

iaho, ro de ferinareo aty aminahy io mba hanao fihetsika tahaka anizao eto agnatrehako? Hiditsa ao tragnoko tokoa nga io namana io?"

Chapter 22

¹ De niala tagny i Davida ko nilefa tao an-dava-baton'i Adolama. Lehe nahare anizay ny rahalahiny sy ny akohonan-drainy aby, de nidigna tagny aminazy reo. ² Ny ona aby ze ao agnaty fahoriana, ny ona aby ze tao agnaty trosa, de ny ona aby ze tsa faly--i aby de nivory tao aminazy. Nanjary kapitenin'ny piambigna teo amin-dreo i Davida. Nisy teo amin'ny efajato lahy teo ro niaraka taminazy. ³ De niala tao handeha agny Mizpa ao Moaba i Davida. Zao ro nataon'ny tamin'ny panjakan'i Moaba hoe: "Mba maingavy roa aoka ny raiko sy ny reniko hienga hiaraka aminao mandra-pahafatarako ze hataon'Andriamagnitsa ho anahy." ⁴ Navelany niaraka tamin'ny panjakan'i Moaba reo. Ny rainy sy ny reniny nitoatsa niaraka taminazy tamin'ny fotoagna aby naha tao amin'ny fiarovany mafy an'i Davida. ⁵ De i Gada paminany nitarogna tamin'i Davida hoe: "Aza miegnina ao amin'ny fiarovana mafy. Mitsangana de mandihiana agny amin'ny tanin'i Joda." Ko de niala tao i Davida de nandeha tao amin'ny alalan'i Hareta. ⁶ Ren'i Saoly fa hita niaraka tamin'ny lilihahy ze niaraka taminazy i Davida. De nitoatsa tagny Gibeata tambaniny hazo tamariska tao Sama i Saoly, niaraka tamin'ny lefony tegny an-tagnany, de ny panompony aby nitsangagna magnodidigna anazy. ⁷ Zao ro nataon'i Saoly tamin'ny panompo magnodidigna anazy: "Heno zao, ry vahoakan'i Benjamina, nga hagnome saha na tanimboaloboka ho an'ny tsiraidraika aminareo ny zanaka lahin'i Jese? Nga hanao anareo aby ho kapiten'ny tafika an'arivony sy an-jatony i, ⁸ ho takalony tetikareo aby hanohitsa anahy? Tsa nisy taminareo napahafantatsa anahy sy efa nanao fagnikena tamin'ny zanaka lahin'i Jeze ny zanako lahy. Tsa nisy taminareo nangoraka anahy. Tsa nisy taminareo napahafatatsa fa anahy fa ny zanako lahy de nampirisika an'i Davida mpanopoko hanohitsa anahy. Androany de misitrika sy miandry anahy i sady mety hanafika anahy." ⁹ De i Doega Edomita, ze nitsangagna teo amin'ny panompon'i Saoly, namaly hoe: "Hitako nandeha agny Noba ny zanaka lahin'i Jese, tao amin'i ahimeleka zanaka lahin'i Ahitoba. ¹⁰ Nivavaka tamin'i Yaveh i mba hagnapeny anazy, de nameny anazy ny vatsy sy ny sabats'i Goliata Filistina". ¹¹ De ny panjaka nagniraka ona mba hagnaika an'i Ahimeleka pisorogna zanaka lahin'i Ahitoba sy ny akohognan-drainy aby, ny pisorogna ze tao Noba. I aby reo de avy teo amin'ny panjaka. ¹² Zao ro nataon'i Saoly: "Heno ary, ry zanaka lahin'i Ahitoba." De namaly i hoe: "Itito aho, tompoko." ¹³ De zao ro nataon'i Saoly taminazy: "Nahoana agnao ro mitetika ny hamono anahy, agnao sy ny zanaka lahin'i Jese, tamin'ny nagnomezanao anazy mofo, sy sabatsa, de nivavaka tamin'andriamagnitsa mba hagnapeny anazy, mba hitsanganany hanohitsa anahy, mba hisitrika agny amin'ny takogna, tahak'izao ataonay androany zao?" ¹⁴ De i Ahimeleka namaly ny panjaka nanao hoe: "Ia tamin'ny panomponao aby moa ro mahatoky fatratsa tahaka an'i Davida, ze vinato lahin'i panjaka ro sady piambigna anao koa, de omem-boninahitsa ao an-dragonao?" ¹⁵ Androanay ngaha ro fotoagna voalohany nivavako tamin'Andriamagnitsa mba hagnapeny anazy? Sagnatria aminahy anie zay! Aza mamela ny panjaka hagnisy na ina ina amin'ny panompony na amin'ny akohognan-draiko aby. fa ny panomponao de tsa mahalala na ina na ina amizao raharaha aby zao." ¹⁶ Namaly ny panjaka hoe: "Tsy maintsy ho maty tokoa agnao, ry Ahimeleka, agnao sy ny akohognan-drainao aby." ¹⁷ De nitarogna tamin'ny piambigna nitsangagna nagnodidigna anazy ny panjaka hoe: Mitodiha de vono ny pisorogn'i Yaveh. Satria ny tagnan-dreo hiany koa de miaraka amin'i Davida, de satria nahafatatsa reo fa nisitrika i, kanefa tsa nitarogna anizay taminahy. fa ny panompony mpanjaka nefa de tsa te hagnatsotra ny tagnany hamono ny pisoron'i Yaveh. ¹⁸ De nitarogna tamin'i Doega ny panjaka hoe: "Mitodiha de vono ny pisorogna. De nitodika sy namely ny pisorogna i Doega Edomita; namono ona dimy amby valopolo ze niakanjo efoda rongony fotsy tamizay andro zay i. ¹⁹ Tamin'ny lelatsabatra ro nanafihany an'i Noba, tanànan'ny pisorogna, na apela na lilihahy, kilonga na zaza, de ny omby sy ny apondra sy ondry. Namono anazy aby tamin'ny lelatsabatra i. ²⁰ Fa ny raika tamin'ny zanaka lahin'i Ahimeleka zanaka lahin'i Ahitoba, nakehina hoe Abiatara, nifeha nagnaraka an'i Davida. ²¹ De i Abiatara nitarogna tamin'i Davida fa novonoan'i Saoly ny pisorogn'i Yaveh. ²² Zao ro nataon'i Davida tamin'i Abiatara: "Fantatso tamin'igany andro igny, fa lehe tao i Doega Edomita, de tsy maintsy nitarogna tamin'i Saoly i. Iaho ro tompon'andraikitsa tamin'ny fahafatesana aby tamin'ny fianakavian-drainao! ²³ Miagnena miaraka aminahy de aza matahatsa. Fa ny ona ze mififi ny ainao de mifofo ny anahy koa. ho voaaro agnao miaka aminahy."

Chapter 23

¹ De zao ro nataon-dreo tamin'i Davida: "Io, miady amin'ny Keila ny Filistina de mandroba ny famoloana." ² Ko nivavaka tamin'i Yaveh i Davida mba hagnampy anazy ko nagnotany hoe: "Tokony handeha hanafika ny Filistina reo ve aho?" De zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Davida: "Mandihiana de tafiho Filistina de vonjeo i Keila." ³ De zao ro nataon'ny lilihahin'i Davida taminazy: "Io, matahotsa atsika eto Joda. ko vo maika handeha agny Keila ko hiady amin'ny tafiky ny Filistina?" ⁴ De vona nivavaka tamin'i Yaveh ndraika i Davida mba hagnampy anazy. Namaly anazy i Yaveh hoe: "Mitsangana, midigna mandeha agny Keila. Fa hameko anao ny fandrisena ny Filistina." ⁵ De nandeha agny Keila i Davida sy ny lilihahiny de niady tamin'ny Filistina. Noferiny lavitsa ny biby fiompy de namely an-dreo tamin'ny famonoana lihipe i. Ko voavonjin'i Davida ny panompon'i Keila. ⁶ Sy efa nilefa tagny amin'ny Davida tao Keila i Abiatara zanaka lahin'i Ahimeleka, de nidigna niaraka amin'ny efoda tegny an-tagnany i. ⁷ De nolazina tamin'i Saoly fa nandeha agny Keila i Davida. Zao ro nataon'i Saoly: "Efa namen' Andriamagnitsa anahy eo ampelatagnako i. Ko voahidy ao i satria niditsa tao amin'ny tanana misy vavahady sy fehy." ⁸ Napangaika ny tafiny aby i Saoly mba hiady, hidigna handeha agny Keila, de

hanao fahirano an'i Davida sy ny lihilahiny.⁹ De fantatsy Davida fa manao teti-dretsy hamono anazy i Saoly. De zao ro nataon'ny tamin'i Abiatara pisorogna hoe: "Fero aty ny efoda."¹⁰ De zao ro nataon'i Davida: " Ry Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely, efa reny panompona tokoa fa i Saoly de mitady handeha agny Keila, mba handringagna ny tanána tratsany ny aminahy.¹¹ Hanolotsa anahy eo anatagnany ve ny olon'i Keila? Hidigna ve i Saoly, araka ny reny panomponao? Ry Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely, miatalaho aminao aho, miangavy roa mba tarogno ny panomponao." De zao ro nataon'i Yaveh hoe: "Hidigna i."¹² De zao ro nataon'i Davida hoe: "Hatolotsy ny olon'i Keila eo an-tagnan'i Saoly ve aho sy ny lihilahiko ? De zao ro nataon'i Yaveh hoe: "Hanolotsa anao reo. "¹³ De nandeha i Davida sy ny lihilahiny . ze tokony ho tamin'ny eninjato, ko niala avy hateo Keila, De nandeha nifindrafindra toerana. Nilaza tamin'i Saoly fa nilefa avy hatagny Keila i, de napiagneniny ny fandozorana.¹⁴ Niegina tao agnatiny fiarovana mafy tagny agn'efitsa i Davida tegny amin'ny tany ambony tany agn'efitsy Zifa. Nikaroka anazy isan'andro i Saoly, nefa Andriamagnitsa tsa manolotsa anazy teo an-tagnany. hitan'i Davida fa nifofo ny ainy i Saoly; de efa tagny agn'efitsy ny Zifa agny Horsea i Davida.¹⁶ Sy Jonatana, zanaka lahin'i Saoly, nitsangagna ko nandeha agny amin'i Davida tagny Horesa, sady nankahery ny tagnany tao amin'Andriamagnitsa.¹⁷ Zao ro nataon'ny taminazy hoe: "Aza matahotsa. Fa ho hitan'i Saoly raiko agnao. Agnao ro ho panjaka eo amin'Israely, de iaho de ho eo agnilanao. fantatsy i Saoly raiko zay. "¹⁸ Nanao fagnikena teo alohan'i Yaveh reo. De niegina tao Horesa i Davida, de i Jonatana nandeha nody tagny amin'ny fonegnany.¹⁹ De nagnatogna an'i Saoly tao Gibeà ny Zifita ko nitarogna hoe: "Tsa i Davida ve ro misitrika agny aminay ao agnatiny fiarovana mafy agny Horesa, agny amin'ny havoana Hakila, ze agny atsimon'i Jesimona?"²⁰ Androany midigna, ry panjaka! Araka ny sitrakao, midigna! Hanolotsa anazy eo apelantagnan'ny panjaka ro anjaranay²¹ De zao ro nataon'i Saoly: "Yaveh anie hitahy anaoreo. fa nangoraka anahy agnareo.²² Mandihiana, ataovo azo antoka soa. Fantaro sy tadiavo ny toerana ze hisitrihany sy ze nahita anazy tagny. Nolzaina taminahy fa fetsy tokoa i.²³ Ko jireo, de fantaro ny toerana aby ze hagasitrihany ny tagnany. De mipodiana ndraika aty aminahy hilaza marimarina soa, de hiaraka aminareo hipody aho. Lehe agny amin'ny tany i, de hotadiaviko amin'ny Joda agn'arivony aby"²⁴ Sy avy eo ko nitsangagna reo ko nandeha agny Zifa talohan'i Saoly. De tagny amin'ny efitsy ny Maona i Davida sy ny lihilahiny, tagny Araba atsimon'i Jesimona.²⁵ Nandeha nitadia anazy i Saoly sy ny lihilahiny. Fa nolazaina tamin'i Davida zay, ko nidigna tagny amin'ny tany havoana be vato i sady nitoatsa tagny agn'efitsy Maona. Sy efa nandre anizay i Saoly, de nandodotsa an'i Davida tagny an-tany efitsy i Maona i.²⁶ De i Saoly nandeha tagny amin'ny ilany tendrombohitsa raika, Davida sy ny lihilahy hafa tagny amin'ny ilany hafa. Nandeha malaky i Davida hagnalavitsa an'i Saoly. Sy efa nagnodidigna an'i Davida sy ny lihilahiny i Saoly sy ny lihilahiny mba hangalaka an-dreo,²⁷ de nisy pitondra teny nanatogna an'i Saoly ko zao ro nataon'ny taminazy hoe: " Malàky be moa, fa manao fanafihana hanohitsa ny tany ny filistina. "²⁸ De nipody avy hatagny amin'ny fagnin'ehana an'i Davida i Saoly sady nandeha nifagnandrigna tamin'ny Filistina. De izay ro nangehana an'i teorana io hoe: Vatolampiny filifana.²⁹ Niakatsa avy hatagny Davida ko nitoatsa tao amin'ny fiarovana mafin'i En-jedy.

Chapter 24

¹ Sy efa nipody avy nandodotsa an'ny Filistina i Saoly, de nolazaina taminazy hoe: "agny agn'efitsy i En-jedy i Davida. "² Sy avy eo i Saoly de nangalaka lihilahy telo arivo voafantigna avy tamin'i Israely aby de nandeha nitadia an'i Davida sy ny lihilahy tegny amin'ny Vatolampiny Osi-dia.³ Nandeha teo amin'ny valan'ondry tegny an-dalagna i, ze nisy zohy raika. Niditsa tao mba hanao maloto i Saoly. De i Davida sy ny lihilahy de nitoatsa lavitsa tao afarany tao amin'ny zohy.⁴ Zao ro nataon'ny lihilahin'i Davida taminazy hoe: "Ity ro andro ze nirisahan'i Yaveh sy efa nitarogna taminao i hoe: ' Hatolotso eo apelantagnanao ny fahavalonao, mba hanaovanao ze tianao hatao aminazy.' "Sy avy eo i Davida nitsangagna sady nandady moramora nandroso ko nanapaka ny moron'akanjo lavan'i Saoly.⁵ Sy efa afaka zay de nampijaly anazy ny fon'i Davida satria nanapaka ny moron'akanjo lavan'i Saoly i.⁶ Zao ro nataon'i Tamin'ny lihilahy hoe: "Yaveh anie handrara anizao fanaovako raharaha zao amin'ny tompoko, ny voahosots'i Yaveh, de ny hagnin'jirako ny tagnako aminazy, lehe mahita fa voahosots'i Yaveh i."⁷ De nitarogna mafy anireo lihilahy tamireo trogna reo i Davida, de tsa namela an-dreo hamely an'i Saoly. Nitsangagna i Saoly, nandao ny zohy, de nandeha tamin'ny lalany.⁸ Sy efa afa afak'izay, de nitsangagna hiany koa i Davida, nandalo ny zohy, sady nangaika an'i Saoly hoe: "Ry panjaka tompoko. "Sy efa nijery anazy hatao afara i Saoly, de napiankohoka ny tavany tamin'ny tany i Davida sady naneho fagnajana anazy.⁹ Zao ro naton'i Davida tamin'i Saoly hoe: "Nahoana agnao ro mihaino ny lihilahy ze manao hoe: 'Io, mihevitsa ny hanao ratsy anao i Davida "¹⁰ Androany hitan'ny masonao ny fomba namitrahana'i Yaveh anao teo am-pelatagnako tamitsika tao anjohy. Ny sasany nitarogna taminahy mba hamono anao, fa namindra fo taminao aho. Zao ro nataoko hoe: 'tsa hagnin'jitsa ny tagnako amin'ny panompoko aho; satria voahosots'i Yaveh i.'¹¹ Io, ry raiko, jireo ny morotongots'akanjo lavanao eo am-pelatagnako. Fa ny antony napangalako ny morotongots'akanjo lavanao sy tsa namonoako anao,de mba ho fantatsao sy ho itanao fa tsa misy ratsy na fivadihana eto am-pelatagnako, sady tsa nanota taminao aho, nako de mijery ny aiko mba hahafaty anahy aza agnao.¹² Yaveh anie hitsara anahy sy agnao, sady Yaveh anie hamaly faty anahy aminao, fa ny tagnako de tsa tokony hanohitsa anao.¹³ Araka ny lazain'ny ohabolan'ny taolo hoe: 'Avy amin'ny ratsy fagnahy ro hiavian'ny faharatsiana.' Fa tsa hanohitsa anao ny tagnako.¹⁴ Ho ania ro niengan'ny panjakan'Israely? Ia ro dozorona? Amboa maty, Parasy!¹⁵ Yaveh anie ho pitsara sy hagnome fitsarana anahy sy agnao, sady hijery amizy, de hisolo vava anahy sy hamela anahy hilefa amin'ny tagnanao."¹⁶ Sy efa avy miresaka anireo tarogna reo tamin'ny Saoly i Davida, de zao ro nataon'i Saoly hoe: "feonao nga zao, ry Davida zanako?" Nanondrotsa ny feon'ny i Saoly sady nitomagny.¹⁷ Zao ro nataon'ny tamin'ny Davida

hoe: "Marina mihoatsa anahy agnao. Satria namaly soa anahy agnao, sy efa namaly ratsy anao aho."¹⁸ Nolzainao androany ny fomba nanaovanao soa taminahy, satria tsa namono anahy agnao lehe nataon'i Yaveh teo an-tagnanao ny aiko.¹⁹ Fa lehe misy lilihahy mahita ny fahavalony, de handefa anazy am-piadagnana ve i? Yaveh anie hamaly soa anao ny amizay vitanao taminahy androany.²⁰ Amizao fantako fa ho mpanjaka tokoa agnao de hapetraka eo am-pelantagnanao ny fanjakan'Israely.²¹ Mianiana aminahy amin'i Yaveh fa tsa hamongotsa ny taranako mandimby anahy agnao, sady tsa hamotika ny agnarako hiala amin'ny tragnon-draiko."²² Sy zay de nanao fianagnana tamin'i Saoly i Davida. Sy avy eo de nandeha nody i Saoly, fa i Davida sy ny lilihahiny ro nandeha niakatsa amin'ny fiarovana mafy.

Chapter 25

¹ De nodimandry i Samoela. Niara nivory aby ny Israely de nisaogana anazy, de nalevin-dreo tagny andragony tagny Rama i. De nandeha i Davida sady nidigna nandeha agny agn'efits'i Parana.² Nisy lilihahy raika tagny Maona, ze tagny Karmela ny fanagnany. Tena nanakarena ny lilihahy. nanagna ondry telo arivo sy osy arivo i.³ Nagnety ny ondriny tagny Karmela i. Nabana ro aganaran-dralihilahy, de ny agnarany vadiny de Abigaila. Naragni-tsaingna ny apela sady soa endrika. Fa ny lilihahy masiaka sady ratsy tamin'ny fitondrany. Tranaky ny akohognan'i Kaleba i.⁴ Ren'i Davida tagny agn'efitsa fa nagnety ny ondriny i Nabala.⁵ Ko de nandefa tovolahy folo i. De zao ro nataon'i Davida tamin'ny lilihahy : "Miakara agny Karmela, mandihiana agny amin'i Nabala, sady miarahaba anazy amin'ny agnarako."⁶ Lazaonareo aminazy hoe: "Miviloma agnatiny fagnambinana. Fiadanana anie ho anao de fiadagnana anie ho an'ny akohognanao, de fiadagnana anie ho anize aby anagnanao."⁷ Reko fa managna pagnety agnao betsaka agnao. Efa niaraka taminay ny piambigna n ondrinao, sady tsamba nagnisy ratsy an-dreo agnay, de tsa nisy na ina na ina tsa ampy tamin-dreo tamin'ny tagny Karmela.⁸ Agnotaneo ny tovolahinao, de ho lazain-dreo aminao. De avilao ny tovolahiko hahita sitraka eo imasonao, fa tsy maintsy avy agnay amin'ny andro fety. Mba meo roa na ina na ina hangnanao eo an-tagnanao ho an'i panomponao de ho an'i Davida zanaka lahinao."⁹ efa avy ny tovolahin'i Davida, de nolzain-dreo tamin'i Nabala ho an'i Davida aby zay aby zay, sy avy eo de niandry reo.¹⁰ Namaly ny panompon'i Davida i Nabala nanao hoe: "Ia zao Davida zao, Nisy panompo betsaka ze nisara-dalagna tamin'ny tompo-dreo tamizay andro zay."¹¹ Tokony hangalaka ny mofoko sy ny ranoko de ny henako ze efa novonoako ho an'ny pagnetiko nga iaho, sady hagnome anizay ona zay tsa fantako mihintsy hoe avy hataia na hataia?"¹² Ko de nipody sady nandeha nody ny tovolahin'i Davida, de nitarogna anizay aby nolzaina taminazy.¹³ De zao ro nataon'i Davida tamin'ny olony: "Apitaho ny sabatsy ny ona tsiraidraika. De nametaka ny sabany koa i Davida. Lilihahy teo amin'ny efajato teo ro nagnaraka an'i Davida, de roanjato ro niegnina teo agnilan'ny entagna."¹⁴ Fa niresaka tamin'i Abigaila, vadin'i Nabala, ny raika tamin'ny ona, nanao hoe: "Nandefa iraka betsaka avy hatagny agn'efitsa mba hiarahaba ny tompoanay i Davida, de notsiratsirain-dreo."¹⁵ Kanefa tena tena soa taminay tokoa ny ona. Fa tsa nisy ratsy nanjo anay sady tsa nisy tsa ampy taminay lehe vona nandeha niaraka tamin-dreo koa agnay tamin'ny tagny amin'ny saha.¹⁶ Manda ho anay reo na andro na aligna, nandritsy anizay niarahanay niambign'ondry.¹⁷ Noho izay fantaro sy hivero ze ho ataonareo, fa misy ratsy kasaina hatao amin'ny tompoanay, sy ny akohonanay. De ny ratsy fagnahy tokoa i. ko tsa misy afaka mitarogna anazy."¹⁸ Sy avy eo Abigaila nangalaka mofo roanjato faingana, dovay roa tavoangy, ondry voavoatsa dimy, fatsan-dango dimy, mofo voaloboka zato, sy apembanaviavy roanjato, de natoatsany teo ambony boriky reo.¹⁹ De zao ro nataon'ny tamin'ny tovolahiny: "Mandihiana eo alohako, de hagnaraka anao aho sy avy eo." Kanefa tsa nitarogna tamin'ny Nabala vadiny i.²⁰ Sy efa nitengina ny boriky i de nidigna agnilany havoana, Davida sy ny olony nandeha tegny aminazy, de nifankahita tamin-dreo i.²¹ De i Davida nitarogna hoe: "Tena raha foagana ny niambenako anize aby nanagnan'io lilihahy io tagny agn'efitsa, fa tsa nisy na ina na ina very zay aby zay, de novaliany ratsy ny soa nataoko anazy."²² Hanao tahaka anizay anahy anie Andriamagnitsa, ry Davida, sady mihoatsa aza, lehe mamela nako de raika amireo ze anazy aho zizika marainga."²³ Sy efa nahita an'i Abigaila i Davida, de nidigna malaky hategny amin'ny borikiny sady nandohalika de niondrika sady napiakohoka ny tegnany teo amin'ny tany teo agnatrehan'i Davida.²⁴ Nandohalika teo amin'ny tongony i de nanao hoe: "Ho aminahy rery hiany, ry topoko, ny fahamelohana. Avilao re ny panomponao mba hiresaka aminao, de mihienoa ny tarogny ny panomponao."²⁵ Aoka tsa hijery anio i Nabala, lilihahy ratsy fagnahy io tompoko, fa araka any agnarany, de tahaka anizay hiany i. Nabala ro agnarany, sady miaraka amin'ny hadalana. Fa iaho panomponao de tsamba nahita ny tovolahin'ny tompoko, ze nalefanao.²⁶ Androany ary, ry tompoko, lehe vona velogna ko ai Yaveh, sady lehe vona velogna koa agnao, satria narovan'i Yaveh tamin'ny fandatsahan-drà, sy tamin'ny famaliany tegnanao tamin'ny tagnanao hiany agnao, de aoka ny fahavalonao, sy ny ze mitadia hanao ratsy amin'ny tompoko, ho tahaka an'i Nabala.²⁷ De aoka ty fagnomezana ze efa noferin'ny panomponao tamin'ny tompoko ty mba hatolotsa ho an'ny tovolahy ze magnaraka ny tompoko.²⁸ Mba avilao re ny fahadisoan'ny panomponao, fa hanangagna fonegnana azo antoka ho an'i tompoko tokoa i Yaveh, satria miady ny adin'i Yaveh ny tompoko; de ny ratsy de tsa ho hita egnny aminao lehe vona velogna koa agnao.²⁹ Neko de mitsangagna hagnenjika anahy mba hagnala ny ainao aza ny lilihahy, de efa nofihiezin'i Yaveh Andriamagnitsao amin'ny fatoran'ny velogna ny ain'ny tompoko; de ho atsipy ny ainy fahavalonao, eo amin'ny foatsan'ny tsamotady.³⁰ De ho ataon'i Yaveh amin'ny tompoko ny raha aby napagnatigniany anao, araka ny nanindreny anao ho pitondra eo amin'ny Israely.³¹ Tsa ho entamavesatsa ho anao-- ny nandatsahanao rà tsa manatsigny, na nohon'ny nagnandraman'ny tompoko hagnavotsa ny tegnany. Fa sy efa hanao soa ho an'ny tompoko i Yaveh, de tsarovo n y panomponao."³² De zao ro nataon'i Davida tamin'i Abigaila: "Isaorana anie Yaveh, Andriamagnits'Israely, I ro nandefa anay hiaogana aminahy androany."³³ Ho tahiana ny

fahindrenao, sady ho tahiana agnao, satria efa narovana tamin'ny fandatsaha-dra sy famaliana faty ny tegnako tamin'ny tagnako hiany aho! ³⁴ Fa lehe ny marina, lehe vona velogna koa i Yaveh, Andriamagnitsy ny Israely, I ro niaro anahy mba tsa handratsa anao, lehe tsa nandeha malaky hiaogna aminahy agnao, de tsa ho nisy niangagna ho an'i Nabala hafatsy zaza lahy kely raika ny maraigna. " ³⁵ Ko de nandray ze noferiny ho anazy hatamin'ny tagnany i Davida; Zao ro nataony taminazy: "Mandihiana ampiadagnana agny amin'ny akohognanao; indro, efa nihieno ny feonao aho, sady efa nagneky anao." ³⁶ De nandeha nipody tagny amin'i Nabala i Abigaila; io, nanao fanasana tao an-dragnony i, tahaka ny fanasan'ny panjaka; de ny fon'ny panjaka faly tao agnatiny, satria mamo tanteraka i. Ko tsa nitarogna na ina na ina i zizika maraigna. ³⁷ sy maraigna, sy efa nisava ny dovan'i Nabala, de notarogniny ny vadiny taminazy aby ny raha aby reo; de nilofika tao agnatiny ny fony, de nanjary tahaka ny vato i. ³⁸ De folo andro taty afara de namely an'i Nabala i Yaveh de maty i. ³⁹ Sy efa ren'i Davida fa maty i Nabala, de zao ro nataony: "Isaorana anie i Yaveh, ny nagnala ny faniratsiran'i Nabala anahy tatagnan'i Nabala, sady niaro ny panopony tamin'ny ratsy. Nagnapody ny ratsy nataon'i Nabala teo andohany hiany i." Sy avy eo i Davida nagniraka sady niresaka tamin'i Abigaila, mba hangalaka anazy ho vady. ⁴⁰ Sy efa avy tagny amin'ny abigaila tagny Karmela ny panopon'i Davida, de niresaka tamin-dreo sady nanao hoe: "Nandefa anay aty aminao i Davida mba hangalaka anao ho vadiny." ⁴¹ De nitsangagna i, napiakohoka ny tavany tamin'ny tany, sady nanao hoe: "io, ny panompo vavinao de mpanompo hanasa ny tongotsy ny panompon'ny tompoko." ⁴² De nitsangagna malaky i Abigaila, sady nitengigna ny boriky niaraka tamin'ny panompo vaviny dimy ze nagnaraka anazy; de nagnaraka ny irak'i Davida i de najary vadiny. ⁴³ De nalain'i Davida ho vadiny koa Ahinaoma Jezirela; de samy najary vadiny aby i roa. ⁴⁴ De, i Saoly nanolotsa ny zanany vavy, vadin'i Davida, ho an'i Palty zanaka alahin'i Laisa, ze avy hatagny Galima.

Chapter 26

¹ Avy tagny amin'i Saoly tagny Gibeà ny Zifta de nitaroga hoe: "Tsa misitrika agny amin'ny lhasahan'i Hakila, ze mifagnatrika amin'i Jesimona ngaha i Davida?" ² De nandeha i Saoly nandeha nidigna agny amin'ny efits'i Zifa, nitondra ny lilihahin'Israely voafatigna telo arivo niaraka taminazy, mba hitadia an'i Davida agny an-tany efits'i Zifa. ³ Nitoby teo amin'ny havoa'n'i Hakila i Saoly, ze nagnatrika an'i Jesimona, teo amoron-dalagna. Fa nitoatsa tagny atany efitsa i Davida, de hitany fa tavy hitadia anazy tagny atany efitsa i Saoly. ⁴ Ko nagniraka pitsikilo i Davida ko nahafatatsa fa tena avy tokoa i Saoly. ⁵ Nitsangagna i Davida de nandeha tagny amin'ny toerana ze nitobian'i Saoly; hitany ny toerana natorian'i Saoly, sy Abnera zanak'i Nera, ny jenralin'i tafiny; natory tao amin'i Saoly, de nitoby magnodidigna an-dreo ny ona, samy resitory aby. ⁶ De zao ro nataon'i Davida tamin'i Ahimeleka Hitita, sy tamin'i Abisay zanak'i Zeroia, rahalahin'i Joaba hoe: "Ia ro handeha hidigna handeha hoagny amin'i Saoly ao an-toby miaraka aminahy?" Zao ro nataon'i Abisay hoe: "Iaho! Hidigna miaraka aminao aho." ⁷ Ko nandeha nandeha agny amin'ny tafika i Davida sy Abisay ny aligna. Natory tao amin'ny toby niaraka tamin'ny lefony nitsatoka tamin'ny tany teo agnilan'ny lohan'i Saoly. Ntory nagnodidigna anazy i Abnera sy ny miaramilany. ⁸ De zao ro nataon'i Abisay tamin'i Davida hoe: "Natoatsan'Andriamagnitsa eto agnilanao ny fahavalonao androany. Avilao roa aho hanindrognanazy ho amin'ny tany indray mamely hiany amin'ny lefogna. Tsa hamely anazy fagnindroany mihintsy aho." ⁹ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Abisay hoe: "Aza mamono anazy; fa ia ro afaka magninjitsa ny tagnany hamely ny voahosots'i Yaveh ko tsa ho meloka?" ¹⁰ Zao ro nataon'i Davida hoe: "Lehe vona velogna koa i Yaveh, de Yaveh ro hamono anazy, na ho avy ny andro hafatesany, na handeha hiady i ko ho maty agny." ¹¹ Ho raràn'i Yaveh anie ny hagninjirako ny tagnako amin'i voahosony; fa androany, miangavy aminao aho, raiso ny lefogna ze eo an-dohany sy ny sinindrano, de andao handeha." ¹² Ko de nalain'i Davida hategny an-dohan'i Saoly ny lefogna sy ny sinin-drano, de niala i reo. Tsa nahita an-dreo na nahalala ny momba anizay, na nisy ona nifoha, fa resitory aby reo, satria nilatsaka tamin-dreo ny torimasolalagna hatamin'i Yaveh. ¹³ De nandeha tegny apita i Davida sady nitsangagna teo an-tampon'ny tendrombohitsa lavitsa egny; nisy halavirana be nagnelagnelagna an-dreo. ¹⁴ Nitabataba mafy tamin'i vahoaka sy Abnera zanak'i Nera i Davida; zao ro nataon'ny hoe: "Tsa mamaly nga agnao?" De namaly Abnera hoe: "Ia agnao ze mangaingaika ny panjaka zao?" ¹⁵ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Abnera hoe: "Tsa agnao nga ro lilihahy be herim-po? Ia ro tahaka anao eto Israely? Nahoana ary agnao ro tsa miambigna ny panjaka toponao? Fa nisy ona niditsa hamono ny panjaka toponao. ¹⁶ Tsa soa zao raha ataonao zao. lehe vona velogna koa i Yaveh, de mendrika ny ho maty agnao satria tsa niambigna ny toponao, de ny voahosots'i Yaveh. Androany de jireo ze misy ny lefogn'i panjaka sy ny sinin-drano teo agnilany lohany!" ¹⁷ Nahatsiaro ny feon'i Davida i Saoly ko nanao hoe: "Feonao nga zao?" Zao ro nataon'i Davida hoe: "Feoko zao, ry panjaka, topoko." ¹⁸ Zao ro nataony hoe: "Nahoana ro mandodotsa ny panopon'ny topoko? Ina nga ro nataoko? ina ro ratsy eto atagnako?" ¹⁹ Androany ary, miangavy aminao aho, aoka ny topony panjaka hieno ny tarogny ny panopony. Lehe i Yaveh ro napietagna anao hanohitsa anahy, aoka i hagneky fagnatitsa raika; fa lehe olombelogna zay, de ho voaozogna eo imason'i Yaveh anie i, fa nandroak anahy reo androany, mba tsa hifikirako amin'ny lovan'i Yaveh; zao ro nataon-dreo taminahy hoe: 'Mandihiana manopo andriamani-kafa.' ²⁰ Androany ary, aza avela ho very eo amin'ny tany lavitsy ny fagnatrehan'i Yaveh ny rako; fa efa nienga hitadia ny parasy kely raika tahaka ny fanamboran'olo tsipoy raika agny amin'ny tendrombohitsa ny panjakan'Israely." ²¹ De zao ro nataon'i Saoly hoe: "Nanota aho. mipodiana, ry Davida, zanako lahy; fa tsa hagnisy ratsy anao koa aho, satria sarobidy teo imasonao ny aiko androany. Io, niadaladala aho de nanao fahadisoana ratsy ndrindra." ²² Namaly i Davida ko nanao hoe: "Io, ty ny lefognao, ry panjaka! aoka hisy amireo tovolahy hiapita sady hangalaka anizay ko hitondra anizay agny aminao. ²³ Yaveh anie hamaly ny ona tsiraidraika nohon'ny fahamarinany sy ny fahamarinany aby; satria nametraka ano teto antagnako i

Yaveh androany, kanefa tsa namely ny voahosony aho. ²⁴ Io, tahaka ny saha sarobidy ny ainao androany teo imasoko, de enganie ka homendanja eo imason'i Yaveh tahaka anizay ny aiko, sady hagnavotsa anahy amin'ny fahoriana aby anie I." ²⁵ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i Davida: "Ho tahiana anie agnao, ry Davida zanako! Hanao raha lihibe tokoa agnao de hoambinina amizay." Ko nandeha tamin'ny lalany i Davida, de nipody tagny amin'ny toerany i Saoly.

Chapter 27

¹ Nitarogna tao ampony i Davida hoe: "Ho matiny tagnan'i Saoly aho ndraikandro agny; tsa misy soa ho anahy hafatsy ny mandeha agny amin'ny tanin'ny Filistina; tsa hitadia anahy erany faritani'ny israely aby koa i Saoly; amizay lalagna zay ro hilifako hiala amin'ny tagnany." ² Nitsangagna i Davida de nandeha, i sy ny lihilahy eninjato ze niaraka taminazy, handeha agny amin'i Akisy zanak'i Moaka, panjakan'i Gata. ³ Nitoatsa niaraka tamin'i Akisy tao Gata i Davida, i sy ny lihilahiny, ny lihilahy tsiraidraika miaraka amin'ny akohonany aby, de i Davida miaraka amin'ny vadiny roa, ahinaoma Jezirelita sy Abigaila Karmelita, vadin'i Nabala. ⁴ Nolzaina tamin'i Saoly fa nilefa agny Gta i Davida, ko tsa nitadia anazy ko i. ⁵ Zao ro nataon'i Davida tami'i Akisy: "lehe nahita fitia teo imasonao aho, aoka reo hagnome toerana ao amin'ny tanàna raika eo amin'ny firenena ho anahy, ko hahafahako mitoatsa agny fa nahoana ny panoponao ro hiar-hitoatsa ao atanànanan'ny panjaka miaraka aminao?" ⁶ De namen'i Akisy anazy andronio Ziklaga; zay ro antony niavian'i Ziklaga handeha agny amin'i Panjakan'i Joda nanomboka tamizay andro zay ndrindra. ⁷ Heritaogna feno sy efabolagna ro isan'ny andro ze nitoeran'i Davida tagny amin'ny tanin'i Filistina. ⁸ De toerana karazany betsakaka ro notafihin'i Davida sy ny lihilahiny, nanao fanafihana tagny Gesorita, Gizrita, de Amalekita; satria reo firenena reo de ponina tao amin'ny tany, lehe handeha agny sora, ko zizika amin'ny tany Egipta agnao. Efa nitoatsa tagny reo taloha. ⁹ Nanafika ny tany Davida ko tsa nisy navelany na ny lihilahy na ny apela; noferiny ny ondry, ny omby, ny apondra, ny rameva, de ny fitafiana; de nipody handeha agny amin'i Akisy ndraika i. ¹⁰ De zao ro nataon'i Akisy hoe: "Ia ro notafihinareo androany? De namaly i Davida hoe: "Ny atsimon'i Joda, " na " Ny atsimon'i Karmelita, " na " Ny atsimon'i Kenita." ¹¹ De tsa nisy navelan'i Davida ho velogna mba ho ferina agny Gata na lihilahy na apela, fa zao ro nataon-dreo hoe: "Mba tsa hafahan-dreo mitarogna hoe: "Manao anizao sy zao i Davida. " Izay ro nataonay nadritsa ny fotoagna aby nitoeranay tagnya amin'ny firenen'i Filistina. ¹² Nino an'i Davida i Akisy ko nanao hoe: "Efa nataonay ze hakahalan'ny Israely vahoakany anazy tanteraka; noho izay de ho panopoko mandrakizay i."

Chapter 28

¹ De tamin'io andro io ny Filistina de napivondrognan'ny tafiny hiady amin'ny Israely. Zao ro nataon'i Akisy tamin'i Davida: "Fataro soa fa hienga hiaraka aminahy handeha agny aminy toby, agnao sy ny lihilahinao." ² Zao ro nataon'i Davida tamin'i Akisy: "Ho fatatsao ze afaka hataon'ny panoponao." Zao ro nataon'i Akisy tamin'i Davida hoe: " Ko hataoko piambigna anahy rekitsa agnao." ³ De maty i Samoela, de ny Israely aby nisaogna anazy ko nandevigna anazy tao Rama, tao amin'ny tagnany. Nofongoran'i Saoly tsa ho eo amin'ny tany hiany koa ze niresak tamin'ny maty na tamin'ny fagnahy. ⁴ De nivondrognan'ny niaraka ny Filistina de avy sy nitoby tao Sonema; de Saoly napivondrognan'ny Israely aby, ko nitoby tao Gilboa reo. ⁵ Sy efa nahita ny tafiky ny Filistina i Saoly, de natahotsa i, de nihorohoro mafy ny fony. ⁶ Nitalaho fagnapena tamin'i Yaveh i Saoly, kanefa tsa namaly anazy i Yaveh—na tamin'ny nofy, na tamin'i Orima, na tamin'ny paminany. ⁷ De zao ro nataon'i Saoly tamin'i panompony: "zao ro nataon'i Saoly tamin'ny panompony: "Itadiavo apela miresaka amin'ny maty aho, mba hafahako mandeha agny amin'ny mitadia hevitsa aminazy." Zao ro nataony tamin'ny panompony taminazy: "Io, misy apela agny Andora ze mitarogna fa miresaka amin'ny maty." ⁸ Nagnova endrika i Saoly, nanao akanjo hafa, de nadeha, sy ny lihilahy roa niaraka taminazy; nandeha amin'ny apela reo ny aligna. Zao ro nataony: "Mitalaho aminao aho, manaova fiantsoana ny maty ho anahy, miaraka amin'ny fagnahy, de fero miaraka amin'ny fagnahy, sady fero miakatsa ze agnarana tarognoko anao." ⁹ Zao ro nataon'ny apela taminazy: "Io, fatatsao ze nataon'i Saoly, ze namorognany ze miresaka aminy maty na min'ny fagnahy tsa ho eo amin'ny tany. Ko nahoana agnao ro mametraka fandrika ho an'ny aiko, mba hahafaty anahy?" ¹⁰ Nianiagna taminazy tamin'ny alalan'i Yaveh i Saoly ko nanao hoe: "Lehe vona velogna koa i Yaveh, de tsa hisy fagnasaziana hiantra aminao noho izao raha zao." ¹¹ De zao ro nataon'ny apela: "Ia ro tokony ho feriko miakatsa eto aminao?" Zao ro nataon'i Saoly: "Fero miakatsa ho anahy i Samoela." ¹² Lehe nahita an'i Samoela ny apela, de nitabataba mafy i de niresaka tamin'i Saoly nanao hoe: "Nahoana agnao ro namitaka anahy? Fa Saoly agnao." ¹³ Zao ro nataon'ny panjaka taminazy: "Aza matahotsa. Ina ro hitanao?" Zao ro nataon'i apela tamin'i Saoly: "Mahita andriamagnitsa miakatsa avy ao amin'ny tany aho." Zao ro nataony taminazy: "Tahaka ny akory ny endriny?" ¹⁴ Zao ro nataony: "Lihilahy antitsa ro avy niakatsa; manao akanjo lava i." Fantats'i Saoly fa i Samoela zay, ko napiakohoka ny tavany tamin'ny tany i sady naneho fagnajana. ¹⁵ Zao ro nataon'i samoela tamin'i Saoly: "Nahoana agnao ro nagnakorotagna anahy ko nitondra anahy niakatsa?" Saoly namaly hoe: " ory loatsa aho, satria ny Filistina de mila ady hanohitsa anahy, de Andriamagnitsa nandao anahy de tsa namaly anahy koa, na tamin'ny paminany na tamin'ny nofy. Noho izay de nangaika anao aho, mba hafahanao mapahafantatsa anahy ze tokony hataoko." ¹⁶ Zao ro nataon'i Samoela: "Ina ary ro agnotanianao anahy, satria nandao anao yaveh, de nanjary fahavalonao i?" ¹⁷ Nataon'i Yaveh taminao ze efa nolazainy hataony. Efa nagnatsoaka ny fanjakana tsa ho eo atagnanao i sady nagnome anizay ho an'olo-kafa ho an'i Davida. ¹⁸ Satria agnao tsa nagneky ny feon'i Yaveh sady tsa nitondra ny firihetan'ny fahasiahany tamin'ny Amalekita, de nataony taminao zay androany. ¹⁹ Akoats'izay, i Yaveh de hanolotsa anao sy ny Israely ho eo atagnan'ny Filistina. Sy apitso

agnao sy ny zanakao lahy de hiaraka aminahy. Hatolots'i Yaveh ho eo atagnany Filistina hiany koa ny tafik'Israely." ²⁰ Avy hatragny de nigietraka niapatsa tamin'ny tany i Samoela de nataohatsa i noho ny tarogn'i Samoela. Tsa nisy hery tao agnatiny, satria tsa nihina-kanina i nandritsy ny andro tontolo, na tao amin'ny aligna totolo. ²¹ Nandeha teo amin'ny Saoly ny apela de nahita fa tena nikorotatsainai, Zao ro nataony taminazy: "Io, ny panopovavinao efa nihieno ny feonao; efa napetrako teo apelatagnako ny aiko sady efa napetrako teo apelatagnako ny aiko sady efa nihieno ny tarognoa ze nambaranao taminahy. ²² Ko androany, miangavy aminao aho, henò hiany koa ny feon'ny panompo vavinao, sady avilao aho hametraka ny hanina kely eo alohanao. Mihinana mba hazahoanao hery sy efa handeha amin'ny lalanao agnao." ²³ Fa i Saoly tsa nagneky sady nitarogna hoe: "tsa hihinana aho." Fa reo ny panompony, ko de nihieno ny feon-dreo i. Ko nitsangagna hateo amin'ny tany i de nitoatsa teo amin'ny fandrena. ²⁴ Nanagna zanak'òmby mifahy tao an-dragnony rakialavavy; nandeha malaky i de anizay; nangalaka koba i, nafangarony anizay, de nagnendy ny mofo tsa misy lalivay niaraka tamizay. ²⁵ Noferiny teo alohan'i Saoly sy ny panopony zay, de nihinana reo. De nitsangagna reo ko nandeha ny alin'igny.

Chapter 29

¹ De namory ny tafiny aby tao Afeka ny Filistina; ² nitoby teo agnilan'ny loharano ze tagny Jezirela ny Israelita. Ro zarain'ny andrian'ny Filistina an-jatony sy anarivony ny miaramila; Davida sy ny olony nandeha avy teo amin'ny piambigna ny vodilalagna niaraka tamin'i Akisy. ³ De zao ro nataon'i Andrian'ny Filistina: "Ina ro ataon'ny Hebreo reo aty?" Zao ro nataon'i Akisy tamin'ny andrian'ny Filistina hafa: "Fa tsa i Davida ve io, ny panopon'i Saoly, panajakan'Israely, ze efa niaraka taminahy tamin'nigny andro igny, na tamin'igny andro igny akory aza, de tsa nahita fahadisoana taminazy aho hatramizay niarahany taminahy zizika androany?" ⁴ Nefa ny andrian'ny Filistina de nasiaka taminazy; zao ro nataon-dreo taminazy: "Alifaso mandeha agny zay lihilahy zay, aoka i hipody agny amin'ny toerany ze nomenao anazy; aza avela mandeha miaraka amitsika handeha agny amin'ady i, mba hanjary fahavalotsika amin'ady i. fa nahoana ro nafahan'io namana io hihavana amin'ny topony? Nga ve tsa amin'ny alalan'ny lohan'ny olotsika?" ⁵ Nga ve tsa io i Davida ny napihiran-dreo tamim-pandihizana, nanao hoe: 'nahafaty agnarivony i Saoly de i Davida nahafaty agnaliny?' ⁶ DE i Akisy nangaika an'i Davida ko nanao taminazy hoe: "Lehe vona velogna koa i Yaveh, de soa agnao, sady sitrako ny miara-mienga aminao ao amin'ny tafika; fa tsa vona nahita fahadisoana taminao aho hatramin'ny andro niavianao taty aminahy ko zizika androany. Neko de zay aza, de tsa akasitrahany andriana agnao. ⁷ Ko androany mipodiana de mandihiana apiadagnana, mba tsa hapasiaka ny andrian'ny Filistina agnao" ⁸ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Akisy: "Fa ina ro nataoko? Ina ro hitanao tamin'ny panoponao hatramizay naha teo agnatrehanao anahy zizika androany, ro de tsa afaka mandeha miady hanohitsa ny fahavalon'ny topoko panjaka aho?" ⁹ Namaly i Akisy ko nanao tamin'i Davida hoe: "Fantako fa tsa manatsigny tahaka ny anjelin'Andriamagnitsa eo imasoko agnao; neko de zay aza, ny andrian'ny Filistina nanao hoe: 'Tsa mahazo miakatsa miaraka amitsika handeha agny amin'ady i.' ¹⁰ Ko androany mifohaza maraim-be miaraka amin'ny panopony toponao ze avy niaraka taminao; vatany vo mifoha agnao ny maraim-be de mazava ny andro, de mandihiana. " ¹¹ De i Davida nifoha maraim-be, i sy ny olony, mba hiala maraina, mba hipody agny amin'ny tanin'ny Filistina. Nefa ny filistina niakatsa tagny Jezirela.

Chapter 30

¹ De sy efa avy tagny Ziklaga i Davida sy ny olony tamin'ny andro fahatelo, de nanafika teo amin'ny Negeva sy teo amin'i Zikklaga ny amalekita. Nanafika an'i Ziklaga reo, sady nandoro anizay, ² sady nisambotsa ny apela sy ny klonga aby ze tao amizay, na kely na lihibe. Tsa namono na ia na ia reo, fa nitondra an-dreo sady nandeha tamin'ny lalany. ³ Sy efa nandeha tagny amin'ny tanàna i Davida sy ny olony, de efa may zay, de ny vadiny, sy ny zanany lahy, sy ny zanany vavy de nalaina ho babo. ⁴ Sy avy eo de napiakapeo i Davida sy ny ona niaraka taminazy sady nitomagny mandrapaha laniny hery tao agnatiny tao ko tsa nahatomagny koa. ⁵ Voababo ny vadin'i Davida roa, Ahinoama Jezeralita, de i Abigaila vadin'i Nabala Karmelita. ⁶ Nijaly tateraka i Davida, satria niresaka ny momba ny hitoraham-bato anazy ny vahoaka, satria mangidy arapagnahy ny vahoaka aby, ny ona tsiraidraika nohon'ny zanany lahy sy ny zanany vavy; fa Davida nagnatanjaka ny tegnany tamin'i Yaveh, Andriamagniny. ⁷ Zao ro nataon'i Davida tamin'i Abiatara zanak'i Ahimeleka, ny pisorogna: "Miangavy aminao aho, fero aty amionahy ny efoda." de noferin'i Abiatara teo amin'i Davida ny efoda. ⁸ Nangataka torolalagna tamin'i Yaveh i Davidan nanao hoe: "Lehe mandoodotsa anio antokoio aho, hoazako ve reo?" De i Yaveh namaly anazy: "Tòzoro, fa azoko antoka fa hoazanao tokoa reo, sady azoko antoka fa hamerigna ny raha aby agnao." ⁹ De nandeha i Davida, i sy ny eninjato lahy ze niaraka taminazy; de niaraka taminazy; de avy tagny amin'ny reniranon'i Besora reo, ze niagnenan'ny ze tavela tagny afara. ¹⁰ Fa tratsany fagninrehana an'i Davida, reo sy ny efajato lahy; fa ny eninjato niegnina tagny afara, ze tena osa ko tsa afaka ny handeha eo amin'ny lohasahan-driakan'i Besora. ¹¹ Nahita Egyptiana raika tegny atanimboly reo sady nitondra anazy tagny amin'i Davida; namen-dreo mofo i, de nihinana; namen-dreo rano hosotroana i; ¹² de namen-dreo apahana mofomamin'aviavy sy sapam-boaoboka roa i. Sy efa nihinana i, de nahazo hery ndraika, satria tsa nihinana mofo na nisotro rano mandritsy ny telo andro sy telo aligna i. ¹³ Zao ro nataon'i Davida taminazy: "Ania moa agnao? Hataia agnao?" De zao ro nataony hoe: "Tovolahin'i Egipta aho, mpanopona Amalekita raika; namela anahy ny topoko satria narary aho telo andro zay. ¹⁴ Nanafika an'i Negevan'i Keretita agnay, sy ze an'i Joda, de negevan'i Kaleba, de nodoroany i Ziklaga." ¹⁵ Zao ro nataon'i Davida taminazy: "Hitondra anahy mandeha

agny amin'ny atoko panafika ve agnao?" Zao ro nataon'i Egyptiana: "Mianiàna aminahy amin'Andriamagnitsa mba tsa hamonoana anahy na hamadihanao anahy eo apelatagnana'ny topoko, de hitondra anao hidigna amizay atoko panafika zay aho." ¹⁶ Sy efa nitondra an'i Davida nidigna ny Egyptiana, de niparitaka teo amin'ny tany aby ny panafika, nihinana sy nisotro sady nandihy nohony babo aby ze nolazain-dreo tamin'ny tanin'i Joda. ¹⁷ Nanafika an-dreo i Davida nanomboka ny harivan'ny andro magnaraka. tsa nisy nako ona raika aza tafalefa hafatsy ny tovolahy efajato, ze nitengigna rameva ko nilefa. ¹⁸ De tafapodin'i Davida ze aby nalain'i Amalekita; de voaavots'i Davida ny vadiny roa. ¹⁹ Tsa nisy raha tsa ampy, na kely na lihibe, na ny zanany lahy na ny zanany vavy, ny ny babo, na reo aby ze nobaboan'ny panafika ho an-dreo. Napodin'i Davida ny raha aby. ²⁰ Nalain'i Davida ny ondry aman'osy aby sy ny omby, ze noferin'olo nialiha ny biby fiompy hafa. Zao ro nataon-dreo hoe: "Ireo ro babon'i Davida." ²¹ Avy tagny amin'ny ona roanjato ze tena osa lehe hagnaraka anazy i Davida, ny zanany ze nataon'ny hafa niegnina tagny amin'ny reniranon'i Besora. Ny lihilahy de nadroso mba hihaogana amin'ny Davida sy ny vahoaka niaraka taminazy. Sy efa avy teo amin'ny ona reo i Davida, de niarahaba an-dreo i. ²² De ny ona ratsy fagnahy sy ny namana tsa misy ilàna anazy teo ami'ze efa nandeha niaraka tamin'i Davida nilaza hoe: "Satria tsa niaraka tramitsika reo lihilahy reo, de tsa hagnome an-dreo babo ze efa hazatsika tsika. Letsy hoe afaka mangalaka ny vadiny sy ny zanany reo lihilahy tsiraidraika, ko mitarika an-dreo, de mandeha." ²³ De zao ro nataon'i Davida: "Tsa tokony hanao anizay, amize efa nomen'i Davida atsika, agnareo ry rahalahiko. Efa narovany tsika sady efa natolony teo atagnatsika ny panafika ze avy nanohitsa atsika." ²⁴ Ia ro hieno anao amizay tranga zay? Fa ny fizarana de ho an'izay mandeha agn'ady, sy ho an'ny ona ze miandry ny entagna koa; fa hizara mitovy reo." ²⁵ De tahaka anizay ny tamizay andro zay ko hatramizao, satria nataon'i Davida ho didy sy lalàna ho an'Israely zay. ²⁶ Sy efa avy tagny Ziklaga i Davida, de nandefa ny sasany tamin'ny babo ho an'ny loholon'i Joda, ho an'ny namany i, nanao hoe: "Io, itito misy fagnomezana ho anao avy hatamin'ny babo hatamin'ny fahavalon'i Yaveh." ²⁷ Nandefa ny sasany tagny amin'ny loholona ze agny Betela hiany koa i, de ho an'ny ze tagny Ramotan'ny atsimo, ²⁸ sy ho anireo ze agny Jatira, de ho anireo ze agny Aroera, sy ho anireo ze agny Sifmota, de ho an'ny ze agny Estemoa. ²⁹ Nandefa ny sasany tagny amin'ny loholona ze agny Rakala, sy reo ze agny amin'ny tanànan'i Jeremelita, de reo ze agny amin'ny tanànan'i Kenita, ³⁰ de ho anireo ze agny Horma, sy reo Korsana, de ho anireo z agny ataka, ³¹ sy ze agny Hebrona, de amin'ny toerana aby ze nandihianan'i Davida sy ny olony matetika i.

Chapter 31

¹ De ny filistina niady nanohitsa an'Israely. De ny lihilahin'Israely nilefa teo alohan'i Filitsina de maty teo amin'ny Tendrombohits'i Gilboa. ² Ny Filistina nandodotsa mariny an'i Saoly sy ny zanany lahy. Novonoan'ny Filistina i Jonatana, Abinadaba, de i Malkisoa, zanany lahy. ³ Niha-henjagna teo amin'i Saoly ny ady, de n pandefa zanatsipika nahavao anazy. Tao agnatiny fanaitaigana mafy i tratsan'ny amin-dreo. ⁴ De zao ro nataon'i pitondra ny fiadiany: "Avoaho ny sabatsao de trobaho amizay aho. Lehe tsa izay, ny tsa voafora reo ro ho avy ko hagnararaotsa anahy." Fa tsa nanao anizay ny pitondra ny fiadiany, satria natahatsa mafy i. Ko nalain'i Saoly ny Sabany de nigietraka tambonin'izay i. ⁵ Sy efa hitany pitondra ny fiadiana zay fa maty i Saoly, de nigietraka tamboniny sabany tahaka anizay hiany koa i ko maty niaraka taminazy. ⁶ Ko de maty i Saoly, sy ny zanany telo lahy, de ny pitondra ny fiadiany --reo lihilahy reo de niara-maty tamin'igny andro igny hiany. ⁷ Sy efa hitan'ny Lihilahy i Israely ze tegny apitan'ny lohasaha, sy reo ze tegny andafin'i Jordana, fa nilefa ny lihilahin'Israely, de maty i Saoly sy ny zanany lahy, de namela ny tanànanany de nilefa reo, de avy ny Filistina de nitoatsa teo amin-dreo. ⁸ De ny apitson'igny, sy efa avy hagnala ny faty ny Filistinaro nahita ny an'i Saoly sy ny zanany telo lahy maty teo amin'ny tendrombohitsa Gilboa. ⁹ Notpahan-dreo ny lohany sady nindahiny ny fiadiany, de nandefa ny pitondra hafatsa manerana ny tanin'i Filistina mba hitondra ny vaovao agny amin'ny tempolin-tsampin-dreo sy agny amin'ny vahoaka reo. ¹⁰ Natoatsan-dreo tao amin'ny Tempolin'i Astarta ny fiadiany, de ny vatany narohiny teo amin'ny mandan'ny tanànan'i Beti-sana. ¹¹ Sy efa nandre anizay nataon'ny Filistina tamin'i Saoly ny ponon'i Jabesy Gileada, ¹² de nitsangagna ny lihilahy piady aby de nadeha ny alinigna igny ko nangalaka ny fatin'i Saoly sy ny fatin'ny zanany lahy teo amin'i mandan'i Beta-sana. Nandeha tagny Jabesa reo de nodoroany teo reo. ¹³ Sady nalain-dreo ny tolagan-dreo ko naleviny tambanin'ny hazo tamariska tao Jabesy, de nifady hanina nandritsy ny fito andro reo.

Psalms

Chapter 1

¹ Tretrika ny ona ze tsa magnorika ny torohevitsy ny ratsy fagnahy, na mijoro miaraka amin'ny mpanota, na mitoatsa eo amin'ny mpagneso. ² Fa ao amin'ny Yaveh ro sitrany, eko amin'ny lalany i ro misaitsaigana andro sy aligna. ³ Ho salany hazo nambolena tamin'ny riakin'ny rano ze mamokatsa reo voany amin'ny vanim-potoany, ze tsa malazo ravigna i, ze hataony de ambinina aby. ⁴ reo ratsy fagnahy de tsa zey, feny salan'ny akofa zey ferin'ny rivotsa. ⁵ Ko tsa hitsangagna ho ao amin'ny fitsarana reo ratsy fagnahy, na reo mpanota ho ao amin'ny vondron'ireo marina. ⁶ Fa Yaveh de magneky ny lalan'ireo marina, fa ny lalan'ireo ratsy fagnahy dee ho levogna.

Chapter 2

¹ Nahoana ny firenena ro ao agnaty korotagna,eko nahoana ny ona ro manao teti-dratsy zey tsa hahomby? ² Miara-mitsangagna reo mpanjakan'ny tany eko miara-mioko manohitsa an'i Yaveh sy ny Mesiany reo mpanampaka, manao hoe:" ³ Oka tsika hamiravira reo rojo vy ze apetrany eto amitsika eko hanoraka reo rojon- dreo." ⁴ I zey mitoatsa agny andagnitsa himehy andreo; haneso andreo ny Tompo. ⁵ De hitarogna amidreo amin'ny fahasiahany i eko hagnorohoro andreo fahavignirany, manao hoa: ⁶ Iahop tegnako ro manendry ny mpanjakako ao ziona, tendrombohitsa masina." ⁷ Hitarogna lalan'i Yaveh raika iaho. Hoy I taminahy: "Zanako agnao! Amin'ty andro ty de rainao Iaho." ⁸ Mangataha aminahy, de homeko anao ho lovanao reo firenena eko ho fanagnanao reo faritsa lavitsa ndrindra. ⁹ Ho toroanao amin'ny tehim-by, salan'ny siny reo,hamotipotika anireo agnao." koa ankehitriny, ry mpanjaka, mitandrema;mahintsia; ry mpanapaka ny tany.Midera an'i yaveh amin-tahotsa eko mifalia amin'ny fangovitana. ¹² Orohy ny zanaka nge hasiaka aminao i, ko ho maty amin'ny lalan'ny frihetan'ny fahasiahany mandritsa ny fotoagna fohy agnao.Tretrika reo ze mitadia fialofana Aminazy.

Chapter 3

¹ Salamo nataon'ny Davida, sy nilefa an' i Absaloma zanany i.Ry Yaveh,firy reo fahavaloko! Be ro mitsangagna nanohitsa anahy. ² Be ro mitarogna momba anahy hoe:"Tsa misy fagnampiana ho anazy hatamin'Andriamagnitsa. ³ Fa Agnao, ry Yaveh, de fiarovana magnodidigna anahy voninahitso mampitraka ny lohako. ⁴ Aho magnandra-peo amin' Yahveh, ary mamaly anahy amin'ny havoagnany masina I. ⁵ Nandry aho ka natory; nifoha aho, satria Yaveh miaro anahy. ⁶ Tsa hatahotsa ny haben'ona aho mampanohitsa ny tegnan'ireo aminahy amin'ny lafiny abiaby. ⁷ Mitsangana ry Yaveh! Vonjeo aho, ry Andriamagnitsa o! Fa hamely ireo fahavalo aby amin'ny valagnorano Agnao; hamotika ny nidindreo ratsy fagnahy Agnao. ⁸ Avy amin' Yaveh ny famonjena. Ho amin'ona anie ny fitahiana.

Chapter 4

¹ v 1 ho an'ny mpiventy hira; amin'ny lokanga. Salamo nataon'i Davida.Valio aho sy mangaika, ry Andriamagnisin'ny fahamarignako; omeo efi-tragno sy trotraka an-katirena.Mamindra fo aminahy eko tainò ny fivavako. ² Raona, mandrapahoviana agnareo ro hagnova ny voninahitso ho fahafaha-baraka? Mandra-pahoviana agnareo ro ho tea raha foagna sy mitadia vandy?Sela. ³ Fa fataro fa Yaveh magnavaka ny masina hoan'ny tegnany. Handre Yaveh lehe mangaika Anazy iaho. ⁴ Mangovita amin-tahotsa, f'aza manota! dinidiniho ao am-ponareo eo am-pandrena eko aoka hangina.Sela ⁵ Atoloro reo soran'ny fahamarignana eko apitraho amin'i Yaveh ny fahatokiana. ⁶ Be ro mitarogna hoe:"Ia ro mba hagnatoro raha soa? Yaveh ô. Atsangano aminay ny fahazavan'ny tarehinao. ⁷ Agnao ro efa nagnome ny foko hafaleana mihoatsa nohon'ny an'ny hafa aby mitobaka ny varin-dreo sy ny divainy vaovao. ⁸ Ampiadagnana ro handreko sy hatoriako satria agnao rery, Yaveh, ro mahatonga anahy hitoatsa tsa managna ahiahy.

Chapter 5

¹ Ho an'ny mpiventy hira; miaraka amin'ny raha magneno tsofina. Salamo nataon'i Davida. Taino ny kaikako Aminao, ra Yaveh; hivero reo fitaraignako. ² Taino ny kaikako, ra Mpanjaka sy Andriamagnotso, fa Aminao aho ro mivavaka. ³ Yaveh o, mandre ny taraignako Agnao amin'ny maraigna, mitondra ny fiangaviako aminao iaho amin'ny maraigna ary miandry magnategna. ⁴ Andriamagnitsa tsa makato nraha ratsy Agnao, tsa mba ho vahininao reo ona ratsy. ⁵ Ny mpiavognavogna de tsa hitsangagna eo amin'ny fagnatrehanao; tsa tea an'ze managna fitondran-tegna ratsy Agnao. ⁶ Hamotika reo mpivandy Agnao; Yaveh de tsa tea ny ona maditsa sy mpamitaka. ⁷ Fa lehe ny aminahy, nohon'ny halehiben'ny fagnikenao mahatoky, de ho avy ao an-dragonao Aho; amim-pagnajana ro hiankohofako magnandreha ny tempolinao masina. ⁸ Tompoko ,tariho amin'ny fahamarignanao noho reo fahavaloko ; apahitsio eo agnatrehako ny lalanao. ⁹ Fa tsa misy fahamarignana ny eo am-bavan'reo ;ratsy ny agnatiny ratsy, fasagna mivoha ny tendan-dreo; malemy amin'ny lelany reo. ¹⁰ Lazao ho meloka reo, Andriamagnitsa o; oka ho fienjehany ze teti-dratsy ataon-dreo! Ampiangao reo noho ny fandikan-dalan'ny maro,satria nanohitsa Anao. ¹¹ F'aoka hifaly aby ze mialoka Aminao; aoka reo hikiaka am-pifaleana hiany satria Agnao ro miaro an-dreo; Aoka hiravoravo aminao reo , de reo ze tea ny Agnaranao. ¹² Hitahy ny marina Agnao, Yaveh; fankasitrahana ro ataonao magnodidigna an-dreo sahalamin'ny ampinga lihibe.

Chapter 6

¹ Ho an'ny mpiventy hira; amin'ny lokanga, natao tamin'ny fomban'ny Al-shashemith. Salamo nataon'i Davida. Yaveh, azamasiaka anahy amin'ny fahasiahanao na magnafay anahy amin'ny fahavigniranao. ² Mamindra fo aminahy, Yaveh, fa osa aho; sitragno aho, Yaveh, fa mangovitsa ny taolako. ³ Tena ory hiany koa ny fagnahiko. Feny Agnao, Yaveh o, mandrapahoviana ro hitohizsan'zay? ⁴ Mipodiana, Yaveh o! vonjeo aho. Vonjeo nohon'ny famindram-ponao! ⁵ Fa tsa misy fahatsiarovana Anao agny amin'ny fahafatesana. Ia hisaotsa Anao agny amin'ny fiainan-tsa hita? ⁶ Rokaka ny misento aho. Kotsan-dranomaso ny fandriako isak'aligna; manasa ny fandriako amin'ny ranomasoko iaho. ⁷ Lanin'alahelo ny masoko; avy de tsa manan-kery reo nohon'ny ataon' reo fahavaloko aby reo. ⁸ Mialà aminahy, agnareo aby mpanao ratsy

;fa Yaveh efa nahare ny ny feon'ny fitomagniaiko. ⁹ Efa nahare ny kaikako ho amin'ny famindram-po i Yaveh; Efa nandray ny vavakako i Yaveh. ¹⁰ Ho megnatsa sy hikorotagna tanteraka aby manotolo ny fahavaloko.

Chapter 7

¹ Mozika norognin'i Davida, zey nohirainy ho an'i Yaveh mahakasika reo taron'i Kosa lay Benjamita. Yaveh Andriamagnitsa o, mialoka Aminao aho! Afaho amireo ze magnenjika anahy iaho, ery vonjeo. ² Lehe tsa zay, hoviravirain-dreo sahalamin'ny liona aho, triariny tsa misy ona afaka hitondra fiarovana ho anahy. ³ Yaveh Andriamagnitsa o, tsa vona nanao ze dinazan'ny fahavaloko ho nataoko mihintsy iaho; tsa misy tsa fahamarinana eo amin'ny tagnako. ⁴ Tsa vona nanao ratsy tamin'ia n'ia soa taminahy fihavanana taminahy iaho, na nagnisy ratsy ze nanohitsa anahy amin'ny tsa misy antony. ⁵ Lehe tsa milaza iaho de oka ny fahavaloko handoditsa ny aiko ery hanambotsa an'zay; oka i handia ny vatako vona velogna amin'ny tany eko hapandry ny voninahitsa amin'ny vovoka. Sela ⁶ Mitsangana, Yaveh, amin'ny fahasiahanao; mitsangana alohan'ny fahasosoran'reo fahavaloko; mifohaza hagnampy anahy sy hagnatanteraka ny didy marina ze efa nandidiana ho an-dreo. ⁷ Mibotry magnodidigna anao reo firenena; alao ndraika ny toeranao marina eo amin-dreo. ⁸ Yaveh, tsarao reo firenena; hamarino aho, Yaveh, satria marina sy tsa manan-tsigny aho, ry Avo indrindra. ⁹ Oka hifaragna ny asa ratsin'ny ratsy fagnahy. Fa apitraho reo ona marina, RY Andriamagnitsa marina, ze mandinika ny fo sy ny eritseritsa. ¹⁰ Hatamin'Andriamagnitsa ny ampingako, ny tokagna ze namonjy ny mahintsy am-po. ¹¹ Mpitsara marina Andriamagnitsa, de ly Andriamagnitsa masiaka isan'andro. ¹² Lehe tsa mibebaka ny ona raika, handragnitsa ny sabany Andriamagnitsa ery hagnomagna ny tsaip[i]kany ho amin'ny ady. ¹³ Magnomagna ny fampiasana reo fiataovam-piadiana hanoharana anazy I; ataonay meledaleda reo zana-tsipikany voalambolambo. ¹⁴ Saigno ny momban'ny betrokany faharatsiana, ze manao tetika handravana, ze miteraka lenga hampidi-doza. ¹⁵ Mandavaka fatsakana i ery magnalalaka an'zay ery trotraka ao amin'ny lavaka ze nataony i. ¹⁶ Mipody ao an-dohany hiany reo fikasany hanimba, satria ny herisetrany de mikororoka ao an-dohany hiany. Hisaotsa an'i Yaveh noho ny fahamarinany iaho; hihira fiderana ho an'i Yaveh Avo indrindra aho.

Chapter 8

¹ Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'i Al-hagitith. Salamo nataon'i Davida. Yaveh Andriamagnitsay, endriaho ny hasoan'ny agnaranao eo amin'ny tany aby manotolo, Agnao ze manoro ny voninahitsa egnny amin'ny lagnitsa ambony. ² Hatamin'ny vavan'ny anazaza sy ny kilonga ro efa namorognanao fiderana noho ny amin'reo fahavalonao, mba hampingina ny fahavalo sy ny mpamaly faty ³ Lehe miandrindra ny lagnitsa iaho, zey nataon'ny ratsan-tagnanao, ny volagna sy reo kitagna, ze natoatsanao tamin'ny toerany, ⁴ ina moa ny ona ro ahatsiarovanao anazy, na nyn olombelogna ro hirarahiana ho an-dreo? ⁵ Nefa nataonao ambany kely noho ny raha managn'aigina eka agny an-dagnitsa reo eko nampisatrohanao voninahitsa sy haja. ⁶ Ataonao mpanapaka eo amin'ny asa-tagnanao i; nataonao eo ambany tongony ny raha aby: ⁷ ny ondry aman'osy sy ny omby, eko zay biby aby amin'ny saha, ⁸ reo vorgna egnny amin'ny habakabaka, sy reo trondro agny an-dranomasina, ny raha aby ze mandalo eo amin'ny lalan-dranomasina. Yaveh Tomponay, endriaho ny hasoan'ny agnaranao eo amin'ny tany aby!

Chapter 9

¹ Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'ny Almoth-laben. Salamo nataon'i Davida. Hisaotsa an'i Yaveh amin'ny foko manotolo iaho; hagnambara ny asanao mahazendagna aby iaho. ² Hifaly sy handihy ao aminao, hihira fiderana ho an'ny agnaranao iaho, ry Avo indrindra! ³ Sy mihemotsa ny fahavaloko, de ho totoitsa sy ho maty mariny Anao reo. ⁴ Fa efa niaro ny rariny agnao; mitoatsa eo amin'ny seza fiandriagnanao agnao, ry mpitsara marigna! ⁵ Efa nasiaka reo firenena Agnao; efa nandroagna ny ratsy fagnahy Agnao. Efa vinononao mandrakizay doria ny agnarandreo. ⁶ Toa salany faharavana reo fahavalo sy nandringagna ny tananan-dreo Agnao. Nanjavogna ny fahatsiarovandreo an'azy aby. ⁷ Fa mitoatsa mandrakizay Yaveh; Efa nametraka ny seza fiandrianany ho amin'ny fahitsiana I. ⁸ Hitsara ny tany amin'ny fahamarionana I, eko hampihatra ny fitsarana ho an'i firenena amin'ny rariny i. ⁹ Ho fiarovana mahery ihiany koa i Yaveh, ho fiarovana mafy ho amin'ny fotoan-tsarotsa. ¹⁰ Ze mahalala ny agnaranao de matoky Anao, fa Agnao, ry Yaveh, tsa mba mamela ze mitadia Anao. ¹¹ Mihirà fiderana ho an'i Yaveh, i ro manapaka ao Ziona; lazao amireo firenena ny raha vitany. ¹² Fa Andriamagnitsa ze mamaly ny fandatsahan-drà de mahatadidy; tsa magnadigno ny fitaraiugnan'ireo ory I. ¹³ Mamindrà fo aminahy, Yaveh; jireo ny fampijaliany ze tsa te anahy. Agnao zey afaka misitogna anahy ambavahadin'ny fahafatesana. ¹⁴ Endriaho, te hilaza ny fiderana Anao aby iaho. Eo ambavahadin'ny zanaka vavin'i Ziona ro hifaliako amin'ny famonjena! ¹⁵ Niletika tagnatin'ny lavaka nataondreo ny firenena tratsa tao amin'ny harato ze nasitrin-dreo ny tongony. ¹⁶ Nampahafantatsa ny tegnany Yaveh; napihatsa fitsarana I; voafandrika tamin'ny nataony hiany reo ratsy fagnahy. Sela. ¹⁷ Nomen-damosigna ny ratsy fagnahy de nalefa tagny amin'ny fianan-tsy hita, de ny anjaran'ny firenena ze magnadigno an'Andriamagnitsa. ¹⁸ Fa reo misotry de tsa ho adigno mahintsy, ny fagnatignan'ny ory koa de tsa ho very mandrakizay. ¹⁹ Mitsangana, ra Yaveh o, aza avela handresy Anao ny ona; apitraho reo firenena ho tsaraina eo imasonao. ²⁰ Ampitahoro reo, Yaveh; apitraho ho fatatsy ny firenena manotolo fa ona hiany reo. Sela

Chapter 10

¹ Nahoana, Yaveh, ro miegnina egnny lavitsa egnny Agnao? Nahoana ro manitrika ny tegnanao amin'ny fotoan-tsarotsa Agnao? ² Noho ny avognavon-dreo, ny ory de dozoriny'ny ratsy fagnahy; nefa oka aroa ny ratsy fagnahy ho voafandriky ny eritseri-dreo ze nohiverindreo hiany. ³ Fa reo ona ratsy fagnahy de mirehareha ny amin'ny fagniriany laligna; mitahy reo te vola i ery maniratsira an'i Yaveh. ⁴ Nanandratsa ny tavany ny ratsy fagnahy; tsa nitadia an'Andriamagnitsa i. Tsa mieritserotsa ny momba an'Andriamagnitsa mihitsy satria tsa mivakiloha ny momba anazy aby. ⁵ Voaaro amin'ny fotoagna aby i, feny ny didinao marina de avo loatsa ho anazy; mierogna amin'reo fahavalony aby i. ⁶ Mitarogna am-pony i hoe: "Tsa ho lavo mandrakizay iaho; hatamin'ny taranako aby de tsa hahita fahoriana." ⁷ Feno ozogna sy fitaka, tarogna mampidi-doza ny vavany; mandriatsa sy mamotika ny lelany. ⁸ Mpamitaka am-pisitrihana teo agnilan'ny tanàna i. Agny amireo toerana misitrika ro hamonoany ny tsa manan-tsigny; mitadia reo niharam-boigna tsa afa-manoatsa ny masony. ⁹ Misitrika ao amin'ny mangina dekoa liona agnaty kirihitsa i; mahavoasambotsa ny ory i sy misitogna ny haratony. ¹⁰ Reo ze tratsany de tinorotorony ery zinerany; trotraka tagnatin'ny haratony lihibe reo. ¹¹ tarogna anakampony i hoe: "Efa nagnadigno Andriamagnitsa; nanafotsa ny tavany I, tsa hisahiragna hijery koa I." ¹² Mitsangàna, Yaveh o! Asandrato ny tagnanao, Andriamagnitsa o! Aza nagnadigno ny ory. ¹³ Nahoana ro mandà an'Andriamagnitsa ny ona rasty fagnahy ery mitarogna anakampony hoe: "Tsa hitagna anahy ho tompon'andraikitsa ve agnao?" ¹⁴ Efa naharay filazana agnao, fa hitanao hiany reo ze aharan'ny fahoriana sy alahelo. Miankigna aminao reo tsa afa-manoatsa; mpamonjy ny kamboty Agnao. ¹⁵ Tapaho ny sandrin-reo ratsy fagnahy sy ny ona ratsy. Atovy tompon'andraikitsa amin'ny ratsy nataony i, ze nohiveriny tsa ho hitanao. ¹⁶ Mpanjaka mandrakizay Yaveh; drinoaka teo amin'ny taniny reo firenena. ¹⁷ Yaveh, efa nahare ny fitaraignan'reo ory Agnao, mampahery ny fon-dreo Agnao, mihaino ny vavaka ataon-dreo Agnao; ¹⁸ miaro ny kamboty sy ny ory Agnao ko tsa hisy ona ambonin'ny tany hampihorohoro ndraika koa.

Chapter 100 Salamo fanomezam-pisaorana.

¹ Mihobia am-pifaliana an'i Yaveh, agnareo ry tany. ² Manompoa an'i Yaveh ami-piravoravoana; mandehana eo agnatrehany amin'ny fihirana fihobiana. ³ Fantaro fa i Yaveh ro Andriamagnitsa; nanao antsika I, sady Anazy atsika. Vahoakany sady ondrin'ny fihinanam-bilony. ⁴ Midira amin'ny vavahadiny amin'ny fagnomezam-pisaorana ary ao an-kianjany amin'ny dera. Manolara fisaorana ho Anazy ary derao ny agnarany. ⁵ Fa soa Yaveh; maharitsa mandrakizay ny famindram-pony ary miparitaka amin'ny taranany ny fahamarinany.

Chapter 101

¹ Salamo nataon'i Davida. Hira ny fagnekena mahatoky sy fahamarinana aho; ho Anao, Yaveh, hihira fiderana aho. ² Hizotsa amin'ny lala-marina aho. Eh, sy viana ro ho avy eto aminahy eto Agnao? Hizotsa amin'ny fahitsiana aho ao andragno koa. ³ Tsa hagnisy fahadisoana alohan'ny masoko aho; tsa te ny ratsy aho; tsa hifikitsa aminahy mihintsy zey. ⁴ Hiala aminahy ny mpamadika; tsa hankasitraka ny ratsy aho. ⁵ Ho potehiko ze magnendrikendrika mangingigna ny namany. Tsa bhandefitsa ny ona ze managna fihetsika mieboebo sy toe-tsaigna miavognavogna aho. ⁶ Hizaha ny ona mahatoky eo amin'ny tany aho mba hitoatsa eoagnilako. Ze mandeha amin'ny lala-marina ro mahazo manompo anahy. ⁷ Tsa hitoatsa an-dragnoko mihintsy ny ona mpamitaka; tsa hitomoatsa eo alohan'ny masoko ny mpandenga. ⁸ Isamaraina isa-maraigna ro hamotehako ny ratsy fagnahy amin'ny tany; halaiko hatagny amin'ny tanànan'i Yaveh ny mpanao ratsy.

Chapter 102 Ny fivavaky ny ory sy rokaka i ary mandraraka ny fitaraignany alohan'i Yaveh;

¹ Hino ny taraignako Aminao. ² Aza asitrika aminahy ny tavanao amin'ny andro-pahoriako. Hino aho. Lehe mangaika Anao aho, de valeo malaky aroa. ³ fa mandalo salamin'ny setroka ny androko, sady mandoro salamin'ny afo ny taolako. ⁴ Torotoro ny foko, sady salamin'ny ahitsa malazo aho. Tsa tsiaroko aby ny mihinan-kanina. ⁵ Noho ny fisentoako hiany, de niha nahia mihintsy aho. ⁶ Salamin'ny sama agnagn'efitsa; niova salamin'ny vorondolo agn'antanàna haolo. ⁷ Tsa mahita tory sahala ny vorona mandeha rery aho; iaho rery ro ao ambonin-drihagna ao. ⁸ Magnopa anahy aby ny fahavaloko isan'andro zao; ny magnesio anahy mampiasa ny agnarako ho fagnozognana. ⁹ Mihignana lavenona sahala ny mofo ary mampifangaro ny raha fisotro amin'ny ranomaso. ¹⁰ Noho ny haviniran'ny fahatezeranao, no nanandratanao anahy mba handavoana anahy. ¹¹ Salamin'ny aloka malazo ny androko; sady nalazo tahaka ny ahitsa aho. ¹² Nefa, Agnao, ry Yaveh, de velogna mandrakizay, ary ho andreo taranaka aby ny lazanao. ¹³ Hitsangagna Agnao ko hamindra fo amin'i Ziona. Zao ro fotoagna hamindrana fo aminazy; avy ny fotoagna voatondro. ¹⁴ Fa ny mpanomponao mitagna ny vato malalany sady mangoraka ny vovoky ny faharingagnany. ¹⁵ Hagnajay agnaranao ny firenena, Yaveh, sady hanandratsa ny voninahitsao aby ny mpanjakan'ny tany. ¹⁶ Hagnamboatsa an'i Ziona ndraika i Yaveh de hipoitsa ao ny voninahiny. ¹⁷ Amizay fotoagna zay, de hamaly ny fivavaky ny mahantra i; tsa handà ny vavakan-dreo I. ¹⁸ Hosoratana ho an'ny ze taranaka ho avy zay, ary ny ona tsa vona teraka de hidera an'i Yaveh. ¹⁹ Fa efa niondrika nijery hatagny amin'ny toerana avo masina I; hatagny an-dagnitsa Yaveh ro mitsinjo ny tany,

²⁰ mba handre ny fisenton'ny gadra, mba hamototsa ze voaheloka ho maty. ²¹ De hitarogna ny agnaran'i Yaveh agny Ziona

sy agny Jerosalema ny ona ²² sy miara-mivory mba hanompo an'i Yaveh ny vahoaka sy ny fanjakana. ²³ Efa nalainy taminahy teo agnivon'ny fiaignako ny heriko.Nafoheziny ny androko. ²⁴ Hoy aho hoe:" Andriamagnitsa o, aza alaina eo apovoan'ny fiaignako aho; fa eo maneragna ny taranaka aby manotolo Agnao. ²⁵ Nametraka ny tany tamin'ny fitoerany Agnao fahiny; asan'ny tagnanao ny lagnitsa. ²⁶ Ho levogna reo, fa Agnao hitoatsa; hiha-antitsa salan'ny fitafiana aby reo; salan'ny akanjo, ho alaina reo, de hanjavogna. ²⁷ Nefa Agnao tsa miova, sady tsa hanam-piafarana ny taognanao. ²⁸ Ny zanaky ny mpanomponao reo ho velogna, sady ho velogna eo amin'ny fagnatrehanao ny tarana-dreo."

Chapter 103Salamo nataon'i Davida.

¹ Hidera an'i Yaveh aho amin'ny fiaignako manotolo, sy ze ato agnatiko ato, hidera ny agnarany masina. ² Hidera an'i Yaveh amin'ny fiaignako aby aho, sady hahatsiaro reo asany aby. ³ Mamela ny helokao aby I; magnasitragna ny aretinahy aby manotolo I. ⁴ Magnavotsa ny ainao amin'ny faharavana I; manarogna fagnekena mahatoky anao I sady mamindra fo tokoa. ⁵ Manao ze mahafa-po ny fiaignanahy amin'ny zava-tsoa I mba ho vao salan'ny voromahery ndraika koa ny fahatanoranao. ⁶ Manao ze rariny Yaveh sady manao ny asan'ny fahamarinana aby ho an'ny ory. ⁷ Nampahafatariny an'i Mosesy ny lalany, sady tamin'ny taranak'Israely reo asany. ⁸ Mamindra fo sy miantra Yaveh; mahari-po; sady be famindra-po. ⁹ Tsa hagnafay mandrakariva I; sady tsa hasiaka mandrakariva. ¹⁰ Tsa manao atsika araka ze mendrika ny fahotatsika I na mamaly atsika araka ze takian'ny otantsika. ¹¹ Salany hahavon'ny lagnitsa ambonin'ny tany, ro haben'ny famindra-pony amireo ze magnome voninahitsa Anazy. ¹² Salamin'ny halaviran'ny hagnalany ny heloky ny fahotatsika amitsika. ¹³ Salany ray mangoraka ny zanany, ro angorahan'i Yaveh reo ze magnome voninahitsa Anazy. ¹⁴ Fa fantany ny nanaovany antsika; fantany fa vovoka tsika. ¹⁵ Lehe ny amin'ona, de salan'ny ahitsa ny androny; mitsiry salan'ny vonikazo agny antanim-boly i. ¹⁶ Tsofin'ny rivotsa, de manjavogna, sady tsa misy na ia na ia afaka mitarogna hoe taia ro nitsiriany taloha. ¹⁷ Feny ny famindram-pon'i Yaveh de avy amin'ny maharitsa mandrakizay hatamin'ny maharitsa mandrakizay ho an'reo ze magnome voninahitsa Anazy. Mihitatsa agny amin'ny taranan-dreo ny fahamarinany. ¹⁸ Mitandrigna ny fagnikeny sy mahatsiaro ny fankatoavana reo fampianarany reo. ¹⁹ Efa nampitoatsa ny seza fiandrianany agny an-dagnitsa Yaveh, sady manjaka amin'ona aby ny fanjakany ²⁰ Miderà an'i Yaveh, agnareo anjelin'ny, agnareo maheriny ze matanjaka sy manao ze tarogniny, sady mankato ny feon'ny tarogniny. ²¹ Miderà an'i Yaveh aby, ry miaramilany, agnareo mpanompony ze magnatanteraka ny sitra-pony. ²² Miderà an'i Yaveh aby, ra zava-boahariny, agny amin'ny toerana aby ze fanjakany. Hidera an'i Yaveh amin'ny fiaignako aby iaho.

Chapter 104

¹ Hidera an'i Yaveh amin'ny fiainako manotolo iaho, ry Yaveh Andriamagnitso o, mahafinaritsa loatsa Agnao; mitafy famirapiratana sy voninahitsa Agnao. ² Feno fahazavana ho fitafiana Agnao; avelatsao salan'ny lamban-day ny lagnitsa. ³ Mampitoatsa ny andrian'ny efi-tragnonao ambony rahogna Agnao; nataonao ho kalesinao ny rahogna; mandeha amin'ny elatsy ny rivotsa Agnao. ⁴ Ataony ho irany ny rivotsa, ho mpanompony ny lelafo. ⁵ Nampitoatsa ny fanambanin'ny tany I, ko tsa hihozongozogna mihintsy zey. ⁶ Nanarogna ny tany tamin'ny rano salan'ny fitafiana Agno; nanarogna ny tendrombohitsa ny rano. ⁷ Ny fahasihanao ro mampihemotsa ny rano; tamin'ny fagnenon'ny fikitrokotroky ny feonao ro nampilefa andreo. ⁸ Nitsangagna reo tendrombohitsa, eko reo lohasaha niely tagny amin'ny tany ze efa tinendrinao ho anazy. ⁹ Namaritsa sositany ho andreo Agnao mba tsa hihorany; ko de tsa hanarogna ny tany koa reo. ¹⁰ Nampikororoka loharano tegny amireo lohasaha I; mikoriana agnelagnelan'ireo tendrombohitsa ny rian-drano. ¹¹ Mamatsy rano ho an'ny biby agna-tamboho aby reo; de afa- keteheta ny apondradia. ¹² Manambotsa ny akaniny eo amoron-drano reo vorogna. Mihira egny amin'ny ratsa-kazo reo. ¹³ Mandroaka reo tendrombohitsa hatamin'ny fitoeran-dranony agnan-dagnitsa I. Feno vokatsy ny asany ny tany. ¹⁴ Mampitsiry ahitsa ho an'ny biby fiompy sy voly ho an'ny ona ho volena I mba hahafahan' ona mamokatsa hanina amin'ny tany. ¹⁵ Manao divay hampifaliana ny ona I, diloilo mba hampamiratsa ny ainy. ¹⁶ Ireo hazin'Yaveh de voatondraka oram-be; de reo sederan'i Libanona ze nambolenay. ¹⁷ Eo ro agnoregnn'ny vorogna ny akaniny. Ny voronkely manao ny hazo kypreso ho fonegnany. ¹⁸ Ny osidia monigna agny amireo tendrombohitsa avo; eko ny haavon'ny tendrombohitsa ro fialofan'ny hyraka. ¹⁹ Nanendry ny volagna ho mariky ny fotoagna I; fantatsy ny masoandro ny fotoagna hilitehany. ²⁰ Nataonao ny aizin'ny aligna sy mienga ny bibidia agnagn'ala aby. ²¹ Mierogna nho an'ny hazany ny liogna tanora eko mitadia ny haniny hatamin'Andriamagnitsa. ²² Sy mipoka ny masoandro, de misitaka reo ko matory agny an-davany. ²³ Mandritsan'izay fotoagna zay, ny vahoaka mienga ho amin'ny asany sy misasatsa mandra-pahariva. ²⁴ Yaveh o, endrey ny haben'ny karazan'ireo asanao! Nataonao tamim-pahendrena i aby; feno ny asanao ny tany. ²⁵ Ty ny ranomasina, laligna sady midadasika, mihetsiketsika miaraka amireo zava-boahary tsa voatanisa, na kely na lihipe. ²⁶ Mandeha eo y sambo, eko eo koa ny Leviatana, ze nataonao hiregnina an-dranomasina. ²⁷ Reo aby de mijery Anao mba hagnome ny sakafony ara-potoagna. ²⁸ Sy magnome Agnao, de mamory reo; mamelatsa ny tagnanao Agnao, de afa-po reo. ²⁹ Sy manitrika ny tavanao Agnao, de matahotsa reo; sy magnala ny fofonain-dreo Agnao; de maty reo ko hody vovoka. ³⁰ Sy mandefa ny Fagnahinao Agnao, de voahary reo, ko hagnavao ny tany ndraika Agnao. ³¹ Haharitsa mandrakizay anie ny voninahits'i Yaveh, hisitraka ny voahariny anie Yaveh. ³² Miondrika mijery ny tany I, de mihorohoro izy; mikasika reo tendrombohitsa I; de manetroka zey. ³³ Hihira ho an'i Yaveh amin'ny fiaignako manotolo iaho lehe vona velon'aigna madigna. ³⁴ Ho mamy aminy anie ny fisaignako; hifaly amin'i Yaveh iaho. ³⁵ Hanjavogna eto an-

tany anie ny mpanota, eko aoka ho foagna ny ratsy fagnahy. Hidera an'i Yaveh amin'ny fiaignako manotolo iaho. Midera an'i Yaveh.

Chapter 105

¹ Misaora an'i Yaveh, keho ny agnarany; ampahafantaro amin'ireo firenena reo ny asany. ² Mihirà ho Anazy, mihirà fiderana ho Anazy; tarony aby reo asany aby manontolo mahatalanjona. ³ Mireharehava amin'ny agnarany massina; aoka ny fondreo ze mitady an'Yaveh hifaly. ⁴ Mitadiava an'i Yaveh sy ny heriny; tadiavo hatrany hatrany ny fanatrehany. ⁵ tadidio reo raha mahagaga efa mataony, reo fahagagany sy reo lalàny avy ao am-bavany, ⁶ agnareo taranak'i Abrahana mpanompony, agnareo vahoak'i Jakoba, olom-boafidiny. ⁷ I ro Yaveh, Andriamagnitsika. Eo amin'ny tany aby manontolo reo didiny. ⁸ Ataony an-tsaina mandrakizay ny fanekeny, de ny teny ze nididiany ho andreo taranaka an'arivony. ⁹ Mahatsiaro ny fanekena zay nataony tamin'i Abrahama sy ny fianianany tamin'i Isaka I. ¹⁰ Zay ro namafisiny tamin'i Jakoba ho lalàna sy tamin'ny Israely ho fanekena maharitsa mandrakizay. ¹¹ Hoy I: "Homeko anjara lovanareo ny tany Kanana." ¹² Nilaza zay i tamin'ny vana vitsy isa reo, tena vitsy, ro mpivahiny tagnatin'ny tany. ¹³ Nipodopody tamin'ireo firenena sy avy any amin'ny fanjakana ho any amin'ny raika hafa reo. ¹⁴ Tsa namela na ia na ia hampahory andreo I; nandatsa mpanjaka bedebe I noho ny amindreo. ¹⁵ Hoy I hoe: "Aza mikasika reo olom-boahosotso, ary manisany ratsy reo mpaminaniko." ¹⁶ Nikaika mosary ho amin'ny tany I; nanapaka ny famatsiana mofo manontolo I. ¹⁷ Naniraka ona hialoha lalana andreo I; namidy mpanompo i Josefa. ¹⁸ nafatony tamin'ny tady vy ny tongony; tamin'ny tendany nasiany rojo vy, ¹⁹ ambara-pahatanteraka ny teniny, de nitsapa anazy ny tenin'i Yaveh. ²⁰ niraka reo mpanompoa hamotsotra anazy Yaveh; nanafaka anazy ny mpanapaka ny vahoaka. ²¹ Nataony nisahana ny tranony ho mpanapaka reo fananany aby manontolo i ²² mba hampianatsa reo andrianany araka ze iriany sy hampianatsa fahendrena reo loholony, ²³ De nankany Egypta ny Israely, ary jakobaivahiny tagnatin'ny Hama. ²⁴ Nampamokatsa ny vahoakany Yaveh, ary nampatanjaka andreo mihoatsa reo nampatanjaka reo fahavalony. ²⁵ Nataony mankahala ny vahoakany ny fahavalondreo, mba hampijaly reo mpanompony. ²⁶ Naniraka an'i Mosesy, mpanompony, sy Arona, zay efa nofidiany I. ²⁷ Nanatanteraka reo famantarany tamin'ireo Egyptiana reo, reo fahagagany tao amin'ny tany Hama. ²⁸ Nandefa aizina sy nampamaizina ny tany I, nefa tsa nankato reo didiny ny vahoaka tao. ²⁹ Namadika ny ranondreo ho rà I ro namono ny hazan-dranony. ³⁰ Rakotsa sahona ny tanindreo, na de ny tao an'efitranondreo mpanapaka anazy. ³¹ Nitarogna I, ka de avy nanerana ny tanàndreo ny renin-dalitsa sy moka. ³² Navadiny ho havandra ny orandreo, niakatsa tamin'ny afo nidedadeda tamin'ny taniny. ³³ Nopotehiny ny voaloboka sy ny hazon'aviavindreo reo hazo tao an-tanàndreo. ³⁴ nitarogna I, de avy ny valala, valala maro be. ³⁵ Lanin'ireo valala aby ny zava-maniry tao amin'ny tanindreo; lanindreo aby ny vokatsy ny tany. ³⁶ Novonoiny aby ny lahimatea tao amin'ny tany, ny voaloham-bokatsy ny herindreo aby manontolo. ³⁷ Noferiny nivoaka niaraka tamin'ny volamena reo Israelita; tsa nisy tamin'ireo fokony tafitohina teny an-dalana. ³⁸ Ravoravo Egypta lehe lasa reo, satria natahotsa andreo ny Egyptiana. ³⁹ Nampiboely ny rahona ny fandrakofana I de nanao afo hampazava ny aligna. ⁴⁰ Nangataka hanina ny Israelita, ka de nitondrany papelika ary nataony afa-po tamin'ny nofo hatagny an-dagnitsa. ⁴¹ Namaky vatoampy I, na nigororoana teo ny rano; nikoriana tany agn'efitsa tahaka ny renirano reo. ⁴² Fa nahatsiaro ny fampanantiniany masina zay nataony tamin'i Abrahama mpanompony I. ⁴³ Notarihiny nivoaka tamim-pifaliagna ny vahoaka; tamin'ny hiakam-pandresena ny ona voafidiny. ⁴⁴ Nomeny andreo ny tanin'ireo firenena; naka fananana tamin'ireo haren'ny vahoaka reo ⁴⁵ mba hitandremany ny didiny sy hankatoavany ny lalàny. Miderà an'i Yaveh.

Chapter 106

¹ Misaora an'i Yaveh, fa soa I, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ² Ia ro afaka hanisa reo asa lihibe zay natan'i Yaveh na hanonona feno reo asa mendri-piderany? ³ Hotahiana anie reo ze manao ny marina, sy reo zay manao asa marina mandrakizay. ⁴ Tsaroy Aho, ry Yaveh, sý mampiseho sitraka amin'ny onanao Agnao; ampio aho lehe mamonjy andreo Agnao. ⁵ Ary de hahita ny fanambinan'ireo voafidinao aho, hiravoravo amin'ny fifalian'ny firenenao sy hanome voninahitsa amin'ny lovanao. ⁶ Nanota sahala reo razambeny agnay, nanao ny tsa nety agnay, ary nahavita ratsy. ⁷ Tsa nankatoavin'ireo razanay reo asa soanao tany Egypta; tsa niraharaha ny habetsaky ny famindram-ponao reo; ka nikomy teny amin'ny ranomaina, teny amin'ny Ranomasina Mena. ⁸ Na de izay aza, novonjeny reo nohon'ny agnarany mba hahafahany mampiseho ny heriny. ⁹ Notaroniny mafy ny Ranomasina Mena, de ritra izay. De nitrika andreo nita reo laligna I, sahala ny nita efitsa. ¹⁰ Namonjy andreo tamin'ny tanan'ireo zay nankahala andreo I, ary nanavotsa andreo tamin'ny tanan'ny fahavalo. Fa nosaronan'ny rano reo fahavalondreo; ¹¹ tsa nisy na de raika amindreo aza ka avotsa. ¹² Ary nino ny tarogny reo, ka nihira fiderana Anazy. ¹³ Nefa nalaky nanadino zay nataony reo; tsa niandry reo torolalany. ¹⁴ Fatra-pila tany an'efitsa ka nitadia hihoatsa an'Andriamagnitsa tagny an'efitsa. ¹⁵ De nomeny ny fangatahany, saingy nandefa aretina handany ny vatandreo I. ¹⁶ Tany an-toby de nialona an'i Mosesy sy Arona, mpisorona masin'i Yaveh, reo. ¹⁷ Nisokatsa ny tany ka niteligna an'i Datana ary nanarona reo mpanaraka an'i Abirama. Nirehitsa teo amindreo ny afo; ¹⁸ ka nandevona ny ratsy fagnahy ny afo. ¹⁹ De nanao zanak'ombilahy tao Horeba reo ka nanompo ny sarin-draha vy. ²⁰ Natakalandreo sarin'ombilahy voasokitsa zay mihinana ahimaitso ny voninahits'Andriamagnitsa. ²¹ Nanadino an'Andriamagnitsa Mpamonjy andreo reo, zay nanao asa lihibe tagny Egypta. ²² Nanao raha soa mahafinaritsa tao an-tanin'i Hama sy raha mahery tao amin'ny ranomasina Mena I. ²³ Ary nandidy ny fandranganana andreo I, lehe tsa i Mosesy, zay voafidiny, ro niditsa an-tsehatra teo amin'ny fanapahana mba hanova ny fahatezerany amin'ny

fandringanana andreo.²⁴ De nataondreo tsinontsinona ny tany mahavokatsa; tsa nnino ny fampanantiny reo;²⁵ fa nimonomonona tao an-dainy reo, ary tsa nankatò an'i Yaveh.²⁶ Noho izay de nanangana ny tanany i ary nianiana tamindreo fa hamela andreo ho faty any an'efitsa,²⁷ hampielly ny taranakandreo erak'ireo firenena ary hampielly andreo any amin'ny tany hafa.²⁸ Nanompo an'i Bala Peora reo ary nihinana reo sorona natolotsa ho an'ny maty.²⁹ Nihantsy Anazy ho tezitra tamin'ny fihetsiny reo, ka de namely andreo ny areti-mandringana.³⁰ De nitsangana i Fineasa ka nirotsaka an-tsehatra, ary nitsahatra ny areti-mandringana.³¹ Anisan'ny asa marina ho anazy mandrakizay izay hatrany amin'ny taranaka fara mandimby.³² Nampatezitra an'i Yaveh koa reo tarogna amin'ny ranon'i Meriba, ka nijaly i Mosesy noho reo.³³ Nampahory an'i Mosesy reo, ka de nitarogna mafy i.³⁴ Tsa nandringana reo firenena araka ny nandidian'i Yaveh andreo,³⁵ nefa reo niharo tamin'ireo firenena sy nianatsa ny fanaony³⁶ ka nanompo reo sampiny, zay lasa fandrika ho anazy.³⁷ nao sorona reo zanany lahy sy reo zanany vavy ho an'ireo demonia reo.³⁸ Nandatsaka ny rà tsa manan-tsiny reo, ny rà'ireo zanany lahy sy ny an'ireo zanany vavy zay natandreo sorona ho an'ireo sampin'i Kanana; ka nanimbazimba ny tany tamin'ny rà.³⁹ Voaloto tamin'ireo asany; sahala reo mpijangajanga reo noho ny nataony.⁴⁰ Ka de tezitra tamin'ny ona i Yaveh, ary nataony tsinontsinon ny vahoakany.⁴¹ Nameny ho eny an-tanan'ireo firenena reo, ary reo nankahala andreo ro nanapaka taminazy.

⁴² Nampahory andreo ny fahavalony, ary noferiny hanaiky ny fahefany reo.⁴³ Sy ndraika avy nananpy andreo I, fa reo koa ro nikomy ary naletiky ny fahotany ihany.⁴⁴ Na izay aza de nijery ny fahoriandreo I sy nitaigno andreo nitagny hovanjena.⁴⁵ Nampatsiaro ny fanekenany tamindreo I ka nanenina nohon'ny fitiavany tsa miova.⁴⁶ De nataony niantra andreo ny mpamabo aby.⁴⁷ njeo agnay, ry Yaveh, Andriamagnitsay. Ary angony hatagny amin'ireo firenena, mba haisaoragnay ny Agnaranao Masina sy hanomezanay voninahitsa amin'ny fiderana Agnao.⁴⁸ Ho deraina anie Yaveh, Andriamagnits'Israely, hatrizay ka ho mandrakizay. Ary nitarogna aby ny ona hoe: "Amena". Miderà an'i Yaveh. Boky fahadimy.

Chapter 107

¹ Misaora an'i Yaveh, fa soa I, ary mandrakizay ny famondram-pony.² Aoka reo navotan'i Yaveh hilaza izay, de izay navotany teo an-tanan'ny fahavalo.³ Nangoniny hatagny amin'ny tany hafa maro reo, de zay hatagny atsinanana sy hatagny andrefana, hatagny avaratsa sy hatagny atsimo.⁴ irenireny tany an'efitsa teny amin'ny lalana hay reo ary tsa nahita tanàna hitoerana.⁵ Satria noana sady nangetaheta reo, de heniky ny faharerahana reo.⁶ De nikaika mafy an'i Yaveh tamin'ny andro fahoriany, ka namonjy andreo tamin'ny fahoriany I.⁷ Nitondra andreo tamin'ny lalana mahitsy I mba ahafahandreo mandeha any amin'ny tanàna zay hipetrahany.⁸ Hidera an'i Yaveh anie reo ona nohon'ny famindram-pony sy reo raha soa aby nataony tamin'ny olombelogna!⁹ Fa nanome fahafaham-po ny faniriandreo zay nangetaheta I, ary ny faniriandreo noana de vokisany raha soa.¹⁰ Ny sasany mitoatsa agnaty aizina sy aloky ny fahafatesana, voagadram-pahoriana sy reo rojo vy.¹¹ Nisy izay satria nikomy nanohitsa ny tarogn'Andriamagnitsa reo ary nanary ny torolalan'ny Avo Indrindra.¹² Nampietry ny fondreo tamin'ny raha sarotsa I. Tafintohina reo ary tsa nisy ona hanampy andreo hitraka.¹³ De nikaika an'i Yaveh tamin'ny fahoriany reo, ka nofinerin'i Yaveh hiala hatagny amin'ny fahoriany.¹⁴ Nitondra andreo hivoaka ny maizina sy ny haizim-pito I ary novinakiny ny fatorandreo.¹⁵ Hidera an'i Yaveh anie reo ona reo nohon'ny famindram-pony sy reo raha mahagaga nataony ho an'ny olombelogna!¹⁶ Fa namotika ny vavahady varahina I ary nanapaka reo hidy vy.¹⁷ Gegy reo tamin'ny fikomiana nataony ary ory noho reo helony.¹⁸ Very ny faniriany hihinana aby ny hanigna, ary niha-nanakaiky ny vavahadin'ny fahafatesana reo.¹⁹ De nikaika mafy an'i Yaveh reo tamin'ny fahoriany, de nitondra andreo hivoaka amin'ny fahoany I.²⁰ Nandefa ny tarogny I ka nanasitrana andreo, de novonjeny tamin'ny fahapotehiny reo.²¹ Ny ona anie hidera an'i Yaveh nohon'ny famindram-pony sy reo raha mahagaga nataony tamin'ny olombelogna!²² Aoka reo hanolotsa reo fanati-pisaorana ka hanambara ny asany lihibe amin'ny fihirana.²³ Zay miantsambo eny an-dranomasina sy manao raharaham-barotsa agny ampitan-dranomasina.²⁴ Reo de nahita ny asan'i Yaveh sy ny fahagagany teny an-dranomasina.²⁵ Fa I ro mibaiko sy maniraka ny tafio-drovotsa zay mampisondrotsa ny ranomasina.²⁶ Nanakatsa ny lagnitsa reny; ary nidigna tany amin'ny laligna. Ketraka ny fahoriana ny fiainandreo.²⁷ Nisangodigna sady nivembena sahala reo mamolava reo de roso tagny amin'ny fahaverezan-tsaina.²⁸ Ary nikaika an'i Yaveh tamin'ny fahoriany reo, ka noferiny nivoaka tamin'ny fahoriany reo.²⁹ Nampijanona ny tafio-drivotsa I, ary nampitony ny onjan-dranomasina.³⁰ Ary de niravoravo reo satria nitony ny ranomasina, ary nitondra andreo ho eny amin'ny morony niriandreo I.³¹ Ny ona anie hidera an'i Yaveh nohon'ny famindram-pony sy amin'ireo raha mahatalanjona nataony tamin'ny olombelogna!³² Aoka reo hanandratsa Anazy eo amin'ny fiangonan'ny ona ary hidera Anazy eo amin'ny filan-kevits'ireo loholona.³³ Mamadika reo ony ho efitsa I, loharano ho tany maina,³⁴ ary tany mahavokatsa ho tany hay noho ny faharatsian'ny ona.³⁵ Mamadika ny efitsa ho farihin-drano I ary tany maina ho loharano maro.³⁶ Atoatsany any zay noana, ary hanorina tanàna hitoerana reo.³⁷ Hanorina tanàna hisy saha reo, ho atao tanim-boaloboka, ary hamokatsa be.³⁸ Hitahy reo I ka ho maro an'iza izay. Tsa avelany hihavitsy ny biby fiompiny.³⁹ Fa nihena sy nietry reo nohon'ny fahoriana maharary sy hirifiry.⁴⁰ Mandraraka fanamavoana amin'ireo mpitarika I ary mampirenireny andreo any an'efitsa, zay tsa misy lalana.⁴¹ Fa miaro reo mahantra nohon'ny fahoriana koa I ary miahhy reo fianakaviany sahala ny andrian'ondry.⁴² Hahita zay ny ol-mahitsy ka ho faly, ary reo ratsy fagnahy aby manakombombava.⁴³ Zay hendry de aoka handray an-tsoratsa zay raha hihevitsa reo asa famindram-pon'i Yaveh.

Chapter 108

¹ Tonon-kira, salamo natan'i Daviva. Tafatoetsa ny foko, Andriamagnitsa o; hihira aho, eka, hihira fiderana amin'ny foko ravoravo koa aho. ² Mifohaza, ry valiha sy lokanga; hifoha vao mangiran-dratsy aho. ³ Hisaotsa Agnao aho, ry Yaveh, eny amin'ny ona aby; hihira fiderana ho Agnao aho eny amin'ny firenena aby. ⁴ Fa ny famindram-ponao de lihipe abonin'ny lagnitsa ary mipaka eny amin'ireo habakabaka ny fahamendreham-pitokiana. ⁵ Misandràta, Andriamagnitsa o, any ambonin'ny lagnitsa, ary aoka ny voninahitsao hisandratsa manerana ny tany aby. ⁶ Mba ho voavonjy reo malalanao, vonjeo amin'ny tanana ankavanana aho ka valio. ⁷ Nitarogna tamin'ny fahamasinany Andriamagnitsa ka nanao hoe: "Hifaly aho ary hizara an'i Sekema; ary hizara ny Lohasahan'i Sokota. ⁸ Anahy i Gileada, ary anahy i manase, arolohako koa i Efraïma; tehim-panjakako i Joda. ⁹ Tavindrano fanasako i Moaba eo amin'i Edoma ro hanipazako ny kapako; hihiaka fandesenana Aho noho i Filistia. ¹⁰ Ia ro hitondra Anahy any amin'ny tanàna matanjaka? Ia ro hitarika Anahy ho any Edoma?" ¹¹ Andriamagnitsa o, tsa efa nanary agnay ve Agnao? Tsa hivoaka amin'ny ady miaraka amin'ny tafikay Agnao. ¹² Meo fanampiana agnay hanohitsa ny fahavalo, fa zava-poagna ny fanampian'ny ona. ¹³ Miaraka amin'ny fanampian'Andriamagnitsa ro haharesentsika; hanitsahany reo fahavalontsika.

Chapter 109

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Andriamagnitsa zay deraiko o, aza mangina, ² fa mamely anahy ny ratsy fagnahy sy mpamitaka; milaza lainga manohitsa anahy reo. ³ Manodidigna anahy reo ka mitarogna raha fankahalana, ary mamely anahy fahatany reo. ⁴ Endrikendrika ro nataondreo ho setrin'ny fitiavako, fa iaho nefa mivavaka ho andreo. ⁵ Novaliandreo ratsy ny soa nataoko, ary halany ny fitiavako. ⁶ Manendre liaka ratsy fagnahy mba ho fahavalo sahala ireny ona ireny; manendre mpiapanga hitsangana eo an-tanany an-kavanana. ⁷ Sý notsaraina I de aoka ho meloka, ary aoka ny fivavahany hoeritseretina ho fahotana. ⁸ Avilao ho fohy ny androny; ary aoka ho hazan'ona hafa ny anjara asany. ⁹ Avilao ny zanany ho kamboty ray, de avilao ny vadiny ho mpitondratena. ¹⁰ Aoka ny zanany hirenireny sy hitalaho, hangataka hanina sy mamela ny fonegnany ho Rota reo. ¹¹ Aoka ho alain'ny tompo-trosa ze anazy; de avilao ny vahiny handroba ze hazany. ¹² Aoka tsa hisy leko raika hagnatoro hatsaram-panahy aminazy; avilao tsa hisy hanaraka ny zanany kamboty. ¹³ Aoka ho ringana ny zanany; ary aoka ny agnarany ho vonona tsa ho amin'ny taranaka fara mandimby. ¹⁴ Aoka ho lazaina amin'i Yaveh ny heloky my razany; de aoka tsa ho hadinoana ny heloky ny reniny. ¹⁵ Aoka ho eo agnatrehan'i Yaveh mandrakariva ny hadisoan-dreo; avilao hofaagnan'i Yaveh amin'ny tany ny fahatsiarovana andreo. ¹⁶ Avilao hataon'i Yaveh zey satria io lihilahy io moko nde tsa mba namindra fo, fa nampijaly ny ory, sy ny kivy fo amin'ny fahafatesana. ¹⁷ Tè ozogna i; hanody anazy zey. Halany ny fitahiana; apitraho tsa hisy fitahiana ho avy aminazy. ¹⁸ Mampitafy tegna amin'ny ozogna salan'ny akanjony i, ary fagnoizognana ro mipàka agny agnatiny salamin'ny rano, salamin'ny diloilo agnaty takany ao. ¹⁹ Aoka ny ozogna ho tahaka ny fitafiana zey handrakofana ny tegnany, salamin'ny fehikibo anaovany mandrakariva. ²⁰ Aoka ho valisoa ho an'reo mpiampanga avy amin'i Yaveh, ho an'ze mitarogna ratsy aminahy. ²¹ Yaveh Tompoko o, manaova amin-katsaram-pagnahy aminahy noho ny amin'ny agnaranao. Satria soa ny famindram-ponao, vonjeo aho. ²² Fa ory sy mahantra aho, ery ny foko de voaratsa agnatiko ao. ²³ Mihegna tahaka ny aloky ny hariva aho; ary nahitsagna salan'ny valala. ²⁴ Rokaka ny fifadian-kanina ny lohaliko; manjary taolagna mifogno hoditsa aho. ²⁵ Ataon'ny mpiampanga anahy ho tsinotsinona aho; sy mahita anahy i de mihifikifi-doha. ²⁶ Ampio aho, Yaveh Andriamagnitso; vonjeo amin'ny famindram-ponao aho. ²⁷ Ary aoka ho fantan-dreo fa zay ro asanao, zay Agnao, Yaveh, ro nanao an'zay. ²⁸ Leko magnozogna anahy aza reo, de mba tahio roa aho; lehe mamely reo; aoka ho megatsa, fa ny mpanomponao hifaly. ²⁹ Aoka hitafy hegnatsa reo fahavaloko; aoka hiakanjo ny fahamegnarany ho tahaka ny tohitena reo. ³⁰ Amin'ny vavako ro hanolorako fisaorana lihipe ho an'i Yaveh; hidera Anazy eo ampovoan'ona aho. ³¹ Fa mitsangana eo an-tagnana ankavagnan'ny malahelo I, mba hamonjy anazy amin'ny ze mitsara anazy.

Chapter 11

¹ o an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Amin'i Yaveh aho ro mialoka; akory ny hitarognanao aminahy hoe: "Milifà agny an-tendrombohitsa dekoa vorogna?" ² Fa itito! Magnamboatsa ny zana-tsipikany reo mba hitfirana ny mahitsy fo agnaty aizigna. ³ Fa lehe rava reo fagnorenana, ina ro azon'ny marina atao? ⁴ Yaveh de ao amin'ny tempoly masina; mijery ny masony, madinika ny zanak'olombelogna ny masony. ⁵ Samy dinihin'i Yaveh aby na ny ona marina na ny ratsy fagnahy, fa I de tsa tea reo te herisetra. ⁶ Hanotraka vain'afo mahamay sy silifara amin'ny ratsy fagnahy I; rivo-mandoro ro ho anjara kapoakany! ⁷ Fa marina Yaveh, ery te fahamarinana I; ny mahintsy ro hahita ny tavanany.

Chapter 110 Salamo nataon'i Davida.

¹ Hoy Yaveh amin'ny tompoko: "Mitoatsa eto an-tagnako ankavagnana ambara-panaoko reo fahavalonao ho fitoera-tongotsao." ² Hamoaka ny tehim-panjakan'ny herinao hatao Ziona Yaveh; ro mandidia eo amireo fahavalonao. ³ Hagnaradia anao an-kalalahana ny vahoakanao agnatin'ny reo akajo masina amin'ny andron'ny fahefanao; ateraka amin'ny mangiran-dratsy salan'ny ando ho anao ny zatovonao. ⁴ Yaveh efa nianiagna, sady tsa hiova hoe: "mpisorogna ho Anahy mandrakizay agnao, araka ny fanaon'i Melkizedeka." ⁵ Eo an-tagnanao ankavagnana ny Tompo. Hamono reo mpanjaka I amin'ny androm-pahatezerany. ⁶ Hitsara zn'ireo firenena reo I; hofinoany faty ny tany fiadiana; sady hovonoany reo

mpitondra agny amireo firenem- be reo. ⁷ Hisaotsa amin'ny lohasahan-driaka agn- an-dalagna agny I, sady hagnatraka avo ny lohany afaran'ny fandresena I.

Chapter 111

¹ Miderà an'i Yaveh. Hanolotsa fisaorana ho an'i Yaveh amin'ny foko manotolo aho ao amin'ny fiangona-dreo. ² Lihibe reo asan'Andriamagnitsa, nandrazan'ny ze nagniry ananazy reo tamim-paharisihana. ³ Malaza sy be voninahitsa ny asany, sady ny fahamarinany maharitsa mandrakizay. ⁴ Manao raha soa ze hotsaroana I; mpamindra fo sy miantra Yaveh. ⁵ Magnome hanina ho an'ze mpagnaraka Anazy I. Hampatsiahy ny fagnekeny mandrakariva I. ⁶ Nagnatoro tamin'y onany reo asa maheriny tamin'ny fagnomezany an-dreo ny lovan'ny firenena reo. ⁷ Mendri-pitokiana sy mahintsy reo asan'ny tagmany; azo antoka aby reo fampianarany aby manotolo. ⁸ Mitoatsa mandrakizay zey, mba hitandremana amim-pitokiana sy amin'ny tokony ho i. ⁹ Nagnome fandresena ho an'ny onany I; nampisy ny fagnekeny mandrakizay; masina sy mahazendagna ny agnarany. ¹⁰ Ny fagnomezam-boninahitsa an'i Yaveh ro fiadagnam-pahindrena; reo ze magnatanteraka ny fitsipiny ro managna ny fahazavan-tsaigana soa. Maharitsa mandrakizay ny fiderana Anazy.

Chapter 112

¹ Tretrika ze ona mankatò an'i Yaveh, ze mankasitraka fatratsa reo didiny. ² Reo taranany hahery egny amin'ny tany; reo taranaky ny lililahy ho voatahy. ³ Harena be ro an-dragonao ao; ny fahamarinany haharitsa mandrakizay. ⁴ Magnazava ao amin'ny mezigina ho an'ona masina ny hazavana; miantra I, mpamindra fo, sy mahintsy. ⁵ Tretrika ny ona ze magnatoro amim-piantrana sy mampisam-bola, ze mitondra ny raharahany amin'ny fahatsoram-po. ⁶ Fa tsa hangozohozo mihintsy i; ny ona-maroina dew ho tsaroany mandrakizay. ⁷ Tsa hatahotsa ny vaovao ratsy i; satria matoky, matoky amin'i Yaveh. ⁸ Milamigna ny fony, tsa misy tahotsa, mandra-pijireny amim-pandrisena reo fahavalony. ⁹ Magnome amim-pahalalan-tagnana reo mahantra i; ny fahamarinany haharitsa mandrakizay; hasandratsa amim-boninahitsa i. ¹⁰ Reo ona ratsy fagnahy hahita an'zay de hasiaka; hihidy vazagna i ro ho levogna; ho maty ny fagniriana'ny ona ratsy fagnahy.

Chapter 113

¹ Miderà an'i Yaveh. Miderà Anazy, agnareo mpanompon'i Yaveh; derao ny agnaran'i Yaveh. ² Isaorana anie ny agnaran'i Yaveh, izizao ka ho mandrakizay mandrakizay. ³ ataminy fiposahan'ny masoandro ka hatamin'ny fodiany, tokony hoderaina ny Agnaran'i Yaveh. ⁴ Asandratsa ambonin'ny firenena aby manotolo Yaveh, sady voninahiny mipàka mihoatsa ny lagnitsa. ⁵ Ia ro salan'i Yaveh Andriamagnitsika, ze mitoatsa egny amin'ny avo, ⁶ ze mijery mirorogna egny amin'ny lagnitsa sy ety an-tany? ⁷ Manandratsa ny mahantra hiala amin'ny loto I sadymanangagna reo fadiranovana amin'ny antontan-davenogna, ⁸ mba hahafahany mametraka anazy miaraka amireo andrin'ny vahoakany. ⁹ Hagnome tragno fonegnana ho an'ny apela, momba I, manao anazy ho renin-jaza falifaly I. Miderà an'i Yaveh!

Chapter 114

¹ Sy namela an'i Egypta ny Israely, ny taranak'i Jakoba hatagny amizao vahoaka vahiny zao, ² de roso fitoerany masina i Joda, eko fanjakany i Israely. ³ Nijery ny ranomasina ko nilefa; nipody ny Jordana. ⁴ Nifalihavanja salan'ny ondrilahy reo tendrombohitsa, reo havoagna nifalihavanja salan'ny zanak'ondry. ⁵ Nahoana ro nilefa agnao, ra ranomasina? Ry Jordana, nahoana agnao ro nipody? ⁶ Ra tendrombohitsa, nahoana agnareo ro nifalihavanja salan'ny ondrilahy? Agnareo havoana kely, nahoana agnareo ro mifalihavanja salan'ny zanak'ondry? ⁷ Mangivita, ra tany, manoloagna ny Tompo, amin'ny fagnatrehan'ny Andriamagnits'i Jakoba. Mamadika ny vatolampy ho dobon-drano I, ny vatolampy mahery ho loharano.

Chapter 115

¹ Tsa ho anay, roa Yaveh, tsa hoe anay, fa ho an'ny agnaranao ro hagnateram-boninahitsa, fa ho an'ny fagnekenao mahatoky sy ho an'ny fahamendreham-pitokiana. ² Nahoana ro mitarogna reo firenena reo hoe: "Aia ny Andriamagnin-dreo?" ³ Ny Andriamagnitsay agny an-dagnitsa agny, manao ze tiany atao aby. ⁴ Volafotsy sy volamena reo sampin'ny firenena, asan-tagnan'ona. ⁵ Manam-bava reo sampy reo, fa tsa mitarogna; mana-maso reo fa tsa mahita; ⁶ manan-tsofigna reo, fa tsa mandre; managn'orognaireo, fa tsa manimbolo. ⁷ Reo sampy reo manan-tagnana, fa tsa mahatsapa; manan-tongotsa reo, fa tsa mandeha; leko de ny mitarogna amin'ny vavany aza. ⁸ Reo ze nanao anazy de mitovy aminazy, salan'zay aby mitoky aminazy. ⁹ Israely o, matokia an'i Yaveh; I ro famonjenao sy ampinganao. ¹⁰ Ry taranak'i Arona, matokia an'i Yaveh; I ro famonjenao sy ampinganao. ¹¹ Agnao ze magnome voninahitsa an'i Yaveh, matokia Anazy; I ro famonjenao sy ampinganao. ¹² Mahatsiaro atsika Yaveh ko hitahy; hitahy ny taranak'Israely I; sady hitahy ny taranak'i Arona. ¹³ Hitahy ze magnome voninahitsa Anazy I; leko tanora leko atitsa. ¹⁴ Avilao Yaveh hampitombo isa anareo hiany, ny anao sy ny taranakao. ¹⁵ Yaveh ze nanao ny lagnitsa sy ny tany anie hitahy anao. ¹⁶ An'i Yaveh ny lagnitsa; fa ny tany

nomeny ho an'ny olombelogna. ¹⁷ Ny maty tsa mba midera an'i Yaveh, leko ze mirorogna agny amin'ny mangingina tsa manao an'zay; ¹⁸ fa hisaotsa an'i Yaveh agnay androany ko ho mandrakizay. Miderà an'i Yaveh.

Chapter 116

¹ Tiàko Yaveh satria mandrè ny feoko sy reo tapahiko ho amin'ny famindram-po I. ² Satria niheno anahy I, hangaika Anazy aho lehe vona velogna hiany. ³ Nandrohy anahy reo tadin'ny fahafatesana, sady ny fandriky ny fianan-tsy hita de nagnatrika anahy, nahatsiaro fangirifiriana sy alahelo aho. ⁴ De nangaika ny agnaran'i Yaveh aho nanao hoe: "Miangavy roa Yaveh, avoto ny aiko." ⁵ Yaveh de be famindram-po sady tsa mitagnila; ny Andriamagnitsika de be fangoraham-po. ⁶ Yaveh de miaro ny bado; nambaniana aho, de namonjy anahy I. ⁷ Afaka mipody agny amin'ny fotsaharana ny fagnahiko, satria Yaveh efa nanao soa taminahy. ⁸ Fa Agnao nagnavotsa ny aiko tamin'ny fahafatesana, ny masoko tamin'ny ranomaso, sady ny tongoko tsa ho totoitsa. ⁹ Hanompo an'i Yaveh agny amin'ny tanin'ny velogna aho. ¹⁰ Nino Anzay iaho, leko nitarogna aza aho hoe: "Tena ory aho." ¹¹ Nitarogna tsa amim-piheverana aho hoe: "Mpandenga aby ny ona." ¹² Akory ro hafahako magnefa an'i Yaveh ny hatsaram-pagnahiny aby taminahy? ¹³ Hatsangako ny kapoaky ny famonjena, sady angehiko ny agnaran'i Yaveh.

¹⁴ Ho tanterahiko reo voadiko nataoko tamin'i Yaveh teo agnatrehan'ny vahoakany aby. ¹⁵ Sarobidy teo imason'i Yaveh ny fahafatesan'reo ona masiny. ¹⁶ Eka tokoa, roa Yaveh, mpanomponao aho; mpanomponao aho; zanaka lahin'ny mpanompo vavinao; nalainao reo rohiko. ¹⁷ Hanolotsa ny sorom-pisaorana ho Anao aho sady hangaika ny agnaran'i Yaveh. ¹⁸ Ho tanterahiko reo voadiko tamin'i Yaveh teo agnatrehan'ny vahoakany aby, ¹⁹ tan-drindrin'ny tragnon'i Yaveh, teo aminao, roa Jerosalema. Derao Yaveh.

Chapter 117

¹ iderà,aby agnareo firenena; asandrato I, agnareo vahoaka aby. ² Satria ny famindram-pony de lihibe eo agnatrehatsika, sady maharitsa mandrakizay ny fahamendreham-pitokian'i Yaveh. Derao i Yaveh.

Chapter 118

¹ Misaora an'i Yaveh, fa mendrika I, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ² Aoka ny Israely hitarogna hoa: "Maharitsa mandrakizay ny famindram-pony." ³ Apitraho ny taranak'i Arona hilaza hoe: "Ny fagnekeny mahatoky de maharitsa mandrakizay," ⁴ avilao reo mpanompo an'i Yaveh hilaza hoe: "Maharitsa mandrakizay ny famindram-pony." ⁵ Tagnatin'ny fahoriako ro nangehako an'i Yaveh; namaly anahy Yaveh sady nagnafaka anahy. ⁶ Momba anahy Yaveh: tsa hatahotsa aho; ina moa ro hataon'ona aminahy? ⁷ Mpamonjy eo agnilako Yaveh; hahita fandresena amireo ze mankahala anahy iaho. ⁸ Soa lavitsa ny mialoka amin'i Yaveh noho zay mametraka fitokiana amin'olombelogna. ⁹ Soa lavitsa ny mitoatsa ao amin'i Yaveh noho zay mametraka fitokiana amin'ny andrian-dahy. ¹⁰ Ny firenena magnodidigna anahy aby; ho tapahiko amin'ny agnaran'i Yaveh reo. ¹¹ Nagnodidigna anahy reo; eka, nagnodidigna anahy reo; ho tapahiko amin'i agnaran'i Yaveh reo. ¹² Nagnodidigna anahy salan'ny tantely reo; nanjavogna malaky salan'ny afo teo amin'ny tsilo reo; ho tapahiko amin'ny agnaran'i Yaveh reo. ¹³ Nanafika anahy reo mba handavo anahy, feny nagnampy anahy i Yaveh. ¹⁴ Yaveh ro heriko sy hafaleako, sady I ro tokagna mpagnavotsa anahy. ¹⁵ Tainò so amin'ny lalin'ny fahamarinana ny hiakam-pifalian'ny fandresena; nandresy ny tanan-kavagnan'i Yaveh. ¹⁶ Asandratra ny tagnan-kavagnan'i Yaveh; mandresy ny tagna-kavagnan'i Yaveh. ¹⁷ Tsa ho maty aho, fa velogna de hilaza reo asan'i Yaveh. ¹⁸ Efa sinazin'i Yaveh mihintsy iaho; feny tsa nanolotsa anahy ho maty I. ¹⁹ Vohao ho anahy ny vavahadin'ny fahamarinana; hitsofoka ao aho sady hisaotsa an'i Yaveh. ²⁰ 'Zay ro vavahadin'i Yaveh; ny ona marina ro hitsofoka ao. ²¹ Hisaotsa Anao aho, satria namaly anahy Agnao, de roso famonjena ho anahy Agnao. ²² Ny vato ze nolavin'ny mpanao tragno roso vato fehizoro. ²³ Zay ro nataon'i Yaveh; mahazendagna imasotsika zay. ²⁴ 'Ty ny andro nataon'i Yaveh; hifaly sy ho ravoravo amizay tsika. ²⁵ Miangavy roa Yaveh, omeo fandresena agnay! Miangavy roa Yaveh, omeo fahombiazana agnay! ²⁶ Ho tahiana ze avy amin'ny agnaran'i Yaveh; ao an-dragnon'i Yaveh ro hitsofanay rano anao. ²⁷ Yaveh ro Andriamagnitsa, sady efa nagnome fahazavana ho anay I; narohiny tamireo tady teo amireo tandroky ny alitara ny sorogna. ²⁸ Agnao ro Andriamagnitso, ka hisaotsa Anao aho; Agnao ro Andriamagnitso; hanandratsa Anao aho. ²⁹ Eka, misaora an'i Yaveh, fa mendrika I; sady maharitsa mandrakizay ny famindram-pony.

Chapter 119

¹ ALEFA. Tretrika ze tsa misy tsigny ny lalany, de ze mandeha amin'ny lalàn'i Yaveh. ² Tretrika reo ze mitandrigna ny didy masiny, ze mitadia Anazy amin'ny fony manotolo. ³ Tsa mba manao ratsy reo; fa mandeha amin'ny lalany. ⁴ Dinidiniao agnay hitagna ny fampianaranao mba hitandremanay soa an'izay. ⁵ Indriaho e, te ho tafatoatsa amin'ny didinao iaho! ⁶ De tsa ho megnatsa iaho lehe misagna aby ny didinao. ⁷ Hanolotsa fisaorana ho Anao amin'ny fo mahitsy iaho sy mianatsa ny lalà-marinao. ⁸ Hitandrigna ny didinao iaho; aza mamela anahy ho irery. BETA. ⁹ Akory ro hitandreman'ny tanora ny lalany mba hadio? Amin'ny fankatoavana ze tarogninao. ¹⁰ Amin'ny foko manotolo ro hitadiavako Anao; aza mamela anahy hania hiala amin'ny didinao. ¹⁰¹ Niaro ny tongoko hiala amin'ny lalan-dratsy aby iaho mba hitandremako ny

teninao.¹⁰² Tsa niholaka lalagna niala tamin'ny lala-marinao iaho, fa Agnao ro nampianatsa anahy.¹⁰³ Endriaho ny hamamin'ny teninao sy nandramako, aka, mamy mihoatsa ny tantely amin'ny vavako!¹⁰⁴ Amin'ny fampianaranao ro ahazahoako fahaiza-magnavaka; noho zey de halako aby ny lalan-diso. NONA.¹⁰⁵ Fanilo ho an'ny tongoko eko jiro ho an'ny lalako ny teninao.¹⁰⁶ Efa nianiagna iaho ery nohamafisiko zey, fa hitandrigna ny lala-marinao aho.¹⁰⁷ Tena ory tokoa 'iaho; velomy iaho, ry Yaveh, araka ze nampagnatignanao tamin'ny teninao.¹⁰⁸ Yaveh o, mba ikeo roa ny fagnati-tsitrapo hatamin'ny vavako, ery ampianaro ny lala-marinao aho.¹⁰⁹ Eo an-tagnako lalandava ny aiko, nefa tsa mba magnadigno ny lalanao aho.¹¹⁰ Nanao vela-pandrika ho anahy ny ratsy fagnahy, fa tsa nianiasia hiala amin'ny fampianaranao aho.¹¹ Narekitso ato am-poko ny raha tarogninao mba tsa hanotako aminao.¹² Deraina Agnao, ra Yaveh; ampianaro ny didinao iaho.¹¹¹ Tarogniko ho lovako mandrakizay ny didim-pagnikenao.¹¹² Tafatoatsa amin'ny fanaovana ny didinao mandrakizay hatamin'ny farany indrindra ny foko. SAMEKA.¹¹³ halako ny miroaroa-saigna, fa tiako by lalanao.¹¹⁴ Agnao ro toerana fisitrihako sy ampingako; miandry ny teninao aho.¹¹⁵ Mialà aminahy agnareo mpanao ratsy, mba hitandremako ny didin'Andriamagnitso.¹¹⁶ Tohagno amin'ny alalan'ny teninao aho mba ho velogna ko tsa ho megnatsa amin'ny fagnatignako.¹¹⁷ Tohagno aho, de hiadagna; hisaintsaigna ny lalanao hiany iaho.¹¹⁸ Lavinao aby ze maniasia miala amin'ny diidinao, fa mpamitaka sady tsa azo itokiana reo ona reo.¹¹⁹ Alaonao salan'ny tain-drendrika aby ny ratsy fagnahin'ny tany; noho izay de tiako ny didy masinao.¹²⁰ Mangovongovitsa ny tahotsa Anao ny vatako, eko matahotsa ny lala-masinao iaho. AINA.¹²¹ Manao ze rariny sy marina aho; aza mahafoy anahy ho agny amin'ny mpampahory anahy.¹²² Omeo atoka ny fanambinan'ny mpanomponao; aza avela hampahory anahy ny mpirehareha.¹²³ Miha-rokaka ny masoko eo ampiandrasana ny famonjena sy ny tarogna marinao.¹²⁴ Atorò ny mpanomponao ny fagnekena mahatokinao, eko ampianaro ny didinao aho.¹²⁵ Mpanomponao aho, omeo fahazavan-tsaigana aho mba hahalalako ny didim-pagnikenao.¹²⁶ Fotoagna hiasan'Yaveh zao, fa nandika ny lalanao ny ona.¹²⁷ Tiako mihoatsa noho ny volamena ny didinao, mihoatsa noho ny volamena soa indrindra.¹²⁸ Noho zay de magnaraka soa aby ny fampianaranao aho, eko halako aby nu lalam-pitaka. PE.¹²⁹ Mahazendagna ny fitsipikao, zay ro antony hankatoavako an'reo.¹³⁰ Ny fampiharihariana ny tarognanao ro magnome fahazavana; magnome fahazavan-tsaigana ho an'ze tsa nampianarina an'zey.¹³ Tamin'ny vavako ro nitopriako ny lalà-marina aby manotolo ze nataonao.¹⁴ Miravoravoa amin'ny lalan'ny didim-pagnikenao mihoatsa ny amin'ny harena aby iaho.¹³¹ Vohako ny vavako ko misagnasaina, fa magniry ny didinao mihintsy iaho.¹³² Mihireha aminahy eko mamindrà fo aminahy, araka ny ataonao amin'ze tea ny agnaranao hiany.¹³³ Ampizoro amin'ny teninao ny tongoko; aza avela hisy fahotana hanapaka anahy.¹³⁴ Avoto amin'ny fampahorian'ny olombelogna aho mba hitandremako ny fampianaranao.¹³⁵ Oka hamirampiratsa amin'ny mpanomponao ny tavanao, eko ampianaro anahy ny didinao.¹³⁶ Ranomaso be ro miraradraraka amin'ny masoko satria mitandrigna ny lalanao ny ona. TSADE.¹³⁷ Marina Agnao, Yaveh, eko rariny ny didinao.¹³⁸ Nagnome am-pahamarinana sy am-pahatokiana ny didim-pagnikenao.¹³⁹ Nandravarava anahy ny fahasorana satria magnadigno ny taronao ny mpifagnandrigna aminahy.¹⁴⁰ Efa voazaha-toetsa soa ny teninao, eko tian'ny mpanomponao zey.¹⁴¹ Tsa de misy dikany iaho sady nohamavoana, nefa tsa mba magnadigno ny fampianaranao aho.¹⁴² Marina mandrakizay ny fitsaranao, eko mendri-pitokiana ny lalanao.¹⁴³ Leko de nahazo anahy aza ny fahoriana sy ny fangnirifiriana, de vona mamiko hiany ny didinao.¹⁴⁴ Marina mandrakizay ny didim-pagnikenao; omeo fahazavan-tsaigana aho mba ho velogna. KOFA.¹⁴⁵ Nihiakiaka tamin'ny foko manotolo aho hoe: "Valeo aho, ro Yaveh, de hitagna ny lalanao.¹⁴⁶ Mangaika Anao aho; vonjeo aho, de hitandrigna ny didim-pagnikenao." ¹⁴⁷ Mifoha mialohan'ny mangiran-dratsy iaho eko nila famonjena. Ao amin'ny teninao ny fagnatignako.¹⁴⁸ Mihiratsa alohan'ny fiovan'ny fiambenan'ny aligna ny masoko hisaitsaignako ny teninao.¹⁴⁹ Mandrinesa ny feoko amin'ny fagnikena mahatokinao; vilomy iaho, ra Yaveh, araka ny nampagnatignainao tao amin'ny lalà-marinao.¹⁵⁰ Miha-mandriny anahy ze mandoditsa anahy, feny lavitsy ny lalanao reo.¹⁵ Hisaitsaigna ny fampianaranao aho ko hitandrigna ny lalanao.¹⁶ Akamamiako ny didinao; tsa hagnadigno ny teninao iaho. GIMELA.¹⁵¹ Mariny Agnao, ra Yaveh, ery azo itokoana aby manotolo ny didinao.¹⁵² Nianatsa ny didi-pagnikenao ze napetrakao tamin'ny toerany mandrakizay hatry ny ela be aho. RESY.¹⁵³ Jireo ny fahoriako ko vonjeo aho,, fa tsa mba magnadigno ny lalanao aho.¹⁵⁴ Misoloa vava anahy ko avoto aho; tano aho, arak'ze nampagnatignanao tamin'ny teninao.¹⁵⁵ Lavitsa ny ratsy fagnahy ny famonjena, fa tsa te ny didinao reo.¹⁵⁶ Lihibe ny famindram-ponao, ra Yavahe o; vilomy iaho, araka ny ataonao mandrakariva.¹⁵⁷ Be ny mpandoditsa anahy sy ny fahavaloko, nefa tsa niala tamin'ny didim-pagnikenao iaho.¹⁵⁸ Mafandriandriagna ny fijireko ny mpamadika satria mitandrigna ny teninao reo.¹⁵⁹ Hendriahoe ny fitiavako ny fapianaranao; vilomy iaho, ra Yaveh, araka ny nampanantiniana tamin'ny fanekena mahatokinao.¹⁶⁰ Fahamarinana ro loharanon'ny teninao; maharitsa mandrakizay ny lalà-marinao tsirairay. SINA.¹⁶¹ Mandonditsa tsy ahoan-tsy ahoana reo andriana; de mangorohoro ny foko, matahotsa ny tsa hanoa ny taronao.¹⁶² Falifaly amin'ny tarognanao dekoa oga raika mahazo babo lehibe.¹⁶³ Tsa tiako sady mahavoako ny fitaka, fa tiako ny lalanao.¹⁶⁴ Impito isan'andro ro hideraraka Anao nohon'ny lalà-marinao.¹⁶⁵ Fiadagnana lihibe ro hanan-dreo ze te ny lalana; tsa misy mahatafitohigna an-dreo.¹⁶⁶ Miandry ny famonjena o iaho, ra Yaveh, eko manoa ny didinao.¹⁶⁷ Mitandrigna ny didy masinao aho, eko tiako mihintsy reo.¹⁶⁸ Mitagna ny fampianaranao sy ny didy masinao aho, fa fantatsao aby ze ataoko. TAV.¹⁶⁹ Mihinoa ny kaika ataoko, ra Yaveh; omeo fahazavan-tsaigana ao amin'ny tarognanao aho.¹⁷⁰ Ho avy eo aminao anie ny fangatahako; apeo aho, araka ny efa ny nampagnatignanao tamin'ny taronao.¹⁷ Atorò ny mpanomponao halimem-pagnahy mba hahavelomako sy hitandremako ny tenineo.¹⁸ Ampahirato ny masoko mba hahitako reo raha mahazendagna amin'ny lalanao.¹⁷¹ Hiboiboika fiderana ny somiko, fa ampianarinao anahy ny didinao.¹⁷² Oka ny lelako hihira ny amin'ny teninao, fa marina aby ny didinao manotolo.¹⁷³ Hgnampy anahy anie ny tagnanao, fa nifidy ny fampianaranao aho.¹⁷⁴ Magniry ny fagnavotanao mihintsy iaho, ra Yaveh, eko ny lalanao ro

mamiko.¹⁷⁵ Ho velogna anie iaho ko hidera anao, eko hagnampy anahy ny lala-marinao.¹⁷⁶ Efa nirenireny dekoa ondry very iaho; tadiavo ny mpanomponao, fa tsa mba nagnadigno ny didinao aho.¹⁹ Vahiny iaho eto an-tany; aza manitrika ny didinao hiala aminahy.²⁰ Torotoro fatratsa ny fitadiavana ny hahalala ny fitsipikao mandrakariva ro fagniriako.²¹ Magnanatsa ny mpirehareha, de ze ona voazogna, ka miolaka amin'ny didinao Agnao.²² Alao amin'ny fahafam-baraka sy ny hegnatsa iaho, fa nanao ny fitsipi-pagnikenao iaho.²³ Leko de manao ny teti-dratsy ko magnendrikendrika anahy aza reo mpanampaka, de misaitsaina ny ny fitsipikao ny mpanomponao.²⁴ Ny didi-pagnekenao ro mamiko indrindra, eko ro mpanolo-tsainga anahy. DALETA.²⁵ Mirekitsa amin'ny vovoka ny aiko! Omeo fiaignana amin'ny teninao iaho.²⁶ Notarogniko taminao ny lalako, de namaly anahy Agnao; ampianaro ny didinao aho.²⁷ Ataovo mahatakatsa ny lalan'ny fampianaranao iaho, mba hahafahako mandinika ny fampianara-mahagaganao.²⁸ Difotsy ny alahelo iaho! Atanjaho amin'ny teninao iaho.²⁹ Alao hiala aminahy ny lalan'ny fitaka; ampianaro anahy am-pahasoavana ny lalanao.³⁰ Nofinidiko ny lalan'ny fahatokiana; efa nitandrina ny lalà-marinao teo anatrehako lalandava iaho.³¹ Ny didi-pagnikenao ro ho tanako, Yaveh o, aza avela hangahiahy iaho.³² Hande mafy eo amin'ny lalan'ny didinao aho, fa agnao ro magnitatsa ny foko hanao anizay. HE.³³ Apenaro ny lalan'ny didinao aho, ry Yaveh, dia ho tandremako hatramin'ny farany zay.³⁴ Omeo saigna mazava aho, de hitandrigna ny lalanao; zay ro hisaitsaignako amin'ny foko aby.³⁵ Tariho amin'ny lalàn'ny didinao aho, fa mamiko ny mandeha amizay.³⁶ Ampandihano amin'ny didi-pagnikenao ny foko de ho lavitsy ny harena tsa marina.³⁷ Atodio ny masoko tsa hahita raha foagna; vilombilomy amin'ny lalanao indray aho.³⁸ Tantiraho amin'ny mpanomponao ny fampagnantigniana ze nataonao tami zay nagnaja Anao.³⁹ Alao lavitsa ahy ny faniratsirana fa tena atahorako mafy. Fa soa ny fitsarana marinao.⁴⁰ Indro tena nagniry mafy ny fampenaranao aho, vilombilomy amin'ny fahamarinanao iaho. VAO.⁴¹ Yaveh o, omeo ahy ny fitiavanao tsa mety levona__ny famonjenao, araka ny fampagnatigniana; ⁴² de ho voavaliko ilay iray zay nagnamavo ahy, fa ny tarognao ro hitokiako.⁴³ Aza esorina amin'ny vavako ny tarony fahamarinana, fefa niandry ny lalà-marinao aho.⁴⁴ Hitandrina ny lalanao hatrany aho, mandrakizay doria.⁴⁵ Handeha ampilamignana aho, fa mitadia ny fampenaranao.⁴⁶ Hitarona momba ny didy masinao eo anatrehan'ireo mpanjaka iaho ka tsa ba ho menatsa.⁴⁷ Mamiko ny didinao, ze hajaiko fatratsa.⁴⁸ Hanandratsa ny tagnako amin'ny didinao zay tiako; hisaintsaina ny lalanao iaho. ZAINA.⁴⁹ Tsarovy ny fampagnatigniana tamin'ny mpanomponao satria namenao fagnatigniana iaho.⁵⁰ Izao ro fiononana ho ahy amin'ny fahoriako; ny fampagnatigniana ro mbola nahavelogna ahy.⁵¹ Nagnesoeso ahy ny mpirehareha, kanefa iaho tsa ba niala tamin'ny lalanao iaho.⁵² Nieritseritra momba ny lalà-marinao fahizay aho, ry Yaveh, ka mampahery ny tagnako.⁵³ Nitagna anahy ny fahatizerana mahamay nohon'ny ratsy fagnahy zay mandà ny lalanao.⁵⁴ Ireo didnao ro hirako tao amin'ny trano zay hitoerako vetivety foagna.⁵⁵ Misaintsaina ny Agnaranao mandritsy ny aligna iaho, ry Yaveh, de mitandrigna ny ny lalanao.⁵⁶ Izay ro fataoko satria nitandrigna ny fampianaranao iaho. HETA.⁵⁷ Yaveh ro anjarako; efa niniaiviko ny hitandrigna ny raha notarogninao.⁵⁸ Mitadia fatratsa ny sitrakao amin'ny foko manotolo iaho; miantrà anahy, araka ny nampagnatignain'ny teninao.⁵⁹ Nodinihiko ny lalako eko nagnolaka ny tongotso ho eo amin'ny didi-pagnikenao.⁶⁰ Meka aho sady tsa mitaredretsa amin'ny fitandremana ny didinao.⁶¹ Nanitogna anahy ny tadin'ny ratsy fagnahy; fa tsa nagnadigno ny lalanao aho.⁶² Amin'ny sasak'aligna ro hitsanganako hagnome fisaorana Anao nohon'ny lalanao marina.⁶³ Naman'ze magnaja Anao iaho, de ze mitandrigna ny fampenaranao.⁶⁴ Feno ny famindram-ponao ny tany, ry Yaveh; ampianaro ny didinao iaho. TETA.⁶⁵ Ry Yaveh o, nasianao soa ny mpanomponao, tamin'ny alalan'ny taronao.⁶⁶ Ampianaro anahy ny fahaiza-magnavaka soa sy ny fahazavan-tsainga, fa efa ninoako ny didinao.⁶⁷ Talohan'ny nampahoriana anahy de naniafia iaho, fa zizao de mitandrigna ny teninao aho.⁶⁸ Tena soa sady mpanao soa Agnao, eko de Agnao rery ro manao ny soa; ampianaro ny didinao iaho.⁶⁹ Namandrika anahy tamin'ny lenga ny mpiavognavogna, feny mitandrigna ny fampianaranao amin'ny fokop manotolo iaho.⁷⁰ Mihamahery ny fon-dreo, fa mamiko ny lalanao.⁷¹ Soa hiany iaho nampijaliana mba hianarako ny didinao.⁷² Ny fampianarana hatamin'ny vavanao de sarobidy lavitsa mihoatsa ny volamena sy volafotsy an'arivony ho anahy. JODA.⁷³ Ny tagnanao ro nagnamboatsa sy namolavola anahy; omeo fahazavantsaina iaho mba hianarako ny didinao.⁷⁴ Reo ze magnaja Anao de ho faly sy mahita anahy satria de amin'ny tarognanao ro ahitako fagnatignana.⁷⁵ Asio fangorahana aminahy mba ho velogna aho, feny ny lalanao ro tiako.⁷⁶ Aoka ho megnatsa ny mpirehareha, fa nendrikendrihin-dreo iaho; fe iaho hisaintsaina ny fampianaranao.⁷⁷ Hierika aminahy anie reo ze magnaja Anao; de ze mahafantatsa ny ny didim-pagnikenao.⁷⁸ Tsa hisy tsigny ny foko nohon'ny lalana mba tsa ho megnatsa aho. KAFA.⁸¹ Ketraetraky ny fiandrazana fatratsa ny hamonjenao anahy iaho! Eko amin'ny taronao ro hanagnako fagnatigniana.⁸² Magniry fatratsa ny hahita ny fampagnatignanao ny masoko; sy viana Agnao ro hampionona anahy? ⁸³ Fa roso salan'ny sinin-divay hoditsa agnaty setroka iaho; fa tsa nagnadigno ny lalanao iaho.⁸⁴ Mandra-pahoviana ro hiaretan'ny mpanomponao an'zao; sy viana Agnao vo hitsara an'ny ze magnenjika anahy? ⁸⁵ Nihady lavaka ho anahy ny mpirehareha, sady nanohitsa ny lalanao.⁸⁶ Azo ianteherana aby manotolo ny didinao; magnenjika anahy amin-tsa antony reo ona reo; apeo aho.⁸⁷ Efa seky nanapitsa ny aiko teto an-tany reo, feny tsa mahafao ny fampianaranao iaho.⁸⁸ Amin'ny fitiavanao tsa mivadika, vilomy iaho, mba hankatoavako ny didinao. LAMEDA.⁸⁹ Yaveh o, mitoatsa mandrakizay ny teninao; miorigna mandrakizay agnan- dagnitsa ny teninao.⁹⁰ Maharitsa ho an'ny taranaka aby manotolo ny fahatokiana; Agnao ro nagnorigna ny tany ery mitoatsa zey.⁹¹ Mitohy mandrak'androany ny raha aby, araky ze voalazanao amin'ny lala-marinao, fa mpanomponao ny raha aby.⁹² Lehe ysa sitrako ny didinao de efa matin'ny fahoriako iaho tahak'izey.⁹³ Tsa ho adignoko mandrakizay ny fampianaranao, fa tamireo ro namilomanao anahy.⁹⁴ Anao iaho; vonjeo iaho, fa mikatsaka ny fampianaranao.⁹⁵ Mivognona hamotika anahy ny ratsy fagnahy, fa hikatsaka ny didim-pagnikenao aho.⁹⁶ Hitako fa misy fetra aby manotolo ny raha aby, fa midadasika, tsa misy fetra ny didinao. MEMA.⁹⁷ Endriaho ny fitiavako ny lalanao! Izey

Chapter 12

ro saintsaigniko tontolo andro. ⁹⁸ Mahendry anahy mihoatsa ny fahavaloko ny didinao, fa miaraka aminahy mandrakariva ny dididnao. ⁹⁹ Managna fahazavan-tsaïna mihoatsa an'reo mpampianatsa anahy aby iaho, fa misaintsaïna ny didim-pagnikenao. ¹⁰⁰ Mahatakatsa mihoatsan' reo be taogna noho iaho aho; satria nitandrigna ny fampianaranao iaho.

Chapter 12

¹ Ho an'ny mpiventy hira; natao tamin'ny Al-hasheminit. Salamo nataon'i Davida. Vonjeo, ry Yaveh, fa tsa misy koa ny soa fagnahy; nanjavogna ny mahatoky. ² Samy mitarotaro-poagna amin'ny mpiara-monigna amin'ny molotsa mandoka sy fo miroaroa ny ona aby. ³ Yaveh o, aringano ny molotsa mpiatsaravelatsihy, ny lela aby samy hitarogna reo zava-marina. ⁴ Reo de ze nitarogna hoe: "Ny lelanay ro hampandresy anay. Lehe mitarogna ny molotsay, ia ro afaka handidy eo aminay?" ⁵ Nohon'ny herisetra atao amin'ny ory, nohon'ny senton'ny mahantra, de hitsangagna Iaho," hoy i Yaveh. Hagnome filaminana ze irindreo fatratsa iaho." ⁶ Reo taron'Yaveh de tarogna madio, dekoa volafotsy voarendrika im-pito. ⁷ Agnao ro Yaveh! Niaro andreo Agnao. Miaro ny ona soa fagnahy amizao taranaka ratsy fagnahy zao mandrakizay Agnao. ⁸ Mandeha na aia na aia ny ratsy sy misandratsa amin'ny zanak'olombelogna ny ratsy.

Chapter 120

¹ Hira fiakarana. Nangaika an'i Yaveh iaho tagnatin'ny fahoriako, ko namaly anahy I. ² Avoto ny aiko, a Yaveh, amin'ny ze mandenga amin'ny sominy sy mandiso fagnatignana amin'ny lelany. ³ Akory ny fomba fagnasaziana anareo, eko ina ro vona hataony anareo, agnareo ze managna lela mpandenga? ⁴ Ho saizany amin'ny zana-tsipikan'ny mpiady norangitina tamin'ny vainafon'anjavidy agnareo. ⁵ Lozako fa nitoatsa vonjimeka tao Maseka iaho; taloha aho nitoatsa tamin'ny lain'ny Kedarita. ⁶ Efa niaïna maharitsa niaraka tamireo ze mankahala filaminana iaho. ⁷ Iaho de te filaminana, feny sy mitarogna aho, de hoamin'ny ady reo.

Chapter 121

¹ Hira fiakarana. Hanopy ny masoko an-tendrombohitsa aho. Hataïa moa ny famonjena anahy? ² Ny famonjena anahy de hatamin'i Yaveh, ze nahary ny lagnitsa sy ny tany. ³ I de tsa hamela ny tognotsao hiborisaka; i ze miaro anao de tsa ho remana. ⁴ Itito, ny mpiandrin'Israely tsa mba rendrehana na matory mihintsy. ⁵ Yaveh ro mpiandry anao; Yaveh ro aloka ankavagnanao. ⁶ Tsa hanimba anao ny masoandro sy atoandro, na ny volagna sy aligna. ⁷ Yaveh hiaro anao amin'ny loza, eko hiaro ny aïnao aby I. ⁸ Yavah hiaro anao amin'ny raha aby ataonao androany ko ho mandrakizay.

Chapter 122

¹ Hira fiakarana, nataon'i Davida. Faly iaho sy nitarogna taminahy reo hoe: "Andao atsika ho ao an-dragon'i Yaveh." ² Ra Jerosalema, ny tongonay de migadogna ato amin'ny vavahadin'ao! ³ Ra Jerosalema, ze namboarina dekoa tanàna voalamina soa! ⁴ Reo fokon'i Yaveh nagnanika tagny Jerosalema, mba ho vavolombelogna ho an'Israely, hagnomezana fisaorana ny agnaran'i Yaveh. ⁵ Natoatsa tagny reo seza fiandriagnan'ny fitsarana, seza fiandriagnan'ny tragnon'i Yaveh. ⁶ Mivavaha ho amin'ny fiadagnan'i Jerosalema! "Oka ze tianao hanagna fiadagnana. ⁷ Oka hisy fiadagnana ao amireo manda ze miaro anao, eko reo hanagna fiadagnana ao amin'ny fiarovana mafinao." ⁸ Ho an'reo rahalahiko sy reo namako de hitarogna aho hoe: "Ho eo aminareo anie ny fiadagnana." ⁹ Ho an'ny tragnon'i Yaveh Andriamagnitsika, de hitadia ny mahasoana anareo aho.

Chapter 123

¹ Fihirana fiakarana. Aminao ro hanandratako ny masoko, Agnao ze mitoatsa amin'ny seza fiandrianana agny andagnitsa. ² Eto, lehe mijaha ny tagnan'ny tompony ny mason-dreompanompo lahy, lehe mijaha ny tagnan'ny tompovaviny ny mason-dreo mpanompo vavy, de mijaha an'i Yaveh Andriamagnitsika ny masotsika mandra-mpamindràny fo amitsika. ³ Manàgna famindram-po aminay, Yaveh o, manàgna famindram-po aminay, fa feno fagnalam-baraka agnay. ⁴ Mihoatsa lavitsa noho ny feno ny fagneson'ny mpagnivaïva sy ny fagnamavoan'ny mpirehareha agnay.

Chapter 124

¹ Fihirana fiakarana; nataon'i Davida. "Lehe tsa teo agnilatsika i Yaveh," de oka Israely hitarogna hoe: ² "Lehe tsa Yaveh ro teo agnilatsika sy nitsangagna nanohitsa atsika ny ona, ³ de nihinagna atsika velogna reo sy nirehitsa tamitsika ny fahasoran-dreo. ⁴ Mety efa finafan'ny rano atsika; eko nanafotsa atsika ny riaka. ⁵ Sy ahateo ny rano misamboaravoara nahafaty atsika. ⁶ Isaorana anie Yaveh, zey namela atsika ho rembin'ny nifin-dreo. ⁷ Efa afaka nilefa salan'ny vorogna teo amin'ny fabdriky ny mpihaza atsika; simba ny fandrika, eko afaka nilefa atsika. ⁸ Ao amin'i Yaveh, ze nahary ny lagnitsa sy ny tany ro famonjena atsika.

Chapter 125

¹ Fihirana fiakarana. Reo ze matoky an'i Yaveh de salan'ny Tendrombohitsa Ziona, tsa azo hozongozognin, maharitsa mandrakizay. ² Salan'ny tendrombohitsa magnodidigna an'i Jerosalema, ro hiodidignan'i Yaveh ny vahoakany ankehitriny sy mandrakizay. ³ Tsa tokony hanapaka ao amin'ny tanin'ny marina ny tehin'ny mpanao rarsy. Lehe tsa zey de mety hanao ratsy ny marina. ⁴ Manaova ny soa, amireo ze soa sy reo ze mahitsy am-po reo. ⁵ Fa lehe ny amin'ny ze miala amin'ny lalan-dratsiny reo, de hitarika lavitsa an'reo mpanao ratsy Yaveh. Ho amin'Israely anie ny fiadagnana.

Chapter 126

¹ Fihirana fiakarana. Lehe sy nagnapody ny haren'i Ziona i Yaveh, de koa magnonofy tsika. ² Sy ahateo de feno hehy ny vavatsika ary feno hira ny lelatsika. De hoy reo tamireo firenena hoe: "Nanao raha lihibe ho an-dreo Yaveh." ³ Nanao raha lihibe ho atsika Yaveh; hendriaho ny hafaleantsika! ⁴ Yaveh o, apodiano ny herinay, salamin'ny riaka ao Negeva. ⁵ Reo ze mamafy am-pitomagniana de hijinja amin'ny hiakam-pifaliana. ⁶ Ze mandeha mitagny, mitondra voa hafafy, de hipody amin'ny hikam-pifaliana ndraika, mitondra ny amboarany miaraka aminazy.

Chapter 127

¹ Fihirana sy fiakarana, nataon'i Solomona. Lehe tsa Yaveh ro magnorigna ny tragno, de miasa foagna reo, ze magnorigna an'izay. Lehe tsa Yaveh ro miambigna ny tanàna, de mijoro miambigna foagna ny mpiambigna. ² Raha tsa mitihoka ho anareo ny mifoha maraigna, sy hody tara agny an-dragno, leko hihinagna ny mofon'ny asa mafy, satria Yaveh ro magnome ho an'ny malalany lehe matory reo. ³ Tito, lova hatamin'i Yaveh ny zanaka, ary ambany avy Aminazy ny vokatsy ny troka. ⁴ Tahaka ny tsipika egny an-tagnan'ny mpiady, de salamin'ny zay koa reo zanaky ny fahatanorana. ⁵ Akory ny hasambaran'ny ona ze managna ny tragnon-jana-tsipikany feno an'reo. Tsa ho megnatsa i sy miatrika ny fahavalony eo am-bavahady.

Chapter 128 Fihirana fiakarana.

¹ Tretrika aby ze magnome voninahitsa an'i Yaveh, ze mandeha amin'ny lalany. ² Ze omen'ny tagnanao, de akafizinao; ho tretrika sy hambinina agnao. ³ Ho salamin'ny voaloboka mamokatsa ao an-dragonao ao ny vadinao; ho salamin'ny zanak'oliva reo zanakao lehe mitoatsa magnididigna ny latabatsao ireo. ⁴ Eka, ho tretrika tokoa ny ona ze magnome voninahitsa an'i Yaveh. ⁵ Hitahy anao hatao Ziona anie Yaveh; hahita ny fagnambignan'i Jerosalema mandritsy ny androm-piagnanao aby manotolo anie agnao. ⁶ Ho velogna anie agnao mba hahita reo zafikelinao. Ho amin'Israely anie ny fiadagnana.

Chapter 129 Fihirana fiakarana.

¹ Aoka Israely hitarogna hoe: "Matetika hatamin'ny fahatanorako de nanafika anahy reo." ² "Matetika hatamin'ny fahatanorako de nanafika anahy reo, feny tsa nandresy anahy reo. ³ Nihady ny lamosiko reo mpihady; nataon-dreo lava ny vavaasany. ⁴ Marina Yaveh; nanapaka ny tadin'ny ratsy I. ⁵ "Aoka ho alam-baraka aby reo ary hipody, de reo ze mankahala an'i Ziona. ⁶ Ho salamin'ny ahitsa egny an-tampon-tragno ze malazo mialohan'ny hitomboan'ny zay anie reo, ⁷ ze tsa afaka mameno ny tagnan'nympinjinja na ny tratran'ny ze mifehy amboara. ⁸ Aoka reo ze mandalo tsa hitarogna hoe: "Avilao ho aminao ny tso-dranon'i Yaveh; mitso-drano anao amin'ny aagnaran'i Yaveh agnay."

Chapter 13

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Maharitsa hafirina, Yaveh o, ro hagnadinoanao ny momba anahy? Maharitsa hafiriana, ro hagnafenanao ny tavanao aminahy? ² Maharitsa hafiriana, ro tsa maintsy hatahorako sy hanagnako alahelo am-po isan'andro? Maharitsa hafiriana ro handrisen'ny fahavaloko anahy? ³ Jireo aho de valio, ry Yaveh Andriamagnitso! Omeo hazavana ny masoko, nge aho ho renoka ao amin'ny fahafatesana. ⁴ Ny fahavaloko aza avela hitarogna hoe: "efa nandavo an'azy aho, mba tsy hahafahan'ny fahavaloko mitarogna hoe: efa nandresy teo amin'ny rafiko aho." Lehe tsa izay, de hifaly reo fahavaloko sy lavo iaho. ⁵ Fa matoky ny famindram-ponao aho; mifaly amin'ny famonjena ny foko. ⁶ Hihira ho an'i Yaveh aho satria tena nalala taghana taminahy Izy.

Chapter 130

¹ Fihirana fiakarana. Nangaika Anao tao amin'ny laligna aho, Yaveh. ² Tompo o, hinò ny feoko; hiaignako soa ny fangatahako famindram-po ny sofinao. ³ Lehe mandinika heloka Agnao, Yaveh, de ia ro hahatsangagna, ry Tompo? ⁴ Fa misy familàna miaraka Aminao, mba ho voazaha Agnao. ⁵ Miandry an'i Yaveh aho, miandry ny fagnahiko, de magnategna ny raha tarogniny aho. ⁶ Miandry ny Tompo mihoatsa noho ny mpiambigna miandry ny maraigna ny fagnahiko. ⁷ Ra

Chapter 131Fihirana fiakarana; nataon'i Davida.

Israely, magnztegnà an'i Yaveh. Mpamindra fo Yaveh, ary tena vognona hamela I. ⁸ I ro hagnavotsa ny Israely amin'reo fahotana aby manotolo.

Chapter 131Fihirana fiakarana; nataon'i Davida.

¹ Yaveh o, tsa mibohaboha ny foko na miavognavogna ny masoko. Tsa managna fanatigniana lihibe ho an'ny tagnako aho na miahiahy ny tagnako amin'reo raha ze mihoatsa anahy. ² Fa nampionogna sy nampangigna ny fagnahiko tokoa aho; salan'ny zaza nisara-nono tamin-dreniny, ny fagnahiko ao agnatiko ao de salan'ny zaza nisara-nono. ³ Ra Israely o, magnatignà an'i Yaveh ankehitriny ary mandrakizay.

Chapter 132Fihirana fiakarana.

¹ Yaveh, nohon'ny amin'i Davida de tsarò aby reo fahoriany. ² Tsaro ny fomba nianiagnany tamin'i Yaveh, ny fomba nanaovany voady tamin'ny Maherin'i Jakoba. ³ Hoy i hoe: "Tsa hiditsa ny tragnoko aho na ho ao am-pandreko, ⁴ tsa hagnome torimaso ny masoko aho na fialan-tsasatsa ho an'ny hodi-masoko ⁵ mandra-pahitako toerana ho an'i Yaveh, ny tabernakely ho an'ny Maherin'i Jakoba." ⁶ Ty, nandre momba an'zey tany Efrata agnay; nahita an'zay tagny amin'ny sahan'i Jara atsika. ⁷ Handeha ho agny amin'ny tabernakelin'Andriamagnitsa atsika; hidera agny amin'ny fitoeran-tongony atsika. ⁸ Mitsangàna, Yaveh, amin'ny toeram-pialan-tsasatrao, Agnao sy ny fiaran'ny herinao! ⁹ Ho ampiakanjoana tsa fivadihana anie reo mpisorognanao; hikoka fifaliana anie ze mahatokinao. ¹⁰ Nohon'ny amin'i Davida mpanomponao, de aza miala amin'ny mpanjakanao voahosotsa. ¹¹ Nianiagna azo antoka tamin'i Davida i Yaveh, fianiagnana azo antoka zey tsa ho foagnany hoe: "Hametraka raika amireo taranakao ho amin'ny seza fiandriananao Aho. ¹² Lehe mitagna ny fagnekeko sy reo lalàna ze hapianariko anazy reo zanakao lahy, de hipetraka eo amin'ny seza fiandriananao mandrakizay hiany koa ny zana-dreo. ¹³ Azo antoka fa nifidy an'i Ziona i Yaveh, nagniry anazy ho an'ny toerany I. ¹⁴ "Ty ny toeram-pitsaharako mandrakizay. Honigna eto Aho, fa magniry anazy Aho. ¹⁵ Ho tahiako amin'ny famatsiana be i. Homeko fahafaham-po min'ny mofo ny mahatrandy. ¹⁶ Hampiakanjoako famonjena reo mpisorony, hihiaika fifaliana reo mahatokiny. ¹⁷ Agny ro hanaovako tandroka hitsimoka ho an'i Davida sy hamitrahako jiro ho an'ny voahosotso. ¹⁸ Hampiankanjoako hegnatsa ze fahavalony, fa eo aminazy kosa ro hamirapiratsa ny satro-boninahiny."

Chapter 133Fihirana fiakarana, nataon'i Davida.

¹ Itito, endriaho ny hasoa sy hafinaritsy ny mpirahalaky miara-monigna! ² Sahalamin'ny diloilo soa amin'ny loha araraka eo amin'ny volombava zay! volombavan'i Arona, ary sy avy eo araraka amin'ny moro-tongotsy ny akanjo lavany zay. ³ Salamin'ny andon'i Hermona ze miraraka amin'ny tendrombohitsa Ziona izay. Fa teo ro nandidian'i Yaveh ny fitahiana de fiagnana mandrakizay.

Chapter 134

¹ Fihirana fiakarana. Avia, misaora an'i Yaveh, agnareo mpanompon'i Yaveh manotolo, agnareo ze manompoi mandritsin'ny aligna ao an-dragon'i Yaveh. ² Asandrato agny amin'ny fitoerana masina ny tagnanareo eko misaora an'i Yaveh. ³ Hitahy anareo hatao Ziona anie Yaveh, I Ze nahary ny lagnisa sy ny tany.

Chapter 135

¹ Miderà an'i Yaveh. Miderà ny agnaran'i Yaveh. Miderà Anazy, agnareo ry mpanompon'i Yaveh, ² agnareo ze mijoro ao an-dragon'i Yaveh, so an-kianjan'NY tragnon'NY Andriamagnitsika. ³ Miderà an'Yaveh, fa soa I; mihirà fiderana ho an'ny agnarany, fa mahafinaritsa ny manao an'izay. ⁴ Fa nifidy an'i Yaveh, ary Israely ho fanagnany. ⁵ Fantatsao fa lihibe Yaveh, ary ambonin'ny andriamagnitsa aby ny Tompotsika. ⁶ Leko ina ro ina irian'i Yaveh, de ataony agny an-dagnitsa, eto antany, egn'ny amin'ny ranomasina sy ny rano laligna aby. ⁷ Mitondra ny zavogna avy lavitsa I, manao tselatsa miaraka amin'ny ranon'oragna ary mamoaika ny rivotsa aaavy tao an-dragno fitehirizany. ⁸ Namono ny voalohan-teraky ny Egypta I, leko ny an'ona na ny biby. ⁹ Nandefa famantarana sy fahagagana teo apovoanareo, Egypta I, nanohitsa an'i Frao sy reo mpanompony aby. ¹⁰ Nanafika firenena be sy namono mpanjaka mahery I, ¹¹ de Sihona mpanjakan'ny Amorita sy Oga mpanjakan'i Basana ary reo fanjakana tao Kanana aby manotolo. ¹² Nomeny antsika ho lova ny tanin-dreo, lova ho an'Israely vahoakany. ¹³ Ny agnaranao, ry Yaveh, de maharitsa mandrakizay; ny lazanao, Yaveh, de maharitsa manderagna ny taranaka aby. ¹⁴ Fa miaro ny vahoakany Yaveh ary managna fangoraham-po amireo mpanompony. ¹⁵ Ny sampin'ny firenena de volafotsy sy volamena, asan'ny tagnan'ny ona reo. ¹⁶ Manam-bava reo sampy reo, fa tsa mitarogna; mana-maso, fa tsa mahita; ¹⁷ manan-tsofigna, fa tsa mandre, ary tsa misy fofon'aigna ambavany ao. ¹⁸ Reo ze manao azy reo de salamin-dreo, salan'ny ona aby ze mahatoky andreo. ¹⁹ Ry taranak'Israely, misaora an'i Yaveh; ry taranak'i Arona, misaora an'i Yaveh. ²⁰ Ry taranak'i Levy, misaora an'i Yaveh; agnareo ze magnome voninahitsa an'i Yaveh, misaora an'i Yaveh. ²¹ Isaorana anie Yaveh agny Ziona, I ze monigna agny Jerosalema. Miderà an'i Yaveh.

Chapter 136

¹ Manolora fisaorana ho an'i Yaveh; fa soa I, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ² Manolora fisaorana ho an'Andriamagnitsy ny reo andriamagnitsa, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ³ Manolora fisaorana ho an'ny Tompon'ny tompo, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ⁴ Manolora fisaorana ho Anazy fa I rery hiany ro manao raha mahazendagna lihibe, fa mandrakizay ny famindram-pony! ⁵ fa tamin'ny fahindrena ro nanaovany ny lagnitsa, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony ⁶ Manolora fisaorana ho Anazy ze namelatsa ny tany ambonin'ny rano, fa mandrakizay ny famindram-pony!

⁷ Ho Anazy ilay nanao fahazavana lihibe, fa mandrakizay ny famindram-pony. ⁸ Manolora fisaorana ho Anazy ze nagnome ny masoandro mba hanapaka amin'ny andro, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ⁹ ny volagna sy ny kitagna mba hanapaka amin'ny aligna, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ¹⁰ Manolora fisaorana ho Anazy ze namono ny lahimatoan'i Egipta, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ¹¹ de nitondra an'Israely nienga avy teo amireo, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ¹² tamin'ny tagnany mahery sy sandry nisandratsa, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ¹³ Manolora fisaorana ho Anazy ze nagnasaraka ny Ranomasina Mena, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ¹⁴ sy nampitsaka an'Israely teo anelanelan'zay, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ¹⁵ Fa nandrendrika kosa an'i Farao sy ny tafiny tao namin'ny Ranomasina Mena, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ¹⁶ Magnomeza fisaorana ho Anazy e nitarika ny onany tagny agn'efitsa, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ¹⁷ sy ho an'ny ze namono reo mpanjaka lihibe, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ¹⁸ Manolora fisaorana ho Anazy ze namono reo mpanjaka malaza, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony, ¹⁹ de i Sihona mpanjakan'ny Amorita fa mandrakizay ny famindram-pony! ²⁰ Sy i Oga mpanjakan'i Basana, fa mandrakizay ny famindram-pony. ²¹ Manolora fisaorana ho Anazy ze nagnome ny tanin-dreo ho lova, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony, ²² de lova ho an'Israely mpanompony, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony, ²³ ho Anazy ze nahatsiaro antsika sy namonjy antsika tamin'ny fahafahambarakantsika, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ²⁴ Manolora fisaorana ho Anazy ze efa nagnome fandresena antsika teo amin'ireo fahavalotsika, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony! ²⁵ de ze magnome hanina ho an'ny zava-managn'aigna aby, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony. ²⁶ Oh, magnomeza fisaorana ho an'Andriamagnitsy ny lagnitsa, fa maharitsa mandrakizay ny famindram-pony.

Chapter 137

¹ Tegny amoron'ny reniranon'i Babylona agnay ro nitoatsa sy nitagny lehe nahatsiaro ny momban'i Ziona. ² Teo amin'ny hazomalahelo ro nagnatognanay reo harpa anay tagny. ³ Tagny ro nangatahan-dreo mpambabo anay hihira, ary reo ze magnesio anay de nangataka anay mba hifaly, nanao hoe: "Manao hira raika amin'ireo hiran'i Ziona ho anay." ⁴ Akory ro hahafahanay manao ny hira mombab'i Yaveh aty amin'ny tany hafa? ⁵ Lehe magnadigno anao aho, Jerosalema, de avilao tsa hahay hitendry ko a ny tagnako ankavagnana. ⁶ Apitraho ny lelako hirekitsa amin'ny lagnilagniko lehe tsa mieritseritsa anao koa aho, lehe tsa te an'i Jerosalema mihoatsa ny tiako indrindra aho. ⁷ Tsarovy, Yaveh, ze nataon'i Edomita tamin'ny andro naharava an'i Jerosalema. Hoy reo: "Potipoteho zay, ravao hatamin'ny fotony." ⁸ Ra zanaka vavin'i Babylona, tsa ho ela de ho rava, aoka ho tahiana ny ona, ze ona mamaly ny amin'ny ze efa nataonao anay. ⁹ Hotahiana anie ny ona, ze magnalaka ary manorotoro ny zanakareo amin'ny vatolampy.

Chapter 138 Salamo nataon'i Davida.

¹ Hagnome fisaorana Anao amin'ny foko manotolo aho; eo agnatrehan'ny reo andriamagnitsa ro hihirako fiderana ho Anao. ² Hiankohoka eo amin'ny tempolinao masina aho ary hagnome fisaorana ny agnaranao ny amin'ny fagnekenao mahatoky sy ny amin'ny fahamendreham-pakiana. Nanao ny taronao sy ny agnaranao ho raha lihibe mihoatsa ny raha hafa aby Agnao. ³ Tamin'ny andro nangehako Anao, de namaly anahy Agnao; nampahery sy nampatanjaka ny fagnahiko Agnao. ⁴ Hagnome fisaorana Anao aby ny mpanjakan'ny tany, Yaveh, fa handre reo tarogna hatamin'ny vavanao reo ⁵ Eka tokoa, hihira ny asan'i Yaveh ireo, fa lihibe ny voninahits'i Yaveh. ⁶ Fa leko avo aza i Yaveh, de vona miahay reo ze manetry tegna, fa ny mpirehareha kosa de fantany hategny lavitsa egnny. ⁷ Leko roso egnny ampovoan'ny loza aza aho. de hiaro ny aiko Agnao; hagnijitsa ny tagnanao hanohitsa ny fahatizeran'ny fahavaloko Agnao, ary hamonjy anahy ny tagnanao ankavagnana. ⁸ Momba anahy hatamin'ny farany Yaveh; ny famindram-ponao, Yaveh, de maharitsa mandrakizay. Aza mahafay reo ze nataon'ny tagnanao.

Chapter 139

¹ Ho an'i mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Rô Yaveh, efa nandinika anahy Agnao, ery fantatsao aho. ² Fantatsao aho lehe mitoatsa sy lehe mitsangagna; takatsao hategny lavitsa egnny ny fisaiganao. ³ Mandinika ny lalako sy ny fandreko Agnao; mahafantatsa soa ny lalako aby manotolo Agnao. ⁴ Fa talohan'ny nisian'ny tarogna teo amin'ny lelako, de fantatsao tateraka zey, Yaveh. ⁵ Mahodidigna eo alohako sy ao afarako Agnao ery mametraka ny tagnanao aminahy. ⁶ Ny fahalalana salamin'ny zay de sarotsa loatsa aminahy, sady ambony loatsa, ko de tsa takatso zey. ⁷ Aia ro hialako amin'ny fagnahinao? Aia ro hilifasako amin'ny fagnatrehanao? ⁸ Lehe magnanika agny an-dagnitsa aho, de agny Agnao; lehe manao ny

fandreko agny amin'ny fiagnan-tsa hita aho, de io fa agny Agnao.⁹ Lehe mitsidigna amin'ny elatsy ny maraigina aho de mandeha mba hitoatsa agny amin'ny faran'ny ranomasina,¹⁰ ary leko agny aza aho vona hitarika anahy ny tagnanao, ary ny tagnanao ankavagnana hiazogna anahy.¹¹ Lehe nitarogna aho hoe: " Hanafotsa anahy tokoa ny aizigna, ary ny hazavana ho tonga aligna magnodidigna anahy,"¹² na ny aizigna aza de tsa ho maizigna aminao. Ary ny aligna hibaliaka tahaka ny andro, fa aminao de mitovy ny aizigna sy hazavana.¹³ Agnao ro namorogna ny tao agnatiko; nofinorognanao tao an-kibon-dreniko aho.¹⁴ Hidera Anao aho, fa mahatalanjogna ny nanaovanao anahy. Fantatsy ny fagnahiko soa tokoa zey.¹⁵ Tsa nisitrika taminao ny taolako vana natao tao amin'ny miafigna aho, vana vinolavola fatratsa tagny amin'ny laligna tagny iaho.¹⁶ Nahita anahy tao am-bohoka Agnao; efa voarakitsa ao amin'ny bokinao leko vona tsa nitranga aza ny voalohany, ny andro voatondro ho anahy aby.¹⁷ Eh tsa mba takatsy ny saiko ny hasarobidin'ny fiheveranao, Andriamagnitsa! Akory ny haben'ny fitambarandreo!¹⁸ Lehe andramako isaina reo, de be an'isa nohon'ny fasika. Sy mifoha aho, de vona miaraka Aminao.¹⁹ Lehe mba hamono ny ratsy fagnahy Agnao, Andriamagnitsa; de Mialà aminahy, agnareo ona mahery setra.²⁰ Mikomy aminao reo ary mamely am-pitaka; milaza lenga reo fahavalonao.²¹ Moa ve tsa mankahala, reo ze mankahala Anao aho, Yaveh? Moa ve tsa manao tsinotsinona reo ze mitsangagna hanohitsa Anao aho?²² Mankahala anazy reo tanteraka aho; efa roso fahavaloko reo.²³ Diniho aho, Andriamagnitsa o, de fantaro ny foko; zahao toetsa aho ka fantaro ny fisaignako.²⁴ Jereo lehe misy fahazaran-dratsy ato agnatiko, ary tariho amin'ny lalagna mandrakizay iaho.

Chapter 14

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Ny gegy manmao anakamm-po hoe: "Tsa misy Andriamagnitsa." Simba saigna reo de efa nanao heloka fahavetavetana; Tsa misy² Miondria mijery ny zanak'olombelogna hatagn'andagnitsa Yaveh mba hizaha lehe misy mahafantatsa, sy mitadia an'Azy.³ Samy efa niolaka aby reo. Samy simba toe-tsaigina aby. Tsa misy manao ny soa, tsa misy, leko raika aza.⁴ Tsa mahafantatsa na ina na ina ve reo, ze mpanao meloka, reo ze mihinagna ny onako sahalamin'ny mihinagna mofo nefa tsa mangaika an' i Yaveh?⁵ Tera-kovitsa noho ny tahotsa reo, satria Andriamagnitsa de momba ny fiangoganan'ny marina!⁶ Magniry agnao ny hapahamegnatsa ny ona mahantra leko Yaveh aza ro fialofany.⁷ Endrey, zao famonjena ny Israely zey ho avy agny Ziona! Lehe mitondra ny vahoakany hatagny fahababoany Yaveh, de ho ravo Jakoba de ho faly aby manotolo ny Israely!

Chapter 14 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida.

¹ Yaveh o, vonjeo amin'ny ratsy fagnahy aho ; arovy amin'ona mahery setra aho.² Mikasa ratsy ao am-pony reo; manangagna ady isan'andro reo.³ Mandratsa salamin'ny bibilavany lelan-dreo; ny poizin'ny menarana ro eo amin'ny molony. Sela⁴ Arovy amin'ny tagnan'ny ratsy fagnahy aho. Yaveh; arovy amin'ona mahery setra ze mikasa ny hamandrika anahy aho.⁵ Efa nametraka fandrika ho anahy ny mpirehareha; efa nampielany ny harato reo; efa nametraka fandrika ho anahy reo. Sela⁶ Hoy iaho tamin'i Yaveh: " Andriamagnitso Agnao; mihinoa ny tomagnim-piantranao."⁷ Yaveh, Tompoko o, tena afaka mamonjy anahy Agnao; miaro ny lohako amin'ny andron'ny ady Agnao.⁸ Yaveh, aza mamaly ny fagniriana'ny ratsy fagnahy; Aoka tsa hahomby ny teti-dratsin-dreo. Sela⁹ Reo ze magnodidigna anahy de magnatraka ny lohany; aoka ny fialognandreo hiany ro hanarogna ny somindreo.¹⁰ Aoka hisy vain'afo ho trotraka eo amin-dreo ; atoroaho agnaty afo ao reo, de ao amin'ny lavaka tsa hita noanoa, ko tsa hiarigna koa.¹¹ Aoka ny ona mahay vava tsa hagnamboatsa fitoerana amin'ny tany; aoka ny loza hagnosihosy ny ratsy fagnahy mba hamonoana anazy ho maty.¹² Fantako fa hitsara ny ory amin'ny indrafo i Yaveh, ary hagnome rariny ny mahantra.¹³ Azo antoka fa ona marina de hisaotsa ny agnaranao; hiaigina eo amin'ny fagnatrehanao reo ona mahitsy.

Chapter 14 Salamo nataon'i Davida.

¹ Yaveh, mitaraigna Aminao aho; malaky ho aty aminahy. Heno aho sy mangaika Anao.² Aoka ny fivavako ho salamin'ny ditin-kazo magnitsa eo agnatrehanao; aoka ho salamin'ny sorogna hariva ny fanandratako ny tagnako.³ Yaveh, asio mpiambigna eo amin'ny vavako; ambeno ny varavaran'ny somiko.⁴ Aza avela hitsiriritsa ny raha ratsy ny foko na handray anjara amin'ny fahotana miaraka amin'ona ze mitondra tegna ho ratsy. Aza avela hihinagna ny hanim-pindreo aho.⁵ Avelao ny ona marina hamely anahy; fa ho fahalemam-panahy aminahy zay. Aoka hagnitsy anahy i; ho salamin'ny diloilo eo amin'ny lohako zey; aoka ny lohako tsa handà fa hagneky an'zay.⁶ Fa ny fivavako de manohitsa ny asa ratsin-dreo mandrakariva. Hatoraka hategny amin'ny tampon'ny hatsagna reo mpitarika andreo reo; ho ren-dreo fa ny taroko de mahafinaritsa.⁷ De hilaza reo hoe: "Tahaka ny ona miasa sy miady ny saha, de efa voaparitaka tagny am-bava'ny fiainan-tsi hita ny taolanay."⁸ Aminao tokoa ny masoko, Yaveh, Tompo; Aminao ao aho ro hialoka; aza mamela ny fagnahiko tsa hisy mpiaro.⁹ Arovy amireo fandrika ze efa novelarin-dreo ho anahy iaho, amin'ny fandriky ny mpanao ratsy.¹⁰ Aoka ny ratsy fagnahy ho lavo amin'ny haratony lehe milefa aho.

Chapter 14 Maskilan'i Davida, lehe tao agnaty zohy i; Fivavahana.

¹ Amin'ny feoko ro itaraignako famonjena amin'i Yaveh; amin'ny feoko ro iangaviako ny fankasitrahana'i Yaveh.² Loarako

eo alohany ny fitarainako; lazaiko aminazy reo fahoriako. ³ Lehe agnatin'ny fagnahiko, de Agnao mahalala ny lalako. Amin'ny lalagna ze hizorako ro nanitrihany fandrika ho anhy. ⁴ Mijery ny eo ankavagnako aho de mahita fa tsa misy ona miraharaha anahy, tsa misy ona miraharaha anahy; tsa misy ona miraharaha ny fiaignako. ⁵ Nangaika mahery Anao aho, Yaveh; de nanao hoe: " Agnao ro fialofako, anjarako eo amin'ny tanin'ny velogna. ⁶ Heno ny fitarainako,fa ory aho; vonjeo amin'ny mpagnenjika anahy iaho,fa mahery noho iaho reo. ⁷ Ampiangao ao amin'ny tragnomezigna ny fagnahiko mba hahafahako manolotsa fisaorana ny Agnaranao. Hibotry magnodidigna anahy ny ona-marina satria Agnao ro efa soa taminahy."

Chapter 143Salamo nataon'i Davida.

¹ Heno ny fivavako, Yaveh; mihenoa reo fangatahako. Nohon'ny fahatokiana sy ny fahamarinanao, de mamalia anahy! ² Aza tsarina ny mpanomponao, sarta eo imasonao de tsa misy ona-marina. ³ Nandoditsa ny fagnahiko ny fahavaloko; nandoditsa anahy hatagny ambanin'ny tany i; nampitoatsa anahy tamin'ny fahamaizignana salamin'ny maty efa ela i. ⁴ Rokaka agnty ny fagnahiko;mamoy fo aho. ⁵ Mahatsiaro reo andro fahiny iaho; misaintsaina reo asanao aby iaho; misaintsaina reo raha vitanao. ⁶ Mamelatsa ny tagnako ho Anao amin'ny vavako aho; mangetaheta Anao ny fagnahiko agny amin'ny tany karakaina. Sela ⁷ Malaky hamaly anahy,Yaveh o, fa rokaka ny fagnahiko. Aza manitrika ny tavanao aminahy, lehe tsa zey de ho roso salamin'ny ze mitsidigna agny an-davaka iaho. ⁸ Avilao ho reko ny famindram-ponao amin'ny maraigina, satria matoky anao iaho. Atoro anahy ny lalagna ze tokony handehanako, fa manandratsa ny fagnahiko aminao aho. ⁹ Avoto amin'ny fahavaloko aho Yaveh; milefa ho egny aminao aho mba hiery. ¹⁰ Ampianaro aho ho hanao ny sitraponao, fa Andriamagnitso Agnao. Ny Fagnahinao soa anie hitarika anahy agny amin'ny tanin'ny fahitsiana. ¹¹ Yaveh o' noho ny amin'ny agnaranao, tano ny fahavelomako; amin'ny fahitsiana fero miala amin'ny fahoriana ny fagnahiko. ¹² Amin'ny famindram-ponao alao ny fahavaloko ary aringano aby ny fahavalon'ny aiko,fa mpanomponao aho.

Chapter 144

¹ Ho deraina anie Yaveh, vatolampiko, ze nagnofagna ny tagnako ho amin'ny ady eko ny ratsan-tagnako ho amin'ny ady. ² Agnao ro fagnekeko mahatoky sy fiarovana mafy ho anahy, fiarovana avo ho anahy sy ny mamonjy anahy ampingako sy fialofako, ny mampietry ny firenena eo ambaniko. ³ Yaveh o, ina ze ona ro ho tsinjonao na ny ny zanak'ona ro hiheveranao anazy? ⁴ koa fofon'aigana ny ona; salan'ny aloka mandalo reo androny. ⁵ Vohao ny lagnitsa ko mirorogna,ra Yaveh ;kasiho reo tendrombohitsa ko am-pagnetroy. ⁶ Andifaso tsela-pahazavana ko aparitaho reo fahavaloko; mitifira amin'ny zana-tsipikanao ko fero mipody amin'ny fifanjevoana reo. ⁷ Ahinjiro hatagn'ambony ny tagnanao; avoty iaho hiala amireo rano be, amin'ny tagnan'ireo ona hafa firenena. ⁸ Ny vavan-dreo mitarogna lenga, eko ny tagnany havagnana de fitaka ⁹ Hihira fihiram-baovao ho Anao iaho, Andriamagnitsa o; amin'ny valiha tory folo ro hihirako fiderana ho Anao, ¹⁰ ze magnome famonjena ho an'reo mpanjaka, ze namonjy an'i Davida mpanomponao tamin'ny sabatsy ny ratsy. ¹¹ Avoto eko afaho amin'ny tagnan'reo ona hafa firenena iaho. Ny vavan-dreo mitarogna lenga, eko ny tagnany havagnana de fitaka. ¹² Ho salan'ny hazo maroroka anie reo zanakay lahy amin'ny fahatanorany eko reo zanakay vavy ho salan'ny vato fehizoro voasokitsa, miendrika dekoa ny ao an-dapa. ¹³ Ny tragno fitehirizanay anie ho feno aby ny karazam-bokatsa, eko ny ondrinay anie hamokatsa an'arivony sy an'aliny ao amin'ny sahanay. ¹⁴ DE hanagn'anaka be ny ombinay. Tsa hisy ona hamaky nny mandanay; tsa hisy sesi-tany eko tsaa hisy fitomagniana eo amin'ny lalanay. ¹⁵ Voatahy ny ona ze managna an'zey fitahiana zey; sambatsa ny ona ze managna an'i Yaveh ho Andriamaniny.

Chapter 145

¹ Salamo fiderana. Nataon'ni Davida. Hanandratsa Anao aho, ry Andriamagnitso, manjakaka o; hankalaza ny Agnaranao aho mandrakizay doria. ² Hankalaza Anao isan'andro aho; hidera ny agnaranao aho mandrakizay doria. ³ Lehibe Yaveh eko mendrika ho deraina ndrindra; tsa takatsy ny saigna ny fahalehibiazany. ⁴ Ny taranaka aby manotolo hidera ny asanao amin'ze mandimby anazy sy hagnambara ny asanao mahery. ⁵ Hisaitsaina ny lazan'ny voninahitsao sy reo asanao mahagaga aho. ⁶ Hitarogna momban'ny hatsaran'ny herin'ny asanao reo, eko hagnambara ny fahalehibiazanao aho. ⁷ Hagnambara ny fitobahan'ny fahasoavanao reo, eko hihira momban'ny fahamarignanao. ⁸ Miantra sy mpamindra fo Yaveh,tsa mora masiaka eko be famindram-po. ⁹ Soa amin'ndraha aby Yaveh; manerana ny asany aby ny fiantrany. ¹⁰ Ze namboarinao de hanolotsa fisaorana ho Anao aby, ra Yaveh; reo mahatokinao hisaotsa Anao. ¹¹ Reo mahatokinao hagnambara ny voninahitsy ny fanjakanao, eko hilaza ny herinao reo. ¹² Hampahafatarin'dreo ny zanak'olombelogna ny herin'ny asan'Andriamagnitsa sy ny hasoan'ny famirapiratan'ny fanjakany. ¹³ Ny fanjakanao de fanjakana maharitsa mandrakizay, eko ny fanapahanao de maharitsa hatamin'ny taranaka aby manotolo. ¹⁴ Yaveh manohagna ze lavo eko manangana ze mitanondrika aby. ¹⁵ Ny mason'ny ona aby miandry Anao; homenao andreo ny haniny amin'ny fotoagna mety. ¹⁶ Mamelatsa ny tagnanao Agnao eko mahafapo ny fagnirian'ny zava-managn'aigna aby. ¹⁷ Marina Yaveh amin'ny lalany eko mpamindra fo amin'ny asa aby ataony. ¹⁸ Agnilan'ny ze mangaika Anazy Yaveh, amin'ze mangaika Anazy amin'ny fahamendreham-pitokiana. ¹⁹ Magnatanteraka ny fagnirian'ny ze magnaja Anazy I; mandre ny fitaraignan-dreo I

eko mamonjy an-dreo.²⁰ Miambigna an'ze te Anazy Yaveh, fa ho ravany aby ny ratsy fagnahy.²¹ Hagnambara fiderana an'i Yaveh ny vavako; oka ny olombelogna aby hidera ny agnarany masina mandrakizay doria.

Chapter 146

¹ Miderà an'i Yaveh. Miderà an'i Yaveh, to fagnahiko. ² Hagnome fiderana ho an'i Yaveh aho amin'ny fiaignako manotolo; hihira fiderana ho an'Andriamagnitsa aho lehe vona miagna madigna. ³ Aza mametraka fitokiana amin'ny reo andriana na ny olombelogna, amin'ze tsa misy famonjena. ⁴ Sy miegnina ny fofon'ain'ona, de hody amin'ny tany i; amin'zey andro zey ro tapitsa ny fikasany. ⁵ Tretrika ze managna an'Andriamagnits'i Jakoba hagnampy anazy, ze managna fagnategnana ao amin'i Yaveh Andriamagniny. ⁶ Nanao ny lagnitsa sy ny tany Yaveh, ny ranomasina, sy ze aminazy ao aby; mitandrigna fahamendreham-pitokiana mandrakizay I. ⁷ Magnatanteraka fahamarinana ho an'ny nampahoriana I ery magnome hanina ny noana. Magnafaka ny gadra Yaveh; ⁸ Mamoha ny mason'ny jamba Yaveh; Manangagna ny mihohoka i Yaveh; Yaveh te ny ona marina. ⁹ Yaveh miaro ny vahiny amin'ny tany; manandratsa ny kamboty sy ny mpitondratena i, fa manohitsa ny ratsy fagnahy koa. ¹⁰ Hanjaka mandrakizay Yaveh, Andriamagnitsao, ra Ziona, amin'ny taranaka aby manotolo. Miderà an'i Yaveh.

Chapter 147

¹ miderà an'i Yaveh, fa soa ny mihira fiderana an' Andriamagnitsika, tena soa zay,ery mety ny midera. ² Manangagna an'i Jerosalema ndraika Yaveh, mampikambagna ny vahoakan'Israely niely I. ³ Magnasitragna ny torotoro fo i ery mamehy ny ferin-dreo. ⁴ Magnisa ny kitagna i, eko magnome agnarana an-dreo aby. ⁵ Lihibe ny Andriamagnitsika eko mahagaga ny heriny, ny fahazavan-tsainy tsa azo rifesina. ⁶ Manandratsa ny ory Yaveh, eko mampiety ny ratsy fagnahy amin'ny tany. ⁷ Mihirà ho an'i Yaveh amin'ny fisaorana, mihirà fiderana amin'ny lokanga ho an'Andriamagnitsika. ⁸ Manarognany lagnitsa ny amin'ny rahogna I ery magnomagna ranon'oragna ho an'ny tany, mampitsiry ny ahitsa amin'ny tendrombohitsa. ⁹ Magnome hanina ho an'ny biby I ery ny goaika tanora sy mitaraigna igny. ¹⁰ Tsa mahita amin'ny herin'ny soavaly i, tsa mahazo fafinaretana amin'ny tanjaky ny tongotsy ny ona I. ¹¹ Yaveh de mankasitraka reo ze magnaja anazy,ze magnategna ny famindram-pony. ¹² Miderà an'i Yaveh, ra Jerosalema, midera an'Andriamagnitsao, ra Ziona. ¹³ Fa magnamafy ny hidim-bavahadinao I, mitahy ny zanakao eo aminao I. ¹⁴ Mitondra fagnambinana ao agnatin'ny fari-taninao I, mahafapo anao amin'ny vary tritika sao I. ¹⁵ Mandefa ny didny eo amin'ny tany I, ny didiny miridiridy mahery. ¹⁶ Manao ny oram-panala dekoa volon'ondry I, magnely ny fanala dekoa lavelogna I. ¹⁷ Mizara ny havandra dekoa poti-draha I, ia ro hahazaka ny nara halefany? ¹⁸ Mandefa ny didiny I eko mampiempo an'zay, mampienga ny rivotsa ko magororoka ny rano I. ¹⁹ Tinarony amin'i Jakoba ny tarony, ny didiny sy reo lala-mariny amin'Israely. ²⁰ Tsa mba nanao salan'ny zay tamin'ny firene-kafa i,ery amin'ny didiny,de tsa fantan-dreo zey. Midera an'i Yaveh.

Chapter 148

¹ Midera an'i Yaveh. Midera an'i Yaveh, agnareo agny an-dagnitsa ; midera Anazy, agnareo agny amin'ny avo. ² Midera anazy ro anjeliny manotola;midera Anazy,ro miaramilany manotolo. ³ Midera Anazy, ro masoandro amam-bolagna; midera Anazy, ro kitagna mampiratsa aby. ⁴ Midera Anazy, ro avo ndrindra amin'ny lagnitsa eko agnareo rano ze egny ambanin'ny habakabaka. ⁵ Oka hidera ny agnaran'i Yaveh reo, fa I ro nagnome ny didy,eko de nohariana reo. ⁶ Nampitoatsa an-dreo mandrakizay doria I; Nomeny lalana reo ko tsa hiova mihitsy. ⁷ Midera Anazy eto an-tany, agnareo dragogna sy ny ranomasina laligna aby, ⁸ ny afo sy havandra, ny oram-panala sy ny zavogna, ny rivo-mahery magnatanteraka ny teniny. ⁹ Midera Anazy, ro tendrombohitsa sy havoignana,ny hazo mamoa sy sedera, ¹⁰ ny bibidia sy ny voafolaka, reo zava-managn'aigna ze mandady sy reo voro-manidigna. ¹¹ Midera an'i Yaveh, ro mpanjakan'ny tany sy ny firenena manotolo,ro andriana sy ze manapaka eo amin'ny tany, ¹² ro kilongalahy sy kilongavavy, ny atitsa sy ny tanora. ¹³ Oka hidera ny agnaran'i Yaveh reo fa ny agnarany rery hiany ro asandratsa ery ny voninahiny hihitsa amin'ny tany sy ny lagnitsa. ¹⁴ Efa nanandratsa ny tandroky ny onany ho fiderana ho an'ny onany mahatoky I, de ny Israelita, zey vahoaka mariny Anazy. Midera an'i Yaveh.

Chapter 149

¹ Midera an'i Yaveh. Mihira fihiram-baoavao ho an'i Yaveh; mihira fihirana ho Anazy ao amin'ny fiangonan'reo ona mahatoky ² Oka ny Israely hifaly amin'ze nanao anazy; oka ny onan'i Ziona hifaly amin'ny mpanjakan-dreo. ³ Oka reo hidera ny agnarany amin'ny dihy;oka reo hihira fiderana ho anazy amin'ny ampongatapaka sy harpa. ⁴ Fa Yaveh de mankasitraka ny onany; mankalaza ny mpagnetry tegna amin'ny famonjena I. ⁵ Oka ny ona masina hifaly amin'ny fandresena; oka hihira fihiranaao am-pandriany reo. ⁶ Ho amin'ny vavan-dreo anie ny fiderana an'Andriamagnitsa eko ny sabatsa roa lela egny an-tagnany ⁷ mba hagnatanterahana valifaty amin'reo firenena be sy fihetsika magnafay ny ona. ⁸ Handrohy ny mpanjakany amin'ny rojo reo eko ny mana-kaja amin'ny rojovy. ⁹ Hampihatra ny fitsarana ze voasoratsa reo. Zey de ho voninahitsa ho an'ny onany mahatoky aby. Midera an'i Yaveh

Chapter 15

¹ Salamo nataon'i Davida. Yaveh o, Ia ro afaka hiegnina ao amin'ny taberinakelinao? Ia ro afaka honigna eo antendrombohitsao masina? ² De ze mandeha tsa misy tsiny aby, manao ny marina sy mitarogna ny marina amin'ny fony. ³ Tsa magnendrikendrika amin'ny lelany i. Tsa magnisy ratsy ny hafa ary tsa maniratsira ny namany. ⁴ Ny ona tsa mendrika de ho tsinotsinona eo imasony, fa hagnome voninahitsa ze matahotsa an'Yaveh i. Mianiagna amin'ny fahavoazany i ary tsa hamerigna anreo fampagnantegnany. Tsa maka tombony i rehefa mampindram-bola. ⁵ Tsa mandray kolikoly mba hijoroana vavolombelogna manohitsa ny tsa mana-tsiny i. Ze manao anreo raha aby ireo de tsa hangozohozo mihitsy.

Chapter 150

¹ Miderà an'I Yaveh. Miderà an'Andriamagnitsa ao amin' my fitoerany masina; misers Anazy egnny amin'ny habakabaka mahery. ² Miderà anazy amin'ny asany mahery, miderà anazy amin'ny fahalehibiazany mihoapapagna. ³ Miderà Anazy amin'ny fitsarana anjomara; misers Anazy amin'ny lokanga sy ny harpa. ⁴ Miderà anazy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; miderà Anazy amin'ny valiha sy ny sodigna. ⁵ Miderà Anazy amin'ny kipatsogna magneno; miderà anazy amin'ny feo maherin'NY kipatsogna magneno ⁶ Ôka ze manam-pofon'aigna hidera an'iYaveh aby. Miderà an'i Yaveh

Chapter 16

¹ Salamo nataon'i Davida. Arovy iaho, Yaveh, fa mialoka aminao an'iaho. ² Hoy iaho tamin' i Yaveh hoa: "Agnao ro Tompoko; tsa misy soa anagnako akoatsa Anao. ³ Lehe ny amireo ona masina eto an-tany, de mendri-kaja reo, ho andreo aby ny fankasitrahako. ⁴ Ho ampitomboana ny fahorian'reo ze mitadia andriamani-kafa. Tsa mba handraraka fagnati-drà amin'andriamagnin-dreo iaho na hanandratsa ny agnaran-dreo ny molotsa.(somiko). ⁵ Yaveh, Agnao ro anjara voafidiko sy kapoakako. Agnao ro mitagna ny anjarako. ⁶ Eo amireo tany mahafinaritsa ro misy ny voafaritsa ho anahy; anahy tokoa ny lova soa. ⁷ Hisaotsa an'i Yaveh, ze manoro hevitsa anahy iaho; eka leko de amin'ny aligna aza de mampianatsa anahy ny saiko ⁸ . Hataoko eo alohako mandrakariva i Yaveh, mba tsa voahozongozogna eo an-tagnan-kavagnany iaho! ⁹ Noho zey de faly ny foko; ravoravo ny fagnahiko. Hiaigna am-pilamignana tokoa iaho. ¹⁰ Satria tsa hamela ny fagnahiko ho agny amin'ny fiagnana tsa hita Agnao. Tsa hamela ny mahatokinana hahita ny lavaka Agnao. ¹¹ Nampianarinao anahy ny lalan'ny fiagnana; hafalem-be ny eo agnatrehanao; fahafinaretana ny mitoatsa eo an-tagnan-kavagnanao mandrakizay!"

Chapter 17

¹ Vavaka nataon'i Davida. Mihinoa ny fangatahako ny rariny, Yaveh; hino ny antso vonjiko! Atongilagno amin'ny fivavahako hatamin'ny somiko tsa misy fitaka ny sofinao. ² Aoka ho avy eo agnatrehanao ny fitsarana anahy; aoka ny masonao hijery ny rariny! ³ Lehe mijaha toetra ny foko Agnao, lehe avy aminahy amin'ny aligna Agnao, de hagnadigno anahy Agnao eko tsa hahita fikasan-dratsy; tsa hanota ny vavako. ⁴ Ny amin'ny asan'ona, de tamin'ny taron'ny sominao(molotsao) ro nitandremako ny tegnako tamin'ny alaln'ny mpandika lalàna. ⁵ Ny diako de mafy origina teo amin'ny lalanao, eko tsa solafaka ny tongoko. ⁶ Mangaika Anao iaho, fa mamaly anahy Agnao, Andriamagnitsa; atongilagno aminahy ny sofinao eko mihinà sy mitarogna iaho. ⁷ Atorò amin'ny fomba mahatalanjona ny tsa fivadiham-pangnikena, Agnao ze mamonjy reo ze mialoka aminao amin'ny alan'ny tagnan-kavagnanao amin'ny fahavalon-dreo! ⁸ Arovy salan'ny anaka andrioamasonao iaho; asitriho ao ambany aloky ny elatsao ⁹ amin'ny fagnatrehan'ny ratsy fagnahy ze mamela anahy iaho, de reo fahavaloko ze mznodidigna anahy. ¹⁰ Tsa managna famindram-po na amin'ia na amin'ia reo; ny vavan-dreo de mitarogna agn'avogna. ¹¹ Magnodidigna ny lalako reo. Mibanjigna ny mason-dreo handavo anahy amin'ny tany. ¹² Reo de salan'ny lona te hamiravira fatratsa, salan'ny lona tanora mamitsaka amin'ny toerana fierena. ¹³ Mitsangana, Yaveh! Tafio reo! Akapohy amin'ny tany ny tavan-dreo! Avoto tsa ho azon'ny ratsy fagnahy amin'ny alalan'ny sabatsao ny aiko! ¹⁴ Avoto amin'ona amin'ny alalan'ny tagnanao iaho, Yaveh, amin'ny onan'izao tontolo zao ze amity fiaignana ty hiany ro anjarany! Hameno harena ny trokan'ny sarobidinao Agnao; hanagna taranaka be reo eko hamela ny hareny ho an'ny taranany. ¹⁵ Feny iaho kosa, de hahita ny tavanao amin'ny fahamarinana; ho afa-po, amin'ny fijerena anao iaho, sy mifoha.

Chapter 18

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida, ny mpanompon'i Yaveh, sy nihira ho an'i Yaveh ny tognon'ty hira ty tamin'ny andro namonjen'i Yaveh anazy tegny an-tagnan-dreo fahavalony aby sy tegny an-tagnan'i Saoly i. Nihira i hoe: Tiako Agnao, Yaveh, heriko. ² Yaveh ro harambatoko, fiarovana mahery, ze mitondra fiarovana ho anahy; I ro Andriamagnitsa; harambatoko, mialoka Aminazy iaho. I ro ampingako, tandroky ny famonjeko, sy fiarovana mahery ho anahy. ³ Hangaika an'i Yaveh iaho, eko voavonjy amin'ny fahavaloko iaho. ⁴ Nandrohy anahy ny tadin'ny fahafatesana, eko ny onjan'ny faharatsiana ro nandrendrika anahy. ⁵ Nandrohy anahy ny tadin'ny fiainan-tsy hita; namandrika anahy

ny fandriky ny fahafatesana.⁶ Nangaika an'i Yaveh iaho tagnatin'ny fahoriako; nikaika vonjy tamin'i Andriamagnitso iaho. ren'ny ny feoko hatamin'ny tempoliny; ny vonjiko de avy teo agnatrehany; ren'ny sofiny zey.⁷ Eko nihovitsa sy nihorohoro ny tany; nihorohoro sy nihovitsohitsa koa ny fototsy ny tendrombohitsa satria nasiaka Andriamagnitsa.⁸ Nagnanika ny setroka avy tamin'ny lavakorony, eko afo midedadeda ro nienga tamin'ny vavany. Nirehita tamizay ny vain'afo.⁹ Novinohany ny lagnitsa eko nirologna i, eko teo ambanin'ny tongony ny haizigna matevigna.¹⁰ Nidingigna kerobima I eko nitsidigna; nisosa tegny amin'ny elatsy ny rivotsa I.¹¹ Nataony tragno lay nagnodidigna anazy ny ezigna, ny raho-menty an-dagnitsa.¹² Nitrotraka hategny amin'ny tselatsa teo alohan'ny havandra sy vain'afo.¹³ Nikiotroka tegny an-dagnitsa Yaveh! Nikoka ny feon'ny Avo indrindra.¹⁴ Nandefa ny zana-tsipikany i eko nandripaka ny fahavalony; tselatsa be ro nandripaka andreo.¹⁵ Sy ahateo de nipoitsa ny fantson-drano; reo fanambanin'zao tontolo zao de nipoitsa hatamin'ny hikam-piadianao, Yaveh tamin'ny fipoaky ny fofon'aignin'ny lavakorona.¹⁶ Nagnijitsa ny taghany hatagny ambony I; drinainy iaho! Sinitony hatao amin'ny rano manonja iaho.¹⁷ Nagnavotsa anahy tamin'ny fahavaloko matanjaka I, tamin'ny ze nankahala anahy, satria mahery loatsa ho anahy reo.¹⁸ So roso nanohitsa anahy reo tamin'ny androm-pahoriako fa Yaveh ro nanohagna anahy!¹⁹ Nagnafaka anahy tegny amin'ny toerana malalaka I; namonjy anahy I satria nahafinaritsa Anazy aho.²⁰ Nagnome valisoa anahy Yaveh nohon'ny fahamarignako; magnarigna anahy I satria nadio ny taghako.²¹ Fa iaho efa nitandrigna reo didin'i Yaveh eko tsa nivadika ratsy fagnahy tamin'ny Andriamagnitso.²² Fa efa teo alohako aby ny lalany marina; lehe ny amin'ny didiny, de vona tsa nivadika tamin'ny reo aho.²³ Iaho koa de tsa nagnatsigny teo agnatrehany,eko nitandrigna ny tagnako tamin'ny fahotana aho.²⁴ Noho zey de namelogna anahy ndraika Yaveh nohon'ny fahamarinako, satria nadio teo imasony ny taghako.²⁵ Ze mahatoky de ampisehoanao fahatokiana; ny ona ze tsa misy tsigny, de ampisehoanao tsa fanagnan-tsigny.²⁶ Ny ona ze madio ,ro ampisehoanao fahadiovana; fa Agnao de mahira-tsainga amin'ze ratsy fagnahy.²⁷ Fa Agnao magnavotsa reo ona ory, eko magnambany reo mirehareha!²⁸ Fa Agnao mandrehitsa ny jiroko; magnazava ny fahamaizignako Yaveh Andriamagnitsa o.²⁹ Fa amin'ny alalanao ro ahafahako miridiridy ambonin'ny sakagna; amin'ny alalan'ny Andriamagnitso ro ahafahako mandingagna rindrina.³⁰ Lehe ny amin'Andriamagnitsa: tonga lafatsa ny lalany. Ny tenin'i Yaveh de madio! Ampingan'ze mialoka aby aminazy I.³¹ Fa ia ro Andriamagnitsa ankoatsan'i Yaveh? Fa ia ro harambato ankoatsan'i Yaveh?³² Andriamagnitsa ro mametraka hery aminahysalan'ny fehi-troka, ze mampitoatsa ny ona tsa misy tsigny eo amin'ny lalany.³³ Ataony malaky famindra salan'ny diara ny tongoko eko mampitoatsa anahy egnny amin'ny toerana avo!³⁴ Magnazatsa ny taghako ho amin'ny ady i eko ny sandriko hamoritsa ny tsipika varahigna.³⁵ Efa nomenao anahy ny ampingan'ny famonjena. Efa nanohagna anahy ny taghanao ankavagnana, eko ny fankasitrahanao de naha-lihibe anahy.³⁶ Efa nanao toerana malalaka eo ambaniko ho an'ny tongotso Agnao mba tsa hampiborisaka ny tongoko.³⁷ Nandoditsa ny fahavaloko iaho eko nahatratsa anazy reo; tsa nipody iaho mandra-paharava andreo.³⁸ Nopotehiko reo mba tsa ahafahany miarigna; efa lavo tambanin'ny tongoko reo.³⁹ Fa agnao nametraka hery taminahy salan'ny fehi-troka ho amin'ny ady; nataona ambaniko reo ze nitsangagna hanohitsa anahy.⁴⁰ Nampiamboho ny vozon'ny fahavaloko ho anahy Agnao; drinavako reo ze nakahala anahy.⁴¹ Nikoka vonjy reo, feny tsa nisy magnavotsa anan-dreo; nangaika an'i Yaveh reo feny tsa nanoigna I.⁴² Tinorotoroko majinika salan'ny vovoka alohan'ny rivotsa reo; nariako salan'ny fotaka agny an-dalagna reo.⁴³ Nagnavotsa anahy tamin'ny fifamalian'ny ona Anao. Nataona lohan'reo firenena iaho. Manompo anahy reo ona tsa fantako.⁴⁴ Lehe vo nandre anahy reo, de nankato anahy; voatery niondrika teo alohako ny mpivahiny.⁴⁵ Avy am-pihorohoroana hatao amin'ny fiarovana mafin-dreo ny mpivahiny.⁴⁶ Velogna i Yaveh; ho deraina anie ny orimbatoko. Ho asandratsa anie ny Andriamagnitsy ny famonjena.⁴⁷ I ro Andriamagnitsa ze namaly faty ho anahy, ze nanolotsa ny firinena ho ambaniko.⁴⁸ Afaka tamireo fahavaloko iaho! Eka tokoana, nampiakarinao ambonin'ny ze nijoro hanohitsa anahy iaho! Navotanao tamin'ny lihilahy mahery fihetsika iaho.⁴⁹ Noho zey de hagnome fisaorana ho anao, amireo firinena aho, Yaveh; hihira fiderana ho an'ny agnaranao iaho!⁵⁰ Andriamagnitsa de nagnome fandrisena lihipe ho an'ny mpanjakany, eko nampiseha ny fifagnikem-pitokiana tamin'ny voahosony, tamin'i Davida sy reo taranany hatrin'ny ela.

Chapter 19

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Ny lagnitsa milaza ny voninahits' Andriamagnitsa, eko ny habakabaka mampahafantatsa ny asan'ny taghany!² Isan'andro sanandro de mipololotsa ny tarogna; isan'aligna de mitarogna fahalalana zao.³ Tsa misy lahateny leko tarogna voalaza; tsa re ny feon-dreo.⁴ Miparitaka maneran-tany aby manotolo ny tarondreo, eko hatagny aparany tany ny lahateniny. Efa nanangagna lay ho amin'ny masoandro tao amin-dreo I.⁵ Ny masoandro de salamin'ny mpapakatsa miboaka ny efitragnony, eko salamin'ny lihilahy matanjaka sy manao ny firidiridiany.⁶ Mipoaka hatagny amin'ny fara-vodilagnitsa raika ny masoandro de mitety ny habakabaka ho amin'ny raika hafa; tsa misy afaka milefa ny hafanany.⁷ Tateraka ny lalany Yaveh , magnarigna ny fagnahy ;azo; antoka ny teny vavolombelon' i Yaveh, mahendry ny tsotra.⁸ Mahitsy ny fampianaran'i Yaveh ; mampifalifaly ny fo; madio ny didin'i Yaveh, mitondra fahazavana ho an'ny maso.⁹ Madio ny fahatahorana an'i Yaveh , maharitsa mandrakizay; marina sy mahitsy aby ny didy marin'i Yaveh!¹⁰ Sarobidy mihoatsa ny volamena zey. Sady mihoatsa noho ny volamena tena soa aza; mamy noho ny tatety sy ny tatety mitete amin'ny toho-tatety zey.¹¹ Eka, amin'ny alalan'zey ro hampitandremana ny mpanomponao; fa hisy valisoa lihibodaka ny fankatoavana an'zey.¹² Ia ro afaka mamatatsa ny fahadisoany aby? Sasao amireo heloka misitrika iaho.¹³ Tandremo ny mpanomponao tsa ho hazan'ny ota sahisahy; Aza avela hanapaka anahy

reo. De ho tateraka iaho, de tsa hanatsigny amin'ny fandikan-dalana be. ¹⁴ Ho ikena eo imasonao reo raha tarognin'ny vavako sy ny fihevitsy ny foko, Ra Yaveh, vatolapiko sy pagnavotso.

Chapter 20

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Hagnampy anao amin'ny androm-pahorianao anie Yaveh; ny agnaran'Andriamagnits'i Jakoba anie hiaro anao ² eko handefa fagnampina hatamin'ny toerana masina mba hanohagnana anao hatao Ziona. ³ Ho tsaroany anie reofagnatitsao eko ho ikeny aby ny sorognanao dinoro. Sela. ⁴ Hagnome anao ze irin'ny fonao anie I eko hagnatanteraka reo fikasanao aby. ⁵ De hifaly amin'ny fandresenao agnay, eko amin'ny agnaran'Andriamagnitsay, root hanangagnanay faneva. Hagnome ze fangatahanao aby anie Yaveh. ⁶ Fantako amizao fa hagnavotsa ny ona voahosotsany; hamaly Anazy hatagny an-dagnitsin'ny fahamasignana amin'ny herin'ny tagnany havagnana ze afaka nagnavotsa anazy I. ⁷ Ny zanany mitoky amin'ny kalesi eko ny hafa amin'ny soavaly, fa agnay de nangaika an' i Yaveh Andriamagnitsay. ⁸ Ho ferina mirorogna reo ko de lavo, fa atsika de hitarogna hijoro mahitsy! ⁹ Yaveh, vonjeo ny mpanjaka; ampio agnay lehe mangaika.

Chapter 21

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Mifaly amin'ny herinao ny mpanjaka, Yaveh! Akory ny halehiben'ny hafaleany amin'ny famonjena nomenao! ² Nagnome anazy fagnirian'ny Tony eko tsa nolavinao by fangatahan'ny molony. Sela ³ Feny mitondra fitahiana be ho anazy Agnao; nameiraka satro-boninahitsa volamena madio ndrindra teo an-dohany ⁴ Agnao. Nangataka aigna taminao i; de nagnome anazy Agnao; nomenao andro be mandrakizay dpria i. ⁵ Lihibe nohon'ny fandresenao ny voninahiny; efa nagnome famirapiratan'ny voninahitsa ho anazy Agnao. ⁶ Fa magnome antoka fitahiana maharitsa ho anazy Agnao; mampiravoravo anazy amin'ny hafalean'ny fagnatrehanao Agnao. ⁷ Fa matoky an'i Yaveh ny mpanjaka; amin'ny alalan'ny fagnikena mahatokin'ny Avo Indrindra ro tsa hagnala anazy. ⁸ Hanambotsa ny fahavalonao aby ny tagnanao; hanambotsa an'ny ze mankahala anao ny tagnanao havagnana. ⁹ Amin'ny fotoagnan'ny fahatizeranao, de handoro andreo ao amin'ny lafaoro mirehitsa Agnao. ¹⁰ Handevogna andreo ao amin'ny fahatizerany i Yaveh, eko handevogna andreo amin'ny afo. hamotika ny zana-dreo amin'ny tany sy ny tarana-dreo eo agnivon'ny olombelogna Agnao. ¹¹ Fa nikasa hagnisy ratsy anao reo; namolavola teti-dratsy ze tsa hahom-biazany reo! ¹² Fa hampiamboho andreo Agnao; hamotika ny tsipikanao eo alohan-dreo Agnao. ¹³ Misandrata, roa Yaveh, amin'ny herinao hihira sy hidera ny herinao agnay.

Chapter 22 Ho an'ny mpiventy hira; natao tamin'ny "Gadon'ny Diera." Salamo nataon'i Davida.

¹ Andriamagnitso o, Andriamagnitso o, nahoana ro namela anahy Agnao? Nahoana ro lavotsa loatsa amin'ny famonjena anahy Agnao eko lavitsa amin'ny tenin'ny fangirifiriako? ² Andriamagnitso o, nitaraigna taminao an'iaho sy toandro, nefa tsa vinalinao, eko sy aligna de tsa nangina iaho! ³ Feny masina Agnao; mitoatsa salan'ny mpanjaka amin'ny fideran'ny Israely Agnao. ⁴ Natoky Anao ny razambenay; natoky Anao reo, ko novinonjinao. ⁵ Nitaraigna taminao reo de novonjena. Natoky Anao reo ko de tsa mba diso fagnatignana. ⁶ Nefa kakagna iaho fa tsa mba ona, fahafaham-baraka ho an'olombelogna eko nataon'ona tsa misy fotony. ⁷ Reo aby ze mahita anahy de mitarogna ratsy anahy; esoan-dreo iaho; eko magnifikifi-doha aminahy reo. ⁸ Hoy reo: "Matoky an'i Yaveh i; avilao hagnavotsa anazy Yaveh. Avilao I hagnavotsa anazy, fa akasitrahiny i." ⁹ Fa agnao ro nitondra anahy hatao an-troka; nataonao matoky Anaoi aho fony tan-tratran-dreniko. ¹⁰ Natoraka taminao iaho hatagny an-trokan-dreniko; Agnao ro Andriamagnitso hatamin'iaho tan-trokan-dreniko! ¹¹ Aza magnalavitsa anahy, fa mariny ny fahoriana; tsa misy ina hagnampy anahy. ¹² Magnodidigna anahy ny ombilahy masiakan'ny Basana. ¹³ Hamihagnahagna ny vavany aminahy salan'ny lona mierogna mandrapaka ny rembiny reo. ¹⁴ Nararaka salan'ny rano iaho, eko nipitsoka aby ny tolako. Salamin'ny savoka ny foko; miepo ao agnatiko zey. ¹⁵ Maigna salamin'ny vilagny tany ny heriko; mirekitsa amin'ny lagnilagniko ny lelako. nampandry anahy teo amin'ny vovoky ny fahafatesana Agnao. ¹⁶ Fa nagnodidigna anahy ny amboa; efa magnodidigna anahy ny vondrn'ny mpanao ratsy; noloahin-dreo ny tagnako sy ny tongoko. ¹⁷ Voaisako aby ny tolako. Mijery sy nandinika anahy reo. ¹⁸ Zinanan-dreo taminazy ny fitafiako; nilokan-dreo ny akanjoko. ¹⁹ Aza magnalavitsa anahy, roa Yaveh; malakia roa hagnavotsa anahy, ro heriko! ²⁰ Avoto amin'ny sabatsa ny fagnahiko, ny sisa fiaignako amin'ny andian'amboadia. ²¹ Vonjeo amin'ny vavan'ny lona iaho; avoto amin'ny tandroky ny ombidia iaho. ²² Hilaza ny agnaraonao amin'ny rahalahiko iaho; eo apovoan'ny fiangonana ro hiderako Anao. ²³ Agnareo matahotsa an'i Yaveh, midera Anazy! Agnareo taranak'i jakoba aby manotolo, magnomeza voninahitsa Anazy! Mijoroa am-pitalanjognana Aminazy, agnareo taranak'Israely aby manotolo. ²⁴ Fa tsa manao tsinotsinona na mankahala ny ona ory I; tsa nanitrika ny tavany taminazy i Yaveh; lehe nitaraigna taminazy ny ona ory, de nahare I. ²⁵ Ny fiderako de ho Anao ao am-piangonana lihibe; hagnatanteraka reo voadiko alohan'ny ze matahotsa Anazy iaho. ²⁶ Ny ory de hihinana eko ho afa-po; reo ze mitadia an'i Yaveh hidera Anazy. Ho velogna mndrakizay anie ny fonareo. ²⁷ Hahatsiaro eko hipody amin'i Yaveh reo vahoaka aby amin'ny tany; hiakohoka eo agnatrehanao reo fianakaviam-pirenena aby manotolo. ²⁸ Fa an'i Yaveh ny fanjakana; I ro mpanapaka reo firenena. ²⁹ Ny ona mpanan-karena aby de hiravoravo sy hidera; hiankohoka eo agnatrehanao aby reo ze hody vovoka, reo ze tsa afaka

miaro ny ain-dreo.³⁰ Ny taranaka ho avy de hanompo Anazy, hotarogna amin'ny taranaka magnaraka ny amin'ny Tompo reo.³¹ Ho avy reo eko hilaza ny fahamarinany; hilaza amin'ona vona tsa teraka ze efa nataony reo!

Chapter 23 Salamo nataon'i Davida.

¹ Yaveh ro Mpiandry anahy; tsa hanan-java mahory aho. ² mampandry anahy amin'ny ahi-maintso I; mitarika anahy amoron'ny rano fialan-tsasatra I. ³ mamelombelogna ny aiko I; mitarika anahy agny amin'ny lalagna marina noho ny amin'ny agnarany I. ⁴ Leko de mandeha mamakivaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho. De tsa hatahotsa loza aho fa Agnao momba anahy; ny tapitsakao sy ny tehignao ro mampahery anahy. ⁵ Magnomagna latabatsa eo anoloako eo amin'ny fagnatrehandreo fahavaloko Agnao; efa magnohotsa diloilo ny lohako Agnao, ny kapoakako feno de feno. ⁶ Fahatsarana sy famindram-po tokoa ro hagnaraka ahy amin'ny androm-piaignako aby; ary hitoatsa ao an-dragnin'i Yaveh lalandava aho!

Chapter 24

¹ Salamo nataon'i Davida. An' i Yaveh ny tany, sy ze mameno anazy, zao tontolo zao sy ze monigna ao aby manotolo. ² F'efe nampitoatsa an'izao teo ambony ranomasina I eko nagnorigna teo ambonin'ny ony. ³ Ia ro mianika ho agna-tendrombohitsy Yaveh? Ia ro mijoro ao amin'ny fitoerany masina? ⁴ I ro managna taghana madio sy fo madio; ze tsa namoron-denga, eko tsa nanao fampagnatenagna mba hamitahana. ⁵ Handray fitahiana hatamin'i Yaveh i eko fahamaringana hatamin' Andriamagnitsy ny famonjena anazy. ⁶ Sahalan' izay ro taranak'ireo ze mitadia Anazy, de zay mitadia ny tarehin' Andriamagnitsy i Jakoba. Sela ⁷ Ingao ny lohanareo, agnareo ry vavahady, ry varavaragna mandrakizay, mba hidiran'ny mpanjakan'ny voninahitsa! ⁸ Ia ro mpanjaka ny voninahitsa? Yaveh, mahery sy mahefa; Yaveh, mahery amin'ady. ⁹ Asandrato ny lohanareo, agnareo ry vavahady; mitsangana ry vavahady mandrakizay, mba hidiran'ny mpanjakan'ny voninahitsa! ¹⁰ Ia zao mpanjakan'ny voninahitsa zao? Yaveh Tompon'ny rehagna, I ro Mpanjakan'ny voninahitsa. Sela

Chapter 25

¹ Salamo nataon'i Davida. Ho Agnao ro anandratako ny fanahiko ry Yaveh! ² Andriamagnitso o, matoky Agnao aho. Aza avela homegnatsa aho; aza avela hifaly amim-pandresena amiko reo fahavaloko. ³ Tsa hisy ho megnatsa anie ny ona ze magnantena Anao, ho megnatsa anie ze manao fihetsika mamitaka tsa amin'ny antony! ⁴ Ampahafantaro ahy reo lalanao, Yaveh o; ampianaro ahy reo lalanao. ⁵ Tariho aho ho ao amin'ny fahamarignananao ary ampianaro fa Agnao ro Andriamagnitsy ny famonjena ahy; Magnantena Agnao andro lava aho. ⁶ Tsarovy, ry Yaveh, reo asa fangirahanao sy famindram-po; fa efa nisy mandrakariva reo. ⁷ Aza mihevitsa reo fahotan'ny fahatanorako na ny fikomiako; tsarovy amin'ny famindraponao aho nohon'ny fahasoavanao, Yaveh o! ⁸ Soa sy mahitsy Yaveh; ka mampianatsa reo mpanota ny lalana I. ⁹ Mitarika ny manetry tena amize marina I ary mampiagnatsa azy reo ny lalany. ¹⁰ Reo lalan'Yaveh aby de fitiavana maharitsa sy fahatokiana ho an'ny ze mitandrigna ny faneken'ny sy reo didiny mafy. ¹¹ Fa noho ny amin'ny Agnaranao, Yaveh o, de mamela ny heloko, fa lihibe zany. ¹² Ia ro ona matahotsa an'Yaveh? Ny Tompo ro hanoro anazy ny lalana ze tokony hosafidiany. ¹³ Handeha amin-kasoavana hatrany ny fiagnany; ary reo taragnany handova ny tany. ¹⁴ Ny finamanana amin'Yaveh de hoan'ny reo ze manome voninahitsa Anazy, ary mampahafantatsa ny faneken'ny amin' izy reo I. ¹⁵ Amin'Yaveh hatrany ny masoko, fa I ro hanafaka ny tongotso amin'ny harato. ¹⁶ Mitodiha aminahy ary mamindra fo aminahy; fa irery sy ory aho. ¹⁷ Mihitatsa reo fahorian'ny foko; alao ao amin'ny fahoriako aho! ¹⁸ Jireo ny fampahoriana anahy sy reo fisasarako; mamela ny fahotako aby. ¹⁹ Jireo reo fahavaloko, fa be reo; mankahala anahy amim-pankahalana lozabe reo. ²⁰ Arovy ny aiko ka avoty aho; aza avela ho megnatsa aho, fa mialoka Aminao! ²¹ Hiaro anahy anie ny tsa fivadihagna sy ny fahamarignanana, satria magnatena Agnao aho. ²² Avoto amin'ny fahoriagna aby Israely, Androamagnitsa o!

Chapter 26

¹ Salamo nataon'i Davida. Tsarao aho Yaveh, fa nandeha tamim-pahasahiana iaho; nahatoky an'i Yaveh tsa tamim-pisalasalana aho. ² Diniho aho, Yaveh, ery zahao toetsa aho; zahao toetsa ny fahadiovan'ny ato agnatiko sy ny foko! ³ Fa ny fagnikenao mahatoky ro manoloagna ny masoko, ery mandeha eo amin'ny fahatokiana aho. ⁴ Tsa mikambagna amireo ona mpamitaka aho, na miharoharo amin'ona tsa marina. ⁵ Halako ny fiangonan'ny mpanao ratsy, ery tsa miara-mitoatsa amin'ny ratsy fagnahy iaho. ⁶ Manasa ny taghako amin'ny tsa fanagnan-tsigny iaho, ery mandeha magnodidigna ny alitaranao, Yaveh, ⁷ mba hihira fiderana mahery sy hilaza ny asanao mahazendagna aby. ⁸ Ro Yaveh, tiako ny tragno ze hitoeranao, ny toerana ze itoeran'ny voninahitsa! ⁹ Aza mandripaka anahy miaraka amin'ny mpanota, na ny aiko miaraka amin'ona liann-dra, ¹⁰ eo an-tagnan'reo ze misy teti-dratsy, ery eo amin'ze feno kolikoly ny tagnany ankavagnana ¹¹ Fa iaho kosa, handeha amin'ny fahitsiana iaho; avoto iaho eko mamindra fo aminahy. ¹² Mitsangana eo amin'ny tany marina ny tongoko; eo amin'ny fiangonana ro hiderako an'Yaveh!

Chapter 27

¹ Salamo nataon'i Davida. Yaveh ro fahazavako sy famonjeko; ia ro hatahorako? Yaveh ro fialofan'ny aiko; ia ro tokony hatahorako? ² Lehe magnatogna handrotika ny nofoko reo mpanao ratsy, reop mpandrafy anahy sy reo fahavaloko de totoitsa ko lavo. ³ Leko de misy tafika mitoby hanohitsa anahy aza, de tsa hatahotsa ny foko; leko de misy ady hanohitsa anahy, na amin'zey aza de hiegnina mahatoky iaho. ⁴ Raha raika ro nangatahako tamin'i Yaveh, eko hitadia an'ny zay iaho: mba hahafahako mitoatsa an-dragon'i Yaveh ao mandritsa ny andro aby iaignako, mba hahita ny fahasoavan'i Yaveh sy ny hisaintsaingany ao an-tempoliny. ⁵ Fa amin'ny andro fahoriako de hanitrika anahy eo amin'ny fialofany I; eo amin'ny saron'ny lalany anahy. Hagnakatsa anahy ho egny amin'ny vatolamy II. ⁶ Eko ny lohako de hasandratsa eo ambonin'ny fahavaloko magnodidigna anahy aby, hanolotsa reo fagnati-pisorom-pifaliana an-dainy iaho! Hihira sy hanao hira ho an'i Yaveh iaho! ⁷ Mihinoa ny feoko, Yaveh, sy mangaika mahery iaho! Mamindrà fo aminahy, eko valio iaho! ⁸ Mitarogna momba anao ny foko hoe: "Tadiavo ny tavany!" Mitadia ny tavanao iaho, Yaveh! ⁹ Aza manitrika ny tavanao aminahy; aza mamily ny mpanomponao am-pahasosorana! Agnao ro efa nagnampy anahy; aza mahafoy na mamela anahy, Andriamagnitsy ny famonjeko! ¹⁰ Fa na mahafoy anahy aza ny raiko sy ny reniko, Yaveh ro handray anahy. ¹¹ Ampianaro anahy ny lalanao, Yaveh! Tariho amin'ny lalagna marina aho noho ny fahavaloko. ¹² Aza manary anahy ho amin'ny fanirian'ny fahavaloko, fa reo vavolombelogna sandoka mitsangagna hanohitsa anahy, eko miaigna herisetra reo! ¹³ Ina ro nanjo anahy lehe tsa nino aho fa iaho de hahita ny fahasoavan'i Yaveh eo amin'ny tany honegnana? ¹⁴ Miandrasa an'i Yaveh; eko matanjaha, oka ny fonao hahery! Miandrasa an'i Yaveh!

Chapter 28

¹ Salamo nataon'i Davida. Hikoka mahery ho aminao aho, Yaveh; vatolampiko, aza atao tsinotsinona iaho. Lehe tsa mamaly anahy Agnao, de hiaraha amin-dreo ze mirorogna am-pasagna iaho. ² Hino ny feon'ny fitaraignako lehe mitadia fagnampiana avy aminao iaho, lehe manandratsa ny tagnako magnandreha ny fitoeranao masina indrindra iaho! ³ Aza manitogna anahy hiala miaraka amin'ny ratsy fagnahy, ze manao heloka, ze manognona fiadagnana amin'ny naman-dreo feny managna faharatsiana ao am-pon-dreo. ⁴ Omeo an-dreo ny sahaza ny asan-dreo eko valio ze takian'ny faharatsiam-pagnahiny, valio reo ny amin'ny asan'ny tagnan-dreo, valio ze sahaza an-dreo. ⁵ Satria tsa takany reo asan'i Yaveh na ny asan'ny tagnany, hanimba andreo i ery tsa hanangagna andreo koa. ⁶ Deraina anie Yaveh satria efa nahena ny feon'ny fitaraignako II. ⁷ Yaveh ro heriko sy ampingako; ny foko matoky Anazy, de apena aho. Noho zey de ravoravo fatratsa ny foko, eko iaho hidera Anazy amin'ny fihirana. ⁸ Yaveh ro herin'onany, eko I ro fialofana famonjen'ny raika voahosony. Vonjeo ny vahoakanao eko tyahio ny lovanao. Meteza ho mpiandry ondriny eko fero mandrakizay reo.

Chapter 29

¹ Salamo nataon'i Davida. Magnomeza fiderana ho an'i Yaveh, agnareo ra zanak'Andriamagnitsa! Magnomeza fiderana ho an'i Yaveh noho ny voninahiny sy ny heriny. ² Omeo an'i Yaveh ny voninahitsa ze mendrika ny agnarany. Mihohofa amin'i Yaveh amin'ny famirapiratan'ny fahamasignany. ³ Ny feon'i Yaveh de re egny ambonin'ny rano be; ly Andriamagnitsa ny voninahitsy ny voninahitsa ro mampikotrokotroka, eko Yaveh ro mampikotroka ny rano be. ⁴ Ny feon'i Yaveh de mahery; ny feon'i Yaveh de be voninahitsa. ⁵ Ny feon'i Yaveh de mamaky ny sedera; eko tinorotoron'i Yaveh ny sedera agny Libanona. ⁶ Mampitsititsitika an'i Libanona salan'ny zanak'omby eko Siriona salan'ny vatots'omby. ⁷ Ny feon'i Yaveh mampianga lelafo. ⁸ Ny feon'i Yaveh mampihozongozogna ny tany efitsa; Yaveh mampihozongozogna ny efitsy Kadesy. ⁹ Ny feon'i Yaveh de mahatonga hazo Terebinta hihetsika ko nagnofy reo hoditsy ny ala. Ny ona aby agny an-tempoly mitarogna hoe: "voninahitsa!" ¹⁰ Yaveh mitoatsa salan'ny mpanjaka eo amin'ny tondra-drano; Yaveh mitoatsa salan'ny mpanjaka mandrakizay. ¹¹ Yaveh de magnome hery ny anany; Yaveh miaro ny onany amin'ny fadagnana.

Chapter 30

¹ Salamo; hira amin'ny fanoloran-tena ho an'ny tempoly. Salamo nataon'i Davida. Hanandratsa Anao aho, Yaveh, fa nanangagna anahy Agnao eko tsa hamela reo fahavaloko hiravoravo eo aminahy. ² Yaveh Andriamagnitso, nangaika ny famonjenao aho, eko nagnasitragna anahy Agnao. ³ Yaveh, nitondra ny fagnahiko nagnanika hatagny amin'ny fiainan-tsa hita Agnao; eko nitahiry anahy ho velogna tsa hirorogna agnam-pasagna. ⁴ Mihira fiderana ho an'i Yaveh, agnareo ra vahoakany mahatoky! Magnomeza fisaorana lehe mahatsiahy ny fahamasinany agnareo. ⁵ Fa ny fahatezerany de vetivety hiany (monja); fa ny fankasitrahany de mandritsan'ny androm-piaingany. Avy ny fitomagniana amin'ny aligna, fa ny fifaliana avy sy maraigna. ⁶ Am-pahatokiana ro nilazako hoe: "Tsa mba hangozohozo mandrakizay iaho." ⁷ Yaveh, nohon'ny fankasitrahana de nanao anhy ho salan'ny tyendrombohitsa matanjaka Agnao; de ory iaho. ⁸ Nangaika Anao iaho, Yaveh, eko nitadia sitraka avy amin'ny Tompoko! ⁹ Ina ro tombony amin'ny fahafatesako, lehe handeha hirorogna agny am-pasagna iaho? Hidera Anao ve ny vavako? Hagnambara ny fahamendreham-pahatokisanao ve zay? ¹⁰ Mihinoa, Yaveh, eko mamindra fo aminahy! Yaveh, miteza ho mpagnampy anahy. ¹¹ Namadika ny fisaonako ho fandihizana Agnao; nagnala ny akanjo fisaonako Agnao eko nampitafy anahy tamin'ny fifaliana. ¹² Ko zizao ny

voninahitso de hihira fiderana ho Anao eko tsa hangina; Yaveh Andriamagnitso, hagnome fisaorana Anao mandrakizay iaho!

Chapter 31

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Aminao, Yaveh, ro hialofako; aza avela ho afa-baraka iaho. Avoto amin'ny fahamarinanao iaho. ² Mihinoa anahy; malakia hagnavotsa anahy; miteza ho vatolampy fialofako, fiarovana mahery hamonjy anahy. ³ Fa vatolampy sy fiarovana mahery ho anahy Agnao; ko nohon'ny amin'ny agnaranao, tariho sy tatano aho. ⁴ Sotogno hiala amin'ny harato ze nasitrin-dreo ho anahy iaho, fa Agnao ro fialofako. ⁵ Eo an-tagnanao ro agnakignako ny fagnahiko; hagnavotsa anahy Agnao, Yaveh, Andriamagnitsy ny fahamendreham-pitokiana. ⁶ Halako ze manompo sampy raha foagna, fa iaho hatoky an'i Yaveh. ⁷ Hifaly sy hiravoravo amin'ny fagnikenao mahatoky iaho, fa Agnao ro nahita ny fahoriako; fantatsao ny fahorian'ny fagnahiko. ⁸ Tsa nagnome ho eo an-tagnan'ny fahavaloko aho. Nametraka ny tongoko ho eo amin'ny tany malalaka Agnao. ⁹ Mamindra fo aminahy, Yaveh, fa agnatin'ny fahoriana aho; miha-rokaky ny alahelo ny masoko miaraka amin'ny fagnahiko sy ny vatako. ¹⁰ Fa ny aiko de rokaka ny alahelo eko ny taognako nohon'ny fisentoako. Lefy ny heriko nohon'ny fahotako, eko ny tolako de mihalany. ¹¹ Noho ny fahavaloko, de manao tsinotsinona anahy aby ny ona; ny mpiray monigna aminahy mandriandriagna amin'ny manjo anahy; eko ze mahafantatsa anahy de mivarahotsagna. Reo ze mahita anahy egn'ny an-dalagna milefa anahy. ¹² Hadigno salan'ny ona amaty ze tsa misy mpieritseritsa aho. Salamin'ny vilagny vaky aho. ¹³ Fa reko ny bitsibitsiky ny ona rehagna, reo vaovao mampatahotsa hategny an-kalalahana egn'ny satria reo miray tetika hanohitsa anahy. Mitetika ny hagnalaka ny aiko reo. ¹⁴ Fa matoky Anao iaho, Yaveh; hoy iaho hoe: "Andriamagnitso Agnao." ¹⁵ Ny anjarako de eo an-tagnanao. Avoto amin'ny fahavaloko sy reo ze magnenjika anahy iaho. ¹⁶ Ampamirapirato amin'ny mpanomponao ny tavana; avoto amin'ny fagnikenao mahatoky iaho. ¹⁷ Aza avela ho megnatsa aho, Yaveh; fa mangaika Anao iaho! Hangina agny amin'ny fiainan-tsa hita anie reo. ¹⁸ Oka ny somy mandenga hangina ze miresaka hanohitsa ny fahamarinana amim-pihatsiana miaraka amin'ny fiavognavognana sy ny fagnamavoana. ¹⁹ Endria ho ny fahasovan'ny nohirizinao ho an'ze nagnaja anao, ze tanterahinao amin'ze mialoka aminao manoloagna reo zanak'olombelona aby! ²⁰ Eo amin'ny fialofan'ny teti-dratsin'ona. Manitrika andreo fialofana amin'ny herisetran'ny lela Agnao. ²¹ Ho deraina anie Yaveh, fa nanoro ny fagniken'ny mahatoky mahagaga I lehe tao agnatin'ny tanana voafahirano aho. ²² Leko de nitarogna tamin'ny fahatairako aza aho hoe: "Nalaina tsa ho eo imasonao aho," eka vona mandre ny fitaraignako famonjena Agnao lehe nangaika Anao iaho. ²³ Tiava an'i Yaveh, agnareo ra mpagnara-dia mahatoky, fa mamaly tateraka ny mpiavognavogna. ²⁴ Mahereza sy mahatanjaha, agnareo ze matoky an'i Yaveh amin'ny famonjena aby.

Chapter 32

¹ Salamo nataon'i Davida. Masikila. Tretrika ny ona ze voavela heloka, sy ze voasarogna ny fahotany. ² Tretrika ny ona ze tsa meloka teo amin'i Yaveh sy reo ze tsa misy fitaka ny fagnahiny. ³ Sy nangina aho, de nihalany ny taolako, lehe nitaraigna nandritsin'ny tontolo andro aho. ⁴ Navesatsa taminahy andro amagn'alagna ny tagnanao. Nalazo salan'ny amin'ny lohataogna maigna ny tanjako. Sela ⁵ De nampahafantariko Anao ny fahotako, eko tsa nasitriko koa ny heloko. Hoy iaho: "Hagnambara reo hadisoako amin'i Yaveh iaho," de navelanao ny helokin'ny fahotako. Fiatsoana sy fiderana. ⁶ Noho zey, ze arak'Andriamagnitsa de tokony hivavaka Aminao amin'ny fotoagnan'ny fahoriam-be. Eko sy manonja mahery ny rano, de tsa hahazo reo ona reo zey. ⁷ Agnao ro toerana fisitrihako; hiambigna anahy amin'ny fahoriana Agnao. Hodidigninao amin'ny hiram-pandresena aho. Fiatoana sy fiderana. ⁸ Hanoro lalagna anao sy hampianatsa anao amin'ze lalagna tokony handihananao Aho. Hanoro lalagna anao Aho eko hitsinjo anao ny masoko. ⁹ Aza manahaka ny soavaly na ny ampondra, ze tsa managna fahazavan-tsaingna; fa amin'ny lamboridy sy fizera hiany ro hifehezana anazy handeha agny amin'ny tianao hitondrana anazy. ¹⁰ Managna olagna be ny ratsy fagnahy, fa fagnikena mahatokin'i Yaveh kosa ro hagnodidigna ze ona mahatoky Anazy. ¹¹ Mifalia amin'i Yaveh, eko miravoa, agnareo ramarina; manaova feo fialiana, agnareo aby ze mahitsy am-po.

Chapter 33

¹ Mifalea ao amin' i Yaveh, agnareo ry olo-marina, ny fiderana de mendrika ho an'ny mahitsy. ² Misaora an'i Yaveh amin'ny lokanga; mihira fiderana ho Anazy amin'ny valiha tory folo. ³ Mihira fihiram-baovao ho an'Anazy mitendre soa sady mihira am-pifaleana. ⁴ Fa mahitsy ny tenin'i Yaveh, ro ara-drarin'ny raha aby ataony. ⁵ Tea fahamarignana sy rariny I. Heniky ny famindram-pon'i Yaveh ny tany. ⁶ Tamin'ny tarognan'i Yaveh no namorognana ny lanitsa, ary ny kitagna aby de natao tamin'ny fofon'ain'ny vavany. ⁷ Magnangogna ny ranon'ny ranomasigna aby tahaka ny antotan-draha I, ataony ao amin'ny fitehirizan-drano ny ranomasimbe. ⁸ Aoka hataotra an'Yaveh ny tany aby; aoka hijoro ampitalamjognana aminin'azy ny mponigna amin'ny tany aby. ⁹ Fa nitarogna I, dia tanteraka izay; nandidy I, dia tafatoatsa aby. ¹⁰ Yaveh magnafoagna ny fifagnarahan'ireo firenena, manapaka ambinin'ny fikasan'onam-be I. Maharitsa mandrakizay ny fagniriana'Yaveh, ¹¹ ny fikasan'ny fony ho an'ny taranaka aby. ¹² Tretrika ny firenena ze managna an'Yaveh ho Andriamagniny, de ny ona ze nofidiany ho lovany. ¹³ Mijery hategny amin'ny lagnitsa i Yaveh; mahita ny ona aby I. ¹⁴ hategny amin'ny toerana ze hitoerany ro hitizany ze maigna ambonin'ny tany. ¹⁵ I ro mamolavola ny fondreo ro

mandinika ny asan-dreo aby.¹⁶ Tsa misy mpanjaka voavonjin'ny tafika lihibe zao, ko ny lihilahy mpiady de tsa voavonjin'ny halihiben'ny heriny.¹⁷ Ny soavaly de fiarovan-diso ho an'ny fandrisesa; leko eo aza ny tanjony lihibe, de tsa afaka mamonjy i.¹⁸ Indro, ny mason'Yaveh de aniv'ny ze matahotsa Anazy; Amin'ny ze magnategna ny famindrampony mahatoky¹⁹ mba hagnafaka ny ain-dreo amin'ny fahafatesana, eko mba hamelogna andreo amin'ny fotoan'ny mosary.²⁰ Miandry an'i Yaveh atsika, I ro famonjena sy ampinga.²¹ Mifaly aminy ny fotsika, satria mahatoky ny agnarany masina atsika.²² ôka ny famindram-ponao mahatoky, ry Yaveh, homba anay araka ny fampitoeranay ny fagnatenanay Aminao.

Chapter 34

¹ Salamo nataon'i Davida; tamin'i nody gegy teo alohan'o Abimeleka, zey nandroaka anazy. Hidera an'i Yaveh amin'ny fotoagna manotolo aho. Ho eo ambavako mandrakariva ny fiderana Anazy.² Hidera an'i Yaveh iaho! Aoka ny ory handre ko hifaly.³ Miaraha midera an'i Yaveh aminahy. Ndao hiara-hanandratsa ny agnarany atsika.⁴ Nitadia an'i Yaveh iaho de namaly anahy I, ko nagnome anahy fandrisesa tamin'ny tahotsa manotolo.⁵ Izey mijery Anazy de mamirapiratsa, eko tsa megnatsa ny endri-dreo.⁶ Tito lihilahy ory tito nitagny eko de nandre i Yaveh ko nagnavotsa anazy fakoriany aby manotolo.⁷ Mitoby eo amin'ny ze matahotsa Anazy ny Anjelin'i Yaveh ko mamonjy andreo.⁸ Andramo ko zahao fa soa Yaveh. Sambatsa ny ona ze mialoka Aminazy.⁹ Matahora an'i Yaveh agnareo ona masina. Tsa hanan-draha mahory ze matahotsa Anazy.¹⁰ Sy ndraika tsa ampy hanina ny liona tanora ko matin'ny noana, fa ze mitadia an'i Yaveh tsa ho orin-draha soa. Avia, zanako, taino aho.¹¹ Hampiantsa anao ny fatahorana an'i Yaveh iaho.¹² Ia ro ona magniry fiaignana sy te andro be, mba hahita soa?¹³ ko ambeno amin'ny ratsy ny lelanaoeko ambeno amin'ny filazana lenga molotsao.¹⁴ Halaviro ny ratsy ko manova ny soa. Mitadiava fiadagnana ko araho zay.¹⁵ Ny mason'i Yaveh de amin'ze manao ny marina eko ny sofiny mitongilagna amin'ny tagnin-dreo.¹⁶ Ny tarehin'i Yaveh de manohitsa ze manao ny ratsy, mba hagnongotana ny fahatsiarovana anazy eto ambony tany.¹⁷ Mitaraigna ny ona marina ko mandre an'i Yaveh mamonjy andreo amin'ny fariany manotolo.¹⁸ Marinin'ny torotoro fo Yaveh, eko mamonjy ny torotoro fagnahy.¹⁹ Be ny olagnan'ny marina, nefa magnafaka andreo amizao raha aby zao Yaveh.²⁰ Mitagna ny taolany manotolo I. Tsa hisy tapaka zao leko raika azsa.²¹ Hamono ny ratsy fagnahy ny loza. Ho voaheloka aby ze mankahala ny marina.²² Mamonjy ny ain'ny mpanompony Yaveh. Tsa hisy bho voaheloka ze mialoka aminazy.

Chapter 35

¹ Salamo nataon'i Davida. Yaveh, miasa amin'ny ze miasa hanohitsa anahy;² Reso ny ampinga kitika sy ny ampinga lihibenao; mitsangana ko ampeo aho.³ Ampiasao amin'ny ze mihaza anahy ny lefogna sy ny famaky fiadianao; tarogno amin'ny fagnahiko hoa: "Iaho ro famonjena anao."⁴ Avilao ho megnatsa sy ho afa-baraka reo ze mitadia ny aiko. Avilao hihemotsa sy ho very hevitsa reo ze mitetika hagnisy ratsy anahy.⁵ Avilao ho salan'ny akofa (ampombo) agnatin'ny rivotsa reo, lehe mitondra anazy reo anjelin'i Yaveh.⁶ Avilao ho mezigina sy malama ny lalan-dreo, sy mandoditsa andreo ny anjelin'i Yaveh.⁷ Mametraka harato ho anahy tsa amin'ny antony reo, mihady lavaka ho an'ny aiko tsa amin'ny antony reo.⁸ Avilao hamely tampoka andreo ny fandranganana. Avilao ny harato ze napetrando mba hanambotsa andreo hiany. Avilao reo higratra ao, amin'ny faharavany.⁹ Nefa hifaly amin'i Yaveh iaho, eko hiravo amin'ny famonjeny.¹⁰ Ny taolako aby hitarogna hoe: "Ra Yaveh, ia ro sahalanao, ze mamonjy ny ory amin'ny ze matanjaka loatsa ho andreo sy ny malahelo eko ny mahantra amin'reo ze mitadia handroba andreo?"¹¹ Mitsangagna ny vavolombelogna tsa marina; miampanga lenga anahy reo.¹² Mamaly ratsy anahy amin'ny soa ataoko reo. Malahelo iaho.¹³ Feny, sy narary reo, de nanao akanjo fisaonana aho; nifady hanina ho andreo tamin'ny fagnondrehana ny lohako teo amin'ny tratrako iaho.¹⁴ Ny alaheloko andreo de salamin'ny alaheloko ny rahalahiko, nitagnondrika salamin'ny misaona io aho.¹⁵ Nefa sy lavo aho, de faly reo sady nivory; niaraka nivory hanohitsa anahy reo, de taitsa aho. Tsa niegnina namely anahy reo.¹⁶ Tsa misy fifagnajagna koa ro nagnesoany anahy; nihidy vazagna taminahy reo.¹⁷ Tompo o, mandra-pahoviana ro hitazagnanao anahy? Vonjeo amin'ny fandranganan-dreo ny fagnahiko, eko ny aiko amin'ny liogna.¹⁸ De hisaotsa Anao eo amin'ny fiangonan-dehibe iaho; hidera anao eo amin'ny onam-be aho.¹⁹ Aoka tsa hifaly aminahy ny fahavaloko mpamitaka; aoka reo tsa hahatanteraka reo teti-dratsiny.²⁰ Fa raha tsa miresaka fiadagnana reo, nefa mitetika hilaza fitaka hanohitsa reo ze miaigna am-piagnana amin'ny taniny.²¹ Mitagnatagna vava hivazavaza anahy reo; hoy reo hoe: "Aha, aha, ny masonay ro efa nahita an'izey."²² Efa an'zay Agnao, Yaveh, aza mangigna; Tompo, aza magnalavitsa anahy.²³ Misandrata ho anahy eko mifohaza hiaro anahy; Andriamagnitso sy Tompoko, tohagno ny adiko.²⁴ Arovo aho, Yaveh Andriamagnitso, noho ny fahamarinanao; aoka tsa himahy anahy reo.²⁵ Aoka reo tsa hanao anakam-po hoe: "Aha, azonay ze nirianay." Aoka reo tsa hanao hoe: "Efa nolevogninay i."²⁶ Aoka ho megnatsa sy ho very hevitsa reo ze te hagnisy ratsy anahy. aoka hitafy hegnatsa sy fahafaham-baraka reo ze magnesio anahy.²⁷ Aoka hikoka am-pifalena sy ho ravo reo ze nararyny fahamagnitso; aoka reo hitarogna mandrakariva hoe: "Hoderaina anie Yaveh, I ro makasitraka ny fiadagnan'ny mpanompony."²⁸ De hilaza ny fahamarinanao sy hidera Anao amin'ny androko aby iaho

Chapter 36 Ho an'ny mpiventy hira . Salamo nataon'i Davida mpanompon'i Yaveh.

¹ Hatao am-pony laligna ro hilazan'ona ratsy ny helony, tsa misy fahatahorana an'Andriamagnitsa eo amin'ny masony.² Fa mampionon-tegna i, mihevitsa fa tsa ho voasarogna sy ho hankahalaina ny fahotany.³ Ny tarognany de fahotana sy

fitaka; tsa te ho hendry sy hanao soa i. ⁴ Mitadia fomba hanotana i, lehe mandry eo am-pandrena; manomboka manao raha ratsy i; tsa magnary ny ratsy i. ⁵ Ny fagnikenao mahatoky, Yaveh, de mipaka amin'ny lagnitsa; eko ny tsa fivadihanao de mipaka amin'ny rahogna. ⁶ Ny fahamarinanao de salan'ny tendrombohits'Andriamagnitsa; ny fitsaranao de salamin'nylalim-be. Yaveh, Agnao ro mamonjy ny olombelogna sy reo biby. ⁷ Endriahe e ny hasarobidin'ny fagnikenao mahatoky, Andriamagnitsa ! Mialoka eo ambany aloky ny elatso ny olombelogna. ⁸ Ho afa-po amin'ny haben'ny hanina an-dragnony ao reo; hamela andreo hisotro amin'ny renirenon'ny fitahiana sarobidy Agnao. ⁹ Fa Aminao ro misy ny loharanon'aigina ; ao amin'ny fahazavanao ro hahitanay fahazavana. ¹⁰ Hitaro tanteraka amin'reo ze mahafantatsa Anao ny fagnekeko mahatoky, ny fiarovanao amin'ze mahintsy fo. ¹¹ Aza avela hagnatogna anahy ny tongotsin'ny mpiavognavogna. Aza avela handroaka anahy ny tagnan'ny ratsy fagnahy. ¹² Tegny ro efa nigitrahan'ny mpanao ratsy; nalavondreo de tsa afaka niarigna.

Chapter 37

¹ Salamo nataon'i Davida. Aza masiaka noho reo mpanao ratsy; aza magniry reo ze manao ny tsa marina. ² Fa ho maigna tsa ho ela salamin'ny ahitsa reo eko halazo salamin'ny raha mitsiry ³ Matokia an'i Yaveh eko manaova ny soa; monegna egny amin'ny tany eko ampitombo ny fahatokiana. ⁴ Eko eo mankasitraka an'i Yaveh, de homeny anao ze irian'ny fonao. ⁵ Akino amin'i Yaveh ny lalanao; matokia Anazy, de hiasa ho anao I. ⁶ Hampiseho ny fahamarinanao salamin'ny mazava I eko ny rariny salamin'ny andro amin'ny mitataovovonana. ⁷ Mitombegna alohan'i Yaveh eko miandraza Anazy am-paharetana. Aza masiaka lehe misy ona mahomby amin'ny raha ataony, leko manao teti-dratsy i. ⁸ Aza masiaka sy kivy. Aza matahotsa. Mahatonga korotagna fotsiny zey. ⁹ Ho tapahana reo mpanao ratsy, fa reo ze miandry an'i Yaveh kosa de handova ny tany. ¹⁰ Afaka fotoagna fohy de hanjavogna ny ona ratsy; hijery eo amin'ny toerany agnao, fa i de ho roso. ¹¹ Fa ny malemy fagnahy de handova ny tany eko hisitraka amin'ny fagnambinana lihibe. ¹² Ny lilihahy ratsy fagnahy de manao teti-dratsy manohitsa ny marina eko magnidy ny nifiny aminazy. ¹³ Mimehy anazy ny Tompo, satria hitany fa avy ny androny. ¹⁴ Namoaka ny sabany ny ratsy fagnahy eko nagenjagna ny tsipikany reo tamin'ny opry sy ny mahantra, mba hamono an'ze mahintsy. ¹⁵ Handefogna ny fon-dreo manokana ny sabatsan-dreo, eko ho simba ny tsipikan-dreo. ¹⁶ Soa lavitsa ny kely anagnan'ny marina noho ny hamaroany an'ny ona ratsy. ¹⁷ Fa ho tapahana ny tagnan'ona ratsy fagnahy, satria Yaveh manohana ny ona marina. ¹⁸ Yaveh mijery isan'andro isan'andro an'reo tsa manan-tsigny, eko ny lovan-dreo de ho mandrakizay. ¹⁹ Tsa ho megnatsa reo sy ratsy ny andro. Sy avy ny mosary, de hanagna ny ampy ho hanina reo. ²⁰ Tsa ho maty ratsy fagnahy. Ho salamin'ny voninahitsy ny saha reo fahavalon'i Yaveh; ho levogna reo eko ho levogna ho setroka. ²¹ Ny ona ratsy fagnahy de mindragna fa tsa magnapody, fa ny ona marina kosa makaka-tagnana sy magnome. ²² Ze notahian'Andriamagnitsa de handova ny tany; reo ze ozogniny de ho tapahina. ²³ Amin'ny alalan'i Yaveh ro hametrahana ny dian'ona , ny ona ze azo bekoana eo imason'Andrioamagnitsa ny lalany. ²⁴ Leko de totoitsa aza i, de tsa mba hige-traka, satria mitagna anazy amin'ny tagnany i Yaveh. ²⁵ Efa mba tanora hiany iaho feny antitsa zizao; tsa vona nahita ona marina nilavo lefogna zao iaho leko nangataka mofy ny zanany. ²⁶ Mamindra fo sy mampindragna mandrakariva i, eko ho tahiana ny taranany. ²⁷ Mialà amin'ny ratsy eko manaova ze marina ; de hilamina mandrakizay agnao. ²⁸ Te fitsaràna Yaveh eko tsa mamela ny mpagnara-diany mahatoky. Voaaro mandrakizay reo, fa reo taranaky ny ratsy fagnahy kosa hotapahina. ²⁹ Handova ny tany ny marina eko tsa hiala ao mandrakizay. ³⁰ Ny vavan'ny ona marina de mitarogna fahendrena eko mampitombo fitsaràna. ³¹ Ny lalàn'ny Andriamagniny de am-pony ao; tsa ho soloaka ny tongony. ³² Ny ona ratsy fagnahy de mijery ny ona marina eko mitadia ny hamono anazy. ³³ Tsa hagnary anazy an-tagnan'ona ratsy Yaveh leko hagnameloka anazy sy notsaraina aza i. ³⁴ Miandraza an'i Yaveh eko tandremo ny lalany, de hanadratsa anao I mba ho fanagnanao ny tany. Ho hitanao ny hamongorana ny ratsy fagnahy. ³⁵ Efa nahita ona ratsy fagnahy nampihorohporo ona niely salamin'ny hazo mentso amin'ny taniny iaho. ³⁶ Fa sy nandalo teo ndraika aho, de teo i. Nitadia anazy iaho, fa tsa hita i. ³⁷ Araho maso ny ona tsa mivadika, eko farito ny ona marina; hisy hoavy soa ho an'onan'ny fiadagnana. ³⁸ Ho rigagna tateraka ny mpanota; tapaka ny ho avin'ona ratsy fagnahy. ³⁹ Ny famonjena ny ona marina de avy hatamin'i Yaveh; miaro andreo I amin'ny fotoagnan'ny korotagna. ⁴⁰ Magnampy sady magnavotsa andreo i Yaveh. Magnavotsa andreo amin'ny ona ratsy I sady mamonjy andreo satria efa nialoka Taminazy reo.

Chapter 38

¹ Salamo nataon'i Davida, mba hitondrana fahatsiarovana. Yaveh, aza mitarogna mahery anahy amin'ny fahatizeranao; aza magnasazy anahy amin'ny fahasiahanao. ² Fa mandefogna anahy ny tsipikanao, de manindry anahy ny tagnanao. ³ Marary nohon' ny fahatizeranao aby ny vatako raimanotolo; tsa misy fahasalamana ny taolako ao nohon'ny fahotako. ⁴ Fa miparitaka aminahy ny heloko; enta-mavasatsa ho anahy reo ⁵ Manaitaina ny feriko eko mamofogna tiren'ny hadalako. ⁶ Megnatsa iaho sady afa-baraka isan'andro; misaona isan'andro lava iaho. ⁷ Fa agnatiko ao, de feno firehetana, tsa misy fahasalamana amin'ny nofoko ao. ⁸ Rokaka aho sady torotoro tokoa; misento nohon'ny fangirifiriakn'ny foko aho. ⁹ Tompo o, fantatsao ny fagnirina laligna indrindra am-poko ao, eko tsa misy misitrika aminao ny sentoko. ¹⁰ Midobodoboka ny foko, miha-malazo ny heriko, pahigna ny fahitan'ny masoko. ¹¹ Ny sakaizako sy ny mpiara-mitory aminahy de magnalavitsa anahy noho ny raha misy aminahy; mijoro mihataka anahy reo namako. ¹² Mamelatsa fandrika ho anahy reo ze mikendry ny aiko. Reo ze mikendry ny handratsa anahy de miresaka fahapotehana ko milaza teny fitaka ny tontolon'ny androny. ¹³ Fa iaho, salamin'ona maregnina ro tsa mahare na ina na ina; salamin'ny ona moagna tsa

mnitarogna ina.¹⁴ Salamin'ny lilihahy tsa mandre sy tsa managna valin-teny iaho.¹⁵ Miandry Anao tokoa iaho, Yaveh; hamaly Agnao, Tompo Andriamagnitso.¹⁶ Mitarogna anizay iaho mba tsa ho faly ny fahavaloko. Lehe soloaka ny tongoko, de hanao zava-doza aminahy reo.¹⁷ Fa efa totoitsa iaho, eko manaintaigna hiany.¹⁸ Mieky ny heloko iaho; magnahy ny amin'ny fahotako aho.¹⁹ Nefa be reo fahavaloko; be reo mankahala anahy tsa ahon-tsa ahoana.²⁰ Mamaly ratsy anahy reo noho ny soa ; mitoraka fiampangana anahy reo leko de nagnorika ny soa aza iaho.²¹ Aza mamela anahy, Yaveh ; Andriamagnitso, aza magnalavitsa anahy.²² Miavia malaky hamonjy anahy, Tompo mpamonjiko.

Chapter 39Ho an'ny mpiventy hira, ho an'i Jedotona. Salamo nataon'i Davida.

¹ Nanapa-kevitsa iaho hoa: " Hitandrigna ze tarogniko iaho mba tsa hanotako amin'ny lelako. Hamehy ny vavako iaho sy eo amin'ny fagnatrehan'ny ona ratsy." ² Nitagna fahangignana iaho; tsa nitarogna iaho leko de tamin'ny fitarognana ny soa aza, de nitombo ny fanaintagnako. ³ Niha -nafana ny foko; sy nihevitsa an'reo raha reo iaho, miledaleda salan'ny afo zey. De nitarogna hiany iaho sy farany. ⁴ Yaveh o, Tarogno anahy ze fatsan'ny aiko sy ny faran'ny androko sisa. Atorò anahy ny hafoezan'ny androko. ⁵ Itito fa nataonao salan'ny sakan'ny tagnako fotsiny hiany ny androko , de salan'ny tsa mitohoka eo agnatrehanao ny androm-piaignako. Tokagna hiany fofon'ain'ona aby manotolo. Sela ⁶ Mandehandeha salamin'ny aloka tokagna ny ona aby, meka hagnango-karena aby ny ona leko tsa fatandreo aby aza ze handray an'zao. ⁷ Eko niany ,Tompo o, ina ro andrazako? Agnao rery ro faran'ny fagnatignako. ⁸ Avoto amin'ny fahotako iaho; Aza manao anahy ho fagnakoran'ny gegy. ⁹ Mangina iaho eko tsa afa-mamoha vava, satria Agnao ro efa nanao an'zao. ¹⁰ Apitraho amizay ny fagnasiam-pery anahy; manafotsa anahy ny fitsiofan'ny tagnanao. ¹¹ Sy magnafay ny ona noho ny fahotany agnao, de mandevogna ny raha iriany salan'ny kalalao; azo antoka tikoa fa fa tsa ina ny ona fa raha foagna. Sela ¹² Hino ny fivavako, ra Yaveh, eko hino iaho; mihinoa ny tagniko! Aza anapegnana sofigna iaho, fa de salan'ny ona hafa iaho aminao, mifindra-minigna salan'ny razambeko aby. ¹³ Alao aminahy ny sazinao mba hafahako mimehy heky alohan'ny hafatesako.

Chapter 40

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Niandry tamim-paharetana an'i Yaveh iaho; niheno anahy I eko nandre ny taraiganao. ² Nitondra anahy hagnanika hatao an-davaka mahafandriandragna tao I, tamin'ny fotaka mandrevo tao, ko nampijoro ny tongoko tambonin'ny vatolampy I ro niaro ny diako. ³ Ngnisy hira vaovao tamin'ny somiko i,fiderana ho an'Andriamagnitsika. Be ro hahita anza ko hagnome voninahitsa Anazy sy hitoky amin'i Yaveh. ⁴ Tretrika ny ona ze manao an'i Yaveh ho tokiny sy tsa magnome voninahitsa ny mpirehareha na reo ze mpivadika aminazy ho amin'ny lenga. ⁵ Be, Yaveh Andriamagnitso, reo asa mahazendagna ze efa vitanao, eko tsa tambo isaina ny hevitsao momba anay; leko magnambara sy mitarogna an'reo iaho, de hihoatsan'izao azo isaina reo. ⁶ Tsa mankasitraka sorogna na fagnatitsa Agnao, fa namoha ny sofiko; tsa mba nangataka fagnatitsa oroana na fagnatitsa noho ny ota Agnao. ⁷ De hoy iaho hoe: "Itito, avy iaho; voasoratsa amin'ny horognam-boky ao ny momba anahy. ⁸ Sitrako ny hanao ny sitraponao, Andriamagnitsa o; ato am-poko ny lalànao." ⁹ Efa nagnambara vaovao mahafalin'ny fahamarinanao tamin'ny fiangonan-dihibe iaho; Yaveh o, fantatsao fa tsa nangina tamin'ny fanaovana an'izay ny molotso. (ny vavako) ¹⁰ Tsa nakomboko tam-poko ao ny fahamarinanao; efa nolazaiko ny fahatokiana sy ny famonjena; tsa nokombogniko tamin'ny fiangonan-dihibe ny fagnikem-pahatokiana sy ny fahamendreham-patokiana. ¹¹ Aza manakagna ny asam-pamindram-ponao tsa ho aminahy, Yaveh; aoka ny fagnikenao mahatoky sy ny fahamindreham-patokiana hiaro anahy mandrakariva. ¹² Magnididigna anahy ny korontagna ze tsa tambo isaina; nahatratra anahy reo heloko de tsa afaka manao ina mihintsy koa iaho; be noho ny volon-dohako reo, eko rokaka ny foko. ¹³ Mifalia , Yaveh, amin'ny fanavotana anahy; malakia roa hagnampy anahy Yaveh. ¹⁴ Avilao ho megnatsa sy ho diso fagnatignana reo ze mikendry ny aiko mba hagnalaka an'zay. ¹⁵ Avilao ho tohigna noho ny fahafaham-barakany, reo manao ny aminahy hoe: " haka!" ¹⁶ Fa aoka hiravoravo sy hifaly aminao reo ze mitadia Anao; avilao ze te ny famonjena hitarogna mandrakariva hoe: " Hoderaina anie Yaveh." ¹⁷ Mahantra sy ory iaho; nefa mihevitsa ny momba anahy ny Tompo. Agnao ro famonjena ho anahy eko avy amin'ny fagnavotana anahy Agnao; aza mitaredretsa, Andriamagnitso o.

Chapter 41

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Sambatsa ze mahatsiaro ny soa; amin'ny androm-pahoriana, ro hanavotan'i Yaveh anazy. ² Hiaro sy hitandrigna anazy tsa ho maty Yaveh, eko de ho sambatsa eto an-tany i; tsa hamadika anazy amin'ny sitrapon'ny fahavalony Yaveh. ³ Hanohagna anazy eo amin'ny fandrian'ny fijaliana Yaveh; hanao ny fandrian'ny aretina ho fandrian'ny fagnasitragnana Agnao. ⁴ Hoy iaho hoe: " Yaveh o, mamindra fo aminaky! Sitragno iaho, fa efa nanota taminao iaho." ⁵ Mitarogna ratsy anahy reo fahavaloko, manao hoe: "Sy viana i ro ho maty eko ny agnarany ho levogna?" ⁶ Lehe avy mba hizaha anahy ny fahavaloko, de mitarotarom-poagna i; magnangogna reo faharatsiako i; sy mamela anahy i, de mitarogna ny faharatsiako amin'ny hafa. ⁷ Reo ze mankahala anahy de mitakoritsika mamely anahy; magnategna ny hagnisy ratsy anahy reo. ⁸ hoy reo hoe: " Misy aretina mahery mifikitsa aminazy; zao i mandry, de tsa hitsangagna koa." ⁹ Eka leko de ny namako aza, ze natokisako, ze nihinagna ny mofoko, de efa nanangagna ny ombalahin-tongony hanohitsa anahy. ¹⁰ Fa Agnao Yaveh. manàgna famindram-po aminahy de

atsangano aho hahafahako mamaly andreo.¹¹ Amizay ro hahalalako fa faly aminahy Agnao, satria tsa maharesy anahy ny fahavaloko.¹² Lehe ny aminahy, de manohagna anahy amin'ny tsa fivadihako Agnao de hihazogna anahy agnatrehanao mandrakizay. Ho deraina hatamin'ny taloha ka ho mandrakizay anie Yaveh, Andriamagnits'Israely. Amen de Amena. Boky faharoa

Chapter 42Ho an'ny mpiventy hira. Maskilan'reo zanaka lahin'i Kora.

¹ Salamin'ny diara magniry ny rano mikoriagna mahery, ro hetahetako ho Anao, Andriamagnitsa. ² Mangetaheta an'Andriamagnitsa aho, ho an'ny Andriamagnitsa velogna. Sy viana iaho ro ho avy sy hiseho eo agnatrehanao Andriamagnitsa? ³ Ny ranomasoko ro sakafoko andro aman'aligna, sy ny fahavaloko mitarogna aminahy isan'andro hoe: "Aia ny Andriamagnitsanareo?" ⁴ Reto raha reto ro ro ntonga de avy an-tsaiko ao lehe mandrakizay ny fagnahiko aho: endriaho ny nandehanao niaraka tamin'ny vahoaka sy nitaraingako ho andreo tan-dragonan'Andriamagnitsa tao tamin'ny hikam-pifaliana sy fiderana, fankalazana be ny firavoravoana. ⁵ Nahoana rto mitanondrika agnao ry fagnahiko? Nahoana agnao ro tohigna agnatiko ao? Magnategna an'Andriamagnitsa, fa hidera Anazy ze famonjeko ndraika iaho. ⁶ Andriamagnitso, ny fagnahiko de mitanondrika agnatiko ao, noho zey de mahatsiaro Anao aho avy amin'ny tanin'ny Jordana, amin'ny tendro telon'ny Tendrombohits'i Hermona, eko hatamin'ny havoan'i Mizara. ⁷ Ny laligna mangaika ny laligna ao amin'ny tabataban'ny riandranonao; ny onjanao sy ny alon-dranonao aby de nanafotsa anahy. ⁸ Nefa Yaveh handidy ny fagnikeny mahatoky amin'ny atoandro; ny amin'ny aligna de hiaraka aminahy ny hirany, vavaka raika ho an'Andriamagnitsy ny aiko. ⁹ Iaho hitarogna amin'Andriamagnitsa, vatolampiko hoe: "Nahoana ro de nagnadigno anahy Agnao? Nahoana ro de mandeha misaona noho ny fampahorian'ny fahavalo iaho?" ¹⁰ Salamin'ny fisian'ny sabatsa eo amin'ny taolako, ro itarognan'ny mpifagnandrigna aminahy anahy mahery, lehe mitarogna aminahy hiany reo hoe: "Aia ny Andriamagnitsanareo?" ¹¹ Nahoana ro mitanondrika agnao, ry fagnahiko? Nahoana ro tohigna ato agnatiko agnao? Magnategna an'Andriamagnitsa, fa vona hidera Anazy ze famonjena ho anahy sy Andriamagnitso ndraika iaho.

Chapter 43

¹ Omeo rariny iaho, Andriamagnitsa o, eko iadio ny adiko hanohitsa reo firenena tsa arak'Andriamagnitsa. ² Fa Agnao ro Andriamagnitsy ny heriko. Nahoana ro nagnary anahy Agnao? Nahoana iaho ro handeha hisaona noho ny fampahorian'ny fahavalo anahy? ³ Alifaso ny hazavana sy ny fahamarinanao, avilao reo ro hitarika anahy. Avilao reo hitondra anahy ho agny amin'ny havoagnanao masina sy agny amin'ny fonegnanao. ⁴ De handeha eo amin'ny alitaran'Andriamagnitsa iaho, eko amin'Andriamagnitsa ze fifaliako ndrindra. Hidera Anao amin'ny harpa iaho, Andriamagnitsa o, Andriamagnitsa o. ⁵ Nahoana ro mitanondrika agnao, ry fagnahy? Nahoana ro tohigna ato agnatiko agnao? Magnategna an'Andriamagnitsa, fa vona hidera Anazy ze famonjena ho anahy sy Andriamagnitso ndraika iaho.

Chapter 44

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora. Maskila. Renay tamin'ny sofina, Andriamagnitsa o, notarognin'ny razambena taminay ny asa nataonao tamin'ny androndreo taloha. ² Drinoakanao tamin'ny tagnanao reo firenena, fa nambolenao kosa ny vahoakanay; nampahory ny ona Agnao, fa naelinao ny tagny amin'ny tany ny vahoakanay. ³ Fa tsa azon-dreo mba ho fanagnany tamin'ny alalan'ny saban-dreo hiany ny tany, na ny sandrin-dreo manokana eko tsa nahavonjy an-dreo; nefa ny tagnan-kavagnanao, ny sandrinao, sy ny fahazavan'ny tavanao, satria soa tamin-dreo Agnao. ⁴ Andriamagnitsa o, Agnao ro Mpanjakako; didio ny fandresena ho an'i Jakoba. ⁵ Amin'ny alalanao ro hanindrianay reo mpifagnandrigna aminay; amin'ny alalan'ny agnaranao ro hagnosegnosenay andreo, de ze mitsangagna hanohitsa anay. ⁶ Fa tsa hitoky amin'ny tsipikako aho, na ny fiadiako hagnavotsa anahy. ⁷ Fa efa nagnavotsa anay tamin'ny mpifaninana taminay Agnao, nampahamegnatsa ny nankahala anay. ⁸ Ao amin'Andriamagnitsa ro efa nanaovanay ny fireharehanay amin'ny andro lava aby, eko hanolotsa ny fisaorana ny Agnaranao mandrakizay agnay. Sela ⁹ Fa amizao agnao efa nagnary anay ko mitondra anay tamin'ny fahafaham-baraka, eko tsa nienga niaraka tamin'ny tafikany Agnao. ¹⁰ Nampihemotsa anay tamin'ny rafinay Agnao; ekomankahala anay nagnalaka ny harenay ho andreo. ¹¹ Nataonao sahalan'ny ondry voalahatsa ho sakafo agnay eko naelinao tamin'ny firenena reo agnay. ¹² Mamarotsa ny vahoakanao tsa amin'ny antony agnao; tsa mampitombo ny harenao agnao tamin'ny fanaovana anza. ¹³ Manao anay ho fahasiahan'ny namany Agnao, esoesoana sy hanihanian'ny mpiray vodi-rindrigna nay. ¹⁴ Manao anay ho fanirantsirana amin'ny firenena Agnao, de ho loham-pangovitana amin'ona aby. ¹⁵ Aloha eo sanandro lava ny fahafaham-baraka, eko mandrakotsa ny tarehiko ny hegnatsako, ¹⁶ noho ny fahavalo sy ny mpamaly faty. ¹⁷ Avy taminay aby zao raha aby zao; nefa Agnao tsa hadignonay na tsa nankato ny fagnekem-pivavahanao. ¹⁸ Tsa nipody an-dalagna ny fonay; tsa niala ny nlalanao ny dianay. ¹⁹ Ny amboadia aza nameno nanay tami'ny aloky ny fahafatesana. ²⁰ Lehe nagnadigno bny agnaran'Andriamagnitsa agnay na namelatsa ny tagnanay tamin'Andriamagnika, ²¹ moasa mitadia an'izay ve Andriamagnitsa? Fa mahalala ny tsiambaratelon'ny fo I. ²² Eka tokoa, nohon'ny Aminao ro hamonoana anay isan'andro lava; eritsiretina ho salan'ny ondry ho famonoana agnay. ²³ Mifohaza, nahoana ro mandrimandry agnao Tompo o? Mitsangana aza magnary tateraka anay. ²⁴ Nahoana ro manitrika ny tarehinao eko nagnadigno fahorianay sy ny

Chapter 45Ho an'ny mpiventy hira; atao Shoshannim. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora. Maskila. Hiram-pitiavana.

fampahoriana anay agnao? ²⁵ Fa miepo agnaty vovoka agnay; ny nofonay mifikitsa amin'ny tany. ²⁶ Mitsangàna ho famonjena anay ko magnavota anay noho ny fagnekenao mahatoky.

Chapter 45Ho an'ny mpiventy hira; atao Shoshannim. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora. Maskila. Hiram-pitiavana.

¹ Mamoaka foto-kevitsa soa ny foko; hovakiako mahery reo teny ze narafitso momba ny mpanjaka, nyn lelak ro penin'ny mpanoratsa mahay. ² Agnao vona soa mihoatsa ny zanak'olombelogna; fahasoavana ro voarakara eo imolotsao; noho zey de fantanay fa Andriamagnitsa ro efa nitahy anao mandrakizay. ³ Apitraho eo agnilanao ny sabatsao, ry mahery, amin'ny fahalihibiazanao. ⁴ Amin'ny fahalibiazanao de mandehana amim-pandresena noho ny fahamendreham-pitokisanao, fahalemem-panahy, sy ny fahamarinana; hanoro anao raha mampatahotsa ny tagnanao ankavagnana. ⁵ Maragnitsa ny zana-tsipikanao; lavo ao ambaninao ny vahoaka; amin'ny fon'ireo fahavalon'ny mpanjakareo zana-tipikanao. ⁶ Ny seza fiandriananao, Andriamagnitsa o, de mandrakizay doria; tehin'ny rariny ny tehin'ny fanjakanao. ⁷ Te fahamarinana Agnao eko mankahala ny faharatsiana; noho zay Andriamagnitsa, Andriamagnitsao, de efa nagnositsa anao tamin'ny diloilon'ny fifaliana mihoatsa noho reo namanao. ⁸ Mamofogna miora aby ny akanjonao, eko kasia; efa nampifaly anao reo valihany ivelan'ny lapa ivory. ⁹ Reo zanaka vavin'ny mpanjaka de isan'ny apela mana-kaja; eo an-tagnana ankavagnanao ro mijoro ny mpanjakavavy mitafy volamenan'i Ofira. ¹⁰ Mitainà, ra kilongapela, mandiniha de atongilagno ny sofinao; hadinò ny vahoakanao sy ny tragon-drainao. ¹¹ Amin'ny alalan'izay de higniry ny hasoanao ny mpanjaka, i ro tomponao, hajao i. ¹² Ny kilongapelan'i Tiro de ho agny miaraka amin'ny fagnomezana; ny manan-karena amin'ny vahoaka de hila sitraka amina. ¹³ Ny zanaka vavin'ny mpanjaka an-dapa ao de be voninahitsa aby; ny fitafiny de natao tamin'ny volamena. ¹⁴ Ho ferina eo amin'ny mpanjaka i amin'ny tohitena misy peta-kofehy; reo virijiny, namany ze magnaraka anazy, de ho ferina amina. ¹⁵ Ho tarihina amim-pifaliana sy faharavoana reo; hiditsa an-dapan'ny mpanjaka ao reo. ¹⁶ An-dapan'ny razanao ro hisy ny ny zanakao, de hataonao andriana eran-tany. ¹⁷ Hampahatsiaro ny agnaranao amin'ny taranakao aby iaho; noho zay ny vahoaka hanolotsa fisaorana anao mandrakizay doria.

Chapter 46Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora; atao Alamota. Tonon-kira.

¹ Andriamagnitsa ro fialofanay sy herinay, famonjena mahatoky amin'ny fahoriana. ² Noho zay de tsa hatahotsa agnay, leko de tokony hiova aza ny tany, leko de tokony hihovitsohitsa aza ny tendrombohitsa, ³ leko de mirohondrohogna sy misamboaravoara aza ny ranony, ary leko de mangovitsa miaraka amin'ny fisafoakany aza reo tendrombohitsa. Sela ⁴ Misy ony ao, ny fikororokany de mampifaly ny tananan'Andriamagnitsa, de ny fitoerana masin'ny tabernakelin'ny Avo Indrindra. ⁵ Andriamagnitsa ro eo agnivony; tsa ho tafahetsika zao; Andriamagnitsa ro hagnavotsa anazy, de hanao anazy vo mangiran-dratsy I. ⁶ Nasiaka reo firenena ary voahozongozogna reo fanjakana; nanandratsa ny feony I, niepo ny tany. ⁷ Momba antsika Yaveh Tompon'ny maro; ny Andriamagnitsa i Jakoba ro fialofanay. Sela ⁸ Avia jireo ny asan'i Yaveh, ny fandravana ze efa nataony tegny amin'ny tany. ⁹ Haampiagneniny amin'ny vazan-tany hiany ny ady; mamotipotika ny tsipika I de manapatapaka ny lefogna; magnoro ny ampinga I. ¹⁰ Mangina de fantaro fa Iaho ro Andriamagnitsa; Ho asandratsa egnny amin'ny tany Iaho; ho asandratsa egnny amin'ny tany Iaho. ¹¹ Momba antsika Yaveh Tompon'ny maro; ny Andriamagnitsa i Jakoba ro fialofantsika. Sela

Chapter 47

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora. Mitehafa tagnana aby ry vahoaka; mihobia an'Andriamagnitsa amin'ny feon'ny fandresena. ² Fa Yaveh ro Avo Indrindra ko hatahorana; I ro Mpanjaka lehibe ambonin'ny tany. ³ Mandresy reo ona ambanitsika eo I de reo firenena ho eo ambany tongotsika. ⁴ Mifidy ny lovantsika ho antsika I, ny voninahitsa i Jakoba ze tiany. Sela ⁵ Andriamagnitsa ro efa niakatsa tamim-pihobiana Andriamagnitsa, Yaveh tamin'ny feon'ny trompetra. ⁶ Mihira fiderana ho an'Andriamagnitsa, mihira fiderana; mihira ho an'ny Mpanjakantsika, mihira fiderana. ⁷ Fa Andriamagnitsa ro Mpanjaka aby ambonin'ny tany; mihira fiderana amin'ny fahazavan-tsaigina. ⁸ Manjaka ambonin'ny firenena Andriamagnitsa; mitoatsa ambonin'ny seza fiandrianany masina Andriamagnitsa. ⁹ Reo andrianan'ny ona miangona ho an'ny vahoakan'Andriamagnitsa i Abrahama; fa reo ampingan'ny tany de an'Andriamagnitsa; I ro hasandratsa indrindra.

Chapter 48Tonon-kira. Salamo nataon'ny zanaka lahin'i Kora.

¹ Lihibe Yaveh ro tokony hoderaina indrindra, ao an-tagnan'Andriamagnitsika eo an-tendrombohiny masina. ² Avo mahafinaritsa, ny fifalian'ny tany aby, de ny tendrombohitsa i Ziona, eo amin'ny ilany avaratsa, ny tanana'ny Mpanjaka lihibe. ³ Andriamagnitsa de efa nampahafantatsa ny tegnany tamin'ny lapany ho fialofana. ⁴ Fa, itito, ny mpanjaka nibotry; niara-nandalo reo. ⁵ Nahita an'zay reo, ko de talanjogna; reki-tahotsa, sy nilefa malaky. ⁶ Nahazo andreo tagny ny fangovitana, de salamin'ny hirifirin'ny apela eo am-piterahana. ⁷ Amin'ny alalan'ny rovotsa tatsignanana ro hamakiana ny sambon'i tarsisy. ⁸ Araka ny efa renay, ro hitanay ta an-tananan'i Yaveh tompon'ny maro, ta an-tananan' Andriamagnitsay; hampitoatsa an'zay mandrakizay anie Andriamagnitsa. Sela ⁹ Efa nihevitsa ny momban'ny fagnikena mahatokinay agnay, Andriamagnitsa o, teo apovoan'ny tempolinao. ¹⁰ Araka ny Agnaranao, Andriamagnitsa o, de zay koa

ro hiderana Anao hatagny amin'ny vazan-tany; feno fahamarinana ny tagnanao ankavagnana.¹¹ Oka hifaly ny tendrombohits'i Ziona, oka hifaly reo zanaka vavin'i Joda noho ny didinao marina.¹² Mandehana mihodikodigna ny tendrombohitsa Ziona, mihodikodigna aminazy; isao ny tilikambony,¹³ hamarino soa ny mandany, de zahao reo lapany mba hahafahanao mitantara anizay amin'ny taranakao ho avy.¹⁴ Fa io Andriamagnitsa io ro Andriamagnitsika mandrakizay doria; I ro ho tari-dalagna ho antsika hatamin'ny fahafatesana.

Chapter 49

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo natao'ny zanaka lahin'ny Kora. Izizao mihinoa, agnareo ona aby; magnangilàgna sofigna,agnareo mponignin'ny tany aby,² leko ambany leko ambony, ndreko manan-karena leko misotry miaraka.³ Ny vavako hitarogna fahindrena de ny fisaigan'ny foko hitarogna fahazavan-tsaigana.⁴ Hanongilan-tsofigna amin'ny fagnoharana iaho; hiatomboka amin'ny harpa ny fagnoharako.⁵ Nahoana iaho ro tokony hatahotsa ny andro ratsy, lehe magnodidigna anahy ao amin'ny voditongotsa ny heloka?⁶ Nahoana aho ro tokony hatahotsa ireo ze mitoky amin'ny harena sy mirehareha amin'ny haben'ny fanagnany?⁷ Azo antoka tokoa fa tsa hisy afaka hahavonjy ny rahalahy ndreko hagnome tamby ho an'Andriamagnitra ho an'azy.⁸ Fa ny avots'aigana de lafo,ary de tsa misy afaka hagnefa ize tokony hosoloantsika⁹ Tsa hisy afa miaigna mandrakizay izanyka tsa ho simba ny nofony.¹⁰ De hahita fahasimbana izy.Ireo ona hendry ho maty;ny gegy sy ny maditsa samy ho levogna sy hamela ny haren'ny ho an'ny hafa.¹¹ Ny hevi-dreo de ny havany sy ny toeram ponegnany hitohy mandrakizay,de ho an'ny taranany;akehin'ny arakan'ny agnarany ihany ny tanin-dreo.¹² Fa ny ona,manan-karena,koa de tsa hitoetsa ho velogna,mitovy reo biby ze ho velogna.¹³ Ty lalan-dreo ty,ro ho fahagigendreo;kanefa afaran-dreo de tian'olo ny fomba fitarony Sela.¹⁴ Sahalany ondry ro nanindrena andreo ho amin'ny fiaigna-tsa hita,de fahafatesana ro ho piambigna an-dreo.Ny ona marina hanapaka eo amin-dreo sy maraigana,de ho levogna agny amin'ny fiaigna-tsa hita ny nofony,de tsa hisy toerana hipitrahandreo.¹⁵ Fa Andriamagnitsa hamonjy ny aiko amin'ny herin'ny fiaigna-tsa hita;handray anahy I Sela.¹⁶ Aza matahotsa leko hisy ona panankarena,de mitombo ny voninahitsy ny ankohonany.¹⁷ Fa sy maty i de tsa hitondra na ina na ina mihintsy,tsa hiorogna hagnorik'azy ny voninahiny.¹⁸ Sy vonaniaigna i de nitahy ny fagnahiny de midera anao ny ona sy miaigna ho an'ny tagnanao agnao.¹⁹ Handeha ho any amin'ny taranak'ireo razany i de tsa ahita ny hazavana mihintsy.²⁰ Ze managna harena nefa tsa managna fahazavan-tsaigana de tsa misy hafa amin'ny biby,ze ho levogna.

Chapter 50

¹ Salamo nataon'i Asafa. Ny Tsitoha, Andriamagnitsa, Yaveh, de efa nitarogna sy nangaika ny tany manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatamin'ny filitehany.² Hatao Ziona, ny lafatsa amin'ny hatsaran-tarehy,ro natoron'Andriamagnitsa.³ Ho avy ny Andriamagnitsika ko tsa mba hangina; hisy afo mandevogna eo alohany, de tafio-drivotsa be ro magnodidigna Anazy eo.

⁴ Mentso ny lagnitsa ambony sy ny tany I mba hahafahany mitsara ny vahoakany:⁵ "Vorio miaraka aty aminahy reo mahatoky Anahy, de reo ze efa nanao fagnikena taminahy tamin'ny sorogna."⁶ Ny lagnitsa hagnambara ny fahamarinany, fa Andriamagnitsa tagnany mihintsy ro mpitsara. Sela⁷ Mitainoa, ra ona, de hitarogna Iaho, Iaho ro Andriamagnitsa, ny Andriamagnitsareo.⁸ Tsa hagnanatsa anao noho reo sorognanao iaho; alohako hiany ny fagnatitsa horoana ho anao.⁹ Tsa hagnalaka ombilahy avy tan-dragonao ao iaho, na osilahy avy tao am-balanao.¹⁰ Fa Anahy aby ny biby agny agnaty ala, sy ny biby fiompy egnny amin'ny havoagna an'arivony.¹¹ Fantako aby ny voro-manidin'ny tendrombohitsa, de Anahy reo bibidia agny an-tamboho.¹² Lehe noana Iaho, tsa mba hitarogna aminao zao; fa Anahy ny tany, sy ze raha aby eo aminazay.¹³ Moa hihinagna ny nofon'ny ombilahy ve Iaho na hisotro ny ran'ny osy?¹⁴ Atoloro an' Andriamagnitsa ny sorom-pisaorana, de efao amin'ny Avo Indrindra reo voadinao.¹⁵ Keha Aho amin'ny androm-pahoriana; de hamonjy anao Iaho, eko hagnome voninahitsa Anahy agnao.¹⁶ Fa hoy Andriamagnitsa amin'ny ratsy fagnahy hoe: " Ina ro ho ataonao amin'ny fagnambaranana reo lalako, fa efa noraisinao ho eo am-bavanao ny¹⁷ fagnikeko, satria tsa te ny fagnanarana agnao de magnary ny teniko?¹⁸ Sy mahita mpangalatsa agnao, de miray loha amininazy agnao; mandray anjara amin'ny ze mijangajanga agnao.¹⁹ Atolotsao ho an'ny ratsy ny vavanao, de ny lelanao magnatoro fitaka.²⁰ Mipetraka agnao de mitarogna manohitsa ny rahalahinao; endrikendrehinao ny zanaka lahin-dreninao.²¹ Efa nanao reo raha aby reo agnao, nefa nitagna ny fahangignana aho, nge de mihevitsa manko agnao fa ona mitovy amin'ny tagnanao hiany Iaho. Nefa hagnanatsa anao iaho de hampiakatsa, ho eo amin'ny tandrifin'ny masonao, ny raha aby vitanao.²² Asio fiheverana soa zao, agnaoze nagnadigno an' Andriamagnitsa, lehe tsa zay de hopotipotehiko agnao, de tsa hisy ho avy hagnampy anao!²³ Ze manolotsa sorom-pihavagnana ro mankalaza Anahy,de ho an'ze mikasa ny lalany ho amin'ny lala-marina ro hanehoako ny famonjen'Andriamagnitsa."

Chapter 51Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida; sy nagnatogna an'i Natana mpaminany tafaran'ny nandriany niaraka tamin'i batseba.

¹ Mamindra fo aminahy, Andriamagnitsa o, noho ny fagnikena mahatoky; noho ny amin'ny hamaroan'ny asam-pamindram-ponao, vovno ny fahadalana nataoko.² Sasao an-tsakany sy an-davany iaho mba ho afa-keloka de diovo amin'ny fahotako.³ Fa fantako ny heloko, ary de alohako eo mandrakariva ny fahotako.⁴ Taminao de taminao rery, ro efa

Chapter 52Ho an'ny mpiventy hira. Maskilan'i Davida; sy avy hitarogna an'i Saoly i Doega Edomita, de nitarogna taminazy hoe:" Avy tan-dragon'i Ameleka i Davida."

nanotako sy nahavitako raha ratsy teo imasonao; fa mahintsy Agnao lehe mitarogna; ro marina sy mitsara ⁵ Itito, teraka tamin'ny heloko iaho; lehe vona notorotoronin-dreniko, de efa tamin'ny fahotana aho. ⁶ Itito, magniry fahamendrehampitokisana ato am-poko Agnao; ato am-poko ro hampahafantaranao anahy fahendrena. ⁷ Diovo hysopa aho,de ho madio; sasao aho,de ho fotsy mihoatsa ny oram-panala. ⁸ Ampandreneso haravoana sy fifaliana iaho mba hahafahan'ny taolako notapahinao hifaly. ⁹ Asitriho amin'ny tavanao reo otako ka afaho aby ny heloko. ¹⁰ Amorony fo madio aho, Andriamagnitsa o, ary havaozy fagnahy marina ny ato agnatiko. ¹¹ Aza alavirina amin'ny fagnatrehanao aho, de aza alaina aminahy ny Fgnahinao masina. ¹² Ampodiano aminahy ny fifaliana amin'ny famonjena, de tohagno amin'ny fagnahy vonona aho. ¹³ De hampianatsa reo mpandika lalàna ny lalanao aho, ko de hiova fo reo mpanota. ¹⁴ Mamelà anahy noho ny fandatsahan-drà Andriamagnitsy ny famonjena anahy, de hihika ny fifalian'ny fahamarinanao aho. ¹⁵ Tompo o, vohao ny somiko, de hagnatoro dera ho Anao aho. ¹⁶ Fa tsa mankasitraka sorogna Agnao, leko iaho manolotsa anza; tsa managna fahafinarehana amin'ny fagnatitsa oroana Agnao. ¹⁷ Ny fagnatitsa Andriamagnitsa de fagnahy torotoro. Agnao, Andriamagnitsa o, de tsa hanao tsinintsinona ny fo torotoro sy manegnina. ¹⁸ Manaova soa amin'ny fankasitrahanao an'i Ziona; Areno ndraika ny mandan'i Jerosalema. ¹⁹ De hankasitraka reo sorom-pamarinana, amin'ny fagnatitsa oroana de reo fagnatitsa oroana aby Agnao; ko de hanolotsa ombilahy eo amin'ny alitara ny vahoakanay.

Chapter 52Ho an'ny mpiventy hira. Maskilan'i Davida; sy avy hitarogna an'i Saoly i Doega Edomita, de nitarogna taminazy hoe:" Avy tan-dragon'i Ameleka i Davida."

¹ Nahoana agnao ro mirehareha amin'ny fanaovan-dratsy, ry lilahy mahery? Avy isan'andro ny famindrampon'Andriamagnitsa. ² Mikasa famotehana ny lelanao salamin'ny hareza maragnitsa, miasa amim-pitaka. ³ Te ratsy mihoatsa ny soa agnao de mandenga salan'ny ze milaza ny fahamarinana. Sela ⁴ Te ny tarogna ze mandevogna ny hafa aby, agnao ro lela mpamitaka. ⁵ hamotika anao salamiizay koa anie Andriamagnitsa; hagnalaka anao I ko hagnongotsa anao hiala amin'ny lainao tsa ho amin'ny tanin'ny velogna. Sela ⁶ Ny marina hijery, de hatahotsa, himehy anazy reo ko hitarogna hoe: " Itito hekana, ny lililahy tsa nanao an'Andriamagnitsa ho fialofany,fa nitoky tamin'ny fahamaroan'ny hareny, de nahery fo i namotika ny hafa." ⁸ Fa lehe aho aloha,de salamin'ny hazon'oliva an-dragon'Andriamagnitsa ao aho; hatoky ny fagnikena mahatokin'Andriamagnitsa mandrakizay doria aho. ⁹ Hagnome sitraka Anao mandrakariva aho amin'ze vitanao. Hiandry ny Agnaranao eo amin'ny fagnatrehan'ny vahoakanao masina aho, satria soa zay.

Chapter 53

¹ Ho an'ny mpiventy hira; atao Mahalata. Masikilan'i Davida. Ny gegy manao anakampo hoe: "Tsa misy Andriamagnitsa." Mpanao ratsy aby reo de nahavita heloka fahavetavetana; tsa misy manao soa. ² Miondrika mijery ny zanak'olombelogna hatagny an-dagnitsa Andriamagnitsa mba hizaha lehe misy mahatakatasa, ze mitadia Anazy. Fa niholaka aby reo. ³ Niaraniolaka ho mpanao ratsy aby reo.Tsa misy manao soa ,leko raika aza. ⁴ Moa tsa mahalala ve ny mpanao ratsy tsa managna fahazavan-tsaigna,de ze mandevogna ny onako salan'azy mihinagna mofo de tsa mangaika an'Andriamagnitsa reo? ⁵ Tagnaty tahotsa lihibe reo, leko tsa nisy antony tokony hampatahotsa; fa Andriamagnitsa hanapatapaka ny taolan'ny ze hitoby hanohitsa anao; ny ona salan'zay de halaim-baraka satria efa nolavin'Andriamagnitsa reo reo. ⁶ Enga anie ho avy agny Ziona ny famonjena ny Israely! Sy ferin'Andriamagnitsa mipody hatamin'ny fahababoana ny onany,de ho ravoravo i Jakoba de ho faly i Israely!

Chapter 54ho an'i mpiventy hira; ampiarahina amin'ny lokanga. Maskilan'i Davida;rehefa avy reo zifita nitarogna tamin'i Saoly hoe: "Moa tsa nanitrika ny tagnany niaraka tamintsika ve Davida?"

¹ Vonjeo amin'ny agnaranao aho Andriamagnitso eko tsarao amin'ny herinao. ² Taino ny fivavako Andriamagnitso o; anongilagno ny sofina reo tenin'ny vavako. ³ Fa ona hafa firenenaro mijoro manohitsa anahy,eko lililahy tsamisy indrafo ro nagnejika ny aiko; tsa nametraka an'Andriamagnitsa teo alohan'reo. Sela ⁴ Indro,Andriamagnitsa ro mpamonjiko; ny Tompo irery ihany ro manohagna anahy.

⁵ Hamaly ny ratsy nataon'reo fahavaloko I; aringano ireo, amin'ny fahatokiana! ⁶ Amin'ny fanatitsa an-tsitrampo hanaovako sorogna ho Anao; fisaorana fo atolotso ho Anao;ry Yaveh, fa soa zay. ⁷ Satria namonjy anahy tamin'ny loza aby manotolo I; efa nahita fandresena tamin'ny fahavaloko ny masoko.

Chapter 55

¹ Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Maskilan'i Davida. Manongolagna sofigna amin'ny fivavako, Andriamagnitsa o; de aza miery amin' ny fitarainako. ² Hino aho de valio; miriorio ny eritseriko,de mitoloko aho. ³ Noho ny feon'ny fahavaloko,noho ny fampahorian'ny ratsy fagnahy; mampitondra fahoriana anahy reo de mandodditsa anahy amim-pahasiahana. ⁴ Mangorohoro agnatiko ato ny foko, de nitrotraka taminahy ny horohorom-pahafatesana. ⁵ Efa avy aminahy ny fahatahorana sy ny fangovitana, de nanafotsa anahy ny horohoro. ⁶ Hoy iaho hoe:"hee, lehe mba nanagn'elatsa salamin'ny voromahilala manko iaho! De nitsidigna iaho de ho agny amin'ny fitsaharana. ⁷ Ity, nirenireny lavitsa tokoa iaho; niegnina agny agn'efitsa. Sela ⁸ Ho roso malaky iaho hamonjy fialofana. Mba tsa ho hazan'ny tafio-

Chapter 56Ho an'ny mpiventy hira; atao Jonatelema-rehokima. Salamo nataon'i Davida. Miktama; tamin'ny nisamboran'reo Filistina anazy tagny Gata.

drivotsa sy ranon'oram-baratsa ."⁹ Ringano i, Tompo o, ampifangaro ny fitarognany! Fa efa nahita herisetra sy fifandirana tan-tanana ao iaho.¹⁰ Mandehandeha andro aman'aligna eo ambonin'ny mandan'zay reo.¹¹ Heloka sy sopatsa ro agnivon'izay. Faharatsiana ro eo ; tsa miala amin'ny tsenany ny fampahoriana sy fitaka.¹² Fa tsa fahavalo ro nitarogna mahery anahy, lehe tsa zey de afaka niaritsa hiany iaho; ary tsa ny mankahala anahy ro nitsangagna hanohitsa anahy, lehe tsa zey de afaka nanitrika ny tegnako taminazy hiany iaho.¹³ Fa agnao ndrindra, lihilahy mitovy saranga aminahy. Namako sakaizako ndrindra.¹⁴ Nanagna fiombognana mamy atsika;nandeha tao an-dragon'Andriamagnitsa niaraka tamin'ona atsika.¹⁵ Avilao hanapoka anazy ny fahafatesana .Avilao ho hiorogna velogna agny amin'ny fiainan-tsy hita reo,satria faharatsiana ro itoeran-dreo, na aia na aia misy andreo.¹⁶ Lehe aho aloha,de hangaika an'Andriamagnitsa aho, de Yaveh hagnavotsa anahy.¹⁷ Mitaraigna sy mitoloko aho amin'ny hariva, ny maraigna sy ny mitatao vovognana;de handre ny feoko I.¹⁸ Hamonjy ny fiaignako soa amatsara i amin'ny ady ze nanohitsa anahy, fa be reo ze niady taminahy. Andriamagnitsa, ze manjaka mandrakizay anie hiheno ko hampietry andreo. Sela Tsa miova mihitsy reo, de tsa matahotsa an'Andriamagnitsa.²⁰ Nanandra-tagnana hamely ze nihavana taminazy ny sakaizako;tsa nagnaja ny fagnikena ze nanagnany i.²¹ Nalama salamin'ny dibera ny vavany, nefa nankahala ny fony; Malambo salamin'ny diloilo ny tarony, nefa kay sabatsa natsatotsatoka reo.²² Apitraho amin'Yaveh ny enta-mavesatsanao, de hanohagna anao I; tsa hamela ny ona-marina hangozohozo mihintsy I.²³ Fa Agnao, Andriamagnitsa o, ro handrorogna ny ratsy fagnahy agny an-davaky ny fahapotehana; reo mangetaheta ra sy reo ona mpamitaka de tsa hiaigna mihintsy leko antsasaky ny an'ny hafa aza,fa iaho kosa hatoky Anao.

Chapter 56Ho an'ny mpiventy hira; atao Jonatelema-rehokima. Salamo nataon'i Davida. Miktama; tamin'ny nisamboran'reo Filistina anazy tagny Gata.

¹ Mamindra fo aminahy, Andriamagnitsa o, fa manafika anahy reo lihilahy! Reo miady aminahy manery mihintsy ny fanafihany andro lava.² Mandia anahy andro lava aby ny fahavaloko; fa be reo miady aminahy amim-pireharehana.³ Lehe matahotsa aho, de hapetrako aminao ny tokiko.⁴ Amin'Andriamagnitsa, ro iderako ny tarony; amin'Andriamagnitsa ro efa nametrahako ny tokiko; tsa hatahotsa aho; ina ro hataon'ny nofo aminahy?⁵ Mandika vilagna ny taroko andro lava reo; manohitsa anahy amin'ny fisaignan-dratsy aby reo.⁶ Mikambagna reo, miery reo, de mitsongo dia anahy, satria mikendry ny aiko.⁷ Aza avela hilefa amin'ny fanaovan-dratsy reo reo. Reseo amin'ny hatizeranao ny ona, Andriamagnitsa o.⁸ Magnisa ny firenirenako Agnao de manao ny ranomasoko ao an-tavoahanginao; moa tsa voasoratsa ao amin'ny bokinao ve reo?⁹ Ko de hipody reo fahavaloko amin'ny andro ze hangehako Anao; fantako zay, fa hiady ho anahy Andriamagnitsa,¹⁰ Amin'Andriamagnitsa ro iderko ny tarony, amin'i Yaveh ro iderako ny tarony,¹¹ amin'Andriamagnitsa ro itokiako, de tsa hatahotsa aho. Ina ro azon'ona atao aminahy?¹² Aminahy ato ny adidy hagnatanterahana ny voadiko aminao, Andriamagnitsa o; hanolotsa fagnati-pisaorana ho anao aho.¹³ Fa efa namonjy ny fiagnako tamin'ny fahafatesana Agnao; nitagna ny tongoko tamin'ny figitrahana Agnao, mba hahafahako mandeha eo agnatrehana'Andriamagnitsa amin'ny fahazavan'ny velogna.

Chapter 57Ho an'ny mpiventy hira;atao Al-tashheth. Salamo nataon'i Davida. Miktama; lehe nilefa an'i Saoly i, tao agnaty zohy.

¹ Mamindra fo aminahy, fa hialoka aminao ambara-pahatapits'izao fahoriako zao. Mitoatsa eo ambany elatsao ho aroko aho mandra-piegnin'zao faharavana zao.² Hitaraigna amin'Andriamagnitsa Avo Indrindra aho, ho an'Andriamagnitsa, manao ny raha aby ho anahy.³ Handefa fagnampiana hatagny an-dagnitsa I de hamonjy anahy, masiaka amireo ze mamely anahy I. Sela. Andriamagnitsa handefa ny hatsaram-pagnahiny sy ny fahatokisany aminahy.⁴ Eo ampovoan'ny liona ny aiko; eo amin'ny ze vonona handrapaka anahy iaho. Eo amin'ona ze managna nify salamin'ny lefogna sy tsipika iaho, de ze managna lelan-tsabatsa maragnitsa iaho.⁵ Misandrata, Andriamagnitsa, ambonin'ny lagnitsa; avilao ho eo ambonin'ny tany aby ny voninahitsao.⁶ Namelatsa harato ho an'ny tongoko reo; ory iaho. Nihady lavaka teo alohako reo. De ny tegnandreo hiany ro nigetrahako tao apovoan'ny zay! Fiatoana sy fiderana.⁷ Tafatoatsa ny foko, Andriamagnitsa o, tafatoatsa ny foko; hihira iaho, eka, hihira fiderana iaho.⁸ Mifohaza, ry foko nomem-boninahitsa; mifohaza, ry valiha sy lokanga; hofohaziko ny mangiran-dratsy.⁹ Hanolotsa fisaorana ho Anao aho, ry Tompo, eo amin'ny vahoaka; hihira fiderana ho Anao aho eo amin'ny firenena.¹⁰ Fa lihibe ny fitiavanao tsa mety levogna, manaka-dagnitsa; de ny fahatokiana manakatsa ny rahogna.¹¹ Misandrata, Andriamagnitsa o, ambonin'ny lagnitsa; ny fahasoavanao anie ho asandrata manerana ny tany manotolo.

Chapter 58

¹ Ho an'ny mpiventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i Davida. Miktama. Milaza ny fahamarinana ve agnareo ry mpanapaka? Mitsara amim-pahamarinana ve agnareo,ra ona?² Aahana, manao ny faharatsiana ao am-ponareo agnareo; mizara herisetra manerana ny tany amin'ny tagnanareo agnareo.³ Mania ny ratsy fagnahy leko de vona tao an-troka aza; mania reo hatamin'ny vo teraka, amin'ny filazana lenga.⁴ Tahaka ny poizin'ny bibilava ny poizin-dreo; salamin'ny vipera maregnina ze manakagna ny sofiny tsa handre,⁵ ze tsa mitandrigna ny feon'ny mpilalao ody, na mahay salan'ina aza reo.⁶ Andriamagnitsa o, torotoro ny nifiny eo am-bavany; ongoto ny vazan'ny liona tanora,Yaveh o.⁷ Avilao reo hiepo tahaka

Chapter 59ho an'ny mpiventy hira,atao Al-Tasheth,salamo nataon'i Davida.Miktama;rehefa niaraka i Saoly ka niambina ny trano mba hamonoana azy.

ny rano raraka; sy mandefa ny zanatsipikany rep,de avilao ho tahaka ny tsa misy tendrony. ⁸ Avilao ho tahaka ny lelosy mitsonika reo de maty, salamin'ny zaza tsa tongavolagnan'ny apela raika tsa mahita ny tara-masoandro mihitsy. ⁹ Dieny vona tsa mafanan'ny afon-tsilo ny vilagninao, de ho feriny amin'ny tafio-drivotsa reo, na tsilo mentso na ny tsilo mirehita. ¹⁰ Ny ona marina hifaly sy mahita ny famalian'Andriamagnitsa i; hanasa ny tongony amin'ny ran'ny ratsy fagnahy i, ¹¹ mba hitarognan'ona hoe: "Marina tokoa, fa misy valisoa ho an'ona marina; marina tokoa fa misy Andriamagnitsa mitsara ny tany."

Chapter 59ho an'ny mpiventy hira,atao Al-Tasheth,salamo nataon'i Davida.Miktama;rehefa niaraka i Saoly ka niambina ny trano mba hamonoana azy.

¹ Afaho amin'ireo fahavaloko aho,Andriamagnitsa o,apitraho egny amin'ny ambony lavitsa ze mitsangagna hanohitsa anahy aho. ² Arovy am'ireo mpanao heloka aho ary avoto amireo ona te ady. ³ De misaigna ny kendrena ny aiko reo.Reo mpanao ratsy mahery de mivory hanohitsa anahy.De tsa noho ny heloko na ny fahotako ry Yaveh. ⁴ Miomagna ny hamono anahy reo leko tsa mana-pahadisoana aza aho.Mifohaza de vonjeo aho ka jireo. ⁵ Agnao ry Yaveh Andriamagnitsa tompoan'ny maro;lay Andriamagnitsa ny Israely,mitsangana ary faizo ny firenena aby;aza amena famindram-po ze panao meloka.Sela ⁶ Mivory aby reo sy hariva,mivovo mitovy amin'ny amboa reo de mandehandeha erakin'ny tanàna. ⁷ Jireo mandrezatsa amin'ny vavany reo;Sabatra ro eo amin'ny molony,de hoy nataondreo hoe"Ia ro mahare agnahy?" ⁸ Fa agnahy ry Yaveh de mimehy an'azy reo;ataonao fimehezana ny firenen'aby. ⁹ Andriamagnitsa ;heriko o,hihaino Agnao aho,tilikamboko ambony. ¹⁰ Hihaona amiko ny Andriamagnitro miaraka amin'ny fagnikeny mahatoky; Andriamagnitsa no hamela ahy hahita ny fagniriako amireo fahavaloko. ¹¹ Aza vonoana reo fa nge hadignony ny oloko.Aelezo amin'ny fahefana reo de ataovo migetrika,ry Tompo ampinganay. ¹² Noho ny fahotany vavandreo sy ny tarognany somindreo,aoka ho samborina amin'ny fireharehany reo,de amin'ny ozogna sy amin'ny lenga ro hanoroandreo hevitsa. ¹³ Levony amin'ny fahasahagnao reo,levogny reo mba tsa hisy koa;avilao ho fantandreo fa Andriamagnitsa ro mpanjaka eo amin'i Jakoba sy hatramin'ny farany tany.Sela ¹⁴ Mipody reo sy hariva,mivovò de koa amboa mandehandeha erany tanàna. ¹⁵ Miriorio mitadia hanina i,sy tsa i de agny ihany mandritra ny aligna. ¹⁶ Fa hihira mombany Herinao aho,de hihira ny fitiavanao tsa miova sy maraigna!Fa hafaleana be ho agnahy agnahy sady fialofana amin'ny andro fahoriako. ¹⁷ Ho Agnahy ry heriko,no hihirako fiderana;fa Andriamanitsa ro fiarovana ambony ho agnahy,de lay Andriamagnitsiny ny famindrampo.

Chapter 60Ho an'ny mpiventy hir; atao Shushan-Eduth. Miktama nataon'i Davida; hop fampianarana. Fony niady tamin'i Syria Naharaima sy tamin'i Syria Zobah, de Joaba nipody de namono Edomita roa arivo sy roa aligna tagny andohasahan-tsira.

¹ Andriamagnitsa o, efa namakivaky ny fiarovany Agnao; masiaka Agnao; ampodio ndraika agnay. ² Efa nampihovitsohitsa ny tany Agnao; efa norotehnao zay; sitragno ny triatsany, fa mihozongozogna zay. ³ Nampahita raha sarotsa reo vahoakanao Agnao; nampisotro anay divay mampivembegna Agnao. ⁴ Ho an'reo magnome voninahitsa Anao, de efa nanangananao faneva aharihary hanoherana reo ze mitondra tsipika. Sela ⁵ Mba hahatonga reo tianao ho voavonjy, vonjeo amin'ny tagnanao ankavagnana agnay ko valio aho. ⁶ Nitarogna tamim-pahamasinana Andriamagnitsa hoe: " Hiravoravo Aho; hizara an'i Sekema Aho de hamaritsa ny lohasahan'i Sokota. ⁷ Anahy Gileada, de Anahy Manase; fiarovan-dohako koa i Efraima; Joda ro tehim-piandrianako. ⁸ Tavin-drano fanasako i Moaba; i Edoma ro hanorahako ny kapako;hihika am-pandresena Aho noho i Filistia." ⁹ Ia ro hitondra anahy ao amin'ny tagnana mahery? Ia ro hitarika anahy ho agny Edoma? ¹⁰ Fa Agnao, Andriamagnitsa o, moa tsa efa nanda anay ve ? sady tsa nandeha nivoaka niaraka tamin'ny tafikay Agnao. ¹¹ Ampio agnay hanohitsa ny fahavalonay, fa raha foagna ny fagnampian'olombelogna. ¹² Handresy agnay miaraka amin'ny fagnampian'Andriamagnitsa; handiandia ny fahavalonay i.

Chapter 61

¹ Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Salamo nataon'i Davida. ² Hinò ny fitaraignako, Andriamagnitsa o; atreho ny fivavako. ³ Hatamin'ny faran'ny tany ro hangehako Anao sy feno ny foko; tariho agny amin'ny vatolampy ze avo ndrindra noho iaho aho. Fa Agnao ro efa fialofana ho anahy, fiarovana mahery amin'ny fahavalo. ⁴ Avilao aho hitoatsa ao amin'ny tabernakelinao mandrakizay! Avilao aho hialoka ambany aloky ny elatsao. Sela ⁵ Fa Agnao, Andriamagnitsa o, ro efa nandre ny voadiko, efa nagnome anahy ny lovan'ny ze nagnome voninahitsa ny Agnaranao Agnao. ⁶ Hampateza ny fiaignan'ny mpanjaka Agnao; ho salamin'ny taranaka mifandimby ny taognany. ⁷ Hitoatsa eo agnatrahan'Andriamagnitsa mandrakizay i. ⁸ Hihira fiderana ho an'ny Agnaranao mandrakizay iaho mba hahafahako magnatanteraka reo voadiko isanandro.

Chapter 62Ho an'ny mpiventy hira, araka ny fomban'i Jedotona. Salamo nataon'i Davida.

¹ Miandry an'Andriamagnitsa rery am-pahanginana iaho; hataminazy ny famonjena anahy. ² I rery ro vatolampiko sy famonjeko; I ro fiarovana ho anahy; tsa hangozohozo tokoa aho. ³ Mandra-pahoviana, agnareo aby, ro hanafika ona, mba

hahafahanareo mampihozohozo anazy tahaka ny manda mirogna na fefy mihozongozogna? ⁴ Nihaogna taminazy rery reo mba hampihetry anazy amin'ny fitoerany be voninahitsa; te mitarogna lenga reo;mitsodrano anazy amin'ny vavany reo nefa magnozogna anazy agny am-pony. Sela ⁵ Miandry am-pahanginana an'Andriamagnitsa rery hiany iaho; fa mitoatsa agny Aminazy ny fagnategnako. ⁶ I rery hiany ro vatolampiko sy famonjena ho anahy; I ro fiarovako avo; de tsa hangozohozo aho. ⁷ Ao amin'Andriamagnitsa ny famonjena anahy sy ny voninahitsa; ny vatolampin'ny heriko sy fialofako de ao amin'Andriamagnitsa. ⁸ Matokia Anazy amin'ny fotoagna rehetra, agnareo vahoaka;loaro eo alohany eo ny fonareo; de ho fialofantsika Andriamagnitsa. Fiatoana sy fiderana. ⁹ Tsa misy dikany ny ona ambany,de reo ona ambony de lenga; Lehe lanjaina miaraka,de mevagna noho ny tsa misy reo. ¹⁰ Aza matoky ny fampahoriana na fandrohana; de magnategna harena tsa misy dikany, satria hilanja ny vokany reo; aza magnakigna ny fonao amindreo. ¹¹ Efa nitarogna ndraika mandeha Andriamagnitsa, indroa ro nandrasako ny hoe: an'Andriamagnitsa ny hery. ¹² Agnao hiany koa, Tompo, ro fagnekena mahatoky, fa Agnao ro mamaly ny ona tsiraindraika avy amin'ze vitany.

Chapter 63Salamo nataon'i Davida, fony i tagny agn'efits'i Joda.

¹ Andriamagnitsa , Agnao ro Andriamagnitsa! Mitadia Anao fatratsa aho,mangetaheta Anao ny fagnahiko, ery ary magniry Anao ny nofoko, eo amin'ny tany maigna sy karakaina ze tsa misy rano. ² De efa Anao tao agnatin'ona masina aho mba hahita ny herinao sy ny voninahitsa. ³ Satria soa noho ny fiaignana ny famindram-ponao, de hidera Anao ny somiko. ⁴ Ko de hisaotsa Anao aho lehe vona velogna koa; hanandratsa ny tagnako amin'ny Agnaranao aho. ⁵ Zey de salamin'ny hoe iaho nihinagna hanina nisy tsoka sy sabora; amin'ny somiko ravoravo ro hiderako Anao, ⁶ sy mieritseritsa ny momba Anao eo am-pandrena aho de misaintsaina Anao sy aligna. ⁷ Fa efa famonjena anahy Agnao, de amin'ny aloky ny elatsaoro iravoravoako. ⁸ Mifikitsa aminao aho; manohagna anahy ny tagnanao ankavagnana. ⁹ Fa ze mitadia hanimba ny fiaignako de hiorogna agny amin'ny tapany ambany ndrindran'ny tany; ¹⁰ hatolotsa eo amin'ny ze mampiasa ny sabatsa egnny an-tagnany reo, de ho roso sakafo ho an' ny amboahaolo reo. ¹¹ Fa ny mpanjaka hifaly amin'Andriamagnitsa; ny ona aby ze mianiagna Aminazy de hirehareha Aminazy,fa ny vavan-dreo ze milaza lenga de hikombogna.

Chapter 64

¹ Ho an'ny mpiventy hira. salamo nataon'i Davida. Taino ny feoko, Andriamagnitsa o! taino ny fitaraingnako; arovy amin'ny tahotsa ny aiko. ² Asitriho amin'ny teti-dratsy miafin'reo mpanao ratsy iaho, amin'ny tabataban'ny mpanao heloka. ³ Efa nandragantsa ny lelany salamin'ny sabatsa reo; efa magnenjagna ny zanatsipikany reo de ze mitarogna mangidy, ⁴ mba hahafahandreo mitifitsa ny ona ze tsa manatsigny hatagny amin'ny toerana miafigna; tsa apoezina ro itifirandreo anazy eko tsa matahotsa na ina na ina. ⁵ De makahery ny tegnany tamin'ny teti-dratsy reo niara-nidinika mangigna ny hametraka ny fandrika reo; hoy reo hoe:"Ia ro hahita atsika?" ⁶ namorogna teti-dratsy i; "Efa vitanay," hoy i," ny tetika matipaika."Ny agnatin'ny eritseritsany fon'ona de laligna. ⁷ Nefa hikendry andreo Andriamagnitsa; ho voaferin'ny tsipikany i. ⁸ Ho tafitohigna reo, satria ny leleny hiany ro manohitsa anazy; ze mahita anazy de hagnifikifidoha. ⁹ Ny ona aby de hatahotsa eko hilaza ny asa ben'Andriamagnitsa. Hieritseritsa am-pandrena zay efa nataony reo. ¹⁰ Ho faly amin'Yaveh ny marina eko hialoka Aminazy; ny mahitsy fo hirihihana Aminazy.

Chapter 65Ho an'ny mpiventy hira. Salamo.

¹ Hiran'i Davida. Ho anao,Andriamagnitsa agny Ziona, ro andrazan'ny vavakay; hagnatanteraka ny voadinay Aminao agnay. ² Agnao zay miheno vavaka, ho avy eo aminao eo aby ny nofo rehetra. ³ Reo heloka haandresy antsika; lehe reo fandikan-dalanatsika, de hamela an'reo Agnao. ⁴ Samnbatsa ny ona ze nisafidy handriny Anao mba hahafahany mivelogna eo an-kianjanao. De ho afa-po ny amin'ny hasoan'ny tragnonao, ny tempolinao masina agnay. ⁵ Amin'ny fahamarinana ro hamalianao agnay amin'ny fanaovana reo raha mahazendagna, Andriamagnitsy ny famonjenay; Agnao ze tokin'ny fiakaran'ny tany aby sy ny an'reo ze ;lavitsa ny ranomasina. ⁶ Fa agnao ro nagnamafy origina reo tendrombohitsa, Agnao ro manao fehi-troka amin'ny hery. ⁷ Agnao ro mampangina ny fieron'ny ranopmasina, ny fieron'ny onjany, de ny tabataba'ny vahoaka. ⁸ Reo ze monigna agny amin'ny faran'ny tany de matahotsa ny amin'ny porofon'ny asanao; Agnao ro mampifaly ny atsignanana sy ny andrefana. ⁹ Avy hagnavotsa ny tany Agnao; tondrahanao an'zay; de hampitomboanao fatratsa; feno rano ny onin'Andriamagnitsa;mamatsy voa ho an'olombelogna Agnao sy avy nagnomagna ny tany. ¹⁰ Nanondraka rano ny tany voaasa ao agnao; nametraka reo sisin'ny tany voaasa Agnao; nagnalefaka zay ranon'oragna Agnao; mitahy reo tsimoka eo amin-dreo Agnao. ¹¹ Manarogna ny taogana amin'ny fahasoavanao Agnao; reo lalagna afaran'ny kalesanao de mitete fahatavizana amin'ny tany. ¹² Reo ahitsa ao agn'efitsa de mitete ando, reo havoagna de mitafy fifaliana. ¹³ Feno ondry aman'osy ny tany fihinanam-bilogna; voarakotsa voa koa ny lohasaha; mihiaka fifaliana reo ary mihira.

Chapter 66Ho an'ny mpiventy hira. Hira, salamo.

¹ Manaova hiakam-pifaliana ho an'Andriamagnitsa, ry tany rehetra; ² mihirà mafy ny voninahitsy Agnarany; meo voninahitsa ny fiderany. ³ Tarony Andriamagnitsa hoe: " De mahatahotsa reo asanao! Amin'ny fahalehibiazan'ny herinao

no hanekenreo fahavalonao Agnao.⁴ Ny tany rehetra hanompo Agnao ary hihira ho Agnao; hihira ho an'ny Agnaranao reo." Sela⁵ mareha ka jireo reo asan'Andriamagnitsa; mahatahotsa I noho reo asabeny amireo zanak' olombelogna.⁶ Namadika ny ranomasina ho tany mainga I; namakivaky ny ony an-tongotsa reo; tany ro niravoravoanay taminazy.⁷ Manapaka amin'ny heriny mandrakizay I; mandinika reo firenena ny masony; aoka reo mpikomy tsy hanandra-tena. Sela⁸ Manomeza fisaorana an' Andriamagnitsa, agnareo ra ona, aoka ho re ny feon'ny fiderana Anazy.⁹ I ro miahay antsika amin'ny velogna, ary tsa mamela ny tongotsika hiblisatra I.¹⁰ Fa Agnao, Andriamagnitsa, efa nitsapa agnay tahaka ny fitsapana volafotsy Agnao.¹¹ Nitondra agnay tanaty harato Agnao; nametraka enta-mavesatsa teo am-balahanay Agnao.¹² Efa nanao ny ona hanitsaka ny lohanay Agnao; namakivaky afo sy rano Agnay, nefa namoaka agnay amin'ny toerana malalaka Agnao.¹³ Hiditsa an-dragnonao amin'ny fanatitsa dorana iaho; hovitaiko Amnao reo voadiko¹⁴ zay nampantanenain'ny molotso sy ny nolazain'ny vavako tamin'iaho vana tagnaty fahoriana.¹⁵ Haname Agnao fanatitsa dorana biby mifahy miaraka amin'ny hagnitsa ankasitrahana avy amin'ny ondrilahy iaho; haname ombilahy sy osilahy aho. Sela¹⁶ Mareha ary mitainoa, agnareo rehetra zay matahotsa an'Andriamagnitsa, ary holazaiko zay efa nataony ho an'ny fagnahiko.¹⁷ Nangaika Anazy tamin'ny vavako iaho, ary noderaina tamin'ny lelako I.¹⁸ Lehe nahita ny fahotana tam-poko iaho, de tsa mba hitaigao anahy ny Tompo.¹⁹ Fa mitaigao tokoa Andriamagnitsa; efa nitandrina ny feon'ny fivavako I.²⁰ Isaorana anie Andriamagnitsa, zay tsa nandà ny fivavako na ny fanekeny mahatoky taminahy

Chapter 67

¹ Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Salamo, tonon-kira. Andriamagnitsa anie hamindra fo amintsika ka hitahy antsika ary hampamirapiratsa ny tavany amintsika Sela² mba hahalala ny lalanao ambonin'ny tany, ny famonjena eo amin'ny firenena aby.³ Aoka ny ona hidera Agnao, Andriamagnitsa o; aoka ny ona aby hidera Agnao.⁴ Endrey reo firenena ho faly sy hihira fifaliana, fa hitsara ny ona aby amin'ny fahitsiana Agnao ary hanapaka reo firenena ambonin'ny tany. Sela⁵ Aoka ny ona hidera Agnao, Andriamagnitsa o; aoka ny ona aby hidera Agnao.⁶ Ny tany efa namoa ny vokany ary Andriamagnitsa, Andriamagnitsay ro nitahy agnay.⁷ Andriamagnitsa efa nitahy agnay, ary manome voninahitsa Anazy aby ny vazan-tany.

Chapter 68Ho an'ny mpiventy hira; salamo nataon'i Davida, tonon-kira.

¹ Aoka hitsanga Andriamagnitsa; aoka reo fahavalony ro hiely; aoka koa reo tsa tea Anazy hilefa tsa ho eo anatrehanay.² Toa ny setroka miely, ro hampielezany anazy andreo; toa ny savoka miempo anaty afo ro aoka hahalevona ny ratsy fagnahy eo amin'ny fanatrehan'Andriamagnitsa.³ Fa aoka kosa ny ona marina ho faly; aoka reo hifaly eo anoloan'Andriamagnitsa; hiravoravo anie reo ka de ho faly⁴ Mihirà ho an' Andriamagnitsa! mihirà fiderana ho an'ny Agnarany! derao reo mandeha mamakivaky reo tany lemaky ny lohasahan-driaka Jordana!⁵ Aban'ny kamboty, mpitsara reo mananontena, ilay Andriamagnitsa any amin'ny fitoerana masina.⁶ Andriamagnitsa nametraka ny irery ho amin'ny fianakaviana, feriny mivoaka amin-kalokalo ny gadra; fa ny mpikomy mipetraka any amin'ny tany karakaina.⁷ Andriamagnitsa o, lehe nivoaka teo anatrehan'ny vahoakanao Agnao, rehefa nandeha namakivaky ny tany efitra Agnao, Sela⁸ de nihovitra ny tany; ny lanitsa koa nitete orana tamin'ny fanatrehan'Andriamagnitsa, rehefa avy tany Sinay I, tamin'ny fanatrehan'Andriamagnitsa, ilay Andriamagnits'Israely.⁹ Agnao, Andriamagnitsa o, ro nandefa oram-be; Agnao ro nampatanjaka ny lovanao lehe reraka izany.¹⁰ Monina ao ny vahoakanao; Agnao, Andriamagnitsa, maname ny mahantra tamin'ny fahatsaranao.¹¹ Ny Tompo ro manome reo baiko, ary tafika lihibe reo zay nanambara izany.¹² Milefa reo mpanjakan'ny tafoka, nolefa reo, ary nizara fandrobana reo vehivavy niandry tantrano: voromailala voarakotra volafotsy sy elatsa volamena mavo.¹³ Rehefa nitoatsa taminreo valan'ondry ny sasany taminareo ry vahoaka, de nanina ro manao izany Agnareo?¹⁴ nampiely mpanjaka tany ilay Tsitoha, izany de tamin'ny nisian'ny oram-panala tany amin'ny tendrombohitaa Zalmona.¹⁵ Tendrombohitaa mahery ro tany havoan'i Basana; tendrombohitaa avo ro tany havoan'ny Basana.¹⁶ Nahoana Agnao ro mizaha am-pitsiriritana, agnao ry tany havoana, ao an-tendrombohitaa zay mirian'Andriamagnitsa hi toeram-ponenany? Hipetraka mandrakizay ao tokoa Yaveh.¹⁷ Roa aligna reo kalesin'Andriamagnitsa, an'aligna ambonin'ny arivo; eo amindreo amin'ny fitoerana masina, toa ny tany Sinay ny Tompo.¹⁸ Nihoatsa ny avo Agnao; noferinaoreo babo; nandray fanomezana avy tamindreo zay niady taminao aza, mba hitoatsa any, Agnao, ry Yaveh Andriamagnitsa.²¹ Isaorana anie ny Tompo, izay mitondra ny entantsika isan'andro isan'andro, ilay Andriamagnitsa zay famonjena ho antsika. Sela²⁰ Ny Andriamagnitsika de Andriamagnitsa manavotra; ny Tompo Yaveh ro ilay mahay manavotra antsika amin'ny fahafatesana.¹⁹ Fa Andriamagnitsa de hamely amin'ny lohandro fahavalony,, amin'ny volon-dohandro zay mandeha amin'ny fandikan-dalàna manohitra Anazy.²² y ny Tompo hoe: "Ho feriko mipody avy hatagny Basana reo fahavaloko; ho feriko mipody hatagny amin'ny lalan'ny ranomasina reo"²³ mba hahafahanao mamotika ny fahavalonao, mandroboka ny tongotsao amin'ny rà, sy mba hahafahan'ny lelanreo amboanao hamam-jara amireo fahavalonao."²⁴ Efa nahita ny filaharanao aho, Andriamagnitsa o, de ny filaharan'Andriamagnitso, mpanjakako, ao amin'ny fitoerana masina.²⁵ Reo mpikalo ro nandeha aloha' nanaraka afara reo mpitendry valiha, ary tampovoany reo zatovovavy tsa nanambady mpively amponga tapaka.²⁶ Isaory Andriamagnitsa ao amin'ny fiangonana, miderà an'i Yaveh, agnareo ry taranak'Israely tokoa.²⁷ Misy ny voalohany de i Benjamina, ilay foko bitika indrindra, manaraka reo mpitarik'i Joda sy reo mpanaraka andreo, reo mpitarik'i Zebolona sy reo mpitarik'i Naftaly.²⁸ Ny Andriamagnitsareo, ry Israely, defa nandidy ny tanjakao; aseho agnay ny herinao, Andriamagnitsa o, toa ny nampisehoanao izany tamin'ny

fotoana ela.²⁹ Asehoy agnay hatany an-tempoly ao Jerosalema' zay anateran'ireo mpanjaka fanomezana ho Agnao, ny herinao.³⁰ Mihikà amin'ny ady hanohitsa reo bibidia any agnaty volotara, hanohitsa reo ona, ze habetsahan'ny ombilahy sy zanak'omby ze. Ahetreo reo ary ampitondrao fanomezana; aparitaho reo ona zay tea manangana ady.³¹ Andriana ro ho tonga hatany Egypta; i Etiopia haninjitra maika ny tanany ho any amin' Andriamagnitsa.³² Mihirà ho an'Andriamagnitsa, agnareo fanjakan'ny tany; Sela Mihirà ho an'i Yaveh.³³ Ho Anazy zay miakatsa amin'ny lanitry ny lanitra, zay nisy hatramin'ny fotoana taloha; indro, I manandra-peo amin-kery.³⁴ Ekeo ho an'Andriamagnitsa ny hery; an'Israely ny fiandrianany' ary eny an-danitsa ny heriny.³⁵ Andriamagnitsa o, mahatahotsa Agnao amin'ny fitoerana masina; Ilay Andriamagnitsa, Israely-manome hery sy tamjaka ho an'ny vahoakany I. Isaorana anie Andriamagnitsa.

Chapter 69

¹ Ho an'ny mpiventy hira; Shoshannim. Salamo nataon'i Davida. Vonjeo iaho Andrimagnitsa o; fa tadiavin'ny rano hidiran-doza ny fiaignako. ² Milentika agnaty fotaka mandrevo aho, ze tsa misy toerana hijoroana; agnaty laligna aho, zey igiridignan'ny rano be ³ Rokaka amin'ny fitaraignako aho; maigna ny tendako; tsa maharitsa eo am-piandrasana an'Andriamagnitsa ny masoko. ⁴ Be mihotsa ny volon-dohako ny tsa te anahy tsa amin'ny antony; manapaka anahy, manao anahy ho fahavalo amin'ny tsa rariny, de mahery; ze tsa nangalariko aby, de tsy mentsy hapodiko. ⁵ Andriamagnitsa o, fantatsao ny fahagigeko, de tsa misy asitrika anao ny heloko. ⁶ Aza avela ho megnatsa noho ny aminahy ze miandry Anao ry Tompo Yaveh tompon'ny maro; aza avela ho afa-baraka noho ny aminahy ze miandry Anao, ry Andriamagnitsy ny Israely. ⁷ Noho Agnao ro itondrako latsa; hegnatsa ro manarogna ny tagnako. ⁸ Nisolo ona hafa iaho amireo rahalahiko, vahiny ho an'ny zana-dreniko. ⁹ Fa ny fahazotoako amin'ny tragnonao ro nandrapaka anahy, de ny latsan'ny ze mitarogna mahery anahy ro efa natrotrako taminahy. ¹³ Fa lehe iaho aloha, de Aminao aho ro hivavaka amin'ny andro ze hagnikenao; valeo amin'ny famendreham-pitokisana ny amin'ny famonjenao iaho. ¹⁴ Sitono hatao amin'ny fotaka aho de aza avela ho tototsa; mba alao lavitsa anahy ze tsa te anahy ko ho voavonjy hatamin'ny rano laligna. ¹⁵ Aza avela ho tototsy ny rano aho na hiteligna anahy ny laligna. Aza avela hagnidy ny vavany aminahy ny lavaka. ¹³ Fa lehe iaho aloha, de Aminao aho ro hivavaka amin'ny andro ze hagnikenao; valeo amin'ny famendreham-pitokisana ny amin'ny famonjenao iaho. ¹⁴ Sitono hatao amin'ny fotaka aho de aza avela ho tototsa; mba alao lavitsa anahy ze tsa te anahy ko ho voavonjy hatamin'ny rano laligna. ¹⁵ Aza avela ho tototsy ny rano aho na hiteligna anahy ny laligna. Aza avela hagnidy ny vavany aminahy ny lavaka. ¹⁶ Valio iaho, Yaveh o, fa soa ny famindram-ponao; satria be ny fiantrano taminahy, mitodihia aty aminahy. ¹⁷ Aza manitrika ny tavanao amin'ny mpanomponao, fa agnaty fahoriana iaho; valio malaky iaho. ¹⁸ Mirorogna de voneo iaho. Noho ny fahavaloko, avoto iaho. ¹⁹ Fantatsao ny fandatsana anahy, ny hegnatso de ny fahafaha-barakako; manoloagna Anao aby reo mpandrafy. ²⁰ Nandratsa ny foko reo latsa; feno fahavesarana iaho; mitadia ona hiantra iaho, feny tsa nisy; nitadia mpampahery iaho, feny tsa nahita. ²¹ Nagnome poizina anahy ho nohaniko reo; sy lakakaigna iaho de vinaigira ro nomendreo. ²² Mba ho fandrika ny latabatsa eo alohany; sy mieritseritsa reo de mitoatsa tsa managna ahiahy, de avilao zay ro ho fandrika. ²³ Enganie ny masondreo ho mezigina de tsa hahita; de ahozongozogno mandrak'aligna ny lamosindreo. ²⁴ Arorogno amin-dreo ny fahasiahanao, de amitraho ny fahasiahanao hahatratsa an-dreo. ²⁵ Enganie mba ho foagna ny toetsan-dreo; aza avela hisy honigna amin'ny tragnony. ²⁶ de mandoditsa ze nasianao reo. Nagnapodipody ny fitefotefon-dreo ze voaratsanao. ²⁷ Ampangao reo ho nahavita heloka miampy heloka; aza avela ho avy amin'ny fandrisonao mariana reo. ²⁸ Avilao reo ho voafafa amin'ny Bokin'ny fiaignana ery tsa ho voasoratsa miaraka amin'ny ona mariana. ²⁹ Feny iaho mahantra sy malahelo; de avilao ny famonjenao, Andriamagnitsa o, hametraka anahy amin'ny avo. ³⁰ Hidera ny agnaran'Andriamagnitsa amin'ny hira iaho ary hanandratra Anazy amin'ny fisaorana. ³¹ Ankasitrahan'i Yaveh bebe kokoa mihoatsa ny omby sy ombilahy zay manan-tandroka sy kitro zany. ³² Efa nahita izany ny malemy fagnahy de faly; agnao zay mitady an'Andriamagnitsa, aoka ny fonao ho velogna. ³³ Fa Yaveh mandeh ny ory ary tsa manao tsinontsinona ny gadrany. ³⁴ Aoka ny lanitsa sy ny tany hidera Anazy, ny ranomasina sy ze rehetra mihetsiketsika ao. ³⁵ Fa Andriamagnitsa hanavotra an'i Ziona ary hanangana ndray reo tanànan'i Joda; hipetraka ao ny ona ka hanao izany ho fananana. ³⁶ Reo taranaky ny mpanompony handova izany; ary reo ze tea ny Agnaran'ny de hipetraka ao.

Chapter 70

¹ Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida; mba hitondra ho amin'ny fahatsiarovana. ² Vonjeo iaho, Andriamagnitsa o! Yaveh o, tongava malaky ka avoty iaho. Aoka reo ze mitady hikinendry ny aiko ho menatsa sy ho afa-baraka; aoka reo hajanona sy ho tonga amin'ny fahafaham-baraka, reo ze mifaly amin'ny fanaintainako. ³ Aoka ren'y hajanona noho ny henat'ireny' reo manao hoe: "Aha, aha." ⁴ Aoka hifaly sy hiravoravo Aminao aby ze mitady Agnao; aoka ze tea ny famonjenao hitarogna mandrakariva hoe: "Hoderaina anie Andriamagnitsa." ⁵ Nefa mahantra sy ory iaho; malakia amiko' Andriamagnitsa o; Agnao ro vonjy ho anahy ary manavotra anahy. Yaveh o, aza ela.

Chapter 71

¹ Aminao, ry Yaveh, ro hialofako; aza avelanao ho megnatsa mihitsy iaho. ² Vonjeo iaho ary aoka hitoatsa tsa manan'ahiahy amin'ny fahamarinanao; atongilano aminahy ny sofinao ka avoty iaho. ³ Meteza ho vatolampy fialofana ho

anahy mba hahafahako mandeha; efa nanome baiko ny hanavotana anahy Agnao' fa Agnao ro vatolampy sy batery fiarovana ho anahy. ⁴ Vonjeo iaho, Andriamagnitsa o, amin'ny tanan'ny ratsy fagnahy' amin'ny tanan'ny tsa marina sy lozabe. ⁵ fa Agnao ro fanantiniako, ry Tompo Yaveh. Efa nitoky taminao foana iaho hatramin'ny iaho vona kely. ⁶ Agnao ro nanankinana anahy hatrany am-bohoka; Agnao ro I ze nangalaka anahy hatagny an-kibon-dreniko; ho aminao foana ny derako. ⁷ Fitaratra ho an'ona be iaho; Agnao ro fialofako mafy. ⁸ Ho feno fiderana Agnao ny vavako, ny andro tontolo amin'ny voninahitsao. ⁹ Aza manary anahy amin'ny fotoan'ny fahanterana; aza mahafofy anahy lehe ketraka ny heriko. ¹⁰ Fa miresaka ny momba anahy reo fahavaloko; reo ze misoko ny aiko miara-miteti-dratsy. ¹¹ hoy reo hoe: " Nahafofy anazy Andriamagnitsa; enjeho i ary alao' fa tsa misy ona hanavotra anazy." ¹² Andriamagnitsa o, aza manalavitra anahy; ry Andriamagnitso, faingàna hanavotra anahy. ¹³ Aoka reo ho menatsa sy rava, reo ze feno fankahalana amin'ny fiainako; aoka reny ho rakotra latsa sy fahafam-baraka, reo ze mitady ny faharatrako. ¹⁴ Fa iaho koa dia hanantena mandrakariva Agnao ary hidera Agnao hatrany hatrany. ¹⁵ Hitarona momban'ny fahamarinanao sy ny famonjenao manontolo andro ny vavako, na de tsa takatso aza izany. ¹⁶ Ho avy aho amin'ireo asa maherin'ny Tompo Yaveh; hanonona ny fahamarinanao iaho, ny Agnao irery. ¹⁷ Andriamagnitsa o, efa nampianatsa anahy Agnao hatramin'ny fahatanorako; hatramin'izao aza de mitarogna reo asanao mahagaga iaho. ¹⁸ Eny tokoa fa na de antirsa sy fotsy volo aza iaho, Andriamagnitsa o, de aza mahafofy anahy, satria efa nampahafantatra ny herinao tamin'ny taranaka mandimby iaho, ny fahefanao tamin'izay ho avy aby. ¹⁹ Ny fahamarinanao koa' Andriamagnitsa o, de tena avo; Agnao ze nanao zava-dihibe' Andriamagnitsa o, ia ro tahaka Agnao? ²⁰ Agnao ze manoro Agnay fahoriana mahery vaika maro ro hamelona Agnay sy hampiakatra agnay avy amin'ny lalin'ny tany ndraika. ²¹ Hampitombo ny voninahitsao anie Agnao; mitodiha ndraika ka herezo iaho. ²² Hanolotsa fisaorana ho Agnao koa iaho amin'ny lokanga noho ny fahamendreham-pitokiana' ry Andriamagnitso; ho Agnao ro hihirako fiderana amin'ny lokanga, ry Ilay Masin'Israely. ²³ Hihoby ny somotso rehefa mihira fiderana Agnao iaho- na de fanahiko aza' ze efa novonjenao. ²⁴ Hitarogna momba'ny fahamarinanao andro lava ny lelako; fa efa nomenarina reo ary very hevitsa, reo ze nitady ny faharatrako.

Chapter 72

¹ Salamo nataon'i Solomona. Omeo ny mpanjaka reo lalànao marina, Andriamagnitsa o, ny fahamarinanao ho an'ny zanaka lahin'ny mpanjaka. ² Hitsara ny ona amin'ny fahamarinana anie i ary ny mahantranao amin'ny rariny. ³ Hamoa fiadagnana ho an'ny ona anie reo tendrombohitsa; hamoa fahamarinana anie reo havoagna. ⁴ Hitsara ny mahantra amin'ny vahoaka i; hagnavotsa reo zanaky ny ory anie i ko hamotipotika ny mpampahory. ⁵ Hagmome voninahitsa Anao anie reo lehe vona eo koa ny masoandro, sady lehe vona eo koa ny volagna maneragna ny taranaka hifandimby aby. ⁶ Hiotsaka salan'ny oragna egny amin'ny ahitsa voatapaka anie i, salan'ny rotsak'oragna ze manondraka ny tany. ⁷ Hamogny anie ny ona marina amin'ny androny, sady hisy fiadagnam-be anie ambara-pahafoagnan'ny volagna. ⁸ Hanagna fanapahana amin'ny ranomasina mihoagny amin'ny ranomasina anie i. ⁹ Hihohoka eo agnatrehany anie reo monigna agny agn'efitsa; handohalika eo agnatrehany anie ny fahavalony de hileleka vovon-tany. ¹⁰ Handoa hetra anie reo mpanjakan'i Tarsisy sy reo nosy; hanolotsa fagnomezana anie reo mpanjakan'i Sheba sy Seba. ¹¹ ho lavo eo agnatrehany aby tokoa anie reo mpanajaka; hanompo anazy aby anie reo firenena. ¹² Fa magnavotsa ny ona ory ze mitaraigna sy ny ona mahantra tsa managna mpagnavotsa hafa i. ¹³ Mamindra fo amin'ny mahantra sy ory i, sady magnavotsa ny ain'ona ory. ¹⁴ Mamonjy ny ain'ny ze amin'ny fampahoriana sy herisetra i, sady sarobidy eo imasony ny ràn-dreo. ¹⁵ Ho velogna anie I! Homena Anazy anie ny volamenan'i Sheba. Hivavaka ho anazy hiany anie ny ona; hitahy anazy andro lava anie ny Andriamagnitsa. ¹⁶ Hisy vary fatratsa anie egny amin'ny tany; egny amin'ny tampon-tendrombohitsa anie ro hisy ny volin-dreo. Ho sahalamin'ny an'i Libanona anie ny vikatsan'zey; hamogny tahaka ny ahitsy ny saha anie ny ona ao an-tanàna. ¹⁷ Haharitsa mandrakizay anie ny agnarany; haharitsa tahaka ny masoandro anie ny agnarany; ho voatahy so aminazy anie ny ona; hangaika Anazy hoe tretrika aby ny firenena. ¹⁸ Isaorana anie Yaveh Andriamagnitsa, zey Andriamagnits'Israely, I rery ro manao raha mahazendagna. ¹⁹ Isaorana mandrakizay anie ny agnarany be voninahitsa, sady ho feno ny voninahiny anie ny tany manontolo. Amen de Amen. ²⁰ Tapitsa ny fivavahan'I Davida zanaka lahin'i Jese. Boky fahatelo

Chapter 73

¹ Salamo nataon'i Asafa. Azo antoka tokoa fa Andriamagnitsa de soa ho an'Israely, ho an'ze madio fo. ² Fa lehe iaho aloha, de seky niborisaka ny tongoko; seky soloaka ny diako ³ satria nitsiriritsa by mpirehareha aho sy nahita ny fahombiazan'NY ratsy fagnahy. ⁴ Fa tsa mba mijaly reo mandra-pahafatiny, fa de mahery sy voafahagna soa. ⁵ Afaka amin'ny enta-mavesatsy by lilihahy hafa reo; tsa mba ory salan'ny ona hafa ⁶ Mandravaka rojo andreo tahakan'ny eo amin'ny vozony ny fireharehana; my herisetra ro tagnany salamin'ny akanjo. ⁷ Hatagny amin'ny fahajambana salamazay to hiengan'ny ota; mamakivaky ny fon-dreo ny eritseri-dratsy. ⁸ Magnesio sy mitarogna ratsy reo; amin'ny fiavognavognana to andrahoan-dreo fampahoriana. ⁹ Ampanoherin-dreo by lagnitsa ny vavany, sady mamakivaky ny tany ny lelan-dreo. ¹⁰ Nohozay de nitodika amin-dreo ny onany ko rano be ro voagoka. ¹¹ Hoy reo hoe: "Akory ro ahalalan'Andriamagnitsa? Moa misy ve ao amin'ny Avo Indrindra?" ¹² Hivero soa: reo ona reo de ratsy fagnahy; tsa mivaky loha mihintsy reo, nefa roso mpanan-karem-be. ¹³ Raha tsy mitohoka de tsy mitohoka ny niambenako ny foko sy ny nanotako ny tagnana tamin'ny tamin'ny tsa fanagnan-tsigny. ¹⁴ Fa nampahoriana sanandro lava aho sady noferina isamaraina. ¹⁵ Lehe nitarogna aho hoe: "Hotarogniko reo raha reo," de efa namadika ity taranaka mandimby ny zanako ty

aho. ¹⁶ Leko zay aza de niezaka nagnakatsa reo raha reo aho, tena sarotsa taminahy anefa zey. ¹⁷ Koa nandeha tao am-pitoerana masin'Andriamagnitsa tao aho ko mahatakatsa ny nanao an-dreo ¹⁸ Natoatsanao tamin'ny toerana malema tokoa reo ; naetrinao tamin'ny faharavana reo. ¹⁹ So de roso karakaina tagnatin'ny fotoagna fohy reo! Roso amin'ny fahataperana reo sady miafara amin'ny horohoro mahafandriandriagna. ²⁰ Sahalan'ny nofy afaran'ny fifohazana reo; Tompo o, sy miarigna Agnao, de tsa hihevitsa na ina na ina amireo nofy ireo. ²¹ Fa nalahelon ny foko, sady voatsindrogn mihintsy iaho. ²² Tsa mba nahafantatsa aho ery tsa lalin-tsaigna; salamin'ny biby tsa misy fotony aho manoloagna Anao. ²³ Nefa aho miaraka aminao hiany; mitagna ny tagnako Agnao. ²⁴ Hitarika anahy amin'ny torohevitsao Agnao sady sy afaran'izay de handray anahy amim-boninahitsa. ²⁵ Managna an'ia hafa-tsy Agnao moa aho agny an-dagnitsa agny? Tsa misy iriako indrindra hafa-tsy Agnao ety ambonin'ny tany. ²⁶ Miha-rokaka ny nofoko sy ny foko, fa herin'ny foko mandrakizay Andriamagnitsa. ²⁷ Ho levogna ze lavitsa Anao; ho ringagninao aby ze tsa matoky Anao. ²⁸ Fa lehe iaho aloha, ny tokony ho ataoko de ny magnatogna an'Andriamagnitsa. Efa nanao ny Tompo Yaveh ho fifaliako aho. Hilaza ny asanao aby manontolo aho.

Chapter 74

¹ askila nataon'i Asafa. Andriamagnitsa o, nahoana ro de mandà anay mandrakizay agnao? Nahoana ro de mirehita amin'ny ondrin'ny fihinan'ahitsanao ny fahatizeranao? ² Tsarò ny ona, zay dinoditsanao tamin'ny fotoagna taloha, ny foko zay efe navotanao ho lovanao manokagna, sy ny tendrombohits'i Ziona, ze ipitrahanao. ³ Miavia hijery ny faharavana tateraka, sy ny fahasimbana manotoloze nataon'ny fahavalo tamin'ny fitoerana masina. ⁴ Mierogna eo egnivon'ny toerana voatondronao reo mpifagnandrigna aminao; mametraka ny saignan'ny adiny. ⁵ Nanapatapaka amin'ny famaky salamin'ny ala mikitroka reo. ⁶ Namotipotika sy nadrodagna reo sikotsa aby manotolo; vinakin-dreo tamin'ny famaky sy tatagnana. ⁷ Dinoron-dreo ny fitoeranao masina; manimbazimba ny fonegnanao, mangembogna anizay amin'ny tany. ⁸ Hoy reo anaka-po hoe: "Ho potehinay manotolo reo." Noroandreo aby ny toeranao fihagnana tegny amin'ny tany. ⁹ Tsa mahita famantarana koa agnay; tsa mahita mpaminany koa, ary tsa misy mahalala aminay ho mpaka amiviana zao. ¹⁰ Ho mpaka amiviana, Andriamagnitsa o, handifasandreo fahavalo opa agny Aminao? Moa dia hitarom-dratsy Agnao mandrakizay ve reo? ¹¹ Nahoana Agnao ro mitagna ny tagnanao, de ny tagna-kavananao? Alao tagnaty lamba ny tagna-kavananao ka ringano reo. ¹² Ka Andriamagnitsa de Mpanjakako efa hatramin'ny taloha, mitondra famonjena amin'ny tany. ¹³ Agnao ro nampisaraka ny ranomasina tamin'ny herinao; Agnao ro namotika ny lohan'ireo dragon'ny ranomasina. ¹⁴ Agnao ro namotipotika ny lohan'ny leviatana; Agnao ro namelona azy reo velogna tagny agnefitsa. ¹⁵ Agnao ro namoaka loharano sy ny riaka, Agnao ro nandrindra ny ony mikoriana. ¹⁶ Agnao ny andro, Agnao koa ny aligna; Agnao ro nametraka ny masoandro amam-bolagna amin'ny toerany. ¹⁷ Agnao ro efa nametraka reo vaza-tany rehetra. Agnao ro efa nanao ny fahavaratsa sy ny ririnina. ¹⁸ Tadidio reo naniratsiran'ny fahavalo Agnao, ry Yaveh, sy reo olo gegy ze nitaron-dratsy ny Agnaranao. ¹⁹ Aza apetraka ao amin'ny bibidia ny ain'nyvoromailalanao. Aza adigno mandrakizay ain'ireo ona nampahoriana. ²⁰ Tadidio ny fanekenao, fa ny faritsa maizignia amin'ny tany de feno toeran'ny herisetra. ²¹ Aza avela hiverigna amin'ny hegnatsa ny nampahoriana; avelao hihoby ny Agnaranao ny mahantra sy nampahoriana. ²² Mitsangana, Andriamagnitsa o! arovy mihintsy ny voninahitsao; tsarovy ny fomba magneson'ny gegy Agnao andro lava. ²³ Aza magnadino ny feon'ireo mpifaninana Aminao nany tabatabandreo ze mihatsy Agnao tsa ankiato.

Chapter 75 Ho an'ny mp[iventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i Asafa, tonon-kira.

¹ Saotsa ro atolotsay Anao, Andriamagnitsa o; saotsa ro atolotsay, satria milaza ny fagnatrehanao Agnao; ny ona milaza ny asanao zay mahazendagna. ² Hitsara ara-drarin'ny aho amin'ny fotoagna voatendry. ³ Leko de hihovitsohitsa amin-tahotsa aza ny tany sy ny mponogna manotolo, de hamafisiko reo andrin'ny tany. Sela ⁴ Hoy aho amin'ny mpiavognavogna hoe: "Aza miavognavogna", ary amin'ny ratsy fagnahy hoe: "Aza manandratsa ny tandroka. ⁵ Aza manandratsa ny tandrokao amin'ny avo; aza mitarogna amin'ny hatoka mpagnambany." ⁶ Tsa avy agn' antsignanagna zao na hatagn'andrefana, ary tsa avy hatagn'agnefitsa mihintsy ro niavian'izay fanandratana zay. ⁷ Fa Andriamagnitsa ro mpitsara; I ro magnetry sady I ro manandratsa. ⁸ Fa Yaveh mitagna amin'ny tagnany ny kapoaky ny divay mandroatsa, zay voaharo hagnitsa, sy mandraraka an'izay. Hisotro an'zay hatamin'ny fara-fekany tokoa ny ratsy fagnahy aby manotolo amin'ny tany. ⁹ Fa iaho aloha hitarogna hiany ze nataonao; hihira fiderana ho an'Andriamagnits'i Jakoba aho. ¹⁰ Hoy I hoe: "Hanapaka ny tandroky ny ratsy fagnahy aby Aho, fa ny tandroky ny ona marina ho asandratsa ambony."

Chapter 76

¹ Ho an'ny mpiventy hira ,amin'ny lokanga. Salamo nataon'i Asafa, tonon-kira. ² Nampahafantatsa ny tegnany tao Joda Andriamagnitsa ; lihibe ao Israely ny Agnarany. Ao Salema ny lainy; ao Ziona ny toerana fonegnany. ³ Tagny I ro nanapaka reo zana-tsipikan'ny tsipika, ny ampinga, ny sabatsa , reo fitaovam-piadiana hafa. Sela ⁴ Mamirapiratsa ny fahazavanao sady mitarogna ny voninahitsao Agnao, lehe mirorogna hatagny amin'ny tendrombohitsa, tagny amin'ze namonoanao ny niharam-boignanao. ⁵ Voababo ny mahery fo; ko renoka reo. Tsa afa-nanohitsa ny mpiady aby. ⁶ tamin'ny fitarognanao mahery, Andriamagnits'i Jakoba, de samy renoky ny torimaso na mpidingigna na ny soavaly. ⁷ Agnao, eka Agnao, ro hatahorana; ia ro afaka hitsangagna eo imasonao sy masiaka Agnao? ⁸ Avy hatagn'an-dagnitsa ro

nampandrinesanao ny fitsarannao; natahotsa sy nangigna ny tany ⁹ lehe igny Agnao, Andriamagnitsa, nitsangagna hagnatanteraka ny fitsarana sy hagnavotsa ze nampahorian'ny tany. Sela ¹⁰ Hitondra fiderana ho Anao tokoa ny fitsarannao masiaka amin'olombelogna; tananao ho an'ny tegnanao ny sisa amin'ny fahatezeranao. ¹¹ Manaova voady amin'Yaveh Andriamagnitsa de tano. Hitondra fagnomezana ho Anazy ze hatahorana anie reo ze magnodidigna Anazy aby manotolo. ¹² Manapaka ny fagnahin'ny andriana I; sady hatahoran'reo mpanjakan'ny tany.

Chapter 77

¹ Ho an'ny mpiventy hira; araka ny fomban'i Jedotona. Salamo nataon'i Asafa. Hangaika mahery an'Andriamagnitsa amin'ny feoko aho; Hangnaika an'Andriamagnitsa amin'ny feoko aho, de handre anahy ny Andriamagnitso. ² Nitadia ny Tompo aho tamin'ny androm-pahoriako; naninjitsa ny tagnako aho sy aligna, ro tsa nety rokaka. Tsa nety nampiononina ny fagnahiko. ³ Nieritseritsa an'Andriamagnitsa teo am-pisentoana aho; nieritseritsa ny momba an'Azy aho sy niha antitsa. Sela ⁴ Notananao tsa hikipy ny masoko; ory tateraka aho lehe hitarogna. ⁵ Nisaintsaina ny andro taloha aho, ny fotoagna be taloha. ⁶ Andrak'aligna de nahatsiahy ny hira nohiraiko ndraika mandeha aho. Nandinika soa aho sady niezaka nanakatsa ze niseho. ⁷ Handa anahy mandrakizay ve ny Tompo? Tsa hankasitraka anahy koa ve I? ⁸ Moa ve tsa roso mandrakizay ny fitiavany? Moa ve tsa foagna ny fampagnatignany? ⁹ Moa ve Andriamagnitsa efa nagnadigno ny maha mpamindra fo? Moa ve ny fahatezerany efa nagnidy ny fangoraham-pony? Sela ¹⁰ Hoy iaho hoe: "Zao ro alaheloko: de ny fiovan'ny tagnana ankavagnan'ny Avo Indrindra mihoagny amitsika." ¹¹ Fa ho tsaroakao ny asanao, Yaveh; hisaina ny amin'ny asanao zey mahazendagna taloha aho. ¹² Hisaitsaina reo asanao aby manotolo aho ko handinika andreo. ¹³ Ny lalanao Andriamagnitsa o, ro masina; andriamagnitsa ina moa ro hampitahaina amin'Andriamagnitsa lihibe? ¹⁴ Agnao ro Andriamagnitsa ze manao raha mahazendagna; efa nagnatoro ny herinao teo amin'olonao agnao. ¹⁵ Nagnome fandresena ny vahoakanao tamin'ny alalan'ny herinao lihibe Agnao, de reo taranak'i Jakoba sy Josefa. ¹⁶ rano nahita anao, Andriamagnitsa o; nahita anao ny rano, de reki-tahotsa; nihorohoro ny laligna. ¹⁷ Nandrarakana ranon'oragna ny rahogna. Ny habakabaka feno rahogna namoaka feo; Nifagnaretsaka ny tsipikanao. ¹⁸ Ny feonao mikotroka de re amin'ny rivotsa; ny tselatsa nagnazava ny tany; nihorohoro sy nagnozongozogana ny tany. ¹⁹ Nandalo tamin'ny ranomasina ny lalanao sady ny didinao tamin'ny ranon manonja, feny tsa hita ny dia-tongotsao. ²⁰ Nitondra ny vahoakanao salamin'ny biby fiompy tamin'ny alalan'ny tagnan'i Mosesy sy Arona Agnao.

Chapter 78

¹ Maskila nataon'i Asafa. Mihinoa ny fampianarako, ra vahoakako, taino reo tarogna aloaky ny vavako. ² Hamoha ny vavako amin'ny fagnoharana aho; hihira mahakasika ny zava-miafigna momban'ny raha taloha aho. ³ Zay de raha 'fa henonay sy 'fa nianaranay, raha efa tinaron'ny razambabay anay. ⁴ Tsa hanitrika an'reo amin'ny taranany agnay. Hitarogninay amireo taranaka mandimby reo ny asa mendrim-piderana nataon'i Yaveh, ny heriny, de reo raha mahagaga efa vitany. ⁵ Fa nametraka didim-mpagnikena tamin'i Jakoba I, sady nanendry lalana tagny Israely. Nandidy reo razambenay I mba hampianatsa an'ireo amin'ny zanany. ⁶ Nandidy an'zay I mba hahalalan'reo taranaka handimby reo didiny, de reo zanaka vona tsa teraka, zay tokony hitory anza amin'ny zanany hiany. ⁷ DE hametraka ny fagnatignany amin'Andriamagnitsa reo ko tsa nagnadigno ny asany, fa hitandrigna ny didiny. ⁸ ko de tsa ho sahalamin'ny razambeny, ze mahery loha sy taranaka mpikomy, taranaka tsa mahintsy fo, tsa nanolotsa ny fagnahiny sy tsa nitoky tamin'Andriamagnitsa reo.) ⁹ Reo Efraimita de nitondra tsipika, feny nihemotsa reo tamin'ny andron'ny ady. ¹⁰ Tsa nitandrigna ny fagnekena tamin'Andriamagnitsa reo, sady nanda ny nankato ny lalany. ¹¹ Nagnadigno reo asany, reo raha mahazendagna efa natorony andreo. ¹² Nagnadigno reo raha maha-zendagna ze nataony teo imason'ny razambeny, tagny amin'ny tany Egypta, tany amin'ny tanin'i Ziona reo. ¹³ Nagnasaraka ny ranomasina I sady nitondra andreo namakivaky anizay; nataony nitsangagna salamin'ny manda ny rano. ¹⁴ Rahogna ro nitarihany Andreo sy atoandro, tamin'ny afo mazava sy aligna. ¹⁵ Vinakiny ny vatolampy tagny agn'efitsa, moment rano be fatratsa reo, ampy haminoana ny ranomasina. ¹⁶ Nampikororoka rano avy tamin'ny vatolampy I sady nataony nogororoka Tahaka ny renirano zay. ¹⁷ Nefa de vona nanohy nanota taminazy hiany reo, fikomiana tamin'ny Avo indrindra tagny agn'efitsa. ¹⁸ Nihatsy ady an'Andriamagnitsa reo, tamin'ny alalan'ny fangatahan-kanina mba hahavoky andreo. ¹⁹ Nitarogana nanohitsa an'Andriamagnitsa reo; zao ro nataon-dreo hoe: "Afaka mamelatsa latabatsa ho anay agny agn'efitsa tokoa ve Andriamagnitsa? ²⁰ Jireo, lehe namaky ny vatolampy I, deniraraka ny rano sady nikororoka nandifotsa. Feny afaka magnome mofo koa ve I? Hamatsy hena ho an'ny vahoakany ve I?" ²¹ Sy ren'i Yaveh zay, de nasiaka I; de dinorony tamin'ny afo Jakoba, sady namely ny Israely ny hasosorany, ²² satria reo de tsa nino an'Andriamagnitsa sady tsa natoky ny famonjeny. ²³ Feny nandidy ny habakabaka ambony I sady namoha ny varavarany lagnitsa. ²⁴ Nandrarakana mana salamin'ny ranon'oragna mba hohanin-dreo I, sady nagnome vary andreo hatagny an-dagnitsa. ²⁵ Nihinagna ny mofon'anjely by vahoaka. Nandefa hanim-be ho andreo I. ²⁶ Nampitsoka ny rivotsa avy hatagny atsignanana tegny amin'ny habakabaka I, sady tamin'ny alalan'ny heriny ro nibekoany my rivotsa hatagny atsimo. ²⁷ Nanotraka hena teo amindreo tahaka ny vovoka I, vorogna be salamin'ny fasi-dranomasina. ²⁸ Reo de nitrotraka teo ampovoa'ny tobin-dreo, nagnodidigna by laing aby. ²⁹ De nihinagna reo ko voky. Nomeny andreo ze niriany fatratsa. ³⁰ Feny vona tsa afa-po hiany reo; ny haniny nefa vona tegny am-bavany. ³¹ Ko de namely andreo ny fahatezeran'Andriamagnitsa ary namono ny matanjaka indrindra tamindreo. Nandalo ny kilonga lahin'Israely I. ³² Leko de teo aza zay, de vona nanota hiany reo, tsa

nino reo asa mahazendagna.³³ Noho zay Andriamagnitsa nagnafohy ny androndreo; ary feno horohoro ny taognany.³⁴ Lehe nampahorian'Andriamagnitsa reo, de nanomboka nitadia Anazy, sady nipody nitadia Anazy fatratsa.³⁵ Ho tsaroandreo fa Andriamagnitsa ro vatolampin-dreo sady Andriamagnitsa Avo Ndrindra ro mpamonjy anazy.³⁶ Feny mody manao vava malemy Aminazy reo sady handenga Aminazy amin'ny fitarognandreo.³⁷ Satria ny fondreo vona tsa niorigna tanteraka taminazy, sady sady reo tsa nitagna ny fagnikeny.³⁸ Fa I kosa, amin'ny maha mpamindra fo, de namela ny helodreo ro tsa namotika andreo. Eka, matetika I ro mitagna ny hasosorany, ra sady tsa nagnetsika ny fahavignirany aby manotolo.³⁹ Tsaroany fa reo de tamin'ny nofo, rivotsa mandalo sady tsa mipody koa.⁴⁰ Impiry moa reo ro nikomy hanohitsa Anazy tagny agn'efitsa sady nampalahelo Anazy tagny amin'ny tany ngazagna!⁴¹ Nandragotsa an'i Yaveh hiany ko roso nanafitohigna an'i Ray Masin'Israely.⁴² Tsa nisaigna ny amin'nby heriny reo, tamin'ny nagnavotany andreo tamin'ny fahavalony,⁴³ lehe nagnatanteraka reo famantarany mampihorohoro tagny Egypta sy reo raha mahazendagna tagny amin'ny faritanin'i Ziona I.⁴⁴ Navadiny ho rà ny onin'i Egypta mba tsa hahafahandreo misotro eo amin'ny renirano.⁴⁵ Nandefa andian-dalitsa nandevogna andreo I sy sahogna niely tamin'ny tanindreo.⁴⁶ Nomeny ny sompanga ny fambolon-dreo ny sasany nomeny valala.⁴⁷ Pinotiny tamin'ny havandra ny voalobon-dreo sady ny aviaviny tamin'ny havandra be.⁴⁸ Nandraraka havandra tamin'ny biby fiompin-dreo sy varatsa tamin'ny ondry aman'osin-dreo I.⁴⁹ Nanjera andreo tamin'ny firihetan'ny fahasosorany. Nandefa ny fahavignirana, hatizerana, sady fahoriana tahaka ny andiany mitondra loza I.⁵⁰ Nagnamarigna ny lalagna ho an'ny fahatizerany I; tsa niaro andreo tamin'ny fahafatesana I; fa nanolotsa andreo amin'ny areti-mandringagna.⁵¹ Vinonony aby ny lahimatoa tao Egypta, ny voalohan-teraky ny herindreo tao an-dain'i Hama.⁵² Nitondra ny olony nienga salamin'ny ondry I sady nitarika andreo tagny agn'efitsa salamin'ny andian'ondry.⁵³ Niferiny am-pilamignana reo ko tsa natahotsa, fa ranomasina nandifotsa ny fahavalony.⁵⁴ Nitondra andreo tagny amoron'ny tany masina I, tamizay tendrom-bohitsa zay hazan'ny tagnany ankavagnana zay.⁵⁵ Drinokany reo firenena teo alohan-dreo sady tinendriny ho lovany. Nampitoatsa reo fokon'israely tao an-dain-dreo I.⁵⁶ Nefa nandragotsa sy nandà an'Andriamagnitsa Avo Ndrindra reo sady tsa nitandrigna reo didy masiny.⁵⁷ Tsa natoky reo sady nivadika salamin'ny razany; nania salamin'ny tsipika manjiona reo.⁵⁸ Satria reo nampasiaka Anazy tamin'ny fitoerana avon-dreo sady nihantsy ny hasarotam-piarony tamin'ny sampy.⁵⁹ Sy nandre an'zay Andriamagnitsa, de nasiaka sy nandà tateraka an'Israely.⁶⁰ Namela ny fitoerana masina tao Silo I, de ny lay ze nitoerany teo amin'ny vahoaka.⁶¹ Namela ny tanjany ho babo I, ro nagnome ny voninahiny ho eo an-tagnan'ny fahavalo.⁶² Nanolotsa ny olony ho amin'ny sabatsa I, ary nasiaka tamin'ny lovany.⁶³ Ny afo nandevogna ny kilongalahiny, ary ny kilongampelany tsa mba nanagna hira fampakarana.⁶⁴ Lavon'ny sabatsa reo mpisorognany, sady tsa naha-tomagny reo mpitondratagnan-dreo.⁶⁵ Sy ahateo de nifoha salamin'ny mpiady mangaingaika nohon'ny divay.⁶⁶ De nandroaka reo fahavalony I; ary nametraka an-dreo ho amin'ny hegnatsa mandrakizay.⁶⁷ Nolviny ny lain'i Josefa, sady tsa nifidy ny fokon'i Efraïma I.⁶⁸ Ny fokon'i Joda sy ny tendrombohitsa Ziona tiany ro nofinidiny.⁶⁹ Nagnorigna ny fitoerany masina salamin'ny lagnitsa i, ary salamin'ny tany ze efa naoriny mandrakizay.⁷⁰ Nifidy an'i Davida, mpanompony I, ary nagnalaka anazy avy tagny am-balan'ondry.⁷¹ Nagnalaka anazy avy tamin'ny fagnarahana reo ondry vavy miaraka amin'ny zanany I, sady nitondra anazy ho mpiandry an'i Jakoba, vahoakany, vahoakany, sy an'Israely, lovany.⁷² Niandry anazy tamin'ny fahitsian'ny fony i Davida, ary nitondra andreo tamin'ny fahaizan'ny tagnany.

Chapter 79Salamo nataon'i Asafa.

¹ Andriamagnitsa ô, firenen-kafa to efa avy eo amin'ny lovana; efa voaloton-dreo by tempolinao masina; efa nanao an'i Jerosalema hoantontam-pandravana reo. ² Efa nagnome ny fatin'ny mpanomponao ho hanin'ny vorogna reo, ny nofon'olonao matoky ho an'ny bibin'ny tany. ³ Efa nakororokandreo salamin'ny rano magnodidigna an'i Jerosalema ny ràndreo, ro tsa mba nisy ona nandevigna andreo. ⁴ Afa-baraka amin'ny namanay mihintsy agnay, eso sy fihomezana ho an-dreo ze magnodidigna anay. ⁵ Sy viana, Yaveh o? De hiegnina hasiaka aminay hiany mandrakizay ve Agnao? Sy viana ke ro handoro salamin'ny afo? ⁶ Arotsaho amin'ny firenena ze tsa mahalala anao sy amin'ny fanjakana tsa manao ny fiantsoana amin'ny agnaranao ny fahatizeranao. ⁷ Fa efa nandevogna an'i Jakoba sy nandrava ny tanànan'ny reo. ⁸ Aza mitagna ny fahotan-dreo razam-benay hanohitsa anay; aoka ny asan'ny famindram-ponao ro ho avy aminay, fa tena osa agnay. ⁹ Apeo agnay, Andriamagnitsy ny famonjenay, noho ny amin'ny voninahitsy ny agnaranao; vonjeo agnay sady mamelà ny helokay nohon'ny agnaranao. ¹⁰ Nahoana reo firenena reo ro tokony hitarogna hoe: "Aia ny Andriamagnitsan-dreo?" Aoka ny ràndreo ny mpanomponao ze natotraka ro hamaly faty reo firenena eo agnatrehan'ny masonao. ¹¹ Aoka ny fisenton'ny gadra ro ho avy eo alohana; amin'ny fhalibiazan'ny fahefanao ro hitagnana reo zanaky ny fahafatesana ho velogna. ¹² Valio impito heny eo am-pofaon'ny firenena akaiky anay mihoatsa ny faniratsirana ze efa naniratsirany Anao, Tompo o. ¹³ Fa agnay olonao sy ondry fiandrinao de hagnatitsa fisaorana Agnao mandrakizay. Hagnambara Anao agnay amin'ny taraka aby.

Chapter 80Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'i Al-shoshanim-edoth. Salamo nataon'i Asafa.

¹ Mitainoa, ra mpiandry ny Israely, Agnao ze mitarika an'i Josefa ho toy ny andian'ondry; Agnao ze mitoatsa eo ambonin'ny Kerobima, mamirapiratsa eo aminay! ² Eo imason'i Efraïma sy Benjamina ary Manase, ampiharao ny fahefanao; miavia de vonjeo agnay. ³ Andriamagnitsa o, ampodiano agnay; ampamirapirato aminay ny tavanao, de ho voavonjy agnay. ⁴ Ry Yaveh Andriamagnitsa tompoan'ny rehagna, sy viana Agnao ro hasiaka amin'ny olonao lehe

mivavaka reo? ⁵ Agnao efa namahagna andreo tamin'ny mofon-dranomaso sady nagnome andreo ranomaso fatratsa hosotroany. ⁶ Manao anay ho raha hifandirana ho an'ny namany aminay Agnao, ary ny fahavalonay mihehy ny momba anay eo amindreo. ⁷ Ry Andriamagnitsa tompon'ny maro o, apodiana agnay; ampamirapirato aminay ny tavanao, de ho voavony agnay. ⁸ Agnao nitondra voaloboka avy tagny Egypta; ko nandroaka reo firenena sy namboly anzany. ⁹ Nagnadio ny tany ho amin'zay Agnao; nitombo faka zay de nameno ny tany. ¹⁰ Voarakotsy ny alokaloka ny tendrombohitsa, reo sederan'Andriamagnitsa alofan'ny sapany. ¹¹ Naparitany hatagny amin'ny ranomasina reo sapany de ny sakeliny tamin'ny Ony Efroata. ¹² Nahona ro noravanao ny mandany mba hiotazan-dreo ze mandalo aby ny voany. ¹³ Reo lambo hatagny agn'ala manimba anizay, de ny bibin'ny saha mihinagna anizay. ¹⁴ Mipodiana, Andriamagnitsa tompon'ny maro o; tsinjovy hatagny an-dagnitsa de diniho sy karakarao ty voaloboka ty. ¹⁵ Ty ro fakany ze nambolen'ny tagnanao ankavagnana, ny sampany ze nampitsiriana. ¹⁶ Dinoro zay sady tinapaka; maty nohon'ny fahasiahana reo. ¹⁷ Ny tagnanao anie ho eo amin'ny olon'ny tagnanao ankavagnana, zanak'ona ze nampahirezinao ho Anao. ¹⁸ De tsa hiala Aminao agnay; vilomy ndraika agnay, de hangaika ny agnaranao. ¹⁹ Yaveh Andriamagnitsa tompon'ny maro, ampodiano agnay, ampamirapirato aminay ny tavanao, de ho voavonjy agnay.

Chapter 81Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Gitita. Salamo nataon'i Asafa.

¹ Mihirà mahery ho an'Andriamagnitsa heritsika;mangeha mahery amin'ny hafaliana ho an'Andriamagnits'i Jakoba. ² Venteso ny hira de vilezo ny apongatapaka, ny lokanga mahafinaritsa miaraka amin'ny valiha. ³ Tsofy ny tandrok'anjomara amin'ny andron'ny volagna vaovao, amin'ny volagna fenomanana, sy miatomboka ny andro firavoravoantsika. ⁴ Fa lalàna ho an'Israely zay, didy nomen'Andriamagnits'i Jakoba. ⁵ Nampiengany ho fitsipika ao amin'i Josefa zay sy nandeha nanohitsa ny tany Egypta i, sy nandrinesako feo tsa fantako: ⁶ Nalaiko ny enta-mavasatsa teo antorony, afaka tamin'ny fitagnana harogna ny tagnany. ⁷ Nangaika mahery tao agnatin'ny alahelonao agnao, de namonjy anao Aho; namaly anao tamin'ny kotro-drahogna mezigina Aho. Nitsapa anao tao amin'ny ranon'i Meriba Aho. Sela ⁸ Mitainoa, ra vahoakako, fa hampitandrigna agnareo aho, ra Israely, lehe mba nihaino Anahy mako agnareo! ⁹ Tsa tokony hisy andriamagni-kafa eo aminareo; tsa mahazo manompo andriamagni-kafa agnareo. ¹⁰ Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo hatagny amin'ny tany Egypta. Vohao midagnadagna ny vavanareo, de hameno anzay Aho. ¹¹ Fa tsa nihaino ny taroko ny oloko, tsa nankatò Anahy ny Israely. ¹² Ko de natolotso teo amin'ny hamafisan-dohan-dreo hiany reo mba hahafahany manao ze hitany fa mety aminazy. ¹³ Eh, lehe mba mihaino anahy ny oloko; eh, lehe mba andeha tamin'ny lalako ny oloko. ¹⁴ De haringako malaky ny fahavalon-dreode hahinjitsa hanohitsa ny mpampahory andreo ny tagnako. ¹⁵ Enga anie reo ze mankahala an'i Yaveh hiankohoka amin-tahotsa eo agnatrehany! Ho megnatsa mandrakizay mandrakizay anie reo. ¹⁶ Ho fahanako vary soa ndrindra ny Israely; homeko fahafaham-po amin'ny tintely avy amin'ny vatolaampy agnareo."

Chapter 82Salamo nataon'i Asafa.

¹ Andriamagnitsa de ao amin'ny fiangonana masina; eo ampovoan'ny andriamagnitsa ze omeny fitsarana. ² Sy viana ro hitsaranareo tsa ara-drariny sy hanoro fiangarana amin'ny ratsy fagnahy? Sela ³ Arovy ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo. ⁴ Vonjeo ny mahantra sy ny ory; afaho amin'ny tagnan'ny ratsy fagnahy reo. ⁵ Tsa nahafantatsa na nahatakatsa mihintsy reo; nirenireny tagnatin'ny ezigina reo nirodagna aby reo fioregnan'ny tany manotolo." ⁶ Hoy iaho hoe: " Agnareo ro andriamagnitsa,ary agnareo aby de zanaky ny Avo Ndrindra. ⁷ Leko zay aza de ho maty salamin'ona sy ho lavo salamin'ny raika amin'reo andriana hiany agnareo." ⁸ Mitsangàna ,Andriamagnitsa o, tsarao ny tany, fa managna lova amin'ny firenena aby manotolo Agnao.

Chapter 83Tonon-kira. Salamo nataon'i Asafa.

¹ Andriamagnitsa o, aza mangigna! Aza manao tsinotsinona anay ary mitoera fa aza mamitsaka, Andriamagnitsa o. ² Io, mikomy ny fahavalonao, sady reo ze manakahala anao de efa nampitraka ny lohany. ³ Mitetika hanohitsa ny olonao reo ro niara-nikasa ny hanohitsa reo voaaronao. ⁴ Efa nitarogna reo hoe:" Avia , de andao atsika hamotika andreo salamin'ny firenena raika. De tsa ho tsaroana koa ny agnaran'Israely." ⁵ De niara nitetika paik'ady raika reo; ko nitraoka hanohitsa Anao. ⁶ De ny lain'i Egoma sy ny Ismaelita, ary ny vahoakan'i Moaba sy reo Hagrita, ze niara-niteti-dratsy tamin'i ⁷ Gebala, Amona, Amaleka; de ny filistia sy reo mponin'ny Tyro. ⁸ Nitraoka tamin-dreo hiany koa Asyria; manampy ny taranak'i Lota reo. Sela ⁹ Ataovy amin-dreo salamin'ny nataonao tamin'i Mediana, ary tahaka ny nataonao tamin'i Sisera sy tamin'i Jabina tao amin'ny ony Kisona. ¹⁰ Maty tagny En-dora reo sady roso salamin'ny zezika ho an'ny tany. ¹¹ Ataovy salamin'i Oreba sy Zeba ny mpanapan-dreo,sady salamin'i Zeba sy Zalmona ny andrian-dreo aby manotolo. ¹² Hoy reo hoe: "Andao alaintsika ho antsika ny tany fihinanam-bilognan'Andriamagnitsa." ¹³ Andriamagnitso o, ataovy salain'ny tadio, salamin'ny akofa eo eo alohan'ny rivotsa, ¹⁴ salamin'ny afo mandoro ny ala, ary salamin'ny lelan'afao ze mampirehitsa ny tendrombohitsa reo. ¹⁵ Hazao amin'ny rivotsa amin'ny rivo-maherinao reo, de ampihorohoro amin'ny tafio-drivotsao. ¹⁶ Fino hegnatsa ny tavan-dreo mba hitadiavany ny agnaranao, Yaveh o. ¹⁷ Ho megnatsa sy hangorohoromandrakizay anie reo; ary ho maty agnaty fahafaham-baraka. ¹⁸ De ho fantan-dreo fa Agnao rery hiany, Yaveh,ro Avo Ndrindra manerana ny tany aby.

Chapter 84Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Al-Hagitih. Salamo nataon'ireo zanakalahin'i kora.

¹ Endrey ny hakanton'ny toerana zay itoeranao, ry Yaveh Tompon'ny maro! ² Magniry fatratra ny kianjan'i Yaveh aho efa nahaketraka ahy ny fagniriako zany. ny fako sy ny momba ahy rehetra mangaika an'Andriamanitsa velogna. ³ Na ny fody aza nahita fipetrahana hoanazy ary ny tsikiry mahita akany hoan'ny tagnany mbva hametrahany ny zanany marriny ny alitaranao, ry Yavehb Tompo'ny maro, mpanjakako, sy Andriamagnitso. ⁴ Tretrika reo zay mitoatsa ao an-tranonao; ary hidera Agnao hatrany reo. ⁵ Tretrika ny ona ze manan-kery ao Aminao. Ze magnana lalam-be miakatsa mandeha any Ziona ao am-pony. ⁶ Hahita loharano hosotroany reo, egny am-pamakivakiana ny lohasahan-dranomaso. Ny lohaorana handrako-pitahiana anizany. ⁷ Avy miha-mahery am-pandehana reo; ny kiraidraika amin-dreo ro miseho eo anatrehan'Andriamagnitsa any Ziona. ⁸ Yaveh Andriamagnitsa Tompon'ny maro o! mandrinesa ny fivavako; ry Andriamagnits'i Jakoba o, tainò ze lazaiko! Sela. ⁹ Andriamagnitsa o, ambeno ny ampinganay; manihao fiahiana ho an'ny voahosotsao. ¹⁰ Fa ny andro raika ao ankianjanao de lihibe lavitsa mihoatsa ny arivo agnan-dain'ny hafa. Aleoko miambigna ny vavaravargnin'ny tragnon'Andriamagnitsa toy zey mitoatsa an-dain'ny ratsy fagnahy. ¹¹ Yaveh Andriamagnits ro masoandro sy ampinga ho anay; hagnome fahasoavana sy voninahitsa Yaveh; tsa hitagna raha soa hatamin-dreo mandeha amin'ny fahitsiana i. ¹² Ry Yaveh Tompon'ny maro o, tretrika ny ona ze matoky anao.

Chapter 85Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanak'i Kora.

¹ Yaveh o, efa nagnatoro sitraka tamin'ny taninao Agnao; napodinao tamin'ny laoniny ny fifalen'i Jakoba. ² Efa naelanao ny heloky ny olonao; efa nosarognanao ny otan-dreo aby. Sela ³ Efa nagnalaka nyfahavigniranao Agnao; efa niala tamin'ny hatizerna mahamay agnao. ⁴ Apodiano agnay, Andriamagnitsy ny famonjena anay, ary aoka hiala aminay ny tsa fahafalianao, hasiaka aminay mandrakizay ve Agnao? ⁵ De hitoatsa hasiaka amin'ny taranaka mandimby aby manotolo ze ho avy ve Agnao? ⁶ Tsa hamellohna anay ndraika koa ve Agnao? De ho faly aminao ny vahoakanao. ⁷ Atorò anay ny famindram-ponao, Yaveh, tantiraho aminay ny famonjenao. ⁸ iheno ze tarògnin' Yaveh Andriamagnitsa aho, fa hihavana amin'ny onany I, sy reo mpanara-dia mahatokiny. Eko tsa hopody amin'ny lalan'ny fahadalana ndraika koa reo. ⁹ Ny famonjeny de azo antoka fa eo agnilan'ny ze matahotra Anazy; de hitoatsa amin'ny taninay ny voninahitsa. ¹⁰ Nifanojo ny fifagnekena mahatoky sy ny fahamendreham-pitokiana; efa nifampitohoka ny fahamarinana sy ny fiadagnana. ¹¹ Miboiboika avy amin'ny tany ny fahamendreham-pitokiana, ary fahamarinana mitsirika hategny amin'ny lagnitsa. ¹² Eka, Yaveh hagnome reo fitahiany soa, sady hamokatsa ny taninay. ¹³ Ny fahamarinana handeha eo alohany, sady hanao lalagna ho anny diany.

Chapter 86Vavaka nataon'i Davida.

¹ Mitainoa, Yave oh, de mamale anahy, fa mahantra sy mijaly aho. ² Arovo aho, fa tsa mpivadika; Andriamagnitso, vonjeo ny mpanomponao ze mitoky aminao. ³ Mamindrà fo aminahy, Tompo oh, fa mitagny aminao andro lava mihintsy aho. ⁴ Ampifaleo ny mpanomponao, fa aminao ro hivavahako, Tompo o. ⁵ Soa, Agnao, Tompo oh, sady vonona hamela heloka, ary nagnatoro famindram-po lihibe ho an'ze mitaraigna aminao Agnao. ⁶ Yaveh, mitainoa ny fivavako; mandrinesa ny ny feon'ny fangatahako. ⁷ Mangaika Anao aho tamin'ny androm-pahoriako, de hamaly anahy agnao. ⁸ Tsa misy leko raika aza azo ampitoviana Aminao amireo andriamagnitsa, Tompo oh. Tsa misy asa sahalamin'ny asanao. ⁹ Ny firenena aby ze efa namboarinao de ho avy handohalika eo agnatrehanao, Tompo oh. De hagnome voninahitsa ny agnaranao reo. ¹⁰ Fa lehibe agnao sady manao raha mahazendagna; Agnao rery ro Andriamagnitsa. ¹¹ Ampianaro anahy reo lalanao, Yaveh oh. De ho roso amin'ny fahamarinana aho. Ampiraiso ny foko mba hanoroako fagnajana aminao. ¹² Tompo oh Andriamagnitsa oh, hidera anao amin'ny foko manotolo aho; hagnome voninahitsa ny agnaranao mandrakizay aho. ¹³ Fa lihibe ny famindram-ponao aminahy; efa namonjy ny aiko tamin'ny halalin'ny fiagnan-tsy hita Agnao. ¹⁴ Andriamagnitsa o, efa nitsangagna hanohitsa anahy ny mpiavognavogna. Ny andian'ona mahery setra mifofo ny aiko. Tsa mba mihevitsa Anao reo. ¹⁵ Fa Agnao Tompo oh, Andriamagnitsa mpamindra fo sy be fahasoavana, mahari-po sady be famindram-po sy mendrim-pitokiana. ¹⁶ mihireha aminahy de managna indra-fo; omeo ny herinao ny mpanomponao; vonjeo ny zanaka lahin'ny mpanompovavinao. ¹⁷ Aneho famantarana ny sitrakao aho. Reo ze mankahala anahy de hahita anizay de ho megnatsa satria AgnaoYaveh, efa nagnampy anahy sy nampionona anahy.

Chapter 87Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora; tonon-kira.

¹ Egny an-tendrombohitsa masina ro mitsangagna ny tagnana ze naoriny; ² Tian'i Yaveh ny vavahadin'i Ziona mihoatsa ny lain'i Jakoba. ³ Tarognina aminao ny raha maresaka, ro tanànan'Andriamagnitsa. Sela ⁴ Togoniko ho mpagnara-dia anahy Rahaba sy Babylona.Io , reto Filistia, sy Tyro, miarakamin'i Etopia hanao hoe: " Teraka teo." ⁵ Ny amin'i Ziona de ho lazaina hoe: " Ny tsiraindraika tamindreo de teraka teo; de ny Avo indrindra mihintsy ro hagnorigna anazy." ⁶ Soratan'i Yaveh eo emin'ny bokin'ny fagnisan'ny firenena hoe:" Teraka tao io." Sela ⁷ Ko ny mpihira sy n y mpandihy hiara-hitarogna hoe:" Ao aminao ao aby ny fialofako."

Chapter 88Tonon-kira, salamo nataon'reo zanaka lahin'i Kora; Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Mahalata Leanota. Maskils nataon'i Hemana Ezraita.

¹ Yaveh oh, Andriamagnitsy ny famonjena anahy, hitagny mahery eo agmatrehanao andro aman'agnaligna aho. ² Mitainoa ny fivavako; hino ny fitaraignako. ³ Fa feno fahoriana aho, fa nahatratsa ny fiaignan-tsy hita ny aiko. ⁴ Ny ona mihevitsa anahy salamin'ny mirorogna agny an-davaka; lihilahy tsa mba manan-kery aho. ⁵ Nafoy niaraka tamin'ny maty aho; iaho de koa maty ao am-pasagna, ze tsa nivakiana loha koa satria nalainao niala tamin'ny herinao reo. ⁶ Natoatsanao tagny amin'ny farany ambanin'ny lavaka, ao amin'ny aizigna sy toerana laligna aho. ⁷ Mavesatsa aminahy ny fahatizeranao, de migetraka eto aminahy aby ny ojanao. Sela ⁸ Noho Agnao, de milefa anahy ze mariny anahy. Efa nataonao ho fijery manafitohigna andreo aho. Voafandrika aho sady tsa afaka hilefa. ⁹ Miha rokaka ny fahoriana ny masoko; hangaika Anao amin'ny andro lava aby aho, Yaveh, avelatso ko anao ny tagnako. ¹⁰ Hanao raha mahazendagna ho an'ny maty ve Agnao? Reo ze maty ve hitsangagna hidera Anao? Sela ¹¹ Ho lazaina ao am-pasagna ve ny famindram-ponao, de ny tsa fivadihanao agny amin'ny toeran'ny maty? ¹² Ho fantatsa agny amin'ny aizigna ve reo asa mahagaganao, leko ny fahamarinanao agny amin'ny toeran'ny fagnadinoana? ¹³ Fa mitagny aminao an'iaho, Yaveh; ho avy eo agnatrehanao ny fivavako sy maraigana. ¹⁴ Yaveh, nahoana iaho ro lavinao? Nahoana ro asitrikao aminahy ny tavanao? ¹⁵ Efa nampahoriana hiany iaho ro seky maty tamin'ny fahatanorako. Nampijalian'ny horohorona aho; de mamoy fo. ¹⁶ Fa nandalo taminahy teo ny fihetsika niaraka amin'ny fahasiahana. Efa nandringagna anahy ny asa mampihorohorona. ¹⁷ Nameno anahy salamin'ny rano isan'andro aby reo; efa nagnodidign anahy aby reo. ¹⁸ Efa nampagnalavirinao anahy ny sakaiza sy ny mariny anahy aby. Sady ny famaizana hiany ro mariny anahy.

Chapter 89Maskilan'i Etana Ezraita .

¹ Hihira ho an'ny asa fagnikena mahatokin'i Yaveh mandrakizay iaho. Hilaza ny fahamarinanao amin'ireo taranaka ho avy iaho. ² Fa iaho efa nitarogna hoe: "Efa natoatsa mandrakizay ny fagnikena mahatoky; efa natoatsanao agny an-dagnitsa ny fahamarinanao." ³ Efa nanao fifagnikena tamin'ny voafidiko Aho, efa nanao fianagnana tamin'i Davida mpanompoko Aho. ⁴ Hampitoatsa mandrakizay ny taranakao Aho, ro hampitoatsa ny seza fiandriagnanao magneragna ny taranaka aby manotolo." Sela ⁵ Midera reo fahagagana ataonao ny lagnitsa, Yaveh o; deraina ao amin'ny fiangonanan'ny masina ny fahamarinanao. ⁶ Fa ia egny an-dagnitsa ro azo ampitahaina amin'i Yaveh? Ia tamin'ny zanaka lahin'ny andriamagnitsa ro mitovy amin'i Yaveh? ⁷ I de Andriamagnitsa zey nomena voninahitsa lihibe tao amin'ny filankevitsin'ny masina sady nahazendagna ny nagnodidigna Anazy aby manotolo. ⁸ Yaveh Abdriamagnitsa Tompon'ny maro oh, ia ro mahery salanao, Yaveh? Manafotsa anao ny fahamarinanao. ⁹ Mamehy ny ranomasina mahery Agnao; sy manonja reo, de mampitony Agnao. ¹⁰ Tinorotoronao salamin'ona vinono i Rahaba. Tamin'ny sandrinao mahery ro nagnilezanao ny fahavalonao. ¹¹ Anao ny lagnitsa, eko ny tany koa. Nahary zao tontolo zao sy ze eo aminy aby Agnao. ¹² Namorogna ny atsimo sy avaratsa Agnao. Mifaly amin'ny agnaranao i Tabara sy Hermona. ¹³ Managna sandry mahery sy tagnana mahery Agnao, sady avo ny tagnanao ankavagnana. ¹⁴ Ny fahamarinana sy fitsaràna ro fagnambanin'ny seza fiandriagnanao. Avy eo agnatrehanao ny fagnikena mahatoky sy fahamendreham-pitokiana. ¹⁵ Tretrika ny ona ze manompo Anao! Yaveh o, mandeha amin'ny fahazavan'ny tavanao reo. ¹⁶ Mifaly amin'ny agnaranao mandrakizay ireo, sady amin'ny fahamarinanao ro hanandratany Anao. ¹⁷ Agnao ro voninahitsy ny herin-dreo, ary mpandresy amin'ny fankasitrahanao agnay. ¹⁸ Fa an'i Yaveh ny ampinganay; ny mpanjakanay de I ly Masin'Israely. ¹⁹ Tagny aloha tagny de nitarogna tamin'ny mahatokin'ny tagnaty fahitana Agnao; hoy Agnao hoe: "Efa nametraka satro-bininahitsa teo amin'ny mahery Aho; efa nanandratsa voasafidy raika tamin'ny vahoaka iaho. ²⁰ Nifidy an'i Davida mpanompoko Aho; tamin'ny diloiloko masina ro nagnosorako anazy. ²¹ Hanohagna anazy ny tagnako; hampahery anazy ny sandriko. ²² Tsa misy fahavalo hamitaka anazy; tsa misy zanaka lahin'ny ratsy fagnahy hampahory anazy. ²³ Ho torotoroako eo alohany reo fahavalony; ho vonoako reo ze mankahala anazy. ²⁴ Ny fahamarinako sy ny fagnekeko mahatoky ro homba anazy; ho mpandresy amin'ny agnarako i. ²⁵ Hapetrako eo ambonin'ny ranomasina ny tagnany eko ny tagnany ankavagnana eo ambonin'ny ony. ²⁶ Hangaika Anahy i hoe: "Agnao ro Raiko, Andriamagnitsa o, ary vatolampin'ny famonjena anahy." ²⁷ Iaho koa hametraka anazy ho salamin'ny zanaka lahimatoa, zay ambony indrindra amin'ny mpanjakan'ny tany. ²⁸ Hagnitatsa ny fagnikena mahatokiko amin'ny mandrakizay Aho; ary ny fagnikeko aminazy de ho voaaro. ²⁹ Hampaharitsa ny taranany mandrakizay Aho ary ny seza fiandriagnany haharitsa tahaka ny habakabaka egny ambony egny. ³⁰ Lehe mahafofy sy tsa mankatò reo lalàko ny zanany, ³¹ lehe mandika ny fitsipiko ko tsa mitandrigna ny teniko reo, ³² de hagnafay ny fikomiandreo amin'ny tsorakazo Aho ary ny helony amin'ny tsoka. ³³ Fa tsa hagnalaka ny fitiavako aminazy tsa miova na hivadika amin'ny fampagnatignako Aho. ³⁴ Tsa handika ny fagnekeko na hagnova ny tarogna tarogniko Aho. ³⁵ Efa nianiagna tamin'ny fahamasinakoindraika Aho, tsa handenga amin'i Davida Aho: ³⁶ "Reo taranay de hitohy mandrakizay ery ny seza fiandrianany de haharitsa salan'ny masoandro eo alohako. ³⁷ Zay de hitoatsa mandrakizay salan'ny volagna, ny vavolombelogna mahatoky egny an-dagnitsa." Sela. ³⁸ Feny Agnao tsa nety sy nandá; nasiaka tamin'ny mpanjakanao voahosotsa. ³⁹ Efa niala tamin'ny fagniken'ny mpanomponao Agnao. Efa nanimbazimba ny satro-boninahiny tamin'ny tany Agnao. ⁴⁰ Efa nagetrakao aby reo rindry. Efa drinavanao ny fiarovana maheriny. ⁴¹ Ze nandalo d'efa nandroba anazy aby. ⁴² Efa roso fitaovana mahafandriandriagna ny namany i. Nanandratsa ny tagnana ankavagnan'ny fahavalony Agnao; nampifalianao aby reo fahavalony. ⁴³ Navadikao ny lelan-tsabany ko tsa nampijoro

anazy lehe hiady. ⁴⁴ Finaragnanao ny famirapiratany; narorognanao tamin'ny tany ny seza fiandrianany. ⁴⁵ Nafomezinao ny andron'ny fahatanorany. Kinorokorokao hegnatsa i. Sela ⁴⁶ Hafiriana, Yaveh o? Hanitrika ny tagnanao mandrakizay ve Agnao? Mandra-pahoviana ro hirehitsa salan'ny afo ny hatizeranao? ⁴⁷ HE, saina ny momban'ny androko fohy, sy ny namorognanao ny zanak'olombelogna aby ho matimaty foagna! ⁴⁸ Ia ro afaka hiaigna ko tsa ho maty, na hagnavotsa ny ainy manokagna egny an-tagnan'ny Fiaignan-tsy hita? Sela ⁴⁹ Tompo o, aia reo asan'ny fagnekena mahatokinanao taloha ze nianiagnan'i Davida tamin'ny fahamarinanao? ⁵⁰ Tsiaro, Tompo o, ny fagnesoana natao tamin'ny mpanomponao ary ny fomba nizakan'ny foko reo teny ratsy be hatamin'ny firenena. ⁵¹ Nikoka teny ratsy reo fahavalonao, Yaveh oh; nohesoan-dreo ny dia-tongon'ny vohosotsao. ⁵² Ho deraina mandrakizay anie Yaveh. Amen, Amen. Boky faha efatra.

Chapter 90Vavak'i Mosesy lehilahin'Andriamagnitsa.

¹ Tompo o, efa fialofanay sy ny taranakay aby Agnao. ² Talohan'ny niosian'ny tendrombohitsa, ary nahary ny tany sy zao tontolo zao Agnao, hatamizay ko ho mandrakizay, Agnao ro ANDriamagnitsa. ³ Nampody ho vovon-tany ny ona Agnao, de hoy Agnao hoe: "Mipodiana, agnao ra taranak'olombelogna." ⁴ Fa ny arivo taogna eo imasonao de salamin'ny omaly sy roso, de fotoagna salamin'ny fiambenana amin'ny aligna. ⁵ Noferinao tahaka ny riaka reo de nandry(natory); amin'ny maraigna de salamin'ny ahitsa mitsiry reo. ⁶ Sy maraigna de mamogny zay de mitsiry; amin'ny hariva de malazo zay de maigna. ⁷ Marina tokoa fa levogna amin'ny fahasiahanao agnay, ery amin'ny fahatizeranao ro maha-reki-tahotsa anay. ⁸ Efa nametraka ny helokay teo alohanao Agnao, reo fahotanay misitrika teo amin'ny fahazavan'ny fagnatrehanao ⁹ Ny fiaignanay de dify ao ambany fahatizeranao; ny fiaignanay de mandalo malaky salamin'ny sento. ¹⁰ Fitopolo, na valopolo taogna agnay lehe salama; feny ny taogananay soa ndrindra aza de voamariky ny fahoriana sy alahelo. Eka, mandalo miridiridy agnay.) ¹¹ Ia ro mahalala ny hamafin'ny fahasorenanao, sy ny fahasiahanao zey manahaka ny fahatahorana Anao? ¹² Ko de ampianaro agnay mba hahafahanay miaigna amim-pahindrena. ¹³ Mipodiana, Yaveh o! Sy viana ? mamindrà fo amin'ny mpanomponao. ¹⁴ Meo fahafaham-po amin'ny famindram-ponao agnay amin'ny maraigna mba hiravoravoanay de ho faly amin'ny andronay aby agnay. ¹⁵ Ampifaleo agnao arakaraky ny andro nampahorianao anay sy ny taogna niaignanay tagnaty fahoriana. ¹⁶ Apitraho mba hahita ny asano reo mpanomponao, eko ny zanakao hahita ny voninahitsao. ¹⁷ Ze sitraky ny Tompo Andriamagnitsay anie ho aminay; ambino ny asan'ny tagnanay; ambino tokoa roa ny asan'ny tagnanay.

Chapter 91

¹ Zey mitoatsa eo ambany fiafan'ny Avo Indrindra de hitoatsa eo amin'ny aloky ny Tsitoha. ² Hilaza ny amin'i Yaveh aho hoe: "I ro fialofako sy fiarovako ,Andriamagnitso, zey hitokiako." ³ Fa I ro hamonjy anao amin'ny fandriky ny mpihaza sy amin'ny areti-mandoza mahafaty. ⁴ Hanafotsa anao amin'ny elany I, ery ao ambany elany ro hahitanao fialofana. Ny fahatokiany de ho ampinga sy fiarovana. ⁵ Tsa hatahotsa ny horohoro ny aligna agnao, leko ny tsipika mitsidigna amin'ny andro, ⁶ leko ny loza mihaodihady amin'ny migna [maizigna],leko ny aretina avy sy toandro. ⁷ Leko arivo roo ho lavo eo agnilanao eko iray aligna eo amin'ny tagnanao ankavagnana, feny tsa hahatratsa anao zay. ⁸ Fa handinika sy hizaha ny sazin'ny ratsy fagnahy fotsiny Agnao. ⁹ Fa Yaveh ro fialofako! Ataovy fialofana hiany koa ny Avo indrindra. ¹⁰ Tsa hisy ratsy hahazok anao; tsa hisy fahoriana handriny ny fonegnanao. ¹¹ Fa hitarika ny anjeliny I mba hiaro anao, hiambigna anao aby amin'ze lalanao. ¹² Hanandratsa anao amin'ny tagnany reo mba tsa ho voan'ny vato ny tongotsa. ¹³ Hanorotaro ny liona sy reo menaragna ambany tongotsao; hagnitsaka reo liona tanora sy bibilava agnao. ¹⁴ Satria efa nanolo-tegna ho Anahy i, de hamonjy anazy Aho. Hiaro anazy Aho satria tsa mivadika aminahy i. ¹⁵ Sy mangaika Anahy i, de ho valeko. Hombako i amin'ny fahoriana; hagnome fandresena anazy Iaho sady hagnome voninahitsa anazy. ¹⁶ Hagnome fahafaham-po anazy amin'ny fiaignanany Aho sady hatoroko anazy ny famonjeko.

Chapter 92Salamo, tonon-kira ho an'ny andro Sabata.

¹ Raha soa ny mognome fisaorana an'i Yaveh sy mihira fiderana ho an'ny agnaranao, ra Avo Indrindra, ² Hitarogna ny famindram-ponao sy maraigna ery fahamarinanao sy aligna, ³ amin'ny valiha tory folo sy ny feon-kiran-dokanga. ⁴ Fa Agnao, Yaveh o, nampifaly anahy tamin'ny alalan'ny asanao. Hihira fifaliana ho Anao aho noho reo asan'ny tagnanao. ⁵ Endria ho ny halibiazan'ny asanao, Yaveh o! Laligna tokoa ny fisaignananao. ⁶ Ts mahafantatsa ny ona sagnagna, leko ny gegy tsa hahatakatso an'zao: ⁷ Sy mitsiry salamin' ny ahitsa ny ratsy fagnahy, leko de miroborobo aza ny mpanao ratsy, de vona ho rava agny amin'ny fahapotehana mandrakizay. ⁸ Fa Agnao, Yaveh o, de hanjaka mandrakizay. ⁹ Eka tokoa, jireo ny fahavalonao, Yaveh o! Eka tokoa, jireo ny fahavalonao. Ho maty reo! eko reo aby ze manao ratsy hiparitaka. ¹⁰ Nagnadratsa ny tandroko salamin'ny tandrok'omby Agnao; Voahosotra tamin'ny menaka vaovao aho. ¹¹ Efa nahita fahavalon'niro fahavaloko ny masoko; efa nahare ny fara-andron'ireo fahavaloko ratsy ny sofiko. ¹² Hitsira takan'ny hazon-drofia ny marina; hitsiry tahaka ny sedera agny Libanona zay. ¹³ Nambolena tan-dragon'i Yaveh reo; sady mitsiry ao amin'ny kianjan'Andriamagnitsika. ¹⁴ Hamoa ny voan-dreo leko de antitsa aza; sady hiegnina vao sy mentso, ¹⁵ mba hilazana fa mahintsy Yaveh. I ro vatolampiko, sady tsa misy lenga(tsa fahamarinana) Aminazy ao.

Chapter 93

¹ Manjaka Yaveh; mitafy voninahitsa I; Yaveh de nampiatafy sy nampisikigna ny tagnany tamin'ny hery. Mafy origina zao tontolo zao; tsa afaka afindra zey. ² Mitoatsa hatamin'ny taloha ny seza fiandriagnanao; Agnao de tsa manam-pahataperana. ³ Niakatsa ny ranomasina, Yaveh o, nanandratsa ny feony reo; mipoapoaka sy mierogna ny onjan-dranomasina. ⁴ Mihoatsa noho ny rano sady be ro mahery, eka, mihiatsa noho onjan-dranomasina lihibodaka, Ny voninahits'i Yaveh agny amin'ny Avo. ⁵ Ny teni-vavolombelonao de marina ndrindra; mandravaka ny tragnonao mandrakizay ny fahamasinana, Yaveh o.

Chapter 94

¹ Ry Yaveh, Andriamagnitsa mamaly faty, Andriamagnitsa mamaly faty, mamirapirata aminay. ² Mitsangana, ry mpitsara ny tany, omeo ny mpihareha ze mendrika andreo. ³ Hafiriana ny ratsy fagnahy, ry Yaveh, hafiriana ny ratsy fagnahy ro ⁴ hiravoravo? Mandraraka ny avognavony reo; ze manao ny ratsy mieboebo aby. ⁵ Tinorotoron-dreo ny ona, ry Yaveh; ze firenenao de ampahoriandreo. ⁶ Mamono ny mpitondratena sy na vahiny ze miaigna agny amin'ny firenen-dreo reo, eko mamono ny kamboty ray. ⁷ Hoy reo hoe: "Tsa hahita Yaveh, eko tsa hatsikaritsa an'izay ny Andriamagnits'i Jakoba." ⁸ Mahatakàra, agnareo ra ona tsa misaigna! Agnareo gegy, amiviana agnareo vo mba hianatsa? ⁹ I ro nanao ny sofigna, moa ve tsa handre I? I ro nanao ny maso, moa ve tsa mahita I? ¹⁰ I ro mifehy ny firenena, moa ve tsa mahitsy I? I ro magnome fahalalana ny ona. ¹¹ Yaveh mahalala ny sain'ona, fa raha foagna reo. ¹² Tretrika ze ampianarinao, ry Yaveh, ze ampianarinao hatamin'ny lalànao. ¹³ Nomenao fitsaharana i tamin'ny fotoam-pahoriana mandra-pihady lavaka ho an'ny ratsy fagnahy. ¹⁴ Fa Yaveh tsa hahafao ny onany na namela ny lovary. ¹⁵ Fa ho marina ny fitsarany; eko ny mahitsy fo de hagnaraka anazy aby. ¹⁶ Ia ro hitsangagna hiaro anahy amireo mpanao ratsy? Ia ro hijoro ho anahy hanohitsa ny ratsy fagnahy? ¹⁷ Lehe tsa Yaveh ro nagnampy anahy, de saika trotraka tagny amin'ny toeran'ny fahanginana iaho. ¹⁸ Sy nitarogna iaho hoe: " Mangorohoro ny tongoko," de nanohagna anahy, ny famindram-ponao, ry Yaveh. ¹⁹ Sy be ny ahiahiko, de mampifaly anahy reo fampiononanao. ²⁰ Afaka miaraka aminao ve ny seza fiandrianan'ny faharavana, ze mamorogna ny tsa rariny amin'ny alalan'ny lalana? ²¹ Niara-nitetikareo mba hifofoanany ain'ny marina eko magnameloka ho faty reo tsa manatsigny. ²² Fa Yaveh ro efa tilikamboko avo, eko vatolampy fialofako ny Andriamagnitso. ²³ Hitondra ny helo-dreo eo aminazy I eko handringagna andreo amin'ny faharatsiany manokagna. Hamono andreo Yaveh Andriamagnitsika.

Chapter 95

¹ Avia, ndao atsika hihira ho an'i Yaveh; ndao atsika hihira an-kafalena ho an'ny vatolampin'ny famonjena atsika. ² Ndao hitsofoka amin'ny fagnatrehan'ny amin'ny fisaorana; ndao tsika hihira ho Anazy amin'ny salamo fiderana. ³ Fa Yaveh ro Andriamagnitsa lihibe sy Mpanjaka lihibe ambonin'andriamagnitsa hafa. ⁴ Eo an-tagnany ny fitoerana laligna amin'ny tany; Anazy ny fitoerana avon'ny tendrombohitsa aby manotolo. ⁵ Anazy ny ranomasina, fa I ro nanao anizay, sady ny tagnany ro nahary ny tany maigna. ⁶ Avia, ndao atsika hiondrika sy hihohoka; ndao atsika handohalika eo agnatrehan'i Yaveh, mpahary atsika; ⁷ Fa I ro Andriamagnitsika, sady ona fiandriny atsika sy ondry ambenany atsika. Enganie androany mba hohenoanao ny feony! ⁸ Aza magnamafy ny fonao, salamin'ny tagny Meriba, na salamin'ny tamin'ny andron'i Masa tagny agn'efitsa, ⁹ ze nitsapana sy nagnandraman'ireo razambenareo Anahy, leko de hitandreo aza ny asako. ¹⁰ Efaolo taogna ro nasiaka tamin'izay taranaka zay Iaho ko nitarogna hoe: " 'ty de vahoaka managna fo mania; tsa nankato Anahy reo." ¹¹ Noho zay de nivoady tamin-kkahasosorana Aho mba tsa hiditsa ao amin'ny toeram-pitsaharako mihintsy reo.

Chapter 96

¹ Mihirà fihiram-baovao ho an'i Yaveh, mihirà ho an'i Yaveh, ry tany aby manotolo. ² Mihirà ho an'i Yaveh, misaora ny Agnarany; tarògno sanandro sanandro ny famonjeny. ³ Tarògno Amin'reo firenena ny voninahiny, ny asany mahazendagna amin'reo firenena aby manotolo. ⁴ Fa lihihe Yaveh ko tokony ho deraina ndrindra. Tokony atahorana ambonin'ny andriamagni-kafa aby manotolo I. ⁵ Fa sampy aby reo andriamagnitsy ny firenena aby, fa Yaveh ro nanao ny lagnitsa. ⁶ Famirapiratana sy voninahitsa ro eo amin'ny fagnatrehan'ny. Hery sy fhasoavana ro ao amin'ny fitoerany masina. ⁷ Miderà an'i Yaveh, agnareo vahoaka, miderà an'i Yaveh nohon'ny voninahiny sy ny heriny. ⁸ Omeo ny voninahitsa mendrika ny agnarany Yaveh. Mitondrà fagnatitsa de miavia ao an-kianjany. ⁹ Miankohofa eo amin'i Yaveh amin'ny fiakanjoana magnome voninahitsa ny fahamasinany. Mangovita eo agnatrehany, ra tany manotolo o. ¹⁰ Mitarogna amin'reo firenena hoe: " Manjaka Yaveh." Voaorigina hiany koa zao tontolo zao; tsa ho voahozongozogna zao. Mitsara ara-drariny reo ona I. ¹¹ Aoka ho faly ny agny an-dagnitsa, sadyb aoka hiravoravo ny tany; Aoka hierogna ny ranomasina sady hikoka an-kafalena n ze mameno anazay. ¹² Mifalia ny saha sy ze ao aminazy ao aby. De aoka hikoka amikafaleana ¹³ eo agnatrehan'i Yaveh ny hazo agny agnaty ala, fa avy I. Avy mba hitsara izao tontolo zao amin'ny fahamarinana I ary ny ona amin'ny fahatokian'ny.

Chapter 97

¹ Majaka Yaveh; aoka ny tany hifaly; aoka ny moron-tsiraka be ho ravo. ² Rahogna sy ezigina ro magnodidigna Anazy. Fahamarinana sy rariny ro fiorenana ny seza fiandrianany. ³ Afo ro mandalo eo alohany ko de mandevogna reo mpifagnandrigna aminazy amin'ny lafiny aby manotolo. ⁴ Ny tselatsany magnazava an'izao tontolo zao; hitan'ny tany zay ko de mihorohoro. ⁵ Miepo sahalamin'ny savoka eo agnatrehan'ny Yaveh, zay Tompon'ny tany manontolo, reo tendrombohitsa. ⁶ Mitarogna ny fahamarinany reo habakabaka, sady mahita ny voninahiny ny firenena aby manontolo. ⁷ Ho megnatsa ze manompo ny sarin-draha voasikotsa, ze mirehareha amin'ny sampy tsa misy dikany; miankohofa eo amin'i Yaveh, agnareo ra andriamagnitsa aby manontolo! ⁸ Nandre Ziona ko de faly. Sady nifaly ny tanànan'i Joda noho ny didinao marina, Yaveh o. ⁹ Fa agnao, Yaveh o, ro avo indrindra ambonin'ny tany aby manontolo. Asandratsa avo indrindra ambonin'ni andriamagnitsa aby Agnao. ¹⁰ Agnao ze te an'i Yaveh, mankahala ny ratsy! Miaro ny ain'ny onany masina I, magnalaka anazy tsa ho eo an-tagnan'ny rasty fagnahy. ¹¹ Nafafy tamin'ny marina ny fahazavana ary ny fifaliana ho an'ny ze mahintsy fo. ¹² Miteza hifaly ao amin'i Yaveh, agnareo ona marina; sady manolotra fisaorana sy mahatsiaro ny fahamasinany agnareo.

Chapter 98Salamo.

¹ Mihirà fihiram-baovao ho an'i Yaveh, fa nanao raha mahazendagna I; nagnome fandresena Anazy ny tagnany ankavagnana sy ny sandriny masina. ² Nampahafantatsa ny famonjeny Yaveh; nagnatoro ampahibemaso ny fahamarinany tamin'ireo firenena aby manotolo reo I. ³ Tsiaroany ny tsy fivadiham-pagnikeny sy ny fagnikena mahatoky ho an'ny taranak'Israely I; hahita ny fandresen'Andriamagnitsika ny vazan-tany manotolo. ⁴ Mihobia ho an'i Yaveh, ra tany manotolo; vilomy ny hoby; mihirà amim-kafaleana, ko mihirà fiderana. ⁵ Mihirà fiderana ho an'i Yaveh amin'ny harpa, amin'ny valiha sy hira mahafinaritsa. ⁶ Amin'ny trompetra sy ny feon'ny anjomara, manaova hiakam-pifaliana eo agnatrehan'ny Mpanjaka, de i Yaveh. ⁷ Aoka hikoka ny ranomasina sy ze ao aminazy ao; zao tontolo zao sy ny monigna ao! ⁸ Aoka reo renirano hiteha-tagnana, ary aoka reo tendrombohitsa hikoka fifaliana. ⁹ Avy hitsara ny tany Yaveh; hitsara zao tontolo zao amin'ny fahamarinana I ary ny firenena amin'ny hitsiny.

Chapter 99

¹ Manajaka Yaveh; mangovita ra firenena. Mitoatsa eo amin'ny seza fiandrianana eo amin'ny kerobima I; mihorohoro ny tany. ² Lihibe ao Ziona i Yaveh; asandratsa ambonin'ny firenena aby manotolo I. ³ Aoka hidera ny agnaranao lihibe sy mampahatahotsa reo; Masina I. ⁴ Mahery ny mpanjaka, sady te ny rariny I. Efa nampitoatsa ny rariny Agnao; efa nanao fahamarinana sy fahitsiana tamin'i Jakoba Agnao. ⁵ Derao Yaveh Andriamagnitsika sady tompo eo amin'ny fitoeran-tongony I. Masina I. ⁶ Isan'ny mpisorony i Mosesy sy Arona, ary Samoela de isan'ny ny nivavaka taminazy. Nivavaka tamin'i Yaveh reo, ko de namaly andreo I. ⁷ Nitarogna tamindreo tamin'ny alalan'ny andry rahogna I. Nitagna ny didiny masina reo sady ny lalàna de efa nomeny ho andreo. ⁸ Namaly andreo Agnao, Yaveh Andriamagnitsay. Andriamagnitsa mpamela heloka Agnao tamin-dreo, feny nagnasazy tamin'ny fahotany. ⁹ Miderà an'i Yaveh Andriamagnitsika, ko de manompoa Anazy ao amin'ny tendrombohin'ny masina, fa Yaveh Andriamagnitsika de Masina.

Amos

Chapter 1

¹ Ireo raha momba an'Israely ireo ro noraisin'i Amosa, raika tamin'ireo mpiandry ondry ro tao Tekoa, tao amin'ny fanambarana. Nandray reo raha reo i tamin'ny andron'i Ozia mpanjakan'i Joda, ary koa tamin'ny andron'i Jeroboama zanaka lahin'i Joasy mpanjakan'Israely, roa taona mialohan'ilay horohorontany. ² Hoy i hoe: "Hierona hatagny Ziona i Yaveh; hampiakatsa ny feony hatagny Jerosalema I. Ho maina ny ahitrando mpiandry ondry; halazo ny tampon'i Karmela." ³ Zao ro lazain'i Yaveh hoe: "Noho reo fahotana telo nataon'i Damaskosy, eka, na efatsa aza, de tsa hanala ny sazy Aho, satria fitaovana vy ro nivelesindreo an'i Gileada. ⁴ Handifasako afo ny taranak'i Hazaela, ary handevona reo fiarovana mafin'i Beni-hadada Aho. ⁵ Ho tapahiko ny vy eo amin'ny vavahadin'i Damaskosy ary handringana ny liaka zay mitoatsa ao Bikata Avena Aho, ary koa ilay liaka zay mitagna ny tehim-panjakana ao Bet-Edena. Ny vahoakan'i Syria de handeha ho amin'ny fahababoana any Kira," hoy Yaveh. ⁶ Zao ro lazain'i Yaveh hoe: "Noho reo fahotana telo nataon'i Gaza, eka, na efatsa aza, de tsa hanala ny sazy Aho, satria nataondreo ho babo ny vahoaka aby, mba hanolorana andreo an'i Edoma. ⁷ Handefa afo amin'ireo rindrin'i Gaza Aho, ary handevona reo fiarovana mafiny zay. ⁸ Ho aringako ilay liaka zay mitoatsa ao Asdoda sy ilay liaka zay mitagna ny tehim-panjakana hatagny Asklelona. Hanohitsa an'i Ekrona ny tagnako, ary ho faty reo Filistina tavela", hoy ny Tompo Yaveh. ⁹ Zao ro lazain'i Yaveh hoe: "Noho reo fahotana telo nataon'i Tyro, eka, na efatsa aza, de tsa hanala ny sazy Aho, satria nanolotsa aby manontolo ny vahoaka an'i Edoma reo, ary nandika ny fifanekem-pirahalahan'andreo. ¹⁰ Handefa afo eo amin'ireo rindrin'i Tyro Aho, ary handevona reo fiarovana mafiny izay." ¹¹ Zao ro nolazain'i Yaveh hoe: "Noho reo fahotana telo nataon'i Edoma, eka, na efatsa aza, de tsa hanala ny sazy Aho, satria nanenjika ny rahalahiny tamin'ny sabatsa i ary nanary aby ny famindram-po. Ny hatezerana de nitohy ihany, ary naharitsa mandrakizay. ¹² Handefa afo eo Temana Aho, ary handevona ny palan'i Bozra izay." ¹³ Zao ro lazain'i

Chapter 2

Yaveh hoe: "Noho reo fahotana telo nataon'ny vahoak'i Amona, eka, na efatsa aza, de tsa hanala ny sazy Aho, satria nanataka reo ampela bevoka tao Gileada reo, mba hanitarandreo ny faritaniny.¹⁴ Handrehitsa afo eo amin'ireo rindrin'i Raba Aho, ary handevona reo lapa izay, miaraka amin'ny hiaka amin'ny andron'ny ady, miaraka amin'ny tafio-drivotsa amin'ny andron'ny tadio.¹⁵ Handeha ho amin'ny fahababoana ny mpanjakandreo, i sy reo manam-boninahitsa," hoy Yaveh.

Chapter 2

¹ zao ro lazain'i Yaveh: "Noho reo fahotana telon'i Moaba, eka na efatsa aza, de tsa hanala ny famaizana Aho, satria reo de nandoro reo taolan'ny mpanjakan'i Edoma ho sokay.² Handefa afo eo amin'i Moaba Aho, ary holevoniko ny fiarovana mafin'i Kiriota, ho faty ao anatin'ny kotaba sy hiaka ary feon'anjomara i Moaba.³ Ho ravako ny mpitsara ao aminazy, ary ho vonoiko miaraka aminazy aby ny andriana," hoy i Yaveh.⁴ Zao ro lazain'i Yaveh: "Noho reo fahotana telon'i Joda, eka na efatsa aza, de tsa hanala ny famaizana Aho, satria reo de nanary ny lalàn'i Yaveh ary tsa nitandrigna reo didiny. Nampandeha andreo tagny amin'ny lalan-diso ny laingandreo, de nandeha nanaraka izay koa reo razany.⁵ Handefa afo eo amin'i Joda Aho, ary levoniko reo fiarovana mafin'i Jerosalema."⁶ Zao ro larain'i Yaveh: "Noho reo fahotana telon'i Israely, eka efatsa aza, de tsa hanala ny famaizana Aho. Satria namidindreo volafotsy ny tsa manan-tsiny ary ny mahantra ho kapa.⁷ Nanitsaka ny lohan'ny mahantra sahala ny fanitsahan'ny ona ny vovoka amin'ny tany reo; nandroaka ny ory reo. Ny liaka sy ny abany de samy mandry amin'ny ampela raika ihany ary mandoto ny agnarako masina.⁸ Mandry eo anilan'ny alitara aby amin'ny akanjo azo tamin'ny antoka reo, ary ao an-dranon'Andriamagnindreo ro hisotroany ny divay zay hatagny amin'ireo voasazy.⁹ Nefa efa noravako teo alohandreo ny Amorita, ny halavan'izay de sahala ny halavan'ny sedera, natanjaka sahala ireo Ôka. efa noravako ny voany ambony, sy ny fakany ambany.¹⁰ Ary koa, nitondra agnareo nivoaka hatagny amin'ny tany Egipta Aho de nitarika agnareo efapolo taogna tagny an'efitsa mba ahazoana ny tanin'i Amorita.¹¹ Nanandratsa mpaminany tamin'ireo zanakalahinareo sy Nazirita hatagny amin'ireo zatovonareo Aho. Moa tsa izay ve, ry vahoakan'Israely? -Izay ro fanambaran'i Yaveh.¹² Nefa agnareo de nandresy lahatsa reo Nazirita hisotro divay ary nandidy reo mpaminany tsa haminany.¹³ Indro, hanitsaka agnareo sahala ny fanitsahan'ny sarety feno vary ny ona Aho.¹⁴ Tsa hahita hilefana ny ona kinga; tsa hampitombo ny heriny ny matanjaka; na ny mahery hahavonjy ny tenany.¹⁵ a ahajoro ny mpandefa tsipika; tsa ho afa-milefa ny mpihazakazaka mailaka fandeha; tsa hahavonjy ny tenany ny mpitaingin-tsoavaly.¹⁶ Na de ny mpiady be herim-po aza de hilefa mitanjaka amin'izay andro izay-Izay ro fanambaran'i Yaveh."

Chapter 3

¹ Tegnoy zao tarogna zay notarognina'i Yaveh taminareo zao, ry onan'Israely, amin'ireo fianakaviana aby zay noferiko hivoaka ny tany Egipta:² "Agnareo rery ro nofidiko amin'ireo fianakaviana aby eto ambonin'ny tany. Noho izay, de hofaiziko agnareo noho reo otanareo aby.³ Moa ve hiaraka handeha ny roa lehe tsa niombon-kevitsa reo? ⁴ Moa ve hierona any an'ala ny liona lehe tsa misy haza i? Moa ve hierona ao an-davany ny liona tanora lehe tsa nahazo na ina na ina i? ⁵ oa ve afaka migebona agnaty fandrika ety amin'ny tany ny vorona lehe tsa misy tadvivaragna voapetraka ho anazy akory? Moa ve hikatonana ny fandrika ety amin'ny tany lehe tsa nahazo na ina na ina akory i? ⁶ Haneno ao an-tanàna ve ny trompetra ka tsa hangovitsa ny ona? Ho avy ao an-tanàna ve ny loza lehe tsa i Yaveh ro nandefa izay? ⁷ Azo antoka fa tsa hanao na ina na ina i Tompo Yaveh lehe tsa manambara reo fikasany amin'ireo mpaminany mpanompony I. ⁸ Ia ro tsa hahatahotsa; lehe mierogna ny liona? Efa nitarogna ny Tompo Yaveh, ia ro tsa haminany? ⁹ Ambarao any amin'ireo fiarovana mafin'i Asdoda izay, ary any amin'ny fiarovana mafin'ny tany Egipta; lazao hoe: "Miangõna agnareo eny amin'ireo tendrombohits'i Samaria ary jireo ny fifanjevoana be zay ao aminazy, ary ina ny fahoriana ao aminazy.¹⁰ Fa tsa mahalala ny fanaovana ny marina reo-izay ro fanambaran'i Yaveh-Mitahiry herisetra sy faharavana ao amin'ny mandany reo." ¹¹ Noho izay, zao ro lazain'ny Tompo Yaveh hoe: "Hioididigna ny tany ny fahavalo. Handrava reo fiarovanao mafy i ary handroba reo mandanao.¹² Izao ro lazain'i Yaveh: "Sahala ny famonjen'ny mpiandry ondry ny tongotsa roa fotsiny amin'ny vavan'ny liona, na sombin'ny sofina, ro hamonjena ny onan'Israely zay mitoatsa any Samaria, eo an-joron-tseza fotsigny, na koa eo an-jorom-parafara ihany."¹³ Mitainò ary mijoroa ho vavolombelogna manohitsa ny ankohonan'i Jakoba-Zao ro fanambarana nataon'ny Tompo Yaveh, Andriamagnitsa Tompon'ny maro:¹⁴ Fa amin'ny andro zay hamaizako reo fahotan'Israely, de ho faiziko koa ny alitaran'i Betela. Hotapahina reo tandroky ny alitara ary hianjera amin'ny tany.¹⁵ Horavako ny trano rinina miaraka amin'ny trano fahavaratsa. Ho simba ny trano ivory ary reo tranobe de hanjavona,-Izay ro fanambaran'i Yaveh."

Chapter 4

¹ Tainò zao tarogna zao, agnareo ry ombivavin'i Basana, agnareo ze agny an-tendrombohits'i Samaria, agnareo ze mampahory ny mahantra, agnareo ze manorotoro ny ory, agnareo ze milaza amin'ny vadinareo hoe: "Itondray raha hosotroana agnay."² Efa nianiana tamin'ny fahamasinany ny Tompo Yaveh hoe: "Indro, ho avy aminareo ny andro zay hakandreo agnareo amin'ny farango, ary ny sisa aminareo amin'ny fintana.³ Hivoaka eo amin'ilay vaky eo amin'ny mandan'ny tanàna agnareo, samy hanitsy amin'izay aby, ary hatsipy any ivelany mankany Harmona agnareo-izay ro

fanambaran'i Yaveh." ⁴ "Mandihiana any Betela de manotà any Gileada ka ampitomboy ny fahotana, fero isa-maraina ny soronareo, ny ampahafolon-karenareo isaky ny telo andro. ⁵ Manomeza sorona fanati-pisaorana miaraka amin'ny mofo; manambarà fanati-pisaorana' torio reo, fa mahafinaritsa agnareo zay, ry onan'Israely-izay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh. ⁶ Nameko fanadiova-nify agnareo tagny amin'ny tanànaireo aby ary tsa fahampian'ny mofo tao agnatin'ny toerana aby. Nefa tsa nipody taminahy ihany agnareo-izay ro fanambaran'i Yaveh. ⁷ Nanakana ny oragna tsa ho eo aminareo ihany koa Aho lehe raha vana nisy telo volagna hijinjana. Nataoko nanorana teo amin'ny tanàna raika, ary nataoko tsa nanorana teo amin'ny tanàna raika hafa. Ny ampajan-tany nisy oragna, fa ny ampahany hafa zay tsa mba nisy oragna de maigna. ⁸ Tanàna roa na telo no nivembena nankany amin'ny tanàna raika hafa mba hisotro rano, saingy tsa afa-po. Nefa tsa nipody taminahy ihany agnareo_zay ro fanambaran'i Yaveh. ⁹ Nampahory agnareo tamin'ny fahamainan'ny voly sy ny bobongolo aho. Ny habetsahan'ny sahanareo, ny tanim-boalobokareo, ny hazon'aviavinareo, ary ny hazon'olivinareo_efa narapaky ny valala aby i. Nefa tsa vana nipody taminahy ihany agnareo_zay ro fanambaran'i Yaveh. ¹⁰ Nandefa areti-mandringana teo aminareo sahala ny teo amin'ny Egypta Aho. Novonoiko tamin-tsabatra ny liakanareo, nalaiko ny ny soavalinareo, ary nataoko teo amin'ny vavoronareo ny hamaimbon'ny tobinareo. Nefa tsa nipody taminahy ihany agnareo_zay ro fanambaran'i Yaveh. ¹¹ Nandringana tanàna teo aminareo aho, sahala ny tamin'ny nandringanan'Andriamagnitsa an'i Sodoma sy Gomora. Efa sahala amin'ny tapa-kazo mirehitsa nosintonina hatagny amin'ny afo agnareo. Nefa ysa nipody taminahy ihany agnareo_zay ro fanambaran'i Yaveh. ¹² Noho izay de hanao raha mahatsiravina aminareo Aho, ry Israely; ary satria hanao raha mahatsiravina aminareo Aho, de miomàna hihaona amin'Andriamagnitsareo, ry Israely! ¹³ Fa indro, ilay nanao ny tendrombohitsa ihany koa ro nahary ny rivotsa, mampiseho ny heviny amin'ny zanak'olombelona, mahatonga ny maraina ho aizina, ary manosihosy ny toerana avon'ny tany. Yaveh, Andriamagnitsa Tompon'ny maro, ro Agnarany."

Chapter 5

¹ Tenoy ity tarogna zay nalaiko ho fitarainana eo aminao ity, ry ankohonan'Israely. ² Lavo ny virijinin'Israely; ary tsa hitsangana koa i; nazera tamin'ny taniny i; ary tsa misy na de raika aza hanangana anazy. ³ Fa izao ro lazain'i Tompo Yaveh: "Ilay tanàna zay nivoahan'ny arivo de hanana zato tavela, ary ilay raika zay nivoahan'ny zato de hanana folo tavela zay an'ny ankohonan'Israely." ⁴ Fa zao ro lazain'i Yaveh tamin'ny ankohonan'Israely hoe: "Tadiavo Aho de ho velogna agnao! ⁵ Aza mitady an'i Betela; na miditsa any Gilgala; aza mandeha any Beri-sheba. Fa Gilgala de azo antoka fa ho babo, ary ho lasa tsinontsinona i Betela. ⁶ Tadiavo Yaveh de ho velogna agnao lehe tsa izay de hivoaka sahala ny afo ao amin'ny ankohonan'i Josefa I. Handrapaka izay, ary tsa hsy na ia na ia hamono isay any Betela. ⁷ Ireo ona reo de hamadika ny rariny ho raha mangidy ary hanipy ny fahamarinana amin'ny tany!" ⁸ Andriamagnitsa nanao an'Ikotokelimiadilaona sy ny Telonohorefy; mamadika ny haizina ho maraina I; manao ny andro ho maizina miaraka amin'ny aligna I ary mikaika ny ranon'ny ranomasina; mandrarala reo amin'ny velaran-tany I. Yaveh ro agnarany! ⁹ Mitondra faharinganana tampoka eo amin'ny mahery i mba ho avy eo amin'ny fiarovana mafy ny fandravana. ¹⁰ Nkahala ny ona aby zay manitsy andreo ao amin'ny vavahadin'ny tanàna I, ary mankahala ny ona aby zay mitarogna ny marina reo. ¹¹ Satria manitsakitsaka reo mahantra agnao ary maka ampaham-bary aminazy_na de nanorina trano vita tamin'ny vato aza agnao, de tsa hitoatsa ao amin'izay. Manana tanim-boaloboka mahafinaritsa agnao, nefa tsa hisotro ny divain'izay agnao. ¹² Fa fantatso ny isan'ireo fandikan-dalànao sy halehiben'ireo fahotanao_agnao zay mampahory ny rariny, mandray ny kolikoly, ary mivily amin'ireo ona mila fanampina ao amin'ny vavahadin'ny tanàna. ¹³ Noho izay de mangina amin'ny fotoagna sahala izay ny olon-kendry, satria fotoagna ratsy izay. ¹⁴ tadiava ny soa fa tsa ny ratsy, mba ho velogna agnao. Noho izay Yaveh, Ilay Andriamagnitsy ny maro, de tena homba agnao, araka ny lazainao fa I. ¹⁵ Hankahalao ny ratsy, tiavo ny soa, apetraho ny rariny ao amin'ny vavahadin'ny tanàna. Angamba Yaveh ilay Andriamagnitsy ny maro hamindra fo amin'ireo sisa navelan'i Josefa. ¹⁶ Noho izay, zao ro lazain'i Yaveh, ilay Andriamagnitsy ny maro, ny Tompo hoe: "Ny fidradradradrana de ho amin'ny reo efa-joro aby, ary hilaza izay any amin'ny lalana aby reo, "Loza, loza!" Hikaika reo mpamboly mba ho amin'ny fisaonana reo ary reo malahelo mba hidradradradra. ¹⁷ Hisy fidradradradrana aby ao amin'ireo tanim-boaloboka, satria handalo ao ampovoanareo Aho," hoy Yaveh. ¹⁸ za ho anareo zay maniry ny andron'i Yaveh! Nanina agnareo ro maniry ny andron'i Yaveh? Ho famaizinana izay ary tsa hisy hazavana, ¹⁹ sahala ny ona milefa liona sy bera mifanana aminazy, na miditsa ao amin'ny trano sy mametraka ny tanany eo amin'ny manda de manaikitsa anazy ny menarana. ²⁰ Moa ve ny andron'i Yaveh tsa aizina fa tsa hazavana? Haizim-pito ary tsa misy famirapiratagna? ²¹ "Halako, hataoko tsinontsinona ny firavoravoanareo, tsa maka maminy amin'ireo fivondronanareo manetriketrika Aho. ²² Na de manolotsa fanatitsa dorana sy fanatitsa hihanina Aminahy aza agnareo, de tsa handray reo Aho, na hijery ny fanati-pihavanan'ireo biby matavinareo. ²³ Esory taminahy ny tabataban'ireo hiranareo; tsa hitaigo ny feon'ny lokanganareo aho. Fa kosa, avelao hikoriana sahala ny ²⁴ rano ny rariny, ary ny fahamarnana sahala ny renirano mikoriana lalandava. ²⁵ Nitondra sorona sy fanatitsa tagny an'efitsa nandritsa ny efa-polo taogna ho anahy ve agnareo, ry ankohonan'Israely? ²⁶ Hanandratsa an'i Sokita ho mpanjakanareo agnareo, ary Kiona, andriamagnitsy ny kintanareo_sampy zay nataonareo ho agnareo. ²⁷ Noho izay de halefako sesitany mihoatsan'i Damaskosy agnareo," hoy Yaveh, zay Andriamagnitsy ny maro ro agnarany.

Chapter 6

¹ Loza ho an'ireo zay mahazo aigna ao Ziona, ary ho an'ireo zay milamina ao amin'ny tany havoan'i Samaria, reo olo-malaza hatagny amin'ireo firenena soa indrindra, zay hiavian'ny taranak'Israely mba ho vonjena! ² Hoy reo mpitarika agnareo: "Mandihiana agny Kalne ka mijere; avy ao de mandihiana any Hamata, ilay tanàna lihibe; sy ateo de midina any Gatan'ireo Filistina. Moa ve soa noho reo fanjakanao roa reo? Moa ve lihibe noho ny farotaninao ny faritanindreo?" ³ Loza ho andreo ze mampihemotsa ny andron'ny loza sy mampanakaiky ny seza fiandrianan'ny herisetra. ⁴ Mandry eo am-pandriagna ivory reo ary mitsotsotra eo am-parafarandreo. Mihinana zanak'ondryhatagny amin'ireo ondry aman'osy reo ary zanak'ondry hatagny amin'ny fihinanam-bilona. ⁵ Nihra reo hira adaladala tamin'ny feon'ny harpa re; namoromporona raha maneno sahala ny nataon'i Davida. ⁶ Nisotro divay tamin'ny lovia jobo reo ary nihositsa diloilo soa indrindra, nefa tsa nalahelo ny amin'ny faharavan'i Josefa. ⁷ Koa handeha an-tsesitany miaraka amin'ireo sesitany voalohany reo zao, ary ny firavoravoandreo ze mitsotsotra de ho foagna. ⁸ "Iaho, Tompo Yaveh, de efa nianiana tamin'ny tenako_zay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh, Andriamagnitsa Tompon'ny maro, halako ny fieboeboan'i Jakoba; halako ny fiarovana mafiny. Koa hanolotsa ny tanàna sy zay aby ao aminazy. ⁹ y lehe misy folo tavela ao an-drano raika, de ho faty aby manontolo reo. ¹⁰ Lehe misy ny fatindreo_ny raika zay handoro ny fatindreo sy tapy nitondra reo faty mivoaka ny trano_lehe mitarogna amin'ny ona ao an-dragno i hoe: "Misy ona miaraka aminao ve ao ao?" Lehe mamaly zay ona zay hoe: "Tsia. De hitarogna i hoe: "Mangina, fa aoka tsika tsa hanonona ny agnaran'i Yaveh." ¹¹ Fa indro, hanome baiko Yaveh, ka ho torotoro ny trano lihibe ary ho potipotika ny trano kely. ¹² Moa ve ny soavaly miridiridy amin'ny harambato? Moa ve misy ona mampihosy ny omby ao ao? Nefa namadika ny fahamarinana ho poizina agnareo ary ny vokatsy ny fahamarinana ho fangidiana. ¹³ Agnareo zay mifaly amin'i Lodebara, zay manao hoe: "Moa ve tsa efa naka an'i Karnaima tamin'ny herinay ihany agnay?" ¹⁴ "Nefa indro, hanangana firenena hanohitsa agnareo Aho, ry taranak'Israely_zay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh, Andriamagnitsa Tompon'ny maro. Hampahory agnareo manomboka ao Lebo-hamata hatragny amin'ny lihasahan-driakan'i Araba reo."

Chapter 7

¹ Zay ro nasehon' i Yaveh taminahy. Indro, namorona valala be i sý nanomboka niakatsa ny vokatsy ny lohataogna, ary indro, taraiky ny vokatsa tafaran'ny vokatsy ny mpanjaka. ² Sý tapy nihomana ny vokatsy ny tany reo, de hoy aho: "Ry Tompo Yaveh, mba mamindrà re fo aminahy, akory ro haveloman'i Jakoba? Satria de tena bitika i?" ³ ka nanatsahatra ny momba izay Yaveh. "Tsa hiseho zay", hoy I. ⁴ Zao ro nasehon'i Tompo Yaveh anahy: Indro, mikaika amin'ny fitsaran'ny afony Tompo Yaveh. Zay ro nanamaina ny tany malalaka, ny rano laligna ambanin'ny tany ary handevona ny tany koa. ⁵ Nefa hoy aho hoe: "Tompo Yaveh o, ajanony reo: ahoana ro haveloman'i Jakoba? Fa tena bitika i." ⁶ De nanatsahatra ny momba zay i Yaveh hoe: "Tsa hiseho koa zay," hoy ny Tompo Yaveh. ⁷ Zao ro nasehony anahy: Indro, nijoro takaikin'ny rindrigna ny Tompo, niaraka tamin'ny vato pilao teny an-tagnany. ⁸ Yaveh nanao taminahy hoe: "Ry Amosa, Ina ro itanao?" De hoy aho: "Vato pilao milahatsa." Ary hoy ny Tompo hoe: "Indro, hametraka pilao eo amin'ny Israely vahoakako Aho. Tsa hamindra fo amindreo koa Aho. ⁹ Horavana reo fitoerana avon'i Isaka hopotehina reo fitoerana masin'ny Israely, ary hijoro hanohotsa amin'ny sabatsa ny taranak'i Jerosalema Aho." ¹⁰ Ary Amazia, ilay mpisoron'i Betela, nandefa hafatsa tagny amin'ny Jeroboama, mpanjakan'Israely hoe: "Efa nitetika hanohitsa agnao eo anivon'ny taranak'Israely i Amosa. Tsa zakan'ny tany reo tarogna aby. ¹¹ Fa zao ro tarogn'i Amosa: 'Ho faty amin'ny sabatsa i Jeroboama, ary ho sesi-tany hiala amin'ny taniny tokoa ny Israely.'" ¹² Amazia nitarogna tamin'i Amosa hoe: "Ry Mpahita, mipodiana agny amin'ny tanin'i Joda, ary mihinana mofo sy maminania agny. ¹³ Fa aza manao faminaniana eto Betela koa, satria fitoerana masin'ny mpanjaka sy tranon'ny mpanjaka ity." ¹⁴ De hoy i Amosa tamin'i Amazia hoe: "Tsa mpaminany aho na zanaky ny mpaminany. Mpiandry ondry sy mpikarakara hazo amontana ary aviavy aho. ¹⁵ Fa naka anahy hatagny ampiandrasan'ondry i Yaveh ary nitarogna taminahy hoe: "Mandihiana, ka maminania amin'ny Israely vahoakako." ¹⁶ Zao mitainò ny tarogn'i Yaveh. Hoy agnao hoe: "Aza maminany hanohitsa an'i Israely, ary aza mitarogna manohitsa ny taranak'Isaka." ¹⁷ Noho zay de zao ro lazain'i Yaveh: "Ho lasa mpivaro-tena ao an-tanàna ny vadinao; reo zanakalahinareo sy reo zanakavavinareo de ho lavo amin'ny alalan'ny sabatsa; horefesina ny taninao ary hozaraina; ho faty ao amin'ny tany maloto agnao, ary halefa sesi-tany hiala ao amin'ny taniny tokoa ny Israely."

Chapter 8

¹ Zao ro nasehon'ny Tompo Yaveh taminahy. Indro, voankazon'ny fahavaratsa zaika harona! ² Hoy I hoe: "Ina ro hitanao, ry Amosa?" De hoy aho hoe: "Ny haron'ny voankazo fahavaratsa." De hoy i Yaveh taminahy hoe: "Efa avy amin'ny Israely vahoakako ny farany; tsa hamindra fo amindreo koa Aho. ³ Ho lasa fidradradradrana ny hiran'ny tempoly. Tamin'izay andro izay_Izay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh. Ho betsaka reo faty, de hatsipindreo mangingina eny amin'ny tontolo eny!" ⁴ enoy zao, agnareo zay manitsaka ny ory sy manilika ny mahantran'ny tany. ⁵ Hitarogna reo hoe: "Amvina ro ho tapitsa ny volagna vaovao, mba hafahantsika mivarotsa vary ndraika? Amvina ro ho tapitsa ny andro Sabata, mba hafahantsika mivarotsa vary? Hataontsika kely ny famarana ary hampiakarina ny vidim-bary, ary hangalatsa amin'ny mizàna diso tsika." ⁶ Izay de mba hafahantsika mivarotsa vary ratsy, vidio amin'ny volafotsy ny ory, ary ny mahantra amin'ny kapa." ⁷ Nianiana tamin'ny fireharehan'i Jakoba i Yaveh hoe: "Tena tsa ho adinoko mandrakizay mihitsy ny nataondreo." ⁸ Tsa hihorohoro noho izay ve ny tany, ary ny ona aby zay mitoatsa ho ao amin'izay de misaona? Ny

ankabetsahan'izay de hijoro sahala ny Onin'ny Neily, ary hisamboaravoara sy hilentika ndraika zay, sahala ny Onin'ny Egypta.⁹ De ho avy zay amin'io andro io, zay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh, fa hampiposaka ny masoandro amin'ny mitatao vovonana Aho, ary hanamaizina ny tany amin'ny atoandro.¹⁰ Hamadika ny firavoravoanareo ho fisaonana Aho ary reo hiranareo aby ho fitomaniana. Hampanaoviko ny akanjo fisaonana aby agnareo ary ho sola ny lohan'ny tsirairay. Hanao zay ho sahala ny fisaonana ho an'ny zanaka lahitokana zay, ary andro mangidy agny amin'ny faran'izay.¹¹ dro, avy ny andro izay ro fanambaran'ny Tompo Yaveh, Sý handefa mosary amin'ny tany Aho, tsa mosary mofo, na koa hetaheta rano, fa ho amin'ny fitaiganoana reo tarogn'i Yaveh.¹² Hivembena erakin'ny ranomasina reo; de hiazakazaka hatagny avaratsa ka hatrany atsinanana mba hitady ny tarogn'i Yaveh, saingy tsa hahita izay reo.¹³ Amin'izay andro zay reo virijiny soa endrika sy reo liaka de ho ketraky ny hetaheta.¹⁴ Ireo zay nianiana tamin'ny fahotan'i Samaria de ho lavo reo ary tsa hijoro koa."

Chapter 9

¹ Nahita ny Tompo nijoro teo akaikin'ny Alitara aho, ary hoy I hoe: "Kapohy ny tendron'ireo andry mba hihozona reo fototsa. Torotoroy aby ny eny amin'ny lohany eny, ary hamono amin'ny sabatsa ny sisa tavela amindreo Aho. Tsa misy raika hilefa amindreo, tsa misy ho tafalefa amindreo.² Na handavaka agny amin'ny fiainan-tsi-hita aza reo, de ny tanako ro haka andreo any. Na de hiakatsa eny amin'ny lagnitsa aza reo, de ho feriko mijotso.³ Na de miafina agny an-tampon'ny karmela aza reo, de hikaoka ary haka andreo Aho. Na de miafina agny ambanin'ny ranomasina aza reo, de haniraka ny bibilava agny Aho, ary hanakitsa andreo zay.⁴ Na de mandeha ao amin'ny fahababoana aza reo, ferin'ny fahavalony eo anoloandro, de hanome baiky ny sabatsa Aho, ary hamono andreo zay. Hijery andreo foagna ny masoko mba hanimba fa tsa hanao soa andreo."⁵ Yaveh Tompon'ny maro de nikasika ny tany ary lasa karakaina zay; ny raha aby zay miaina ao amin'izay de misaona; hiakatsa sahala ny Ony zay aby zay, ary hilentika ndaika sahala ny onin'i Egypta,⁶ I ro nanamboatsa reo tohany agny an-danitsa, ary efa nametraka ny andohalambony manerana ny tany. Nikaika ny ranon'ny ranomasina I, ary nandrarako zay teo amin'ny velaran-tanindreo, Yaveh ro agnarany.⁷ Tsa sahala ny vahoakan'Israely? _ say ro fanambaran'i Yaveh. Tsa nitondra an'Israely hivoaka an'i Egypta, reo Filistina hatagny Kreta, ary reo Syria hatagny Kira ve Aho?⁸ Indro, eo amin'ny fanjakana mpanota ny mason'ny Tompo Yaveh, ary hamongotsa anazy tsa ho eto ambinin'ny tany Aho, nefa tsa hamotika tanteraka ny tranon'i Jakoba aho, zay ro fanambaran'i Yaveh.⁹ Indro, hanome baiky, ary hanozongozona ny zanak'Israely eo amin'ny firenena aby Aho, sahala ny ona manivana vary amin'ny sivana, mba tsa hilatsahan'ny vato kely amin'ny tany.¹⁰ Ny mpanota aby hatagny amin'ny vahoakako de ho faty amin'ny sabatsa, reo zay milaza hoe: "Tsa hahatratsa na hanatona antsika ny loza."¹¹ Amin'izay andro zay de hanangana ny trano lain'i Davida zay nigebona Aho, ary hanampina reo bangany. Hatsangako reo faharavany, ary hamboariko ho sahala ny tamin'ny andro fahiny zay.¹² Mba hanandreo ny sisa tavela an'i Edoma, ary ny firenena aby zay nokehina tamin'ny agnarako, zay ro fanambaran'i Yaveh, nanao zay I.¹³ Indro, ho avy ilay andro, zay ro fanambaran'i Yaveh, Sý mahatratsa ny fijinjana ny mpiasa-tany, ary reo mpioty voaloboka de hahatratsa anazy zay namboly ny voany. Reo tendrombohitsa de hampiboiboika divay mamy, ary reo havoana aby de hikoriana miaraka amin'izay.¹⁴ Ho feriko mipody hatagny amin'ny fahababoana ny vahoakako Israely. hanangana reo tanàna rava reo ary hitoatsa amin'izay, hamboly tanim-boaloboka reo ary hisotro ny divain'izay, ary hanao zaridaina reo ary hihinana ny vokats'izay.¹⁵ Hamboly zay eo amin'ny tanindreo Aho, ary tsa hihozongozona eo amin'ny tany zay nomeko andreo koa mihitsy reo," hoy i Yaveh Andriamagnitsareo.

Obadiah

Chapter 1

¹ y fahitan'i Obadia. Zao ro lazain'ny Tompo Yaveh momba an'i Edoma: Efa nitaigno tatitsa hatagny amin'i Yaveh sy ny masoivoho zay nalefa ho eo amin'ireo firenena agnay, nanao hoe: "Mitsangàna! Aoka tsika hitsangana mba hiady hanohitsa anazy!"² Indro, hataoko kely eo amin'ireo firenena agnao, ho atao tsinontsinona tanteraka agnao.³ Namitaka agnao ny fireharehan'ny fonao, agnao zay mitoatsa eny an-tsefatsefaky ny vato, amin'ny tranonao avo; zay manao anakam-po hoe: "Ia ro hampijotso anahy ho any amin'ny maty?"⁴ Na de manidigna avo sahala ny voromahery sy naorina teo amin'ireo kintana aza ny akaninao, de hampijotso agnao hategny Aho, hoy Yaveh.⁵ Lehe avy ao aminao ny mpangalatsa, lehe avy aligna ny jiolahy (ahoana ro faharavany!), moa ve tsa zay sahaza anazy ihany ro angalariny? Lehe avy tao aminao ny mpioty voaloboka, moa ve tsa avelany eo reo nisaraka?⁶ Endrey ny fitadiavana an'i Esao, sy ny fitadiavana reo harena miafina!⁷ Ireo liaka Sý nifanarako taminao de nandefa agnao amin'ny lalanao mankany amin'ny sisi-tany. Reo liaka nihavana taminao de efa namitaka agnao, ary nandresy agnao. Ireo zay mihinana ny mofonao. Tsa misy fahazavan-tsaina ao aminazy.⁸ "Moa ve tsa amin'izay andro izay aho" hoy i Yaveh, "Ro hamotika reo liaka hendry hatagny Edoma sy mazava saina ao an-tendrombohits'i Esao?"⁹ Ho raiki-tahotsa reo liaka maherinao, ry Temana, ka ho ringana amin'ny alalan'ny famonoana hatagny an-tendrombohits'i Esao ny liaka aby.¹⁰ Nohon'ny herisetra natao tamin'i Jakoba rahalahinao, de ho rakotsa henatsa agnao, ary ho ringana mandrakizay.¹¹ Tamin'ny andro namitsahanao, tamin'ny andro nitondran'ireo vahiny ny fagnanany, sy ny nidiran'ireo hafa firenena ny vavahadiny, ary ny nanaovana loka an'i Jerosalema, de sahala ny raika tamindreo agnao.¹² Fa aza mifaly amin'ny andron'ny rahalahinao, amin'ny

andron'ny fahavoazany, ary aza mifaly eo amin'ireo vahoakan'i Joda amin'ny andro handringanana anazy; aza mirehareha amin'ny andro maha-ory andreo.¹³ Aza miditsa ny vavahadin'ny vahoakako amin'ny androm-oahavoazandreo, aza mifaly amin'ny fahoriany amin'ny andro hahitany loza, aza mandroba ny fananandreo amin'ny andro maharava anazy.¹⁴ Aza mitsangana eo an-tsampanan-dalana, mba handringana reo mpandositsa ary aza manome ny sisa tsa matiny amin'ny andro maha-ory.¹⁵ efa marigny ny firenena aby ny andron'i Yaveh. Sahala ny nataonao, ro vana hatao aminao; hitsingerina ao an-dohanao ny zava-bitanao.¹⁶ Fa sahala ny efa nisitroanao tao an-tendrombohitso masina, ro hisitroan'ireo firenena aby tsa an-kiato. Hisotro sy hiteligna andreo, ary ho sahala ny tsy àry reo.¹⁷ Fa any antendrombohita Ziona ro hisy zay tafalefa ary ho masina zay; ary ny taranak'i Jakoba hahazo ny fananany manokana.¹⁸ Ny taranak'i Jakoba de ho afo, ary ny taranak'i Josefa de ho lelan'afo, ary ny taranak'i Esao ho mololo, ary handoro andreo izay, de handevona andreo. Tsa hisy ho velogna ny taranak'i Esao, satria zay ro tarign'i Yaveh.¹⁹ Reo zay hatagny Negeva de hanana ny tendrombohita'i Esao ary reo zay hatagny Sefela hanana ny tanin'ireo Filistina. Hanana ny tanin'i Efraima sy ny tanin'i Samaria reo; ary Benjamina hanana an'i Gileada.²⁰ Reo sesitanin'ny zanak'Israely maro de hanana ny tany Kanana ka hatrany Zarefata. Reo sesitanin'i Jerosalema, zay any sefarafa de hanana ny tanànan'i Negeva.²¹ Reo mpamonjy de hiakatsa any an-tendrombohita Ziona ary hanapaka manerana ny tany havoan'i Esao, ary ny fanjakana de an'i Yaveh.

Nahum

Chapter 1Ny fanambarana momba an'i Ninive. Ny bokin'ny fahitan'i Nahoma, ilay Elkosita.

² Andriamagnitsa saro-piaro sy mamaly faty Yaveh. Mamaly faty sy feno fahatezerana Yaveh. Mamaly ratsy amin'ireo mpifanandrina aminazy Yaveh, ary manohy ny fahatezerany ho an'ny fahavalony I.³ Mahari-po sy lihibe amin'ny heriny Yaveh; tsa hanambara reo fahavalony ho tsa manan-tsiny velively I. Hanao ny lalany ao amin'ny tafio-drivotsa Yaveh, ary ny rahona ro vovoky ny tongony.⁴ Mitarogna mafy ny ranomasina I ka manamaina zay; mandritsa aby ny renirano I. Ketraka i Basana, ary i Karmela koa; malazo reo voninkazon'i Libanona.⁵ Mihoatsa amin'ny fanatrehan'ny reo tendrombohita, ary mietry reo havoana; mirodana amin'ny fanatrehan'ny tany, eka tokoa, ny tany sy zay ona aby mitoatsa ao aminazy.⁶ Ia ro hahajoro eo anatrehan'ny fahatezerany? Ia ro hahatohitsa ny firehetan'ny hatezerany? Miraraka sahala ny afo ny fahatezerany, novakivakiany reo vatolampy.⁷ Soa Yaveh, fiarovana mafy amin'ny andro fahoriana; ary mahatoky amin'izay mialoka aminazy I.⁸ Fa hanapitsa tanteraka reo fahavalony amin'ny tondra-drano manafotsa koa I; hanenjika andreo agny amin'ny haizina I.⁹ Mitetika ina anoharana an'i Yaveh agnareory vahoaka? Hamarana tanteraka zay I; tsa hisandratsa fanindroany ny fahoriana.¹⁰ Fa ho raiki-tahotsa sahala ny firihitsa tsilo; ho safotsy ny raha sotrosany; ho levon'ny afo tanteraka sahala ny mololo maina reo.¹¹ Nisandratsa tao aminao, ry Ninive, ny ona zay nikasa raha ratsy hanoherana an'i Yaveh, de ona zay namporisika faharatsiana.¹² o ro lazain'i Yaveh: "Na de ao amin'ny tanjany tanteraka ary maro isa aza reo, de ho ringana reo, de ho ringana reo; tsa hisy ona koa. Fa agnao, ry Joda: Na de nampahory agnao koa Aho."¹³ Ary hanapaka ny ziogan'ireo ona ao aminao Aho; hanapaka reo fatoranao Aho."¹⁴ Efa nanome baiko momba agnao Yaveh, ry Ninive: "Tsa hisy koa ny taranaka hitondra ny agnaranao. Hamongotsa reo sarindraha voasokitsa sy reo sarindraha an'idigna amin'ireo tranon'ireo andriamagnitsao Aho. Hiady reo fanasanao Aho, satria tsinontsinona agnao."¹⁵ Indro, eny an-tendrombohita ny tongotsy ny ona zay mitondra vaovao mahafaly, zay manambara fiadanana! Ankalazao reo firavoravovanareo, ry Joda, ary efao reo voadinareo, fa tsa hilefa agnareo koa ny ratsy fagnahy; ringana aby i.

Chapter 2

¹ iakatsa hanohitsa agnao ilay hanorotoro agnao ho singa maromaro. Mametraka mpiambina eo amin'ny mandan'ny tanàna, ambeno reo lalana, atanjaho ny tenanareo, angony reo tafikareo.² Fa efa manapody amin'ny laoniny ny voninahits'i Jakoba sahala ny voninahits'Israely, na de noravan'ny mpandromba aza reo ary nopotehina reo sampamboalobony.³ Ny ampingan'ireo liaka mahery de mena, ary reo liaka be herim-po miakanjo jaky; manjelatsa ny metalin'ireo kalesy amin'ny andro ary efa natao ho vonona zay, ary ny lefona kypreso de mihevaheva eny amin'ny rivotsa.⁴ Mirifatsa eraky ny lalana reo kalesy; mifanaretsaka etsy sy eroa eny min'ny lalam-be reo. Sahala amin'ny fanilo reo, ary mihazakazaha sahala ny tselatra.⁵ Mikaika reo manam-pahefany ilay hanorotoro agnao ho singa; mifamingana eny amin'ny lalany reo; mandeha malaky reo mba hanafika ny mandan'ny tanàna. Novononina ny fiarovana lihibe mba hiaro reo mpanafika.⁶ Reo vavahady eo amin'ny renirano de noterena vohana, ary mirodana ho amin'ny faharavana ny lapa.⁷ Nendahina ny akanjon'i Hozaba ary nalaina; mitoloko sahala ny voromailala sady miteha-tratra reo mpanompo vaviny.⁸ hala ny ranom-parihy mitete i Ninive, ary milefa sahala ny rano mikoriana ny vahoakany. Ny hafa mihiaka hoe: "Mijanòna, mijanòna," nefa tsa misy mitodika.⁹ Alao babo ny volafotsy, alao babo ny volamena, fa tsa hisy fiatarany zay, ho an'ny famirapiratan'ireo zava-tsarobidin'i Ninive aby.¹⁰ Foagna sy ravarava i Ninive. Ory ny fon'ny ona aby, niara-valaketraka ny lohaloky ny ona aby, ao amin'ny ona aby ny fahoriam-be; hatsatra avokoa ny endrikandreo.¹¹ Zao aia ny valaky ny liona, ilay toerana zay famahanana ny liona tanora, ilay toerana falehan'ny liona lahy sy vavy, miaraka amin'ireo zanaka liona, zay natahorandreo na ina na ina?¹² Mamotipotika reo hazany ho an'ny zanany ny liona; nanakenda reo hazany ho an'ny liona vavy i, ary nameno ny zohiny tamin'ireo haza, ny lavany amin'ny sisan-taola

voapotipotika. ¹³ "Indro, hanohitsa agnao Aho_zay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. Hodorako ao amin'ny setroka reo kalesinao, ary handevona reo liona tanoranao ny sabatsa. Ho fongoriko amin'ny taninao reo babonao, ary tsa ho re koa ny feon'ireo mpitondra hafatsao."

Chapter 3

¹ oza ho an'ny tanàna feno rà! Feno lainga sy fananana halatsa aby zay; ao aminazy mandrakariva reo babo. ² Fa zao de misy feon'ny karavasy sy feon'ny firodorodon'ireo kodiarana, fikatrokatrok'ireo soavaly, ary ny firaondraon'ireo kalesy. ³ isy fanafihan'ireo mpitaingi-tsoavaly, tselatry ny sabatsa, famirapiratsy ny lefona, korotam-paty, faty mitandahatsa. Tsa misy fiavarany reo faty; voafingana eo ambonindreo ny mpanafika anazy. ⁴ Mitranga zay noho ny filàn'ny janga soa endrika, ilay matihanina amin'ny sikidy, zay mivarotsa firenena amin'ny alalan'ny fivarotan-tenany, ary ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanaovany sikidy. ⁵ "Indro, hamely agnao Aho_zay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro_hanainga ny lambanao eo amin'ny tavanao Aho ary hampiseho reo faritsa mamofadinanao amin'ireo firenena, ny henatsao amin'ireo fanjakana. ⁶ Hanipy fahalotoagna maharikoriko aminao Aho ary hanao agnao ho ratsy; hataoko ho ona fijejerin'ny ona aby agnao. ⁷ Ary ny ona aby zay mijery agnao de hilefa agnao ary hitarogna hoe: "Lehe i Ninive; ia ro mba hitagny anazy?" Aia ro ahitako ⁸ Ry Ninive, moa ve agnao soa noho i Teba, zay naorina eo amin'ny Renirano Neily, zay nisy rano manodidigna anazy, ka ranomasimbe ro arony, ny ranomasina ihany ro mandany? ⁹ Etiopia sy Egypta ro tanjany, ary tsa nisy fiavarany ny amin'izay; Pota sy lybia ro mpiara-miady taminazy. ¹⁰ Nefa noferina i Teba; roso agny amin'ny fahababoana i; voatorotoro teny an-dohan'ny lalana reo zanany tanora; manipy filokana ho an'ireo liaka manam-boninahiny reo fahavalony, ary voafatotsa tamin'ireo rojo vy reo liakany mahery. ¹¹ Ho lasa mamoka agnao; hiezaka hisitrika agnao, ary hitadia fialofana amin'ireo fahavalonao koa agnao. ¹² Reo fiarovanao mafy de ho sahala reo hazon'aviavy miaraka amin'ny aviavy masaka alohan'ny fotoagna: lehe ahongozozona reo, de hihintsagna ao ambavan'ny mpihinana. ¹³ Indro, ny vahoaka ao aminao de ampela; reo vavahadin'ny taninao de nivohana midanadana ho an'ireo fahavalonao; nandevona ny hidiny ny afo. ¹⁴ Mandihana matsaka rano ho amin'ny fahirano; hamafiso reo fiarovanao mafy; mandihana amin'ny tanimanga ary hosihoase ny feta; alao ho an'ireo biriky ny tavy. ¹⁵ Handevona agnao any ny afo, ary handringana agnao sahala ny fandevonan'ny valala ny raha aby zay. Ataovy maro an'isa sahala reo valala vao ny tenanareo, de ho maro sahala reo valala. ¹⁶ Nampitombo reo mpandratonao mihoatsa ny kintana eny amin'ny lagnitsa agnao; nefa sahala ny valala vao reo: mandrobay tany reo sy ateo de roso mitsidigna. ¹⁷ Maro sahala reo valala ny andriandahinao, ary ny jeneralinao de sahala ny andiandreo zay mitoby ao amin'ireo manda amin'ny andro mangatsiaka. Fa sy miposaka ny masoandro de mitsidigna any amin'ny toerana tsa fantats'ona reo. ¹⁸ Ry Mpanjakan'i Asyria, resin-tory reo mpiandry ondrinao; mandry amin'ny fitsaharany reo mpanapakao. Niely eny an-tendrombohitsa ny onanao, ary tsa misy na ia na ia hanangona andreo. ¹⁹ Tsa hisy fanasitranana azo atao ho an'ireo ratranao. Mafy loatsa reo ratranao. Zay aby mahare ny vaovao momba agnao de hiteha-pifaliagna eo aminao. Ia ro tafa lefa ny faharatsiana mitandavana?

Habakkuk

Chapter 1

¹ Ny hafatsa zay noraisin'i Habakoka mpaminany: ² "Ry Yaveh, mandrapa amvina ro hikehako vonjy, ka tsa hitaigno Agnao? Nikaika mafy Agnao tagnatin'ny horohoro aho hoe: "Herisetra!" nefa tsa hamonjy anahy Agnao. ³ Nanina ro ataonao mahita heloka aho ary mahita ny fanaovan-dratsy? Fandravana sy herisetra ro eo anoloako; misy fifandirana, ary fananganana fifanjevona. ⁴ Noho izay de tsa nanankery ny lalàna ary tsa naharitsa tamin'ny fotoana aby ny rariny. Fa niodidina ny fahamarinana ny ratsy fagnahy; koa de mivoaka ny rariny diso." Mamaly an'i Habakoka Yaveh. ⁵ ireo reo firenena ka hadihadio reo; aoka ho gaga sy ho talanjona! Fa efa hanao raha tokoa Aho amin'ireo andronareo zay tsa hinoanareo sy taterina aminareo zay. ⁶ Fa indro! Hanandratsa reo Kaldeana Aho-manao diabe manerana ny sakan'ny tany mba hambabo reo trano zay tsa andreo I. ⁷ Mampihorohoro sy mampatahotsa reo; hatagny amin'ny tenandreo ny fitsarany sy ny famirapiratsy. ⁸ Reo soavaliny koa de haingam-pandeha noho ny leoparda, mailaka noho ny amboadian'ny aligna. Koa miriotra ny soavalindreo, ary hatagny lavitsa tokoa ny mpitaingin-tsoavalindreo-mitsidina sahala ny voromahery maika hihinana reo. ⁹ Avy noho ny herisetra aby aby i; mandeha sahala ny rivotsa agny an'efitsa ny vahoaka marondreo, ary manangona reo tratra babo sahala ny fasika reo. ¹⁰ Koa naniratsira reo mpanjaka reo, ary reo mpanapaka de fihomehezana ho andreo fotsiny ihany. Nihomehy ny fiarovana mafy aby reo, satria nanasavovona tany reo ary nisambotsa andreo. ¹¹ De ho avy ny rivotsa; handalo zay-ona meloka, reo zay heriny ro andriamagnindreo." Mametraka fanontaniana hafa amin'i Yaveh i Habakoka. ¹² "Moa ve tsa hatagny amin'ny fotoana taloha Agnao, ry Yaveh Andriamagnitso, ilay Raika Masiko? Tsa ho faty agnay. Efa nanendry andreo hotsaraina Yaveh, ary Agnao, ry vatolampy, ro efa nametraka andreo ho ahitsy. ¹³ Madio loatsa ny masonao lehe handinika ny ratsy, ary tsa afaka ny hijery amin-tsiraka ny fanaovan-dratsy Agnao; koa nahoana ary ro nanao fizaha soa reo zay mamadika Agnao? Nanina ro mangina Agnao lehe miteligna reo marina kokoa noho reo ny ratsy fagnahy? ¹⁴ Nataonao sahala ny hazandrano ao an-dranomasina ny ona, sahala reo raha mandady tsa misy mpanapaka anazy. ¹⁵ Mampiakatsa andreo aby amin'ny fitana reo; misintona ona ao amin'ny haraton-trondro reo ary manangona reo ao amin'ny haratony. Izay ny antony hifaliandreo sy hihikany

fatrtsa. ¹⁶ Noho izay de nanao sorona ho an'ireo haraton-trondrony reo ary nandoro ditin-kazo magnitsa ho an'ireo haratony, fa bibidia matavy ro anjarandreo, ary hena matavy ro haniny. ¹⁷ Moa ve hanafoagna ny haratony reo ary hanohy hamono reo firenena, tsa mahatsapa fangoraham-po?"

Chapter 2

¹ Hijoro eo amin'ny fiambenako aho ary hampijanona ny tenako eo amin'ny tilikambo fiambenana, ary hizaha soa aho mba hahita zay holazainy aminahy sy ny fomba hialako amin'ny fitarainako. ² Namaly anahy Yaveh ary nilaza hoe: "Raketo zay fahitana zao, ary soraty mazava eo amin'ireo vato fisaka ka zay aby mamaky anazy de ho afaka hamakyandreo mora foagna. ³ Fa ho avy amin'ny fotoagna ny fahitana ary hitranga koa amin'ny farany fa tsa ho foagna. Na de tara aza zay, de andraso. Fa tsy maintsy ho avy zay ary tsa hitaredretsa. ⁴ Indro! Izay manam-paniriana tsa marina ao agnatiny de mieboebo. Fa ny ona marina de velogna noho ny finoany. ⁵ Fa ny divay de mpamadika ny zatovolahy mpiavonaavona mba tsa hitoerany, fa hanitatsa ny faniriany sahala ny fasana, ary sahala ny maty, zay tsa mety afa-po mihitsy. Angoniny ho anazy aby ny firenena ary hangoniny ho anazy aby ny vahoaka. ⁶ Tsa hamorona fomba fitarogna hanesoana anazy ary hira fanesoana momba anazy ve zay aby zay, ka hanao hoe: "Loza ho an'izay mampitomba ny tsa anazy! Fa mandra-pahoviana ro hampitomboanao ny lanjan'ny antoka zay nalainao?" ⁷ Tsa hitsagana tampoka ve reo zay manakitsa agnao, ary hifoha reo zay mampihorohoro agnao? Ho lasa lasibatsa ho andreo agnao. ⁸ Satria agnao nandroba vahoaka maro, ny vahoaka aby sisa de handroba agnao. Fa nandatsa-drà olombelogna agnao ary nanao herisetra tamin'ny tany, sy reo tanàna, ary reo aby zay monina ao amin'ireo. ⁹ "Loza ho an'izay fatra-pila harena amin'ny fanaovan-dratsy ho tombony ho an'ny ankohonany, mba hahafahany manorina ny akaniny amin'ny ambony mba hiarovany ny tenany eny ampelatanan'ny ratsy." ¹⁰ Nizara fahamenaranana ho an'ireo ankohonanao agnao tamin'ny nandringananao ona maro, ka nanota tamin'ny taigananao. ¹¹ Fa hihiaka hatagny amin'ny manga reo vato, ary reo vatan-kazo ro hamaly andreo, ¹² "Loza ho an'izay manangana tanàna amin'ny rà, ary zay mamboatsa tanàn-dihibe amin'ny heloka." ¹³ Tsa avy amin'i Yaveh Tompon'ny maro ve ro hiasan'ireo vahoaka amin'ny afo sy ny hisasaran'ireo firenena amin-java-poagna? ¹⁴ Nefa ny tany de ho feno fahalala ny voninahits'i Yaveh sahala ny rano mandrakotsa ny ranomasina. ¹⁵ "Loza ho an'izay mampisotro ny mpiara-monina aminazy, agnao zay manisny ny poizinao mandra-pahamamonao andreo mba ahafahanao mizaha ny fitanjahandreo." ¹⁶ Ho feno fahamenarana agnao fa tsa voninahitsa. Hisotro amin'izay koa, ary hampiseho ny fitanjahanao. Hipody hitodika aminao ny kapok'i Yaveh eo an-tanany ankavanana, ary hanarona ny voninahitsao ny fahafaham-baraka. ¹⁷ Ny herisetra natao an'i Libanona hanafotsa agnao ary hampihorohoro agnao ny faharavan'ireo biby. Fa nandatsa-drà ona agnao ka nanao herisetra tamin'ny tany, reo tanàna, sy zay aby mitoatsa ao amindreo. ¹⁸ a ro tombotsoanao amin'ny sary sokitsa? Fa zay nisokitsa izay, na izay manao sarin-draha an'idigna amin'ny vy, de mpampianatsa lainga; fa matoky ny asa-tanany ihany i sý manamboatsa reo andriamagnitsa moana reo. ¹⁹ "Loza ho an'izay mitarogna amin'ny hazo hoe: Mifohaza!" na amin'ny vato mangina hoe: "Mitsangàna" Moa mampianatsa ve reo raha reo? Indro, voapetaka volamena sy volafotsy zay, nefa tsa misy fofon'aina akory amin'izay. ²⁰ Fa Yaveh de ao an-tempoliny masina! Manginà eo anatrehany aby, ry tany."

Chapter 3

¹ Ny vavak'i Habakoka mpaminany: ² Ry Yaveh, efa notaigaoako ny tatitsao, de raiki-tahotsa aho. Ry Yavhe, velomy eo ampovoa'ireo fitiagna reo ny asanao; ampahafantaro eo ampovoa'ireo fotoagna reo izay; tadidio ny hanana famindram-po amin'ny fahaviniranao. ³ Avy hatagny Temana Andriamagnitsa, ary Ilay Masina hatagny an-tendrombohits'i Parana. Sela. Magnarona ny lagnitsa ny voninahiny, ary ny tany feno ny fiderany. ⁴ Reo taratsa roan'ny tanany de mampirapiratsa sahala ny tselatsa, zay niafenan'ny heriny. ⁵ Aretina mahafaty ro mandeha teo alohany, ary areti-mandringana ro nanaraka ny tongony. ⁶ Nitsangana I de nandrefy ny tany; nizaha I de nanozongozona reo firenena. Na de reo tendrombohitsa maharitsa mandrakizay aza torotoro, ary nietry ny havoagna tsa manam-pahataperana. Tsa manam-pahataperagna ny lalany. ⁷ ahita reo lain'i Kosana azom-pahoriana aho, ary ny fanamboaragna ny lamban'ireo lay tagny amin'ny tanin'ny Midiana nihovitsohitsa. ⁸ Romotsa tamin'ireo ony ve Yaveh? Moa ny fahaviniranao ve tamin'ireo ony, na ny fahatezeranao tamin'ireo ranimasina, sý nitaingina reo soavaly agnao sy reo kalesim-pandresena? ⁹ Nitondra ny tsipikanao tsa niaraka tamin'ny fitoerany agnao; nametraka zana-tsipika tamin'ny tsipikanao agnao! Sela. Nizara ny tany tamin'ireo ony Agnao. ¹⁰ Nahita agnao reo tendrombohitsa de nanaintaina. Oram-be mivatratra ro nandalo teo amindreo; nanandratsa hiaka ny ranomasina laligna. Nampiakatsa reo onjany zay. ¹¹ masoandro sy ny volana nitomoatsa teo ambony teo amin'ireo fitoerany avo tamin'ny hazavan'ny zana-tsipikanao ka nilefa reo, tamin'ny famirapiratan'ny tara-oahazavan'ny lefono. ¹² Nandeha namakivaky ny tany tamim-pahatezerana Agnao. Tamin'ny fahavinirana ro nanosihosena reo firenena. ¹³ Nivoaka hop amin'ny famonjena ny vahoakanao agnao, ho amin'ny famonjena ilay vohositrao. Manorotoro ny lohan'ny ankohonan'ny ratsy fagnahy mba hampiharihary ny fototsy ny hatony. Sela. ¹⁴ trobahinao tamin'ny zana-tsipikany ihany ny lohan'ireo mpiady lehe avy sahala ny tafiotra hanely agnay reo, ny fifaliandreo de sahala ny an'izay mandevona ny mahantra any amin'ny toerana miafina. ¹⁵ Efa nandeha namakivaky ny ranomasina tamin'ny soavalinao agnao, ary nampisavovona reo rano be. ¹⁶ Nitaigao aho, ary nihorohoro ny tao agnatiko! Avy tamin'ny taolako ny fahalovana, ary nangovitsa ny tenako lehe niandry amim-pahanginana ny androm-pahoriana hiavian'ireo ona zay handroba agnay. ¹⁷ Na de tsa mamontsina aza ny hazon'aviavy ary tsa misy

vokatsa ny tahom-boaloboka; ary na de mandiso fanantigniana aza ny hazo oliva ary tsa mamokatsa hanigna reo saha; ary na de haringana aza ny ondry ao am-bala ary tsa misy biby fiompy ao am-pihinanana, de izayo ro hataoko.¹⁸ Vana hiravoravo ao amin'i Yaveh aho. Hifaly aho noho ny famonjen'Andriamagnitsa anahy.¹⁹ Ny Tompo Yaveh ro heriko ary manao ny tongotso sahala ny an'ny diera I. Mampandroso anahy any amin'ireo toerako avo I.- Ho an'ny lihiben'ny mpihira, amin'ny fitaovan-dokanga.

Zephaniah

Chapter 1

¹ Zao ro tarogn'i Yaveh zay avy tamin'i Zefania zanaka lahin'i Kosy zanaka lahin'i Gedalia zanaka lahin'i Amaria zanaka lahin'i Hezekia, tamin'ny andron'i Josia zanaka lahin'i Amona, mpanjakan'ny Joda.² "Hamotika ny raha aby tsa ho eo amonin'ny vekaran-tany toko Aho-izay ro fanambaran'i Yaveh.³ Handringana ny ona sy ny biby Aho; handringana ny voron'ny lagnitsa sy ny trondron-dranomasina Aho, ho eo amin'ireo ratsy fagnahy ny faharavana. Fa haringako tsa ho eo ambonin'ny tany ny ona-zay ro fanambaran'i Yaveh.⁴ Haninjitsa ny tanako eo amin'i Joda sy amin'ireo mponin'ny Jerosalema aby Aho. Haringako tsa ho amin'ity tany ity reo sisan'i Bala sy reo anaran'ona mpanompo sampy eo amin'ireo mpisorona,⁵ reo ona ze manompo reo tena eny amin'ny lagnitsa eo an-tampon-trano, ary reo ona manompo sy mianiana amin'ny mpanjakandreo.⁶ Handringana reo ze efa nivily tamin'ny fanarahana an'i Yaveh koa Aho, reo zay tsa nikatsaka an'i Yaveh na nanontany ny tari-dalany."⁷ Aza mitarogna eo anatrahan'i Yaveh Tompo! Fa efa marigny ny andron'i Yaveh; efa manomana fanatitsa sy efa nanokana reo vahininy I.⁸ "Izay de hitranga amin'ny andron'ny soron'i Yaveh, hanasazy reo andrian-dahy sy reo zanaka mpanjaka, ary reo aby mitafy fitafiana vahiny Aho.⁹ Amin'izay andro zay de hanasazy reo aby zay mandingana ny tokonana Aho, de reo zay mameno ny tranon'ny tompony amin'ny herisetra sy fitaka.¹⁰ a amin'izay andro izay-izao ro fanambaran'i Yaveh-fa hisy feo mitaraina hatagny am-Bavahadin-kazandrano, fidradradradràna hatagny amin'ny tanàna ambany, ary fidabohana lihibe hatagny amin'ireo havoana.¹¹ Midradradradrà, ry mponin'ny Maktesy, fa ho ringana aby reo mpandranto; ho lany ringana reo zay nivesatsa volafotsy.¹² Ary amin'izay andro izay de hitadia an'i Jerosalema amin'ny fanilo Aho ary hanasazy reo ona babon'ny divay sy manao anakam-po hoe: "Tsa hanao na ina na ina i Yaveh, na soa na ratsy."¹³ Ho roso babo ny harendreo, ary ho lao ny tranondreo! Hanorina trano reo nefa tsa hitoatsa ao amindreo, ary hamboly voaloboka nefa tsa hisotro ny divain'ireo.¹⁴ a marigny ny andro lihiben'i Yaveh, marigny sady mihameka tokoa! Ny feon'ny andron'i Yaveh de ho sahala ny mpiady mitaraina mafy!¹⁵ Izay andro izay de ho andron'ny fahatezerana, andron'ny fahoriana sy fahalevonana, andron'ny tafio-drivotsa sy fanafoanana, andron'ny fahamaizinana sy fanjombonana, andron'ny rahona sy haizim-pito.¹⁶ Izay de ho andron'ny trompetra sy fanairana sy hanohitsa reo tanàna mimanda sy reo tilikambo avo.¹⁷ Fa hitondra fahoriana eo amin'ny olombelogna Aho, ka hirenireny sahala ny ona jamba reo saria efa nanota tamin'i Yaveh. Hanaraka sahala ny vovoka ny ràndreo, ary ny ao agnatindreo de ho sahala ny zezika.¹⁸ Na ny volafotsindreo na ny volamenany de tsa afaka hamonjy andreo amin'ny androm-pahatezeran'i Yaveh. Ho levon'ny afon'ny fahasarotam-piarony ny tany aby, fa hitondra fahafonganana feno, mahatsiravina amin'ny mponin'ny tany aby I."

Chapter 2

¹ Angony ny tenanareo ary mitambara, ry firenena tsa manan-kenatsa-² dieny vana tsa mihantra ny didy ary dieny vana tsa mielina sahala ny akofa ny andro, dieny vana tsa avy aminareo ny firehetan'ny fahatezerana mafin'i Yaveh, dieny vana tsa avy aminareo ny fahatezeran'i Yaveh.³ Mikatsaha an'i Yaveh, ry vahoaka mendrika aby ambonin'ny tany izay mankatò reo didiny! Katsaho ny fahamarinana. Katsaho ny fanetre-tena, ary de mety ho voaharo agnareo amin'ny andron'ny fahatezeran'i Yaveh.⁴ a i Gaza de ho lao, ary Askelona ho rava. Handroaka an'i Asdoda amin'ny mitataovovonana reo, ary hamongotsa an'i Ekrona!⁵ Loza ho an'ireo mponina any amoron-tsiraka, de ny firenen'ireo Keretita! Efa niterogna nanohitsa agnareo i Yaveh, ry Kanana, tanin'ireo Filistina. Handringana agnareo ambara-pahafoana ny mponina Aho.⁶ Ary de ho lasa ahitsa ho an'ireo mpiandry ondry sy ho an'ny valan'ondry ny moron-tsiraka.⁷ Reo faritsa amoron-tsiraka de ho an'ireo sisan'ny ankohonan'i Joda, ze hiandry ny ondry aman'osiny ao. Ao amin'ny ankohonan'i Askelona ro handrian'ireo vahoakandreo amin'ny hariva, fa Yaveh Andriamagnindreo ro hikarakara anazy reo sy hampipody ny fananany.⁸ "Efa notaigaoako ny tarogna ratsin'i Moaba sy ny latsan'ireo vahoakan'i Amona lehe nitarogna ratsy reo vahoaka sy nanitsakitsaka ny faritaniny reo.⁹ Noho izay, lehe velogna koa Aho-zao ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro, Andriamagnits'Israely, ho sahala an'i Sodoma i Moaba, ary reo vahoakan'i Amona ho sahala an'i Gomora; de ho toeran'ny alan'amiana sy lava-tsira, tany lao mandrakizay. Fa ny sisa amin'ireo vahoaka hambabo andreo, ary reo sisa amin'ny fireneko hahalasa andreo ho fananana."¹⁰ Zay ro ho avy amin'i Moaba sy Amona nohon'ny fireharehany, satria nitarogna ratsy sy nanaraby ny vahoakan'i Yaveh Tompon'ny maro reo.¹¹ Ary hatahotsa an'i Yaveh reo, satria hitarogna ratsy aby ny andriamagnitsy ny tany I. Hanompo Anazy aby ny ona, ny ona aby hatagny amin'ny toerany, hatagny amin'ny moron-tsiraka aby.¹² Agnareo koa ry Kosita de ho voalefon'ny sabatso,¹³ ary ny tanan'i Yaveh ro hanafika ny avaratsa ka hamotika an'i Asyria, ka de ho lasa tany karakaina sahala ny tany efitsa i Ninive.¹⁴ Ary handry ao ny omby, ny biby aby ndreo firenena, ny vorondolon'ny efitsa sy ny sokina de handry eo amin'ny tendron'ny andriny. Hisy kaika hihira hatagny am-baravarankely; ho eo an-tokonana ny faharavana; ho sarona reo andry sedera voasokiny.¹⁵

Izay ro tanàna niravoravo zay niaina tsa nisy tahotsa, zay nanao anakam-po taminazy hoe; "Iaho ro i, ary tsa misy sahala anahy." Indrisy fa avy mahatsiravina i, toerana natao mba handrian'ny biby. Zay aby mandalo eo aminazy de hisitrisitra ary hamokona ny totohondry aminazy.

Chapter 3

¹ Loza ho an'ny tanàna mpikomy! Voaloto ny tanàna mahery setra. ² Tsa nitaigno ny feon'Andriamagnitsa i, na nanaiky famaizana hatagny amin'i Yaveh. Tsa natoky an'i Yaveh ary tsa nanatona an'Andriamagniny i. ³ Liona mieronana eo ampovoan'ireo andrian-dahiny. Reo mpitsarany de amboadia amin'ny hariva zay tsa mamela na ina na mba ho hanina ny maraina. ⁴ Liaka maditsa sy mpamitaka reo mpaminany. Efa nanimbazimba zay masina sy nanao herisetra tamin'ny lalàna reo mpisorony. ⁵ Yaveh de marina eo anivony. Ts afaka manao ny tsa mety i. Isa-maraina ro hizarany ny fitsarany! Tsa ho takona ao agnatin'ny hazavana zay, fa ny ona tsa marina de tsa mahalala menatsa. ⁶ Efa namotika firenena Aho; rava reo fiarovana mafindreo. Noravaiko reo lalany, mba tsa his na ia na ia handalo eo amindreo. Fonganana reo tanànany ka tsa misy ona mitoatsa amindreo ao. ⁷ Nitarogna Aho hoe: "Hatahotsa Anahy tokoa agnao." Hekeo ny famaizana ka tsa hiala an-dragonao araka zay aby efa nomaniko ho atao aminao agnao." Saingy tamim-pahazotoana ro nanombohandreo isa-maraina amin'ny fanaovana ny asa ratsindreo aby. ⁸ Noho izay miandrasa Anahy-izay ro fanambaran'i Yaveh-mandra-pahavin'ny andro zay hitsangamako ho an'ny niharam-boina. Fa ny fanapahan-kevitso de ny hanangona reo firenena, hamory reo fanjakana, ary handrarahako ny fahatezerako amindreo, reo fahavinirako mafy aby, mba ho levon'ny afon'ny fahatezerako reo tany aby. ⁹ Fa hanome molotsa madio ho an'ny vahoaka Aho sy ateo, mba hikaika andreo amin'ny agnaran'i Yaveh mba hanompo Anahy miaraka. ¹⁰ Hatagny andafin'ireo onin'i Etiopia reo mpidera Anahy-ny onako zay voaely-ro hitondra reo fanatitsa ho Anahy. ¹¹ Amin'izay andro izay de tsa ho menatsa amin'ny asa ratsinareo aby zay nataonareo taminahy agnareo, satria amin'izay fotoagna zay de hofongorako eo aminareo reo zay mankalaza ny fieboebonareo, ary satria tsa hanao fihetsika an'avona any amin'ny tendrombohitso masina koa agnareo. ¹² Fa handao agnao sahala ny ona manetry tegna sy mahantra Aho, ary hiolaka ao amin'ny agnaran'i Yaveh agnareo. ¹³ Tsa hanao ny tsa rariny na hitarogna lainga koa reo sisa tavela ao Israely, ary tsa ahitana lela mpamitaka ao am-bavandreo; ka hihinana sy handry reo, ary tsa hisy na ia na ia hampitahotsa andreo." ¹⁴ Mihirà, ry zanaka vavin'i Ziona! Mihiakà, ry Israely. Miravoravo ary mifalia amin'ny fonao aby, ry zanaka vavin'i Jerosalema. ¹⁵ Nanala reo famaizanao Yaveh; nandroaka reo fahavalonao I! Yaveh ro mpanjakan'Israely eo aminao. Tsa hatahotsa ny ratsy koa agnao! ¹⁶ Amin'izay andro zay de hitarogna amin'i Jerosalema reo hoe: "Aza matahotsa, ry Ziona. Aza mamela ny tananao hangozohozo. ¹⁷ Ao aminao i Yaveh Andriamagnitsao, de ilay mahery mpamonjy agnao. Hankalaza eo aminao I ary am-pifaliana ro hanginany eo aminao ao amin'ny fitiavany. Hiravoravo eo aminao I ary hanao hiakam-pifaliana, ¹⁸ sahala ny tamin'ireo andro firavoravoana eo voatondro. Hanala ny loza eo aminao Aho; tsa hitondra henatsa amin'izay koa aho. ¹⁹ Indro, hifanandrina amin'ny mpampahory agnao aby Aho. Amin'izay fotoagna zay, hamonjy reo mandringa ary hanangona reo noroahina Aho. Hataoko sahala ny fiderana reo, ary hanova ny henatsa ndreo ho laza maneran-tany aby Aho. ²⁰ Amin'izay fotoagna zay de hitarika agnareo Aho; hangoniko miaraka agnareo. Ho ataoko manaja sy midera agnareo reo firenena aby maneran-tany, sy hitanareo fa mamerina agnao amin'ny laoniny Aho," hoy Yaveh.

Haggai

Chapter 1

¹ Tamin'ny taona faharo nanjakan'i Dariosa mpanjaka, tamin'ny fahenin'ny volana, tamin'ny andro voalohan'ny volana, de avy tamin'ny alalan'ny tanan'i Hagay mpaminany teo amin'i Zerobabela governoran'i Joda, zanaka lahin'i Sealtiel, ary teo amin'i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ² "Yaveh Tompon'ny maro milaza hoe: Zao ro nolazain'ireo vahoaka reo: "Tsa fotoagna ahatogavantsika na hanorenantsika trano ho an'i Yaveh zai." ³ Sy ateo de avy tamin'ny alalan'ny tanan'i Hagay mpaminany ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ⁴ "Fotoana honenanareo amin'ny trano vitanareo ve zao, lehe toa ka vana tsa rava zay trano zay? ⁵ Koa zao Yaveh Tompon'ny maro milaza izao: Diniho reo fombanareo! ⁶ Namafy voa betsaka agnareo, fa nijinja vokatra kely; nihinana agnareo nefa tsa afa-po; nisotro agnareo nefa tsa mamamo. Nitafy akanjo agnareo fa tsa afaka nanafana ny tenanareo, ary ny mpikarama de handray vola ho atao ao anaty kitapo feno loaka fotsiny ihany! ⁷ Zao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: "Diniho reo fombanareo! ⁸ Miakara any an-tendrombohitsa, mitondrà hazo, ary aoreno ny tranoko; de hifaly ao amin'izay Aho, ary homem-boninahitsa Aho! -hoy i Yaveh." ⁹ "Mitadia ny betsaka agnareo, nefa indro! trano kely ro finerinareo, satria notsofiko izay! Nanina?" Nanambara i Yaveh Tompon'ny maro. "Satria ny tranoko de rodana, lehe toa ka miasa ho an'ny tranony avy ny tsiraidraika aminareo. ¹⁰ Noho izay ny kagnitsa de hihazona agnareo, ary ny tany de hihazona reo vokany. ¹¹ Nikakika hain-tany teo amin'ny tany sy teo amin'ireo tendrombohitsa, teo amin'ny vary sy teo amin'ny divay vaovao, teo amin'ny diloilo sy teo amin'ny vokatsy ny tany, teo amin'ny olona sy teo amin'ireo biby, ary teo amin'ireo asan'ny tananareo aby Aho!" ¹² Ary Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiel, sy i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka, miaraka amin'ireo ona sisa tavela, de nankato ny feon'i Yaveh Andriamagnindreo sy reo tarogn'i Yaveh Andriamagnindreo ro nandefa anazy ary reo vahoaka de natahotsa ny tavaan'i Yaveh. ¹³ Ary i Hagay, ilay mpitondra ny hafats'i Yaveh, de nitarogna ny hafats'i Yaveh tamin'ny vahoaka nanao hoe: "Miaraka aminareo Aho! -zay ro fanambaran'i Yaveh!" ¹⁴ Koa nanetsika ny fanahin'i Zerobabela zanaka lahin'i

Sealtiel, governoran'i Joda, sy ny fanahin'i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka, ary ny fanahin'ireo vahoaka sisa tavela aby i Yaveh, mba handeha reo ka hiasa amin'ny tranon'i Yaveh Tompon'ny maro, Andriamagnindreo ¹⁵ tamin'ny andro fahefatsa amby roapolon'ny volana fahenina, tamin'ny faharoa taona nanjakan'i Dariosa mpanjaka.

Chapter 2

¹ tamin'ny volana fahafito tamin'ny andro fahiraika amby roapolon'ny volana, de avy tamin'ny alalan'i Hagay mpaminany ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ² "Mitarona amin'ny governor'i Joda, de i Zerobabela zanak'i Sealtiel, sy amin'ny mpisorona be de i Josoa zanak'i Jozadaka, ary ny amin'ny sisan'ny vahoaka. Lazao hoe: ⁸ Anahy ny volafotsy sy ny volamena!-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. ⁹ Ny voninahits'ity trano ity de ho lihibe amin'ny hoavy noho ny tany am-boalohany, hoy Yaveh Tompon'ny maro, ary rto amin'ity toerana ity ro hanomezako fiadanana!- izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. ⁶ Fa izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Ao agnatin'ny fotoana fohy de hanozongozona ny lagnitsa sy ny tany, ny ranomasina sy ny tany maina Aho! ⁷ Hanozongozoko aby ny firenena, ary hitondra ireo zava-tsarobidy eo Aminahy aby ny firenena, ary hofenoiko voninahitsa ity trano ity, hoy Yaveh Tompon'ny maro. ⁸ Anahy ny volafotsy sy ny volamena!-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. ⁹ Ny voninahits'ity trano ity de ho lihibe amin'ny hoavy noho ny tany am-boalohany, hoy Yaveh Tompon'ny maro, ary rto amin'ity toerana ity ro hanomezako fiadanana!- izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. ¹⁰ Tamin'ny andro fahefatsa amby roapolon'ny volana fahasivy, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, de avy tamin'i Hagay mpaminany ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ¹¹ "Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Manontania reo mpisorona momba ny lalàna, ka lazao hoe: ¹² 'Lehe miny ona mitondra hena zay voatokana ho an'i Yaveh ao amin'ny valonan'akanjony, ary mikasika mofo maina, divay n adiloilo ilay valonany, na zay karazan-tsakafo, de tsa lasa masina ve izay?" Namaly reo mpisorona ka nanao hoe: "Tsia." ¹³ De avy Hagay: "Lehe misy ona zay maloto amin'ny faty mikasika reo raha reo, tsa avy de maloto ve reo?" Namaly reo mpisorona ka nanao hoe: "Eny, lasa maloto reo." ¹⁴ De namaly Hagay ka nanao hoe: "De sahala zay koa ity vahoaka ity sy ity firenena ity eo anatrehako!- izay ny fanambaran'i Yaveh- ary sahala izay koa ny raha aby vitan'ny tanandreo: izay atilondreo Anahy de maloto. ¹⁵ Koa zao, hevero ao an-tsainareo ny lasa ka hatramin'izao andro izao mihitsy. Nialohan'ny nametrahana ny vato ambinin'ny vato tao an-tempolin'i Yaveh, ¹⁶ de nanao akory ary izay? Lehe avy teo amin'ny antontam-bary roapolo fatra agnareo, de folo ihany ro nisy, ary lehe avy teo amin'ny vatan-divay mba handraoka dimampolo fatra agnareo, de roapolo ihany ro nisy. ¹⁷ Namely agnareo sy ny asan'ny tananareo aby tamin'ny vary sy ny maty fotsy Aho, nefa vana tsa nipody taminahy ihany agnareo-izay ro fanambaran'i Yaveh. ¹⁸ Hevero manomboka izay andro izao, hatramin'ny andro fahefatsa amby roapolon'ny volana fahasivy, hatramin'ny andro izay nametrahana ny fototsy ny tempolin'i Yaveh. Hevero izay! ¹⁹ Vana misy voa ve ao an-drano fitehirizana? Tsa namokatsa ny divay, ny hazon'aviavy, ny ampongaben-danitsa, ary ny hazon'oliva! Fa manomboka izao de hitahy agnareo Aho!" ²⁰ De avy fanindroany tamin'i Hagay tamin'ny andro fahefatsa amby roapolon'ny volana ny tarogn'i Yaveh ka nanao hoe: ²¹ "Mitarogna amin'ny governoran'i Joda, de i Zerobabela, ka lazao hoe: "Hanozongozona ny lagnitsa sy ny tany Aho. ²² Satria horavako ny seza fiandrianan'ireo fanjakana ary hopotehiko ny herin'ireo fanjakan'ny firenena! Horavako reo kalesy sy reo mpitaingina izay, ny tsiraidraika lavo nohon'ny sabatsy ny rahalahiny. ²³ Amin'izay andro izay-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro- de halaiko agnao, ry Zerobabela zanak'i Sealtiel, ho mpanompoko-izay ny fanambaran'i Yaveh. Hataoko sahala ny peratsa fanombohan-kase agnao, fa efa nifidy agnao Aho!- izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro!"

Zechariah

Chapter 1

¹ Tamin'ny volana fahavalo tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, de avy tamin'i Zakaria zanaka lahin'i Berekia zanaka lahin'Ido, mpaminany, ny tenin'i Yaveh, manao hoe: ² "Tezetra be tamin'ireo razambenao i Yaveh! ³ Tarony reo hoe: 'zao ro taronin'i Yaveh Tompon'ny maro: Mitodika Aminahy! izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro de hitodika aminareo Aho, hoy Yaveh Tompon'ny maro. ⁴ Aoka agnareo tsa hitovy amin'ny razambenareo izay nantsoin'ireo mpaminany taloha, manao hoe: 'Izao ro taronin'i Yaveh Tompon'ny maro: Mialà amin'ny lalan-dratsinareo sy ny fampiharana-dratsinadreo!' Fa tsa nitaigao reo ary tsa niraharaha Anahy izay ro fanambaran'i Yaveh.' ⁵ Ireo razambenareo, aia reo? Aia reo mpaminany, eto mandrakizay ve reo? ⁶ Fa reo taroko sy reo lalàko ze nandidiko an'ireo mpaminany mpanompoko, tsa efa nahatratra reo razambenareo ve reo? Koa nibebaka reo ary nanao hoe: 'Araka izay efa nalahats'i Yaveh Tompon'ny maro hatao aminay izay mendrika ireo lalanay sy reo asanay, ro nataony taminay.' ⁷ Tamin'ny andro fahetsa amby roapolo tamin'ny fahiraika amin'ny folon'ny volana, izay volan'ny Sebata, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, de avy tamin'i Zakaria, zanaka lahin'i Berekia zanaka lahin'Ido, ilay mpaminany, ny taron'i Yaveh, manao hoe: ⁸ "Nahita tamin'ny aligna aho, ary indro! nisy liaka raika nitaingina soavaly mena, ary teo amin'ny hazo rotsa izay teo amin'ny lohasaha i; ary tafarany de nisy soavaly fotsy." ⁹ Hoy aho hoe: "inona ireo raha ireo, ry Tompo?" Sy ateo de nisy anjely raika niresaka taminahy nanao hoe: "Ho atoroko agnao hoe inona ireo raha ireo." ¹⁰ Ary nilay liaka izay nitsangana teo amin'ny hazo rotsa namaly ary nitarogna hoe: "Ireo ro nalefan'i Yaveh mba hirenireny manerana ny tany." ¹¹ Namaly ilay anjelin'i Yaveh izay nitsangana teo amin'ny hazo rotsa reo; hoy reo yaminazy hoe: "Efa

Chapter 2

nirenireny nanerana ny tany agnay; indro, ny tany aby de vana mitoatsa sy mitsahatra." ¹² De namaly ilay anjelin'Yaveh ary nitarogna hoe: "Ry Yaveh Tompon'ny maro, mandra-pahoviana ro hanehoanao tsa fangoraham-po amin'i Jerosalema sy amin'ireo tanànan'ny Joda izay efa niaritsa fahatezerana izay fitopolo taogna izay?" ¹³ Namaly ilay anjely izay nitarogna taminahy, tamin'ny teny soa, teny fampaherezana i Yaveh. ¹⁴ Ka nitarogna ilay anjely izay niresaka taminahy hoe: "Mikeha mafy ary mitarogna hoe: 'Izao ro tarognin'i Yaveh Tompon'ny maro: Saro-piaro tamim-pitiavana lihibe tamin'i Jerosalema sy tamin'i Ziona Aho! Romotsa mafy amin'ireo firenena izay ao agnatin'ny fitomaniandreo Aho. ¹⁵ Lehe vana romotsa kely tamindreo Aho, de vao mainka nampaharatsy ny fahoriana reo. ¹⁶ ho izay de izao ro tarogn'i Yaveh Tompon'ny maro: Efa nipody tamin'i Jerosalema tamim-pamindram-po Aho. Ho voaorina ao agnatiny ny tranoko-izay ro tarogn'i Yaveh Tompon'ny maro-ary ny famolaina de ho henjanina amin'i Jerosalema!' ¹⁷ Mikeha mafy ndraika, manao hoe: 'Izao ro tarogn'i Yaveh Tompon'ny maro: Ho tondraka soa ndraika ireo tanàna, ary hampahery an'i Ziona ndraika Yaveh, ary hifidy an'i Jerosalema ndraika I.'" ¹⁸ De nanandratsa ny masoko aho ary nahita tandroka efatsa! ¹⁹ Niresaka tamin'ilay anjely izay niresaka taminahy aho hoe: "Inona reo?" Namaly anahy i hoe: " Ireo ro tandroka izay efa nanaparitaka an'i Joda, Israely, ary Jerosalema." ²⁰ Sy ateo de nampiseho mpanao asa tanana efatsa taminahy i Yaveh. ²¹ Hoy aho hoe: "Inona ro anton-dian'ireo ona reo?" Namaly I, ary nitarogna hoe: " Ireo ro tandroka izay nanaparitaka an'i Joda mba tsa hisy ona afaka hanandratsa ny lohany. Fa ireo ona ireo de avy mba handroaka andreo, mba handrava ireo tandrok'ireo firenena izay nanandratsa tandroka manohitsa ny tanin'i Joda mba hanaparitaka anazy."

Chapter 2

¹ Manaraka izay de nanandratsa ny masoko aho ary nahita liaka niaraka tamin'ny tady fandrefesana teny an-tanany. ² Hoy aho hoe: "Andeha ho aia roa agnao?" De hoy i taminahy hoe: "Handrefy an'i Jerosalema, hamaritsa ny sakany sy ny halavany." ³ De roso ilay anjely izay niresaka taminahy ary ny anjely hafa nivoaka mba hitsena anazy. ⁴ Hoy ilay anjely faharoa taminazy hoe: "Mihazakazaha ary miresaha amin'iny liaka iny; tarogny hoe: 'Hitoatsa eo amin'ny tanàna misokatsa i Jerosalema nohon'ny hamaroan'ny ona sy ireo biby ao aminazy. ⁵ Fa iaho-izay ro fanambaran'i Yaveh-de ho tonga manda afo manodidina anazy, ary ho voninahitsa eo afovoany Aho. ⁶ Malaky! Malaky! Milefasa hatagny amin'ny tany avaratsa-izay ro fanambaran'i Yaveh-fa Iaho efa nampielly agnareo toy ny rivotsa efatsy ny lagnitsa!-Izay ro fanambaran'i Yaveh. ⁷ Eh! Milefasa mankany Ziona, agnareo izay mitoatsa miaraka amin'ny zanaka vavin'i Babylona!'" ⁸ Fa tafaran'ny nanomezan'i Yaveh Tompon'ny maro voninahitsa anahy sy nandefasany anahy hanohitsa ireo firenena izay nandroba agnareo-fa na ia na ia mikasika agnareo, de mikasika ny anakan-driamason' Andriamagnitsa!-sy avy nanao izay Yaveh, de hoy i hoe: ⁹ "Iaho mihitsy ro haninjitra ny tanako amindreo, ary de ho babo ho an'ireo andevo reo." De ho fantatsareo fa i Yaveh Tompon'ny maro ro naniraka anahy. ¹⁰ Mihirà ho amin'ny fifaliana, ry zanaka vavin'i Ziona, fa Iaho mihitsy ro ho avy sy hitoby eo aminareo!-izay ro fanambaran'i Yaveh. ¹¹ Sy ateo reo firenen-dehibe hiaraka amin'i Yaveh amin'izay andro izay. Hoy i hoe: "Ary de ho lasa vahoakako eo ampovoanareo Aho," ary ho fantatsareo fa Yaveh Tompon'ny maro ro naniraka anahy ho eo aminareo. ¹² Fa Yaveh hampandova an'i Joda dekoa ny fananany ara-drariny any amin'ny tany masina ary hifidy ndraika an'i Jerosalema ho anazy. ¹³ Aza mitarogna, eo anatrehan'i Yaveh, aby ry nofo, fa nitsangana hatagny amin'ny toerna masina I!

Chapter 3

¹ Sy ateo Yaveh nampiseho anahy an'i Josoa ilay mpisoronabe izay nijoro nanooloagna ny anjelin'i Yaveh sy Satana nijoro teo an-tanan-kavanany mba hiampanga anazy ho nanota. ² Hoy ilay anjelin'i Yaveh tamin'i satana hoe: "Hitarogna mafy agnao anie Yaveh, ry Satana; Yaveh, izay nisafidy an'i Jerosalema anie, hitarogna mafy agnao! Moa tsa forohana nosarihina tamin'ny afo ve ito?" ³ Niakanjo fitafiana maloto Josoa lehe nijoro teo anoloan'ilay anjely. ⁴ Nilaza ilay anjely ary nitarogna tamindreo ze nijoro teo anoloany hoe: "Esory aminazy ireo akanjo maloto." De hoy i tamin'i Josoa hoe: "Indro! efa nesoriko taminao ny helokao ary hampiakanjoako akanjo soa agnao." ⁵ Hoy i hoe: "Aoka ireo hametraka hamama madio eo an-dohany!" De nametraka hamama madio teo ambony lohan'i Josoa reo ary nampiakanjo anazy tamin'ny akanjo madio lehe nijoro marigny an'ilay anjelin'i Yaveh. ⁶ Sy ateo ilay anjelin'i Yaveh nibaiko am-pahamatorana an'i Josoa de nitarogna hoe: ⁷ "Izao ro tarognin'i Yaveh Tompon'ny maro: Lehe nandeha amin'ny lalako agnao, ary lehe nitandrigna ireo didiko agnao, de hifehy ny ao an-dranoko agnao ary hiambigna ny kianjako, satria havelako handeha sy hiditsa eo amindreo izay mijoro manoloana Anahy reo agnao. ⁸ Tainò, ry Josoa mpisoronabe, agnao sy reo namanao izay monina miaraka aminao! Fa famantarana ireo ona ireo, satria Iaho mihitsy ro hampiakatra ny mpanompoko ilay Rantsagna. ⁹ Ary Jireo ilay vato izay napetrako eo anoloan'i Josoa. Misy maso fito ao amin'io vato tokana io, ary hanao sokitsa soratsa Aho-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro-ary hanala ny fahotana amin'ity tany ity ao anatin'ny andro raika Aho. ¹⁰ Amin'izay andro izay-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro- ny ona tsiraidraika de hanasa ny mpiara-belogna aminazy mba hitoatsa ambanin'ny voalobony sy ambanin'ny hazon'aviaviny."

Chapter 4

¹ Sy ateo nitodika ary nanaita anahy dekoa ona tairina amin'ny torimasony ilay anjely izay niresaka taminahy. ² Hoy i taminahy hoe: "Inona ro hitanao?" De hoy aho hoe: "Mahita fanaovan-jiro vita amin'ny volamena tanteraka aho, miaraka

amin'ny fitoeran-diloilo eo an-tampony. Misy lela fanaovan-jiro fito eo amin'izay ary misy fantsona fito eo an-tampon'ny lahin-jiro tsiraidraika. ³ Misy hazon'oliva roa eo anilan'izay, raika eo amin'ny ilany amin'ny tanan-kavanan'ny fitoeran-diloilo ary ilay hafa eo amin'ny ilany an-kavia." ⁴ Noho izay de niresaka tamin'ilay anjely izay niresaka taminahy ndraika aho. Hoy aho hoe: "Ina ro dikan'ireo raha ireo, ry Tompoko?" ⁵ Namaly anahy lay anjely izay niresaka taminahy ary nanao taminahy hoe: "Tsa fantatsa ve ny dihan'ireo raha ireo?" De hoy aho hoe: "tsia, ry tompoko." ⁶ Noho izay de hoy i taminahy hoe: "Izao ro tarogn'i Yaveh tamn'i Zerobabelo: Tsa amin-kery na amin'ny tanjaka, fa amin'ny Fagnahiko, hoy i Yaveh Tompon'ny maro." ⁷ Ina moa gnao, ry tendrombohitsa lihibe? Ho avy tany lemaka eo anoloan'i Zerobabela agnao, ary hitondra ny vato atao tendrony i mba hihiaka hoe: "Fahasoavana! Fahasoavana ho amin'izay!" ⁸ Tonga taminahy ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ⁹ "Nametraka ny fototr'ity trano ity ny tanan'i Zerobabela ary hanefa izay ny tagnany. De ho fantatsao fa Yaveh Tompon'ny maro ro naniraka anahy ho aminao." ¹⁰ Ia ro nanao tsinontsinona ny andron'ireo raha kely? Hiravo ireo ona ireo ary hahita ny vato pilao eny an-tanan'i Zerobabela. (Ireo lahin-jiro fito ireo ro masin'i Yaveh izay mizaha an'izao tontolo izao.)" ¹¹ Sy ateo de nanontagny an'ilay anjely aho hoe: "Ina reo hazon'oliva roa izay mitsangana eo an-kavia sy an-kavanan'ny fanaovan-jiro ireo?" ¹² Nanontany anazy ndraika aho hoe: "Ina ireo sampan-kazon'oliva roa marigny ireo fantsona volamena roa izay misy diloilo volamena miaraka aby eo amindreo?" ¹³ Sy ateo de hoy i taminahy hoe: "Tsa fantatsa ve hoe ina reo?" Hoy aho hoe: "Tsia, tompoko." ¹⁴ Noho izay de hoy i hoe: "ireo ro zana-diloilo vao izay mitsangana manoloagna ny Tompon'izao tontolo aby izao."

Chapter 5

¹ De nitodika aho ka nampiandrindra ny masoko, ka nahia, iny, horonan-taratasy mitsidina! ² Hoy ilay anjely taminahy hoe: "Ina ro hitanao?" De namaly aho hoe: "Horonan-taratasy mitsidigna ro hitako, roapolo hakiho ny halavany ary folo hakiho ny sakany." ³ De hoy i taminahy hoe: "Ity ro ozena izay mivoaka eran'izao tontolo izao, fa ny mamgalatsa de hofongorina aby manomboka izao izay mifitotsa amin'izay lazainy amin'ny andaniny, ary izay aby milaza fianianana diso de ho fongorina izay mifototsa amin'izay lazainy amin'ny ankilany, araka ny tarondreo." ⁴ "Ho avoakako izay-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro- koa hiditsa ao an-tranon'ny mpangalatsa sy ao an-dragon'izay mianiana diso amin'ny agnarako izay. Hitoetsa ao an-dragon'ny izay ary hanimba ny hazony sy ireo vatony." ⁵ nivoaka ilay anjely niresaka taminahy ary nitarogna hoe: "Asandrato ny masonao ka jireo izay avy eo" ⁶ De hoy aho hoe: "Ina iny?" De hoy i hoe: "Harogna misy efaha iny avy iny. Inty aby ro helokandreo amin'ny tany manontolo." ⁷ De nalàna tamin'ny harogna ny firaka fandrakofana ary nisy ampela tao ambanin'izay izay nitoatsa tao! ⁸ De nitarogna ilay anjely hoe: "Faharatsiagna ity!" Natsipiny tao agnaty harona ndraika i, ary natsipiny teo amin'ny fisokafany ilay firaka fandrakofana. ⁹ Nanakatsa ny masoko aho ary nahita ampela roa magnatona anahy, ary ny rivotsa de teny amin'ny elatrandreo-fa nagnan'elatsa dekoa ny elatsy ny vano reo. Nanandratsa ny harony teo anelanelan'ny tany sy ny lagnitsa reo. ¹⁰ Ka nitarogna tamin'ilay anjely aho hoe: "Ho ferindreo aia ny harogna?" ¹¹ De hoy i taminahy hoe: "Hanamboaragna tempoly any amin'ny tanin'i Sinara ho an'izay, ka sy vonona ny tempoly, de hampitoerina any eo amin'ny fototsa voahomana ho anazy ny harona."

Chapter 6

¹ De nitodika aho ary nanandratsa ny masoko ka nahita kalesy efatsa nivoaka avy tanelanelan'ny tendrombohitsa roa; ary ireo tendrombohitsa roa ireo de vita avy tamin'ny varahina. ² Ny kalesy voalohany de nanana soavaly mena, ny kalesy faharoa de nanana soavaly mainty, ³ ny kalesy fahatelo nanana soavaly fotsy ary ny kalesy fahefatsa de nanana soavaly sada fotsy. ⁴ De namaly aho ka nitarogna tamin'ilay anjely niresaka taminahy hoe: "Ina reo, ry tompoko?" ⁵ Namaly ilay anjely ka nitarogna taminahy hoe: "Ireo ro rivotsa efatry ny lagnitsa izay nivoaka teo amin'ny toeragna ze nitsanganandreo teo anoloan'ilay Tompon'ny tany aby." ⁶ Ilay raika izay miaraka amin'ny soavaly mainty de nivoaka mankany amin'ny firenena avaratsa; ireo soavaly fotsy de mivoaka mankany amin'ny firenena andrefagna; ary reo soavaly sada fotsy de mivoaka mankany amin'ny firenena atsimo." ⁷ ireo soavaly matanjaka de nivoaka ary nitady handeha sy hirenireny eny amin'ny tany, ka hoy ilay anjely hoe: "Mandehana mirenireny eny amin'ny tany!" Ary nandeha nirenireny eran'ny tany aby manontolo reo. ⁸ De nitaraina taminahy i ka niresaka ary nanao hoe: "Jireo ireo ze mivoaka ho any amin'ny firenena avaratsa; hamoitony ny fagnahiko mahakasika ny firenena avaratsa reo." ⁹ Ary avy taminahy ny tenin'i Yaveh, manao hoe: ¹⁰ "Makà fanatitsa amindreo tany an-tsositany-ary any Helay, Tobia, ary Jedaia- ary mandehana amin'izay andro izay koa ary alao ao an-dragon'i Josia zanak'i Zefania, izay avy tany Babylona izay." ¹¹ De alao ny volafotsy sy volamena, manaova satro-boninahitsa ary apetraho eo amin'ny lohan'i Josoa zanaka lahin'i Jozadaka, ilay mpisoronabe izay. ¹² Miresaha aminazy ary tarogny hoe: "Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro:" Ity liaka ity, ny agnarany de Rantsagna! Hitombo eo amin'ny misy anazy i sady hanorina ny tempolin'i Yaveh! ¹³ I ro hanorina ny tempolin'i Yaveh ary hanandratsa avo ny famirapiratan'izay; de hitoatsa sy hanapaka eo amin'ny seza fiandrianany i ary hisy ny fahazavan-tsain'ny fiadanana eo amindreo roa. ¹⁴ Hatoatsa eo amin'ny tempolin'i Yaveh ny satro-boninahitsa an'i Helema, Tobia, sy Jedaia ary ho fahatsiarovana ny hatsaram-panahin'ny zanaka lahin'i Zefania. ¹⁵ Ary reo ze lavitsa de ho avy sy hanorina ny tempolin'i Yaveh, ka ho fantatsao fa Yaveh Tompon'ny maro ro naniraka anahy ho aminareo; fa hitranga izay lehe tena mitaigno ny feon'i Yaveh Andriamagnitsareo agnareo!"

Chapter 7

¹ Tamin'i Dariosa mpanjaka ro mpanapaka nandritsy ny efa-taona, tamin'ny andro fahefatsa nanjakan'i Kisleva (izay volana fahasivy), de avy tamin'i Zakaria ny tenin'i Yaveh. ² Nandefa an'i Serezera sy Regema-meleka ary reo ona ny vahoakan'i Betela mba hiangavy anoloan'ny tavan'i Yaveh. ³ Niresaka tamin'ireo mpisorona izay tao an-dragon'i Yaveh Tompon'ny maro sy tamin'ireo mpaminany reo; hoy reo hoe: "Tokony hisaona amin'ny alalan'ny fifadian-kanina ve aho amin'ny volana fahadimy, sahala zay efa nataoko taona maro ireny?" ⁴ De avy taminahy ny tarogn'i Yaveh Tompon'ny maro, nanao hoe: ⁵ "Mitarogna amin'ny mponin'ny tany aby sy amindreo mpisorona ka ataovy hoe: 'Lehe nifady hanina sy nisaona tamin'ny volana fahadimy sy fahafito agnareo nandritsan'izay fito taona zay, moa ve nifady hanina ho Anahy tokoa angnareo?' ⁶ Lehe nihinana sy nisotro agnareo, moa ve tsa nisotro sy nihinana ho an'ny tenanareo agnareo?' ⁷ Moa ve tsa reo teny reo ihany ro nambaran'i Yaveh tamin'ny vavandreo mpaminany taloha, lehe vana nonina tao Jerosalema sy reo tanàna nanodidigna tamin'ny fanambinana ary nitoatsa tao Negeva, sy reo lemaka amoron-tsiraka any andrefana agnareo?" ⁸ Avy tamin'i Zakaria ny tarogn'i Yaveh, nanao hoe: ⁹ "Mitsarà amin'ny fitsarana marina, fanekena mahatoky, ary famindram-po. Aoka ny ona tsiraidraika hanao izay amin'ny rahalahiny. ¹⁰ Ny amin'ny mpitondratena sy kamboty, ny vahiny, ary ny ona mahantra-aza mampahory andreo, ary aoka tsa hisy amonareo hitetika hanisy ratsy ny hafa ao amponareo." ¹¹ fa nandà ny hataigno reo ary nanamafy ny sorondreo. Nanentsigna ny sofiny reo mba tsa hitaigno. ¹² Nanamafy ny fony sahala ny vato reo mba tsa hitaigno ny lalàna na reo tenin'i Yaveh Tompon'ny maro. Nandefa ireo hafatsa ireo ho an'ny vahoaka tamin'ny alalan'ny Fagnahiny tamin'ny fotoana taloha, tamin'ny alalan'ny vavan'ireo mpaminany I. Nefa nandà ny nitaigno ny vahoaka, ka nasiaka mafy tamindreo Yaveh Tompon'ny maro. ¹³ Ary sy nikaika I, de tsa nitaigno reo. Sahala an'izay koa," hoy Yaveh Tompon'ny maro, "ro hikehandreo mafy Anahy, fa tsa hitaigno Aho. ¹⁴ Fa haboeliko amin'ny tadio any amin'ireo firenena aby ze tsa vana hitany reo, ary ho lao manaraka andreo ny tany. Fa tsa misy ona handalo amin'ny tany na hipody ao amin'izay satria efa namadika ny tanindreo mahafinaritsa ho tany ngazana ny vahoaka."

Chapter 8

¹ vy taminahy ny terogn'i Yaveh Tompon'ny maro, nanao hoe: ² "Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Tea fatratsa an'i Ziona amin'ny zotom-po lihibodaka Aho ary saropiaro nohon'ny aminazy amin'ny hatezerana lihibodaka Aho! ³ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: hipody any Ziona Aho ary hitoatsa ao afovoan'i Jerosalema, fa efa nokehina hoe ilay Tanànan'ny Fahamarinana i Jerosalema ary ny tendrombohitsin'i Yaveh Tompon'ny maro de hokehina hoe ilay Tembohitsa Masina! ⁴ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Lahy antitsa sy vavy antitsa koa ro ho eny an-dalam-ben'i Jerosalema, ary ny ona tsiraidraika hila tehana ho eny an-tanany satria niha-antitsa i. ⁵ Ho feno tovolahy sy tovovavy milalao eny amin'ireo lalam-ben'ny tanàna. ⁶ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Amin'izay andro izay lehe misy raha tsa hay atao eo imason'ireo vahoaka sisa tavela, de tokony tsa ho hay atao eo imasoko koa ve izay? -izay ro fanambaran'i Yaveh. ⁷ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Indro, eo an-dalam-panavotagna ny onako amin'ny tany fiposahan'ny masoandro Aho ary eo amin'ny tany filentehan'ny masoandro! ⁸ Fa hitondra andreo hipody Aho, ary hitoatsa ao afovoan'i Jerosalema reo, mba ho vahoakako ndraika reo, ary ho Andriamagnidreo amin'ny marina sy amin'ny fahamarinana Aho! ⁹ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: agnao ze manohy mitaigno reo tarogna sahala izay nivoaka tamin'ny vavan'ny mpaminany sy napetraka ny fototsy ny tranoko-ity tranoko itty, Yaveh Tompon'ny maro: Atanjaho reo tananao mba ho voatsangana ny tempoly. ¹⁰ Fa talohan'izat andro izay de tsa nisy vokatsa voaangon'ny ona, tsa nisy tombony na ho an'ny ona na ho an'ny biby, ary tsa nisy fiadanana ho an'izay ona mivoaka na miditsa hatagny amin'ireo fahavalo. Efa nampitoatsa ny ona tsiraidraika hanohitsa ny namany Aho. ¹¹ Fa izao izay de tsa ho sahala ny tamin'ny andro taloha, homba ny sisan'ity vahoaka ity Aho-izay ro fanambaran'ny Yaveh Tompon'ny maro. ¹² Fa hafafy ny voan'ny fiadanana; de hanome ny voany ny hazo voaloboka ary ny tany hanome ny vokam-pamboleny; hanome ny andony ny lagnitsa, fa hampandoaviko izay raha aby izay sisa amin'ity vahoaka ity. ¹³ atsa ho an'ireo firenen'ny ozona hafa agnareo, ry taranak'i Joda sy taranak'Israely. Koa de hamonjy agnareo Aho ary ho fitahiana agnareo. Aza matahotsa; aoka hatanjaka ny tananareo! ¹⁴ Fa izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: sahala ny nanomanaka hanao ratsy aminareo sy nampatezitra Anahy reo razambenareo- hoy Yaveh Tompon'ny maro-ary tsa nileftsa Aho, ¹⁵ ro hanomanako hanao raha ssoa ndraika ho an'i Jerosalema sy ny taranak'i Joda koa amin'izay andro izay! Aza matahotsa! ¹⁶ eto ro raha ze tsy maintsy hataonareo: Milazà ny marina, ny ona tsiraidraika ain'ny namany. Mitsarà amin'ny marina, rariny, ary fiadanana eo amin'ny vavahadinareo. ¹⁷ Aza manao fikasan-dratsy ao am-ponareo amin'ny hafa, ary aza mitia fianian-diso-satria mankahala reo raha reo Aho!-izay ro fanambaran'i Yaveh." ¹⁸ De avy taminahy ny tarogn'i Yaveh Tompon'ny maro, manao hoe: ¹⁹ "Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Ny fifadian-kanina amin'ny volana fahefatsa, volana fahadimy, volana fahafito, ary ny volana fahafolo de ho lasa fotoanan'ny fifaliana, firavoravoana, ary fotoana mahafinaritsa ho an'ny taranak'i Joda! Noho izay tiavo ny fahamarinana sy ny fiadanana! ²⁰ ao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Ho avy ndraika ny vahoaka, na de reo izay monina amin'ireo tanàna maro samihafa aza. ²¹ Handeha ho any amin'ny tanàna hafa ny mponin'ny tanàna ka hanao hoe: "Aoka handeha malaky eo anoloan'i Yaveh tsika ka hitady an'i Yaveh Tompon'ny maro! Handeha ihany tsika. ²² Vahoaka be sy firenena mahery be ro ho avy hitadia an'i Yaveh Tompon'ny maro any Jerosalema ary hiangavy ny fankasitrahan'i Yaveh! ²³ Izao ro lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Amin'izay andro izay de liaka folo hatagny

amin'ny fiteny sy firenena aby ro hiazona ny sisin'ny akanjonao ary hitarogna hoe: 'Aoka hiaraka aminao agnay, fa efa renay fa momba agnao Andriamagnitsa!'"

Chapter 9

¹ Iza ro fanambaran'ny tarogn'i yaveh momban'ny tanin'i Hadraka sy Damaskosy. Fa ny mason'i Yaveh de amin'ny olombelogna aby, ary koa amin'ny fokon'Israely aby. ² Ity fanambarana ity koa de momban'ny an'i Hamata, ze mifanolotsa amin'i Damaskosy, ary momba an'i Tyro sy Sidona izay, na de tena hendry aza reo. ³ Efa nanorina fiarovana mafy ho an'ny tenany i Tyro ary nanangona volafotsy sahala ny vovoka sy volamena voadio sahala ny fotaka eny an-dalama. ⁴ Indro! hanafoana anazy Andriamagnitsa ary hanimba ny tanjany an-dranomasina, mba ho levon'ny afo i. ⁵ Hahita i Askelona ka hatahotsa! Hangovitsa mafy koa i Gaza! Ekrona, ho foana ny fanantiniany! Ho faty any Gaza ny mpanjaka, ary i Askelona de tsa hisy mponina koa! ⁶ Hanao ny tranony ao Asdoda reo vahiny, ary hanafoana ny fireharehan'ireo Filistina Aho. ⁷ Fa hanala ny rãndreo avy eo amin'ny vavany Aho ary fahavetavetandreo eo anelanelan'ny nifiny. Ary de ho lasa sisa ho an'Andria, agnitsika sahala ny foko any Joda reo, ary Ekrona de ho lasa sahala reo Jebosita. ⁸ Hitoby manodidina ny taniko Aho mba hanohitsa reo miaramilan'ny fahavalo ka tsa hisy na raika aza afaka mandroso na mipody, fa tsa hisy mpampahory handalo eo amin'izay koa. Fa zao de hiambina ny taniko amin'ny masoko Aho! ⁹ hobia amin'ny fifaliam-be, ry zanaka vavin'i Ziona! Mihobia am-pifaliana, ry zanaka vavin'i Jerosalema! Indro! Avy amim-pahamarinana aminao ry mpanjaka ary manavotsa agnao. Manetry tena i ka mitaingina eo amin'ny boriky, eo ambony zana-boriky. ¹⁰ Ary ho foanakony kalesy hatagny Efraima sy ny soavaly hatagny Jerosalema, ary ny tsipika de ho foanana amin'ny ady; fa hilaza fiadanana amin'ireo firenena i, ary ny fanapahany de ho avy amin'ny ranomasina ka hatramin'ny ranomasina, ary hatramin'ny Ony ka hatramin'ny faravazan-tany! ¹¹ he ny aminareo, nohon'ny ràn'ny fanekeko ao aminareo, de hafahako aby ao an-davaka izay tsa misy rano ireo gadranareo. ¹² Mipodiana any amin'ny fiarovana mafy, ry gadran'ny fanantinihana! Eny na de androany aza de manambara Aho fa hanohitsa avo roa heny aminareo, ¹³ fa efa nanenjana an'i Joda ho tsipikako Aho. Efa namahana ny zana tsipikako tamin'ny Efraima Aho. Efa nanaitra ireo zanakareo lahy Aho, ry Ziona, hanohitsa reo zanakareo lahy, ry Grisia, ary efa nanao agnareo sahala ny sabatsy ny mpiady Aho, ry Ziona! ¹⁴ Hipoitra amindreo Yaveh, ary hitifitsa sahala ny tselatra ny tsipikany! Fa Yaveh Tompoko hitsoka trompetra ary handroso avy ami'ny tafio-drivotsa hatagny Temana. ¹⁵ Yaveh Tompon'ny maro ro hiaro andreo, ary handevona andreo sy handresy ny vaton'antsamotadiny reo. Ary de hisotro reo ary hidradradradra sahala ny ona mamon'ny divay, ary ho feno divay sahala reo lovia reo, sahala reo zoron'ny alitara. ¹⁶ Koa amin'izay andro zay de hamonjy andreo i Yaveh Andriamagniny; de ho sahala ny ondrin'ny vahoakany reo, fa reo ro ho firavaky ny satro-boninahitsa, hisandratsa eo amin'ny taniny. ¹⁷ Fa akory ny hasoany sy hatsaran-tarehindreo! Haniry eo amin'ny vary ny tovolahy ary ny virijiny eo amin'ny voaloboka mamy!

Chapter 10

¹ Mangataha orana amin'i Yaveh amin'ny vanim-potoan'ny oran-dohataona-Yaveh ze manao kotrokorana-ary manome orna mivatravatra ho an'ny ona aby sy ny zava-maitso eny an-tsaha. ² Fa reo sampy ao an-tokatrano de mitarogna lainga; ny mpisikidy manao sary an-tsaina lainga; mitarogna nofy fitaka reo ary manome fampiononana foagna, ka mirenireny sahala ny ondry ary mijaly nohon'ny tsa fisian'ny mpiandry reo. ³ Ny hasosorako de mirehitsa amin'ireo mpiandry ondry; ireo osilahy-mpitarika-no ho faiziko. Yaveh Tompon'ny maro koa de hanatrika ireo ondriny, de ny taranak'i Joda, ary hanao andreo toy ny soavaly feriny any amin'ny ady. ⁴ atagny amindreo hiavian'ny vato fehizoro; hatagny amindreo ro hiavian'ny fihantonan-draha ny lay; hatagny amindreo ro hiavian'ny tsipika fiadanana; hatagny amindreo ro hiavian'ny mpitarika aby hiaraka. ⁵ Ho sahala ny mpiady ze manitsaka ny fahavalony eo amin'ny fotaky ny lalana amin'ny ady reo; hiady reo, satria Yaveh ro momba andreo, ary hahamenatsa reo ze mitaingina soavalin'ady reo. ⁶ Hampahery ny taranak'i Joda Aho ary hamonjy ny taranak'i Josefa; fa hanapody andreo amin'ny laoniny Aho ka hamindra fo amindreo. Ho sahala ny hoe tsa nolaviko reo, satria Aho ro Yaveh Andriamagnindreo, ary hamaly andreo Aho. ⁷ De ho sahala ny mpiady i Efraima, ary hifaly sahala ny azon'ny divay ny fondreo; hahita izay reo zanany de hifaly. Hifaly Aminahy ny fondreo! ⁸ Hisioka ho andreo Aho ary hanongana andreo, satria hamonjy andreo Aho, ary ho avy lihibe sahala ny taloha reo! ⁹ Namafy an'ireo teny amin'ireo ona reo Aho, nefa hahatsiaro Anahy any amin'ireo firenena lavitsa reo, ka ho velogna sy hipody reo sy ny zanany. ¹⁰ Fa hampody andreo hatagny amin'ny tany Egypta Aho ary hanangona andreo hatagny Asyria. Hitondra andreo any amin'ny tanin'ny Gileada sy Libanona Aho mandra-paha tsa hisy efitrano ho andreo koa. ¹¹ Hamakivaky ny ranomasim-pahoriandreo Aho; hamely reo onjan'izay ranomasina izay Aho ary hanamaina ny lalin'i Neily aby. Hahetry ny voninahits'i ASyria, ary ny tehim-panjakan'i Egypta hiala amin'ireo Egyptiana. ¹² Hanamafy orina andreo aminahy Aho, ary handeha amin'ny agnarako reo-izay ro fanambaran'i Yaveh.

Chapter 11

¹ ohay ny varavaranao, ry Libanona, mba handevonan'ny afo ny sederanao! ² Misaonà, ry hazo kypreso, fa efa nigebona ny hazo sedera! Reo avo de efa nongorana! Misaonà, agnareo ry hazo terebintan'i Basana, fa efa ripaka ny ala mikitroka. ³ Midradradradra reo mpiandry ondry, fa efa rava ny voninahindreo! Mierona ny feon'ny zanaky ny liona, fa

efa rava ny reharehan'ny Ony Jordana! ⁴ Fa izao ro lazain'i Yaveh Andriamagnitso: "Sahala ny mpiandry ondry, miambina ny ondry ze ho vonoina! ⁵ (mamono andreo ilay mividy anazy ary tsa voasazy, ary ilay mivarotsa andreo manao hoe: 'Isaorana anie Yaveh! Efa avy mpanan-karena aho!' fa reo mpiandry miasa ho an'ireo tompon'ondry de tsa niantra andreo.) ⁶ Fa tsa hiantra ny mponin'ny tany koa Aho!-izay ro fanambaran'i Yaveh. Indro! Ny tenako mihitsy ro hamerina ny ona aby eo an-tanan'ny namany sy eo an-tanan'ny mpanjakany, ary handrava ny tany reo ary tsa hisy na raika amindreo aza hafahako eo an-tanandreo." ⁷ Koa de lasa mpiandry ny ondry voalahtsa ho vonoina Aho, ho andreo ze nitondra ny ondry. Nandray tehina roa Aho; ny tehina raika nantsoiko hoe "Fahasoavana" ary ilay hafa nokehiko hoe "Fikambanana". Tamin'izay fomba izay ro niandrasako ny ondry. ⁸ Mpiandry ondry telo ro novonoiko tao anatin'ny iray volana, satria tsa naharitsa tamindreo aho, ary nankahala ahy rahateo reo. ⁹ De hoy aho tamin'ny tompon'ondry hoe: "Tsa hiasa ho mpiandry ondrinao koa aho. ny ondry izay maty-de avelao ho faty, ny ondry izay ringana-de avelao ho ringana. aoka ny ondry ze sisa tavela samy hihinana ny nofon'ny namany." ¹⁰ De noraisiko ny tehiko "Fahasoavana" ary nosimbaiko izay mba hanafoanako ny fanekena ze efa nataoko tamindreo fokoko aby. ¹¹ Tamin'izay andro izay de rava ilay fanekena, ka reo izay nitondra ny ondry sy nijery Anahy de nahafantatsa fa nitarogna Yaveh. ¹² De hoy aho tamindreo hoe: "Lehe toa ka tsara aminareo izay, de aloavy ny karamako. Fa lehe tsa izay, de aoka ihany." Ka de nolanjaindreo ny karamako-sekely volafotsy telopolo. ¹³ Ary hoy Yaveh taminahy hoe: "Apetraho ao amin'ny fitoeran-drakitsa ny volafotsy, nt sand soa indrindra izay nanombandreo agnao!" Ka de nalaiko ny sekely volafotsy telopolo ary napetrako tao amin'ny fitoeran-drakotra tao an-tranon'i Yaveh. ¹⁴ Sy ateo nopotehiko ny tehiko faharoa, "Fikambanana", mba hamotehana ny firahalahian'i Joda sy Israely. ¹⁵ Hoy Yaveh taminahy hoe: "Alao ho an'ny tenanao ndraika ny fitaovan'ny mpiandry ondry adala, ¹⁶ fa indro, hametraka mpiandry ondry eo amin'ny tany Aho. Tsa hiraharaha ny ondry maty i. Tsa hitadia ny ondry very i, na koa hanasitrana ny mandringa. Tsa hamahana ny ondry izay salama i, fa hihinana ny nofon'ny ondry matavy ary hamiravira ny kitrondreo. ¹⁷ Loza ho an'ny mpiandry ondry tsa mendrika izay mahafoy ny ondry! hamely ny sandriny sy ny masonry an-kavanana anie ny sabatra! Halazo anie ny sandriny ary ho jamba ny masonry ankavanana!"

Chapter 12

¹ Ito de fanambaran'ny tarognan'i Yaveh momban'ny an'i Israely-fanambaran'i Yaveh, ze nanandratsa reo habakabaka sy nametraka ny fototsy ny tany, ze mamolavola ny fanahin'olombelogna ao agnatin'ny ona hoe: ² "Indro, eo an-dalam-panaovana an'i Jerosalema agnaty kapoaka Aho hahatonga reo vahoaka aby manodidina anazy hivembena. De ho sahala zay koa ny an'i Joda mandritsy ny fahirano an'i Jerosalema. ³ Amin'izay andro izay, hataoko ho vato mavesatsa ho an'ny ona aby i Jerosalema. Zay manandratsa mafy ny tenany, ka hitambatsa hanohitsa zay tenany, ka hitambatsa hanohitsa zay tanàna izay reo firenen'ny tany aby. ⁴ Amin'izay andro zay-izay ro fanambaran'i Yaveh-hamely ny soavaly tsiraidraika amin'ny horohoro Aho ary ny mpitaingina anazy amin'ny fahaverezan-tsaina. Hizaha am-pankasitrahana ny taranak'i Joda Aho ary hamely ny soavalin'ireo tafika amin'ny fahajambana. ⁵ Sy ateo reo mpitarik'i Joda hitarogna anakampo hoe: 'reo mponin'i Jerosalema ro tanjatsika noho i Yaveh Tompon'ny maro, Andriamagnindreo.' ⁶ Amin'izay andro izay de hataoko sahala ny fatana mirehitsa eny amin'ny hazo ary sahala ny fanilo eny amin'ny amboara reo mpitarika ny Joda, fa reo ro handevona reo firenena aby manodidina eo an-kavanany sy eo an-kaviany. Hitoatsa eo amin'ny toerany ndraika i Jerosalema." ⁷ Hamonjy reo lain'i Joda i Yaveh, mba tsa ho lihibe noho ny sisa tavela amin'i Joda ny voninahitsy ny taranak'i Davida sy ny voninahindreo zay mitoatsa ao Jerosalema. ⁸ Amin'izay andro izay de ho mpiaro reo mponin'i Jerosalema i Yaveh, ary amin'izay andro izay reo izay ketraka amindreo de ho sahala an'i Davida, ary ny taranak'i Davida de ho sahala an'Andriamagnitsa, sahala ny anjelin'i Yaveh eo anoloandreo. ⁹ "Amin'izay andro izay de hanomboka handringana reo firenena aby ze avy hanohitsa an'i Jerosalema Aho. ¹⁰ Nefa handraraka ny fanahin'ny fangoraham-po sy fitarainana amin'ny taranak'i Davida sy reo mponin'i Jerosalema Aho, mba hitodihandreo Aminahy, ilay RAika zay nolefonindreo. Hisaona nohon'ny Aminahy, sahala ny ona misaona nohon'ny amin'ny zanany lahy tokana reo; hisaona ho Anazy sahala reo zay misaona nohon'ny fahafatesan'ny voalohan-janaka reo. ¹¹ Amin'izay andro zay ny fisaonana ao Jerosalema de ho sahala ny fisaonana tao Hadadrimona eo amin'ny lemak'i Megido. ¹² Hisaona ny tany, ny fianakaviambe tsiraidraika hitokana amin'ireo fianakaviambe hafa. Ny fianakaviamben'ny taranak'i Davida hitokana ary reo vadindreo hitokana amin'ireo liakany. Ny fianakaviamben'ny taranak'i Natana hitokana ary reo vadindreo hitokana amin'ireo liaka. ¹³ Ny fianakaviamben'ny taranak'i Levy hitokana ary reo vadindreo hitokana amin'ireo liaka. Ny fianakaviambendreo Simeita hitokana ary ny vadindreo hitokana amin'ireo liaka. ¹⁴ Ny fianakaviambe tsiraidraika amin'ireo fianakaviambe tafajanona-ny fianakaviana tsiraidraika de samy hitsitokatokana ary ny vadindreo hitokana amin'ireo liaka."

Chapter 13

¹ Amin'izay andro izay de hisy loharano hisokatsa ho an'ny ankohonan'i Davida sy reo mponin'i Jerosalema, nohon'ny fahotandreo sy ny tsa fahadiovandreo. ² Amin'izay andro zay-izay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro-no hanafoanako ny anaran'ireo sampy amin'ny tany mba tsa ho tsaroana koa reo. Hampivoaka reo mpaminany tsa marina sy ny fanahy malotondreo amin'ny tany koa Aho. ³ Lehe misy ona manohy maminany, de hitarogna aminazy ny abany sy ny neniny izay niteraka anazy hoe: "Tsa ho velona agnao, satria mitarogna lainga amin'ny anaran'i Yaveh!" Sy ateo ny abany sy ny neniny zay niteraka anazy handefona anazy aby maminany i. ⁴ amin'izay andro izay ny mpaminany tsairaidraika de ho megntsa amin'ny fahitany aby eo am-paminaniana i. Reo mpaminany reo de tsa hanao lamba voloina,

mba hamitahana ny ona koa. ⁵ Fa ny tsiraidraika hitarogna hoe: "Tsa mpaminany aho! Liaka miasa tany aho, satria ny tany ro lasa asako lehe vana tovolahy aho!" ⁶ Fa hisy ona raika hitarogna aminazy hoe: "Ina reo ratra eo anelanelan'ireo sandrinao reo?" ary hamaly i hoe: "Naratra niaraka tamindreo zay tao amin'ny tranon'ireo namako aho." ⁷ "Ry sabatsa! Asandratso amin'ny mpiandry ondriko, ilay liaka zay mitsangana eo akaikiko ny tenako-zay ro fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. Vilesy ny mpiandry ondry, de hiparitaka reo ondry! Fa hamerina ny tanako hanohitsa reo madinika Aho." ⁸ Ary manerana ny tany aby-izay ro fanambaran'i Yaveh-de hisy roa ampahatelon'izay fotoana! Ho levona reo ona reo; raika ampahatelon'ny ihany ro hijanona any. ⁹ Ho feriko amin'ny afo io ampahatelon'ny io ary ho dioviko sahala ny manadio volafotsy reo; ho zahako sahala ny volamena voazaha reo. Hikaika ny agnarako reo, ka hamaly andreo Aho ary hanao hoe: "Ity ro onako!" ary hitarogna reo hoe: "Yaveh ro Andriamagnitso!"

Chapter 14

¹ ndro! Ho avy ny andron'i Yaveh sy hozaraina eo afovoanareo ny babonareo. ² Fa hangoniko hanohitsa an'i Jerosalema amin'ny ady ny firenena aby ka ho voababo ny tanàna. Reo trano de ho voababo ary ny ampela ho voaholana. Ny antsasaky ny tanàna de ho voababo, fa ny sisa tavela amin'ireo ona de tsa ho esorina eo amin'ny tanàna. ³ Fa i Yaveh de hivoaka ary hiady amin'ireo firenena sahala Anazy aby miady amin'ny andron'ny ady. ⁴ Amin'izay andro izay ny tongony de hitsangana eo ambonin'ny tendrombohits'i Oliva, zay eo akaikin'i Jerosalema any atsinanana. Ny tendrombohits'i Oliva de hitresaka roa ary ho sarahan'ny lohasaha lihibe ary ny antsasaky ny tendrombohitsa de hipody manoloana ny avaratsa ary ny antsasany manoloana ny atsimo. ⁵ Sy ateo agnao hilefa hidigna ny lohasaha eo anelanelan'ireo tendrombohits'i Yaveh, fa ny lohasaha eo anelanelan'ireo tendrombohitsa de hipaka hatrany Azela. Handositra sahala ny nandosiranao tamin'ny horohoron-tany tamin'ireo andron'i Ozia, mpanjakan'i Joda agnao. De ho avy i Yaveh Andriamagnitso ary hiaraka Aminazy aby reo olomasina aby. ⁶ amin'izay andro izay de tsa hisy hazavana, fa tsa hisy na hatsiaka na fanala. ⁷ Amin'izay andro izay, Yaveh irery ro mahalala, de tsa hisy andro na aligna koa, fa ny hariva de ho lasa fotoan'ny hazavana. ⁸ Amin'izay andro izay ny ravo velogna de hikoriana hivoaka an'i Jerosalema. Ny antsasakandreo de hikoriana amin'ny ranomasina atsinana ary ny atsasany amin'ny ranomasina andrefana, amin'ny fahavaratsa sy amin'ny ririnina. ⁹ Ho mpanjaka amin'ny tany aby i Yaveh. Amin'izay andro izay de hisy Yaveh, Ilay Andriamagnitsa raika, ary ny Agnarany irery ihany. ¹⁰ Ny tany aby de ho sahala an'i Araba, manomboka ao Gabe ka hatrany Rimona atsimon'i Jerosalema. Ho asandratsa hatrany i Jerosalema ary hitoatsa amin'ny toerany manokana, hatrany amin'ny Vavahadin'i Benjamina ka hatrany amin'ny toerana zay nisy ny vavahady an-jorony, ary hatrany amin'ny Tilikambon'i Hananela ka hatrany amin'ireo famiazam-boaloboky ny mpanjaka. ¹¹ Ny vahoaka de hitoatsa any Jerosalema ary tsa hisy faharavana tanteraka hatagny amin'Andriamagnitsa hanohitsa andreo koa. Hiaina tsa amin'ahiahy i Jerosalema. ¹² Zao ro ho loza zay hamelezan'i Yaveh an'ireo vahoaka aby niady nanohitsa an'i Jerosalema: ny nofondreo de ho lo na de mitsangana amin'ny tongony aza reo. Ny masondreo de ho lo ao amin'ny faladiandreo ary ny lelandreo ho lo ao am-bavandreo. ¹³ Amin'izay andro zay ny tahotsa lihibe hatagny amin'i Yaveh de ho avy amindreo. Ny tsiraidraika de hihazona ny tanan'ny hafa, ary ny tanan'ny raika de hisandratsa hamely ny tanan'ny raika hafa. ¹⁴ Joda koa de hiady hanohitsa an'i Jerosalema. Hanangona ny haren'ireo firenena manodidina aby reo-volamena, volafotsy, ary fitafiana soa be de be. ¹⁵ Ny loza koa de ho amin'ireo soavaly sy reo ampondra, reo rameva sy reo boriky, ary reo biby aby ao amin'ireo toby reo koa de hijaly amin'izay loza zay koa. ¹⁶ Ary zao ro hiseho, zay aby tavela ao amin'ireo firenena zay avy manohitsa an'i Jerosalema de hiakatsa isan-taona koa kosa mba hidera ny mpanjaka, de i Yaveh Tompon'ny maro, ary hitandrina ny Firavoravoan'ny Fialofana. ¹⁷ Lehe tsa mandeha miaraka ho any Jerosalema mba hidera an'ilay mpanjaka, de i Yaveh Tompon'ny maro, ny ona hatagny amin'ireo firenena aby ny tany, de tsa hitondra orana amindreo i Yaveh. ¹⁸ Lehe tsa miakatra ny firenen'i Egypta, de tsa hahazo orana reo. Hisy areti-mandringana hatagny amin'i Yaveh zay hamely reo firenena zay tsa hiakatsa mba hitàna ny Firavoravoan'ny Fialofana. ¹⁹ Izay ro ho famaizana ho an'i Egypta ary famaizana ho an'ny firenena aby zay tsa miakatsa mba hitàana ny Firavoravoan'ny Fialofana. ²⁰ Fa amin'izay andro izay, ny lakolosin'ireo soavaly de hitarogna hoe: "Atokany ho an'i Yaveh," ary reo koveta ao an-dranon'i Yaveh de ho sahala ny vilia boribory eo anatrehan'ny alitara. ²¹ Fa ny vilany tanimanga aby ao Jerosalema sy Joda de ho atokana ho an'i Yaveh Tompon'ny maro ary zay aby mitondra sorona de hihinana amin'ireo ary hampangotraka ao anatindreo. Amin'izay andri zay reo mpivarotsa de tsa ho ao an-dranon'i Yaveh Tompon'ny maro koa.

Malachi

Chapter 1

¹ Ny fanambarana ny tenin'i Yaveh tamin'Israely tamin'ny alalan'ny tanan'i Malakia. ² Efa nitia agnareo Aho, " hoy Yaveh. saingy hoy agnareo hoe:" Akory ro nitiavanao agnay?" "Tsa rahalahin'i Jakoba va i Esao?" hoy Yaveh. "Jakoba ro efa tiako, ³ fa Esao efa halako. Ny tendrombohiny de efa nataoko lao, ary efa nataoko ho toerana ho an'ireo amboadia hatagny an'efitsa ny lovany. ⁴ raha niteny Edome hoe: "Nazera agnay, nefa agnay hanapody hanangana ny rava," de hiteny i Yaveh Tompon'ny maro hoe: "mety hangana reo saingy ho ravaiko ndraika. Reo hafa dia hangaika azy reo hoe: 'Tanànan' ny faharatsiana ' sy hoe: 'Reo vahoaka zay nozonin' I Yaveh mandrakizay doria. ⁵ ' Hahita izany ny masonareo, ary hitarona agnareo hoe: 'Yaveh de lihibodaka mihoatsa reo faritanin'Israely.'" ⁶ Tahaka ny zanaka lahy manome voninahitsa ny

rainy, sy ny mpanompo manome voninahitsa ny tompony. Lehe Ray aho, aia ny voninahitsa? Lehe Tompo Aho, aia ny fanehoana Fagnajana Agnany?" hoy Yaveh Tompon'ny maro tamin'ireo mpisorona, ze nanao tsinontsinona ny agnarako. "Saingy hoy agnareo hoe: 'Akory ro nanaovanay tsinontsinona ny agnaranao?' ⁷ Tamin'ny fanolorana mofo voaloto eo amin'ny alitarako. Saingy hoy agnareo hoe: 'Akory ro nandotoanay agnao?' Tamin'ny filazana fa tsa misy dikany ny latabats'i Yaveh. ⁸ Sy manolotsa biby jamba hatao sorona agnareo, moa tsa ratsy ve zany? Sy magnolotsa kilemaina sy marary agnareo, moa tsa ratsy ve zany?" Aseho any amin'ny governoranareo zany! Handray agnareo ve i na hampitraka ny tavanareo?" hoy Yaveh Tompon'ny maro. ⁹ Zao agnareo de mbola manontany ny endrik' Andriamagnitsa, mba hamindrany fo amintsika. Fa Yaveh Tompon'ny maro nitarogna fa amin'ny fanatitsa toy izany eny an-tagnanareo, moa hampitraka ny tarehinareo ve I? ¹⁰ "Lehe mba hisy raika taminareo manko nanakatona ny vavahadin'ny tempoly, mba tsa ho zava-poana ny andrehetanareo afo eo amin'ny alitarako! Tsa mankasitraka agnareo Aho!" hoy Yaveh Tompon'ny maro: "ary tsa handray fanatitsa avy amin'ny tananareo Aho. ¹¹ Fa ny agnarako de ho lehibe eo amin'ireo firenena ary isaky ny toerana aby manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro mandra-pilenty ary ditin-kazo manitsa sy fanatitsa madio ro natolotsaamin'ny agnarako. Fa ny agnarako de lihibodaka eo amin'ireo firenena. " Hoy Yaveh Tompon'ny maro. ¹² Fa maniratsira izay agnao sy tarona fa maloto ny latabatsy ny Tompo, ary reo vokany, reo sakafony, de ho atao tsinontsinona. ¹³ Hoy koa agnareo hoe: 'Mandrera koa zay,' de niherona tamin'izay agnareo,' hoy i Yaveh Tompon'ny maro. 'Nitindra izay nesoriny tamin'ny bibi-dia agnareo na kilemaina na marary; ary noferinareo ho fanatitsareo zay. Tokony handray izay hategny an-tananareo ve Aho?" hoy Yaveh. ¹⁴ "Aoka hazonina ny mpamitaka izay magnana ondry lahy ao amin'ny indriny sy mivoady haname Anahy izay, ary vana manome sorona izay misy kilema Anahy, Tompo! Fa laho de mpanjaka lihibe," hoy Yaveh Tompon'ny maro, ' ary ny Agnarako de homem-bononahitsa eo amin'ireo firenena."

Chapter 2

¹ Ary agnareo mpisorona, ho agnareo ity didy ity. ² "Lehe tsa hitaigno agnareo, ary lehe tsa hametraka izay ao am-ponareo mba hanomezana voninahitsa ny agnarako agnareo,' hoy Yaveh Tompon'ny maro, 'de handefa ozona aminareo Aho, ary hanozona ny fahasoavanareo Aho. Eny tokoa, efa nanozona andreo Aho, satria tsa nataonareo tam-ponareo ny didiko. ³ Indro, hitarogna mafy ny taranakareo Aho, ary hanaparitaka zezika eny amin'ny tavanareo Aho, zezika hatagny amin'ny firavoravovanareo, ary hagnaisotra agnareo hiaraka amin'izay I. ⁴ De ho fantatsareo fa efa nandefa io didy io taminareo Aho, ary ny fifanekeko de hitohy amin'ireo Levi," hoy i Yaveh Tompon'ny maro. ⁵ Ny fifanekeko taminy de fiainana sy fiadanana, ary nomeko andreo i; nomeko tahotsa i, ary natahotsa Anahy i, ary nijoro tamin'ny tahotsy ny agnarako i. ⁶ Fampianarana marina ro tao am-bavany, ary tsa nisy diso teo amin'ny somony. Niaraka tamim-piadanana sy tamim-pahamarinana taminahy i ary niamboho tamin'ny fomba maro tamin'ny ota. ⁷ Fa ny somotsy ny mpisorona de tokony hanam-pahalalana ary ny vahoaka de tokony hitadia fampianarana hatagny am-bavany, satria mpitondra hafats'i Yaveh Tompon'ny maro i. ⁸ a agnareo de niala tamin'ny lalana marina. Nahatonga ny maro ho tafintohina amin'ny fanajana ny lalana agnareo. Nandika ny fanekem-pihavanan'i Levy agnareo," hoy Yaveh Tompon'ny maro. ⁹ "Noho izay laho koa, de efa nanao agnareo ho tsinontsinona sy ratsy teo alohan'ny vahoaka aby, satria tsa nitandrina ny lalako agnareo, fa koa nampiseho fanavakavahagna tamin'ny fampianarana." ¹⁰ Tsa aba tokana ihany ve ro antsika aby? Tsa Andriamagnitsa raika ihany ve ro nahary antsika? Nanina ro isika ona tsiraidraika aby ro kely finoana amin'ny rahalahiny, maniratsira ny faneken'ireo razambentsika? ¹¹ Joda de kely finoana. Raha maharikoriko ro nisy tao Israely sy tao Jerosalema. Fa naniratsira ny fitoerana masin'Yaveh izay teany i Joda, ka nanambady ny zanaka vavin'andriamanin-kafa. ¹² Aoka Yaveh hagnalaka andreo lain'i Jokoba ilay liaka izay nanao izay, ilay nifoha sy ilay namaly, na de nitondra fanatitsa ho an'Yaveh Tompon'ny maro ara i. ¹³ Ataovinareo koa izao: Rakofanareo amin'ny ranomaso ny alitaran'i Yaveh, amin'ny fitomaniana sy fisentoana, satria i de tsa vana mitodika amin'ilay fanatitsa na mandray izay amim-pankasitrahana hatengy an-tananareo. ¹⁴ Fa hoy agnareo hoe: "Nanina I ro tsa manao an'izay?" Satria Yaveh de vavolombelogna teo aminareo sy ny vady tamin'ny fahatanoranareo, tamin'izay naha bitika finoana agnareo, na de mpiara-dia aminareo sy vadinareo tamin'ny alalan'ny fifanekena ara i. ¹⁵ Tsa natambny ho raika ve reo, miaraka amin'ny silaky ny fagnahiny? Koa nanina agnareo ro nataony ho raika? Satria i de nitadia taranaka avy Andriamagnitsa. Koa ambeno ao amin'ny fagnahinareo ny tenanareo, ary aza tsa mahatoky ny vadin'ny fahatanoranareo. ¹⁶ "Fa mankahala ny fitsarahana Aho," hoy Yaveh, Andriamagnits'Israely, "ary ilay manarona ny fitafiany amin'ny herisetra," hoy Yaveh Tompon'ny maro. "Koa ambeno ao amin'ny fagnahinareo ny tenanareo ary aza kely finoana." ¹⁷ Nandrera an'i Yaveh tamin'ny teninareo agnareo. Fa hoy agnareo hoe: "Nanina ro nandrerahanay Anazy?" Tamin'ny fitenenana hoe: "Izay aby manao ratsy de soa eo imasoni Yaveh, ary mankasitraka andreo I," na hoe: "Aia ny Andriamagnitsy ny fahamarinana?"

Chapter 3

¹ "Indro, efa mby handefa ny irako Aho, ary i de hanomana ny lalana eo alohako. Ka de ho avy tampoka ao amin'ny tempoliny ny Tompo izay tadiavinareo. Ilay iraky ny fanekena izay hankasitrahana, indro, ho avy i," hoy Yaveh Tompon'ny maro. ² Fa ia moa ro hahavita hiaritsa ny andro hahatongavany? Ia ro hahavita hijoro sy hiseho I? Fa i de ho tahaka ny afon'ny mpandrendrika sy savony fanasan-damba. ³ Hitoatsa toy ny mpandrendrika ny mpanadio volafosty I, ary hanadio ireo zanaka lahin'i Levy. Handrendrika andreo tahaka ny volamena sy volafotsy I, ary hitondra fanatitsy ny fahamarinana ho an'i Yaveh reo. ⁴ ary ny fanatits'i Joda sy Jerosalema de ho hankasitrahana i Yaveh, tahaka ny andro

taloha, sy tahaka ny taona taloha.⁵ De ho avy Aho hitsara agnareo. Vetivety Aho de ho tonga vavolombelogna hanohitsa ireo mpisikidy, mpijangajanga, vavolombelogna sandoka, ary hanohitsa izay mampahory ny mpiasa amin'ny karamany, ireo izay mampijaly ny mpitondratena sy reo kamboty, hanohitsa izay nandà ny vahiny, ary hanohitsa ireo ze tsa nanome voninahitsa Anahy," hoy Yaveh Tompon'ny maro.⁶ "Fa Iaho, Yaveh, de vana tsa niova; noho izay agnareo, zanaka lahin'i Jakoba, de tsa ho tratsa farany.⁷ Hatramin'ny andron'ireo razambenareo de nandà ny didiko agnareo ary tsa nitandrina izay. Mipidiana aminahy, de hipody aminareo Aho," hoy Yaveh Tompon'ny maro. "Fa hoy agnareo hoe: 'Amin'ny manao akory ro hipodiananay?'⁸ Misy ona handromba an'Andriamagnitsa ve? Saingy mandroba Anahy Agnareo. Fa hoy agnareo hoe: 'Tamin'ny fomba manao akory ro nandrobanay Agnao? Tamin'ireo ampahafolon-karena sy ireo fanatitsa.⁹ Agnareo de voaozona, satria nandroba Anahy, ry firenena manontolo.¹⁰ Fero ao amin'ny trano fitehirizana ny ampahafolon-karena feno, mba hisy sakafo ao an-dranoko, ary tsapao amin'izao Aho,' hoy Yaveh Tompon'ny maro, 'lehe tsa manokatsa ny varavarav'ny lagnitsa aminareo Aho ary mandraraka fahasoavana eo aminare, mandra-paha tsa misy eitsa ho amin'izay aby iza koa.¹¹ Hitarogna manohitsa izay manimba ny masom-bolinareo Aho, mba tsa hanimbandre ny vokatsy ny taninareo. Ireo voalobokareo eny an-tsaha de ho vanona, 'hoy Yaveh Tompon'ny maro.¹² "Ny firenena aby de hikaika agnareo hoe sambatsa, satria ho tany mahafinaritsa agnareo," hoy Yaveh Tompon'ny maro.¹³ "Nahery taminahy ny tarognreo," hoy Yaveh. "Saingy hoy agnareo hoe: 'Inona ro nifampitaronanay manohitsa Agnao?'¹⁴ Hoy agnareo hoe: 'Tsa ilaina ny mpanompo an'Andriamagnitsa. Ina ny tombontsoantsika lehe nitandrigna ireo fangatahiny tsika na nandeha tam-pisaonana teo anatrehan'i Yaveh Tompon'ny maro?'¹⁵ Koa zao tsika miantso ny mpirehareha hoe sambatsa. Tsa mahomby foana ireo mpanao ratsy, fa mitsapa an'Andriamagnitsa ary milefa mihintsy.'" ¹⁶ Sy ateo de nifampitarogna reo izay natahotsa an'i Yaveh. Nifantoka soa Yaveh de nitaigno, ary nosoratana teo anoloany ny boky fahatsiarovana mombandreo izay natahotsa an'i Yaveh sy nanome voninahitsa ny agnarany.¹⁷ "Ho Anahy reo" hoy Yaveh Tompon'ny maro, "fananako sarobidy, amin'ny andro izay hiasako. Hiantra andreo Aho, sahala ny ona raika miantra ny zanany lahy izay manompo anazy.¹⁸ De hanavaka ny ina-marina sy ny ratsy fagnahy ndraika agnareo, eo amin'izay manompo an'Andriamagnitsa sy izay tsa manompo Anazy.

Chapter 4

¹ Fa indro, ho avy ny andro, mandoro sahala ny fatana, sy roso mololo aby reo mpirehareha sy mpanao ratsy. Ho avy ny andro handoro andreo, "hoy Yaveh Tompon'ny maro, "ka hamela izay ho tsa hisy faka sy rantsany izay.² Fa ho agnareo izay matahotsa ny agnarako, ny masoandron'ny fahamarinana de hiposaka miaraka amin'ny fanasitranana eny amin'ireo elany. Hivoaka agnareo, ary hitsambikina toa ny zanak'omby hatagny amin'ny fihinanam-bilogna.³ Amin'izay andro izay de hanitsakitsaka ny ratsy agnareo, satria ho lavnona ambanin'ny faadian-tongotsareo reo amin'ny andro izay hiasako," hoy Yaveh Tompon'ny maro.⁴ Tadidio ny fampianaran'i Mosesy mpanompoko izay nomeko anazy tany Horeba ho an'Israely aby, ireo didy sy fitsipika.⁵ Indro, haniraka an'i Elia mpaminany Aho mialohan'ny fiavian'ilay andro lihibe sy mampiatahots'i Yaveh.⁶ Hamerina ny fon'ny aba ho amin'ny zanaka I, ary ny fon'ny zanaka ho amindreo abany, mba tsa hiaviko ka hamelezako ny tany amin'ny fahavaratsa tanteraka."